# BOKY FIANARANA HO AN'NY PASITERA PENTEKÔTISTA

TARIDALANA HO AN'NY PASITERA AFRIKANA

# BOKY FIANARANA HO AN'NY PASITERA PENTEKÔTISTA

## TARIDALANA HO AN'NY PASITERA AFRIKANA

Denzil R. Miller, Mpiantoka ny boky

Jeffery Nelson, Mpiara-miantoka ny boky

Todd Churchill, Mpiara-miantoka ny boky

***Boky Fianarana ho an'ny Pasitera Pentekôtista: Taridalana ho an'ny Pasitera Afrikana.*** © Copyright 2022, Africa's Hope, Springfield, Missouri, USA.
Boky misy fameran-jo. Tsy misy ampahany amin'ity boky ity azo alain-tahaka, tehirizina amin'ny endrika, na fomba na fitaovana samihafa toy ny – elekitrônika, amin'ny ahodi-milina, tahadika, horonam-peo, na hafa – raha tsy nahazoana alalana an-tsoratra avy amin'ny tompon'ny fameran-jo. Azo atao kosa nefa ny mamerina ny sasany amin'ny teny na fehezanteny ao anaty gazety-boky na gazety.

Ny andinin-tSoratra Masina rehetra hita ato dia nalaina tao amin'ny BAIBOLY MALAGASY, nadika avy tamin'ny teny Hebreo sy Grika izay natontan'ny Fikambanana Mampiely Baiboly Malagasy Antananarivo. Copyright © 1965

Komity mpiantoka ny boky
Denzil R. Miller, D Min, Mpiantoka ny Boky
Jeffery Nelson, PhD, Mpiara-miantoka ny Boky
Todd Churchill, Mpiara-miantoka ny Boky

Library of Congress Cataloging-in-Publication Data
Miller, Denzil R., 1946
Boky Fianarana ho an'ny Pasitera Pentekôtista: Taridalana ho an'ny Pasitera Afrikana/ Denzil R. Miller sy Jeffery Nelson ary Todd Churchill.

Navoakan'ny Africa's Hope
580 West Central Street
Springfield, Missouri, USA 65802

Natonta tao amin'ny Repoblikan'i Madagasikara

# Fanoroam-pejy

Fanoroam-pejy 3
Lisitrin'ny mpandray anjara 7
Teny Fanolorana avy amin'i Randel Tarr 11
Teny Fanolorana avy amin'i Dr. Barnabas Mtokambali 13
Fampidirana 15

**Fizarana 1 : Toetra mampiavaka ny pasitera Pentekôtista**

Toko 1 : Olon'ny traikefa 23
Toko 2 : Olon'ny fanahy 35
Toko 3 : Olon'ny toetra tsara 47
Toko 4 : Olona voaomana tsara 57

**Fizarana 2 : Ny laharam-pahamehan'ny pasitera Pentekôtista**

Toko 5 : Laharam-pahamehana amin'ny Asa Fanompoana 71
Toko 6 : Laharam-pahamehan'ny tena manokana 83
Toko 7 : Laharam-pahamehana ao anatin'ny ankohonana 95
Toko 8 : Laharam-pahamehan'ny vavaka 107

**Fizarana 3 : Ny zavatra inoan'ny pasitera Pentekôtista**

Toko 9 : Mino ny Baiboly 121
Toko 10 : Mihazona ny fahamarinana Pentekôtista 133
Toko 11 : Manandratra ny fahatsapana sy ny fanao Pentekôtista 145
Toko 12 : Mankamamy ny Lova Pentekôtista 157

**Fizarana 4 : Ny fiainana manokan'ny pasitera Pentekôtista**

Toko 13 : Fiainana voatantana tsara 171
Toko 14 : Fifandraisana salama 183

**Fizarana 5 : Ny fanompoana ampahibemason'ny pasitera Pentekôtista**

Toko 15 : Fahazarana manokan-tena matanjaka 193
Toko 16 : Toriteny voahosotrin'ny Fanahy Masina 205
Toko 17 : Fampianarana mahomby 217
Toko 18 : Fitarihana ny fiangonana amin'ny fiderana 227
Toko 19 : Fitarihana ny fiangonana amin'ny fifohazam-panahy Pentekôtista 239

Toko 20 : Fitarihana ny Mpino amin'ny Batisa amin'ny Fanahy Masina 249
Toko 21 : Fanaovana asa fanompoana ao amin'ny herin'ny Fanahy Masina 259
Toko 22 : Fidirana ao anatin'ny ady ara-panahy 271

**Fizarana 6 : Ny pasitera Pentekôtista amin'ny maha mpiandry ondry**

Toko 23 : Fahatakarana ny asa fanompoan'ny mpitandrina 285
Toko 24 : Fikarakarana ny ondry 297
Toko 25 : Fanatanjahana ny tena 307
Toko 26 : Fanoloran-tsaina ny vahoakan'Andriamanitra 319
Toko 27 : Fiandrasana ny ondry 333

**Fizarana 7 : Ny pasitera Pentekôtista amin'ny maha mpitarika**

Toko 28 : Fitarihana Pentekôtista 347
Toko 29 : Fitarihana manompo 359
Toko 30 : Fitarihana miaraka amin'ny vina 371
Toko 31 : Fitarihana ao anatin'ny iraka 383

**Fizarana 8 : Ny pasitera Pentekôtista amin'ny maha mpitantana**

Toko 32 : Fitantanana ny antontan-taratasy, ny vola ary ny fananana 395
Toko 33 : Fanetsehana mpitarika laika 407
Toko 34 : Fitarihana ny departemantan'ny fiangonana 419
Toko 35 : Fanaraha-maso ny mpikambana ao amin'ny fiangonana 431

**Fizarana 9 : Ny pasitera Pentekôtista ao anatin'ny iraka**

Toko 36 : Mahatakatra ny paikadin'ny Testamenta Vaovao 445
Toko 37 : Fitoriana ny filazantsara amin'ny very 457
Toko 38 : Fanompoana ny fiaraha-monina 469
Toko 39 : Fananganana fiangonana vaovao 481
Toko 40 : Fampivelarana tetikasa misiona eo amin'ny fiangonana 493

**Fizarana 10 : Ny pasitera Pentekôtista sy ny lanonana ary ny sakramenta**

Toko 41 : Fanatanterahana ny fanambadiana sy fandevenana 507
Toko 42 : Fitarihana sakramenta, fanoloran-jaza ary ny maro hafa 519

**Fanampiny**

Fanampiny 1 : Fanekem-pinoan'ny Fiombonan'ny Fiangonana Assemblée de Dieu Manerana izao tontolo izao 535
Fanampiny 2 : Ny fisehon'ny fanomezam-pahasoavana araka ny 1 Korintiana 12:8-10 537
Fanampiny 3 : Fanafohezana ny anaran'ny boky ao amin'ny Baiboly Testamenta taloha 539

*Fanoroam-pejy*

# Lisitrin’ny mpandray anjara

Hitanao eto ambany ny lisitr’ireo olona nandray anjara tamin’ity boky ity. Ny laharana ao anaty fonon-teny no manondro ny toko nandraisan’izy ireo anjara betsaka indrindra.

---

Adade, Ayi, PhD. Sekretera Jeneralin’ny Fiangonan’Andriamanitra any Togo (29).

Ama, UcheChukwu. Deputy Chairman ao amin’ny komitin’ny Fiombonan’ny Fiangonan’Andriamanitra eto Afrika (40).

Banda, Lipenga. Filohan’ny Fiangonan’Andriamanitra any Zambia (33)

Bogere, Richard, PhD. Mpiara-nanorina ny Christ Chapel International, Kampala, Uganda; mpikambana ao amin’ny mampianatrin’ny Pan Africa Theological Seminary (6).

Bomboko, Cécile, PhD. Solotenan’ny Association for Pentecostal Theological Education in Africa (APTEA) any amin’ny Faritr’i Afrika Afovoany, (14, 32).

Bomboko, Marcel, PhD. Filohan’ny filan-kevitrin’ny Tale ao amin’ny West Africa Advanced School of Theology, Lomé, Togo (14, 32)

Chipao, Lawrence, PhD. Talen’ny Theology Faculty and Ministerial Formation, Anjerimanontolon’ny Fiangonan’Andriamanitra any Malawi (34).

Churchill, Todd. Misioneran’ny Fiangonan’Andriamanitra any Amerika, miasa amin’ny Africa’s Hope any amin’ny Repoblika Demokratikan’i Congo (30).

Daplex Ouentchist, Honoré, PhD. Filohan’ny Evangelical Church of the Assemblies of God, Cote d’Ivoire (10).

Djakouti, Mitré. Filohan’ny Fiangonan’Andriamanitra any Togo; Mpitarika ny Fiombonan’ny Fiangonan’Andriamanitra taty Afrika teo aloha (15).

Dube, Andrew, PhD. Filohan’ny Fiangonan’Andriamanitra any Malawi (11).

Flindja, Douti Lallebili, PhD. Mpitantan-draharaha Akademika ao amin’ny West Africa Advanced School of Theology, Lomé, Togo (27).

Frimpong-Manso, Paul, PhD. Filohan'ny Fiangonan'Andriamanitra any Ghana (37).

Gnanchou, Désiré Béchié, PhD. Filohan'ny Evangelical Assemblies of God, Cotê d'Ivoire teo aloha, Talen'ny Theological and Pastoral Institute of Katadji (23).

Kitoto, Dinah. Wife of Philip Kitoto, Filohan'ny Fiangonan'Andriamanitra any Kenya (7).

Kitoto, Philip. Filohan'ny Fiangonan'Andriamanitra any Kenya; Filoham-boninahitrin'ny Anjerimanontolon'ny Fiangonan'Andriamanitra any, Nairobi, Kenya na ny KAG (7).

Kuoh, Jimmy, PhD. Filohan'ny Fiangonan'Andriamanitra any Liberia; Filohan'ny Sekoly Biblikan'ny Fiangonana Assemblée de Dieu any Liberia (21, 41).

Lebelo, Gordon, PhD. Filohan'ny Fiangonan'Andriamanitra Iraisam-pirenena any Afrika Atsimo (26)

Lwesya, Enson, DMin. Filoham-boninahitra Lefitrin'ny Anjerimanontolon'ny Fiangonan'Andriamanitra any Malawi (28)

Mba, Arthur, PhD. Filoha Lefitrin'ny Fiangonan'Andriamanitra any Gabon (2, 18).

Mbiwan, Daniel. Filohan'ny Full Gospel Mission, Cameroun (25).

Miller, Denzil R., DMin. Misioneran'ny AGWM; Talen'ny Acts in Africa Initiative (1, 3, 8, 16, 20, 36)

N'sembe Loyela, Israël. Pasiteran'ny Ark of the Covenant Evangelistic Center, Kinshasa ; Filohan'ny Fiangonan'Andriamanitra tany amin'ny Repoblika Demokratikan'i Congo teo aloha (22).

Ndayisaba, Jérôme. Filohan'ny Fiangonan'Andriamanitra any Burundi (24).

Nelson, Jeffery, PhD. Misoneran'ny AGWM Missionary; Filoham-boninahitra Lefitra taloha tao amin'ny Anjerimanontolon'ny Fiangonan'Andriamanitra any Nairobi, Kenya (5, 12, 39).

Ngabonziza, Emmanuel. Lefitrin'ny Pentecostal Assemblies of God, Rwanda (38).

Niba, Felix, PhD. Talen'ny Asa Misiona any amin'ny firenena hafa ao amin'ny Full Gospel Mission, Cameroun (13).

Oganya, Ngozi Cecilia, PhD. Mpandrindra ny Fanabeazana ara-teolojia any amin'ny Sekoly hitatrin'ny (TEE), Assemblies of God Divinity School, Umuahia, Nigeria (17).

Sawadogo, Jephté, DMin. Filoha Lefitrin'ny Fiangonan'Andriamanitra any Burkina Faso; Talen'ny Sekoly Biblika any Koubri (4, 42).

Sebastião, Francisco. Filohan'ny Fiangonan'Andriamanitra any Angola (9).

Smith, Bernard, MA. Misioneran'ny AGWM any Togo (15).

Swai, Ron. Mpitahiry volan'ny Fiangonan'Andriamanitra any Tanzania (35).

Turney, Mark, MA. Misioneran'ny AGWM; Filohan'ny West Africa Advanced School of Theology, Lomé, Togo (19)

Watt, C. Peter, ThD. Filohan'ny Fiangonan'Andriamanitra any Afrika Atsimo (31).

# Teny Fanolorana avy amin'i Randel Tarr

Ny Boky Fianarana ho an'ny Pasitera Pentekôtista dia mampanantena fa hanompo amin'ny maha fitaovana tena manan-danja azy ho an'ny pasitera Afrikana mandritra ny taona ho avy manaraka. Efa ela ny fiangonana aty Afrika no nila fitaovana tahaka izany, fitaovana tokana mamaha ireo fanamby manokana atrehan'ny pasitera Pentekôtista Afrikana.

Ao anatin'ity asa soratra ity, Dr. Denzil R. Miller sy ny ekipa mpiara-miantoka ny boky Dr. Jeffery Nelson sy Todd Churchill, dia nanangona ny lisitr'ireo mpitarika Afrikana tena mahatalanjona mba hamaha ny ankamaroan'ireo olana atrehan'ny pasitera Afrikana amin'izao androntsika izao. Araka ny ambaran'ny *"Lisitrin'ny mpandray anjara"* ao amin'ireo pejy eo aloha, ireo mpitarika ireo dia mpitarika fiangonana nasionaly, pasitera mpitarika, mpampianatra sy mpitantan-draharaha amin'ny Sekoly Biblika sy Anjerimanontolon'ny fiangonana, mpitarika asa misiona, mpanangana fiangonana, evanjelista sy ny maro hafa.

Ny halalin'ny traikefa sy ny fahalalan'ireo mpitarika ireo no mampitombo ny lanjan'ity asa ity. Efa niara-niasa tamin'ireo mpitarika ireo aho ka afaka miantoka ny fahitsiany amin'ny maha mpitarika; ny firehetam-pony ho an'i Kristy sy Irany, ary ny fanirin'izy ireo hahita fiangonana miorina eny amin'ny kihon-dalana rehetra eto Afrika. Fanampin'izany, ny ekipa mpiantoka ity boky ity dia manankarena fahalalana momba an'i Afrika sy ny vahoakany. Ny tsirairay avy amin'izy ireo dia misionera nandritra taona maro tany amin'ny faritra atsimo, atsinanana ary afovoan'i Afrika.

Ity boky ity dia mampanantena fa hanatanjaka ny asa fanompoan'ireo rehetra efa mitarika fiangonana manerana an'i Afrika, ary koa ny an'ireo mbola any amin'ny Sekoly Biblika sy ao anatin'ny fandaharam-pianarana any amin'ny Sekoly hiitatra izay miomana ho amin'ny asa fanompoana ho avy. Feno torohevitra azo ampiharina, izay hanampy ny pasitera Pentekôtista hahomby amin'ny asa fanompoana sy hitondra vokatra maharitra ato.

Iray amin'ny zavatra tena misongadina ato anatin'ity boky ity ny fiantsoana ny pasitera Pentekôtista Afrikana ho lehilahy na vehivavin'ny toetra avo lenta. Iray amin'ny teboka manan-danja ato anatin'ity boky ity ihany koa ny fiantsoana ny pasitera Afrikana hitoetra ao amin'ny fahafenoan'ny Fanahy Masina sy hifantoka hatrany amin'ny iraka nomen'Andriamanitra ny fiangonana dia ny hahita ny lehilahy, ny vehivavy ary ny ankizy eto Afrika hanana fahafahana handre ny filazantsara sy ho tonga ao amin'ny Finoana an'i Jesosy Kristy. Ao anatin'izao vanim-potoana izay hitarihan'ny *"filazantsaran'ny fananan-karena"* ny fiangonana eto Afrika hiala amin'ny irak'Andriamanitra ho any amin'ny fitadiavana fitahiana ho an'ny tena manokana izao dia mampahery ny mahita ity boky manasongadina ny fifantohana amin'ny iraka ity. Ny mpandray anjara ao anatin'ity boky ity dia tena olona manam-pahaizana momba ny Teny ary lehilahy sy vehivavy mikatsaka ny hiaina isan'andro amin'ny Iraka Lehibe napetrak'i Kristy.

Enimpolo taona izao no nananako fifandraisana tamin'ny fiangonana teto Afrika. Tamin'ny voalohany dia noho izaho nitombo taty Afrika nandritra ny fahazazako ary taty aoriana dia tamin'ny naha misionera ahy nandritra ny 35 taona tany Afrika andrefana. Mahatalanjona ny mahita ny asa ataon'Andriamanitra amin'ny alalan'ny lehilahy sy vehivavy manokana ny fiainany amin'ny fambaboana ny very na inona na inona sandan'izany.

Mino aho fa ity boky ity dia hampitombo ny fahombiazan'izy ireo amin'ny asa fanompoana. Mivavaka aho mba handroso amin'ny fomba mahatalanjona kokoa ny fanjakan'Andriamanitra eto amin'ny kontinanta rehefa tonga eny an-tanan'ny pasitera sy mpianatrin'ny Sekoly Biblika an'arivony manerana an'i Afrika ity boky ity.

Ny fanantenana ho an'i Afrika dia mpitarika voatafy ny herin'ny Fanahy sy nahazo fanofanana ara-baiboly!

~ Rev. Randel Tarr
Talen'ny
Africa's Hope

# Teny Fanolorana avy amin'i Dr. Barnabas Mtokambali

Ny ankamaroan'ny pasitera Afrikana dia afaka mampifandray ny tenany amin'ny zavatra tsapan'i Paoly tamin'ny fotoana nanoratany ho an'ny mpino tany Korinto hoe:

> "Nandeha matetika aho, saiky nahita loza... tamin'ny fisasarana sy ny fikelezan'aina, tamin'ny tsi-fahitan-tory matetika, tamin'ny hanoanana sy ny hetaheta, tamin'ny fifadian-kanina matetika, tamin'ny hatsiaka sy ny fitanjahana. Afa-tsy ireo zavatra ivelany dia mbola misy koa izay mahazo ahy isan'andro, dia ny fiahiana ny fiangonana rehetra" (2 Korintiana 11:26-28)

Na dia tsy mitovy tanteraka amin'ny toe-javatra natrehan'i Paoly aza ny zavamisy iainan'izy ireo, ny ankamaroan'ny pasitera Pentekôtista eto Afrika dia miaramiombona amin'ny fahatsapany hoe: "Voageja manodidina" (4: 8).

Vitsy dia vitsy ny asa tsy ahitana fanamby mihoatra noho ny fitondrana Fiangonana Pentekôtista aty Afrika. Diniho ireo sehatra samihafa eo amin'ny fiainana sy ny asa fanompoana tsy maintsy hanehoan'ny pasitera Pentekôtista ny fahaiza-manaony. Tsy maintsy mahay mitandrina ny ondrin'Andriamanitra sy mitantana ny fiainany manokana ary ny fiainan'ny ankohonany izy. Tsy maintsy mpitoriteny, mpampianatra, mpanolo-tsaina ary mpitantan-draharaha mahay – amin'ny fotoana rehetra izy. Ao anatin'izany rehetra izany, tsy maintsy afaka mitarika ny fiangonana amin'ny fanatanterahana ny baikon'ny Tompontsika dia ny fanaovana mpianatra ny firenena rehetra izy. Mbola azo tohizana ny lisitra. Izany no antony tena mahatsara ny fisin'ny boky fianarana ho an'ny pasitera Pentekôtista

Nandritra ny taona maro aho no nahita fa ilaina hisin'ny taridalana mazava voasoratra miaraka amin'ny fomba fijery Afrikana sy Pentekôtista. Noho izany, mankasitraka tanteraka ny asa nataon'ny Africa's Hope tamin'ny famokarana ity boky ity. Ny tena mampahery amin'ity boky fianarana ity dia izy nosoratan'ny pasitera sy mpitarika Pentekôtista matotra avy amin'ny toerana samihafa manerana ny kontinanta. Marina ara-teolojia, mifantoka amin'ny iraka ary azo

ampiharina izay rehetra voalazany. Ity boky fianarana ity dia hanolotra torohevitra sarobidy mikasika ny fiainana sy ny asa fanompoana Pentekôtista. Fanampin'izany, izy ity dia hanampy ny pasitera Pentekôtista manerana ny kontinanta hanana asa fanompoana mamokatra kokoa. Ary ankoatran'ny fanatanjahana ny tanan'ny pasiterantsika, ity boky ity dia hanatanjaka ny fiangonana tarihan'izy ireo.

Manantena aho fa ny *Boky Fianarana ho an'ny Pasitera Pentekôtista* dia tena hampiasaina tokoa mandritra ny "Folo taonan'ny Fifohazam-panahy" izay asongadina manomboka ny 2021 hatramin'ny 2030 ato anatin'ny Fiombonan'ny Fiangonan'Andriamanitra eto Afrika. Mandritra io folo taona io, ny Fiangonan'Andriamanitra rehetra manerana an'i Afrika dia manokana ny tenany amin'ny fikatsahana firotsahan'ny Fanahy Masina amin'ny fomba mahery vaika izay hiteraka fifohazam-panahy lehibe tsy mbola hita taty amin'ny fiangonana taty Afrika, fanafiana hery ny mpino hitondra ny filazantsara any amin'ny foko, ny firenena ary any amin'ny olona rehetra alohan'ny hiverenan'i Kristy izay efa tsy ho ela intsony. Mandritra ny folo taonan'ny fifohazam-panahy, ny Fiangonan'Andriamanitra dia hifantoka amin'ny fanafiana ny herin'ny Fanahy Masina, ny fomba fiaina araka an'Andriamanitra, ny fanofanana mpianatra, ny fitoriana ny filazantsara, ny fananganana fiangonana ary ny iraka ifandrimbonan'ny kolontsaina samihafa any amin'ireo vahoaka tsy mbola tratra eto amin'ny kontinanta – indrindra ny any amin'ny faritra avaratr'i Afrika sy ny Tandrok'i Afrika. Mino aho fa ny *Boky Fianarana ho an'ny Pasitera Pentekôtista* dia ho fitaovana sarobidy hanampy ny pasitera hitarika ny fiangonany amin'ny fanatanterahana ny iraka lehibe. Araka izany, raha mbola maharitra ny fiavian'i Jesosy Tompo, ity boky ity dia hitohy hanompo ny fiangonana Pentekôtista aty Afrika mandritra ny taona maro ho avy.

Amim-pifaliana no hanolorako ity boky ity amin'ny pasitera sy ny mpanao asa fanompoana Pentekôtista manerana an'i Afrika.

~ Dr. Barnabas Mtokambali
Filohan'ny Fiombonan'ny
Fiangonan'Andriamanitra eto Afrika

# Fampidirana

Izao no nambaran'ny mpitarika Afrikana iray rehefa nahita ny fitombon'ny fiangonana aty Afrika: "Mitahy ny fiangonana Afrikana Andriamanitra mba hahafahan'ny fiangonana Afrikana mitahy ny firenena rehetra!" Niombon-kevitra tamin'izany fihetseham-po izany tamin'ny fonay rehetra izahay tao amin'ny Africa's Hope Acts 1: 8 Initiative. Mino izahay fa ho amin'izao andro izao mihitsy no niantsoan'Andriamanitra ny fiangonana Afrikana ho anatin'ny Fanjakana (jereo Est.4:14). Ny fiangonana Pentekôtista Afrikana dia manana tanjona misionera goavana. Mandritra izao andro farany izao, ny Tompon'ny Fijinjana dia mandrotsaka ny Fanahiny amin'ny Vahoakany hanafiana hery azy ireo handray anjara feno amin'ny fanatanterahana ny Iraka Lehibe napetrany alohan'ny hiverenany eny amin'ny rahon'ny lanitra (Mat.24:14; Asa 1:8-11).

Mba hahatanteraka izany, tsy maintsy matanjaka ny fiangonana Afrikana. Ary mba hahatonga azy hatanjaka, tsy maintsy manana mpitarika matanjaka izy. Ny *Boky Fianarana ho an'ny Pasitera Pentekôtista* dia novolavolaina hamaly izany zavatra ilaina izany. Natao hampitaovana ny pasitera Pentekôtista eto Afrika amin'ny fanatanterahana ny anjaran'izy ireo amin'ny Tanjon'Andriamanitra ho an'ny fiangonana. Manantena izahay fa ity boky ity dia ho tonga fitaovana sarobidy loatra eo an-tanan'ny pasitera Pentekôtista manerana ny kontinanta. Fitsipika fototra enina no tao an-tsaina tao anatin'ny famolavolana ity boky ity.

*1. Fomba fijery ara-baiboly*. Ireo nanoratra sy namolavola ity boky fianarana ity dia mino fa ny Baiboly dia Teny fanambaran'Andriamanitra ho an'ny olombelona. Taridalana ho an'ny kristiana ho an'ny fiainana sy ny iraka izy. Noho izany, ireo namolavola ny boky dia niezaka nanorina mafy ny lohahevitra tsirairay ato anatin'ity boky ity amin'ny Soratra Masina.

*2. Fanasongadinana ny maha Pentekôtista*. Ity boky ity dia nosoratan'ny pasitera Pentekôtista ho an'ny pasitera Pentekôtista. Amim-pahasahiana no hiezahany mamaha ireo olana atrehan'ny pasitera Pentekôtista avy amin'ny fomba fijery Pentekôtista. Ny mpandray anjara tsirairay ato anatin'ity boky ity dia mpitarika Pentekôtista matotra manana asa fanompoana voazaha toetra. Noho ny

fahatsapana nananan'izy ireo miaraka amin'ny Fanahy sy ny fahatakarany ny Soratra Masina, ireo lehilahy sy vehivavy ireo dia miatrika ny fiainana sy ny asa fanompoana amin'ny fomba tena Pentekôtista. Hita taratra ao anatin'ity asa ity izany fomba izany.

*3. Fifantohana amin'ny iraka*. Ireo namolavola ity boky ity dia mino fa Kristy dia nandidy ny pasitera Pentekôtista sy ny fiangonana tsirairay handray anjara feno ao anatin'ny irak'Andriamanitra. Ny irak'Andriamanitra dia ny hanavotra sy hiantso olona avy amin'ny foko, ny fiteny ary ny firenena eto ambonin'ny tany ho Azy alohan'ny hiverenan'i Jesosy (Mat.24:14; Apok.5:9). Io Irak'Andriamanitra io dia nofintinin'i Kristy ao anatin'ny Iraka Lehibe (Mat.28:18-20; Marka.16:15-17; Lioka. 24:47-49; Jaona 20:21-22; Asa.1:8). Voasongadina ato anatin'ity boky ity ny momba ny iraka.

*4. Fitodihana amin'ny Afrikana*. Ny mpamaky kendren'ity Boky fianarana ho an'ny pasitera Pentekôtista ity dia ny pasitera Pentekôtista eto Afrika. Ireo mpanoratra dia mahatakatra tsara fa ny pasitera dia manatanteraka ny asa fanompoany ao anatin'ny konteksta manokana Afrikana sy miaraka amin'ireo olana sy fanamby Afrikana. Tao an-tsaina tokoa io konteksta io tamin'ny fotoana nanoratana ny toko tsirairay.

5. *Fahatakarana amin'ny ankapobeny*. Ity boky ity dia namboarina hamaha ireo olana samihafa atrehan'ny pasitera Pentekôtista eto Afrika amin'izao androntsika izao. Ireo namolavola ny boky dia manantena azy ity ho tonga fitaovana tena manan-danja eo an-tanan'ny pasitera manerana ny kontinanta.

*6. Fampiharana mora iainana*. Na dia miresaka mikasika ny olana ara-teolojia sy ara-pahalalana aza ity boky ity fianarana ity, ny lesona ampianarina ato kosa dia tena natao hampiharina tokoa. Tsy miresaka mikasika ***izay zavatra*** tsy maintsy ataon'ny pasitera Pentekôtista fotsiny izy fa miresaka ihany koa mikasika ***ny fomba*** hahafahan'izy ireo manatanteraka amim-pahombiazana ny asa fanompoany.

## Dingana fanoratana

Ny *Boky Fianarana ho an'ny Pasitera Pentekôtista* dia vinan'i Dr. John Easter, tale mpanatanteraka ao amin'ny Africa's Hope. Izy no nanendry komity hamokatra ity boky fianarana ity. Rehefa nandimby an'i Dr. Easter i Randy Tarr, ny ekipa vaovao dia nandray tamin'ny fony manontolo ny tetikasa.

Ny asa voalohany nataon'ny komity dia ny nanao ny lisitr'ireo lohahevitra rehetra hovahana ato anatin'ny boky. Nandany ora maro nanaovana fikarohana sy niadiana hevitra tamim-pahitsiana tokoa izy ireo tamin'izany. Raha efa izany, ireo lohahevitra ireo dia nodinihan'ireo mpitarika sy mpanabe fanalahidy nanerana ny kontinanta Afrikana. Mazava ho azy fa ireo lohahevitra efapolo tonga lohatenin'ireo toko ato anatin'ity boky ity no voafidy tamin'izany. Rehefa voafidy ny lohahevitrin'ny toko dia navondron'ny komity tao anatin'ny sokajy folo, izay tonga fizaran'ny boky.

Rehefa tapaka ny hevitra mikasika ireo lohahevitra horesahana sy ny toerana tokony hisy azy ireo ao anatin'ny boky, ny komity dia nifidy ireo pasitera, mpanabe, ary mpitarika fiangonana fanalahidy manerana an'i Afrika hanoratra ny toko tsirairay. Misionera Amerikana nonina teto Afrika sy mpanao asa fanompoana Afrikana no notsongaina tamin'izany. Ny anaran'ireo mpanoratra tsirairay ireo sy ny famintinana ny momba azy dia hitanao ao amin'ny "Lisitrin'ny Mpandray Anjara" any akaikin'ny pejy voalohany.

Rehefa vitan'ny mpanoratra ny asany dia natolony ny komity mba ho tombanana sy hahitsy. Araka izany, ny komity dia nandinika ny toko tsirairay sy ny fifandraisany amin'ny toko hafa. Ny tanjona tamin'izany dia ny hahazoana antoka fa ny toko tsirairay dia mandray anjara amin'ny fanatrarana ny zava-kendren'ny boky amin'ny lafiny maha Pentekotista sy amin'ny iraka ary koa ny hiantoka ny fitovian'ny fomba fanoratra manerana ny boky manontolo. Rehefa vita ny fanitsiana samihafa dia nampidirina tao anatin'ny boky ny toko.

## Fampiasana mpisolo tena

Ilaina ny hanaovana fanamarihana mikasika ny fampiasan'ity boky ity ny mpisolo tena "izy", izay manondro ny pasitera lehilahy sy vehivavy Pentekôtista Afrikana. Ho fanomezan-danja sy fankasitrahana ny asa fanompoan'ireo pasitera vehivavy ao anatin'ny fiangonana Pentekôtista izay tsy mitsaha-mitombo arak'isa manerana an'i Afrika no anton'izany.

Hatrany amin'ny fiandohany, ny hetsika Pentekôtista dia nanome lanja ny toeran'ny vehivavy ao anatin'ny asa fanompoana. Ny Pentekôtista dia mino fa ny Fanahy izay nanome fahaiza-manao ny lehilahy ho amin'ny asa fanompoana dia nanome fahaiza-manao ho an'ny vehivavy koa. Ny nanorenana izany finoana izany dia ny teny fikasan'i Kristy ao amin'ny Asan'ny Apostoly 1:8, izay

nampanantenany ny Fanahy Masina ho an’ny mpino rehetra, lehilahy sy vehivavy. Ny olona tsirairay mandray ny Fanahy, ao anatin’izany koa ny vehivavy dia mahazo hery hahatongavana ho vavolombelon’i Kristy. Tafiditra ao anatin’ny maha vavolombelona ny fanambarana ny filazantsara.

Ny Pentekôtista ihany koa dia mitanisa ny teny fikasana nambaran’i Joela mpaminany izay nampiasain’i Petera tamin’ny Andro Pentekosta: “Ary amin'ny andro farany, hoy Andriamanitra, no handatsahako ny Fanahiko amin’ny *nofo rehetra*, Ary ny zanakalahinareo sy *ny zanakavavinareo* haminany… Ary ny mpanompoko, na lahy na *vavy*, Dia handatsahako ny Fanahiko amin'izany andro izany, Ka dia haminany izy” (Asa. 2:17-18, nampiana soramandry, hitanao ao amin’ny Joela 3:1-2). Io fehezanteny io dia raisin’ny Pentekôtista ho fitsipika ankapobeny hinoana sy hiaina mandritra ny “Taonan’ny Fanahy” izay fotoana androtsahan’Andriamanitra ny Fanahiny amin’ny olona rehetra.

Ara-tantara, ny mpanoratra anglisy dia mampiasa ny mpisolo tena adika hoe “izy” rehefa manondro lehilahy sy vehivavy. Mba hisorohana ny fampifangaroana, ny mpiantoka ity boky dia nisafidy ny “izy” na “azy” hanondroana ny pasitera Pentekôtista rehetra. Indraindray nefa dia ny mpisolo tena manondro ny maro “izy ireo” no tokony hampiasaina ho solon’ny “izy”. Io fomba fiasa io dia eken’ny ankamaroan’ny mpanoratra anglisy rehetra ary ampiasaina ao anatin’ny Baiboly Anglisy antsoina New International Version Bible, 2011 edition, izay nampiasaina tamin’ny nanoratra ity boky ity tamin’ny fiteny anglisy.

**Ahoana no fampiasana ity boky ity**

Araka ny anarany, ity boky ity dia boky fianarana na taridalana ho an’ny pasitera Pentekôtista eto Afrika. Azonao ampiasaina amin’ny fomba samihafa tena manampy tokoa. Ho fanombohana, azonao vakiana hatramin’ny voalohany ka hatramin’ny farany ny boky. Ny fanaovana izany dia hanampy anao hahatakatra tsara ireo hevitra resahan’ny boky. Tsy izany ihany fa manampy anao koa hahita amin’ny ankapobeny ireo lafin-javatra samihafa tafiditra ao anatin’ny asa fanompoan’ny pasitera Pentekôtista.

Mandritra ny famakianao ny boky dia tsara raha asiana penina sy kahie eo akaikinao mba hahafahanao manoratra ireo hevitra misongadina azonao ampiharina eo amin’ny fiainana sy ny asa fanompoanao manokana. Azonao atao koa ny manoratra ny hevitrao manokana mikasika ny lohahevitra. Tokony ho

marihanao ireo fanatsarana tokony hataonao amin'ny fomba fanaovanao asa fanompoana amin'izao fotoana izao. Farany, ny tena manan-danja indrindra rehefa mamaky ianao dia fihainoanao ny feon'ny Fanahy, mariho izay lazainy aminao. Ao anatin'izany rehetra izany, azonao atao ny mampiasa ny kahienao ho taridalana amin'ny vavaka sy ho toy ny sarintany mpitaridalana anao amin'ny fanatsarana ny fiainanao manokana sy ny asa fanompoanao.

Azonao ampiasaina ho boky zahana ihany koa ity boky fianarana ity. Rehefa misy toe-javatra mitranga toy ny fanamasinana fanambadiana, fivoriana fanoloran-tsaina, fivorian'ny mpitarika na zavatra hafa, azonao atao ny mamerina mijery ny toko na ireo toko miresaka mikasika izany mba hahazoanao torohevitra sy fanampiana. Na koa, rehefa misy olana hovahana na asa fanompoana vaovao hotanterahana dia azonao atao ny mitady ny toko ilainao ao amin'ny fanoroam-pejy.

Farany, ity boky ity dia azon'ny mpampianatra any amin'ny Sekoly Biblika ampiasaina ho boky fianarana na boky fanampiny ho an'ny lesona momba ny asa fanompoan'ny mpitandrina. Ny boky ihany koa dia afaka manampy ireo sekoly manolotra fihofanana mandritra ny fotoana fohy na totoafo toy ny sekoly extension na sekoly mpanangana fiangonana.

Farany, ny komity namolavola ny *Boky Fianarana ho an'ny Pasitera Pentekôtista* dia manolotra ity asa ity ho eo an-tanan'ny pasitera Pentekôtista Afrikana. Amin'ny fo mahitsy no ivavahanay mba hampiasan'Andriamanitra ity boky ity ho fitahiana ho an'ny pasitera Afrikana mandritra ny am-polo-taonany maro ho avy sy ho fitaovana mahomby amin'ny fampandrosoana ny fanjakan'Andriamanitra eto Afrika sy any amin'ny firenena hafa amin'ny alalan'ny fiangonana Afrikana.

Amim-panajana,

~ Dr. Denzil R. Miller, mpiantoka ny boky
~ Dr. Jeffery Nelson, mpiara-miantoka ny boky
~ Rev. Todd Churchill, mpiara-miantoka ny boky

*Fampidirana*

# ~ Fizarana 1 ~

# Toetra mampiavaka ny pasitera Pentekôtista

## ~ Toko 1 ~

# Olon’ny traikefa

Alaivo sary an-tsaina ny lehilahy iray nianatra momba ny fitsaboana tao amin’ny Anjerimanontolo tena manana ny maha izy azy. Nihaino fanazavana momba ny fandidiana sy namaky boky maro mikasika izany lohahevitra izany izy. Kanefa, tsy mbola nandidy olona mihitsy. Tianao ve raha izany dokotera izany no handidy anao? Mazava ho azy fa tsia. Ny olona maniry ho tonga dokotera mpandidy dia tsy maintsy manana traikefa avy amin’ny fanatanterahana fandidiana maro eo ambany fahefan’ny mpandidy efa za-draharaha.

Tahaka izany koa, ny olona maniry hiditra ao anatin’ny asa fanompoan’ny mpitandrina dia tsy maintsy manana traikefa. Io traikefa io dia tsy maintsy ara-panahy sy amin’ny fomba fiasa. Ato amin’ity toko ity isika dia hamakafaka ny traikefa takiana amin’ny olona te ho pasitera Pentekôtista.

### TRAIKEFA ARA-PANAHY

Ny fahatsapana miaraka amin’Andriamanitra dia tena ilain’ny pasitera Pentekôtista tokoa. Ambonin’ny zavatra rehetra, tsy maintsy manana fifandraisana lalina miaraka amin’i Kristy izy. Ny antony nifidian’i Jesosy ny mpianatra roa

ambin'ny folo dia mba "ho ao aminy" (Marka 3:14). Fantany fa rehefa miara-mandeha sy miresaka Aminy izy ireo dia ho tonga tahaka Azy. Hoy i Jesosy: "izay rehetra tanteraka dia ho tahaka ny mpampianatra azy ihany" (Lioka 6:40). Tahaka izany koa amin'izao androntsika izao, rehefa mandany fotoana miaraka amin'i Kristy ao anatin'ny Teniny sy ny vavaka isika dia hihamitovy endrika aminy (2 Korintiana 3:18). Alohan'ny hahafahantsika manao asa fanompoana *ho* Azy; tsy maintsy tonga *tahaka* Azy isika, ary mba hahatongavana tahaka Azy, tsy maintsy mandany fotoana *miaraka* Aminy isika. Ny hetsika Pentekôtista dia niforona avy amin'ny faharesen-dahatra fa ny mpino amin'izay androntsika izao dia afaka miaina ny fahatsapana ara-panahy manova fiainana niainan'ny apostoly sy ny mpianatra hafa tao amin'ny Testamenta Vaovao. Ny Pentekôtista dia mampianatra fa tena ilaina ny foto-pampianarana marina, kanefa tsy ampy. Mihoatra noho ny zavatra rehetra, amin'ny maha pasitera Pentekôtista, tsy maintsy manana fifandraisana mitohy amin'i Jesosy Kristy ianao. Ny tsy fananana izany fifandraisana izany dia mahavery hasina anao amin'ny asa fanompoana. Io fifandraisana io dia avy amin'ny traikefa ara-panahy. Ao amin'ny Baiboly manontolo, izay rehetra nanao asa fanompoana tamin'ny hafa dia nanomboka ny diany tamin'ny fihaonana tamin'Andriamanitra. Nahare ny feon'Andriamanitra i Abrahama (Gen. 12:1-3). Nihaona tamin'Andriamanitra teo amin'ny roimemy nirehitra i Mosesy (Eks. 3:1-4). Isaia nahita an'Andriamanitra nisandratra sy nasandratra teo amin'ny tempoly (Isa. 6:1-5). Ny mpianatra niara-nandeha tamin'i Jesosy (Marka. 3: 13-14). Ary i Paoly kosa nihaona tamin'i Kristy nitsangana tamin'ny maty teny amin'ny lalan'i Damaskosy (Asa. 9:1-5).

Tahaka izany koa, izay te ho pasitera Pentekôtista dia tsy maintsy mihaona amin'Andriamanitra tamin'ny alalan'ireto fahatsapana efatra ireto:

### Fahateraha-baovao

Mpitarika fivavahana i Nikodemosy. Fariseo nafana fo sady mpikambana tao amin'ny Synedrionan'ny Jiosy izy. Tsy ampy nefa ireo. Hoy i Jesosy tamin'i Nikodemosy: "Tsy maintsy hateraka indray ianareo" (Jaona 3: 7). Nolazain'i Jesosy mazava tsara fa tsy afaka "miditra" na "mahita" ny fanjakan'ny lanitra izy raha tsy mahatsapa fahaterahana ara-panahy (and. 3-5).

Ny pasitera Pentekôtista tsirairay dia tsy maintsy nateraka indray marina. Tsy maintsy vitany ny milaza mazava ny fotoana nihaonany tamin'i Jesosy,

nibebahany tamin'ny fahotany ary nandraisana Azy ho Tompo sy mpamonjin'ny fiainany. Tamin'io fotoana io no nandraisan'i Jesosy toerana teo amin'ny seza fiandrianan'ny fiainan'izy ireo sy nanavaozany azy ireo. Izao no nosoratan'i Paoly: "Koa raha misy olona ao amin'i Kristy, dia olom-baovao izy; efa lasa ny zavatra taloha, indreo efa tonga vaovao ireo" (2 Kor. 5: 17)

Efa nateraka indray ve ianao? Efa voaova tanteraka ve ny fiainanao na ny anatiny na ny ivelany? Raha tsia, azo tanterahana izao ankehitriny izao izany. Ialao ny fahotanao ary mivavaha, angataho Andriamanitra hamela ny helokao. Izy irery ihany no hitokiso amin'ny famonjena anao, ary avelao Izy haka ny toerana maha Tompo azy ao amin'ny fiainanao. Raha handray an'i Kristy ho Mpamonjinao ianao dia minoa amin'ny fonao rehetra ary ataovy amin'ny fo tsotra izao vavaka izao:

> "Jesosy, mino aho fa Ianao no Zanak'Andriamanitra, Mpamonjy izao tontolo izao. Mino aho fa maty noho ny fahotako ianao ary nitsangana indray. Fantatro fa mpanota aho ary niala tamin'ny finoana anao, very mandrakizay aho. Miangavy anao, mamelà ny fahotako ary metezà ho Mpamonjy sy ho Tompoko. Afoiko ny zavatra rehetra mba hanarahana anao. Hanompo anao aho amin'ny andro rehetra iainako. Midirà ao am-poko ary aoka ho Tompon'ny fiainako. Amin'ny anaranao no hivavahako. Amena."

**Batisa amin'ny Fanahy Masina**

Talohan'ny niakarany tany an-danitra, Jesosy dia nandidy ny Mpianany hoe: "mitoera eto an-tanàna mandra-panafiana anareo amin'ny hery avy any amin'ny avo" (Lioka 24: 19). Tsy maintsy niandry tao Jerosalema izy ireo mandra-pahazoany ny Batisa amin'ny Fanahy Masina (Asa 1.4). Efa nateraka indray ireo lehilahy ireo. Nipetraka nandritra ny fotoana naharitra tao anatin'ny fampianaran'i Jesosy izy ireo ary vavolombelon'ny Fahagagany. Nirahana hitory ny filazantsara manerana izao tontolo izao izy ireo. Kanefa, tsy tena mbola vonona.

Lehibe loatra ny asa nomen'i Jesosy raha tanterahan'izy ireo amin'ny herin'ny tenany manokana. Mila fenoina ny herin'Andriamanitra izy ireo. Nampanantena azy ireo i Jesosy hoe: "Fa hahazo hery ianareo amin'ny hilatsahan'ny Fanahy Masina aminareo, ary ho vavolombeloko any Jerosalema sy eran'i Jodia sy Samaria ary hatramin'ny faran'ny tany" (Asa. 1:8).

Tamin'ny Andro Pentekosta ny Fanahy Masina no nilatsaka voalohany tamin'ny mpianatra sy nameno azy ireo. Tamin'io fotoana io, niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra izy ireo sady nandray ny hery sy ny fahasahiana nilainy tamin'ny fanambarana tamim-pahombiazana an'i Kristy, na dia eo anatrehan'ny fanoherana mafy aza. Izay maniry hanaraka ny Tompo ao anatin'ny asa fanompoana dia tokony ho vita batisa amin'ny Fanahy Masina.

Efa nambaran'i Jesosy antsika ny fomba handraisana ny batisa amin'ny Fanahy Masina. Hoy Izy nampanantena: "Tsy mainka va ny Ray, Izay any andanitra, no hanome ny Fanahy Masina ho an'izay mangataka aminy?" (Lioka. 11: 13). Izay mangataka tsotra amin'ny finoana dia afaka mandray ny herin'ny Fanahy. Dingana tsotra telo no tafiditra ao anatin'io fangatahana amin'ny finoana io:

1. *Mangataka amin'ny finoana*. Atombohy amin'ny fangatahana ny Fanahy amin'Andriamanitra. Raha ny momba io fanomezana io, izany hoe ny Fanahy, Jesosy dia nampantena hoe: "Mangataha, dia homena ianareo; mitadiava, dia hahita ianareo; dondony, dia hovohana ianareo" (Lioka.11:9). Rehefa mangataka ianao, minoa fa Andriamanitra dia mahare sy mamaly ny vavakao, ary amin'io fotoana io Izy dia mameno anao amin'ny Fanahy Masina. Sokafy midanadana ho an'Andriamanitra ny fonao, dia ho tsapanao ny fahatongavan'ny Fanahy eo aminao. Raha vao tsapanao mirotsaka aminao ny Fanahy dia vonona amin'ny dingana faharoa ianao.
2. *Mandray amin'ny finoana*. Nampanantena ihany koa i Jesosy fa "Fa izay rehetra mangataka no mahazo" (Lioka 11: 10). Nisy fotoana ihany koa Izy nampianatra hoe: "Na inona na inona tononinareo amin'ny fivavahana sy angatahinareo, dia minoa fa efa nandray ianareo, dia ho azonareo izany" (Marka. 11:24). Minoa fa Andriamanitra dia mamaly ny vavakao sy mameno anao amin'ny Fanahy Masina. Rehefa manao izany ianao dia hahatsapa ny fanatrehan'ny Fanahy Masina ao anatinao lalina ao (Jaona. 7: 38). Raha vao mitranga izany dia mirosoa amin'ny dingana fahatelon'ny finoana.
3. *Miteny amin'ny finoana.* Voalazan'ny Baiboly fa tamin'ny Andro Pentekosta dia "samy feno ny Fanahy Masina izy rehetra, ka dia *niteny tamin'ny fiteny maro samy hafa*, araka ny nampitenenan'ny Fanahy Masina azy" (Asa. 2:4, *nampiana soramandry*). Tsy anao ny teny hoteneninao fa avy amin'Andriamanitra. Avy any anatinao any ny teny, avy amin'ny fanahinao (1

Kor. 14: 2). Tsy ho azonao mihitsy izany fiteny izany. Famantarana omen'Andriamanitra anao sy ny fiangonana izany, maneho fa notafiana hery ianao mba hiteny amin'ny Anarany. Deraina ny Tompo:! Vita batisa amin'ny Fanahy Masina ianao.

**Antson'Andriamanitra**

Ny maha pasitera Pentekôtista dia mihoatra noho asa nofidiana hotanterahana, antso avy amin'Andriamanitra. Hoy i Paoly raha niresaka mikasika an'i Jesosy: "Ary Izy no nanome ny sasany ho Apostoly, ary ny sasany ho mpaminany, ary ny sasany ho evanjelista, ary ny sasany ho mpiandry sy mpampianatra" (Efe. 4:11). Miaraka amin'ireo asa fanompoana efatra hafa, ny pasitera dia fanomezana avy amin'i Kristy ho an'ny Fiangonany. Mifidy Izy, avy eo miantso, ary farany manendry. Hoy i Jesosy tamin'ny mpianany roa ambin'ny folo "Tsy ianareo no nifidy Ahy, fa Izaho no nifidy anareo ka nanendry anareo mba handeha sy hamoa – ary mba haharetan'ny vokatrareo" (Jaona. 15: 16).

Araka izany, ny Tompo dia nanambara amintsika fahamarinana telo manandanja mikasika ny antson'Andriamanitra. Voalohany, nambarany fa Andriamanitra ihany no mifidy. Ny tena pasitera Pentekôtista dia tsy olona nifidy tena. Kristy no nifidy azy. Nambaran'i Jesosy ao koa fa Izy no manendry ho amin'ny asa fanompoana. Hoy Izy: "Izaho no nifidy anareo ka nanendry anareo". Tsy mifidy izay olona hanompo fotsiny i Kristy, Izy no manoratra ny fanoritsoritana ny asa sy manendry ny mpiasa

Farany, izay rehetra nofidiany sy notendreny dia nirahany. Tahaka izao no namaranan'i Jesosy ny fehezanteniny: "nanendry anareo handeha sy hamoa". Izy no Tompon'ny fijinjana, ary Izy no mandidy antsika hoe: "Mandehana any amin'izao tontolo izao ianareo, ka mitoria ny filazantsara amin'ny olombelona rehetra" (Marka. 16:15). Amin'ny teny hafa, ny tena pasitera Pentekôtista dia tsy nifidy ny tenany na nanendry ny tenany na naniraka ny tenany. Andriamanitra no mifidy azy ireo, Andriamanitra no manendry azy ireo ary mbola Andriamanitra no maniraka azy ireo. Ny anjarantsika dia mihaino ny Feony, manaiky ny Fahefany ary mankato ny Antsony.

Miseho amin'ny endrika samihafa ny antson'Andriamanitra. Mety tonga amin'ny fomba mahatanjona tahaka ny tamin'i Samoela izay nahare ny

feon'Andriamanitra nivantana (1 Sam. 3: 1-11). Amin'ny ankapobeny nefa ny antson'Andriamanitra dia tonga amin'ny alalan'ny feo malefaka ao anatin'ny olona ao. Izany no fahatsapan'i Elia. Ity mpaminany ity dia tsy nahare ny feon'Andriamanitra tao anatin'ny rivotra be sady mahery na ny horohorontany na ny afo. Tao anatin'ny "feo nitsoaka malemy" no nandrenesany an'Andriamanitra (1 Mpan. 19:12).

Io feo malefaka io matetika dia miaraka amin'ny "fahalalana mazava ao anaty ao" fa miteny Andriamanitra. Arakarakin'ny handrosoan'ny fotoana no mampatanjaka azy io ka mahatonga fahatsapana hamehana. Mety nahatsapa izany Jesosy fony izy mbola zazalahy ka izany no nahatonga Azy niteny tamin'ny ray aman-dreniny hoe: "tsy fantatrareo va fa tsy maintsy ho eto an-tranon'ny Raiko Aho?" (Lioka. 2: 49). Nahatsapa izany hamehana tao anaty izany i Paoly raha nanoratra ho an'ny Korintiana. "Tsy maintsy manao izany" aho hoy izy "fa lozako, raha tsy mitory ny filazantsara aho!" (1 Kor. 9:16). Nahatsapa izany faharesen-dahatra lalina avy amin'Andriamanitra izany koa i Mika mpaminany: "Fa izaho kosa dia feno hery, dia ny Fanahin'i Jehovah, mbamin'ny rariny sy ny faherezana, Mba hanambara amin'i Jakoba ny helony sy amin'Isiraely ny fahotany" (Mika. 3:8).

Rehefa mamaly amin'ny finoana sy ny fankatoavana ny feon'ny Fanahy isika dia mitombo io faharesen-dahatra io mandra-pahafantarantsika mazava fa Andriamanitra dia niantso antsika hanokana ny fiainantsika amin'ny fanambarana ny filazantsara.

**Fifandraisana velona**

Farany, ny pasitera Pentekôtista dia tsy maintsy manana fifandraisana velona sy tsy mitsahatra amin'Andriamanitra. Ny fifandraisana amin'Andriamanitra dia tsy tokony heverina ho zavatra indray mandeha isak'izay mazoto. Tsy afaka mamelona ny fiainana kristiana ny fahatsapana indray mandeha monja, na dia mahatalanjona aza. Na ireo mpianatra voalohany, izay nahatsapa ny herin'ny Fanahy Masina tamin'ny Andro Pentekosta aza, mbola naverina nofenoina tamin'ny Fanahy (Asa. 4:8, 31; 5:8).

Amin'ny maha pasitera Pentekôtista, tsy maintsy mianatra mamboly fifandraisana mitohy amin'Andriamanitra sy miara-mandeha Aminy ianao. Izao

no nosoratan'i Paoly ho an'ny kristiana tany Galatia: "Raha velon'ny Fanahy isika, dia aoka handeha araka ny Fanahy" (Gal. 5:25). Hoy ihany koa izy nananatra azy ireo ao anatin'io taratasy io: "Adala toy izany va ianareo? Rehefa nanomboka tamin'ny Fanahy ianareo, dia hahatanteraka amin'ny nofo va ankehitriny?" (Gal. 3:2). Tsy ampy ny feno ny Fanahy indray mandeha, tsy maintsy mitoetra amin'ny "fahafenoan'ny Fanahy" isika (Lioka. 4: 1; Asa. 6:3; 7:55; 11:24).

Fitomoerana ao Aminy na firaisana Aminy no nanoritsoritan'i Jesosy io fifandraisana io (Jaona 15: 4). Tafiditra ao anatin'izany fitomoerana ao amin'i Kristy izany ny Fandehanana araka ny Teniny sy araka ny Fitiavany (and. 7, 9). Mbola ao anatin'izany koa ny fitandremana ny Didiny (and.10) sy ny fiainana ao amin'ny Fanahy (1 Jaona 2: 27; 4: 13).

## TRAIKEFA AMIN'NY FOMBA FIASA

Ny fahaiza-manao sasany dia tsy azo ianarana avy amin'ny boky. Azon'ny lehilahy iray atao ny mamaky gazety boky miresaka mikasika ny fomba filomanosana. Azo sokajiana ho adala kosa nefa izy raha avy hatrany dia mitsoraka any amin'ny rano faran'izay lalina kanefa tsy mbola nanandrana nilomano teny amin'ny marivo akory. Marina amin'ny mpanao asa fanompoana Pentekôtista ihany koa izany. Ny fampianarana akademika fotsiny dia tsy ampy hanomanana anao araka ny tokony ho izy amin'ny asa fanompoana maha mpitandrina. Alohan'ny hidiranao ao anatin'ny asa fanompoana, tsy maintsy manana traikefa avy amin'ny fampiharana ianao. Io traikefa resahantsika io dia tsy azo raha tsy avy amin'ny fandraisana anjara mivantana amin'ny asa fanompoana ihany.

Any amin'ny Sekoly Biblika iray any Afrika Atsimo, ny mpianatra maniry ny hianatra dia tsy maintsy mametraka taratasy "Fangatahana Hianatra". Ny fahalalana avy amin'io taratasy io no ampiasain'ny mpitantana ny sekoly hamaritana ny mahamety na tsia ny handraisana ilay mpianatra. Ankoatran'ny fanontaniana mikasika ny fiainana manokana sy ny fahalalana akademika, ny mpianatra mangataka hianatra dia hangatahana hanoratra fijoroana vavolombelona amin'ny alalan'ny soratanana. Zavatra efatra no asaina resahan'ny mpianatra vaovao ao anatin'io fijoroana vavolombelona io: (1) lazao ny fomba nahatongavanao tao amin'i Kristy sy ny nanekenao Azy ho Mpamonjinao; (2) lazao ny mikasika ny nandraisanao ny Batisa amin'ny Fanahy Masina sy ny

fiantraikan'izany fahatsapanao izany tamin'ny fiainanao; (3) soritsorito ny niantsoana anao ho amin'ny asa fanompoana; ary (4) soritsorito ny fomba nandraisanao anjara mavitrika tamin'ny asa fanompoana tao amin'ny fiangonana nisy anao.

Tahaka izao ny fanazavan'ny mpitantana io sekoly io: "Mametraka ireo fanontaniana farany ireo izahay satria inoanay fa ny traikefa avy amin'ny asa dia singa tena manan-danja tokoa amin'ny fahombiazan'ny fanofanana ho amin'ny asa fanompoana. Eto amin'ny sekolintsika, isika dia tsy manofana *ho* amin'ny asa fanompoana fa manofana *ao* amin'ny asa fanompoana". Na dia zava-dehibe aza ny fanofanana ara-pahalalana, tsy ampy hanomanana anao amin'ny asa fanompoan'ny mpitandrina raha izany fotsiny. Tsy maintsy manana traikefa avy amin'ny fandraisana anjara mavitrika amin'ny asa fanompoana ianao.

Tsy fahendrena ny mitarika fiangonana, amin'ny maha pasitera, raha tsy nahazo fahatsapana sy traikefa mikasika izany asa izany. Afaka mahazo izany traikefa izany ao amin'ny fiangonana misy anao ianao raha manaiky hiasa eo ambany fitarihan'ny pasitera matotra sy feno ny Fanahy Masina. Nambaran'i Paoly mazava tsara tamin'i Timoty fa ny mpitandrina na ny pasitera dia tsy tokony ho "zazavao amin'ny fivavahana" (1 Tim. 3:6). Nampiany koa fa ny pasitera dia tsy maintsy "tsara laza koa amin'izay eny ivelany" (and. 7). Efatra lehibe ny sehatra tokony hananan'izay te hanao asa fanompoana traikefa dia ny traikefa amin'ny fijoroana vavolombelona, ny traikefa amin'ny fitorian-teny sy fampianarana, ny traikefa amin'ny fanomezana ary ny traikefa amin'ny vavaka. Hazavaina eto ambany izy ireo:

### Traikefa amin'ny fijoroana vavolombelona

Voalohany, ho fanomanana anao amin'ny asa fanompoan'ny mpitandrina, tsy maintsy manana traikefa amin'ny fijoroana vavolombelona ianao. Tsy maintsy manana fahaiza-manao amin'ny fizarana ny filazantsara amin'ny hafa. Ny fijoroana vavolombelona dia vokatra voajanaharin'ny fahavitana batisa amin'ny Fanahy Masina noresahantsika teo aloha. Hoy i Jesosy raha niresaka momba ny tenany "mialoha azy [ondry]; ary ny ondriny manaraka azy" (Jaona 10.4). Amin'ny maha pasitera Pentekôtista anao dia marina aminao ihany koa izany fahamarinana izany. Raha mandeha eo alohan'ny ondrinao ianao amin'ny fambaboana fanahy ho an'i Kristy dia hanaraka anao izy ireo. Kanefa, raha tsy

mahomby amin'ny fijoroana vavolombelona ianao dia ho tahaka izany koa ny olona tarihanao.

Andraikitra mifanaraka amin'izany, izay sahanin'ny pasitera Pentekôtista ny fitarihana ny fiangonana any amin'ny toerana tsy misy fiangonana misionera voatafy ny herin'ny Fanahy. Noho izany, zava-dehibe tokoa ny efa nandraisanao anjara tamin'ny iray na maromaro amin'ny hetsika fananganana fiangonana alohan'ny handraisanao asa fitarihana fiangonana. Io traikefa io dia mety azonao tamin'ny alalan'ny ezaka nataon'ny fiangonanao, na tany amin'ny Sekoly Biblika nianaranao na tamin'ny alalan'ny asa fanompoana hafa. Ny fanananao io fahatsapana io dia hanampy anao hahalala ny fomba hanentanana ny fiangonanao hanangana fiangonana hafa[1].

## Traikefa amin'ny fitoriana teny sy ny fampianarana

Manaraka izany, izay rehetra maniry ho tonga pasitera Pentekôtista dia tsy maintsy manana traikefa amin'ny fitoriana teny sy ny fampianarana ny Tenin'Andriamanitra. Hataon'ny olona iray ahoana ny hitarika fiangonana Pentekôtista raha tsy manana fahaiza-manao amin'ny fampitana ny tenin'Andriamanitra amin'ny hafa izy? Nampahatsiaro an'i Timoty i Paoly fa ny mpitandrina dia tsy maintsy: "mahay mampianatra" (1 Tim. 3:2). Taorian'io izy dia nananatra ny zananilahy tamin'ny finoana mba ho vonona hitory ny Tenin'Andriamanitra amin'ny fotoana rehetra (2 Tim.4:2).

Fomba iray hahafahanao manana traikefa amin'ny fitoriana teny sy ny fampianarana ny fanoloranao tena hampianatra an-tsitrapo amin'ny Sekoly Alahady na ny kilasy fandalinana Baiboly ao amin'ny fiangonana misy anao. Fomba iray hafa ihany koa ny fitarihana vondrom-bavaka. Eo ambany fitarihan'ny pasitera, ireo fomba voatanisa teo aloha ireo dia hanome fahafahana anao hanomana sy hanolotra fampianarana ara-baiboly. Fomba tsara iray hahazoana traikefa amin'ny fitoriana teny sy fampianarana ihany koa ny fitoriana filazantsara ankalamanjana. Azonao atao ny manangana vondron'olona mahatoky ao

[1] Io lohahevitra io dia voaresaka amin'ny antsipiriany ao amin'ny Toko 37: "Fitoriana ny filazantsara amin'ny very" sy ny Toko 39 "Fananganana fiangonana vaovao".

anatin'ny fiangonana ary miara-mandeha mitory filazantsara eny an-tsena na eny amin'ireo toerana malalaka samihafa tsy lavitry ny fiangonana misy anao[2].

**Traikefa amin'ny fanomezana**

Fahatelo, ny olona te ho pasitera Pentekôtista dia tsy maintsy manana tantara maneho ny fahatokiany amin'ny fahafolon-karena sy ny fanomezana amin'ny fahalalahan-tanana ho an'ny asan'Andriamanitra. Ny olona mahihitra sy mafy tanana dia tsy afaka hisolo tena ilay Andriamanitra malala-tanana na oviana na oviana. Jesosy dia nampahery ny mpianany hoe: "efa nahazo maimaimpoana ianareo, koa manomeza maimaimpoana" (Mat.10:8). Ny apostoly Paoly koa dia nananatra ny mpino tany Korinto hoe: "Aoka hanahaka ahy ianareo, dia tahaka ny anahafako an'i Kristy" (1 Kor. 11:1). Ny fahitan'ny mpikambana ao amin'ny fiangonana anao feno fahalalahan-tanana sy fahatokiana dia hampahery azy ireo hanome amin'ny fahalalahan-tanana ho an'ny asan'Andriamanitra sy hatoky fa Andriamanitra no hiahy izay rehetra ilain'izy ireo (Fil. 4: 19). Vokany, handroso ny asan'Andriamanitra.

**Traikefa amin'ny vavaka**

Farany, ny olona maniry ho tonga pasitera Pentekôtista dia tsy maintsy manana traikefa amin'ny vavaka. Ny vavaka no fototrin'ny asa fanompoana Pentekôtista rehetra. Ny traikefan'ny olona iray dia manomboka amin'ny fiainam-bavaka misy fitsipi-pifehezana. Ny Baiboly dia maneho amintsika fa Jesosy dia "nitoetra tany an-efitra ka nivavaka" (Lioka 5: 16). Tsy maintsy manao tahaka izany ianao raha te ho pasitera Pentekôtista mahomby. Tsy maintsy mianatra manokana fotoana hiombonana amin'ny Rainao any an-danitra ianao isan'andro[3].

---

[2] Raha maniry handalina bebe kokoa mikasika ny fampianarana sy ny toriteny ianao, jereo ny toko 16: "Toriteny voahosotrin'ny Fanahy Masina" sy ny toko 17 "Fampianarana mahomby".

[3] Raha maniry handalina mikasika ny fiainam-panokanan-tenan'ny pasitera Pentekôtista dia jereo ny toko 8 "Laharam-pahamehan'ny vavaka" sy ny "Fahazarana manokan-tena matanjaka" ao amin'ny toko 15.

Tsy maintsy miara-mivavaka amin'ny olona hafa ihany koa ianao. Azonao atao amin'ny alalan'ny fandraisana anjara ao anatin'ny vondrona mpiara-mivavaka, fihatana mivavaka ary ny alim-bavaka izany. Amin'ny alalan'ireo fahatsapana ireo no hahafahanao manomana ny tenanao amin'ny fivavahana ho an'ny hafa. Sehatra roa no tsy maintsy anananao traikefa dia ny fivavahana ho an'ny marary sy ny mijaly mba hahasitrana azy ireo ary ny fivavahana miaraka amin'ny mpino mba handraisany ny fahafenoan'ny Fanany Masina[4].

[4] Ireo fomba fanao ireo dia voaresaka amin'ny an-tsipiriany ao amin'ny toko 20 "Fitarihana ny fiangonana amin'ny fifohazam-panahy Pentekôtista" sy ny toko 21 "Fanaovana asa fanompoana ao amin'ny herin'ny Fanahy Masina".

*Fizarana 1 : Toetra mampiavaka ny pasitera Pentekôtista*

~ Toko 2 ~

# Olon'ny fanahy

Tany amin'ny firenena Afrikana anankiray dia nisy tovolahy nahatsapa ny antson'Andriamanitra teo amin'ny fiainany. Nambarany tamin'ny pasiterany izany zavatra tsapany izany. Hitan'ny pasiterany teo amin'ny fiainan'ity tovolahy ity koa ny antson'Andriamanitra teo amin'ny fiainany, noho izany notendreny hiandraikitra zana-piangonana tamin'ny tanàna tsy dia lavitra loatra izy. Hoy ilay pasitera tamin'io tovolahy io: "Andraikitrao ny manao izay hampandroso io fiangonana io sy manangana fiangonana any amin'ny toerana hafa". Tamin-kafanam-po no nifindran'ilay tovolahy sy ny ankohonany tany amin'ilay tanàna sy nanokanany ny tenany ho tamin'ny asa nankinina taminy. Niasa mafy izy ary nanao izay tsara indrindra. Kely nefa ny fahombiazana hitany tamin'izany. Hoy ilay tovolahy tamin'ny tenany "Mila fahalalana sy fanofanana bebe kokoa aho". Noho izany, nisoratra anarana tany amin'ny Sekoly Biblika izy.

Nianatra ny Tenin'Andriamanitra ilay tovolahy rehefa tany amin'ny Sekoly Biblika. Arakarakin'ny nianarany no nampitombo ny fatokiany. Nianatra mikasika ilay fahatsapana ara-baiboly antsoina hoe batisa amin'ny Fanahy Masina ihany koa izy tany. Tamin-paharetana no nikatsahany ny Fanahy ary tsy ela dia feno tahaka ireo mpianatra 120 tamin'ny Andro Pentekosta izy (Asa. 2:1-4).

Nampianarin'ny mpampianatra azy ny fomba fandehanana tao amin'ny herin'ny Fanahy. Rehefa niverina tany amin'ny fiangonany izy dia niova ny zavatra rehetra. Tao anatin'ny hery sy ny fandresen-dahatra avy amin'ny Fanahy no nanaovany ny asa fanompoany. Maro ny olona sitrana sy afaka ary niverina tamin'i Kristy. Vokany, nitombo sy nihanatanjaka ny fiangonana.

Tao anatin'ny fotoana fohy dia afaka nanangana fiangonana hafa maro izy ireo. Izany tantara izany dia maneho ny maha zava-dehibe ny hahatongavan'ny pasitera Pentekôtista ho lehilahy na vehivavin'ny Fanahy marina.

Tao amin'ny toko farany isika dia niresaka fa ny pasitera Pentekôtista dia tsy maintsy olona manana fahatsapana ara-panahy sy mahomby amin'ny fomba fiasa. Ato amin'ity toko ity isika dia hamelabelatra kokoa ny mikasika izany lohahevitra izany. Hohazavaina bebe kokoa ato ny fahatakaran'ny pasitera Pentekôtista mikasika ny Fanahy sy ny Asany. Hampianarina ato ihany koa ny momba ny fiarahany mandeha sy fanaovany asa fanompoana Aminy.

## MAHATAKATRA NY MOMBA NY FANAHY

Raha tianao pasitera Pentekôtista ny ho tonga olon'ny Fanahy marina dia misy zavatra efatra tsy maintsy azonao tsara:

### Iza ny Fanahy?

Voalohany, mila azonao tsara hoe iza moa ny Fanahy. Betsaka ny kristiana amin'izao fotoana izao na ny Pentekôtista aza no tsy mahatakatra mazava hoe iza ny Fanahy. Tsy vitsy ireo latsaka amin'ny fahadisoana ka mahita Azy ho hery avy amin'Andriamanitra izay tsy manana ny toetra mampiavaka Azy. Ny pasitera Pentekôtista kosa dia tsy maintsy mahatakatra sy mampianatra fa ny Fanahy Masina dia Andriamanitra. Izy no olona fahatelo ao anatin'ny Telo Izay Iray Masina (Mat. 28: 19; 2 Kor. 13: 14). Tahaka ny Ray izay Andriamanitra sy ny Zanaka izay Andriamanitra, ny Fanahy Masina ihany koa dia Andriamanitra. Amin'ny maha Andriamanitra Azy, ny Fanahy dia mieritreritra (Asa. 15:28), miteny (Asa. 1:16), mitarika (Rom.8:14), ary mety malahelo (Efe. 4:30). Satria tsanganaina ny Fanahy, izay rehetra manara-dia an'i Kristy dia afaka manana fifandraisana Aminy (Jaona 14:16-18; 2 Kor. 13:14).

Fanampin'izany, ny pasitera Pentekôtista dia tsy maintsy mahatakatra sy mampianatra fa ny Fanahy Masina dia Fanahin'ny Iraka. Izy ilay mpikambana ao amin'ny Telo Izay iray, manatanteraka ny drafi-panavotan'Andriamanitra eto an-tany ao anatin'izao Taonan'ny Fanahy izao. Izy no manafy hery, manentana ary mitarika ny vahoakan'Andriamanitra ao anatin'ny fanatanterahana ny Irany (Asa. 1:8).

**Ahoana no Fomba Fiasan'ny Fanahy?**

Ambonin'ny fahafantarana hoe iza ny Fanahy Masina, tsy maintsy fantatrao koa hoe ahoana no fomba fiasany. Ny Fanahy dia miasa ao amin'ny sy amin'ny alalan'ny vahoaka misioneran'Andriamanitra sy ny fiangonana amin'ny fanatanterahana ny irak'Andriamanitra eto an-tany. Izy no nanafy hery an'i Jesosy tamin'ny fanatanterahana ny Asany (Lioka 4:17-19; Asa. 10:38). Tahaka izany koa, Izy no hanafy hery ny mpanara-dia an'i Kristy amin'ny fanatanterahan'izy ireo ny asany (Asa. 1:8; Jaona 14:12). Amin'ny maha pasitera Pentekôtista, tsy maintsy mahatakatra tsara sy mampianatra miaraka amin'ny faharesen-dahatra ireo fahamarinana ireo ianao[1].

Mba hahafahana mampita tsara ny asan'ny Fanahy Masina amin'izao androntsika izao, fahamarinana ara-baiboly telo no tsy maintsy takatrao:

*1. Ny irak'Andriamanitra*: Voalohany, tsy maintsy azonao fa ny Baiboly dia maneho an'Andriamanitra ho Andriamanitra misionera. Ny Iraka tanterahany matetika dia antsoina hoe *missio Dei*, izay teny Latina tsotra midika hoe irak'Andriamanitra. Ny irak'Andriamanitra dia ny hanavotra sy hiantso ho an'ny tenany olona fokom-pirenena rehetra sy ny samy hafa fiteny sy ny olona ary ny firenena rehetra ambonin'ny tany (Apok. 5:9). Ny fiangonana no fitaovana eo an-tanan'Andriamanitra amin'ny fanatanterahana ny Irany.

Ny irak'Andriamanitra no tao an-tsain'i Jesosy tamin'ny fotoana nanomezany ny Iraka Lehibe: "koa mandehana ianareo, dia ataovy mpianatra ny firenena

---

[1] Raha mila fanazavana fanampiny dia jereo ny toko 10 "Mihazona ny fahamarinana Pentekôtista" sy ny toko 11 "Manandratra ny fahatsapana sy ny fanao Pentekôtista."

rehetra, manao batisa azy ho amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina sady mampianatra azy hitandrina izay rehetra nandidiako anareo" (Mat. 28:19-20; jereo koa ny Marka 16:15-16; Jaona 20:21).

Amin'ny maha pasitera Pentekôtista marina, tsy maintsy manokana ny tenanao amin'ny fampianarana ny vahoakan'Andriamanitra mikasika ny Irany ianao. tsy maintsy ampianarinao azy ireo koa ny andraikiny amin'ny fanatanterahana izany iraka izany.

*2. Ny toetra misioneran'ny batisa amin'ny Fanahy Masina*. Ho fanampin'ny fahazoana tsara ny irak'Andriamanitra, amin'ny maha pasitera Pentekôtista marina, tsy maintsy azonao mazava ny andraikitra fototrin'ny batisa amin'ny Fanahy Masina ao anatin'ny fanatanterahana ny iraka. Tsy maintsy azonao tsara ihany koa fa manao batisa ny Olony ao amin'ny Fanahiny Andriamanitra no mba hahafahan'izy ireo manatanteraka ny Irany (Lioka 24:49). Tsy nanomboka ny asa fanompoany i Jesosy raha tsy efa notafiana ny herin'ny Fanahy Masina Izy (Lioka 3:21-23; 4:17-19; Asa. 10:38).

*3. Manetsika ho amin'ny iraka*. Amin'ny maha pasitera Pentekôtista, tsy maintsy azonao tsara fa ao anatin'ny fitarihana ny olona ao amin'ny batisa amin'ny Fanahy Masina ianao dia manomana azy ireo ho amin'ny iraka voatafy ny herin'ny Fanahy. Nandidy ny Mpianany i Jesosy hoe: "mitoera eto an-tanàna mandra-panafiana anareo amin'ny hery avy any amin'ny avo" (Lioka 24:49); nanomana azy ireo ho amin'ny iraka niandry azy ireo Izy (and. 47-48). Ary rehefa nanontany ireo mpianatra roa ambin'ny folo tany Efesosy i Paoly hoe: "Efa noraisinareo va ny Fanahy Masina, fony vao nino ianareo?" (Asa 19:2), ny tena nahaliana azy dia ny fahavononan'izy ireo hanampy azy amin'ny iraka fitoriana ny filazantsara tany Efesosy sy ny tanàna hafa tany Asia Minora (and.10).

Tsy maintsy tahaka izany koa amintsika ankehitriny. Tsy maintsy azontsika tsara fa ny fitarihana ny olontsika ao amin'ny batisa amin'ny Fanahy dia fanomanana azy ireo ho amin'ny fijoroana vavolombelona, fananganana fiangonana ary ny iraka voatafy ny herin'ny Fanahy.

## Fandikana ny Bokin'ny Asan'ny Apostoly

Amin'ny maha pasitera Pentekôtista, ny zavatra fahatelo tsy maintsy voarainao dia ny toetra misionera sy ny tanjon'ny bokin'ny Asan'ny Apostoly.

Iray amin'ny zavatra mampiavaka ny Pentekôtista amin'ny tsy Pentekôtista ny fomba fandikana ny bokin'ny Asan'ny Apostoly. Ny tsy Pentekôtista dia mandray ny boky ho tantaran'ny niandohan'ny fiangonana sy ny nanatanterahan'izy ireo ny iraka nankinina taminy. Amin'izy ireo, ny Asan'ny Apostoly dia mitantara ny niasan'Andriamanitra tamin'izany *fotoana sy toerana* izany, tamin'ny lasa efa ela be. Ny Pentekôtista kosa nefa mahita ny bokin'ny Asan'ny Apostoly ho modely maharitra maneho ny fanirin'Andriamanitra hiasa ao amin'ny fiangonana sy amin'ny alalan'ny fiangonana *eto sy amin'izao androntsika ankehitriny izao*.

Ny pasitera Pentekôtista dia mahatakatra fa ny Asan'nyApostoly dia mihoatra noho ny boky tantara tranainy. Boky taridalana avy amin'ny tsindrimandrin'Andriamanitra mikasika ny paikady entina manatanteraka ny iraka izy io. Ao amin'ny Asan'Apostoly, ny Fanahy Masina dia nanolotra modely, fitaovana ary paikady entin'ny fiangonana manatanteraka ny irak'Andriamanitra. Io paikady io dia voafintina ao anatin'ny hafatra farany nomen'i Jesosy ny fiangonana: "Fa hahazo hery ianareo amin'ny hilatsahan'ny Fanahy Masina aminareo, ary ho vavolombeloko any Jerosalema sy eran'i Jodia sy Samaria ary hatramin'ny faran'ny tany" (Asa 1:8).

Io andinin-tSoratra Masina io dia maneho ny modelin'ny *fijoroana vavolombelona voatafy hery* izay miverimberina ao amin'ny boky. Hita miharihary fa ny firotsahan'ny Fanahy Masina tsirairay ao amin'ny Asan'ny Apostoly dia niteraka fijoroana vavolombelona voatafy hery. Ny fahatakarana tsara izany no fanalahidin'ny fahazoanao tsara ny bokin'ny Asan'ny Apostoly sy ny fahafahanao manetsika ny fiangonanao ho amin'ny fanatanterahana ny iraka ao anatin'ny fahafenoan'ny Fanahy.

### Inona no dikan'ny hoe Pentekôtista?

Farany, amin'ny maha pasitera Pentekôtista, tsy maintsy azonao tsara ny dikan'ny hoe Pentekôtista. Ny tena Pentekôtisma dia mihoatra noho fomba fiderana miavaka amin'ny mahazatra na ny fifantohana amin'ny mihoatra ny voajanahary. Natsangan'Andriamanitra ny fiangonana Pentekôtista ho hetsika misionera voatafy ny herin'ny Fanahy Masina amin'izao andro farany izao. Noho izany, ny tena pasitera Pentekôtista dia manokana ny tenany amin'ny fanarahana ny modelin'ny asa fanompoana napetrak'i Jesosy ao amin'ny filazantsara sy

nalain'ny apostoly sy ny mpianatra ao amin'ny bokin'ny Asan'ny Apostoly tahaka. Manokan-tena ho amin'ny fitsipika fototra ara-baiboly miisa efatra izy.

*1.Hafatra mitovy*: Voalohany, ny pasitera Pentekôtista marina dia manokana ny tenany ho amin'ny fanambarana amim-pahatokiana hafatra mitovy amin'izay notorian'ireo apostoly sy evanjelista ao amin'ny bokin'ny Asan'ny Apostoly. Io hafatra io dia ny filazantsara. Ny tatitra momba ny asa fanompoan'i Filipo dia ohatra manazava izany: "nidina tany an-tanàna any Samaria ka nitory an'i Kristy tamin'ny olona tao" (Asa 8: 5; jereo koa and 12). Manerana ny bokin'ny Asan'ny Apostoly, ny fiangonana dia tsy mba niala mihitsy tamin'ny fanambarana ny hafatrin'ny fanavotana avy amin'ny fahafatesana sy ny fitsanganan'i Kristy (jereo ny 2: 22 – 24; 3:15; 4:10-12). Fanampin'izany, tsy nitsahatra niantso ny olona ho amin'ny fibebahana sy ny finoana ny filazantsara izy ireo (and. 2: 38; 16:31; 20:21; 26:20). Tsy maintsy manao tahaka izany koa isika.

*2. Iraka mitovy:* Faharoa, ny tena pasitera Pentekôtista marina dia manokana ny tenany ho amin'ny fanatanterahana iraka mitovy amin'izany nataon'ny fiangonana ao amin'ny bokin'ny Asan'Apostoly. Araka ny voalaza teo aloha, io iraka io dia voafintina ao amin'ny Asan'ny Apostoly 1:8, izay nitenenan'i Jesosy hoe: "Fa hahazo hery ianareo amin'ny hilatsahan'ny Fanahy Masina aminareo, ary ho vavolombeloko...hatramin'ny faran'ny tany". Ny bokin'ny Asan'ny Apostoly dia maneho fa ny fiangonana dia tsy nitsahatra nanisaka ny sisintaniny, niditra tany amin'ny toerana vaovao ary nitory ny filazantsara tao anatin'ny herin'ny Fanahy. Amin'ny maha pasitera Pentekôtista marina, tsy maintsy mitarika ny fiangonana amin'ny fanaovana tahaka izany ianao.

*3. Fahatsapana mitovy.* Fahatelo, ny pasitera Pentekôtista marina dia mandrisika fahatsapana mitovy amin'izay niainan'ny apostoly ao amin'ny bokin'ny Asan'ny Apostoly. Tafiditra ao anatin'ireo fahatsapana ireo ny fiovam-po izay manova ny fiainana manontolo (jereo Asa 2:41; 8:5-6; 9:1-8), ny batisa asitrika amin'ny rano (jereo ny 2:41; 8:13, 36-38; 9:17-19; 16:33), ny batisa amin'ny Fanahy Masina voaporofo amin'ny fiteny tsy fantatra (jereo ny 2:4; 10:44-46; 19:6), ny fahagagana fanasitranana (jereo ny 3:1-10; 5:12-16; 20:7-12), ny fahagagana fanafahana amin'ny fangejan'ny demonia (jereo ny 8:7; 16:16-18). Araka izany, ny pasitera Pentekôtista dia mandà ireo fahagagana na fahatsapana ara-panahy tsy tohanan'ny Soratra Masina.

*4. Fomba fiasa mitovy:* Farany, ny pasitera Pentekôtista marina dia hampiasa ireo fomba fiasa nampiasain'ny apostoly sy ny olona hafa izay voaresaka ao amin'ny bokin'ny Asan'ny Apostoly. Ireto avy no ao anatin'io fomba fiasa io: fanambarana ny filazantsara ao anatin'ny hosotrin'ny Fanahy Masina izay mamokatra faharesen-dahatra lalina, finoana ary fibebahana (Asa 2:14-41; 8:13). Ny pasitera Pentekôtista dia manantena an'Andriamanitra hanamafy ny Teny amin'ny famantarana toy ny fahagagana amin'ny teny, ny fanasitranana ary ny fanafahana (jereo ny 5:12-16; 10:44-47; 14:6-10).[2]

Ambonin'izany rehetra izany, ny pasitera Pentekôtista dia manantena ny Fanahy Masina hitarika azy ireo ao anatin'ny asa fanompoana (Asa 8:29; 10:9-20; 16:6-10). Io fitarihana io dia avy bitsika mangina (jereo ny 8:29; 10:19), ny nofy (jereo ny 2:17; 16:9), ary ny fahitana (jereo ny 9:10-16; 10:9-20). Ny fomba fitoriana ny filazantsara nampiasain'ny Apostoly ao amin'ny bokin'ny Asan'ny Apostoly dia ny fananganana fiangonana misionera voatafy ny herin'ny Fanahy Masina izay hanatratra ny faritra manodidina azy amin'ny hafatr'i Kristy[3].

## MIARA-MANDEHA AMIN'NY FANAHY

Ny pasitera Pentekôtista dia tsy tokony hahatakatra ny momba ny Fanahy Masina sy ny asany fotsiny ihany, tsy mianatra miaina eo ambanin'ny fitarihany koa izy. Izao no fanamby napetrak'i Paoly teo anoloan'ny mpino tany Galatia: "Rehefa nanomboka tamin'ny Fanahy ianareo, dia hahatanteraka amin'ny nofo va ankehitriny?" (Gal. 3: 3). Nampahatsiahiviny azy ireo ny nanombohany ny dia kristiana tao amin'ny Fanahy sy namenoana azy ireo tamin'ny Fanahy. Ankehitriny, tsy maintsy mitohy "mandeha araka ny Fanahy" izy ireo (5:25). Izany no tokony ho tanjon'ny pasitera Pebtekôtista tsirairay eto Afrika.

---

[2] Ity lohahevitra ity dia voaresaka bebe kokoa ao amin'ny toko 16 "Toriteny voahosotrin'ny Fanahy Masina" sy ny toko 21 "Fanaovana asa fanompoana ao amin'ny herin'ny Fanahy Masina".

[3] Raha te hahafantatra bebe kokoa mikasika ny fananganana fiangonana misionera voatafy ny herin'ny Fanahy, jereo ny toko 39 "Fananganana fiangonana vaovao".

Araka ny fanazavana ho hitanao eto ambany, misy fomba goavana roa hahafahana manao izany dia ny fivavahana ao amin'ny Fanahy sy ny fambolena ny vokatrin'ny Fanahy.

**Fivavahana ao amin'ny Fanahy**

Ny Baiboly dia miresaka fa misy karazana vavaka, ao anatin'izany ny fifonana, ny fangatahana, ny fiekena, ny fiderana, ny fisaorana, ary ny maro hafa. Ny fivavahana ao amin'ny Fanahy kosa nefa dia tena ilaina amin'ny fihazonana ny fiarahana mandeha amin'ny Fanahy. Niresaka momba io karazana vavaka io i Paoly ao amin'ny Efesiana 6: 18. Ao amin'ny Romana 8: 26 dia izao no nanoritsoritany ny fiasan'ny fivavahana ao amin'ny Fanahy: "fa tsy fantatsika izay vavaka tokony hataontsika; fa ny Fanahy no mifona amin'ny fitarainana tsy azo tononina". Ny vavaka ao amin'ny Fanahy izay mety ho vavaka avy amin'ny Fanahy, voahosotrin'ny Fanahy ary tarihan'ny Fanahy matetika dia amin'ny fiteny tsy fantatra (1 Kor. 14:14-15). Amin'ny maha pasitera Pentekôtista hendry anao, tokony hampiasa matetika io fitaovam-piadiana ara-panahy mahery vaika io ianao (2 Kor.10: 4-5).[4]

**Ny vokatrin'ny Fanahy**

Fomba iray hafa hahafahana manatanjaka ny fiarahanao mandeha amin'ny Fanahy ny fambolena ny vokatrin'ny Fanahy. Ireto avy no voambaran'i Paoly fa vokatrin'ny Fanahy: "fitiavana, fifaliana, fiadanana, fahari-po fahamoram-panahy, fanaovan-tsoa, fahamarinana, fahalemem-panahy, fahononam-po" (Gal. 5: 22-23).

Amin'ny maha pasitera Pentekôtista, tsy ampy ny mahafantatra ny herin'i Jesosy, ny fiainanao dia tsy maintsy maneho ny Toetrany. Ny fanomezam-pahasoavana tsy miaraka amin'ny vokatra dia toy ny "varahina maneno sy kipantsona mikarantsana" (1 Kor 13:1).

---

[4] Ao amin'ny toko 8 "Laharam-pahamehan'ny vavaka" dia misy fanazava bebe kokoa mikasika ny fiainam-bavakin'ny pasitera Pentekôtista.

Betsaka amin'ireo tsy voataona ho an'i Kristy amin'ny alalan'ny fanehoana ny hery no afaka ho resy lahatrin'ny hetsika feno fitiavana. Amin'ny alalan'ny fandehanana araka ny Fanahy no hahafahanao mampivelatra ny vokatrin'ny Fanahy (Gal.5:16) sy ny fitoerana ao amin'i Kristy (Jaona 15:4).

## MANAO ASA FANOMPOANA AO AMIN'NY FANAHY

Izao no fanambaran'i Jesosy: "Ny Fanahin'i Jehovah no ato amiko, Satria nanosotra Ahy hitory teny soa mahafaly" (Lio 4:18). Ny fanoritsoritan'i Paoly ny asa fanompoany dia maneho fa nanaraka ny ohatra navelan'ny Tompony izy "tamin'ny fanehoan'ny Fanahy sy ny hery" (1 Kor. 2: 4). Amin'ny maha pasitera Pentekôtista, tsy maintsy manokan-tena hanatanteraka ny asa fanompoanao ao anatin'ny herin'ny Fanahy Masina ianao. Tahaka an'i Paoly, tsy maintsy miezaka ho tonga mpanao asa fanompoana manana fahaiza-manao ao amin'ny Fanahy ianao (2 Kor. 3:6).

Ao anatin'izany, tokony ho tonga saina tsara ny amin'ny asan'ny Fanahy (ny tsy fiasan'ny Fanahy) ao amin'ny fiainanao sy ny asa fanompoanao, ary amin'ny olona tarihanao ianao. Tsy maintsy lavinao amim-pahamatorana ny endri-pivavahana foana izay tsy ahitana ny hery sy ny fanatrehan'ny Fanahy (2 Tim.3:5), ary tsy maintsy mikatsaka ny tena foto-pampianarana, ny fahatsapana ary ny fomba fanao Pentekôtista marina ianao (jereo ny Joda 1:3).[5] Azonao tanterahana amin'ny fomba telo izany dia ny fikatsahana ny hosotrin'ny Fanahy, ny fitadiavana ny fitarihan'ny Fanahy ary ny fampiasana ny fanomezam-pahasoavan'ny Fanahy.

### Fikatsahana ny hosotrin'ny Fanahy

Amin'ny maha pasitera Pentekôtista marina, tsy maintsy mikatsaka amin-kafanam-po ny hosotrin'ny Fanahy Masina ianao. Tsy maintsy katsahinao koa ny hitory, ny hampianatra ary ny hanao asa fanompoana eo ambanin'ny fanatrehan'Andriamanitra. Noho izany, tsy maintsy mivavaka sy manolotra ny

[5] Afaka mamaky bebe kokoa mikasika ny asa fanompoana voatafy ny herin'ny Fanahy ianao ao amin'ny toko 21 "Fanaovana asa fanompoana ao amin'ny herin'ny Fanahy Masina".

tenanao ho an'ny Fanahy ianao, ary manantena Azy hitoetra ao amin'ny fiainanao sy hampitao anao amin'ny hery sy ny fahefana ho entinao manatanteraka ny asa fanompoana. Ny hosotrin'ny Fanahy no handresy lahatra na dia ny fo faran'izay mafy aza ka hahatonga azy ireo hitodika amin'Andriamanitra ary hanaiky fa "Jesosy no Tompo!".

**Fitadiavana ny fitarihan'ny Fanahy**

Ambonin'izany, tsy maintsy matoky ianao fa ny Fanahin'ny Tompo dia hitarika anao ao anatin'ny asa fanompoana. Niainan'i Jesosy sy ny apostoly izany. Ny pasitera Pentekôtista hendry dia mahatakatra fa ny Fanahy Masina no talen'ny irak'Andriamanitra. Izy ihany no mahatakatra ny zavatra ilaina sy ny laharam-pahamehana ao anatin'ny iraka.

Ny Fanahy no nitarika an'i Filipo hanatona ilay tandapa Etiopiana (Asa 8:26-38), nitarika an'i Petera tany amin'ny ankohonan'i Kornelio (19:9-25), ary nitarika an'i Paoly sy ireo misionera namany tany Eoropa Andrefana (16:16-40). Hanao izany ho anao koa Izy androany. Raha mitoetra misokatra amin'ny Feony isika dia hitarika antsika Fanahin'ny Tompo rehefa miasa ho an'i Kristy isika.

**Fampiasana fanomezam-pahasoavana**

Nampahery ny mpino tany Korinto i Paoly hoe: "maniria fatratra ny zava-panahy koa" (1 Kor. 14:1). Amin'ny maha pasitera Pentekôtista mahatoky, tsy maintsy mitandrina ny toromarikin'ny apostoly amin'ny alalan'ny fanomezana sehatra ahafahan'ny fanomezam-pahasoavana eo amin'ny fiainanao sy ny fiainan'ny fiangonana mitombo ianao. Amin'ny alalan'ireo fanomezam-pahasoavana ireo no hiasan'ny hosotra noraisinao tamin'ny Batisa amin'ny Fanahy Masina ao anatin'ny asa fanompoanao. Ao amin'ny 1 Korintiana 12 – 14, ny apostoly Paoly dia niresaka mikasika ny asan'ny fanomezam-pahasoavana. Nanao tahaka izany koa i Lioka ao amin'ny bokin'ny Asan'ny Apostoly. Paoly dia niresaka momba ny fampiasana ny fanomezam-pahasoavana ao anatin'ny fotoam-bavaka iarahan'ny fiangonana (1 Kor. 14:23-26), fa i Lioka kosa naneho

ny fiasan'ny fanomezam-pahasoavana ao anatin'ny fitoriana ny filazantsara sy ny fananganana fiangonana.[6]

---

Tao amin'ny hafatra farany napetrany ho an'i Timoty, Paoly dia nampahery ny zanany ao amin'ny finoana mba "mba hamelomanao ny fanomezam-pahasoavana avy amin'Andriamanitra, izay ao anatinao tamin'ny fametrahako ny tanako" (2 Tim. 1:6). Nandrisika an'i Timoty ho lehilahin'ny Fanahy i Paoly. Ny pasitera Pentekôtista eto Afrika dia tsy maintsy manao izay azony atao amin'ny fanarahana ny toromarika nomen'i Paoly an'i Timoty.

Tsy maintsy mitandrina "Ilay zavatra tsara" dia ny fanomezan'ny Fanahy Masina izy ireo (2 Tim 1: 14). Mba hahatanteraka izany, tsy maintsy mitoetra mandrakariva ao amin'ny fahafenoan'ny Fanahy Masina sy manokana ny tenany ho amin'ny irak'Andriamanitra izy ireo. Tsy maintsy miezaka ihany koa manao ny asa fanompoany ao anatin'ny hery sy ny hosotrin'ny Fanahy Masina ihany koa.

---

[6] Ny momba ny fanomezam-pahasoavana dia resahana bebe kokoa ao amin'ny Toko 21 "Fanaovana asa fanompoana ao amin'ny herin'ny Fanahy Masina". Vita lisitra sy voazava ao amin'ny Fanampiny 2: "Fisehoan'ny fanomezam-pahasoavana araka ny 1 Korintiana 12: 8 – 10.

*Fizarana 1 : Toetra mampiavaka ny pasitera Pentekôtista*

# ~ Toko 3 ~

# Olon'ny toetra tsara

VOASAMBOTRA NY MPAMINANY ANANKIRAY SATRIA NAHABEVOHOKA ZAZAVAVIKELY MAROMARO." Io lohateny manelingelina io no niharihary tamin'ny gazety iray tao Afrika Atsimo. Voalazan'ny lahatsoratra fa zazavavikely maromaro, manodidina ny efatra ambin'ny folo taona no fantatra fa bevohokan'ny "mpaminany kristiana" fantadaza anankiray. Niaraka nankany amin'ny manam-pahefana ireo zazavavikely ireo nitoroka ny fitondrantena tsy ara-dalàna nataon'ity mpitoriteny ity. Niely izany vaovao nanafintohina izany ka nampalahelo ny vokany: henatra ho an'ny fiangonana, fahapetimpetenan'ny asan'Andriamanitra ary fahafaham-barakan'ny anaran'i Kristy.

Kanefa, tsy ny fahotana miharihary tahaka izany no tena misakana ny fandrosoan'ny fiangonana fa ireo fahotana kely miafina tsy misy mahita. Nanota tao amin'ny mangingina i Akana, kanefa nisy fiantraikany tamin'ny fiangonana manontolo ny fahotana nataony (Jos. 7:1-12). Tahaka izany koa, ny tsy fankatoavana iainan'ny pasitera any amin'ny miafina dia mety hisy fiantraikany amin'ny fiangonana manontolo. Noho ny tsy fahampian'ny toetra, betsaka ireo mpanompon'Andriamanitra voahosotra no mitondra henatra ho an'ny

Asan'Andriamanitra sy nanao ny tenany ho tsy mendrika hanao asa fanompoana intsony.

Ny toetra tsara no fototra iorenan'ny tena mpanao asa fanompoana Pentekôtista marina. Raha tsy eo io fototra io, dia hihozongozona sy ho rava ny zavatra rehetra. Ny asa fanompoana maharitra dia tsy afaka miorina amin'ny talenta, amin'ny bika aman'endrika, amin'ny saranga, amin'ny fianarana vita na amin'ny fientanam-po. Tsy maintsy miorina eo amin'ny fototra matanjakan'ny toetra ny asa fanompoana. Ambonin'izany rehetra izany, ny vahoakan'Andriamanitra dia tsy maintsy afaka matoky ny pasiterany.

## NY MAHA ZAVA-DEHIBE NY TOETRA

Ny pasitera Pentekôtista dia tsy maintsy lehilahy sy vehivavin'ny toetra avo lenta. Hoy i Paoly raha nanoratra ho an'i Timoty, izany nitandrina ny fiangonana tao Efesosy:

> "Koa ny mpitandrina dia tsy maintsy ho tsy manan-tsiny, manam-bady tokana, mahonon-tena, hendry, tia filaminana, mampiantrano vahiny, mahay mampianatra, tsy mpimamo lian'ady, tsy mpikapoka, fa mandefitra, tsy mpila ady, tsy mpitia vola" (1 Tim. 3:2-3).

Paoly koa dia nampahery an'i Titosy mikasika ny toetran'ny pasitera:

> "Fa ny mpitandrina dia tsy maintsy ho tsy manan-tsiny, fa mpitandrina ny an'Andriamanitra, tsy mitompo teny fantatra, tsy mora tezitra, tsy mpimamo lian'ady, tsy mpikapoka, tsy tia harena maloto, fa mampiantrano vahiny, tia ny tsara, mahonon-tena, marina, masina, mahonom-po" (Tit.1:7-8).

Mariho tsara fa ao amin'ireo lisitra roa ireo, ny zavatra asongadin'i Paoly voalohany dia ny toetra fa tsy ny fahaiza-manao. Na dia zava-dehibe aza ny hananan'ny pasitera Pentekôtista fahaiza-manao, ny toetra dia tena manan-danja sy ambony lavitra.

## NY DIKAN'NY TOETRA

Inona no dikan'ny teny hoe toetra? Ny toetra dia maneho ny tondroavaratran'ny olona eo amin'ny lafiny fitondrantena. Ny toetra dia ilay olona ao anaty ao. Ho an'ny kristiana, ny toetra dia ny fitoviana amin'i Kristy. Ny toetra no mamaritra ny ho fihetsikin'ny olona rehefa tojo fahaterena. Ny toetra dia ilay maha izy antsika rehefa tsy misy olona mahita. Ny teny iray hafa mitovy hevitra amin'ny toetra dia ny fahitsiana. Ny fahitsiana dia miresaka momba ny fahafenoana ara-pitondrantena.

Amin'ny maha pasitera Pentekôtista, ny tokony hanahirana antsika bebe kokoa dia ny toetrantsika fa tsy ny lazantsika. Ny lazantsika mantsy dia izay heverin'ny hafa momba antsika, ny toetrantsika kosa dia izay tena maha izy antsika marina. Tsarovy ny fampitandreman'Andriamanitra an'i Samoela rehefa nalaim-panahy hanosotra ny zokin'i Davida lahimatoa ho mpanjakan'Isiraely izy. Hoy ny mpaminany: "ny olona mijery ny miseho eo ivelany, fa Jehovah kosa mijery ny fo" (1 Sam.16:7). Davida no nohosoran'i Samoela ho mpanjaka satria izy no lehilahy nikatsaka izay hahafaly an'Andriamanitra (1 Sam.13:14; Asa 13:22). Ny toetra araka an'Andriamanitra dia miseho amin'ny sehatra telo samihafa eo amin'ny fiainana sy ny hetsika ataon'ny pasitera Pentekôtista dia ireto manaraka ireto:

### Fahamarinana

Ny tena pasitera Pentekôtista dia misafidy ny hanaraka ny dian-tongotr'i Jesosy "Izay tsy nanota akory, sady tsy nisy fitaka teo am-bavany" (1 Pet. 2:22). Marina ny pasitera Pentekôtista ao anatin'ny fifandraisany amin'ny hafa. Raha atao amin'ny teny hafa, ny pasitera Pentekôtista mahatoky dia tsy mandainga – eny, na dia lainga aza no toa vahaolana tsara kokoa amin'ny toe-javatra sarotra atrehany. Nampahery ny kristiana tany Efesosy i Paoly hoe: "Koa esory ny lainga, ka samia milaza ny marina" (Efe.4:25).

Amin'ny maha pasitera Pentekôtista, tsy maintsy miezaka ny hanana laza tsara eo amin'ny fiaraha-monina ianao isakin'ny miteny, fantatrin'ny olona amin'izay fa mahare ny fahamarinana izy ireo. Raha tsy afaka mino anao izy ireo rehefa miteny eny an-tsena ianao, ahoana no hinoany anao rehefa miteny eny

amin'ny polipitra? Olona milaza ny "ny marina amin'ny fitiavana" no tokony hahafantarana anao (Efe.4:15).

**Fahitsiana amin'ny lafiny ara-bola**

Amin'ny maha pasitera Pentekôtista mahatoky, tsy maintsy marina ianao ao anatin'ny serasera, ary tsy maintsy mahitsy tanteraka ihany koa amin'ny fitantanana vola. Tafiditra ao anatin'izany ny volan'Andriamanitra, ny volan'ny fiangonana ary ny vola any ivelan'ny fiangonana. Manao izany ianao satria fantatrao fa mijery Andriamanitra. Ary, ambonin'ny zavatra rehetra, te hanao izay mahafaly Azy ianao. Noho izany; lavinao ny handroba an'Andriamanitra amin'ny fahafolon-karena sy ny fanatitrao (Mal. 3:8).

Ny pasitera sasany dia mangataka ny mpikambana ao amin'ny fiangonany handoa ny fahafolon-karena amin'ny fiangonana, kanefa izy tenany tsy mety manao izany. Ny pasitera manao izany dia tsy mandroba an'Andriamanitra fotsiny fa maneho ny fananany toetra mpamitaka. Raha tahaka izany ianao dia mibebaha ary ataovy izay fantatrao fa marina (jereo Asa 26:20).

Manaraka izany, tsy maintsy mahatoky amin'ny fitantanana ny volan'ny fiangonana ianao. Ny maha pasitera anao dia tsy manome anao zo hampiasa ny volan'ny fiangonana amin'izay mahafaly anao. Tsy maintsy kajianao amin-kafanam-po ny fanatitra ataon'ny fiangonana. Tsy maintsy azonao antoka ihany koa fa ny vola rehetra dia ampiasaina amin'ny antony nanomezana azy. Ohatra, ny vola natolotra ho an'ny asa misiona dia tsy azonao ividianana fiara, na ny vola nomena ho an'ny fitoriana filazantsara dia tsy azonao hanamboarana ny simba amin'ny trano fiangonana. Ity dia ratsy lavitra noho ireo, tsy azonao atao ny maka ny vola nomena hanampiana ny mahantra, tahaka an'i Jodasy izay naka izay tao anatin'ny kitapo, ka mampiasa izany ho amin'ny tombotsoanao manokana (jereo Jaona 12:6).

Fanampin'izany, amin'ny maha pasitera Pentekôtista mahatoky; tsy maintsy mahitsy ianao amin'ny fifandraisana ara-bola amin'ireo izay any ivelan'ny fiangonana. olon'ny fahitsiana avo lenta no tokony hahafantarana anao. Tsy tokony hangalatra, hisoloky na tsy hamerina ny vola nindraminao ianao. Ny fanaovanao ny iray amin'ireo dia hanimba ny fiangonana sy hahatonga ny olona hiodina amin'ny hafatrin'i Kristy.

**Fahadiovam-pitondrantena**

Amin'ny maha pasitera Pentekôtista, tsy tokony ho marina amin'ny resaka atao sy ho mahitsy amin'ny lafiny ara-bola ihany ianao fa tsy maintsy mitondra tena amin'ny fahamendrehana eo anatrehan'ny olona tsy mitovy fananahana aminao amin'ny fotoana rehetra ihany koa. Tsy maintsy mahatoky amin'ny voady nataonao tamin'ny mariazy ianao ary mankato ny teny hoe "Fadio ny fanao ratsy rehetra" (1 Tes. 5:22). Mba hahatanteraka izany; tsy maintsy ataonao azo antoka fa tsy mitokana samirery miaraka amin'ny vehivavy ankoatran'ny vadinao ianao. Tsy maintsy miaro ny tenanao amin'ny fifamatorana ara-pihetseham-po amin'ny vehivavy hafa ankoatran'ny vadinao ianao ka hisoroka ny resaka na hetsika tsy voahevitra. Ireo rehetra voalaza teo aloha ireo dia mihatra ihany koa amin'ny fifandraisan'ny vehivavy pasitera amin'ny lehilahy.

Amin'ny maha mpanompon'i Kristy; tsy maintsy raisinao amim-pahamatorana ny fananaran'i Paoly: "Fa ny fijangajangana sy ny fahalotoana rehetra, na ny fieremana, dia aza avela hotononina eo aminareo akory aza, fa tsy mahamendrika ny olona masina izany" (Ef. 5:3).

## IREO TOETRA HAFA ILAINA

Amin'ny maha solontenan'Andriamanitra, tokony hikatsaka ny hitombo amin'ireo toetra araka an'Andriamanitra. Toetra dimy no mendrika hovelabelarana eto amin'ity fizarana ity dia ireto: be herim-po, azo ianteherana, manetry tena, mangoraka ary malala-tanana.

**Be herim-po**

Ny herim-po dia fahatanjahan-tsaina hanao izay marina na dia eo anatrehan'ny loza mitatao, ny zava-tsarotra na ny loza aza. Ny herim-po koa dia fasahiana hanao dingana sarotra, hijoro ho an'izay tsara ary hatoky an'Andriamanitra na dia toa tsy misy lalana hahafahana mandroso aza. Izao no nosoratan'i Nelson Mandela momba ny tenany: "Nianarako fa ny herim-po dia tsy ny tsy fananana tahotra akory fa ny fandresena izany. Ny lehilahy mahery fo dia tsy izay tsy mahatsapa tahotra akory fa izay maharesy ny tahotra".

Ny herim-po dia mifanohitra amin'ny hakanosana. Ny hakanosana dia zanakin'ny tsy fiheverana afa-tsy ny tena ihany, ny herim-po kosa dia avy amin'ny

fiheverana ny hafa. Ny hakanosana dia manimba ny fahafahan'ny olona iray manao na milaza ny marina; ny herim-po kosa manome fahasahiana azy hijanona ao amin'ny fahamarinana na dia eo anatrehan'ny loza mitatao aza. Nanana herim-po i Mosesy tamin'ny fotoana nitsanganany teo anatrehan'i Farao nangataka ny hanafahana ny vahoakan'Andriamanitra (Eks. 5:7). Be herim-po i Jesosy tamin'ny nanekeny tamim-panetren-tena ny henatra sy ny fahorian'ny hazo fijaliana (Heb. 12:2). Naneho herim-po i Stefana tamin'ny fotoana nilazany tamin'ny mpitarika Jiosy fa izy ireo no namono ny Mesiany (Asa 7:51-52).

Raha manaiky hitoeran'ny Fanahy Masina isika dia Izy no hanome antsika ny herim-po ilaintsika amin'ny fijoroana ho an'i Kristy sy amin'ny fanambarana ny Anarany amin'ny olona rehetra. Rehefa norahonana i Petera sy Jaona dia izao no vavaka nataony: "Koa ankehitriny, Tompo ô, jereo ny fandrahonany; ary omeo anay mpanomponao ny mba hitory ny teninao amin'ny fahasahiana rehetra…nitory ny tenin'Andriamanitra tamin'ny fahasahiana" izy ireo (Asa 4:29-31). Amin'ny maha pasitera Pentekôtista, tsy maintsy mikatsaka ny fahafenoan'ny Fanahy ianao, mitoetra ao anatin'izany ary matoky fa Andriamanitra no hanome anao ny herim-po ilaina amin'ny fanatanterahana amim-pahatokiana ny antsonao.

**Azo ianteherana**

Amin'ny maha mpitantana ny raharan'ny fiangonan'i Kristy, tsy maintsy azo ianteherana ianao. Tsy maintsy azon'ny Tompo ametrahana ny fitokisany tanteraka ianao (Tit. 1: 7; 1 Pet. 4:10). Hoy i Paoly: "Ary raha izany, dia fantatrareo fa ny mpitandrina dia tokony ho olona mahatoky" (1 Kor. 4: 2). Noho izany, ny fiainanao dia tsy maintsy maneho ireo toetran'ny olona azo ianteherana: mari-potoana, mazoto ary maharitra. Ny fitondrantena tahaka izany dia vokatrin'ny fandehanana ao amin'ny fahafenoan'ny Fanahy (Gal. 5: 22).

Nampahery ny loholona Efesiana i Paoly hoe: "Tandremo ny tenanareo sy ny ondry rehetra izay nanaovan'ny Fanahy Masina anareo ho mpitandrina, hiandrasanareo ny fiangonan'Andriamanitra, izay novidiny tamin'ny ràny" (Asa 20:28). Amin'ny maha pasitera, nankinin'ny Tompo aminao ny fanahin'ireo lehilahy sy vehivavy eo ambany fiahianao. Ary ho avy ny andro hanaovao tatitra amin'Andriamanitra mikasika ny fahatokianao tamin'izany asa izany (Heb. 13:17). Nampitandrina mafy ny amin'izany i Jakoba: "Ry rahalahiko, aza dia samy

ho mpampianatra be ihany ianareo, satria fantatrareo fa ho mafimafy kokoa no hitsarana anay mpampianatra" (Jak. 3: 1).

## Manetry tena

Amin'ny maha mpanahaka an'i Kristy, ny pasitera Pentekôtista dia tsy maintsy manetry tena (Efe. 5:1). Hoy i Jesosy tamin'ny Mpianany: "Fa tsy mba ho toy izany aminareo; fa izay te-ho lehibe aminareo dia ho mpanompo anareo; ary izay te-ho ambony indrindra aminareo dia ho mpanomponareo. Fa tahaka izany, ny Zanak'olona tsy tonga mba hotompoina, fa mba hanompo ka hanolotra ny ainy ho avotra hisolo ny maro" (Mat. 20:26-28).

Tena manelingelina ny mahita pasitera Pentekôtista feno fireharehana sy fanandratan-tena, mangataka ny hafa hanompo azy kanefa izy no tokony hanompo azy ireo. Ny toetra tahaka izany dia tena mifanohitra tanteraka amin'izay nasehon'ny Tompontsika. Izao no nosoratan'i Paoly ho an'ny kristiana tany Filipy: "Aoka ho ao aminareo izao saina izao, izay tao amin'i Kristy Jesosy koa, Izay, na dia nanana ny endrik'Andriamanitra aza, dia tsy nataony ho zavatra hofikiriny mafy ny fitoviana amin'Andriamanitra, fa nofoanany ny tenany tamin'ny nakany ny endriky ny mpanompo sy nahatongavany ho manam-pitoviana amin'ny olona; ary rehefa hita fa nanan-tarehy ho olona Izy, dia nanetry tena ka nanaiky hatramin'ny fahafatesana, dia ilay fahafatesana tamin'ny hazo fijaliana:!" (Fil. 2: 5-8). Ny mpitarika feno avonavona dia mangataka hotompoina, ny pasitera manana toe-panahy araka an'Andriamanitra kosa manompo ny hafa amin'ny fanetren-tena.

## Mangoraka

Ny tena pasitera Pentekôtista marina dia tsy maintsy olon'ny fangorahana. Ny fangorahana dia fitiavana aseho amin'ny asa. Miseho amin'ny alalan'ny fiahiana ireo manana zavatra ilaina izany. Io no fanehoana etỳ ivelany ny fo feno fitiavana an'Andriamanitra. Izao no voambaran'ny Baiboly mikasika an'i Jesosy: "Ary nony nahita ny vahoaka Jesosy, dia nahonena Azy ny fijeriny ireo, satria nampahantraina ireo ka nafoy toy ny ondry tsy misy mpiandry" (Mat. 9:36).

Ny fangorahan'i Jesosy no nanetsika azy hiahy ny zavatra nilain'ny hafa ara-panahy sy ara-batana. Amin'ny maha mpiandry ny ondrin'Andriamanitra, tsy

maintsy maneho fitiavana ny Olony sy ireo izay tsy mahalala an'i Kristy isika. Ny fangorahana no mahatonga antsika mihevitra ireo olona manana zavatra ilaina manokana sy manetsika antsika hanambara ny filazantsara amin'ny rehetra.

Amin'ny maha lehilahy sy vehivavin'Andriamanitra, ny fiarahantsika mandeha tsy tapaka amin'ny Fanahy Masina dia tokony hanetsika antsika hitia sy hihevitra ny hafa. Araka ny fanazavan'i Paoly: "ny Fanahy Masina, Izay nomena antsika, no nentiny nampidina ny fitiavan'Andriamanitra ho ao am-pontsika" (Rom. 5:5). Ny olona rehetra milaza fa feno ny Fanahin'i Kristy dia tokony haneho ny fangorahan'i Kristy amin'ny hafa.

**Malala-tanana**

Ny toetra manan-danja farany tokony hananan'ny pasitera Pentekôtista marina dia ny fahalalahan-tanana. Vokatrin'ny fahafenoan'ny Fanahy Masina tamin'ny Pentekosta, ireo mpino voalohany dia feno ny fanahin'ny fahalalahan-tanana. Hoy ny Baiboly: "Ary izay rehetra nino dia niray toerana, sady niombonany avokoa ny fananany rehetra, ary namidiny ny taniny sy ny fananany ka nozarainy tamin'izy rehetra araka izay nilainy avy" (Asa 2:44-45). Tahaka izany koa, amin'ny maha pasitera feno ny Fanahy Masina anao, tsy maintsy mailaka amin'ny fizarana izay anananao amin'ny hafa ianao. Tsy maintsy manokatra ny tananao amin'Andriamanitra, ny fiangonana ary ireo olona hafa manana zavatra ilaina ianao. rehefa naniraka ny mpianatra roa ambin'ny folo i Jesosy dia nampahery azy ireo hoe: "Sitrano ny marary, atsangano ny maty, diovy ny boka, avoahy ny demonia; efa nahazo maimaimpoana ianareo, koa manomeza maimaimpoana" (Mat. 10: 8). Ny fahalalahan-tanana tahaka izany dia mora mifindra. Rehefa mahita ny fahalalahan-tanan'ny pasiterany ny olona dia voaentana hanokatra ny fony sy ny poketrany ary hiaina ny fahalalahan-tanana. Ny kolontsainan'ny fahalalahan-tanana dia hisy fiantraikany goavana amin'ny fiangonana, ny fiaraha-monina manodidina ary indrindra ny firenena samihafa eto an-tany.

## FOMBA FANANGANANA TOETRA

Mipetraka ny fanontaniana: Ahoana no hahafahan'ny pasitera mampivelatra ireo toetra voaresaka teo aloha? Amin'ny alalan'ny fanarahana ny ohatra nasehon'i Jesosy no hanaovantsika izany. Izy no fakantahaka ho an'ny fiainana sy

ny asa fanompoana. Hoy i Jaona: “Izay milaza fa mitoetra ao aminy izy, dia tsy maintsy mandeha toy izay nandehanany koa” (1 Jaona 2:6).

Araka ny tenin’i Paoly, tsy maintsy “mitafy an’i Kristy isika” (jereo ny Kol. 3:12-17; Rom. 13:14). Rehefa nandidy ny Mpianany i Jesosy hoe: “Andeha hanaraka Ahy” (Mat. 4:19). Ny nasainy nataon’izy ireo dia nandinika Azy sy nanaraka ny fomba fiainany. Rehefa manao izany isika hihamitovy endrika Aminy (Rom. 8:29; 2 Kor. 3:18). Nihanitovy tsikelikely tamin’ny Fiainany ny fiainan’izy ireo. Noho ny herin’ny Fanahy, nanomboka niaina tahaka ny Niainy, nisaina tahaka ny Fisainany ary ny nitia tahaka ny nitiavany izy ireo (2 Pet. 1:3-4). Raha te ho pasitera Pentekôtista marina ianao, manapaha-kevitra hanahaka an’i

**Jesosy**

Rehefa nanomboka nanaraka an’i Jesosy ny roa ambin’ny folo dia niova ka nihoatran’ny teo aloha ny fiainany. Tamin’ny voalohany izy ireo dia olona mpanarato. Kanefa, rehefa nanaraka an’i Jesosy izy ireo dia tonga mpanarato olona, tahaka ny Tompon’izy ireo. Raha atao amin’ny teny hafa dia izao: nandray ny toetran’i Jesosy izy ireo. Fanofanana ara-panahy no iantsoan’ny mpandinika ny Baiboly io dingana io matetika.

Tsy tokony hihevitra nefa isika hoe afaka manahaka an’i Kristy amin’ny herintsika na ny ezaka ataontsika fotsiny. Tsy maintsy mikatsaka ny fanampian’Andriamanitra amin’ny alalan’ny fampiharana ireto fitsipi-pifehezana ara-panahy ireto isika raha te hahazo ny Fanampiany.

**Mitoetra ao amin’i Kristy**

Voalohany, afaka mahazo ny fanampian’i Kristy amin’ny fampivelarana toetra araka an’Andriamanitra isika raha mitoetra ao Aminy. Izay rehetra mitoetra ao amin’i Kristy ihany no ho tonga tahaka Azy. Hoy i Jesosy: “Tahaka ny sampany tsy mahay mamoa ho azy, raha tsy miray amin'ny voaloboka izy, dia toy izany koa ianareo, raha tsy miray amiko” (Jaona 15: 4). Ny mitoetra ao amin’i Kristy dia midika fanovozana fiainana avy Aminy amin’ny alalan’ny fitohizana ao amin’ny Teniny sy ny Fanatrehany. Azontsika atao amin’ny alalan’ny fanokanan-tena amin’ny vavaka, fianarana tsy tapaka ny Baiboly ary fatokiana tanteraka ny fiahian’Andriamanitra ny zavatra rehetra ilaintsika izany.

### Manakaiky kokoa an'Andriamanitra

Afaka mitombo amin'ny fitoviana amin'i Kristy isika raha manakaiky Azy. Izao no antoka nomen'i Jakoba antsika: "Manatòna an'Andriamanitra, dia hanatona anareo Izy" (Jak 4: 8). Tahaka ny tamin'ny fitoerana amin'i Kristy, afaka manakaiky an'Andriamanitra amin'ny alalan'ny vavaka, ny fiderana ary ny fanompoana amim-pahatokiana isika. Rehefa manakaiky an'Andriamanitra isika dia hihamitovy Aminy. Hoy i Paoly: "Fa isika rehetra kosa amin'ny tava tsy misarona dia mijery ny voninahitry ny Tompo toy ny amin'ny fitaratra, ka ovana hahazo izany endrika izany indrindra avy amin'ny voninahitra ka ho amin'ny voninahitra, toy ny avy amin'ny Tompo, dia ny Fanahy" (2 Kor. 3:18).

### Mandeha ao amin'ny Fanahy

Farany, mitombo amin'ny fanahafana an'i Kristy isika rehefa mandeha amin'ny Fanahy. Ny mandeha amin'ny Fanahy dia miaina ao anatin'ny fankatoavana ny Fanahy Masina (Rom. 15:16). Midika izany fa ny Fanahin'Andriamanitra no manome antsika ny hery ilaina amin'ny fiainana manahaka ny an'i Kristy. Nampahery ny kristiana Galatiana i Paoly

Nanoratra i Solomona hoe: "Eny, lanio ny fanananao rehetra hamidy fahalalana tsara. Asandrato izy, dia hanandratra anao kosa Eny, hanome voninahitra anao izy, raha tananao" (Ohab. 4: 7 – 8). Natao ho an'ny pasitera Pentekôtista ihany koa izany. Lanio izay rehetra anananao hahazoana toetra tsara. Tiavo ny toetra tsara dia hanandratra anao. Tano mafy izany dia hitondra voninahitra ho anao. Ambonin'izany rehetra izany, ny pasitera Pentekôtista dia tsy maintsy lehilahy na vehivavin'ny toetra tsara.

## ~ Toko 4 ~

# Olona voaomana tsara

Toy ny any amin'ny fikambanana samihafa, ny fiangonana dia tokony hotarihan'ny olona efa voaomana tsara ho amin'ny asa. Hoy ny evanjelista iraisam-pirenana indray andro: "Raha fantatro mialoha fa tsy manana afa-tsy telo taona aho hitoriana ny filazantsara, dia nolaniako tamin'ny fiomanana ny roa taona voalohany". Izao no fanamarihana nataon'ny pasitera feno fahendrena sy fahombiazana anankiray: "mitranga ny fahombiazana rehetra mihaona amin'ny fiomanana ny fotoana fanararaotra". Ireo lehilahy roa ireo dia samy manasongadina ny maha zava-dehibe ny fiomanana ao anatin'ny asa fanompoana ho an'ny filazantsara.

Hoy i Paoly raha nanoratra ho an'i Timoty izay notendreny ho pasiteran'ny fiangonana tany Efesosy: "Raha misy olona maniry ny asan'ny mpitandrina [pasitera], dia maniry asa tsara izy" (1 Tim. 3:1). Taorian'io i Paoly dia nitanisa ireo fepetra samihafa takiana amin'ny olona te hanompo eo amin'ny andraikitrin'ny pasitera. Iray amin'ireo fepetra ireo ny hoe: "tsy izay zazavao amin'ny fivavahana" (and. 6);

Ny teny grika nadika hoe "zazavao amin'ny fivavahana" eo amin'io andalana io dia *neophytos,* izay midika ara-bakiteny hoe "nambolena vao haingana" na "olona vao nanomboka". Io teny io dia ,ifanohitra amin'ny teny ampiasain'i Paoly

matetika ho an'ny pasitera: "loholona" na *presbyteros* amin'ny teny grika, izay manondro ny fahatsapana sy ny fahamatorana, ary tsy afa-misaraka amin'izany ny fiomanana (1 Tim. 5:17-19; Tit. 1:5). Araka izany, nilaza i Paoly fa ny pasitera dia tsy tokony ho olona vaovao amin'ny fiarahana mandeha amin'i Kristy. Mifanohitra amin'izany, ny pasitera dia tsy maintsy olona matotra ao amin'ny finoana sy voaomana tsara ho amin'ny asa fanompoana.

Hoy ny pasitera Pentekôtista tanora anankiray tamin'ny talen'ny Sekoly Biblika: "Tsy mila fanofanana aho, ny hany ilaiko dia ny fanafiana ny herin'ny Fanahy tahaka ny an'ireo mpianatra tamin'ny andro Pentekosta". Fahadalana nefa izany. Tsy azon'ity mpitoriteny tanora ity fa talohan'ny Andro Pentekosta ny mpianatra roa ambin'ny folo dia nandany telo taona nianarana avy amin'i Jesosy. Na dia marina aza ny filazan'ilay mpitoriteny tanora fa tena ilaina tokoa ny fanafiana ny herin'ny Fanahy Masina, diso kosa ny fahitany ny lanjan'ny fiomanana ara-panahy, ara-tsaina ary amin'ny fampiharana ao anatin'ny asa fanompoana.

> Nifidy ny mpianatra roa ambin'ny folo i Jesosy mba "ho ao aminy sy hirahiny hitoriteny" (Marka 3: 14). Talohan'ny nanirahany azy ireo nitory ny filazantsara nanerana izao tontolo izao; nandany ora maro dia maro Izy nanomana azy ireo ho amin'ny asa.

Ity toko ity dia miresaka mikasika ny maha zava-dehibe ny fiomanan'ny pasitera Pentekôtista. Horesahana ato ny sasany amin'ireo sehatra ilàna fiomanana. Hojerena koa ny mikasika ny fomba hahafahan'ny pasitera Pentekôtista mahazo sy mihazona ny fiomanana ilaina.

## SEHATRA IOMANANA

Ny fiomanana dia mahatonga ny olona maniry hanao asa fanompoana hanana ireo fahaiza-manao sy toetra takiana amin'ny fanatanterahana amim-pahombiazana ny antsony. Ny fiomanana dia azo sokajiana ho toerana fanangonan'ny pasitera ny fitaovam-piasany na ny zavatra manan-danja aminy. Ny fahatsaran'ny fiomanana dia tsy hampitao anao hanatanteraka ny asa amim-pahombiazana fotsiny fa hiaro anao amin'ny tsy fahombiazana mandritra ny fotoanan'ny rarintsaina na ny loza mitatao. Amin'ny maha pasitera Pentekôtista, tsy maintsy voaomana tsara amin'ny fomba dimy ianao fara fahakeliny:

## Voaomana ara-panahy

Alohan'ny zavatra rehetra, ny pasitera Pentekôtista dia tsy vonona ara-panahy ho amin'ny asa fanompoana. Ahoana no hahafahanao mampita amim-pahombiazana ny fahasoavan'Andriamanitra amin'ny olona hafa raha tsy mbola niaina ny Fahasoavany mihitsy ianao teo amin'ny fiainanao? Noho izany, raha te ho pasitera Pentekôtista ianao dia tsy maintsy nateraka indray marina (Jaona 3:3-7) sy feno ny Fanahy Masina (Asa 1:8; Efe. 5:18). Fanampin'izany, tsy maintsy miaina amim-pahatokiana fiainana manome voninahitra an'i Kristy (1 Jaona 2:6) ary tsy maintsy manokan-tena tanteraka ho an'i Kristy sy ny Irany ihany koa (Mat. 16:24).

Nampahatsiaro an'i Timoty i Paoly: "Fa mahasoa kely ihany ny fampiasana ny tena; fa ny toe-panahy araka an'Andriamanitra no mahasoa amin'ny zavatra rehetra" (1 Tim. 4:8). Nampiasa ny ohatra momba ny fampiasan-tena i Paoly mba hanehoana fa takiana amin'izay rehetra miomana ho amin'ny asa fanompoan'ny pasitera ny fitsipi-pifehezana ara-panahy (jereo: 1 Kor. 9:24-27). Nilaza tamin'i Timoty izy fa tahaka ny mpihazakazaka izay tsy maintsy manao fanazaran-tena tsara ho fanomanany ny tenany amin'ny hazakazaka, ny pasitera dia tsy maintsy miomana ara-panahy ho amin'ny asa fanompoana. Ny mpilalao baolina kitra izay tsy mety hiofana dia mamery hasina ny tenany tsy ho isan'ny mpilalao. Tahaka izany koa, ny pasitera tsy mety hampihatra fitsipi-pifehezana ara-panahy dia manilika ny tenany hiala amin'ny asa fanompoana.

## Voaomana ara-baiboly

Faharoa, hahatonga anao ho pasitera Pentekôtista mahomby, tsy maintsy voaomana ara-baiboly ianao. Midika izany fa tsy maintsy mahatakatra tsara ny Soratra Masina ianao. Ny andraikitra voalohany sahanin'ny pasitera dia ny famahanana ny ondrin'Andriamanitra amin'ny alalan'ny fampianarana azy ireo amim-pahatokiana ny Tenin'Andriamanitra. Ny toromarika mahomby ara-baiboly dia hahatonga azy ireo ho olona masina matotra ao amin'i Kristy (1 Pet. 2:2), hiaro azy ireo amin'ny fampianaran-diso (Asa 20:28-29), ary hampitao azy ireo ho amin'ny asa fanompoana Kristiana (Efe. 4:11-12). Tsy mahagaga araka izany raha indroa i Paoly no nilaza fa ny mpitandrina dia tsy maintsy "mahay mampianatra" (1 Tim. 3:2; 2 Tim. 2:24). Ny asa fanompoana fampianarana mahomby dia tsy afaka miorina amin'ny fahalalana ankapobeny ny Baiboly. Mba hahafahana

mampianatra araka ny tokony ho izy ny vahoakan'Andriamanitra, tsy maintsy hainao ny mandika tsara sy mampihatra ny "tenin'ny fahamarinana" (2 Tim. 2:15).

**Voaomana ara-pitondratena**

Fahatelo, hahatonga anao ho pasitera Pentekôtista mahomby, tsy maintsy voaomana ara-pitondrantena ho amin'ny asa fanompoana ianao. Tsy maintsy miaina amin'ny fiainana masina sy manome voninahitra an'Andriamanitra ianao. Hoy i Paoly amin'ny mpitandrina na ny pasitera "tsy maintsy ho tsy manan-tsiny…tsy mpimamo lian'ady, tsy mpikapoka, tsy tia harena maloto" (Tit. 1:7). Nampiany koa fa ny pasitera dia tsy maintsy "marina, masina, mahonom-po" (and.8). Nilaza tamin'i Timoty koa i Paoly fa ny mpitandrina dia tsy maintsy ho "tsy manan-tsiny, manam-bady tokana...tsy mpitia vola" (1 Tim 3:2). Izay rehetra tsy mandresy amin'ireo sehatra ireo dia efa nanao ny tenany ho tsy mendrika hanao asa fanompoana. Izay olona manao fahadisoana ara-pitondrantena dia tokony hitsahatra amin'ny asa fanompoana avy hatrany ary hiandry mandra-pahazoany fandresena amin'ny sehatra nahasolafaka azy.

Amin'ny maha pasitera Pentekôtista, tsy maintsy mitandrina mafy ianao manoloana ny fahotana lehibe telo izay mamotika sy mamery hasina mpitarika ara-pivavahana maro. Ireo kilema lehibe telo ireo dia ny fitiavam-bola, ny filàna (fanirina voarara), ary fireharehana (faniriana voninahitra sy fahefana). Tsy misy firehetam-po na hosotra maharina ny fahalavoana amin'ireo sehatra ireo.

Tao amin'ny taratasy nosoratany ho an'ny mpino tany Galatia, Paoly dia nampitandrina azy ireo tsy hanaiky ny fanirin'ilay toetra mpanota ao anatin'izy ireo (Gal. 5:19-21). Mba hahafahana manao izany, nampahery azy ireo hamboly ny vokatrin'ny Fanahy izy (and. 22-23). Taorian'izay, nambaran'i Paoly azy ireo ny lalana avy amin'ny faharesena ara-pitondrantena mankany amin'ny fandresena ara-pitondrantena. "Fa izay an'i Kristy Jesosy dia efa nanombo ny nofony mbamin'ny faniriany sy ny filany tamin'ny hazo fijaliana.Raha velon'ny Fanahy isika, dia aoka handeha araka ny Fanahy" (and. 24-25). Efa nampahery ny Galatiana koa i Paoly hoe: "Mandehana araka ny Fanahy, dia tsy hahatanteraka ny filan'ny nofo ianareo" (and.16).

### Voaomana ara-tsaina sy ara-pihetseham-po

Farany, mba hahafahanao manatanteraka amim-pahombiazana ny asa fanompoana, tsy maintsy voaomana ara-tsaina sy ara-pihetseham-po ianao. Amin'ny teny hafa, tsy maintsy afaka misaina tsara, mahafehy ny fihetseham-po ry afaka miatrika araka ny tokony ho izy ny fanamby eo anatrehanao ianao. Hoy i Paoly tamin'i Titosy: "Fa ny mpitandrina dia tsy maintsy ho tsy manan-tsiny, fa mpitandrina ny an'Andriamanitra, tsy mitompo teny fantatra, tsy mora tezitra…tsy mpikapoka…mahonon-tena... mahonom-po" (Tit. 1:7-8). Hoy i Paoly ao amin'ny taratasy voalohany nosoratany ho an'i Timoty "Koa ny mpitandrina dia tsy maintsy mahonon-tena, hendry...tsy mpikapoka, fa mandefitra, tsy mpila ady" (1 Tim. 3: 2-3). Mariho tsara fa ireo toetra nofidiana eo ambony ireo dia miresaka mikasika ny fahamatorana ara-tsaina sy ara-pihetseham-po. Amin'ny mha pasitera Pentekôtista anao, tsy maintsy miezaka ny hananana ireo toetra ireo ianao na ao amin'ny fiainanao manokana na ao amin'ny asa fanompoanao.

Ny pasitera matotra ara-tsaina sy ara-pihetseham-po dia haneho fatokiana amin'ny fampiasana ny fanomezam-pahasoavana sy ny talenta nomen'Andriamanitra azy. Io fatokiana io no hanampy azy ireo hiatrika ny toe-javatra sarotra sy handray fanapahan-kevitra manan-danja. Io fatokiana io ihany koa no hiaro azy ireo tsy ho rendrika ao anatin'ny andraikitra sarotra toy ny fanambarana vaovao ratsy, fiarovana ny fiangonana amin'ny mpampianatra diso, ary ireo asa sarotra samihafa.

## FOMBA FIOMANANA

Ny pasitera Pentekôtista hendry izay mahafantatra ny lanjan'ny fiomanana dia hanao izay rehetra azony atao hanomanana ny tenany ho amin'ny asa fanompoana. Ndeha isika hijery fomba telo hahafahanao manatanteraka izany.

### Amin'ny alalan'ny traikefa fampiharana

Voalohany, afaka manomana ny tenanao ho amin'ny asa fanompoana amin'ny alalan'ny fitadiavana traikefa avy amin'ny fampiharana ianao. Ireto misy fomba telo hahazoana traikefa:

*1. Miasa ao anatin'ny fiangonam-paritra.* Ny fiangonana misy anao no toerana tsara indrindra hanombohanao ny asa fanompoanao. Nandray anjara

tamin'ny asa fanompoana tao amin'ny fiangonana tao Antiokia i Paoly sy Barnabasy tamin'ny fotoana nitarihan'ny Fanahy Masina azy ireo hanatanteraka fanompoana tamin'ny alalan'ny asa misiona (Asa 11:25-26; 13:1-3). Taorian'io, Paoly dia nandray ireo olona nandray anjara mavitrika tao anatin'ny fiangonana mba hanampy azy tao anatin'ny ekipany. Ohatra amin'izany i Timoty izay avy ao amin'ny fiangonana tany Lystra (16:1-2), Sopatera avy any Beria, Aristarko sy Sekondo avy any Tesalonika, ary Gaio avy any Derbe (20:4). Ireo lehilahy ireo dia nianatra nanao asa fanompoana tao amin'ny fiangonam-paritra nisy azy. Rehefa voazaha toetra tao izy ireo vao nanao asa fanompoana tamin'ny sehatra midadasika kokoa.

Noho izany, raha maniry ny ho pasitera Pentekôtista ianao dia tsy maintsy manomboka amin'ny fitadiavana fahafahana manompo ao anatin'ny fiangonana misy anao. Tsy maintsy vonona hiasa an-tsitrapo ianao rehetra misy fanompoana ilàna anao. Ny fandraisanao anjara amin'ny asa fanompoana ao anatin'ny fiangonana misy anao dia hanome anao traikefa sarobidy, hampiharihary ny fanomezam-pahasoavana anananao, hampatanjaka ny toetranao ary hanamafy fa voaantso ho amin'ny asa fanompoana midadasika kokoa ianao.

*2. Manompo eo ambany fitarihan'ny pasitera manana traikefa*. Iray amin'ny endrika mahombin'ny asa fanompoana Pentekôtista ny fanofanana amin'ny alalan'ny fanoloran-tsaina. Mitranga ny fanofanana amin'ny alalan'ny fanoloran-tsaina rehefa miara-mandeha amin'ny pasitera efa za-draharaha ny pasitera vaovao ary mianatra avy aminy. Tahaka izany no nanofanan'i Jesosy ny Mpianany (Marka 3: 14-15). Hoy izy tamin'izy ireo: "Andeha hanaraka Ahy, fa hataoko mpanarato olona ianareo" (Marka 1: 17). Rehefa niara-nandeha sy nanao asa fanompoana niaraka tamin'i Jesosy izy ireo dia nianatra nanao asa fanompoana tahaka ny fanaony. Hoy izy nanazava: "izay rehetra tanteraka dia ho tahaka ny mpampianatra azy ihany" (Lioka 6:40).

Ohatra hafa avy ao amin'ny Baiboly maneho ny fanofanana amin'ny alalan'ny fanoloran-tsaina i Mosesy sy Josoa (Eks 24: 12-13), Ely sy Samoela (1 Sam. 2:11), Elia sy Elisa (1 Mpan 19:19-21), ary Paoly sy ireo misionera niara-niasa taminy – anisan'izany i Timoty, Titosy, Lioka ary ireo namany hafa. Ny manompo eo ambany fitarihan'ny pasitera efa manana traikefa dia hanampy anao

hahita mazava ny fiainan'ny fiangonana sy hianatra mikasika ny asan'ny mpitandrina.

*3. Miara-miasa amin'ny hafa*. Ny fiarahana miasa amin'ny olona hafa ao anatin'ny vondrona mpanao asa fanompoana dia hahazoana traikefa sarobidy. Ny vondrona mpitondra am-bavaka; ny mpitory ny filazantsara, ny mpanangana fiangonana dia santionany amin'ireo azonao iarahana miasa. Iray amin'ny tombontsoa azo avy amin'ny fiaraha-miasa amin'ny hafa ny fianarana miara-miasa amim-pirindrana amin'ireo mpiara-miasa ao amin'ny asa fanompoana.

**Amin'ny alalan'ny fianarana malala-drafitra**

Fomba iray hahafahanao manomana ny tenanao ho amin'ny asa fanompoana ny "fianarana malala-drafitra". Ny fianarana malala-drafitra dia fianarana mitranga any ivelan'ny efitrano fianarana. Na dia tsy manaraka drafitra aza ity fianarana ity dia tsy tokony heverina ho tsy manana ny lanjany na hamaivanina. Mety mahomby sy mampandroso tokoa ny fianarana malala-drafitra. Tafiditra ao anatin'ity sokajy ity ny Fianarana Baiboly, ny famakiana boky sy lahatsoratra, ny famonjena famelabelaran-kevitra ary ny fianarana any amin'ny Sekoly Itatra samihafa.

*1. Fianarana Baiboly samirery*. Fomba iray hahafahana manatanteraka ny fianarana malala-drafitra ny fianarana Baiboly samirery. Ny famakiana Baiboly mandritra ny taona dia efa dingana fampiharana lehibe. Manampy anao hifankazatra amin'ny hevitra ampitain'ny Soratra Masina izany. Hanampy anao amin'ny famakiana ny Baiboly ny famerimberenana mamaky boky iray. Hoy ny mpandinika Soratra Masina anankiray: "Ny tsiambaratelon'ny fahalalana Baiboly dia tsy ny famakiana azy fa ny famerimberenana mamaky azy". Rehefa vakianao imbetsaka ny boky iray dia hitombo ny fahatakaranao ny fahamarinana ao anatiny.

Ankoatran'ny famakiana ny Baiboly, tokony hampitomboinao koa ny fahazaranao mianatra ny Baiboly amin'ny fomba mitohy. Raha azo atao, tsara ianao raha manana Baiboly Fianarana misy sarintany, famintinana ny votoatiny sy

fampidirana, famakafakana andinin-tSoratra Masina, lahatsoratra manazava ary takelaka[12].

*2. Famakiana boky sy lahatsoratra.* Fomba iray azon'ny pasitera Pentekôtista ianarana amin'ny fomba malala-drafitra ihany koa ny famakiana araha-pandinihana boky sy lahatsoratra samihafa. Marina ny voalazan'ity olona iray ity: "Leaders are readers" (Ny mpitarika dia mpamaky boky). Noho izany, tokony ho mpamaky manana fientanam-po ianao. Ny famakiana boky isan'andro dia mandrisika ny sainao sy mampitombo ny fahafahanao mandinika. Ny famakiana boky isan'andro ihany koa dia manampy anao hanana fomba fijery vaovao eo anatrehan'ny fanamby eo amin'ny fiainana sy ny asa fanompoana. Ambonin'izany, ny fahazarana mamaky boky dia hampitombo ny voambolana anananao sy hanatsara ny fahaizanao miteny.

Kanefa, tsy maintsy mitandrina tsara ianao eo amin'ny fifidianana ny boky na ny asa soratra hovakiana. Betsaka amin'ireo boky sy lahatsoratra miparitaka atỳ Afrika no manindrahindra fampianarana tsy mifanaraka amin'ny Soratra Masina sy fanao samihafa tsy mety (jereo ny 1 Tim. 4:7; 2 John 1:7-8). Tokony hosorohanao ny famakiana ireny fitaovana ireny.

*3. Fanatrehana famelabelan-kevitra sy seminera*. Ny fanatrehanao famelabelan-kevitra sy fihofanana natokana ho an'ny pasitera dia hanampy amin'ny fampivelarana ny fahaiza-manaonao amin'ny asa fanompoana. Ireny fivoriana ireny matetika dia natao hanampiana ny pasitera hampivoatra ny fahaiza-manaony amin'ny asa fanompoana. Ny famelabelaran-kevitra sy ny seminera ihany koa dia natao hampaherezana ireo pasitera kivy sy hanampiana azy ireo hahazo tolotsaina avy ao amin'ny Soratra Masina sy ho an'ny asan'Andriamanitra izay ataony. Farany, ny seminera dia andraisan'ny pasitera ny taridalana samihafa hampandrosoana ny fikambanana misy azy sy manampy azy ireo hahatsapa fa manana namana mpiara-miasa izy ao anatin'ny asa fanompoana fa tsy irery.

---

[12] Ny Baiboly Fianarana tena mety amin'ny pasitera Pentekôtista dia ny *Fiainana Feno Baiboly Fianarana* izay antsoina koa hoe *Life in the Spirit Study Bible* na *Full Life Study Bible* na koa "Fire Bible". Io Baiboly io dia efa voadika amin'ny fiteny maro samihafa.

## Amin'ny alalan'ny fihofanana manaraka drafitra

Farany, satria maniry ho pasitera Pentekôtista ianao, raha azo atao, mandehàna mihofana. Ny fihofanana manaraka drafitra dia fihofanana atolotrin'ny Sekoly na Kolejy Biblika amin'ny alalan'ny fianarana ao an-dakilasy na amin'ny alalan'ny fifandraisana. Ireto avy no tafiditra ao anatin'ny sokajin'ny fihofanana manaraka drafitra:

*1. Fanabeazana lahika.* Ny fianarana ambaratonga fototra sy ambaratonga faharoa ary ny Lisea dia tena ilaina tokoa ho an'ny pasitera Pentekôtista eto Afrika. Ireny Sekoly ireny dia manomana ny mpianatra hiaina ao anatin'izao tontolo môderina misy antsika izao. Any anatin'izy ireny no ianaran'ny mpianatra mamaky teny, manoratra ary manao kajy. Mbola any an-tSekoly koa no ianarana ny tantara, ny jeografia ary ireo taranja manan-danja maro hafa ilaina amin'ny fiainana. Ho an'izay maniry ho tonga pasitera Pentekôtista, mitondra tombontsoa lehibe tokoa ny fianarana natao tany an-tsekoly. Ny fianarana dia mampitombo ny fahalianana, mampivelatra ny fisainana ary mampitombo ny fahatongavan-tsaina ny amin'izay mitranga eo amin'ny fiaraha-monina.

*2. Sekoly sy Kolejy Biblika*. Raha azo atao, dia tena tsy azo ihodivirana ny hanarahanao fihofanana momba ny Baiboly any amin'ny Sekoly sy Kolejy Biblika izay manana laza tsara. Hadalana ny fanirina hanao ny asan'ny dokotera kanefa tsy nandany fotoana nianatra momba izany akory! Tahaka izany koa, hadalana ny maniry ho pasitera kanefa mandà ny fanofanana ho amin'ny asa fanompoana. Betsaka ny fiangonana nasionaly no mitaky ny hanarahan'ny pasiterany fihofanana any amin'ny Sekoly Baiboly. Na mitaky na tsy mitaky izany ny fiangonana dia fahendrena ho an'ny pasitera Pentekôtista ny manaraka fanofanana manaraka drafitra momba ny asa fanompoana.

*3. Fianarana any amin'ny Sekoly itatra*. Ny Sekoly Biblika sasany dia manolotra fampianarana any amin'ny Sekoly itatra na amin'ny alalan'ny fifandraisana. Ny taranja ao anatin'io dia mety ampianarina mivantana, amin'ny alalan'ny taratasy ifandefasana na amin'ny alalan'ny aterineto. Sady afaka mijanona any an-tranony sy manohy ny asa fanompoany ny pasitera amin'izay no afaka mianatra. Ny tena mahatsara azy dia ny fanomezany fahafahana ny pasitera hampitombo ny fahalalany sy ny fahaiza-manaony. Amin'izany fotoana izao, ny fiangonana Assemblée de Dieu manerana an'i Afrika dia manana toeram-

pihofanana ho amin'ny asa fanompoana miisa 300. Ireny Sekoly ireny dia manolotra fanofanana ho an'ny mpianatra avy amin'ny fiangonana Assemblée de Dieu sy tsy Assemblée de Dieu. Ny pasiteran'ny fiangonana Assemblée de Dieu ao amin'ny faritra misy anao dia afaka manoro anao ny Sekoly (na ireo Sekoly) ao amin'ny firenenao.

*4. Fianarana amin'ny Anjerimanontolo*. Ny sasany amin'ny mpanao asa fanompoana Pentekôtista eto Afrika dia te hanaraka fianarana any amin'ny ambaratonga ambony. Mitombona tanteraka izany fanirina izany ho an'ireo misehatra eo amin'ny fampianarana any amin'ny Sekoly teolojika na ny Anjerimanontolo. Tsara kokoa nefa raha any amin'ireo Anjerimanontolo Pentekôtista manana fankatoavana ara-panjakana no manohy fianarana. Maro ireo fiangonana Assemblée de Dieu nasionaly eto Afrika no efa manolotra ny fandaharam-pianarana Masters. Ny Doctorat kosa dia azo arahana amin'ny alalan'ny Pan-Africa Theological Seminary (PAThS). PAThS izay anjerimanontolo manana fankatoavana, tantanan'ny fiangonana Assemblée de Dieu ao Lomé, Togo ary manana sekoly itatra any amin'ny firenena Afrikana maro. Ny fianarana dia amin'ny fiteny Anglisy sy amin'ny fiteny Frantsay.

## FIOMANANA MITOHY

Izao no marina, amin'ny maha pasitera Pentekôtista, ny fiomananao ho amin'ny asa fanompoana dia tsy misy fiafarany. Tsy maintsy tonga mpianatra mandritra ny androm-piainana ianao. Ny fiainanao dia tsy maintsy marihan'ny fikatsahana tsy miato ny hatsarana. Ny taratasy nosoratan'i Paoly dia manaporofo fa nikatsaka izany izy teo amin'ny fiainany manokana: "Tsy toy ny efa nahazo sahady aho, na efa tanteraka sahady; fa miezaka aho hihazona izay nihazonan'i Kristy Jesosy ahy" (Fil. 3: 12).

Ny fikatsahana ny hatsarana dia tsy maintsy mitohy mandritra ny androm-piainanao. Tsy maintsy mitohy manomana ny tenanao *ara-panahy* amin'ny alalan'ny fitoerana ao amin'ny fahafenoan'ny Fanahy Masina sy amin'ny fampiharana ny fitsipi-pifehezan'ny vavaka, ny fifadian-kanina, ny fiderana ary

ny fandinihana ny Soratra Masina ianao.[13] Tokony hanomana ny tenanao *ara-baiboly* amin'ny alalan'ny fifehezan-tena ao anatin'ny fianarana ny Soratra Masina, sy raha tarihan'ny Fanahy, dia amin'ny alalan'ny fanarahana fihofanana ambaratonga ambony.[14]

Ankoatr'ireo voalaza teo aloha, tsy maintsy mitohy mikatsaka ny hampivoatra ny tenanao amin'ny lafiny *fitondrantena* ihany koa ianao. Araka ny tenin'i Solomona, tsy maintsy miaro ny fonao amin'ny ratsy sy mitandrina tsara ny alehan'ny tongotrao ianao (Ohab. 4:23-27).

Farany, amin'ny maha pasitera Pentekôtista hendry anao, tsy maintsy mitohy manomana ny tenanao *ara-tsaina sy ara-pihetseham-p*o ianao. Azonao atao amin'ny alalan'ny fifehezan-tena mamaky sy mianatra ny Tenin'Andriamanitra ary ny famelana ny Fanahy sy ny Tenin'Andriamanitra hiasa mahery ao amin'ny fiainanao, mamolavola anao hitovy endrika amin'i Kristy izany (2 Kor. 3:18).

---

[13] Raha te handalina bebe kokoa ny fiomanana ara-panahy ianao dia jereo ny Toko 15 "Fahazarana manokan-tena matanjaka".

[14] Ny fifandraisan'ny pasitera Pentekôtista amin'ny Baiboly dia hitanao amin'ny toko 9: "Mino ny Baiboly"

*Fizarana 1 : Toetra mampiavaka ny pasitera Pentekôtista*

# ~ Fizarana 2 ~

# Ny laharam-pahamehan'ny pasitera Pentekôtista

# ~ Toko 5 ~

# Laharam-pahamehana amin'ny Asa Fanompoana

Indray andro, niara-nipetrapetraka tamin'ny mpianatrin'ny Sekoly Biblika feno hafanam-po ny pasitera efa zokiolona anankiray. Hoy ny iray tamin'ireo mpianatra nanontany azy: "Ahoana tompoko no nahafahanao nanangana fiangonana matanjaka tahaka io?" Nahatalanjona ny mpianatra ny valiteniny. "Manao ny tsara indrindra" hoy izy, "tsy maintsy afoinao ny tsara". Rehefa nahita ny fasahiranan-tsaina teny amin'ny endrik'ireo mpianatra izy dia nanazava: "Eo amin'ny fiainana, betsaka ny zavatra tsara azonao atao. Izao tontolo izao dia hametraka fangatahana maro eo anatrehanao. Ny mpikambana ao amin'ny fiangonana sy ny loholona ihany dia manana ny zavatra andrasany aminao. Ny pasitera sasany dia manantena anao hanao ny zavatra ataon'izy ireo." Notohizan'ilay pasitera zokiolona ny teniny: "Mety tsara avokoa ireo. kanefa, amin'ny maha lehilahy na ny vehivavin'Andriamanitra, mila manontany Azy ianao hoe: 'Tompo; inona no tianao ataoko?' Avy eo, rehefa renao ny feon'Andriamanitra dia tsy maintsy manao izay nolazainy ianao. Tsara ny zavatra hafa rehetra, kanefa izay asain'Andriamanitra ataonao no tsara indrindra. Noho

izany, tsy maintsy mifantoka mandrakariva amin'ny fanaovana izay asain'Andriamanitra ataonao ianao."

Ilay pasitera zokiolona dia niresaka mikasika ny fametrahana laharam-pahamehana ao anatin'ny asa fanompoana. Ny laharam-pahamehana dia zavatra apetraka ho manan-danja. Io ilay zavatra atao alohan'ireo tsy dia manan-danja loatra.

## NY BAIBOLY SY NY LAHARAM-PAHAMEHANA

Teny amin'ny lalana avy any Jodia ho any Galilia i Jesosy sy ny Mpianany. Nijanona kely i Jesosy teny an-dalana ary nilaza tamin'izy ireo fa "tsy maintsy mamaky an'i Samaria" (Jaona 4:4). Tsy maintsy talanjona ny mpianatra raha nahare izany satria tsy ato anatin'ny fandaharam-potoanan'izy ireo izany. Rehefa tonga tao amin'ny tanan'i Sykara izy ireo dia fantany ny antony tsy maintsy namakiana an'i Samaria. Nisy olona very efa vonona handray ny hafatrin'ny famonjena tao. Ary koa, te hampianatra ny Mpianany lesona momba ny fijinjana vokatra Izy.

Hoy i Jesosy tamin'ny Mpianany indray andro: "haoriko ny fiangonako; ary ny vavahadin'ny fiainan-tsi-hita tsy haharesy azy" (Mat.16:18). Tato aoriana dia nandidy azy ireo Izy hoe: "koa mandehana ianareo, dia ataovy mpianatra ny firenena rehetra" (Mat. 28:19). Ao anatin'ireo fehezanteny ireo, Jesosy dia niresaka mikasika ny laharam-pahamehana napetrany ho an'ny tenany sy ho an'ny Mpianany.

Nanaraka ny ohatra navelan'ny Tompony ny apostoly ary nametraka ihany koa ny laharam-pahamehana tamin'ny asa fanompoana. Indray andro, nanatona ny apostoly ny mpikambana sasany tao amin'ny fiangonana nitondra ny fitarainany. Tsy voasahana araka ny tokony tamin'ny fizarana sakafo isan'andro ny mpitondrantenan'izy ireo ka ny apostoly no tiany hamaha izany olana izany. Efa nametraka ny laharam-pahamehany nefa ny apostoly ka izao no navalin'izy ireo ny olona: "Tsy mety raha mandao ny tenin'Andriamanitra hitandrina latabatra izahay" (Asa 6:2).

Na dia zavatra tsara sy tena ilaina aza ny fiahiana ny mpitondrantena tsy voasahana araka ny tokony ho izy, tsy izany no nandidin'i Kristy azy ireo. Noho

izany, ny apostoly dia nangataka ny fiangonana hifidy diakona hisahana io zavatra ilaina io fa izy ireo kosa hifantoka amin'ny vavaka sy ny fampianarana. Vokany, "Dia nandroso ny tenin'Andriamanitra; ary nihamaro indrindra ny isan'ny mpianatra tany Jerosalema; ary maro be kosa ny mpisorona nanaiky ny finoana" (and.7).

Ity toko ity dia hamaha olana manan-danja momba ny laharam-pahamehana ao amin'ny asa fanompoan'ny pasitera Pentekôtista eto Afrika amin'izao androntsika izao.

## FAMARITANA NY LAHARAM-PAHAMEHANA AO AMIN'NY ASA FANOMPOANA

Inona no tokony ho laharam-pahamehana ho an'ny pasitera Pentekôtista? Na dia betsaka aza ny zavatra tsara sy azony atao, misy kosa ireo zavatra vitsivitsy *tsy maintsy* tanterahana. Ny fito amin'ireo laharam-pahamehana vitsivitsy ireo no horesahantsika dia: (1) fanompoana ny irak'Andriamanitra, (2) fanatanterahana ny antson'Andriamanitra, (3) fanatrarana ny very, (4) fanambarana ny Tenin'Andriamanitra, (5) fivavahana, (6) fanandratana ireo hasina maha Pentekôtista, ary (7) fampitaovana ny vahoakan'Andriamanitra ho amin'ny asa fanompoana. Ndeha hojerentsika akaiky ny tsirairay amin'ireo laharam-pahamehan'ny asa fanompoana ireo.

### Fanompoana ny Irak'Andriamanitra

Voalohany, ny pasitera Pentekôtista dia tsy maintsy manao laharam-pahamehana ny irak'Andriamanitra. Taorian'ny fakam-panahy tany an'efitra dia niverina tany Galilia i Jesosy. Rehefa tonga tany izy dia niditra tao amin'ny synagoga tao Nazareya ary nanomboka namaky ny bokin'Isaia: "Ny Fanahin'i Jehovah no ato amiko, Satria nanosotra Ahy hitory teny soa mahafaly amin'ny malahelo Izy... hitory ny taona ankasitrahan'i Jehovah" (Lioka 4: 18-19). Fantatr'i Jesosy ny laharam-pahamehan'ny Rainy ho an'ny Fiainany sy ny asa fanompoany. Azony fa ny Ray dia naniraka Azy hanompo ny Irany. Naniraka ny Zanany hanolotra ny ainy ho avotra hisolo ny maro koa Izy (Mat. 20:28).

Tahaka an'i Jesosy, amin'ny maha pasitera Pentekôtista anao, tsy maintsy manokan-tena ho an'ny fanompoana ny irak'Andriamanitra ianao. Hoy i Jesosy

tamin'ny Mpianany: "Fiadanana ho anareo; tahaka ny nanirahan'ny Ray Ahy no anirahako anareo kosa" (Jaona 20:21). Tahaka ny nanirahan'Andriamanitra an'i Jesosy teto amin'izoa tontolo izao mba hanompo ny Irany, no anirahan'i Jesosy anao hanao tahaka izany any amin'izao tontolo izao ankehitriny. Ny irak'Andriamanitra matetika izay antsoina koa hoe missio Dei, dia ny hanavotra sy hiantso ho an'ny tenany olona avy amin'ny fokom-pirenena rehetra sy ny samy hafa fiteny ary ny firenena rehetra" (Apok. 5:9)[1].

## Fanatanterahana ny antson'Andriamanitra

Faharoa, ny pasitera Pentekôtista dia tsy maintsy manao laharam-pahamehana ny fanatanterahana ny antson'Andriamanitra eo amin'ny fiainany. Jesosy dia tsy mba nanaisotra ny fifantohany tamin'izay niantsoan'ny Ray azy mba hataony. Tao anatin'ny ora maizina indrindra aza dia nivavaka tamin'ny Rainy izy hoe: "aoka tsy ny sitrapoko anie no hatao, fa ny Anao" (Lioka 22:42). Ny pasitera Pentekôtista eto Afrika ihany koa dia tsy maintsy mahatakatra tsara ny antson'Andriamanitra eo amin'ny fiainany ary tsy maintsy miezaka manatanteraka izany antso izany. Andriamanitra dia efa nanoritra lalana hihazakazahan'ny mpanao asa fanompoana tsirairay. Tsy maintsy mikaroka io lalana io ny pasitera Pentekôtista tsirairay. Raha efa izany dia tsy maintsy mijanona amin'io lalana io izy ireo mandra-pahavitan'ny hazakazaka (Heb. 12:1-2; 2 Tim. 4:7).

## Fanatrarana ny very

Fahatelo, ny pasitera Pentekôtista dia tsy maintsy manao laharam-pahamehana ny fanatrarana ny very. Laharam-pahamehana tamin'i Jesosy izany. Hoy Izy: "Fa efa tonga ny Zanak'olona hitady sy hamonjy ny very" (Lioka 19:10). Ny fanatrarana ny very dia tsy maintsy mitoetra ho laharam-pahamehan'izay rehetra te hanaraka an'i Kristy. Izao no baikon'i Jesosy: "Mandehana any amin'izao tontolo izao ianareo, ka mitoria ny filazantsara amin'ny olombelona rehetra" (Marka 16:15).

---

[1] Raha mila fanazavana bebe kokoa mikasika ny andraikitrin'ny Pasitera amin'ny fanatanterahana ny Irak'Andriamanitra ianao dia jereo ny Toko 31: "Fitarihana ao anatin'ny Iraka" sy ny Toko 40: "Fampivelarana tetikasa misionera eo amin'ny fiangonana".

Manan-kery io baikon'i Kristy io mandrai-piveriny eny amin'ny rahon'ny lanitra (Mat. 24:14). Amin'ny maha pasitera Pentekôtista mahatoky, tsy maintsy mitarika ny lalana amin'ny fanentanana ny fiangonana ho amin'ny asa fitoriana ny filazantsara sy ny asa misiona voatafy ny herin'ny Fanahy. Misy fomba roa hahafahanao manatanteraka izany:

Voalohany, tsy maintsy tonga ohatra ho an'ny fiangonana amin'ny fizarana amim-pahavitrihana ny filazantsara sy ny fitarihana azy ireo ao amin'ny Tompo ianao. Rehefa hitan'ny mpikambana ao amin'ny fiangonanao fa mijoro vavolombelona ianao dia hazoto hijoro vavolombelona ihany koa izy ireo. Faharoa, tsy maintsy maneho fiahiana ny olona very amin'ny alalan'ny fanomezana amin-kalalahan-tanana ho an'ny asa misiona, sy ny fivavahana amin-kafanam-po ho an'ny olona very any amin'ireo foko mbola tsy tratran'ny filazantsara eto Afrika sy any amin'ny firenena hafa ianao. Tsy maintsy manetsika ny fiangonana hanao tahaka izany ianao. Ny fitoriana ny filazantsara sy ny asa misiona no tsy maintsy apetrakao ho laharam-pahamehana ambony indrindra ao anatin'ny fandaharam-potoana sy ny tetibolan'ny fiangonana[2].

## Fampianarana ny Teny

Fahefatra, tsy maintsy ataon'ny pasitera Pentekosta laharam-pahamehana ihany koa ny fanambarana ny Tenin'Andriamanitra. Paoly dia nampahery an'i Timoty zanany amin'ny finoana hoe: "mitoria ny teny, mazotoa, na amin'ny fotoana, na tsy amin'ny fotoana, mandrese lahatra, mamporisiha, mananara mafy amin'ny fahari-po sy ny fampianarana rehetra" (2 Tim. 4:2). Tafiditra ao anatin'ny fanambarana ny Tenin'Andriamanitra ny hitoriana ny filazantsara sy ny Fampaherezana ny mpino hanaraka ny lalan'ny Tompo. Izao no baikon'i Jesosy: "Mandehana any amin'izao tontolo izao ianareo, ka mitoria ny filazantsara amin'ny olombelona rehetra". Nampiany koa hoe: "Fahano ary ny ondriko" (Jaona 21:17)

[2] Ny fanazavana bebe kokoa momba ny fanatrarana ny very dia hita ao amin'ny Toko 37: "Fitoriana ny filazantsara amin'ny very".

Mba hahafahana mitoriteny tsara, tsy maintsy manokana ny tenanao hizara tsara ny Teny Fahamarinana ianao (2 Tim. 2:15). Tsy hitranga nefa izany raha tsy tonga mpianatra ny tenin'Andriamanitra mahafatra-po ianao.[3]

**Fivavahana**

Fahadimy, ny pasitera Pentekôtista dia tsy maintsy manao laharam-pahamehana ny vavaka. Rehefa miaina fiainana feno fanokanan-tena amin'ny vavaka ianao dia maneho ny fianteheranao amin'Andriamanitra. Manaraka ny dia-tongotr'i Jesosy sy ny apostoly ianao amin'izany. Milaza ny Baiboly fa nandritra ny andro niainany teto an-tany, Jesosy dia "nanao fivavahana sy fangatahana nomban'ny fitarainana mafy sy ny ranomaso" (Heb.5:7; jereo koa ny Marka 1:35; Lioka 5:16). Voalaza ao koa fa ny apostoly dia "tsy nitsahatra nivavaka" (Asa 1:14; jereo koa ny. 3:1; 6:2-4; 10:9). Ny vavaka dia tsy manova ny toe-javatra fotsiny fa manova ilay olona mivavaka ihany koa. Ilay mpanao fanavaozana, Martin Luther dia nahatakatra tsara ny lanjan'ny vavaka. Araka ny tantara dia niteny tahaka izao izy indray mandeha "Manana zavatra betsaka hatao aho anio kanefa tsy maintsy laniako ao anatin'ny vavaka aloha ny ora teloko voalohany:!". Toy izany koa, ny Pasitera Pentekôtista tsirairay dia tsy maintsy mametraka ny vavaka ho laharam-pahamehana.[4]

**Fanandratana ireo hasina maha Pentekôtista**

Fahenina, ny pasitera Pentekôtista dia tsy maintsy miezaka manandratra ireo hasina Pentekôtista ao anatin'ny asa fanompoany. Ny hasina Pentekôtista dia ireo finoana sy fanokanan-tena tazonina mafy satria mamaritra ny maha Pentekôtista marina ny mpino anankiray. Telo manan-danja ireo hasina tsy maintsy hazonin'ny pasitera Pentekôtista dia ireo: fanokanan-tena amin'ny foto-pampianarana ara-

[3] Ny fanazavana amin'ny fomba lalina kokoa ny asa fanompoana fampianaran'ny pasitera Pentekôtista dia hitanao ao amin'ny toko 16: "Toriteny Voahosotrin'ny Fanahy Masina."

[4] Raha te hianatra bebe kokoa mikasika ny fiainam-bavakin'ny pasitera Pentekôtista, jereo ny Toko 8: "Laharam-pahamehan'ny vavaka".

baiboly, fankatoavana an'Andriamanitra sy ny Irany, ary fisokafana amin'ny hetsika ataon'ny Fanahin'Andriamanitra.

Tafiditra ao anatin'io ny fisokafana amin'ny hetsika ataon'ny Fanahy Masina ny fanirina hahita ny mpino vita batisa amin'ny Fanahy Masina. [5] Talohan'ny niverenany tany an-danitra, Jesosy dia nandidy ny mpianany hoe: "Ary raha niaraniangona teo aminy Jesosy, dia namepetra azy tsy hiala an'i Jerosalema, fa hiandry ny teny fikasan'ny Ray.... hatao batisa amin'ny Fanahy Masina, rehefa afaka andro vitsivitsy" (Asa 1: 4-5; jereo koa ny Lioka 24: 49). Taona vitsivitsy tato aoriana, rehefa nihaona tamin'ny mpianatra tany Efesosy i Paoly, ny fanontaniana voalohany napetrany tamin'izy ireo dia izao: "Efa noraisinareo va ny Fanahy Masina, fony vao nino ianareo?" (Asa. 19:2).

Jesosy sy ny apostoly dia samy nikatsaka ny hahavita batisa amin'ny Fanahy Masina ny mpino satria fantatr'izy ireo fa io fahatsapana io no hanafy hery azy ho vavolombelon'i Kristy: "any Jerosalema sy eran'i Jodia sy Samaria ary hatramin'ny faran'ny tany" (Asa 1:8).

**Fampitaovana ny vahoakan'Andriamanitra**

Farany, ny pasitera Pentekôtista dia tsy maintsy manao laharam-pahamehana ny fanofanana ny vahoakan'Andriamanitra ho amin'ny asa fanompoana. Ny pasitera Pentekôtista hendry dia mahatakatra fa iray amin'ny andraikitra maha pasitera azy ny "fanatanterahana ny olona masina [olona masin'i Kristy], ho amin'ny asan'ny fanompoana" (Efe. 4:12). Midika izany fa ianao pasitera dia tokony hanao mihoatra noho ny mikarakara ny ondry, anjaranao ny manao izay hahatonga ny vahoakan'Andriamanitra ho mpikambana mahasoa ao amin'ny

---

[5] Raha te handalina bebe kokoa ny momba ny Hasina maha Pentekôtista ianao dia jereo ny Toko 10: "Mihazona ny fahamarinana Pentekôtista" sy ny Toko 11 "Manandratra ny fahatsapana sy ny fanao Pentekôtista" ary ny Toko 12: "Mankamamy ny lova Pentekôtista".

Fanjakan'Andriamanitra. Noho izany, tsy maintsy manao ny fanaovana mpianatra ho laharam-pahamehan'ny asa fanompoanao ianao[6].

## FIKATSAHANA NY LAHARAM-PAHAMEHANA AMIN'NY ASA FANOMPOANA

Hitantsika teo ireo laharam-pahamehana fito ara-baiboly ho an'ny pasitera Pentekôtista. Izao kosa ianao tsy maintsy manapa-kevitra na hanaraka azy ireo na tsia. Ilaina tokoa ny mamaky momba ireo laharam-pahamehana ireo ao anatin'ny boky. Kanefa, zavatra hafa tanteraka ny mamela ny Fanahin'Andriamanitra hanoratra azy ireo ao amin'ny pejin'ny fonao. Mba hahatanteraka izany; mila manokan-tena hanaraka ny dingana famadihana ireo fitsipika fototra ireo ho laharam-pahamehana sy famadihana ireo laharam-pahamehana ireo ho fomba fanao ao anatin'ny asa fanompoana ianao. Ndeha hojerentsika io dingana io.

### Fametrahana ny laharam-pahamehana

Ny fanombohana ny dingana dia ny fanekena fa mitaky ezaka ny fahatongavana ho pasitera Pentekôtista manana fahaiza-manao. Ny fahaiza-manao amin'ny asa fanompoana no teboka iafaran'ny dia. Toy ny amin'ny dia samihafa rehetra, ny fanombohana dia ny fisafidianana izay haleha. Avy eo, mitohy amin'ny fametrahana sy fanatanterahana drafitra hahatongavana any amin'izay tiana haleha ny dingana. Mba hahafahana mametraka ireo laharam-pahamehana fito ireo ao anatin'ny asa fanompoanao, sy ao anatin'ny asa fanompoan'ny fiangonanao, tsy maintsy manokan-tena tanteraka ho an'ny dia ianao.

Azonao atomboka amin'ny fanoratana ireo laharam-pahamehana fito ireo ao anatin'ny kahienao izany. Azonao ampiasaina ho taridalana amin'ny vavaka fanaonao isan'andro izy ireo. Rehefa mitondra ny lisitra ao anatin'ny vavaka ianao dia angataho Andriamanitra hanoratra ireo laharam-pahamehana ara-baiboly ireo ao amin'ny Fanahinao. Raha hanao izany ianao dia hisy fiovana hitranga. Ny Fanahy Masina dia hanomboka hanoratra ireo laharam-pahamehana ireo amin'ny

---

[6] Ny fanazavana bebe kokoa momba ny fampivelarana ny vahoakan'Andriamanitra dia hitanao ao amin'ny Toko 17: "Fampianarana mahomby" sy ny Toko 25: "Fanatanjahana ny tena".

vatofisakin'ny fonao. Raha tokony hijanona ho fahalalana ara-tsaina fotsiny ireo lisitra ireo dia hiova ho laharam-pahamehana ao anatin'ny asa fanompoana.

Rehefa mivavaka ianao, apetraho amin'ny tenanao ny fanontaniana hoe: "Inona no laharam-pahamehako amin'ny asa fanompoana amin'izao fotoana izao? Ny laharam-pahamehanao amin'ny asa fanompoana dia ireo hetsika samihafa andanianao ny ankamaroan'ny fotoana sy ny herinao. Ataovy lisitra ireo laharam-pahamehana ireo. Avy eo, apetraho ny fanontaniana hoe: "Mifanaraka amin'ny laharam-pahamehan'i Jesosy sy ny apostoly ve ireo laharam-pahamehako ireo? Araka ny tomban'ezaka nataonao, valio ireto fanontaniana manaraka ireo:

- Manao ahoana ny fanompoako ny irak'Andriamanitra?
- Manao ahoana ny fanatanterahako ny antson'Andriamanitra eo amin'ny fiainako sy ny fiainan'ny fiangonana tarihako?
- Manao ahoana ny fanatrarako ny very ao amin'ny faritra misy ahy sy manerana izao tontolo izao?
- Manao ahoana ny fitoriako ny Tenin'Andriamanitra?
- Manao ahoana ny fahombiazako eo amin'ny fiainam-bavako manokana sy ny fiainam-bavakin'ny fiangonana tarihako?
- Manao ahoana ny fanindrahindrako ny hasina Pentekôtista ao anatin'ny fiangonako?
- Manao ahoana ny fahombiazako amin'ny fampitaovana ny vahoakan'Andriamanitra ho amin'ny asa fanompoana

Soraty ao anatin'ny bokinao ny valin'ireo fanontaniana ireo. Raha efa izany, apetraho amin'ny tenanao indray ny fanontaniana hoe: "Inona no tsy maintsy hovako mba hahafahako manatanteraka ireo laharam-pahamehana amin'ny fomba tsara kokoa? Toy ny teo aloha, soraty ny valiny ary mitohiza mivavaka ho an'ireo isan'andro.

### Fampiharana ny laharam-pahamehana

Raha vao voarainao ho anao manokana ireo laharam-pahamehan'ny asa fanompoana ireo dia tokony hanomboka hampihatra azy ireo ao amin'ny asa fanompoanao manokana sy ny asa fanompoan'ny fiangonana ianao. Araho ireto paikady manaraka ireto hahatanterahanao izany:

*1. Ampitomboy ny fahatakarana.* Mila mampitombo ny fahatakaranao izay ampianarin'ny Baiboly mikasika ireo laharam-pahamehana fito ireo ianao. Hanampy anao amin'izany ny fanaovana fikarohana mikasika ireo lohahevitra ireo ao anatin'ny Soratra Masina. Izao no toromarika nomen'i Jesosy antsika: "Dinihinareo ny Soratra Masina" (Jaona 5:39). Rehefa mamaky ny Soratra Masina ianao dia apetraho ity fanontaniana ity: "Inona no ambaran'ny Soratra Masina amiko?" Soraty ao anaty kahie ny hevitra vaovao hitanao. Raga azo atao, tsara ihany koa ny mamaky boky tsara mikasika ireo loahahevitra ireo. [7]

Fomba iray hahafahanao mampitombo ny fahatakarana ireo lohahevitra ireo ihany koa ny fitoriana sy fampianarana azy ireo matetika. Ity paikady ity dia tsy mampitombo ny fahatakaranao ny lohahevitra fotsiny fa manomana ny mpikambana ao amin'ny fiangonana hanaraka dia ny fampiharana ireo laharam-pahamehana ireo ao amin'ny fiainan'ny fiangonana.

*2. Manaova drafitra.* Ny dingana manaraka dia ny fanaovana drafitra ho fampiharana ireo laharam-pahamehana ireo ao amin'ny asa fanompoanao manokana sy ny asa fanompoan'ny fiangonana. Manomboka amin'ny fahatakaran'ny fiangonana ny mikasika ny tsirairay avy amin'ireo laharam-pahamehana nefa izany. Valio ary aloha ireto fanontaniana ireto:

- Inona no tsy maintsy ataoko hitarihana ny fiangonana hanompo ny irak'Andriamanitra amin'ny fomba tsara kokoa?
- Inona no tsy maintsy ataoko hahatanteraka ny antson'Andriamanitra eo amin'ny fiainako sy ny fiainan'ny fiangonana niantsoan'Andriamanitra ahy hotarihako?
- Inona no tsy maintsy ataoko hitarihana ny fiangonana hanatratra ny very amim-pahombiazana?
- Inona no tsy maintsy ataoko hanatsarana ny fitoriana sy fampianarana ny Tenin'Andriamanitra ao anatin'ny fiangonana?

---

[7] Ny boky tena tsara vakiana mikasika ny irak'Andriamanitra dia ny "*A Biblical Theology of Missions" nosoratan' i Paul York, ao anatin'ny* Discovery Series novokarin'ny *Africa's Hope (Lohateny amin'ny teny Malagasy:* Fampianarana ara-baiboly momba ny Irak'Andriamanitra).

- Inona no tsy maintsy ataoko hampiroboroboana bebe kokoa ny vavaka ao anatin'ny fiangonana?
- Inona no tsy maintsy ataoko hitarihako ny fiangonana hahatsapa sy hiaina bebe kokoa ny Pentekosta?
- Inona no tsy maintsy ataoko hahafahako mampitao ny vahoakan'Andriamanitra ho amin'ny asa fanompoana amin'ny fomba tsara?

Soraty ao anaty kahienao ny valin'ireo fanontaniana ireo ary avereno jerena matetika.

*Tanteraho ny drafitra.* Tsy maintsy manatanteraka ny drafitra nataonao ianao. Midika izany fa mila mandroso amin'ny fampiharana ireo paikady novolavolainao ianao. Ao anatin'ny fandrosoanao amin'ny fanatanterahana ny tanjona, aza hadinoina ny mamerimberina manombana ny fivoaranao. Ao anatin'izany, amboary na ahitsio ny drafitra nataonao.

Tsarovy, tsy ho tratranao ao anatin'ny indray alina ny fahombiazana. Mitaky fotoana izany ary rehefa tonga ny zava-tsarotra dia mila manana faharetana ianao. Raha manao izany ianao, indray andro, hanomboka hiova ny fiangonanao. Ho tonga fiangonana mahery vaika sy araka izay namoronan'i Kristy azy. Aoka ny tenin'ny apostoly no hampahery anao: "Ary aza mba ketraka amin'ny fanaovan-tsoa isika; fa amin'ny fotoan'andro no hijinjantsika, raha tsy reraka isika" (Gal. 6: 9).

---

Ny pasitera Pentekôtista tsirairay atỳ Afrika dia tsy maintsy mampifanaraka ny laharam-pahamehan'ny asa fanompoany amin'ny an'i Jesosy sy ny apostoly. Ireo laharam-pahamehana ireo avy eo no tsy maintsy avelany mitarika ny asa fanompoany. Mety mafy sy sarotra izany dingana izany kanefa, mendrika hanaovana ezaka tokoa. Amin'ny alalan'ny fanokanan-tena ho an'i Kristy sy ny fanoloran-tena feno ho an'ny sitrapon'Andriamanitra ary ny fahakingana amin'ny fihainoana ny Fanahy Masina no hahafahan'ny pasitera Pentekôtista manatratra ireo tanjon'ny asa fanompoany.

*Fizarana 2 : Ny laharam-pahamehan'ny pasitera Pentekôtista*

## ~ Toko 6 ~

# Laharam-pahamehan'ny tena manokana

Tezitra tamiko ny zanak'ineny; Notendreny ho mpiandry ny tanim-boalobony aho; Nefa ny tanim-boaloboko kosa, dia ny an'ny tenako, tsy mba nandrasako." (1 Tonk. 1:6). Ireo no teny mampalahelo nataon'ilay zazavavy Sonemita. Sahirana loatra tamin'ny fikarakarana ny sahan'ny hafa izy ka tsy nahasahana ny azy manokana. Kanefa, tsy tanim-boaloboka ara-bakiteny no noresahany teto fa ny fiainany. Nandany fotoana loatra tamin'ny fiainan'ny hafa izy ka nanirin'ny ahidratsy ny fiainany.

Mampalahelo, izany toe-javatra izany dia mahasoritra mazava tsara ny fiainan'ny ankamaroan'ny pasitera Pentekôtista eto Afrika amin'izao vaninandro izao. Mandany fotoana loatra amin'ny fiahiana ny asa fanompoana, sy ny fanaovana asa fanompoana amin'ny hafa izy ireo ka tsy mahomby amin'ny fikarakarana ny tenany. Vokany, samy mijaly na ny asa fanompoany na ny tenany. Maina ny fiainam-panahiny, ary ny fiangonana tarihany kosa mihamalemy.

Notendren'i Paoly hitandrina ny fiangonana tany Efesosy i Timoty. Taty aoriana, nanoratra fampitandremana ho an'ity namana tanora mpiara-miasa aminy ity i Paoly: "Tandremo ny tenanao sy ny fampianaranao, ka mahareta amin'izany;

fa raha manao izany ianao, dia hamonjy ny tenanao sy izay mihaino anao" (1 Tim. 4: 16). Araka izany, nanoro-hevitra an'i Timoty i Paoly mba tsy hihevitra ny asa fanompoany ampahibemaso fotsiny fa ny fiainany manokana ihany koa. Ny pasitera malina dia tsy manao laharam-pahamehana ny asa fanompoana amin'ny hafa fotsiny, araka izay noresahana tao amin'ny Toko 5, fa manao laharam-pahamehana ny fiahiany ny tenany ihany koa. ity toko fahenina ity dia hiresaka mikasika ny fanaovan'ny pasitera Pentekôtista laharam-pahamehana ny tenany manokana.

## LAHARAM-PAHAMEHANA NY FAHALALANA AN'I KRISTY

Ambonin'ny zavatra rehetra, ny pasitera Pentekôtista dia tsy maintsy manao laharam-pahamehana ny fifandraisany amin'i Kristy. Alohan'ny hahafahan'ny pasitera mampahafantatra Azy amin'ny hafa, tsy maintsy mahafantatra Azy tsara izy aloha. Ahoana no hahafahanao mampafantatra olona tsy fantatrao akory?

Amin'ny maha pasitera Pentekôtista, ianao dia tsy maintsy mahafantatra an'i Kristy ara-pahalalana sy ara-pahatsapana. Raha atao amin'ny teny hafa dia izao, tsy maintsy mahazo tsara ny momba an'i Jesosy sy izay rehetra nataony ianao. Tsy maintsy efa nihaona Taminy manokana sy manana fifandraisana akaiky Aminy ihany koa ianao.

### Mahafantatra hoe iza Izy

Ny mahafantatra an'i Kristy ara-tsaina dia mahalala ny marina momba Azy. Mahazo tsara izay rehetra lazain'ny Baiboly mikasika an'i Kristy sy ny antony nahatongavany teto an-tany. Ireto avy no ampianarin'ny Baiboly mikasika ny an'i Kristy:

- Izy no Tenin'Andriamanitra mandrakizay, ilay Mpahary ny zavatra rehetra (Jaona 1:1-14)
- Izy no Andriamanitra naseho tamin'ny nofo (1 Tim. 3:16)
- Izy no "Mesia, ilay Zanak'Andriamanitra Velona" (Mat. 16:16)
- Izy no "lalana sy fahamarinana ary fiainana", ilay lalan-tokana mankany amin'ny Ray (Jaona 14:6).

Ny Baiboly ihany koa dia manambara amintsika ny antony nahatongavan'i Kristy teto an-tany

- Tonga Izy mba "hitady sy hamonjy ny very" (Lioka 19:10; jereo koa ny 1 Tim. 1:15)
- Tonga Izy mba "hanompo sy hanolotra ny ainy ho avotra hisolo ny maro" (Marka 10:45; jereo koa ny Jaona 12:27; Tit. 2:13-14).
- Tonga Izy mba "handrava ny asan'ny Devoly" (1 Jaona 3:8; jereo koa ny Heb. 2:14)
- Tonga izy mba "hananantsika fiainana sady hananantsika be dia be" (Jaona 10:10).

### Mahafantatra Azy manokana

Na dia tena iankinan'ny aina tokoa aza ny fahalalan'ny pasitera Pentekôtista an'i Jesosy sy ny antony nahatongavany, tsy ampy izany. Amin'ny maha pasitera Pentekôtista anao, tsy maintsy mahafantatra Azy manokana ianao. Tsy maintsy efa nihaona taminy manokana sy manana fifandraisana mitohy Aminy. Napetrak'i Paoly ho laharam-pahamehana teo amin'ny fiainany manokana izany. Izao no nosoratany ho an'ny mpino tany Filipy: "eny, mba ho fantatro Izy sy ny herin'ny fitsanganany tamin'ny maty ary ny fiombonana amin'ny fijaliany ka hampitovina amin'ny endriky ny fahafatesany" (Fil. 3:10). Lehibe loatra ny fanirin'i Paoly hahafantatra an'i Kristy ka nahatonga azy vonona tsy ny handresy ho Azy ihany fa ny hiara-miaritra Aminy koa aza. Vonona ho faty ho Azy izy. Ny pasitera Pentekôtista dia tsy maintsy manana firehetam-po hahafantatra an'i Kristy tahaka an'i Paoly.

### Fomba hahalalana an'i Kristy

Amin'ny fomba telo no hahafahanao mametraka ny fahalalana an'i Kristy ho laharam-pahamehana:

*1. Amin'ny alalan'ny fihaonana manokana*. Ny dingana voalohany hahalalana an'i Kristy dia amin'ny alalan'ny fihaonana manokana Aminy. Mihatra amin'ny olona rehetra io, eny na dia amin'ny pasitera Pentekôtista aza. Saoly avy any Tarsosy dia nahafantatra an'i Kristy, kanefa tsy nahalala azy manokana izy mandra-pahatongan'ny fotoana nihaonany Taminy tany amin'ny lalan'i

Damaskosy (Asa 9: 1-9). Hoy ny antsoantson'i Saoly tamin'io fotoana io: "Iza moa ianao, Tompoko?". Hoy i Jesosy taminy: "Izaho no Jesosy Izay enjehinao" ( and.5). Niova tanteraka ny fiainan'i Saoly. Nanaiky an'i Kristy ho Tompo sy Mpamonjiny izy. Tao anatin'ny fotoana fohy, tonga mpanangana fiangonana ilay mpanenjika mafy fiangonana.

Hoy i Paoly rehefa nandinika io fahatsapany io: "Koa raha misy olona ao amin'i Kristy, dia olom-baovao izy; efa lasa ny zavatra taloha, indreo efa tonga vaovao ireo" (2 Kor. 5:17). Eo no tsy maintsy manomboka izay rehetra maniry ho pasitera Pentekôtista. Hoy i Jesosy: "Lazaiko aminao marina dia marina tokoa: Raha tsy ateraka indray ny olona, dia tsy mahazo mahita ny fanjakan'Andriamanitra" (Jaona 3:3).

*2. Amin'ny alalan'ny Tenin'Andriamanitra*. Ny fomba faharoa hahafahan'ny pasitera Pentekôtista mahafantatra an'i Kristy bebe kokoa dia amin'ny alalan'ny fihaonana Aminy ao amin'ny Baiboly – indrindra ao amin'ny filazantsara sy ny epistily. Ny filazantsara dia miresaka mikasika ny Fiainany, ny Asany ary ny Fampianarany. Ny epistily kosa manazava ny hevin'ireo zavatra rehetra voatanisa teo aloha. Amin'ny alalan'ny famakiana ny filazantsara, afaka mandeha amin'ny lalana mamovokan'i Galilia miaraka amin'i Jesosy ianao. Afaka mipetraka eo an-tongony sy mihanino ny Fampianarany ihany koa. Afaka mitsangana mijery Azy maty teo ambony hazo fijaliana. Ary, afaka miditra ao anatin'ny fasana nandevenana ny Mpamonjinao ary mihaino ny anjely manao hoe: "tsy ato Izy fa efa nitsangana:!"

Hoy ny pasitera Pentekôtista tanora iray tamin'ny tenany: "ny mpianatr'i Jesosy dia nandany telo taona niarahana nandeha tamin'i Jesosy sy nianarana Taminy. Niova ny fiainan'izy ireo. Hanao tahaka azy ireo koa aho. Handany ny telo taona ho avy hamakiana sy hamerenana mamaky ny filazantsara efatra aho". Nahatoky tamin'ny fanokanan-tenany ity pasitera tanora ity ka nandany telo taona namaky ny filazantsara. Ora maro dia maro no laniny nandalinana ny tantaran'i Jesosy. Taorian'izay, niova tanteraka ny Fiainany sy ny Asa fanompoany.

*3. Amin'ny alalan'ny vavaka.* Ny fomba fahatelo hahafahan'ny pasitera Pentekôtista mahafantatra an'i Jesosy dia amin'ny alalan'ny vavaka. Ny Baiboly dia miresaka karazam-bavaka samihafa. Ao anatin'izany ny vavaka fangatahana, ny fiaikena, ny fifonana, ny fisaorana ary ny vavaka ao amin'ny Fanahy.

Amin'ireo karazam-bavaka ireo, ny manampy ny pasitera hahafantatra bebe kokoa an'i Jesosy dia ny vavaka fiombonana. Niresaka mikasika io karazam-bavaka io i Jakoba: "Manatòna an'Andriamanitra" hoy izy "dia hanatona anareo Izy" (Jak. 4:8). Nanao io karazana vavaka fiombonana io ihany koa i Mosesy. Voalazan'ny Baiboly fa Andriamanitra dia: "niteny nifanatrika tamin'i Mosesy, tahaka ny olona miresaka amin'ny sakaizany" (Eks. 33: 11).

Maria, rahavavin'i Marta no ohatra tsara ny amin'ity karazam-bavaka ity. Rehefa namangy ny tokantranony i Jesosy dia nipetraka teo an-tongony Izy nihaino ny teny tsirairay nambarany. Nitaraina mafy ny rahavaviny noho izany ary niampanga azy ho vehivavy kamo. Hafa kosa nefa ny fanamarihan'i Jesosy mikasika an'i Maria, hoy izy: "Maria no efa nifidy ny anjara tsara, izay tsy halaina aminy" (Lioka 10:38-42). Tsy maintsy apetrakin'ny pasitera Pentekôtista ho laharam-pahamehana ireo fomba hahalala an'i Kristy ireo. Ireo fomba amam-panao ireo dia hisy fiantraikany amin'ny fiainany sy ny asa fanompoany.

## LAHARAM-PAHAMEHANA NY FANDEHANANA AMIN'NY FANAHY

Tsy ny fahalalana an'i Kristy ihany no tokony hapetrakin'ny pasitera Pentekôtista ho laharam-pahamehana fa eo koa ny fandehanana sy ny fiainana ao amin'ny Fanahy. Hoy i Paoly nananatra ny kristiana tany Galatia: "Raha velon'ny Fanahy isika, dia aoka handeha araka ny Fanahy" (Gal. 5:25).

Inona no dikan'izany mandeha araka ny Fanahy**?**

Ny mandeha araka ny Fanahy dia midika zavatra telo fara fahakeliny:

*1. Feno ny Fanahy***.** Voalohany, mba hahafahana mandeha ao amin'ny Fanahy, tsy maintsy feno ny Fanahy aloha (Asa 1:4-8). Amin'ny teny hafa, alohan'ny hahafahan'ny olona iray mandeha ao amin'ny Fanahy, tsy maintsy feno ny Fanahy tahaka ny mpianatra tamin'ny Andro Pentekosta izy aloha (Asa 2:1-4). Rehefa nandray ny Fanahy izy ireo dia nanomboka niaina sy nanao asa fanompoana tao anatin'ny herin'ny Fanahy. Ny bokin'ny Asan'ny Apostoly dia mitantara ny asa fanompoana mientanentana voatafy ny herin'ny Fanahy nataon'izy ireo. Ny pasitera Pentekôtista tsirairay dia tsy maintsy miaina io fahatsapana tena manan-danja io.

2. *Tarihan'ny Fanahy*. Faharoa, ny mandeha ao amin'ny Fanahy dia tarihan'ny Fanahy. Ny pasitera Pentekôtista dia tsy maintsy mihazona ny sofiny hisokatra mandrakariva amin'ny Fanahy Masina. Ary rehefa miteny ny Fanahy dia tsy maintsy mankato izy. Izany no nataon'i Jesosy. Voalohany, feno ny Fanahy Masina Izy. Avy eo, notarihan'ny Fanahy (Lioka 3:21-22 sy ny 4:1). Paoly sy ireo misionera namany ihany koa dia notarihan'ny Fanahy Masina (Asa 16:6-10). Marina amin'ny pasitera Pentekôtista amin'izao fotoana izao ihany koa izany. Tahaka an'i Jesosy sy Paoly, tsy maintsy tarihan'ny Fanahy Masina ihany koa izy ireo.

*3. Manao asa fanompoana ao amin'ny Fanahy*. Farany, ny mandeha ao amin'ny Fanahy dia midika hoe manao asa fanompoana ao anatin'ny herin'ny Fanahy. Izao no fampanantenan'i Jesosy: "Fa hahazo hery ianareo amin'ny hilatsahan'ny Fanahy Masina aminareo, ary ho vavolombeloko any Jerosalema sy eran'i Jodia sy Samaria ary hatramin'ny faran'ny tany" (Asa 1:8). Izany no nitranga tamin'i Jesosy sy ny apostoly. Feno ny Fanahy Masina izy ireo ary nanomboka nanao asa fanompoana tao amin'ny herin'ny Fanahy (ohatra: Lioka 3:21-22 sy ny 4:14; Asa 4:31-33). Rehefa mandeha ao amin'ny Fanahy ianao dia afaka manantena ny Fanahy Masina hanafy hery anao ho amin'ny asa fanompoana.

**Ahoana no hahafahana mandeha ao amin'ny Fanahy?**

Mipetraka ny fanontaniana, amin'ny maha pasitera Pentekôtista, inona no tsy maintsy ataonao mba hahafahanao miaina sy mandeha ao amin'ny Fanahy? Voalohany, araka ny noresahana teo aloha, tsy maintsy azonao antoka fa tena feno ny Fanahy Masina ianao. Rehefa feno ny Fanahy Masina ianao dia afaka manantena porofo roa. Voalohany, hiteny amin'ny fiteny izay ampitenenin'ny Fanahy Masina anao ianao (Asa 2:4; 10:44-46; 19:6). Faharoa, hahazo hery mihoatran'ny voajanahary hahatongavana ho vavolombelon'i Kristy ianao (Asa 1:8; 4:31).

Rehefa feno ny Fanahy Masina isika dia tsy maintsy mihazona ny fontsika ho mora voakasikin'ny Fanahy Masina hatrany. Izany no nataon'ireo kristiana tao amin'ny bokin'ny Asan'ny Apostoly. Nandritra ny fihaonana voalohany tao Jerosalema, ny apostoly sy ny loholona dia nandray fanapahan-kevitra mikasika ny handraisana ireo mpino jentilisa tao anatin'ny fiangonana. Izao no

nanombohan'izy ireo ny taratasy nalefany: "Fa sitraky ny Fanahy Masina sy izahay" (Asa 15: 28). Tiany ho fantatr'ireo mpamaky fa nihaino ny feon'ny Fanahy izy ireo talohan'ny nandraisany ny fanapahan-kevitra. Fomba iray hafa afaka manampy anao handeha sy hiaina ao amin'ny Fanahy ny fandaniana fotoana isan'andro ao anatin'ny fivavahana ao amin'ny Fanahy (Rom. 8:26-27; Efe. 6:18)[1].

## LAHARAM-PAHAMEHANA NY FITOMBOANA SY FIVELARAN'NY TENA MANOKANA

Ho fanampin'ny fahafantarana an'i Kristy sy ny fandehanana ao amin'ny Fanahy, ny pasitera Pentekôtista dia tsy maintsy manao laharam-pahamehana ny fitomboana sy fivelaran'ny tena manokana. Tsy maintsy miezaka manao izay tsara indrindra azonao atao ho an'ny Tompo ianao.

Rehefa nampitaha ny fiainana tamin'ny hazakazaka i Paoly dia nandondona ny mpino tao Korinto hikatsaka ny hatsarana. Nampahatsiaro azy ireo izy hoe: "Tsy fantatrareo va fa izay mihazakazaka eo amin'ny tany fihazakazahana dia samy mihazakazaka avokoa, nefa ny iray ihany no mahazo ny loka? Nampiany koa hoe: "Mihazakazaha toy izany mba hahazoanareo" (1 Kor 9:24). Tahaka izany koa no nambarany tamin'ny Kolosiana. "ary na inona na inona no ataonareo, dia ataovy amin'ny fo, tahaka ny ho an'ny Tompo, fa tsy ho an'olona" (Kol. 3:23).

Ny toetra mikatsaka hatsarana dia tsy nolovaina tamin'ny razambe na azo avy amin'ny fametrahan-tanana. Ny fanatrarana ny hatsarana ao anatin'ny asa fanompoana dia mitaky fifantohana, fanapahan-kevitra ary fifehezan-tena. Ny fikatsahana ny hatsarana dia tsy fiezahana ho tsara noho ny olona hafa fa fetezana ny ho tsara indrindra araka izay azo atao ao anatin'ny fanompoana ny Tompo.

Iray amin'ny sehatra tsy maintsy hikatsahan'ny pasitera Pentekôtista ny hatsarana ny fahazarany mianatra. Mampalahelo nefa fa pasitera Pentekôtista dia manana fironana manao tsinontsinona ny fianarana. Ny fahalalana ampitaina no tena omen'izy ireo lanja ary amaivaniny kosa ny fahalalana ianarana. Ny Baiboly

[1] Raha handalina bebe kokoa mikasika ny fiainam-bavakin'ny pasitera Pentekôtista ianao dia jereo ny Toko 8 "Laharam-pahamehan'ny vavaka".

nefa dia mampianatra fa "Ny fon'ny manan-tsaina mahazo fahalalana; Ary ny sofin'ny hendry mitady izany" (Ohab. 18:15).

Noho izany, amin'ny maha pasitera Pentekôtista, tsy maintsy mampitombo tsy mitsahatra ny fahalalanao ianao. Ao anatin'izany, tsy maintsy maharaka ny zavatra manan-danja eo amin'ny fiaraha-monina ianao. Amin'izay ianao afaka mampihatra ara-paminaniana ny fahamarinana ara-baiboly amin'ny fironana misy. Fanampin'izay, tsy maintsy ataonao fahazarana ny mamaky boky tsara nosoratan'ny mpanoratra tsara laza. Izany fahazarana izany dia hampitombo ny fahaizanao mandinika. Ny hatsarana amin'ny fianarana dia hanampy anao hamokatra asa fanompoana feno hatsarana.

## LAHARAM-PAHAMEHANA NY FIKARAKARANA NY TENA

Indray mandeha, nahatsapa harerahana mafy sy fanaintainana tamin'ny vatany ny pasitera Pentekôtista anankiray. Nandeha nanatona dokotera izy satria natahotra ho voan'ny aretina mitarika fahafatesana. Kanefa, rehefa natao ny fizaham-pahasalamana dia nambaran'ny dokotera fa aretina nahazo azy dia vokatrin'ny rarintsaina. Nasain'ny dokotera niala sasatra sy nihinana sakafo ara-pahasalamana izy. Nandaitra izany! Tsy ela izy dia natanjaka ka afaka nanao ny asa fanompoana.

Ny pasitera Afrikana dia malaza ho olona mahery miasa. Tsara izany. Kanefa, tokony ho malina izy ireo amin'ny fiezahana hanao ny zavatra rehetra ho an'ny olona rehetra. Ny pasitera sasatra dia ho tonga enta-mavesatra ho an'ny ankohonany sy ny fiangonany. Ny rarintsaina dia mety manimba ny fahafahan'ny pasitera mivavaka, mianatra ary mitoriteny. Mety hisy fiantraikany hatrany amin'ny fitondranteny imasom-bahoaka izany satria hahatonga azy ho olona varimbariana sy tsy mivaky loha. Raha mitohy izany dia hiteraka fahasorenana amin'ny fiangonana ka hahatonga rarintsaina hafa ho an'ny pasitera indray.

Tsy mety hiala sasatra ny pasitera Pentekôtista matetika. Mihevitra izy ireo fa raha maka fotoana hialan-tsasatra dia tsy mahatoky amin'ny antsony. Jesosy nefa dia nahatakatra tsara ny ilàna ny fialan-tsasatra. Indray andro, izao no nolazainy tamin'ny mpianany: "Avia ianareo hitokana any an-tany foana, ka mialà sasatra kelikely" (Marka 6:31). Tokony hotadidin'ireo pasitera mafana fo fa Andriamanitra dia nitsahatra tamin'ny famoronana tamin'ny andro fahafito (Gen.

2:2). Tsy noho ny hasasarany akory no nanaovany izany fa mba hanomezana ohatra ho an'ny olombelona. Hoy i Jesosy: "Ny Sabata no natao ho ny olona, fa tsy ny olona ho an'ny Sabata" (Marka 2:27). Namorona ny Sabata Andriamanitra mba hahafahan'ny Olony manome voninahitra ny Mpamorona azy sy mba hananany fotoana hamerenana ny tanjaka ilainy amin'ny fiatrehana ny fiainana. Ny tsy fanajana ny fitsipika fototrin'ny Sabata fitsaharana dia hitondra tsy fahombiazana ho an'ny asa fanompoana. Araka izany, ny pasitera Pentekôtista dia tsy maintsy manokana andro iray isan-kerinandro hialan-tsasatra sy hamerenana ny heriny. Tokony hampafantariny ny olona fa miala sasatra izy amin'io andro io, io no Sabatany. Tokony holanian'ny pasitera amin'ny fialam-boly sy amin'ny fiarahana amin'ny vady aman-janany ny fotoanany amin'io. [2]

## LAHARAM-PAHAMEHANA NY FAHAMASINAN'NY TENA MANOKANA

Indray mandeha, nisy lahatsoratra niseho tamin'ny gazety tany Afrika Atsinanana nilaza fa nisaraka tamin'ny vadiny ny pasitera anankiray satria tratrany nijangajanga ilay ramatoa. Tsy nety namela heloka izy ary nisafidy ny hanambady olona hafa. Rehefa nahita ny nataon'ilay pasitera ny lehilahy iray dia niteny tamin'ny vadiny hoe: "Ny vadin'i pasitera aza nisarahany, mihevitra ny tenanao ho iza ianao?" Nisarahan-dralehilahy ny vadiny ary nampakatra hafa ihany koa izy. Amin'ny maha pasitera anao, ny hetsika ataonao, na tsara na ratsy dia tsy azonao ihodivirana fa tsy maintsy misy fiantraikany amin'ny olona tarihanao.

Amin'ny maha pasitera Pentekôtista, Andriamanitra dia miantso anao ho ohatra amin'ny fiainana. Izao no nosoratan'i Petera: "fa araka ny fahamasinan'ilay niantso anareo, dia aoka mba ho masina koa ianareo amin'ny fitondran-tena rehetra, satria voasoratra hoe: "Ho masina ianareo, satria masina Aho" (1 Pet. 1:15-16). Paoly dia nanoratra fa ny mpitandrina dia tsy maintsy: "tsy manan-tsiny, manam-bady tokana, mahonon-tena, hendry, tia filaminana...tsy mpimamo lian'ady" (1 Tim. 3:2-3). Nampiany koa fa ny mpitandrina dia "tsy maintsy ho tsara laza koa amin'izay eny ivelany izy" (and. 7). Tamin'i Titosy dia nilaza ny

[2] Hitanao ao amin'ny toko 13 ny fanazavana bebe kokoa mikasika "Fiainana voatantana tsara".

apostoly fa ny mpitandrina dia "tsy maintsy ho tsy manan-tsiny...tia ny tsara, mahonon-tena, marina, masina, mahonom-po" (Tit. 1:7-8).

Eto Afrika, ny pasitera dia tena hajaina dia hajaina tokoa. Misy fiantraikany mivantana sy ankolaka amin'ny olona izy ireo. Mitaona olona mivantana amin'ny alalan'ny teny – amin'ny alalan'izay lazainy izy ireo. Fa ny zavatra ataon'ny pasitera no tena misy fiatrakany kokoa noho izay lazainy. Hoy ny mpikambana iray tao am-piangonana tamin'ny pasiterany: "Miteny mafy loatra ny ataonao ka tsy henoko izay lazainao". Noho izany, ny pasitera Pentekôtista dia tsy mametraka ny fiainana amin'ny fahamasinana ho laharam-pahamehana faratampony eo amin'ny fiainany.

## LAHARAM-PAHAMEHANA NY FITANTANANA NY FOTOANA

Ny Pentekôtista dia manome lanja ny tsy nampoizina sy ny tora-po rehefa ao anatin'ny fiderana. Ankasitrahan'izy ireo tokoa ny fidirana an-tsehatrin'ny Fanahy Masina tampoka. Tsara avokoa ireo ary tsy tokony hialana. Kanefa, ny pasitera Pentekôtista dia tsy tokony hampiasa azy ireo ho fialan-tsiny amin'ny tsy fahaizana mitantana fotoana. Tahaka ny fitantananao ny vola apetrak'Andriamanitra eo an-tananao, ianao ihany koa dia mpitantana ny fotoana omen'Andriamanitra anao. Tsy maintsy manokana ny tenanao amin'ny fitantanana amim-pahombiazana ny fotoana ianao.

Ny pasitera sasany dia tsy mahafehy tena mihitsy eo amin'ny lafiny fotoana, hany ka tara mandrakariva rehefa mamonjy fivoriana sy fotoana. Ireny pasitera ireny dia modely ratsy ho an'ny olona tarihany. Ny fitondrantena tsy mivaky loha dia mahatonga ny pasitera sasany tsy atokisan'ny olona. Tonga kolontsainan'ny fikambanana tarihan'ny pasitera mihitsy nefa io tsy fahaizana mitantana fotoana io hany ka manakana ny fandrosoany.

Ankoatr'izany, ny fahaizana mitantana fotoana dia mahatonga anao afaka mitarika ny fiangonana amim-pahombiazana kokoa. Hahatonga anao afaka manokana fotoana hianarana, hitantanana ny raharaha, hamangiana, hanoloran-tsaina ary hisahanana ny momba ny ankohonanao. Ireto hetsika manaraka ireto dia tafiditra ao anatin'ny fahaizana mitantana fotoana: famentrahana tanjona tratrarina isan'andro, fanaovana lisitrin'ny zavatra atao, fandaharana ny asa hatao araka ny

lanjany sy ny hamehana, ary fametrahana fe-potoana hanatanterahana ny asa tsirairay.

Amin'ny maha pasitera Pentekôtista, tsy maintsy manana tanjona mikasika ny fomba fiainanao sy fitondranao ny asa fanompanao ianao. Tsy maintsy amim-pandinihana no hametrahanao ny laharam-pahamehana ho an'ny tenanao manokana. Tsy maintsy miezaka miaina ireo laharam-pahamehana ireo ihany koa ianao. Raha hanao izany ianao dia sady hotahiana no afaka hitarika tsara ny olona tarihanao.

*Fizarana 2 : Ny laharam-pahamehan'ny pasitera Pentekôtista*

## ~ Toko 7 ~

# Laharam-pahamehana ao anatin'ny ankohonana

Nozarain'ny pasiteran'ny fiangonana lehibe iray tany Afrika Atsinanana ny tantara mampalahelo niainan'ny raibeny avy amin'ny mamany. Nandritran'ny taona maro io raibeny io no nitandrina fiangonana Pentekôtista. Kanefa, indray andro, nilaozany ny ankohonany sy ny finoany ary naka vady telo hafa izy. Noho io tsy fahombiazana nampivarahontsana io, tsy nisy nanaraka ny Tompo ny zanany afa-tsy ny renin'ilay pasitera ihany. Hoy izy nitantara: "Izaho dia vokatrin'ny fahatokian'ny reniko. Izy no nandresy lahatra ahy hanaraka ny Tompo". Amin'izao androntsika izao, ny hahafantarana io pasitera io dia ny fitoriana sy fampianarana mikasika ny ankohonana.

Mampalahelo kanefa marina fa na dia ny pasitera Pentekôtista aza matetika dia manana olana ao anatin'ny fanambadiana sy amin'ny zanany. Noho izany, tsy maintsy mametraka ny fikolokoloana ny fifandraisana amin'ny ankohonany ho laharam-pahamehana izy ireo. Ho an'ny pasitera, ny fahombiazany eo amin'ny fiainan-tokantrano dia tena fahombiazana mahafinaritra, ary tsy fahombiazany ao dia tena tsy fahombiazana tanteraka. Ny toko roa nojerentsika teo aloha dia miresaka mikasika ny laharam-pahamehana ao anatin'ny asa fanompoana sy ho

an'ny tena manokana. Izao indray isika hifantoka amin'ny laharam-pahamehana ao anatin'ny ankohonana.

## FIFANDANDRAISANA AO ANATIN'NY ANKOHONANA

Ny Baiboly dia miresaka mikasika ny fifandraisan'ny pasitera amin'ny ankohonany. Izao no nosoratan'i Paoly mikasika izany: "manapaka tsara ny ankohonany, mampanaiky ny zanany amin'ny fahamaotinana tsara". Avy eo, nametraka fanontaniana fampieritreretana ny apostoly hoe: "fa raha misy olona tsy mahay mitondra ny ankohonany, hataony ahoana no fitandrina ny fiangonan'Andriamanitra?" (1 Tim. 3:4-5). Ny Baiboly dia manome toromarika samihafa ho an'ny lehilahy, ny vehivavy ary ny ankizy izay mihatra amin'ny tokantranon'ny pasitera ihany koa (jereo ny Gen. 2:24; Marka 10:6-9; 1 Kor. 11:3; Efe. 5:22-33; 6:1-4; Kol. 3:18-21; 1 Pet. 3:1-7).

### Lamina ara-baiboly

Amin'ny maha pasitera Pentekôtista, ny tokantranonao dia tsy maintsy mifanaraka amin'ny Soratra Masina. Rehefa mifanohitra ny kolontsaina sy ny Soratra Masina, tsy maintsy manaiky ity farany ianao ary manao izay hahatonga ny vadinao sy ny zanakao hiaina araka ny fampianaran'ny Tenin'Andriamanitra.

Ohatra, ny ankamaroan'ny kolontsaina Afrika dia mametraka ny lehilahy ho mpanapaka tsy refesi-mandidy ao anatin'ny ankohonana. Ny teniny, na mety na tsy mety dia tsy azo iadian-kevitra. Jesosy kosa nefa naneho fomba fitarihana hafa tanteraka. Izao no nolazainy momba ny tenany: "Fa ny Zanak'olona tsy tonga mba hotompoina, fa mba hanompo ka hanolotra ny ainy ho avotra hisolo ny maro" (Marka 10:45).

Araka izany, nasehon'ny Tompo tamin'ny alalan'ny fiainana ny endrika fitarihana tiany harahan'ny lehilahy kristiana manambady. Ny fitarihanao ny vady aman-janakao dia tokony homarihan'ny fanetren-tena sy ny tsy fitiavan-tena. Nataon'i Paoly miendrika fampaherezana ho an'ny lehilahy io fitarihana manompo io: "Hianareo lehilahy, tiava ny vadinareo, dia tahaka ny nitiavan'i Kristy ny fiangonana ka nanolorany ny tenany hamonjy azy" (Efe. 5:25).

Nosoritan'i Paoly mazava tsara ny tokony ho fandaminana ao anatin'ny tokantrano kristiana: "Fa ny lahy no lohan'ny vavy, dia tahaka an'i Kristy koa no

Lohan'ny fiangonana; ary Izy no mpamonjy ny tena" (Efe. 5:23). Ny amin'ny boky hafa dia hoy izy: "Hianareo lehilahy, tiava ny vadinareo. ary aza sosotra aminy. Hianareo zanaka, maneke ny ray aman-dreninareo amin'ny zavatra rehetra; fa ankasitrahana ao amin'ny Tompo izany. Hianareo ray, aza mampahasosotra ny zanakareo, fandrao mamoy fo izy" (Kol. 3:19-21). Ao anatin'ny tontolo voarindra tahaka izany, hitombo ny fanambadianao ary hahomby ny zanakao.

**Fifanekena**

Ny Baiboly dia mampianatra fa ny fifandraisana eo amin'ny mpivady dia tokony homarihan'ny fifanekena. Nanoratra i Paoly fa ny lehilahy sy vehivavy dia tokony "mifanaiky amin'ny fahatahorana an'i Kristy" (Efe. 5:21). Na dia ny lehilahy aza no lohan'ny vehivavy, tsy maintsy manao tahaka an'i Jesosy izy: vonona hampandefitra ny tenany manoloana ny zavatra ilain'ny vadiny sy hanompo azy amin'ny fanetren-tena. Ny vehivavy ihany koa dia tsy maintsy manao tahaka izany. Ny fanompoanao ny ankohonanao amin'ny fanetren-tena dia tsy mampihen-danja ny maha pasitera anao fa maika aza manome lanja anao eo imason'ny fiangonana sy ny fanetren-tena.

**Fitiavana sy Fanajana**

Fanampin'izany, ny fifandraisanao amin'ny ankohonanao dia tokony homarihan'ny fifankatiavana sy ny fifanajana. Nampahery ny lehilahy i Paoly: "Hianareo lehilahy, tiava ny vadinareo, dia tahaka ny nitiavan'i Kristy ny fiangonana ka nanolorany ny tenany hamonjy azy" (Efe. 5:25). Nampiany koa hoe: "Na dia izany aza, samia tia ny vadiny tahaka ny tenany ianareo lehilahy rehetra" (and.33). Marina ihany koa ny mifanohitra amin'izany, ny vehivavy dia tsy maintsy tia ny vadiny, ary ny lehilahy kosa tsy maintsy manaja ny vadiny. Raha manao izany ny ankohonan'ny pasitera dia ho tonga fakantahaka ho an'ny hafa.

**Fahamarinana**

Ny fifandraisana ao anatin'ny ankohonanao ihany koa dia tsy maintsy marihan'ny fahamarinana. Midika izany fa tsy maintsy olona iray ihany ianao ao an-trano sy any ampahibemaso. Tsy maintsy maneho fahalianana amim-pahitsiana amin'izay mitranga eo amin'ny fiainan'ny vadinao sy ny zanakao ianao. Feon'ny

ray aman-dreniny no tsy maintsy henon'ny zanakao ao an-trano fa tsy feon'ny mpitoriteny izay tsy mahalala izay marina momba ny fiainany.

## FANAMBY HO AN'NY PASITERA VEHIVAVY

Teny ho an'ny pasitera vehivavy sy ny ankohonany no hozaraiko eto. Ny pasitera vehivavy manambady atỳ Afrika dia ao anatin'ny toerana manokana sy misy fanamby. Nantsoin'Andriamanitra hitarika fiangonana izy ireo, kanefa, raha ao an-tokantrano dia nantsoina kosa hanaja ny vadiny sy hanaiky ny fahefany. Mety ho sarotra ny mitantana izany.

Fanampin'izany, ny ankamaroan'ny kolontsaina Afrikana dia manohitra ny fitarihan'ny vehivavy, na dia efa misy ihany aza ireo toerana nanova ny toetrany. Noho izany, misy ireo mpikambana ao amin'ny fiangonana tsy dia mavitrika loatra amin'ny fanarahana ny fitarihan'ny pasitera vehivavy na amin'ny famelana azy hanatanteraka ny sasany amin'ny andraikitra maha pasitera.

Araka izany, tena zava-dehibe ny hanohanan'ny lehilahy manambady pasitera vehivavy ny vadiny ao anatin'ny asa fanompoana. Tsy maintsy manana fanetren-tena izy ary manaiky hanohana azy amin'ny fomba samihafa na dia mifanohitra amin'ny kolontsainan'ny fiaraha-monina aza izany. Ohatra, noho ny habetsakin'ny zavatra sahaniny, ilaina tokoa ny hanetren'ny lehilahy tena hanampy azy amin'izay rehetra azony anampiana. Ny pasitera vehivavy kosa nefa tsy tokony hampiasa ny asa fanompoana ho fialan-tsiny amin'ny fanaovana tsirambina na fanamaivanana ny andraikiny amin'ny vady sy ny zanany.

Hitaky fahamatorana sy fahaizana mifandrindra avo lenta avy amin'ny pasitera vehivavy sy ny vadiny izany. Tsy maintsy mametraka ny fifandraisany ho ambony noho ny zavatra rehetra izy mivady ary mianatra mifampiserasera araka ny tokony ho izy.

## MITANTANA TSARA NY ANKOHONANA

Ny pasitera Pentekôtista dia sady tsy maintsy mitantana tsara ny fiangonana no mitantana tsara ny ankohonany. Araka ny efa nomarihana teo ambony, Paoly dia nampahatsiaro an'i Timoty fa ny mpitandrina dia tsy maintsy "manapaka tsara ny ankohonany, mampanaiky ny zanany amin'ny fahamaotinana tsara" (1 Tim.

3:4). Taorian'io izy dia nanoratra tamin'i Titosy fa ny loholona dia tsy maintsy "tsy manan-tsiny, dia lehilahy manambady tokana, manana zanaka mino izay tsy mba ampangaina ho mpanaram-po amin'ny ratsy na ho maditra" (Tit. 1:6).

Tafiditra ao anatin'io andraikitra lehibe io ny fitarihana, ny fiarovana ary ny fikarakarana ny vady aman-janaka. Ny Baiboly dia mampianatra ny lehilahy hifandray amin'ny vadiny tahaka ny ifandraisan'i Kristy amin'ny fiangonana (Efe. 5:25-27). Ambonin'izany, tsy maintsy mitaiza ny zanany amim-pitiavana, tahaka ny ataon'ny Ray any an-danitra aminy ihany koa izy. Izao no torohevitrin'ny olon-kendry: "Zaro amin'izay lalana tokony halehany ny zaza, Ka na rehefa antitra aza izy, dia tsy hiala amin'izany" (Ohab. 22:6).

Amin'ny maha pasitera Pentekôtista, ny fitarihanao ny ankohonanao dia tokony hahitana hetsika telo:

### Fampandrosoana ara-panahy

Voalohany, tsy maintsy mihevitra ny fandrosoan'ny ara-panahin'ny ankohonanao ianao. Tahaka an'i Joba, tsy maintsy mitarika amim-pandinihana ny ankohonanao amin'ny zavatra ara-panahy ianao (Joba 1:4-5). Fomba iray hahafahany manao izany ny fahatokiana amin'ny fotoam-bavaka iarahanao amin'ny ankohonanao. Ao anatin'io fotoana io no ampianaranao ny zanakao hivavaka sy hamaky ary hanao tsianjery Soratra Masina. Tsy maintsy ataonao azo antoka fa nanaiky an'i Kristy ho Mpamonjiny ny zanakao ary vita batisa amin'ny Fanahy Masina.

### Fampandrosoana ny tena

Faharoa, tsy maintsy miandraikitra ny fampandrosoana ny tsirairay ao anatin'ny ankohonanao ianao. Ny tanjonao sy ny vadinao dia ny hamolavola ny zanakareo ho tonga olon-dehibe matotra, kristiana feno fanokanan-tena ary olom-pirenena mamokatra. Fanampiny, tokony hampianatra ny ankizy ny fomba fitantanana vola amim-pahendrena ianao. Rehefa mitombo ny zanakao ka mihamatotra dia tokony havelanao hanampy anao amin'ny fitantanana ny vola ao an-tokantrano. Amin'izay izy ireo mianatra ny maha samihafa ny zavatra ilaina sy ny zavatra irina.

**Fampandrosoana ara-piaraha-monina**

Farany, ianao sy ny vadinao dia tokony hitaiza ny zanakareo amin’ny lafiny ara-piaraha-monina. Ny fiainana ao an-tokantrano dia tokony ho tontolo hahafahan’ny ankizy mitombo amin’ireo fahaiza-manao ilaina eo amin’ny fiaraha-monina. Tsy maintsy ampianarinao hanavaka ny namana tsara sy ny namana ratsy izy ireo. Tsy maintsy ampianarinao azy ireo ihany koa ny fomba fifandraisana amin’ny olona avy amin’ny sarangam-piainana samihafa eo amin’ny fiaraha-monina.

## LAHARAM-PAHAMEHANA AMIN’NY VADY

Ny Baiboly dia miresaka mazava mikasika ny andraikitrin’ny lehilahy eo anatrehan’ny vehivavy. Mazava ho azy fa mihatra amin’ny pasitera Pentekôtista ihany koa ireo andraikitra ireo. Amin’ny maha lehilahin’Andriamanitra, ireto avy ny andraikitrao amin’ny vadinao:

**Maneho fitiavana**

Izao no nosoratan’i Paoly ho an’ny lehilahy: “tiava ny vadinareo, dia tahaka ny nitiavan'i Kristy ny fiangonana ka nanolorany ny tenany hamonjy azy” (Efe. 5:25). Ny fitiavan’i Kristy ny fiangonana dia nanao sorona sady tsy nisy fitiavan-tena. Tokony ho tahaka izany koa ny fitiavanao ny vadinao. Ny fitiavanao ny vadinao dia tokony hambaranao na eny ampahibemaso na ao an-tokantrano. Rehefa mitokana miaraka aminy ianao dia tokony hilaza aminy matetika hoe “tiako ianao”. Rehefa eny imasom-bahoaka, tokony tsy hisalasala ianao hilaza fa tianao ny vadinao. Ohatra, afaka miteny amin’ny fiangonana ianao hoe “voatahy manokana aho satria miaraka amiko eto ny vadiko androany. Tena vady mahatalanjona sy reny mahafinaritra ho an’ny zanakay izy. Tena tiako izy”.

Ireo hetsika ireo sy ny maro hafa mitovy amin’izany dia hanampy anao hanamafy ny fifamatorana eo aminao sy ny vadinao ary aminao sy ny fiangonana. Tokony hasehonao amin’ny alalan’ny hetsika ihany koa ny fitiavanao: miteny amim-pahalemem-panahy; mametraka azy lohalaharana amin’ny zavatra rehetra, ary manampy azy amin’ny andraikitra sahaniny.

## Manolotra fanohanana

Ny andraikitrao faharoa, amin'ny maha pasitera Pentekôtista anao dia ny miahy sy manohana azy ireo. Hoy i Petera amin'ny lehilahy: "Ary toy izany koa, ianareo lehilahy, miaraha mitoetra aminy araka ny marina, manaja ny vavy" (1 Pet. 3:7).

Amin'ny maha lehilahy kristiana anao dia takiana ny hanohananao ara-materialy ny vadinao sy ny zanakao amin'ny alalan'ny fanomezana azy ireo trano fonenana, sakafo ary fitafiana. Na dia manampy anao amin'izany zavatra izany aza ny vadinao sy ny zanakao efa lehibe, ianao raim-pianakaviana no tompon'andraikitrao voalohany.

Iray amin'ny fomba hahafahanao manohana ny vadinao ny fanampianao azy hanatanteraka ny antsony ho amin'ny asa fanompoana. Izao no tokony ho filamatrao: "Raha tsy afaka manampy ny vadiko hanatratra ny hery anaty ananany aho, ahoana no hahafahako manampy ny fiangonana hanao tahaka izany"? Mba hahatanteraka izany, mila manaiky amin-kahalalahana ianao fa Andriamanitra dia nametraka antso ho an'ny fiainan'ny vadinao, tahaka ny nametrahany antso ao amin'ny fiainanao. Tsy maintsy miara-mivavaka sy mikatsaka tolotsaina aminy ianao ary manampy azy hahafantatra sy hanaraka ny antson'Andriamanitra ao amin'ny fiainany.

## Manome fiarovana

Ny andraikitrao fahatelo dia ny miaro ny vadinao amin'ny fanafihana ara-batana, ara-pihetseham-po ary ara-panahy. Ny tena fototra amin'ireo telo ireo dia ny fiarovana ara-batana. Ny Baiboly dia miantso ny vehivavy hoe "fanaka malemilemy kokoa" rehefa ao anatin'ny fifandraisana fanambadiana (1 Pet. 3:7). Satria ianao no matanjaka aminareo, andraikitrao ny miambina ny vadinao amin'ny fotoana rehetra ary tokony ho vonona hiaro azy ara-batana amin'ny loza rehetra ianao. Ny fahafantarana izany dia mahatonga azy mahatsapa voaaro sy manan-danja.

Manaraka, tsy maintsy miaro ny vadinao amin'ny ratra ara-pihetseham-po ianao. Mampalahelo fa ny vadin'ny pasitera matetika no tena kendren'ny fitsikerana. Ny fianakavian'ny lehilahy sy ireo mpikambana mbola ara-nofo ao am-piangonana matetika no mitsikera ny vadin'i pasitera sy ny zanany. Ny hafa

indray tsy mba mankasitraka velively ny zavatra rehetra ataony. Mety mandratra azy izany. Tokony ho azonao an-tsaina izany zavatra rehetra mitranga ao ampiangonana izany ary tokony hiaro ny vadinao sy hanohana azy ara-pihetsehampo araka izay ilainy ianao.

Farany, satria ny vadin'ny pasitera no voalohany kendren'i Satana, tsy maintsy miaro azy ara-panahy ihany koa ianao. Azonao atao ny manisy fefy manodidina azy amin'ny alalan'ny vavaka. Ary raha ilaina, aoka hijoro eo amin'ny banga eo anelanelany sy ny fahavalo ianao (Ezek. 22:30).

## LAHARAM-PAHAMEHANA AMIN'NY ANKIZY

Ny pasitera Pentekôtista dia tsy maintsy manao laharam-pahamehana ny zanany. Aorian'ny andraikitra hitia sy hiahy ny vadiny, ny andraikiny dia ny mitia sy miahy ny zanany. Tokony hiahy azy ireo tahaka ny fiahian'ny Ray any andanitra ny tenany izy. Ny andraikiny dia voafintina ao anatin'ny hoe "tezao amin'ny famaizana sy ny fananaran'ny Tompo izy" (Efe. 6:4).

Amin'ny maha lehilahin'Andriamanitra sy raim-pianakaviana kristiana, telo ny andraikitrao voalohany eo anatrehan'ny zanakao.

### Maneho ny fitiavan'Andriamanitra

Voalohany, tsy maintsy maneho ny fitiavan'Andriamanitra amin'ny zanakao ianao. Amin'ny alalan'ny fandinihana ny rainy no hampitomboan'ny ankizy ny fahatakarany ny momba an'Andriamanitra. Raha tsara fanahy sy be fitiavana ny rainy eto an-tany dia tahaka izany koa no hahitany ny Rainy an-danitra: be fitiavana sy tsara fanahy. Raha mampahory ny rainy eto an-tany, dia tahaka izany koa no fijerin'ny ankizy an'Andriamanitra. Rehefa maneho ireo toetra araka an'Andriamanitra toy ny fitiavana, fanajana, fanompoana ary fatokiana ianao dia horaisin'ny zanakao tsara ny toromarika sy ny fanitsiana omenao azy ao antokantrano. Ny Baiboly dia nanome famaritana ny toetran'ny tena fitiavana:

> "Ny fitiavana mahari-po sady mora fanahy; ny fitiavana tsy mialona, tsy mirehareha, tsy mieboebo, tsy manao izay tsy mahamendrika, tsy mitady ny azy, tsy mora sosotra, tsy manao otri-po, tsy mifaly amin'ny tsi-fahamarinana, fa miara-mifaly amin'ny fahamarinana kosa, mandefitra ny zavatra rehetra, mino ny zavatra rehetra, manantena ny zavatra rehetra, maharitra ny zavatra

rehetra. Ny fitiavana tsy ho levona mandrakizay; fa raha ny faminaniana, dia ho levona; na ny fiteny tsy fantatra, dia hitsahatra; na ny fahalalana, dia ho foana" (1 Kor. 13:4-8).

Io karazana fitiavana io no tokony hasehonao ny zanakao.

**Mitarika azy ireo ho an'i Kristy**

Ankoatran'ny fanehoana ny fitiavan'Andriamanitra, tsy maintsy mitarika ny zanakao amin'ny fifandraisana manokana amin'i Jesosy Kristy ianao. Ny fotoana tsara indrindra hanaovana izany dia mandritra ny fotoambavakin'ny ankohonana. Ao anatin'ireny fotoana ireny, afaka manolotra ny drafitrin'ny famonjena amin'ny zanakao ianao. Avy eo, amin'ny fotoana mety, afaka miara-mivavaka amin'izy ireo ianao raha vonona hanaiky an'i Kristy ho Mpamonjinao. Aorian'izay, zava-dehibe ny hanambaran'ny ankizy ampahibemaso ny fanokanan-tenany ho an'i Kristy amin'ny alalan'ny fijoroana vavolombelona sy ny batisa amin'ny rano. Tokony hijery fotoana fanararaotra hitarihana ny ankizy ao amin'ny batisa amin'ny Fanahy Masina ihany koa ianao. Tokony hampahery azy ireo hizara ny finoany amin'ny namany[1]

**Mamolavola ny toetran'izy ireo**

Tokony hanana drafitra mazava entina mamolavola ny toetran-janakao ianao. Ianao sy ny vadinao no tsy maintsy mampianatra ny zanakareo hanavaka ny tsara sy ny ratsy ary maneho aminy ny fomba hifadiana ny ratsy araka ny voalazan'ny Soratra Masina: "Fadio ny fanao ratsy rehetra" (1 Tes. 5:22). Tokony hampianatra ny zanakao hahalala fomba, ho tsara fanahy ary hanaja ny manam-pahefana ianao. Fanampin'izany, ampianaro azy ireo ihany koa ny maha zava-dehibe ny fahamarinana sy ny asa mafy. Ireo toromarika ireo dia hanampy azy ireo hahomby amin'ny fiainana.

---

[1]Raha te hahafantatra bebe kokoa ny fomba hanatanterahana izany dia jereo ny Toko 20: "Fitarihana ny mpino amin'ny Batisa amin'ny Fanahy Masina".

Amin'ny alalan'ny fandehanana amin'ny fiainam-pahamasinana ao an-tokatrano sy amin'ny firesahana amim-pandinihana ny lafiny fitondrantena amin'ny ankizy no hahafahanao manatanteraka izany. Rehefa hitan'ny zanakao fa miaina amin'ny fahamarinana tokoa ianareo mivady dia hanaraka an-tsitrapo ny lalanareo izy. Amin'ny fotoana tsy maintsy hanitsianao azy ireo amim-pitiavana, ny zanakao dia hiala amin'ny hadalana sy ny fomba amam-panao manimba izy ireo (Ohab. 29:15).

## FANAMPIANA NY FIANAKAVIANA

Tsy maintsy maneho fitiavana ny fianakavianao sy ny fianakavian'ny vadinao ianao. Tafiditra ao anatin'io fianakaviana io ny ray aman-dreny, ny rahalahy sy anabavy, ny zanakin'ny mpiray tampo, ary ny hafa ao anatin'ny fianakaviana. Hoy i Paoly: "Fa raha misy tsy mamelona ny azy, indrindra fa ny ankohonany, dia efa nandà ny finoana izy ka ratsy noho ny tsy mino aza" (1 Tim. 5:8).

Kanefa, misy fotoana ny fangatahan'ny fianakaviana mifanohitra amin'ny Soratra Masina. Ohatra: mety mitady handidy anao hanatanteraka fanao mifanohitra amin'ny Baiboly toy ny fomba fanatanterahana ny famorana na ny fanomezana anaran-jaza vao teraka ny ankohonanao. Amin'ny fotoana tahaka izany, tsy maintsy mandà izany amim-pitiavana sy amim-pahamatorana ianao.

Mety hisy ihany koa mpikambana ao amin'ny fianakaviana hametraka adidy mavesatra aminao sy ny ankohonanao toy ny fiarahana mipetraka ao an-tokantranonao mandritra ny fotoana maharitra. Vokatr'izany, tonga enta-mavesatra ho an'ny ankohonanao izy ireo na ara-bola, na ara-tsaina na ara-pihetseham-po. Ny vadin'i pasitera moa no tena mizaka izany. Sady mampitombo ny asany izany no mandreraka azy. Noho izany, amin'ny maha lohan'ny tokantrano, ianao no tsy maintsy mandray an-tanana izany toe-draharaha izany sy mametraka sisin-tany salama ho tombontsoan'ny ankohonanao.

Tokony hotsaroanao mandrakariva ny fampitandremana nomen'i Paoly an'i Timoty izay milaza fa tsy maintsy miahy ny fianakaviana ny olona iray, "indrindra fa ny ankohonany". Amin'ny maha kristiana, ny andraikitrao voalohany dia tsy ny fianakaviana fa ny vadinao sy ny zanakao. Araka izany, ilaina ny mampahatsiaro ny fianakaviana nanao fahadisoana fa hoy Baiboly: "mba hialanareo amin'ny

rahalahy rehetra izay tsy mitoetra tsara” (2 Tes. 3:6), ary koa “Raha misy tsy mety miasa, dia aoka tsy hihinana izy” (and.10).

Tsy tokony hamaly mandrakariva ny fangatahan’ny fianakaviana ianareo mivady. Tsara kokoa raha faritanareo tsara ny karazana fanampiana azonareo atolotra azy ireo. Ao anatin’izany, tsy maintsy mifanara-kevitra ny amin’izay taridalana ho entina mamaritra izay hatao ianareo: “Iza no hanapa-kevitra ny amin’izay lafin-kavana hampiana? Ary, hafiriana no faharetan’ny hanampiana azy?

Ny tena tanjonao eo anatrehan’ny fianakaviana dia ny ho fanasina sy fahazavana ho azy ireo. Mety hisy fotoana ianao manaiky loatra ny kolontsaina ka tonga tsy mahomby ao amin’ny asa fanompoana. Noho izany, tokony hiezaka hampifandanja ny fanekena hanampy sy ny fandavana hanampy ianao. Ao anatin’izany rehetra izany koa nefa ianao miezaka ny ho vavolombelona tsara eo anatrehan’ny ankohonanao.

---

Amin’ny maha pasitera Pentekôtista, Andriamanitra dia niantso anao hitarika ny fiangonana amin’ny fanatanterahana ny irak’Andriamanitra. Kanefa, ny fanaovana izany dia tsy tokony hahatonga anao hanamaivana ny ankohonanao. Tsy tokony hisy mandrakizay ny fotoana hitenanao hoe: “nahababo ny very ho an’i Kristy aho, kanefa very ny ankohonako”

*Fizarana 2 : Ny laharam-pahamehan'ny pasitera Pentekôtista*

## ~ Toko 8 ~

# Laharam-pahamehan' ny vavaka

Nankany amin'ny trano-lay fihaonana tany ivelan'ny toby i Mosesy mba hivavaka satria efa fanaony izany. Isakin'ny hitan'ny olona manao izany izy dia mampitsahatra ny zavatra ataony avokoa izy rehetra ary mitsangana sy mijanona eo anoloan'ny varavaran'ny lainy avy mandra-piditr'i Mosesy ao anatin'ny lay. Rehefa mivavaka i Mosesy dia midina ny andri-rahona ka mijanona teo anoloan'ny varavaran'ny lay. Rehefa mahita izany ny olona dia talanjona ka miankohoka manome voninahitra an'Andriamanitra. Nahery izy ireo satria fantany fa miresaka amin'Andriamanitra ny mpitarika azy. Nisy fiantraikany tamin'i Josoa, mpanampy an'i Mosesy izany fanao izany. Manaraka an'i Mosesy eny amin'ny trano-lay fihaonana izy ary mijanona maharitra eo rehefa lasa i Mosesy. Te hitovy amin'ny mpampiofana azy izy (Eks. 33:8-11).

Tsy misy zavatra manandratra ny fiangonana tahaka ny pasitera mivavaka. Ny devoly dia tsy matahotra ny fahaizana amam-pahalalana ananantsika. Tsy matahotra ny haben'ny teti-bolan'ny fiangonantsika na ny hatsaran'ny trano fivoriantsika izy. Ny atahoran'ny devoly dia ny vavaka ataontsika. Mangovitra ny devoly sy ny demonia miaraka aminy rehefa mandohalika ao anatin'ny hosotrin'ny Fanahy Masina ny vahoakan'Andriamanitra ka mivavaka amin'ny finoana. Na dia tsy mahavita ny tsara indrindra amin'ny zavatra hafa rehetra aza ny pasitera Pentekôtista, tsy maintsy manao ny tsara indrindra izy amin'ny vavaa.

## FOMBA FIAINA NY VAVAKA

Ilay mpitondra fanavaozana lehibe antsoina hoe Martin Luther dia niteny tahaka izao indray andro: “Tsy azo eritreretina toy ny ho velona tsy mifoka rivotra ny ho kristiana kanefa tsy mivavaka”. Izay marina amin’ny mpino tsirairay ao amin’i Kristy dia tsy maintsy marina avo roa heny amin’ny pasitera Pentekôtista. Tsy afaka manao asa fanompoana amin’ny maha pasitera Pentekôtista marina ny olona iray raha tsy manana fiainana feno fanokanan-tena amin’ny vavaka. Nampianatra ny mpianany i Jesosy: “fa tsy mety raha tsy mivavaka mandrakariva izy ka tsy reraka” (Lio. 18:1).

Amin’ny maha pasitera Pentekôtista, tsy maintsy mametraka an’i Jesosy ho fakantahaka ianao. Ny fiainana sy ny asa fanompoan’ny Tompo dia nilomano tanteraka tao anatin’ny vavaka. Hoy i Lioka nitantara izany: “Ary niala teo Izy, dia nitoetra tany an-efitra ka nivavaka” (Lioka 5:6). Indray mandeha koa: “Ary tamin'izany andro izany dia lasa nankany an-tendrombohitra Jesosy mba hivavaka; ary naharitra nivavaka tamin'Andriamanitra nandritra ny alina Izy” (6: 12). Tamin’ny fotoana hafa indray: “Ary rehefa tokony ho havaloana taorian'izany teny izany, dia nitondra an'i Petera sy Jaona ary Jakoba Izy ka niakatra tany an-tendrombohitra hivavaka” (9:28). Izao no azo lazaina, nivavaka mandrakariva i Jesosy. Tahaka an’i Jesosy, mba hahafahanao mitarika ny vahoakan’Andriamanitra, tsy maintsy lehilahy na vehivavy mivavaka mandrakariva ianao. Tsy afaka manao asa fanompoana ao amin’ny herin’ny Fanahy ny olona raha tsy manana fahazarana mivavaka mandrakariva.

Amin’ny alalan’ny vavaka no hanomananao ny tenanao ho amin’ny asa fanompoana. Mandritra ny fotoana iandrasanao ao anatin’ny vavaka, voasarika hanakaiky kokoa an’Andriamanitra ianao (Jak. 4:8; jereo koa ny Heb. 10:22). Ankoatr’izany, ao anatin’ny vavaka no handraisanao ny tanjaka ara-panahy ilainao hahafahana miaina ho an’i Kristy sy ny hery ilainao hanatanterahanao amim-pahombiazana ny asa fanompoanao (Isa. 40:31; Sal. 40:1-3).

Mandidy antsika ny Baiboly hoe: “Mandehana araka ny Fanahy, dia tsy hahatanteraka ny filan'ny nofo ianareo” (Gal. 5: 16). Mba hahatanteraka izany, mila miaina tsy tapaka ao anatin’ny fiombonana amin’Andriamanitra ianao. Ny fiombonana tahaka izany dia tsy tanteraka raha tsy amin’ny alalan’ny vavaka. Mandritra ny vavaka, ny Fanahy dia hiteny aminao ary hanome fampaherezana sy

toromarika. Ny vavaka voahosotrin'ny Fanahy dia hanomana anao amin'ny ady ara-panahy hatrehanao (Efe. 6:12, 18).

## NY ASA FANOMPOAN'NY VAVAKA

Ho fanampin'ny fampivelarana ny fiainam-bavakao manokana amin'ny maha pasitera Pentekôtista anao, tsy maintsy mijery ny vavaka amin'ny maha fomba hahafahanao manao asa fanompoana amin'ny hafa ianao. Misy fomba telo hahafahanao manao asa fanompoana amin'ny hafa amin'ny alalan'ny vavaka:

### Manao asa fanompoana amin'ny alalan'ny vavaka manokana

Voalohany, afaka manao asa fanompoana amin'ny hafa amin'ny alalan'ny vavaka manokana ianao. "Vavaka ao amin'ny mangingina" no niantsoan'i Jesosy ity karazana vavaka ity. Hoy izy: "Fa ianao kosa, raha mivavaka, dia midìra ao amin'ny efi-tranonao, ka rehefa voarindrinao ny varavaranao, dia mivavaha amin'ny Rainao, Izay ao amin'ny mangingina" (Mat. 6:6). Ao amin'ny toerana mangina ao no tsy maintsy andanianao fotoana mivavaka ho an'ny zavatra ilain'ny hafa. Rehefa mivavaka ianao dia manatona an'Andriamanitra amim-patokiana satria fantatrao fa hitany ny asam-pitiavana ataonao ary hovaliany ny vavakao. Ao amin'ny andinin-tSoratra Masina teo aloha, hoy i Jesosy: "ny Rainao, Izay mahita ao amin'ny mangingina no hamaly anao". Afaka miseho amin'ny endrika telo ny samihafa:

*1. Vavaka fanokanan-tena*. Voalohany, tokony hanao vavaka fanokanan-tena ianao. Amin'ny teny hafa, tokony hanokana fotoana hanakaikezana an'Andriamanitra ao anatin'ny vavaka ianao. Ity fahazarana ity dia hampatanjaka ny fifandraisanao amin'ny Tompo. Rehefa mivavaka ao amin'ny Fanahy Masina ianao sady hiorina ny finoanao no ho voatahiry ao amin'ny fitiavana an'Andriamanitra ianao (Joda 20-21; jereo koa ny Rom. 5:5). Tsy afaka hanatanteraka amim-pahombiazana ny asa fanompoana ianao raha tsy eo io fifandraisana io[25]

[25] Raha te handalina momba ny fanakaikezana an'Andriamanitra ianao dia jereo ny Toko 15 "Fahazarana manokan-tena matanjaka" ianao.

*2. Vavaka fifonana.* Aorian'izay, amin'ny pasitera Pentekôtista, tokony olona mandany fotoana mivavaka ho an'ny zavatra ilain'ny hafa eo anatrehan'Andriamanitra ianao – indrindra ny zavatra ilain'ireo rehetra misy ifandraisana amin'ny fiangonanao. Imbetsaka i Jesosy no nivavaka ho an'ny Mpianany (Jaona 17:9). Ohatra, nivavaka Izy mba tsy ho levona ny finoan'izy ireo (Lioka 22:32). Nivavaka ihany koa Izy mba hiarovan'Andriamanitra azy ireo (Jaona 17:11-12, 15) sy hananany fifaliana hatrany (and.3). Mbola nivavaka ihany koa Izy mba hanamasinana azy ireo (and. 17-19) sy mba hitoerany ao amin'ny fiombonana hatrany (and. 21-23).

Tahaka izany koa, ny apostoly Paoly dia tsy nitsahatra nivavaka ho an'ny vahoakan'Andriamanitra. Hoy izy raha nanoratra ho an'ny mpino tany Roma "tsy mitsahatra mahatsiaro anareo aho, ka mandrakariva, raha mivavaka aho" (Rom 1:9-10). Hoy koa izy tamin'ny Efesiana: "tsy mitsahatra misaotra noho ny aminareo ka mahatsiaro anareo amin'ny fivavahako" (Efe. 1:16; jereo koa ny Kol. 1:9). Amin'ny maha pasitera Pentekôtista, tsy maintsy manaraka ny ohatra nasehon'i Jesosy sy Paoly isika ary mandany fotoana ao anatin'ny vavaka fifonana ho an'ny hafa.

*3. Vavaka sy fifadian-kanina.* Farany, amin'ny maha pasitera Pentekotista anao, tokony hivavaka sy hifady hanina matetika ianao. Ny fitsipi-pifehezan'ny vavaka sy fifadian-kanina dia hanampy ny ara-panahinao hifandrindra bebe kokoa amin'Andriamanitra. Rehefa mandany fotoana ao anatin'ny vavaka sy fifadian-kanina ianao, dia hianatra hanaiky ny nofonao ary ny fanahinao kosa ho vonona bebe kokoa hamantatra ny feon'ny Fanahy (jereo ny Gal. 5:16-17).

### Manao asa fanompoana amin'ny alalan'ny vavaka ho an'ny olona tsirairay

Hisy fotoana ianao hantsoina hanao asa fanompoana amin'ny alalan'ny vavaka ho an'ny olona tsirairay. Ny vavaka ho an'ny olona tsirairay dia fivavahana ho an'ny olona manatona anao. Matetika ity karazana vavaka ity dia mitranga mandritra ny antso eny amin'ny alitara. Mitranga any an-tokantrano sy any amin'ny hopitaly, mandritra ny famangiana ataon'ny pasitera ihany koa izy. Mandritra ny fitoriana ny filazantsara eny an-tsena ihany koa dia mety hisy olona hangata-bavaka. Tafiditra ao anatin'ity vavaka ity ny fametrahan-tanana na ny

fanosorana diloilo (jereo. Asa 19:6; Jak. 5:14). Tsy maintsy atao amin'ny finoana mandrakariva ity vavaka ity (Jak. 5:15).

Ireto vavaka efatra manaraka ireto dia ao anatin'ny vavaka ho an'ny olona tsirairay: fiara-mivavaka amin'ny olona handray famonjena, fiaraha-mivavaka amin'ny olona mila fanasitranana, fiaraha-mivavaka amin'ny olona mba hanafahana azy amin'ny fatotra demoniaka, ary fiaraha-mivavaka amin'ny olona mba handraisany ny fahafenoan'ny Fanahy Masina. Tsy maintsy tonga manam-pahaizana manokana amin'ireo sehatr'asa fanompoana ireo ianao. Ao anatin'ny tsirairay avy amin'ireo toe-javatra ireo, tsy maintsy maneho fatokiana tanteraka ny tenin'Andriamanitra ianao ka hanambara tenim-pinoana sy teny fampaherezana, ary haneho fiheverena amin'ny fo marina ny olona entinao am-bavaka.[26]

## Manao asa fanompoana amin'ny alalan'ny vavaka ampahibemaso

Hisy fotoana ianao hantsoina hanao asa fanompoana amin'ny alalan'ny vavaka ampahibemaso. Misy ireo pasitera manao vavaka manokana ho an'ny fiangonany isakin'ny alahady maraina. Fanampin'izany, ny pasitera Pentekôtista matetika dia voatendry hivavaka ao anatin'ny fivoriana ampahibemaso toy ny fandevenana sy ny fanamasinana fanambadiana. Rehefa mivavaka ao anatin'ny fotoana tahaka ireny ianao dia tsy maintsy mivavaka miaraka amin'ny fahamendrehana sy ny fahasoavana. Ny vavaka ampahibemaso ataonao nefa dia tsy tokony ho fampisehoana fahaizana na fombafomba. Tokony hivavaka amim-

---

[26] Raha te hianatra bebe kokoa mikasika ny fivavahana ho an'ny olona tsirairay ho amin'ny batisa amin'ny Fanahy Masina ianao dia jereo ny Toko 20 “Fitarihana ny mpino amin'ny Batisa amin'ny Fanahy Masina” sy ny Toko 21 “Fanaovana asa fanompoana ao amin'ny herin'ny Fanahy Masina” ary ny Toko 22 Fidirana ao anatin'ny ady ara-panahy”. Jereo ihany koa ny boky “*Power Encounter: Ministering in the Power and Anointing of the Holy Spirit”* nosoratan'i Denzil R. Miller izay manolotra torohevitra amin'ny fanaovana vavaka fanasitranana, fangatahana ny batisa amin'ny Fanahy Masina, ary fanafahana amin'ny fatotra demoniaka. Azonao atao ny mamaky izany amin'ny endrika PDF ao amin'ny DecadeofPentecost.org.

pahisiana ianao. Nampitandrina ny amin'izany i Jesosy: "Ary raha mivavaka ianareo, aza mba ho tahaka ny mpihatsaravelatsihy; Fa izy tia ny mivavaka mitsangana eo amin'ny synagoga sy eo an-joron-dalana hahitan'ny olona azy" (Mat. 6: 5).

## FITARIHANA NY FIANGONANA AO ANATIN'NY VAVAKA

Ny pasitera Pentekôtista dia tsy tokony hijanona fotsiny eo amin'ny fampivelarana ny fiainam-bavakany manokana fotsiny ihany. Tsy maintsy mampivelatra asa fanompoana matanjaka amin'ny alalan'ny vavaka ao anatin'ny fiangonana tandremany koa izy ireo.

### Fitoriana sy fampianarana mikasika ny vavaka

Iray amin'ny fanalahidy fampivelarana asa fanompoana matanjaka amin'ny vavaka ao anatin'ny fiangonana ny fitoriana sy fampianarana matetika mikasika io lohahevitra io. Ny fanaovanao izany dia fanarahana ny ohatra nasehon'i Jesosy, izay nampianatra betsaka mikasika ny vavaka (jereo. Lioka 18:1; Mat. 6:5-15).

Azonao atao ny mampahery ny kristiana hizara ny fijoroana vavolombelona mikasika ny namalian'Andriamanitra ny vavaka nataony tamin'ny lasa. Ny fijoroana vavolombelona dia azo tsoahana avy amin'ny tantara ao amin'ny Baiboly na avy amin'ny tantara nisy teo amin'ny fiainana ankehitriny. Tsy maintsy maka fotoana hampianarana ny tombontsoa avy amin'ny vavaka sy ny fomba hampiharana ny vavaka ihany koa ianao.[27]

### Fanehoana modelin'ny vavaka

Tsy tokony hampianatra mikasika ny vavaka fotsiny ianao fa tsy maintsy maneho amin'ny mpino ny tena fomba fivavaka. Hamafisiko eto fa izany no

---

[27] Afaka mahita famintinana Fampianarana sy Toriteny momba ny vavaka ianao amin'ilay boky hoe: "*Interceding for the Nations: 100 Sermon Outlines on Missional Prayer"* izay azo alaina maimaimpoana amin'ny endrika PDF ianao ao amin'ny *DecadeofPentecost.org.*

nataon'i Jesosy raha nampianatra ny mpianany. Tsy nampianatra azy ireo tamin'ny teny fotsiny izy fa nasehony azy ireo tamin'ny Fiainany izay nampianariny. Niainy teo imason'izy ireo ny atao hoe fiainam-bavaka. Tsikaritrin'ny mpianatr'i Jesosy fa nandeha tao anatin'ny fiombonana mandrakariva tamin'ny Rainy any an-danitra izy. Izany no nahatonga ny mpianatra, rehefa avy nandinika azy nivavaka dia nangataka hoe: "Tompoko, mampianara anay hivavaka, tahaka ny nampianaran'i Jaona ny mpianany" (Lioka 11. 1). Amin'ny maha pasitera Pentekôtista, tokony hiaina amin'ny fiainam-bavaka tahaka izany ianao ka hahatonga ny mpino ao aminao hangataka hoe: "Pasitera, mampianarana anay hivavaka, tahaka ny nampianaran'i Jesosy ny Mpianany".

**Fandrindrana ny vavaka**

Ambonin'izay rehetra voalaza teo aloha, tsy maintsy mandamina ny fiangonana ianao mba hahafahana mivavaka. Azonao atao amin'ny alalan'ny fananganana vondrona mpiara-mivavaka sy ny fandaharam-potoana hivavaka tahaka izao manaraka izao ianao:

*Fananganana vondrona mpiara-mivavaka*. Tena tokony hampaherezinao ny fananganana vondrona manokana mpiara-mivavaka ao anatin'ny fiangonanao. Ireo vondrona ireo dia azonao atao ao anatin'ny asa fanompoana efa misy ao am-piangonana toy ny asa fanompoan'ny lehilahy, ny asa fanompoan'ny vehivavy , ny asa fanompoan'ny tanora ary ny asa fanompoana hafa. Azo atao koa manangana vondrona hivavaka manokana ho an'ny zavatra ilain'ny fiangonana, ho an'ny fiaraha-monina, ho an'ny firenena na ho an'izao tontolo izao. Ny zavatra ilaina ka entina am-bavaka dia mety ho ara-piaraha-monina na ara-panahy, ho an'ny faritra iray na manerana izao tontolo izao. Ohatra, ny mpikambana sasany dia mivavaka mba hisin'ny fifohazam-panahy ao amin'ny fiangonana ary ny hafa kosa mivavaka mba hanjakan'ny fiadanana ao amin'ny firenana. Maro samihafa ireo zavatra ilaina mila entia ao anatin'ny vavaka.

*Fandaminana fotoana manokana fivavahana*. Tokony hampiditra fotoana manokana fivavahana ao anatin'ny tetiandron'ny hetsika samihafa ataon'ny fiangonana ianao. Tokony hisy aloha ny fivoriana natokan'ny fiangonana rehetra hivavahana, toy ny isakin'ny antsasakin'ny herinandro. Tsy izany ihany nefa tokony hisy ny fihatahana mivavaka na koa ny herinandron'ny vavaka manokana.

Ohatra, ny pasitera Pentekôtista anankiray dia manokana fotoana ho an’ny vavaka mahery vaika sy fifadian-kanina indroa isan-taona: Janoary sy Jolay. Ho fanomanana io fotoana io dia mampahery ny mpikambana ao amin’ny fiangonana izy mba hanangona fangataham-bavaka any amin’ny mpikambana ao amin’ny ankohonany, ny namany, ny mpifanolo-bodirindrina aminy ary ny mpiara-miasa aminy. Soratana amin’ny taratasy efa nomanina manokana ireo antom-bavaka ireo ary zaraina amin’ny mpikambana ao amin’ny fiangonana mba ho entina eo anatrehan’Andriamanitra mandritra ny fivoriana fiaraha-mivavaka amin’ny maraina na amin’ny hariva. Fitahiana lehibe no tonga tamin’ny fiangonana sy fiaraha-monina noho io hetsika io.

Betsaka ihany koa ny fiangonana Pentekotista no manao fivoriam-bavaka ho fiomanana amin’ny Alahady Pentekosta isan-taona. (Ny Alahady Pentekosta dia fito alahady aorian’ny Alahady Paska). Ao anatin’ireo fivoriana manokana ireo, ny mpikambana dia miantso an’Andriamanitra handatsaka ny Fanahiny amin’ny fiangonana. Mivavaka ihany koa izy ireo mba ho betsaka ny ho voatafy ny herin’ny Fanahy Masina mandritra ny fankalazana ny fetin’ny Pentekôtista (Asa 1: 8; 2:4). Fanampin’izany, mivavaka izy ireo mba ho maro toy ny tamin’ny andro Pentekosta voalohany ny olona miverina amin’ny Tompo (2:41).

Tokony ho ao anatin’ny fandaharam-potoanao ihany koa ny fihatahana mivavaka miaraka amin’ny mpiara-miasa sy ny mpitarika ny fiangonana. Tokony hikatsaka ny fitarihan’ny Tompo amin-kafanam-po ianao mba hahafantaranao izay karazana vavaka tokony hampidirina ao anatin’ny fandaharam-potoanan’ny fiangonana.

## Fivavahana ho an’ny irak’Andriamanitra

Tokony hisy vavaka iray hafa ho hita ao amin’ny fiangonana Pentekôtista tsirairay eto Afrika. Ny pasitera Pentekôtista dia tsy maintsy mivavaka tsy tapaka mba handrosoan’ny irak’Andriamanitra eto an-tany. Nataon’i Jesosy izany ka tsy azontsika ato tsinontsinona (Mat. 9:37-38). Noho izany, tokony hitarika ny fiangonanao amin’ny fanokanan-tena ho amin’ny vavaka fampandrosoana ny fanjakan’Andriamanitra ao amin’ny fiaraha-monina, ny firenena, ny kontinanta misy anao ary izao tontolo izao ianao. Ianao no tokony hitarika azy ireo amin’ny fivavahana ho an’ireo misionera nalefan’ny fiangonana nasionaly misy anao sy

ireo izay tohanan'ny fiangonana. Tokony hivavaka matetika ho an'ireo vondron'olona an'arivony tsy mbola tratran'ny filazantsara (UPGs) eto amin'izao tontolo izao koa ianao.[28]

## FITARIHANA FIVORIAM-BAVAKA

Ny pasitera Pentekôtista dia tsy maintsy mahay mitarika fivoriam-bavaka araka ny tokony ho izy. Ireto misy taridalana azonao hampiharina amin'ny fitarihana amim-pahombiazana ny fivoriam-bavaka ataonao.

### Manomana mialoha

Tahaka ny amin'ny fotoana manan-danja samihafa ao amin'ny fiangonana, mila manao drafitra mialoha ianao raha te hiaina fivoriam-bavaka mahomby. Mila mifidy ny toerana sy ny fotoana hanaovana ny fivoriana ianao. Mila faritanao mazava tsara ny tanjon'ny fivoriana sy izay tiana asongadina ao anatin'izany. Tokony hataonao lisitra ireo teboka samihafa tianao ho entina am-bavaka mandritra ny fivoriana. Aza hadinoina ny manangona ireo tsara ho fantatra rehetra momba ny fivoriam-bavaka sy mizara izany amin'ny mpandray anjara.

### Hajao ny fotoana – Aoka hifantoka

Mila manaja fotoana sy mifantoka tsara ianao rehefa mitarika fivoriam-bavaka. Raha atao amin'ny teny hafa dia izao, tokony hanomboka sy hifarana araka ny ora napetraka ny fivoriana. Manana zavatra betsaka atao ny olona sasany, noho izany, tian'izy raha hajaina ny fotonany. Raha manao izany ianao dia hihamaro ny olona hamonjy fivoriam-bavaka.

Fanampin'izany, rehefa mitarika fivoriam-bavaka ianao dia aoka hifantoka hatrany. Midika izany fa tokony hijanona ho fivoriam-bavaka ny fotoana ary tsy tokony hivily hiala amin'izay tanjona napetraka mihitsy ianao. Tsara raha atomboka amin'ny hira sy ny toriteny fohy ny fivoriam-bavaka. Kanefa, ny tena ivon'ny fivoriana sy tokony hifantohana dia ny vavaka.

---

[28] Raha te hahafantatra bebe kokoa ny momba ireo vondron'olona tsy mbola tratran'ny filazantsara (UPGs) ianao dia afaka mitsidika ny www.JoshuaProject.net.

**Aoka hisokatra amin'ny Fanahy**

Na dia tokony homarihan'ny firindrana sy ny fifantohana aza ny fivoriam-bavaka, ny mpitarika ny fivoriana dia tokony hisokatra amin'ny hetsika ataon'ny Fanahy Masina amin'ny fotoana rehetra. Tokony hampahery ny olona hivavaka ao amin'ny Fanahy (Rom. 8:26-27; 1 Kor. 14:15: Efe. 6:18) sy hisokatra amin'ny fitarihan'ny Fanahy sy ny fisehoan'ny fanomezam-pahasoavan'ny Fanahy izy (1 Kor. 14:26).

## NY ENDRIKIN'NY FIVORIAM-BAVAKA

Hoy ny olona iray nanontany: "Ahoana no tokony ho endrikin'ny fivoriam-bavaka Pentekôtista?" Ao amin'ny Baiboly no ahitantsika ny valiny. Ny bokin'ny Asan'ny Apostoly dia maneho amintsika ny endrikin'ny fivoriam-bavaka tao amin'ny fiangonana voalohany. Tsy ela taorian'ny andro Pentekosta no nanatanterahana io fotoam-bavaka io.

Nandalo fanenjehana mafy ny fiangonana. Nosamborin'ny mpitondra fivavahana Jiosy i Petera sy Jaona. Norahonany sy norarany tsy hitory amin'ny anaran'i Jesosy intsony izy ireo. Rehefa nalefany ny apostoly Petera sy Jaona dia niverina tany amin'ny fiangonana ary nitatitra ny zavatra nanjo azy ireo. Nanomboka nivavaka ireo kristiana ireo. Ao amin'ny Asan'ny Apostoly 4: 23-31 no ahitantsika ny vavaka nataon'izy ireo sy ny valin'izany. Afaka mianatra lesona manan-danja telo momba ny fomba hitarihantsika ny fivoria-bavakantsika amin'izao fotoana izao isika.

**Ny toetran'ny fivoriam-bavakantsika**

Voalohany, mianatra mikasika ny toetran'ny vavaka ataontsika na koa hoe *Ahoana no tokony ho fomba fivavaka* isika. Ny Baiboly dia milaza fa "niara-nanandratra ny feony ho amin'Andriamanitra" izy ireo (Asa 4: 24). Araka izany, nivavaka tamin'ny hafanam-po ("nanandratra ny feony") sy ny fiombonana ("niara-nanandratra ny feony") izy ireo. Rehefa tonga hiara-hivavaka isika dia tokony hikatsaka an'Andriamanitra amin'ny hafanam-po sy ao anatin'ny fiombonana. Fanampin'izany, ny vavaka ataontsika dia tokony hatao amin'ny finoana (Marka 11:24). Ireo izay nivavaka tany Jerosalema tamin'io andro io dia

nanantena tanteraka fa henon'Andriamanitra sy hovaliany ny vavak'izy ireo. Ary, tsy maintsy tahaka izany koa isika ankehitriny.

**Ny votoatin'ny vavaka ataontsika**

Ny ianarantsika manaraka dia ny votoatin'ny vavaka ataontsika na koa hoe Inona no tokony ho entina am-bavaka. Ireo kristiana voalohany ireo dia tsy nampifantoka ny vavaka nataony tamin'ny olany, na dia nanana maro aza izy ireo. Nifantoka bebe kokoa tamin'ny hery sy ny halehibeazan'Andriamanitra izy ireo (Asa 4: 24-25). Noho izany, nivavaka izy ireo mba ho tanteraka izay sitrapon'Andriamanitra (and. 26-28). Ny zavatra voalohany nangatahan'izy ireo tamin'Andriamanitra dia ny hanafiana hery sy hanomezana azy ireo fahasahiana hitory ny filazantsara, eny na dia ao anatin'ny fanenjehana aza (and. 29-30). Ny nangatahan'izy ireo an'Andriamanitra haninjitra ny tanany dia fangatahana ny hiasan'Andriamanitra amin'ny herin'ny Fanahy Masina amin'ny alalan'izy ireo (jereo ny. Ezek. 37:1; Lioka 11:20 sy ny Mat. 12:28; Asa 11:21).

**Ny valin'ny vavaka ataontsika**

Farany, ianarantsika izao ny zavatra andrasantsika hitranga rehefa mivavaka isika. Raha mivavaka tahaka ireo mpino tao amin'ny fiangonana voalohany ireo isika dia afaka manantena an'Andriamanitra hampahafantatra ny fanatrehany ao anatin'ny fivoriam-bavaka ataontsika. Hoy ny Baiboly: "Ary rehefa nivavaka izy, dia nihovitrovitra ny trano izay niangonany; dia feno ny Fanahy Masina izy rehetra ka nitory ny tenin'Andriamanitra tamin'ny fahasahiana" (Asa 4:31). Raha hivavaka tahaka ny nataon'izy ireo isika dia afaka manantena an'Andriamanitra hamaly antsika tahaka ny namaliany azy ireo. Afaka manantena Azy hameno antsika amin'ny Fanahy Masina sy hanafehy antsika ho vavolombelon'i Kristy amin'ny very.

*Fizarana 2 : Ny laharam-pahamehan'ny pasitera Pentekôtista*

# ~ Fizarana 3 ~

# Ny zavatra inoan'ny pasitera Pentekôtista

# ~ Toko 9 ~

# Mino ny Baiboly

Misy saritanin'i Afrika lehibe mihantona eo amin'ny rindrin'ny trano foiben'ny Africa's Hope any Springfield, Missouri, USA. Sarin'ny lehilahy Afrikana iray mihazona Baiboly eo amin'ny tanany voatsotra mankany aloha no ao anatin'ny sarintany: Mitory ny filazantsara izy. Io sary io dia maneho ireo pasitera Pentekôtista an'arivony maro mitory ny tenin'Andriamanitra amim-pahatokiana amin'izay rehetra vonona hihaino manerana an'i Afrika. Maneho ny fifandraisana manokana misy eo amin'ny pasitera Pentekôtista sy ny Baiboliny ihany koa io sary io.

Amin'izao tontolo izao, ny Baiboly dia toy ny boky hafa rehetra. Na dia mirakitra tantara aza nefa izy dia mihoatra lavitra noho ny boky tantara. Na dia mampianatra ny fitondrantena mendrika aza izy dia mihoatra lavitra noho ny boky momba ny lalam-pitondrantena. Na dia talanjona amin'ny halalin'ny hevitra ao anatiny aza ny mpikaroka hevidalina, dia azo lazaina fa mihoatra lavitra noho ny boky haifahendrena izy. Ny Baiboly dia mirakitra ny "Tenin'Andriamanitra" (Rom. 3:2). Ny Baiboly dia manambara ny toetra maha mpanota ny olombelona sy maneho ny lalan'ny famonjena amin'ny alalan'i Kristy. Ity toko ity dia hamakafaka ny fifandraisana manokana eo amin'ny pasitera Pentekôtista sy ny Baiboly amin'ny Tenin'Andriamanitra.

# AHOANA NO FAHITAN'NY PASITERA PENTEKÔTISTA NY BAIBOLY?

Ny pasitera Pentekôtista dia tokony hanandratra avo ny Baiboly. Mino izy ireo fa hafatr'Andriamanitra ho an'ny olombelona rehetra ny Baiboly – Tenin'Andriamanitra mandrakizay. Ho an'ny pasitera Pentekôtista, ny Baiboly dia fototrin'ny asa fanompoana sy ny zavatra rehetra atao. Ny teboka 1 ao amin'ny "foto-pampianaran'ny fiombonan'ny fiangonana Assemblée de Dieu maneran-tany" izay mitondra ny lohateny hoe: "Ny tsindrimandrin'ny Soratra Masina" dia mamintina ny fahitan'ny pasitera Pentekôtista ny Baiboly. Ny Soratra Masina, ny Testamenta Taloha sy ny Testamenta Vaovao dia samy avy amin'ny tsindrimandrin'Andriamanitra. Ireo dia fanambaran'Andriamanitra tsy mety diso ho an'ny olombelona ary manana fahefana hifehy ny finoana sy ny fitondrantena (2 Tim. 3:15-17; 1 Tes. 2:13; 2 Pet. 1:21).[1]

**Tsindrimandry am-bava**

Voalohany, ny pasitera Pentekôtista dia mino fa "ny Soratra Masina, ny Testamenta Taloha sy ny Testamenta Vaovao dia avy amin'ny Tsindrimandry am-bavan'Andriamanitra." Rehefa milaza isika fa ny Soratra Masina dia avy "avy amin'ny tsindrimandrin'Andriamanitra", ny tiana lazaina dia izao: Andriamanitra dia nihetsika tamin'ny fomba mahery vaika tamin'ireo mpaminany sy apostoly sy nitarika azy ireo tamin'ny fomba mihoatra ny voajanahary mba handrakitra an-tsoratra ny fisainany sy ny hevitra nofidiany. Nanamafy izany fahamarinana izany i Paoly raha nanoratra hoe: "Izay soratra rehetra nomen'ny tsindrimandrin'Andriamanitra dia mahasoa koa ho fampianarana, ho fandresen-dahatra, ho fanitsiana izay diso, ho fitaizana amin'ny fahamarinana" (3 Tim. 3:16). Petera dia nanoritsoritra io dingana mihoatra ny voajanahary io amin'ny antsipiriany kokoa: "fa fantatrareo voalohany indrindra fa ny famoahan-kevitry ny faminaniana ao amin'ny Soratra Masina dia tsy efan'ny fisainan'ny olona fotsiny ihany; fa tsy nisy faminaniana avy tamin'ny sitrapon'ny olona tany aloha rehetra;

[1] Jereo ao amin'ny ny Fanampiny 1 ny : "Foto-pampianaran'ny fiangonana Assemblée de Dieu maneran-tany".

fa avy tamin'Andriamanitra no nitenenan'ny olona araka izay nitondran'ny Fanahy Masina azy” (2 Pet. 1:20-21).

Ny filazana fa Baiboly dia avy amin’ny *tsindrimandry am-bavan’Andriamanitra*, dia hoe ny teny rehetra ao anatin’ny lahatsoratra dia avy amin’ny tsindrimandrin’Andriamanitra. Tsy ny hevitra ao anatin’ny Soratra Masina ihany no avy amin’Andriamanitra. Izy no nanara-maso ny dingana; nisafidy ny teny tsirairay nentina naneho ny hevitra rehetra. Nanamafy izany fahamarinana izay i Jesosy tamin’Izy niteny hoe: “Fa ho moramora kokoa ny hahafoanan'ny lanitra sy ny tany noho ny hahafoanan'ny tendron-tsoratra iray monja aza amin'ny lalàna” (Lioka 16: 17). Noho izany, ny tsindrimandry am-bava dia midika fa ny teny tsirairay ao anatin’ny Soratra Masina dia avy amin’ny tsindrimandrin’ny Fanahy Masina. Ao izy ireo satria tian’Andriamanitra ho hita ao.

Satria avy amin’ny tsindrimandry ny Baiboly dia marina ny iantsoana azy hoe Tenin’Andriamanitra. Ary mihoatra ny inefapolo ny Baiboly no manondro ny tenany ho Tenin’Andriamanitra” na ny “Tenin’ny Tompo”.

## Ny fanambaran’Andriamanitra

Ny Pasitera Pentekôtista ihany koa dia mino fa ny Baiboly dia “fanambaran’Andriamanitra ho an’ny olombelona.” Midika izany fa Andriamanitra dia manambara ny sitrapony ho an’ny olombelona rehetra amin’ny alalan’ny tenin’ny Soratra Masina. Izy no nanome ny Baiboly tamin’ny alalan’ny tsindrimandriny mba hahafahan’ny olona mahafantatra Azy sy ny Lalany. Tamin’ny alalan’ny fanomezana ny Baiboly no nanehoan’Andriamanitra fa Andriamanitra manambara ny tenany Izy. Ny Baiboly no porofo fa fanirin’Andriamanitra ny hahafantaran’ny lehilahy sy vehivavy manerana ny toerana rehetra Azy sy ny Drafi-pamonjeny.

## Tsy mety diso

Fanampin’izay voalaza teo aloha, ny pasitera Pentekôtista dia mino fa ny Baiboly dia tsy mety diso. Ny hoe tsy mety diso ny Baiboly dia midika fa tsy misy fahadisoana tafiditra ao anatiny. Satria ny teny ao amin’ny Soratra Masina avy amin’ny tsindrimandrin’Andriamanitra dia marina ny hevitra ao anatiny ary ny

fehezanteny rehetra koa tsy misy diso. Hoy ny mpanao Salamo: “Ny tenin’i Jehovah dia voazaha toetra amin’ny memy” (Sal. 18: 30). Nohamafisin’i Jesosy io fahamarinana io tamin’ny nilazany hoe: “ Ny lanitra sy ny tany ho levona, fa ny teniko tsy mba ho levona” (Mat. 24: 35).

Tena zava-dehibe ny hahatakaran’ny pasitera Pentekôtista fa rehefa miresaka isika hoe tsy mety diso ny Baiboly dia tsy ireo dikan-teny samihafan’ny Baiboly no tondrointsika amin’izany. Ny Soratra Masina, ilay endrika nahitana azy tamin’ny asa soratra voalohany indrindra nisehoany no resahantsika. Niasa mafy ireo mpandika ny Baiboly nandika tamim-pahamarinana ny lahatsoratra mba tsy hisy diso. Kanefa, satria olombelona izy ireo, tsy azo nihodivirana ny fisin’ny fahadisoana. Kely dia kely nefa ireny fahadisoana ireny. Amin’izao androntsika izao, afaka matoky tanteraka isika fa ny Baibolintsika dia maneho ny tenin’Andriamanitra marina araka izay voambara tamin’ireo mpanoratra tany ampiandohana.

**Fahefana mifehy ny finoana sy ny fitondrantena**

Farany, ny pasitera Pentekôtista dia mino fa ny Baiboly no “Fahefana mifehy ny finoana sy ny fitondrantenan’ny mpino” rehetra. Ny Baiboly no manambara amin’ny lehilahy sy ny vehivavy ny zavatra tian’Andriamanitra hinoan’izy ireo sy ny tokony ho fomba fiainany. Manam-pahefana ny Baiboly satria Tenin’Andriamanitra. Midika izany fa tsy maintsy inoana ny fampianarany, ary tsy maintsy ankatoavina ny didiny. Azon’i Davida mpanjaka tsara io fahamarinana io. Izany no nahatonga azy niantso ny Tenin’Andriamanitra hoe: “Fanilon'ny tongotro Sy fanazavana ny lalako” (Sal 119:105).

## AHOANA NO TOKONY HANAJAN’NY PASITERA PENTEKÔTISTA NY BAIBOLY?

Ahoana no tokony hanajan’ny pasitera Pentekôtista ny Baiboly? Inona no fihetsika sy hevitra tokony hazoniny mikasika ny Soratra Masina? Satria ny pasitera Pentekôtista mino fa Tenin’Andriamanitra ny Baiboly dia misy toetra telo takiana amin’izy ireo manoloana ny Baiboly.

**Fanajana masina**

Satria ny Teny ao amin’ny Soratra Masina avy ao am-pon’ilay Andriamanitra Masina, dia masina ihany koa izany ny Baiboly. Ary satria masina ny Baiboly, ny pasitera Pentekôtista dia tsy maintsy mihazona izany amin’ny fanajana avo dia avo tokoa. Tsy maintsy manaja ny tenin’Andriamanitra sy mampiasa izany ao anatin’ny fanajana masina izy. Paoly dia nandidy ny kristiana tany Tesalonika mba haneho toetra tahaka izany: “...satria rehefa nandray ny tenin'Andriamanitra izay notorinay ianareo, dia tsy noraisinareo ho tenin'olona, fa araka izay marina, dia ny tenin'Andriamanitra, izay miasa anatinareo izay mino koa” (1 Tes. 2: 13). Satria ny pasitera Pentekôtista manaja ny Baiboly amin’ny maha Tenin’Andriamanitra azy dia fadiany mihitsy ny manolana ny fampianarany ka mampiteny azy izany zavatra tiany lazaina fotsiny (2 Pet. 3: 16).

**Fitiavana lalina**

Ny pasitera Pentekôtista dia tsy tokony manaja ny Baiboly fotsiny fa tsy maintsy manana fitiavana marina ny fampianarany ihany koa. Ny mpanoratra ny Salamo faha 119 dia nanindrahindra ny fitiavany ny Tenin’Andriamanitra. Ao anatin’ny andininy 176, izay toko lava indrindra ao amin’ny Baiboly no nanehoany izany. Karazana vavaka atao amin’Andriamanitra izy io.

Ao anatin’ity vavaka mahafinaritra ity, ny mpanoratra dia tsy nitsahatra nanambara ny fitiavany ny Tenin’Andriamanitra. Ohatra, hoy izy tamin’Andriamanitra: “Ary hiravoravo amin'ny didinao aho Satria tiako ireny” (and.47). Nampahatsiahiviny an’Andriamanitra ihany koa fa nisy fiantraikany teo amin’ny fiainany ny Teniny: “Torotoro ny fanahiko noho ny faniriany Ny fitsipikao mandrakariva.... Ny teni-vavolombelonao koa no firavoravoako, Eny, mpanolo-tsaina ahy izany” (and.20, 24). Tahaka ny mpanao Salamo, ny pasitera Pentekôtista dia tsy maintsy mamboly fitiavana marina ny Tenin’Andriamanitra.

**Fatokiana matanjaka**

Ambonin’izany, satria ny pasitera Pentekôtista tena mino fa ny Baiboly dia avy amin’ny fofonain’Andriamanitra; ao anatin’ny fatokiana matanjaka no tokony hanatonany izany. Fantany fa afaka mino ny fanambarana sy matoky ny teny fikasana ao anatiny izy ireo. Satria ny pasitera Pentekôtista tena mino ny Baiboly,

tahaka an'i Abrahama, resy lahatra tanteraka izy ireo fa izay nampanantenain'Andriamanitra dia tsy maintsy hotanterahany (Rom. 4:21).

Ny pasitera Pentekôtista dia tsy mino ny fahamarinan'ny Baiboly fotsiny fa mahatakatra tsara koa ny heriny. Tamin'ny alalan'ny Tenin'Andriamanitra no nahariana izao tontolo rehetra izao (Jaona 1:1-3). Miresaka mikasika ny heriny ny Baiboly: "Fa velona sy mahery ny tenin'Andriamanitra ka maranitra noho ny sabatra roa lela" (Heb. 4:12). Nambaran'i Paoly fa ny filazantsara dia "herin'Andriamanitra ho famonjena izay rehetra mino izany" (Rom. 1:16). Ireo andinin-tSoratra Masina ireo sy ny maro hafa dia miresaka mikasika ny herin'ny Tenin'Andriamanitra. Ohatra, izao no nambaran'Andriamanitra mikasika ny Teniny raha niteny tamin'ny alalan'Isaia mpaminany Izy: "Fa toy ny ranonorana sy ny oram-panala milatsaka avy any an-danitra ka tsy miverina any raha tsy efa nahavonto ny tany ka nampaniry sy nampahavokatra azy....Dia ho tahaka izany ny teniko izay aloaky ny vavako: Tsy hiverina amiko foana izy, raha tsy efa mahatanteraka izay sitrako ary ambinina amin'izay ampandehanako azy" (Isa 55:10-11).

Fanampin'izany, ny Baiboly dia milaza amintsika fa ny Tenin'Andriamanitra dia maneho antsika ny lalana (Sal. 119:105), mamonjy fanahy (Jak 1:21), mamokatra finoana (Rom. 10:17), miteraka antsika indray (1 Pet. 1:23), manamasina (Jaona 17:17), mampandroso (Asa 20:32), manasitrana sy manavotra (Sal. 107:20), manadio (Jaona 15:3), mitondra fanambinana (Jos. 1: 8), mamorona fifaliana (Jer. 15:16) sy ny maro hafa. Noho ireo fahamarinana mahery vaika ireo, ny pasitera Pentekôtista dia manana fatokiana matanjaka ao amin'ny Tenin'Andriamanitra.

## NY ANDRAIKITRIN'NY PASITERA PENTEKÔTISTA MANOLOANA NY TENIN'ANDRIAMANITRA

Amin'ny maha pasitera Pentekôtista, manana andraikitra eo anatrehan'ny Tenin'Andriamanitra ianao. Ireto ny enina amin'ireo andraikitra ireo:

### Mahafantatra ny Baiboly

Voalohany, tsy maintsy manana fahalalana ny Baiboly amin'ny ankapobeny ianao. Tsy misy mahatonga ny pasitera Pentekôtista ho mendrika ho amin'ny

fanompoana mihoatra noho ny fahalalana Baiboly. Ary tsy misy zavatra mahatonga azy tsy ho mendrika ny fanompoana mihoatra noho ny fahalalana Baiboly ambany sy tsy lalina. Noho izany, tsy maintsy manokana ny tenanao amin'ny fikatsahana ny hahalala bebe kokoa ny Soratra Masina ianao. Azonao atao amin'ny fomba telo izany:

*1. Vakiteny isan'andro*. Afaka mahazo fahalalana ny Tenin'Andriamanitra amin'ny alalan'ny famakiana ny Baiboly ianao. Noho izany, tokony hampitomboinao ny fifehezantena mamaky ny Soratra Masina.[2] Azonao atao ny mamaky ny Baiboly manontolo ao anatin'ny herintaona raha mamaky mandritra ny dimy ambin'ny folo minitra isan'andro ianao. Raha hanao izany isan'andro isan'andro ianao dia hitombo ny fahalalanao ny Baiboly.

*2. Fianarana mitohy*. Afaka mampitombo ny fahalalanao amin'ny alalan'ny fianarana amin'ny fomba mitohy ny Baiboly ianao. Ireo mpino Jiosy tany Beria dia lazain'ny Soratra Masina fa nanana izany fahazarana izany. Izao no voasoratra: "Ary ny toe-panahin'ireo dia tsara noho ny tao Tesalonika; satria nandray ny teny tamin'ny zotom-po indrindra ireo ka nandinika ny Soratra Masina isan'andro, na marina izany, na tsia" (Asa 17: 11). Fahendrena ho anao ny maka tahaka ny fahazaran'ny mpino tany Beria dia ny mandinika ny Tenin'Andriamanitra isan'andro.

Azonao atao koa ny manangona ireo asa soratra samihafa afaka manampy anao amin'ny fianarana ny Soratra Masina ao amin'ny fiteherizam-bokinao. Tokony ho hita ao anatin'izany ny konkordansa, ny famakafakana ny Baiboly ary ny Baiboly fianarana samihafa. Tsara raha mifantina ireo Baiboly fianarana tena tsara ianao. Iray amin'ny Baiboly fianarana tena mety amin'ny pasitera Pentekôtista ilay Baiboly fianarana antsoina hoe: "Fiainana feno Baiboly Fianarana" navoakan'ny Life Publishers in Springfield, Missouri, USA.[3]

---

[2] Raha te handalina bebe kokoa mikasika ity lohahevitra ity ianao dia jereo ny Toko 15: "Fahazarana matanjaka".

[3] Ity Baiboly antsoina hoe "*Fiainana Feno Baiboly Fianarana"* izay fantatra amin'ny anarana malaza hoe "The Fire Bible" ity dia efa novokarina tamin'ny tenim-pirenena

Raha azo atao dia tsara ny hamitanao fianarana any amin'ny Sekoly Biblika Pentekôtista. Hampitombo ny fahalalanao ny Baiboly sy ny fahaiza-manaonao amin'ny asa fanompoana izany. Ny Fiangonana Assemblée de Dieu eto Afrika dia manolotra fanofanana amin'ny endriny maro samihafa any anatin'ireo Sekoly Biblika manerana ny kontinanta. Tafiditra ao anatin'izany ny fanofanana ao anatin'ny toby sy ny fanofanana ivelan'ny tobin'ny Sekoly. Fara fahakeliny ianao mahita Sekoly Biblikan'ny Fiangonana Assemblée iray isakin'ireo firenena manakaiky ny efitra Sahara sy ao amin'ny ranomasimbe Indiana. Ireo Sekoly ireo dia manolotra fanofanana ho an'ny mpanao asa fanompoana avy amin'ny fiangonana Assemblée de Dieu sy avy amin'ny fiangonana hafa.[4]

*3. Fianarana tsianjery Soratra Masina.* Tokony hianatra tsianjery ny Soratra Masina amin'ny fomba mitohy ianao. Tanjona tsara ny manao tsianjery Soratra Masina na andalan-tSoratra Masina iray vaovao isan-kerinandro. Fanampin'izany, tsara koa ny mizatra manao tsianjery ny andinin-tSoratra Masina na andalan-tSoratra Masina ampianarinao na torianao. Izany dia hanome anao fahafahana bebe kokoa rehefa mitoriteny ianao. Hampitombo ny tahirin-tSoratra Masina ananananao ihany koa izany.

## Miaina araka ny fenitra apetrakin'ny Baiboly

Faharoa, amin'ny maha pasitera Pentekôtista, tsy maintsy miaina araka ny fenitra apetrakin'ny Baiboly ianao. Tsy ampy ny mampianatra ny Baiboly, tsy maintsy avelanao hamolavola ny fiainanao sy ny asa fanompoanao ny fampianarany. Izao no fampaherezan'ny Baiboly: "Fa aoka ho mpankatò ny teny ianareo, fa aza mpihaino fotsiny ihany ka mamitaka ny tenanareo" (Jak. 1:22; jereo koa ny Rom. 2:13). Tokony hiombom-bavaka amim-pahatsoram-po amin'ny Mpanao Salamo ianao ka hanao hoe: "Mifikitra amin'ny teni-vavolombelonao

---

maherin'ny enimpolo manerana izao tontolo izao. Raha mila fanazava bebe kokoa ianao dia tsidiho ny https://www.firebible.org.

[4] Ny lisitrin'ny Sekoly Biblika eto Afrika dia hitantsika ao tranokalan'ny Africa Theological Training Service (ATTS): https://africaatts.org/.

aho; Jehovah ô, aza avela ho azon-kenatra aho; Ny lalan'ny didinao no ihazakazahako, Fa ampahalalahinao ny foko" (Sal. 119:30-31).

### Mandika araka ny tokony ho izy ny Teny Fahamarinana

Fahatelo; amin'ny maha pasitera Pentekôtista, tsy maintsy manokana ny tenanao amin'ny fandikana tsara ny "Teny fahamarinana" ianao (2 Tim. 2: 15). Satria mino ianao fa ny Baiboly dia Tenin'Andriamanitra mandrakizay ho an'ny olombelona, tsy maintsy toherinao ny fakam-panahy hanolana ny Tenin'Andriamanitra hifanaraka amin'ny hevitrao manokana. Tokony hihaino ny fampitandremana nomen'i Petera ianao "ary amin'ireo efa misy zavatra saro-pantarina, izay aolan'ny olona kely fahalalana sady tsy miorina tsara, tahaka ny anaovany ny teny sasany amin'ny Soratra Masina koa, ka mahatonga fahaverezana ho an'ny tenany" (2 Pet. 3:16). Tsy maintsy mitandrina tsara ihany koa ianao ka mankato ny didin'ny Soratra Masina hoe "milazà izay miendrika ny fampianarana tsy misy kilema" (Tit. 2:1).

### Mampandroso amim-pahatokiana ny iraka

Fahefatra, tsy maintsy manokana ny tenanao amin'ny fahatakarana mazava sy fampandrosoana amin-kafanam-po ny irak'Andriamanitra voambara ao amin'ny Soratra Masina ianao. Ny Baiboly dia manambara fa Andriamanitra dia Andriamanitra misionera ary miasa Izy mba hahatanteraka ny Irany eto ambonin'ny tany. Io iraka io ilay antsoina hoe *missio Dei*. Andriamanitra dia eo am-panatanterahana iraka fanavotana sy fiantsoana ny olona avy amin'ny fokom-pirenena rehetra sy ny samy hafa fiteny sy ny olona ary ny firenena rehetra" (Apok. 5: 9).[5]

Amin'ny maha pasitera Pentekôtista marina, tsy maintsy mitarika ny fiangonana hanatanteraka io iraka io ianao (Mat. 24:14). Mba hahatanteraka izany, tsy maintsy azonao tsara izay ampianarin'ny Baiboly mikasika ny

[5]Raha te handalina mikasika ny irak'Andriamanitra ianao, jereo ny boky fianarana novokarin'ny Africa's Hope ary nampitondraina ny lohateny hoe "*A Biblical Theology of Missions" na "Fampianarana ara-baiboly mikasika ny Iraka"* nosoratan'i Paul York.

irak'Andriamanitra. Fanampiny, tsy maintsy manokana ny tenanao amin'ny fitarihana ny fiangonanao amin'ny fanatanterahana ny anjarany ao anatin'izany iraka izany ianao.

**Mitory sy mampianatra ny Tenin'Andriamanitra**

Fahadimy, amin'ny maha pasitera Pentekôtista anao, tsy maintsy mitory sy mampianatra ny olonao amim-pahatokiana ny Tenin'Andriamanitra ianao. Ny fanaovana izany dia fanampianao azy ireo: "hitombo amin'ny fahasoavana sy ny fahalalana an'i Jesosy Kristy, Tompontsika sy Mpamonjy" (2 Pet. 3:18). Amin'izay koa azonao antoka tsara fa ny vahoakan'Andriamanitra dia "vonona tsara ho amin'ny asa tsara rehetra" (2 Tim. 3:17). Tena zava-dehibe io ka izany no nahatonga an'i Paoly nandodona an'i Timoty, zanany amin'ny finoana hoe: "mitoria ny teny, mazotoa, na amin'ny fotoana, na tsy amin'ny fotoana, mandrese lahatra, mamporisiha, mananara mafy amin'ny fahari-po sy ny fampianarana rehetra" (2 Tim. 4:2). .

Ny pasitera Pentekôtista izay mampianatra amim-pahatokiana ny Tenin'Andriamanitra dia hahazo valim-pitia (Mat. 24:45-47). Izay tsy mahomby amin'io andraikitra io dia hiharan'ny fitsarana mafy (Jakoba 3:1).

**Miaro amim-pahamatorana ny fahamarinana voambarany**

Farany, amin'ny maha pasitera Pentekôtista marina, tsy maintsy vonona hiaro ny fahamarinana voambara ao amin'ny Soratra Masina ianao. Tahaka an'i Paoly, tsy maintsy mametraka ny tenantsika ho "ho mpanafa-tsiny ny filazantsara" isika (Fil. 1:16). Hoy ny apostoly amin'ny teny hafa nataony: "mitana mafy ny teny marina araka ny efa nampianarina, mba hahaizany hananatra amin'ny fampianarana tsy misy kilema sady handresy lahatra ny mpanohitra" (Tit. 1:9).

Manoloana izany rehetra izany, tsy maintsy miaro ny ondrin'Andriamanitra amin'ny mpampianatra sandoka sy ny fampianaran-diso ianao (Asa 20: 28-31). Afaka manao izany amin'ny alalan'ny fampianarana amim-pahatokiana ny foto-pampianarana ara-baiboly amin'ny fiangonana ianao. Azonao atao koa ny miaro

ny ondry amin'ny alalan'ny fanoherana miharihary sy mivantana izay rehetra endrika fiviliana hiala amin'ny Tenin'Andriamanitra.[6]

---

Ny pasitera Pentekôtista dia tokony ho fantatra amin'ny maha lehilahy na vehivavin'ny Boky azy. Tsy maintsy resy lahatra izy ireo fa ny Baiboly dia avy amin'ny tsindrimandrin'Andriamanitra. Noho izany, tokony ho maminy sy hajainy tanteraka ny Baiboly. Tokony hahafantatra ny Tenin'Andriamanitra sy hampianatra ary hitory izany amim-pahamalinana amin'ny vahoakan'Andriamanitra ihany koa izy ireo.

[6] Raha mila fanazavana bebe kokoa mikasika ny fiarovana ny ondry ianao dia jereo ny Toko 27: "Fiandrasana ny ondry".

~ Toko 10 ~

# Mihazona ny fahamarinana Pentekôtista

Ny pasitera Pentekôtista tsirairay dia tsy maintsy mihazona ny fahamarinana Pentekôtista ao anatin'ny fiangonana tandremany. Mba hahafahana manao izany, tsy maintsy azony tsara ireo fahamarinana ara-baiboly mamaritra ny Pentekôtisma amin'ny maha fikambanana azy. Tsy maintsy vitany koa ny miaro ireo fahamarinana ireo.

Io fiarovana io dia mihoatra noho ny fahazoana fandresena amin'ny adihevitra teolojika. Tafiditra ao anatiny ny fanatanterahana amim-pahombiazana ny Iraka Lehibe. Ny fahitan'ny olona iray ny asan'ny Fanahy Masina eo amin'ny fiainan'ny mpino dia misy fiantraikany amin'ny fiezahany hanatanteraka ny iraka napetrak'i Kristy dia ny fanaovana mpianatra ny firenena rehetra (Mat. 28:18-20). Raha tsy eo ny fahatakarana mazava ny fanafiana ny herin'ny Fanahy Masina dia tsy ho tanteraka mihitsy ny iraka lehibe.

Alaivo sary an-tsaina ny hoe manana hety lelany iray fotsiny ianao. Na maranitra tahaka aza izany ilany eo an-tananao izany, tsy misy ilana azy. Kanefa rehetra mitambatra ny lelany roa dia tonga fitaovana sarobidy izy. Tahaka izany koa ny fampianarana ara-baiboly mikasika ny asan'ny Fanahy Masina. Raha ny

asa fanavaozana ataon'ny Fanahy Masina (hita ao amin'ny epitsily nosoratan'i Paoly) ihany no asongadin'ny olona iray fa avelany kosa ny asa fanafiana hery ataon'ny Fanahy Masina (araka ny hita ao amin'ny Asan'ny Apostoly), dia mihena ny asan'ny Fanahy eo amin'ny fiainan'ny mpino ary mihena araka izany koa ny fanjakan'Andriamanitra.

Ity toko ity dia miresaka mikasika ny andraikitrin'ny pasitera amin'ny fihazonana ny fahamarinana Pentekôtista ao anatin'ny fiangonana. Ny tiantsika ambara amin'ny fahamarinana Pentekôtista dia ireo foto-pampianarana sy fomba amam-panao tsy misy manasongadina afa-tsy ny mpandinika Soratra Masina Pentekôtista ihany. Ireo fahamarinana ireo dia momba ny maha izy ny Fanahy Masina sy ny asany ao amin'ny fiainan'ny mpino.

Raha tian'ny fikambanana Pentekôtista eto Afrika ny hihazona ny hafanampony ho an'ny fitoriana ny filazantsara sy ny asa misiona, ny pasitera Pentekôtista dia tsy maintsy manindrahindra ny foto-pampianarana sy ny fanao Pentekôtista ao anatin'ny fiangonany. Raha tsy mahomby amin'io ezaka io izy ireo, tsy isalasalana fa hihamalemy sy hihalevona tahaka ireo fikambanana hafa ny hetsika Pentekôtista. Mety mbola hihazona ny endrika maha Pentekôtista ihany ny fiangonany, kanefa, ho very tanteraka kosa ny fahavelomana ara-panahy sy ny firehetam-po ho amin'ny asa misiona. Ho tonga fiangonana manana tantara tsara tamin'ny lasa izy ireo kanefa tsy manana ny heriny ankehitriny (2 Tim. 3:5).

## FAHAZOANA NY FOTOTRA

Ny mpandinika Soratra Masina Pentekôtista dia mandray ny Soratra Masina rehetra ho fototrin'ny fampianarany. Kanefa, ny tena loharano voalohany hahafahana mahazo tsara ny asa fanafiana hery ataon'ny Fanahy Masina dia ny bokin'ny Asan'ny Apostoly, izay ao amin'ny Testamenta Vaovao. Ao amin'io boky io no ahitantsika ny fomba famenoana, fanafiana hery ary fampiasan'ny Fanahy Masina ny olona ho amin'ny fanompoan'ny fanjakana.

Ny tsy mampitovy ny teolojiana Pentekôtista amin'ny teolojiana tsy Pentekôtista dia ny fomba handraisan'izy ireo ny bokin'ny Asan'ny Apostoly. Ny tsy Pentekôtista dia mandray ny Asan'ny Apostoly ho tantara masina. Amin'izy ireo, ny boky dia mitantara ny nanombohan'Andriamanitra tamin'ny fomba mahagaga ny fiangonana voalohany tany Jerosalema sy ny nielezan'izany

nanerana ny ampira Romana. Amin'ny teny hafa, ny tsy Pentekôtista dia mandray ny Asan'ny Apostoly ho tantara mikasika ny zavatra *tetsy sy teroa* niseho tamin'ny taonjato voalohany.

Hafa kosa nefa ny fijerin'ny Pentekôtista ny bokin'ny Asan'ny Apostoly. Miombon-kevitra amin'ny evanjelika izy ireo ary manaiky fa ny Asan'ny Apostoly dia tantaran'ny fiangonana voalohany. Kanefa, mihoatra noho ny tantara masina ny boky amin'izy ireo. Ny Pentekôtista dia mino fa i Lioka dia nanoratra ny Asan'ny Apostoly hanomezana modely maharitra ho an'ny fiangonana amin'ny tokony ho fitondrantenany mandra-piverin'i Kristy. Noho izany, ny Asan'ny Apostoly dia manome antsika ohatra maharitra mikasika ny fomba fiaina sy ny asa fanompon'ny Kristiana eto sy ankehitriny. Ao amin'ny Asan'ny Apostoly no ianarantsika fa ny antom-pisin'ny fiangonana dia ny ho vavolombelon'i Kristy voatafy ny herin'ny Fanahy eo amin'ny toerana misy azy sy hatrany amin'ny faran'ny tany (Asa 1:8).

Ny bokin'ny Asan'ny Apostoly ihany koa dia mitantara ny nandraisan'ireo mpianatr'i Kristy voalohany ny batisa amin'ny Fanahy Masina; sy ny nanovan'izany fahatsapana izany ny fiainana sy ny asa fanompoan'izy ireo. Asehony ao ny nanatanterahan'ny fiangonana ny iraka napetraka taminy tamin'ny herin'ny Fanahy Masina sy ny fahagagana nanaraka azy ireo (5:12-16; 6:8; 15:12). Ao amin'ny Asan'ny Apostoly, ny Fanahy dia miantso, manafy hery ary maniraka ny mpanompon'i Kristy ho any amin'ny firenena mba hanambara ny filazantsara amim-pahasahiana. Rehefa nankato izy ireo, dia ny Fanahy no nitarika ny lalany. Ny asa misiona nataon'izy ireo dia narahan'ny firotsahan'ny Fanahy Masina tamin'ny fomba mahery vaika (2:4; 4:31).

Noho izany, ny hetsika misionera ataon'ny Fanahy Masina ao amin'ny Asan'ny Apostoly dia manome sary mazava momba ny tokony ho endrikin'ny fiangonana amin'izao androntsika izao.

## FANINDRAHINDRANA "IREO ZAVATRA MAMPIAVAKA" NY PENTEKÔTISTA

Araka izany, ny Pentekôtista dia mihazona fa ny Asan'ny Apostoly dia manolotra modely ho an'ny fiangonana mikasika ny fomba hahafahan'ny olona mandray ny Fanahy Masina. Ny fahatsapana ny amin'ny batisa amin'ny Fanahy

Masina dia raisina aorian'ny fahateraham-baovao[1]. Ny fandraisana ny Fanahy Masina dia miaraka amin'ny famantarana dia ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra araka izay ampitenenin'ny Fanahy. Ndeha hojerentsika ireo foto-pampianarana mampiavaka ny Pentekôtista.

**Ny foto-pampianarana mifanarakaraka**

Ny foto-pampiarana mifanarakaraka dia mihazona fa ny batisa amin'ny Fanahy Masina dia fahatsapana "miavaka sady aorian'ny fahateraham-baovao". Ny tsy Pentekôtista dia mahita ny fahateraham-baovao sy ny batisa amin'ny Fanahy Masina ho fizarana roa mandrafitra ny fahatsapana ny famonjena. Ny Pentekôtista kosa nefa mandray azy ireo ho fahatsapana miavaka sy samihafa tanteraka. Ny Pentekôtista dia manamafy fa io fahamarinana io dia hita mazava tsara amin'ny tranga telo samihafa ao amin'ny bokin'ny Asan'ny Apostoly:

*1. Ny nandraisana ny Fanany Masina tany Samaria (Asa 8:4-17).* Eto amin'ity tantara ity, Filipo dia nidina tany samaria ary nitory an'i Kristy tamin'ny olona tany. Nihaino tsara ny teny notoriany ny olona, nino ny hafatra nentiny, afaka tamin'ny fatoran'ny demonia, nahatsapa fifaliana lehibe ary natao batisa tamin'ny rano (and. 5-8, 12). Kanefa, afaka andro vitsivitsy, tamin'ny fotoana nahatongavan'i Petera sy Jaona sy nametrahany tanana tamin'ny olona tany vao nandray ny Fanahy Masina izy ireo (and. 14-17).

*2. Ny nandraisan'i Saoly (Paoly) ny Fanahy Masina (Asa 9:1-19).* Nihaona tamin'i Jesosy teny amin'ny lalan'i Damaskosy i Saoly. Tamin'io fotoana io no ninoany an'i Jesosy ary indroa izy no niantso azy hoe "Tompo" (and. 5; 22:8-10). Taty aoriana dia hoy izy: "tsy misy mahay manaiky hoe: Jesosy no Tompo, raha tsy amin'ny Fanahy Masina" (1 Kor 12:3). Avy hatrany i Paoly dia nanolotra ny tenany ho an'i Kristy sy nankato ny baikon'ny Tompony Vaovao ka nankany an-tanàna (and. 6-9). Tao no nihaonany tamin'i Ananiasy izay niantso azy hoe "ry

[1] Ao amin'ny foto-pampianarana faha 9 amin'ny fanambarana ny finoan'ny Fiombonan'ny Fiangonana Assemblée de Dieu no ahitantsika ny momba ny "Batisa amin'ny Fanahy Masina" (jereo ny Fanampiny 2)

Saoly rahalahy" (and. 17; 22:13). Telo andro taorian'izany rehetra izany, nandray ny Fanahy Masina i Saoly (and. 17-18).

*3. Ny nandraisan'ireo mpianatra roa ambin'ny folo tany Efesosy ny Fanahy Masina (Asa 19: 1-7).* Ireo lehilahy ireo dia mpikambana tao amin'ny fiangonana vao nisokatra tao Efesosy (18:27). Antsoin'ny Soratra Masina hoe "mpianatra" (and.1). Efa nino ny hafatr'i Jaona mpanao batisa mikasika ny Tompo Jesosy izy ireo ary nametraka ny finoany tamin'i Kristy mba hahazoana famonjena. Noho izany, nataon'i Paoly batisa tamin'ny rano izy ireo (and.5). Taorian'izany rehetra izany vao "nametrahan'i Paoly tanana izy, dia nilatsaka taminy ny Fanahy Masina; ary niteny tamin'ny teny tsy fantatra izy sady naminany" (and.6).

Tao anatin'ireo ohatra telo ireo isika dia nahita mazava tsara ny elanelam-potoana teo amin'ny fiovam-pon'ny olona sy ny batisa amin'ny Fanahy Masina. Fanampin'izany, ny tanjona fanafiana herin'ny batisa amin'ny Fahany Masina dia mitaky ny hisarahan'ireo fahatsapana roa ireo sy ny hitrangan'ny fahateraha-baovao alohan'ny batisa amin'ny Fanahy Masina (Asa 1:8).

**Ny foto-pampianarana fa ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra no porofo**

Ny Pentekôtista dia mampianatra fa ny batisa amin'ny Fanahy Masina dia "raisina amin'ny finoana, ary ny famantarana manaraka izany dia ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra araka izay ampitenenin'ny Fanahy Masina, io no porofo voalohany"[2]. Tahaka ny tamin'ny foto-pampianarana mifarakaraka, ny Pentekôtista dia nametraka ny foto-pampianarana momba ny maha porofo ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra amin'ny fandalinana ny bokin'ny Asan'ny Apostoly.

Indimy ny bokin'ny Asan'ny Apostoly no miresaka mikasika olona feno ny Fanahy Masina na vita batisa amin'ny Fanahy Masina. Tamin'ny fotoana telo

---

[2] Ao amin'ny foto-pampianarana faha 9 amin'ny fanambarana ny finoan'ny Fiombonan'ny Fiangonana Assemblée de Dieu no ahitantsika ny momba ny "Batisa amin'ny Fanahy Masina" (jereo ny Fanampiny 2)

samihafa amin'ireo, ny andalan-tSoratra Masina dia manambara mazava fa ireo nandray ny Fanahy Masina dia niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra. Ohatra voalohany amin'izany ny nitranga tamin'ny Andro Pentekosta, ny mpianatra 120 dia "samy feno ny Fanahy Masina izy rehetra, ka dia niteny tamin'ny fiteny maro samy hafa, araka ny nampitenenan'ny Fanahy Masina azy" (Asa 2:4). Ny ohatra faharoa dia nitranga tao an-tranon'i Kornelio, tany amin'ny moron-tsirak'i Kaisaria. Voalazan'ny Baiboly fa: "talanjona ny mino isan'ny voafora izay niaraka tamin'i Petera, satria nilatsaka tamin'ny jentilisa koa ny fanomezana, dia ny Fanahy Masina. Fa nandre azy niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra sy nankalaza an'Andriamanitra izy" (10:45-46). Ny ohatra fahatelo dia nitranga tany amin'ny tanànan'i Efesosy, izay nihaonan'i Paoly tamin'ireo mpianatra roa ambin'ny folo tany. Hoy ny Baiboly: "Ary rehefa nametrahan'i Paoly tanana izy, dia nilatsaka taminy ny Fanahy Masina; ary niteny tamin'ny teny tsy fantatra izy sady naminany" (19:6).

Ao anatin'ireo ohatra roa hafa ahitana olona feno ny Fanahy Masina ao amin'ny Asan'ny Apostoly; ny andalana dia ahitana taratra fa niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra ireo olona nandray. Ohatra, ireo mpino vaovao tao samaria dia nandray ny Fanahy Masina rehefa nametrahan'i Petera sy Jaona tanana (Asa 8:17). Na dia tsy nazavain'i Lioka aza fa niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra izy ireo, ny andalana kosa dia manambara fa nisy zavatra nahagaga sy nandresy lahatra nitranga tany. Nahalanjona tanteraka i Simona mpanao ody loatra izany ka nangataka ny hividy fanomezam-pahasoavana izy. Miara-manaiky ny mpandinika ny Baiboly fa nahita ireo mpino vaovao niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra i Simona satria izany no hany famantarana ny fandraisana ny Fanahy Masina voaresaka any amin'ny andalana hafa ao amin'ny Asan'ny Apostoly.

Ny ohatra iray farany ny amin'ny olona feno ny Fanahy Masina ao amin'ny asan'i Apostoly dia tamin'ny nametrahan'i Ananiasy tanana tamin'i Saoly avy any Tarsosy sy nivavahany mba handraisany ny Fanahy Masina (Asa 9:17-18). Na dia tsy milaza mazava aza ny Soratra Masina fa niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra i Saoly tamin'io fotoana io, taty aoriana i Paoly dia nijoro vavolombelona fa nivavaka matetika tamin'ny fiteny tsy fantatra (1 Kor 14:18). Azo inoana fa tamin'ny fotoana nilatsahan'ny Fanahy Masina taminy no nanombohan'izany.

Noho ireo antony ireo sy ny maro hafa, ny manam-pahaizana Pentekôtista dia manamafy fa ny olona mikatsaka ny fanafiana hery avy amin'ny Fanahy Masina dia tokony hanantena hiteny amin'ny fiteny tsy fantatra amin'ny fotoana voalohany handraisany ny fahafenoana.

## FANAMBARANA NY "FILAZANTSARA FENO"

Iray amin'ny fomba mahomby hahafahan'ny pasitera Pentekôtista manindrahindra ny fahamarinana Pentekôtista ao anatin'ny fiangonany ny fanasongadinana tsy tapaka ny "Filazantsara Feno" ao anatin'ny fampianarany sy ny toriteniny. Ny teny hoe "Filazantsara Feno" dia manondro ny hevitra teolojika nankamamian'ny fiangonana voalohany. Io hevitra io dia fantatra amin'ny anarana hoe "Filazantsara misy lafiny efatra" na "Filazantsara efajoro". Novolavolain'ny mpitarika ny fiangonana Pentekôtista tao amin'ny fiangonana voalohany izany mba hanampiana amin'ny fanasongadinana ny hafatra toriana sy inoan'ny fiangonana.

Ireo andry efatra ao anatin'ny Filazantsara Feno dia voafintina ao anatin'ny fehezanteny efatra mazava tsara: Mamonjy i Jesosy, Manasitrana i Jesosy, Manao batisa amin'ny Fanahy Masina i Jesosy ary Ho avy indray i Jesosy. Ny Pentekôtista tany aloha tany dia nahatsapa fa ireo foto-pampianarana fanalahidy efatra ireo dia nataon'ny fiangonana tsirambina ka nila naverina nasongadina. Ny tena tanjakan'ity modely ity dia ny fihazonana an'i Jesosy ho ivon'ny toriteny sy ny fampianarantsika. Mandritra izao fotoana izao toa mahadiso lalana ny ankamaroan'ny fiangonana Pentekôtista manerana an'i Afrika izao dia tsara tokoa ny miverina amin'ny fanasongadiana ireo zavatra efatra ireo:

### Mamonjy Jesosy

Ny andro voalohany amin'ny Filazantsara Feno dia ny fahamarinana fa mamonjy i Jesosy. Izy irery ihany no zanak'Andriamanitra sy Mpamonjy izao tontolo izao (Jaona 20:31; 1 Jaona 4:14). Noho izany, ny Pentekôtista dia mino fa ny hany fanantenana famonjena ho an'ny olombelona rehetra dia amin'ny alalan'ny ran'i Jesosy latsaka teo amin'ny hazo fijaliana (Asa 4:12; Kol. 1:20). Ny tena pasitera Pentekôtista marina dia hitory matetika mikasika ny hazo fijalian'i

Kristy sy hiantso ny olona hoe “mibebaha ianareo ka minoa ny filazantsara” (Marka 1:15).

### Manasitrana Jesosy

Ny andry faharoa amin’ny Filazantsara dia ny fahamarinana fa Jesosy dia manasitrana. Ny Pentekôtista dia mino fa ny fampanantenan’Andriamanitra fanasitranana dia ao anatin’ny fon’ny filazantsara. Mino izy ireo fa ny famonjena amin’ny fahotana sy ny fanafahana amin’ny aretina dia avy amin’ny fanavotana. Araka izany, ny fanasitranana dia tombontsoan’ny mpino rehetra (Isa. 53:4-5; Mat. 8:16-17). Noho izany, amim-pahasahiana no hanambaran’izy ireo fa: “Jesosy Kristy no tsy miova omaly sy anio ary mandrakizay” (Heb. 13:8). Tahaka ny namonjena sy nanasitranan’i Jesosy ny olona tamin’ny andron’i Baiboly, mamonjy sy manasitrana izy amin’izao androntsika izao.

### Manao Batisa amin’ny Fanahy Masina

Ny andry fahatelo amin’ny Filazantsara Feno dia ny fahamarinana fa Jesosy dia manao batisa amin’ny Fanahy Masina ny mpino sy manafy hery azy ho vavolombelona amin’ny very (Asa 1:8). Ny Pentekôtista dia manambara amim-pahasahiana fa ny mpino rehetra dia afaka ary tokony hikatsaka amin-kafanam-po ny batisa ao amin’ny Fanahy Masina araka ny baikon’i Kristy (and. 4 – 5; jereo koa ny Lioka 24: 49).

Araka ny noresahana teo aloha, io fahatsapana io dia tsy mitovy amin’ny fahateraham-baovao ary voaporofon’ny fitenenana amin’ny fiteny tsy fantatra araka izay ampitenenin’ny Fanahin’Andriamanitra (Asa 2:4). Ny pasitera Pentekôtista tsirairay dia tokony hitory matetika ny batisa ao amin’ny Fanahy Masina. Fanampin’izany, tokony hiara-hivavaka amin’ny vahoakany mba handraisan’izy ireo ny Fanahy Masina izy.[3]

---

[3] Raha te hianatra bebe kokoa mikasika ny fivavahana ho an’ny olona tsirairay mba handraisany ny Fanahy Masina ianao dia jereo ny Toko 20 “Fitarihana ny mpino amin'ny Batisa amin'ny Fanahy Masina”

**Ho avy indray i Jesosy**

Ny andry fahefatra ao Filazantsara Feno dia ny fahamarinana fa ho avy indray i Jesosy. Nampanatena i Jesosy fa hiverina eny amin'ny lanitra haka ny olony ho any Aminy (Jaona 14:3). Amin'ny fotoana hiverenany dia izay maty ao amin'i Kristy no hitsangana voalohany. Aorian'izay dia izay rehetra mbola velona no hakarina hihaona amin'ny Tompo (1 Tes. 4:16-17; 1 Kor. 15:51-52). Fanantenana voatahy ho an'ny fiangonana izany (Tit. 2:13). Izay rehetra nanaiky an'i Kristy ho Mpamonjiny sy miaina amim-pahatokiana amin'ny fankatoavana Azy dia mandray ny hafatrin'ny fiverenan'i Kristy amim-pifaliana. Kanefa, izany nandà ny hafatr'i Kristy kosa dia mandray izany amin-tahotra. Ny pasitera Pentekôtista dia tsy maintsy manambara amim-pahasahiana ny hafatrin'ny fiavian'i Kristy amin'ny olona rehetra, miantso azy ireo hiala amin'ny fahotana sy fitiavana izao tontolo izao ary mikatsaka ny fiainam-pahamasinana. Ny fahafantarana fa ho avy tsy hoe ela i Kristy dia manainga ny kristiana Pentekôtista hiasa hahatonga ny olona very hanatona an'i Kristy.

## ASA FANOMPOANA PENTEKOTISTA

Ny pasitera Pentekôtista hendry dia mahatakatra tsara fa ny fiainana sy ny asa fanompoana Pentekôtista dia vokatrin'ny fanarahana tsara ireo fahamarinana Pentekôtista ireo. Azony tsara koa ny fitokisan'ny olona dia tsy tokony hiorina amin'ny "fahendren'ny olona, fa amin'ny herin'Andriamanitra" (1 Kor. 2:4-5). Ny tena finoana marina dia tokony hitarika amin'ny fahatsapana marina, ary ny finoana sy ny fahatsapana marina dia tokony hitarika amin'ny fampiharana marina. Ndeha isika hijery ohatra dimy amin'ny fiainana sy ny asa fanompoana avy amin'ny fankatoavana ireo fahamarinana Pentekôtista ireo:

**Fiainana feno ny Fanahy**

y fiainana feno ny Fanahy dia vokatra voajanahary avy amin'ny fanekena ny fahamarinana Pentekôtista. Rehefa mitory sy mivavaka mba hahatonga ny olona ho feno ny Fanahy Masina ianao, ny Fanahin'Andriamanitra dia hanomboka hameno amin-kery eo amin'ny fiainan'izy ireo. Hanomboka hamolavola azy ireo

ho mpiasa mahomby ho an'i Kristy Izy. Noho izany, tsy maintsy manararaotra io fotoana io ianao hitarihana ny olona ao anatin'ny fahafenoan'ny Fanahy Masina.[1]

### Vavaka tarihan'ny Fanahy

Ny fitoriana sy fampianarana ny fahamarinana Pentekôtista avy eo amin'ny polipitra dia hitarika vavaka tarihan'ny Fanahy ao anatin'ny fiangonana. rehefa mitarika ny mpikambana ao anatin'ny fiainana feno ny Fanahy sy mampianatra azy ireo ny fomba fivavahana ao amin'ny Fanahy ianao dia hiova ny fahazaran'izy ireo mivavaka. Hanomboka hivavaka amin'ny fomba mahery vaika sy eo ambany fitarihan'ny Fanahy izy ireo. Niresaka mikasika izany vavaka izany i Paoly ao amin'ny Romana 8: 26-27 (jereo koa ny 1 Kor. 14:14-15; Efe. 6:18).[2]

### Fijoroana Vavolombelona voatafy hery

Nampanantena i Jesosy hoe: "Fa hahazo hery ianareo amin'ny hilatsahan'ny Fanahy Masina aminareo, ary ho vavolombeloko" (Asa 1:8). Rehefa feno ny Fanahy Masina ny olona ka tarihana ho amin'ny fijinjana dia hanomboka hijoro vavolombelona miaraka amin'ny hafanam-po sy hery lehibe mihoatra noho ny teo aloha. Averina indray, tsy maintsy manao izay rehetra azonao atao ianao amin'ny fitarihana ny olona amin'ny fijoroana vavolombelona, ny fananganana fiangonana ary ny hetsika hafa fitoriana ny filazantsara.

### Fanomezam-pahasoavana

Ny fampianarana amim-pahatokiana ny fahamarinana Pentekôtista ao anatin'ny fiangonana dia mandrisika ny fampiasana ny fanomezam-pahasoavana. Amin'ny maha pasitera Pentekôtista, tokony handrisika ny fampiasana fanomezam-pahasoavana ao am-piangonana amin'ny alalan'ny fampianarana

---

[1] Ny boky, "*In Step with the Spirit*" na "Ao anatin'ny Dingana miaraka amin'ny Fanahy", nosoratan'i Denzil R. Miller dia azo alaina maimaimpoana ao amin'ny www.decadeofpentecost.org.

[2] Raha mila fampianarana bebe kokoa momba ny fomba fivavaka ianao dia jereo ny Toko 8 "Laharam-pahamehanan'ny vavaka".

momba izany ianao. [3] Fanampin'izany, tokony hanokana fotoana ho an'ny fampiasana ny fanomezam-pahasoavana ianao mandritra ny fotoam-bavaka ao am-piangonana. Azonao atao koa ny mampiroborobo izany amin'ny alalan'ny famelana ny Fanahy hiasa ao aminao sy amin'ny alalanao. Ny fampiasana ny fanomezam-pahasoavana ao anatin'ny fiangonana dia hampitombo ny olona voavonjy, sitrana ary feno ny Fanahy.

**Vina misionera**

Farany, rehefa mampianatra ny olona amim-pahatokiana ny fahamarinana Pentekôtista ianao dia hamorona vina misionera ao anatin'ny fiangonana. Rehefa feno ny Fanahy Masina sy mianatra mikasika ny andraikiny amin'ny fanaovana mpianatra ny firenena rehetra ny mpikambana ao amin'ny am-piangonana dia hanana firehetam-po amin'ny famonjena ny olona eny amin'ny toerana rehetra alehany. Tsy maintsy mampitombo io vina io amin'ny alalan'ny fametrahana fandaharana asa misiona matanjaka ao anatin'ny fiangonana ianao.[4]

---

Ho tahaka ny fiangonana ao amin'ny bokin'ny Asan'ny Apostoly ny fiangonana Pentekôtista amin'izao androntsika izao raha manaraka ny modelin'ny asa fanompoana sy ny fanao voahosotrin'ny herin'ny Fanahy Masina. Avy amin'izany no nahatonga ny fiangonana voalohany nanana firehetam-po lehibe ho an'ny asa misiona sy nahazoan'izy ireo ny paikady nentina nanatratra ny very tamin'ny alalan'ny filazantsara. Amin'izao andro farany, mialohan'ny hiverenan'i Jesosy izao, ny pasitera Pentekôtista dia tsy maintsy Pentekôtista amin'ny finoana, ny fahatsapana ary ny fanao. Tsy maintsy mampianatra ny olona hanao izany ihany koa izy ireo.

---

[3] Jereo ao amin'ny Fanampiny 2: "Ny fisehon'ny fanomezam-pahasoavana ao amin'ny 1 Korintiana 12: 8-10".

[4] Raha handalina bebe kokoa ny momba ity lohahevitra ity ianao dia jereo ny Toko 40: "Fampivelarana tetikasa misionera eo amin'ny fiangonana".

# ~ Toko 11 ~

# Manandratra ny fahatsapana sy ny fanao Pentekôtista

Izao no fanamarihana nataon'ny pasitera Pentekôtista feno fahendrena iray: "Zava-dehibe tokoa ny maha mpitoriteny Pentekôtista, kanefa zavatra hafa tanteraka mihitsy ny mitory ny Pentekosta". Ny tian'ilay pasitera ambara dia: afaka miantso ny tenany hoe Pentekôtista ny mpitoriteny na dia tsy manana ny fanao Pentekôtista aza. Izany hoe, mety hisy pasitera mikambana amim-pahatsoram-po ao anatin'ny fikambanana Pentekôtista kanefa tsy miombon-kevitra amin'ny fahatsapana sy ny fanao Pentekôtista. Ny tena pasitera Pentekôtista marina, na lahy na vavy dia manandratra ny fahatsapana sy ny fanao Pentekôtista ao anatin'ny fiangonana tarihany.

Tao amin'ny toko teo aloha isika dia niresaka mikasika ny andraikitrin'ny pasitera Pentekôtista amin'ny fihazonana ireo fahamarinana Pentekôtista. Ato amin'ity toko ity isika dia hiresaka ny andraikiny amin'ny fanandratana ny fahatsapana sy ny fanao Pentekôtista.

## MANANDRATRA NY FAHATSAPANA PENTEKÔTISTA

Ny Pentekôtista manerana izao tontolo izao dia manaiky fa na dia zava-dehibe aza ny finoana an'Andriamanitra, tsy ampy raha izany fotsiny. Ny teny voalazan'ny Jakoba no ampiasain'izy ireo amin'izany: "Hianao manao fa iray ihany no Andriamanitra; koa tsara izany ataonao izany,- ny demonia koa mba mino izany ka dia mangovitra" (Jak. 2:19).

Ny Pentekôtista dia mampianatra fa ambonin'ny finoana an'Andriamanitra, tsy maintsy miaina ao anatin'ny fifandraisana Aminy ny olona iray. Io fifandraisana io dia miorina sy hazonina amin'ny alalan'ny fahatsapana miaraka amin'Andriamanitra. Ireto ny telo amin'ireo fahatsapana ireo dia ny fahateraham-baovao, ny batisa amin'ny Fanahy Masina ary fiombonana isan'andro amin'i Kristy. Ndeha hojerentsika ny tsirairay avy amin'ireo fahatsapana telo ireo sy ny fomba hahafahanao pasitera Pentekôtista manandratra azy ireo ao anatin'ny fiangonan'i Kristy izay nanendrena anao ho mpitarika:

### Fahateraham-baovao

Voalohany, tsy maintsy manasongadina ny ilana ny fahaterahana indray ao anatin'ny toriteny sy ny fampianaranao ianao. Tsy maintsy takianao ny hananan'ny mpikambana tsirairay ao amin'ny fiangonanao fahatsapana fahaterahana indray. Tsy maintsy azonao antoka ihany koa fa ny olona tsirairay mamonjy ny fiangonanao dia efa nantsoina hanaiky an'i Kristy ho Mpamonjiny. Izany no nataon'i Jesosy tamin'i Nikodemosy. Hoy i Jesosy tamin'ity mpitarika fivavahana ity: "Tsy maintsy hateraka indray ianareo" (Jaona 3:7). Ireo tenin'i Jesosy ireo dia tokony ho eo am-bavanao matetika rehefa mampianatra sy mitoriteny ianao.

Ny ateraka indray dia "aterak'Andriamanitra" (Jaona 1:13; jereo koa ny 3: 5, 8). Ateraka indray ny olona rehefa manatona an'i Kristy amim-panetren-tena, manaiky Azy ho Tompo sy Mpamonjy, mibebaka amin'ny fahotana ary mametraka tanteraka ny fitokisany Aminy mba hahazoana famelan-keloka sy fanadiovana. Amin'io fotoana io, mitranga ny fiovam-piainana ara-panahy antsoina hoe fiovam-po. Miditra eo amin'ny fiainan'izy ireo i Kristy, ary manova tanteraka azy na ao anaty na etỳ ivelany. Hoy i Paoly: "Koa raha misy olona ao

amin'i Kristy, dia olom-baovao izy; efa lasa ny zavatra taloha, indreo efa tonga vaovao ireo" (2 Kor. 5:17).

**Batisa amin'ny Fanahy Masina**

Ankoatran'ny fitarihana ny olona amin'ny fahateraham-baovao, amin'ny maha pasitera Pentekôtista mahatoky, tsy maintsy mitarika izay rehetra nanaiky an'i Kristy ho Mpamonjiny amin'ny batisa ao amin'ny Fanahy Masina avy hatrany ianao. Izany no fanaon'ny fiangonana voalohany. Rehefa ren'ny apostoly tany Jerosalema fa voavonjy ny olona tany Samaria dia naniraka an'i Petera sy Jaona avy hatrany izy ireo mba handeha hivavaka handraisan'izay voavonjy ny Fanahy Masina (Asa 8:14-17). Taty aoriana, rehefa tonga tany Efesosy i Paoly; ny fanontaniana voalohany napetrany tamin'ny mpianatra tany dia: "Efa noraisinareo va ny Fanahy Masina, fony vao nino ianareo?" (19:2). Rehefa hitan'ny apostoly fa tsy mbola nandray ny Fanahy Masina izy ireo, avy hatrany izy dia nametra-tanana taminy ka dia "nilatsaka taminy ny Fanahy Masina; ary niteny tamin'ny teny tsy fantatra izy sady naminany" (and.6).

Amin'ny maha pasitera Pentekôtista, tsy maintsy manaraka ny ohatra nasehon'ny apostoly sy miasa mafy ianao mba hahatonga ny kristiana vaovao handray ny batisa amin'ny Fanahy Masina avy hatrany. Tsy maintsy azonao antoka koa nefa fa izay mandray ny Fanahy Masina dia mahatakatra tsara ny antony anaovan'Andriamanitra batisa amin'ny Fanahy Masina ny mpino. Nomeny azy ireo ny Fanahiny mba hanafy hery azy ireo amin'ny maha vavolombelon'i Kristy azy (Asa 1:8). Noho izany, tsy maintsy manetsika ireo mpino vita batisa amin'ny Fanahy Masina hizara an'i Kristy amim-pahasahiana amin'ny ankohonany sy ny namany ianao.

Mba hahatonga ny fiangonana ho misionera voatafy ny herin'ny Fanahy, mila mitory sy mampianatra matetika mikasika ny ilan'ny mpino tsirairay ny batisa amin'ny Fanahy Masina ianao. Ny fampianaranao momba ny batisa amin'ny Fanahy Masina dia tokony hamaly mazava ireto fanontaniana telo ireto: (1) Inona ny batisa amin'ny Fanahy Masina? (2) Nahoana no tsy maintsy atao batisa

amin'ny Fanahy Masina ny mpino tsirairay? (3) Ahoana no hahafahan'ny olona mandray ny Fanahy Masina?[1]

Ankoatr'izany, mila manome ny mpikambana ao amim-piangonana fahafahana hofenoina na hofenoina indray ny Fanahy Masina ianao. Midika izany fa tokony hisy fotoana natokana hikatsahan'ny mpino an'Andriamanitra sy hangatahana ny fahafenoan'ny Fanahy Masina ao anatin'ny fotoam-bavaka (jereo ny Lioka 11:13). Fanampiny, amim-pahamalinana no tokony hambolena tontolo manomana ny olona amin'ny fandraisana ny Fanahy Masina ao anatin'ny fiangonana. Tafiditra ao anatin'izany tontolo izany ny fisehoan'ny fanatrehan'Andriamanitra sy ny fahatsapana finoana ao anatin'ny fon'ny vahoakan'Andriamanitra.[2]

**Fiombonana isan'andro amin'i Kristy**

Farany, tsy maintsy azonao antoka fa ny mpikambana ao amin'ny fiangonanao dia miaina isan'andro ao anatin'ny fiombonana amin'i Kristy. Io fomba fanao io dia nantsoin'i Kristy hoe mitoetra na miray Aminy (Jaona 15:4-7). Paoly kosa niantso azy hoe "Mandeha araka ny Fanahy" (Gal.5:25). Noho izany, tsy ampy ny ateraka indray fotsiny na feno ny Fanahy Masina fotsiny. Ny kristiana dia tsy maintsy manokana ny tenany hiaina ao anatin'ny fiombonana tsy tapaka amin'i Kristy amin'ny alalan'ny Fanahy Masina (jereo ny Jaona 14:16-18, 23; 1 Jaona 1:3).

Amin'ny alalan'ny teny sy ny ohatra no tsy maintsy ampianaranao ny vahoakan'Andriamanitra hanao ireto zavatra manaraka ireto:

---

[1] Raha mila taridalana amin'ity lohahevitra ity ianao dia jereo ny boky *Proclaiming Pentecost:100 Sermon Outlines on the Power of the Holy Spirit na* "Manambara ny Pentekosta: Drafitra toriteny 100 mikasika ny herin'ny Fanahy Masina". Toriteny 2: "Ny Batisa amin'ny Fanahy Masina". Io boky dia hitanao amin'ny endrika e-book (PDF) ao amin'ny www.DecadeofPentecost.org.

[2] Raha mila fanazavana bebe kokoa mikasika ny fanomanana ny mpino amin'ny fandraisana ny Fanahy Masina ianao dia jereo ny boky *Mobilizing for Mission,* Toko 7: "Ahoana no fomba fitoriana ny batisa amin'ny Fanahy Masina". Azonao alaina maimaimpoana ao amin'ny www.DecadeofPentecost.org.

- Mandeha “araka ny Fanahy” (Gal. 5:25)
- “Miaina araka ny Fanahy” amin’ny alalan’ny “fampifantohana ny saina amin’izay heverin’ny Fanahy” (Rom. 8:5-6).
- Mandray ny Fanahin’Andriamanitra hiaraka Aminy amin’ny maha Mpisolovava, Mpanampy ary Mpampahery (Jaona 14:16).
- “Mivavaka ao amin’ny Fanahy amin’ny fotoana rehetra miaraka amin’ny fivavahana rehetra sy ny fangatahana” (Efe 6:18; jereo koa ny Rom. 8:26; Joda 20).
- Miantehitra amin’ny Fanahy Masina amin’ny fanazavana ny saina sy fanentsehana ny fo rehetra mandinika ny Soratra Masina (Jaona 16:13).
- Mamboly ny vokatrin’ny Fanahy ao amin’ny fiainana (Gal 5:22-23).

Mba hahatanteraka ireo tanjona ireo, mila mampianatra amim-pahatokiana ny vahoakan’Andriamanitra mikasika izay ampianarin’ny Soratra Masina momba ny fiainana voatafy ny herin’ny Fanahy Masina ianao. Ilainao ihany koa ny maneho ireo fanao ireo ao amin’ny fiainanao manokana sy ny asa fanompoanao.

## MANANDRATRA NY FANAO PENTEKÔTISTA

Miaraka amin’ny fitarihana ny vahoakan’Andriamanitra ao anatin’ny fahatsapana Pentekôtista, amin’ny maha pasitera Pentekôtista, tsy maintsy mitarika azy ireo amin’ny fanao Pentekôtista marina koa ianao. Mba hahafahana manao izany, tsy maintsy manokana ny tenanao amin’ny fanandratana ireo fanao folon’ny Pentekôtista ao anatin’ny fiangonana ianao.

### Fanambarana voahosotra

Voalohany, amin’ny maha pasitera Pentekôtista, tsy maintsy manokana ny tenanao amin’ny fanambarana ny Tenin’Andriamanitra miaraka amin’ny hosotra ianao. Ny hosotra dia miseho amin’ny alalan’ny fanatrehan’Andriamanitra mitoetra amin’ny mpianatra feno ny Fanahy sy ny fanomezany azy fahafahana hanao asa fanompoana miaraka amin’ny hery lehibe sy ny fahombiazana. Rehefa mikatsaka ny hosotra ianao dia manaraka ny ohatra nasehon’i Jesosy sy ny apostoly. Hoy i Jesosy mikasika ny toriteniny: “Ny Fanahin'i Jehovah no ato amiko, Satria nanosotra Ahy hitory teny soa mahafaly amin'ny malahelo Izy”

(Lioka 4:18). Ny apostoly ihany koa dia nitory teo ambanin'ny hosotrin'ny Fanahy Masina (Asa 2:14-18; 4:8; 13:8-12).

Amin'ny alalan'ny fanasanao ny Fanahy Masina hameno anao rehefa manao ny asa fanompoan'ny Tenin'Andriamanitra no hahazoanao antoka ny hosotrin'ny Fanahy. Araka izany, rehefa tonga Izy dia tokony hamaly amin'ny finoana amin'ny fanambarana amim-pahasahiana ny Tenin'Andriamanitra ianao (Asa 4:31). Jesosy dia nampanantena fa hanamafy ny fanambarana ny Tenin'Andriamanitra voahosotra amin'ny alalan'ny famantarana mahagaga (Marka 16:15-18).

### Fivavahana ho an'ny marary

Faharoa, amin'ny maha pasitera Pentekôtista anao marina, tsy maintsy manokana ny tenanao amin'ny fivavahana ho an'ny marary sy ny mijaly ianao ary mino fa hanasitrana Andriamanitra. Jesosy dia naniraka ny Mpianany niaraka tamin'ny baiko hoe: "Sitrano ny marary, atsangano ny maty, diovy ny boka, avoahy ny demonia; efa nahazo maimaimpoana ianareo, koa manomeza maimaimpoana" (Mat. 10:8). Nanome toromarika ny mpitarika ny fiangonana i Jakoba: "Misy marary va eo aminareo? Aoka izy hampaka ny loholon'ny fiangonana; ary aoka hanosotra diloilo azy amin'ny anaran'ny Tompo ireo sady hivavaka eo aminy; ary ny fivavaky ny finoana dia hamonjy ilay marary, fa ny Tompo hanangana azy" (Jak. 5:14-15)[3].

### Fandraisana anjara amin'ny Iraka

Fahatelo, amin'ny maha pasitera Pentekôtista, tsy maintsy ataonao azo antoka fa ny iraka dia mijanona ho laharam-pahamehana faratampony ao anatin'ny fandaharam-potoanan'ny fiangonana. Ny fandraisana anjara amim-pientanam-po ao anatin'ny iraka no ivon'ny atao hoe Pentekôtista marina. Ny tenin'i Jesosy tamin'ny Mpianany dia mampifamatotra ny Pentekosta sy ny iraka, "Fa hahazo

---

[3] Raha mila fanazavana bebe kokoa mikasika ity lohahevitra ity ianao dia jereo ny boky Power Ministry: How to Minister in the Spirit's Power na ny Asa Fanompoana amin-kery: Ahoana no fanaovana asa fanompoana ao amin'ny herin'ny Fanahy, Toko 11: "Ahoana no fivavahana ho an'ny marary."

hery ianareo amin'ny hilatsahan'ny Fanahy Masina aminareo, ary ho vavolombeloko any Jerosalema sy eran'i Jodia sy Samaria ary hatramin'ny faran'ny tany” (Asa 1:8). Tsy tokony hiantso ny tenany ara-dalàna hoe Pentekôtista ny fiangonana raha toa ka tsy manatanteraka ny iraka. Noho izany, amin’ny maha pasitera Pentekôtista, tsy maintsy mametraka fandaharam-potoana matanjaka ho an’ny iraka ao anatin’ny fiangonana ianao.

Mba hahatanteraka izany, mila mitory sy mampianatra matetika mikasika ny irak’Andriamanitra ianao. Ny Irak’Andriamanitra dia tsy inona fa ny Drafiny ho fanavotana sy fiantsoana ny olona rehetra avy amin’ny fokom-pirenena rehetra sy ny samy hafa fiteny sy ny olona ary ny firenena rehetra (jereo koa ny Mat. 24:14; Apok. 5:9). Tsy maintsy azonao antoka fa ny mpikambana tsirairay ao anatin’ny fiangonana dia mahatakatra ny andraikiny amin’ny fanatanterahana ny irak’Andriamanitra.

Mila mamorona fotoana fanararaotra hahafahan’ny mpikambana ao amin’ny fiangonana mandray anjara manokana amin’ny irak’Andriamanitra ianao. Afaka manao izany amin’ny alalan’ny fitarihana ny olona amin’ny fanatanterahana iraka mandritra ny fotoana fohy, tafika masina, fitoriana ny filazantsara andalam-be, na hetsika hafa ianao. Fanampin’izany, tokony hanokana andro fahatongavantsaina ho an’ny asa misiona ianao. Io fotoana io dia hahafahan’ny mpikambana manohana ara-bola ny asa misiona ataon’ny fiangonana. Ny pasitera Pentekôtista tsirairay dia tokony hifidy misionera hotohanana amin’ny ara-bola sy amin’ny alalan’ny vavaka.[4]

### Ny antson’Andriamanitra

Fahefatra, amin’ny maha pasitera Pentekôtista, tsy maintsy manindry ny antson’Andriamanitra ho an’ny asa fanompoana ianao. Ny antson’Andriamanitra dia ny fifidianany sy fiantsoany olona ho an’ny tenany sy ho an’ny tanjony. Amin’izao fotoana izao, Jesosy, ilay nirahan’Andriamanitra dia miantso sy maniraka ny hafa ho amin’ny fijinjana (Mat. 4:19; Jaona 20:21). Hoy izy tamin’ny

---

[4] Raha handalina momba ity lohahevitra ity ianao dia jereo ny Toko 40: “Fampivelarana tetikasa misionera eo amin'ny fiangonana”.

Mpianany: "Tsy ianareo no nifidy Ahy, fa Izaho no nifidy anareo ka nanendry anareo mba handeha sy hamoa" (Jaona 15:16).

Raha tian'ny fiangonana Pentekôtista ny hitohy hiitatra hatrany (araka izay tian'Andriamanitra ataony), tsy maintsy manana olona mpanangana fiangonana vaovao, pasitera, misionera, evanjelista ary olona matihanina amin'ny asa fanompoan'ny filazantsara maro izy. Ireo olona ireo dia tsy maintsy avy amin'ny fiangonantsika Pentekôtista. Noho izany, tsy maintsy mampahery ny olona ao amin'ny fiangonanao hihaino ny antson'Andriamanitra ianao. Ary rehefa miteny Izy, tahaka ny tamin'ny andron'ny mpaminany taloha, dia tokony hamaly izy ireo hoe "Inty aho. Iraho aho:!" (Isa. 6:8).[5]

**Ny fifanoherana ara-panahy**

Fahadimy, amin'ny maha pasitera Pentekôtista eto Afrika, tsy maintsy manomana ny tenanao amin'ny fiatrehana fifanoherana ara-panahy ianao. Tsy maintsy vonona hisedra sy handresy ny hery demoniaka ianao rehefa maneho ny tenany izy ireo. Izany no nataon'i Jesosy sy ny apostoly (Marka 1:21-28; Asa 16:16-18). Tsy maintsy manomana ny mpikambana ao am-piangonana hanao tahaka izany ihany koa ianao.[6]

---

[5] Raha te hahafantatra misimisy kokoa mikasika ny antso ho amin'ny asa fanompoana ianao dia jereo ny Toko 1 "Olon'ny traikefa". Misy toriteny roa ambin'ny folo mikasika ny antson'Andriamanitra ihany koa hitanao ao amin'ny boky *Proclaiming Christ to the Nations:100 Sermon Outlines on on Spirit-Empowered Missions na* "Manambara an'i Kristy amin'ny Firenena: Drafitra toriteny 100 mikasika Iraka Voatafy ny Herin'ny Fanahy Masina", Fizarana 5: "Ny Antson'Andriamanitra". Ireo drafitra ireo dia azonao alaina amin'ny endrika e-Book ao amin'ny www.DecadeofPentecost.org.

[6] Raha te handalina bebe kokoa mikasika ity lohahevitra ity ianao dia jereo ny Toko 22: "Fidirana ao anatin'ny ady ara-panahy". Jereo ihany koa ny Boky Discovery Series novokarin'ny Africa's Hope mitondra ny lohateny hoe *Power Ministry:How to Minister in the Spirit's Power, na na ny Asa Fanompoana amin-kery: Ahoana no fanaovana asa fanompoana ao amin'ny herin'ny Fanahy, Toko 12: "Fandroahana Demonia".*

**Fiderana velona sy mientanentana**

Fahenina, tsy maintsy ataonao azo antoka ihany koa fa ny fiangonanao dia manao fiderana velona, voahosotrin'ny Fanahy Masina ary feno fientanana. Ny fiderana tahaka izany no famantarana ny ara-panahin'ny Pentekôtista. Ny Pentekôtista dia fantatra amin'ny fahalalahana sy fisokafan'ny fanompoana fiderana. Tafiditra ao anatin'ny fotoam-bavakin'izy ireo ny hira mavitrika, ny teha-tanana, ny dihy ary ny fanandratan-tanana. Kanefa, tsy ampy ny fanaovan'ny fiangonana fiderana mientanentana. Tsy maintsy voahosotra izany. Ary tsy maintsy marina tsara ihany koa. Hoy i Jesosy tamin'ny Mpianany: "Andriamanitra dia Fanahy; ary izay mivavaka aminy tsy maintsy mivavaka amin'ny fanahy sy ny fahamarinana" (Jaona 4:24). Nampian'i Paoly hoe: "Ary ny Tompo izany Fanahy izany; ary izay itoeran'ny Fanahin'ny Tompo no itoeran'ny fahafahana" (2 Kor. 3:17).

Mandritra ny fotoana fiderana, tokony hampahery ny tsirairay avy hifantoka amin'Andriamanitra sy ny Fahalehibeazany ianao. Tokony homenao toromarika koa ny olon'Andriamanitra hanokatra ny fony hahafahan'ny Fanahin'Andriamanitra miasa.[7]

**Fijoroana vavolombelona manokana**

Fahafito, tokony hampahery ny mpikambana ao amin'ny fiangonanao hizara ny fijoroana vavolombelony amin'ny hafa ianao. Ny vahoakan'Andriamanitra dia tokony ho vonona amin'ny fotoana rehetra hitantara izay nataon'Andriamanitra teo amin'ny fiainan'izy ireo (1 Pet. 3:15). Mampahery ny Baiboly hoe: "Aoka hanao izany ny navotan'i Jehovah" (Sal. 107:2).

Ny fijoroana vavolombelona no fon'ilay antsoina hoe vavolombelon'i Kristy. Fomba tsotra kanefa mahery vaika hahafahan'ny mpino mizara ny filazantsara amin'ny very. Noho izany, tokony handrisika ny mpikambana ao anatin'ny fiangonana handray anjara amin'izany ianao. Tokony koa ianao hanokana fotoana

[7] Raha mila fanazavana fanampiny mikasika ity lohahevitra ity ianao dia jereo ny Toko 18: "Fitarihana ny fiangonana amin'ny fiderana".

hahafahan'ny olona mizara ny fomba niasan'ny Fanahy Masina teo amin'ny fiainany rehefa ao anaty fiaraha-mivavaka.

**Fanomezam-pahasoavana**

Fahavalo, amin'ny maha pasitera Pentekôtista, tsy maintsy mikatsaka ny hiasan'ny Fanahy Masina ao am-piangonana amin'ny alalan'ny fisehoan'ny fanomezam-pahasoavana samihafa ianao. Izany no nataon'ny fiangonana voalohany ary tokony hataon'ny fiangonana Pentekôtista rehetra amin'izao andro ankehitriny izany (ohatra: Asa 11:28-30; 13:1-2; 21:10-14). Ao amin'ny 1 Kor 12:8-10, Paoly dia niresaka mikasika ireo fanomezam-pahasoavana sivy:

"Fa ny anankiray nomen'ny Fanahy teny fahendrena, ary ny anankiray teny fahalalana, araka izany Fanahy izany ihany, ary ny anankiray finoana, amin'izany Fanahy izany ihany, ary ny anankiray fanomezam-pahasoavana ho enti-mahasitrana, amin'izany Fanahy iray izany ihany, ary ny anankiray ny manao fahagagana, ary ny anankiray ny maminany, ary ny anankiray ny mahafantatra fanahy samy hafa, ary ny anankiray ny miteny amin'ny fiteny samy hafa tsy fantatra, ary ny anankiray ny mandika fiteny tsy fantatra".[8]

Rehefa mampianatra ny olona hanao asa fanompoana ao anatin'ireo fanomezam-pahasoavana ireo ianao dia ho mafy orina ny fiangonana, hahazo voninahitra Andriamanitra ary handroso ny Fanjakany.

Tsy maintsy fantatrao nefa fa ny fisehoan'ny fanomezam-pahasoavana dia tsy zavatra mandeha ho azy. Tsy maintsy irina ny fanomezam-pahasoavana ary tsy maintsy ampaherezina ny fampiasana azy (1 Kor 12:31; 14:1). Noho izany, tsy maintsy mangetaheta ny fisehoan'ny fanomezam-pahasoavana ao amin'ny fiainanao manokana ianao ary tsy maintsy mandrisika ny hafa haneho izany eo amin'ny fiainan'ny hafa. Azonao atao amin'ny alalan'ny fampianarana sy ny toriteny izany. Tokony ho modely amin'ny fampiasana araka ny tokony ho izy ny fanomezam-pahasoavana ihany koa ianao. Azonao atao ny mandrisika ny fanehoana ny fanomezam-pahasoavana amin'ny alalan'ny fanokanana fotoana ho

---

[8] Jereo ny Fanampiny 2 "Ny fisehon'ny fanomezam-pahasoavana ao amin'ny 1 Korintiana 12: 8-10."

an'izany ao anatin'ny fotoam-bavaka (14:26) sy ny fisorohana ny fihoaram-pefy (14:39-40).[9]

**Vavaka Fifonana**

Fahasivy, tsy maintsy mitarika ny fiangonana amin'ny fanokanan-tena ao anatin'ny vavaka fifonana ianao. Tahaka ny fiangonana ao amin'ny bokin'ny Asan'ny Apostoly, ny fiangonana Pentekôtista eto Afrika amin'izao fotoana izao dia tsy maintsy manokan-tena amin'ny vavaka (Asa 1:14; 4:23-32; 12:5; 13:2). Tahaka ny nampianaran'i Jesosy ny Mpianany hivavaka, tsy maintsy mampianatra ny olonao hanao toy izany ianao (Lioka 11: 1-13). Azonao atao amin'ny alalan'ny fitoriana sy fampianarana matetika mikasika ny vavaka sy fanehoana fiainam-bavaka mahatoky eo anatrehan'ny fiangonana izany. Rehefa mandinika ny pasitera mivavaka ny olona dia haniry hivavaka ihany koa (Lioka 11:1; Eks. 33:10)[10]

**Fiainam-pahamasinana**

Farany, amin'ny maha pasitera Pentekôtista mahatoky anao, tsy maintsy mitaky ny hiainan'ny mpikambana ao amin'ny fiangonana amin'ny fiainam-pahamasinana sy ny fiainana manome voninahitra an'Andriamanitra ianao (1 Jaona 2:6). Ny fiainam-pahamasinana dia baikon'ny Soratra Masina sy fanao iraisan'ny mpino Pentekôtista marina manerana izao tontolo izao (1 Pet. 1:16). Araka ny anarana hoe *kristiana,* ny mpanara-dia an'i Kristy dia tsy maintsy miezaka hitovy Aminy. Tsy maintsy masina izy ireo satria Masina ny Andriamanitra soloiny tena. Nampahery ny mpino tany Filipy i Paoly mba "ho tsy manan-tsiny sady tsy misy fitaka ianareo, dia zanak'Andriamanitra tsy manana adidy eo amin'ny firenena meloka sy maditra" (Fil 2:15).

Noho izany, tsy maintsy asehonao ny olona ao amin'ny fiangonanao ny fomba hiainana tahaka an'i Kristy. Mba hahafahana manao izany, mila mampianatra sy

---

[9]Raha te handalina momba ity lohahevitra ity ianao dia jereo ny Toko 21: "Fanaovana asa fanompoana ao amin'ny herin'ny Fanahy Masina."

[10] Misy tsara ho fantatra bebe kokoa mikasika izany ao amin'ny Toko 8: "Laharam-pahamehanan'ny vavaka."

mitory matetika mikasika ireo zavatra takiana amin'ny kristiana mba hananany fiainana masina sy madio ianao. Tsy maintsy asehonao ny olona izany. Nampahatsiaro ny mpino tany Tesalonika i Paoly: "Hianareo no vavolombelona ary Andriamanitra koa fa masina sy marina ary tsy nanan-tsiny tokoa ny fitondran-tenanay teo imasonareo izay mino" (1 Tes. 2:10). Nanoratra ho an'ny mpino tany Korinto ihany koa i Paoly hoe: "Aoka hanahaka ahy ianareo, dia tahaka ny anahafako an'i Kristy" (1 Kor. 11:1). Tsy maintsy afaka miteny tahaka izany amin'ny mpikambana ao amin'ny fiangonanao ianao.

---

Ny tena Pentekôtisma marina dia tsy azo ahena ho finoana ara-pivavahana na manao ahoana na manao ahoana mety ho fahamarinan'ireo finoana ireo. Ny Pentekôtista dia lalan'ny fiainana mikatsaka ny fahatsapana sy ny fanaon'ny mpino tamin'ny taonjato voalohany, araka izay voasoratra ao amin'ny bokin'ny Asan'ny Apostoly sy ny asa soratrin'ny apostoly. Noho izany, ny pasitera Pentekôtista tsirairay dia tsy maintsy mikendry ny hitarika ny fiangonany ho amin'ny fahatsapana sy ny fanao Pentekôtista marina.

# ~ Toko 12 ~

# Mankamamy ny Lova Pentekôtista

Leila McKinney no misionera Pentekôtista ho an'ny ankizy voalohany tatỳ Afrika. Feno ny Fanahy Masina tamin'ny fiandohan'ny firotsahan'ny Fanahy Masina voalohany tany Azusa Street, Los Angeles, California, USA, tamin'ny taona 1906 hatramin'ny 1908 izy. Firehetam-po ho an'ny asa misiona no nameno ny fifohazam-panahy. Tao anatin'izany no nanapahan'i Leila sy ny nenitoany Julia Hutchins ary ny namany hafa hevitra hitory ny filazantsara tatỳ Afrika. Nanoratra tamin'ny gazety *The Apostolic Faith* newspaper izay vokarin'ny asa misiona i Leila hoe: "Vonona hatoky Azy hatrany Afrika aho. Fantatro fa tian'ny Tompo ho any aho. Tsy maintsy mijoro vavolombelona amin'ny olona sy mampianatra ny ankizy mikasika ny Tompo aho ary miasa ho Azy. Vonona handao izay rehetra tiako aho noho ny Aminy. Ny tantaran'i Leila McKinney dia iray amin'ireo tantara an-tapitrisany mikasika ny fifohazam-panahy tatỳ Afrika.

Tena iankinan'ny aina tokoa ny fahatakarana sy ny fankasitrahan'ny pasitera Pentekôtista ny fomba nahatongavan'ny hafatrin'ny filazantsara tatỳ Afrika. Izao no fanamarihan'ny pasitera Afrikana anankiray: "Raha tsy fantantsika izay niaviantsika, dia tsy fantantsika hoe iza isika ary tsy fantantsika izay alehantsika." Rehefa tsy azontsika ny lasantsika dia tahaka ny sambo tsy misy familiana isika. Tandidonin'ny lozan'ny firenirenena fotsiny tsy misy anton-dia na tanjona isika.

Kanefa, raha fantantsika izay niaviantsika sy ny antony maha eto antsika dia afaka mandroso amim-pahatokiana mankany amin'ny ho avy isika.

Ity toko ity dia hamaly ireo fanontaniana maro manan-danja mikasika ny niandohan'ny Pentekôtisma taty Afrika. Inona no niandohan'ny hetsika Pentekôtista moderina? Oviana ary ahoana no nahatongavany teto Afrika? Ahoana no nielezan'ny Pentekosta nanerana ny kontinanta? Inona no fanamby atrehan'ny fiangonana Pentekôtista eto Afrika ankehitriny? Ahoana ny ho avin'ny Pentekôtisma eto Afrika?

## NANOMBOKA NY HETSIKA

Tamin'ny Desambra 1900, tao amin'ny Sekoly Biblika kely tany Topeka, Kansas, USA, Charles Fox Parham dia nanome fampiasana fikarohana ho an'ny mpianany. Nasainy nokarohan'ny mpianany tao amin'ny Soratra Masina ny "porofo ara-baiboly" manamarina ny batisa amin'ny Fanahy Masina. Taorian'ny fikarohana mafy natao, natolotrin'ny mpianatra an'i Parham no vokatrin'ny fikarohana nataon'izy ireo. Hitan'izy ireo tamin'izany fa ny porofo ara-baibolin'ny batisa amin'ny Fanahy Masina dia ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra, araka ny ampitenenan'ny Fanahy Masina.

Nanomboka nanao fivoriam-bavaka naharitra nandritra ny andro maromaro izy ireo. Tsy ela fa ny harivan'ny 01 Janoary 1901, nirotsaka tamin'ny fomba mahery vaika tamin'ny vehivavy antsoina hoe Agnes Ozman ny Fanahy Masina. Tamin'ny fomba mahagaga no nanombohany niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra, araka izay nampitenenan'ny Fanahy Masina azy. Andro maromaro taorian'io, nitombo ny isan'ny vita batisa tamin'ny Fanahy Masina sy niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra, anisan'izay i Parham. Vokatrin'ny fahafenoan'ny Fanahy, nanomboka nitory ny filazantsara niaraka tamin'ny hery sy fahefana lehibe, tahaka ny nataon'ireo mpino tao amin'ny bokin'ny Asan'ny Apostoly i Parham sy ireo mpianany. Babon'ny firehetam-po lehibe ho an'ny asa misiona ny fon'izy ireo. Nino i Parham fa ny antony nandrotsahan'Andriamanitra ny Fanahiny dia hanafiana hery azy ireo hanatratra ireo firenena amin'ny vaovao mahafaly momba an'i Kristy alohan'ny hiverenan'i Jesosy Zanany.

Tamin'ny taona 1905, nafindran'i Parham tany Houston, Texas, USA, ny Sekoliny ary nitohy nampianatra mikasika ny batisa amin'ny Fanahy Masina izy.

Tsy ela dia niditra tao amin'ny hetsika ihany koa i Lucy Farrow. Ity farany no nampahafantatra an'i Pargam an'i William J. Seymour, Afrikana Amerika mpitory ny fahamasinana. Nihaino an'i Parham nampianatra izy ary nanaiky ny hafatra Pentekôtista.

Fotoana fohy taorian'izany, nahazo fanasana hitandrina ny fiangonan'ny fahamasinana tany Los Angeles, California i Seymour. Nekeny ny fanasana ka lasa nankany Los Angeles izy na dia kely aza io fiangonana io. Ny batisa amin'ny Fanahy Masina voaporofo amin'ny fiteny tsy fantatra no toriteny voalohany notoriany. Nolavin'i Julia Hutchins, pasitera ny hafatra ary tsy nekeny hiasa tao amin'ny fiangonana intsony i Seymour.

Nanomboka nitory ny hafatrin'ny Pentekosta tany amin'ny tokantranon'ireo mpikambana sasany tao amin'ny fiangonana i Seymour. Rehefa nitoriteny izy dia betsaka ny olona nandray ny batisa amin'ny Fanahy Masina. Nihamaro ny olona nanaraka azy ka voatery tsy maintsy nividy trano fiangonana tranainy efa tsy nisy nampiasa intsony tao Azusa Street izy ireo. Nitohy nandatsaka ny Fanahiny Masina Andriamanitra ary tao anatin'ny telo taona dia tafakatra an'arivony ny olona avy amin'izao tontolo izao tonga nitsidika ny fiangonan'izy ireo sy feno ny Fanahy Masina. Niverina tany amin'ny firenena nisy azy avy niaraka tamin'ny hafatrin'ny Pentekosta izy ireo.

Tao anatin'ny roa taona dia misionera Pentekôtista maro no nivoaka tao Azusa Street nankany amin'ny firenena 25 toa an'i Chine, Inde, Japon, Egypta, Liberia, Angola, ary Afrika Atsimo. Ny fifohazam-panahy mahery vaika tao Azusa Street dia nisy fiantraikany goavana nanerana izao tontolo izao mihoatra ny fifohazam-panahy hafa rehetra. Amin'izao fotoana izao, 26 fara fahakeliny ny anaram-piangonana Pentekôtista azo lazaina mazava fa vokatra avy amin'i Azusa Street, ao anatin'izany ny fiangonana Assemblée de Dieu.[1]

---

[1] Raha te hahafantatra ny fiantraikan'ny fifohzam-panahy tany Azusa Street tamin'i Afrika ianao dia jereo ilay boky *From Azusa to Africa to the Nations,* nantonta fanindroany, nosoratan'i Denzil R. Miller, izay azo alaina maimaimpoana ao amin'ny www.DecadeofPentecost.org.

Nandritra ireo taona ireo, Andriamanitra dia nandatsaka ny Fanahy tany amin'ny toerana hafa nanerana izao tontolo izao. Ireto avy no ivon-toeran'ny firotsahana Pentekôtista tamin'izany: Wales (1904), Inde (1905), Angleterre (1907), Korée (1907), Chilie (1909), ary toerana hafa maro. Notanterahan'Andriamanitra ny fampanantenana nataony tamin'i Joela mpaminany: "Ary amin'ny andro farany, no handatsahako ny Fanahiko amin'ny nofo rehetra" (Asa 2:17; jereo koa ny Joela 2:28).

## TONGA TETO AFRIKA NY PENTEKOSTA

Ndeha hojerentsika ary izao ny nahatongavan'ny hafatra Pentekosta teto Afrika sy ny fomba nielezan'izany nanerana ny kontinanta.

### Tonga teto Afrika ny Pentekosta

Ireo misionera Pentekôtista voalohany avy any Amerika nankatỳ Afrika dia niainga nivantana avy amin'ny iraka tany Azusa Street. Tamin'ny taona 1907 izy ireo no tonga tany Liberia. Ny tao anatin'ny vondrona nentin'izy ireo dia Lucy Farrow, J. W. ary Julia Hutchins, izay zanakavavin'ny mpiray tampo taminy, Leila McKinney, ary taona vitsivitsy tato aoriana dia tonga koa i Edward McCauley. Tao anatin'ny herintaona dia nisy roa ny vondrona nahitana Afrikana Amerika lehilahy, vehivavy ary ankizy nanodidina ny roa ambin'ny folo niala tany Azusa ho any Liberia. Tao anatin'ny herinandro dia matin'ny tazo sy ny fanaviana mainty ny fito tamin'izy ireo. Na dia izany aza, nisy ny Liberiana nanolo-tena ho an'ny Tompo sy natao batisa tao amin'ny Fanahy Masina. Tamin'ny taona 1907 no nitsangana tao Monrovia ny fiangonana Pentekôtista naharitra voalohany tatỳ Afrika. Nandeha tany Afrika Atsimo sy Angola ireo misionera avy any Azusa.

Nampiasain'Andriamanitra tamin'ny fampielezana ny hafatrin'ny Pentekosta ihany koa ny teratany Afrikana. Ny tantaran'i Elias Letwaba avy ao Afrika Atsimo sy i William Wadé Harris avy any Liberia dia anisan'ny tena mampientanentana tokoa. Ireo lehilahy ireo dia nanampy tamin'ny hetsika izay nisy fiantraikany tamin'ny firenena maro tany amin'ny faritra atsimo sy andrefan'i Afrika ka nahatonga olona an'aliny maro nanatona an'i Kristy. Elias Letwaba (1870-1959) dia nantsoina hoe mpitoriteny Pentekôtista nisy fiantraikany indrindra teo amin'ny tantaran'i Afrika Atsimo. Tany amin'ny taona 1870 tany ho any, raha mbola tany

an-kibo i Elias dia nahazo fahitana avy amin'Andriamanitra ny reniny. Nilaza taminy ny Fanahy fa indray andro any ny zananilahy dia hataon'Andriamanitra fitaovana hanangana fiangonana maro. Nitombo niaraka tamin'ny hetaheta hahalala an'Andriamanitra sy ho ampiasain'Andriamanitra i Letwaba.

Tamin'ny taona 1908, nihaona tamin'i John G. Lake, misionera Amerikana niasa tao Afrika Atsimo ary efa nandray ny Fanahy Masina teo ambany fitarihan'i Charles Parham izy. Lake dia nanatrika ny fifohazam-panahy tany Azusa Street Los Angeles. Niara-nandehandeha nanao asa fanompoana i Letwaba sy Lake mandra-pahatongan'ny taona 1913 niverenan'i Lake tany Amerika.

Araka ny nambaran'Andriamanitra tamin'ny renin'i Letwaba, tonga mpitoriteny sy mpampianatra Pentekôtista mahery vaika izy ary nitarika olona maro tao amin'ny famonjena sy ny batisa amin'ny Fanahy Masina. Nahita olona an'arivony maro sitrana sy an'arivony maro voavonjy izy tamin'ny asa fanompoana nataony tao Afrika Atsimo sy tao Rhodesia (Zimbabwe). Nikambana tao amin'ny Apostolic Faith Mission tao Afrika atsimo izy. Izy no nanangana ny Patmos Bible School, Toby fampianarana voalohany notantanan'ny mainty hoditra tao Afrika Atsimo. Nitoriteny tsy nahalala sasatra i Letwaba mandra-pahatongan'ny fahafatesany tamin'ny taona 1959.

William Wadé Harris (taona 1860-1929) dia nampiasain'Andriamanitra nitory ny filazantsara tany Afrika Andrefana. Nantsoina hoe "Evanjelista Afrikana nahomby indrindra" izy. Teo amin'ny fiandohan'ny fahalehibeazany dia niditra ho mpikambana tao amin'ny fiangonana Methodist and Episcopal tao Liberia izy. Tany Monrovia izy no nonina nandritra ny fotoana nahatongavan'ireo misionera avy any Azusa Street. Misy milaza fa ireo misionera Afrikana Amerikana ireo no loharanon'ny teolojia Pentekôtista notorian'i Harris.

Nilaza i Harris fa niseho taminy tamin'ny alalan'ny fahitana ny anjely Gabriela ary nanambara fa olona maro no ho voataona ho an'i Kristy amin'ny alalan'ny asa fanompoana ara-paminaniana ataony. Taorian'io fahitana io, lasa i Harris nitety an'i Liberia, Côte d'Ivoire, Ghana, ary Sierra Leone, nitaona ny olona hiala tamin'ny fahotana sy hiverina amin'i Kristy. Nanao asa fanompoana tao anatin'ny herin'ny Fanahy Masina izy, nandroaka demonia, nanasitrana ny marary ary niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra. Nodidiny hanary ny odiny sy hino an'i Jesosy ny olona ary nasainy niandry ny fahatongavan'ireo lehilahy fotsy hoditra

izay hanome Baiboly sy hampianatra azy ireo ny Tenin'Andriamanitra. Tombanana ho iray hetsy ny olona niova fo tamin'ny alalan'ny asa fanompoany.

Letwaba sy Herris dia roa amin'ireo pasitera, evanjelista, mpampianatra ary misionera afrikana maro nitory ny filazantsara feno eto Afrika ka nanambara fa mamonjy Jesosy, manasitrana i Jesosy, manao batisa amin'ny Fanahy Masina i Jesosy ary ho avy tsy ho ela i Jesosy.

**Niely nanerana an'i Afrika ny Pentekosta**

Ny tantaran'ny nielezan'ny Pentekôtista nanerana an'i Afrika tamin'ny alalan'ny Assemblée de Dieu dia tantaran'ny niasan'ny Fanahy Masina tamin'ny alalan'ireo misionera tandrefana sy Afrikana izay nanangana fiangonana nanerana an'i Afrika. Na dia ny Assemblée de Dieu aza no hany fiangonana Pentekôtista nanerana ny kontinanta tamin'izany dia tena nampiasa azy tamin-kery tamin'ny fampielezana ny filazantsara tokoa Andriamanitra. Ndeha isika hijery tantara roa maneho izany.

*Liberia:* Tamin'ny taona 1908 dia nivavaka i Jasper Klabioh Toe hoe "Raha misy tokoa izany Andriamanitra mpahary izany dia ampio aho hahita Azy. Niteny tamin'i Toe Andriamanitra hoe: "mandehana mankany moron-dranomasina". Tamin'io fotoana io ny Fanahy dia nikasika misionera Amerikana anankiray antsoina hoe John Moore Perkins. Perkins dia natao batisa tamin'ny Fanahy Masina nandritra ny fotoana nanatrehany ny fifohazam-panahy Pentekôtista tany Toronto, Canada. Taty aoriana, Andriamanitra dia nitarika azy hitondra ny hafatr'i Kristy tany Liberia.

Raha nandeha sambo nanaraka ny moron-dranomasin'i Liberia i Perkisn dia nahare ny Fanahy nilaza taminy hiantsona amin'ny toerana voafaritra mazava. Hoy ny kapitenin'ny sambo taminy: "Tsy azo antoka ity toerana ity". Nisisika ny hiala ihany nefa i Perkins. Niala teo amin'ny toerana nitarihan'ny Fanahy Masina an'i Toe i Perkins sy ny ekipany. Andro krismasy tamin'ny taona 1908 io. Nizara ny filazantsara tamin'i Toe i Perkins ary avy hatrany izy dia nandray an'i Kristy. Ny asa nataon'i Toe sy Perkins no nampisy ny Fiangonana Assemblée de Dieu tany Liberia. Tonga vondrona Pentekôtista lehibe indrindra ao amin'ny firenena izy io amin'izao fotoana izao.

*Nigeria.* Tamin'ny fiandohan'ny taona 1930 i Augustine Ehurieiwe Wogu avy any Port-Harcourt, Nigeria dia nahita gazety boky *Pentecostal Evangel,* navoakan'ny Fiangonana Assemblée de Dieu tany Amerika. Tena nahasarika an'i Wogu ny namaky ny lahatsoratra momban'ny fanasitranana sy ny batisa amin'ny Fanahy Masina. Vokany, nanomboka nivavaka ho an'ny marary sy nitarika ny olona tamin'ny batisa amin'ny Fanahy Masina izy. Rehefa nolavin'ny fiangonana nisy azy ny fampianarana nentiny dia niala i Wogu sy ireo vitsivitsy nanaraka azy ary namorona fiangonana Pentekôtista mahaleo tena antsoina hoe Church of Jesus Christ.

Taona maro taty aoriana, tamin'ny 1939, nifanena tamin'ny misionera Amerikana sasany avy amin'ny fiangonana Assemblée de Dieu tao Port Harcourt i Wogu. Tonga tany Nigeria izy ireo mba hanadihady mikasika ny fomba hahafahana manangana fiangonana Assemblée de Dieu tany. Nangataka azy ireo i Wogu mba handefa misionera hanampy azy. Nanaiky ny misiona ary nandefa ny ekipa notarihan'i W. Lioyd Shirer hiara-miasa tamin'i Wogu. Nifanaraka izy ireo fa antsoina hoe Fiangonana Assemblée de Dieu de Nigeria ny fiangonana. Amin'izao androntsika izao dia io no fiangonana Assembée de Dieu Nasionaly lehibe indrindra atỳ Afrika satria mihoatra ny telo tapitrisa ny mpikambana ao anatiny.

Roa amin'ireo tantara an-jatony azo tantaraina ireo. Manampy antsika hahazo ny tantaran'ny niasan'ny Fanahin'Andriamanitra nanerana an'i Afrika tamin'ny alalan'ny fiaraha-miasan'ny Afrikana sy ireo misionera feno ny Fanahy Masina nirahina tatỳ Afrika. Misy tantara hafa azo resahana ihany koa dia ireo manambara ny nandrehetan'ny afon'ny Pentekosta ireo fikambanana hafa nanerana ny kontinanta toy ny Church of Pentecost tao Ghana sy ny Full Gospel Believers'Church tao Etiopia.

*Fiangonana Assemblée de Dieu eto Afrika*. Tamin'ny fotoana nahatongavan'ny hafatrin'ny Pentekosta voalohany tao Liberia tamin'ny taona 1906 dia tsy mbola nisy fiangonana na mpino Pentekôtista nanerana an'i Afrika. Kanefa, nanomboka nandatsaka ny Fanahiny nanerana ny kontinanta Andriamanitra. Ny fitomboan'ny Assemblée de Dieu dia ohatra mahatalanjona ny amin'ny fomba nitahian'Andriamanitra ny kontinanta. Tamin'ny 1948 dia

nitombo hatrany amin’ny 40. 000 ny isan’ny mpino Assemblée de Dieu ary 700 ny fiangonana nanerana ny firenena 11.

Tamin’ny taona 1989 no namoronan’ny Assemblée de Dieu ny Fiombonan’ny Fiangonan’Andriamanitra eto Afrika (AAGA) izay nandraisan’ireo fiangonana manerana an’i Afrika anjara. Herintaona taorian’io, ny AAGA dia nanomboka ny “Folo Taona Fijinjana” izany nanomboka ny 1991 ary nitohy hatramin’ny 2000. Ny tena nasongadina nandritra io fotoana io dia fananganana fiangonana sy asa misiona tao anatin’ny herin’ny Fanahy. Tao anatin’ny 10 taona dia nitombo ny fiangonana ka ny mpikambana iray hetsy sy 2 tapitrisa, nivory tamin’ny fiangonana miisa 11.688 tao anatin’ny firenena 31 dia tonga mpikambana 3 hetsy sy 6 tapitrisa, nivory tao anatin’ny fiangonana miisa 24.019 nanerana ny firenena 39. Ny fitomboana nitranga nandritra ny Folo Taona Fijinjana dia nitohy tao anatin’ny folo taona nanaraka. Tamin’ny taona 2010, ny fiangonana Assemblée de Dieu teto Afrika dia nanana mpikambana 16,6 tapitrisa nivory tao anatin’ny fiangonana 67.827.

Tamin’ny Janoary 2010, dia nandray fanapahan-kevitra mikasika ny folo taona vaovao indray ny AAGA ka niantso izany hoe “Folo Taona Pentekosta” (2010-2020). Tahaka ny Folo Taona Fijinjana, ny Folo Taona Pentekosta dia nanasongadina ny fananganana fiangonana sy ny asa misiona. Ny tanjona fanampiny dia ny hahita mpino 10 tapitrisa vita batisa amin’ny Fanahy Masina sy mihetsika amin’ny maha vavolombelona voatafy ny herin’ny Fanahy azy ireo. Tamin’ny faran’ny taona 2019, nahatratra 7 hetsy sy 18 tapitrisa ny mpikambana nivory tao anatin’ny fiangonana 87.741 hatrany amin’ny faritra atsimon’ny efitra Sahara ka hatrany amin’ny ranomasimbe Indiana.

Tamin’ny Janoary 2021, dia nanomboka ny hetsika folo taona manaraka ny AAGA ary nantsoiny hoe “Folo Taona Fifohazana” izany. Ao anatin’ity folo taona ity ny fiangonana dia hitohy hanasongadina ny fitoriana filazantsara, ny batisa amin’ny Fanahy Masina sy ny fananganana fiangonana ary ny asa misiona. Ny mampiavaka ity fifohazam-panahy ity dia ny fiezahan’ny Assemblée de Dieu eto Afrika hanatratra an’i Afrika Avaratra, miaraka amin’ny tanjona hanangana fiangonana voatafy ny herin’ny Fanahy Masina any amin’io faritra izay toa adino io.

## NY FIANTRAIKAN'NY PENTEKOSTA

Ny Pentekôtisma dia nanova ny fiangonana Afrikana tamin'ny fomba maro samihafa. Tena nisongadina ny fitomboan'ny hetsika. Tamin'ny taona 2015, ny *Oxford Research Encyclopedia* dia nitatitra fa miisa 202 tapitrisa ny mpino Pentekôtista atỳ Afrika, 35 isan-jaton'ny kristiana manerana ny kontinanta io ary 17 isan-jaton'ny mponina. Na dia tamin'ny fomba samihafa aza, samy voakasika avokoa ny anaram-piangonana teto Afrika. Betsaka ny fiangonana tranainy no naka ny endrika ivelan'ny Pentekôtista toy ny hiakam-pifaliana, ny fiderana vokatrin'ny fo ary ny vavaka amim-pirehetam-po. Nisy ihany koa ireo naka ny fomba amam-panao fototra tao amin'ny Pentekôtisma toy ny fahaterahana indray, ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra ary ny asa fanompoana voatafy hery.

Ny fivavahana kristiana Pentekôtista ihany koa dia nisy fiantraikany tamin'ny kolontsaina ankapobeny teto Afrika. Iray tamin'ny fomba nentina nanao izany ilay hetsika antsoina hoe "Fanavotana sy fananganana". Rehefa tonga kristiana feno fanoloran-tena ny olona dia miova ny fiainany, ary tafasandratra miala amin'ny fahotana sy ny vokatr'izany. Vokany, tonga olona tsara kokoa sy olom-pirenena mamokatra izy. Manomboka mitondra tsara ny ankohonany amim-pitiavana sy fanajana izy ireo, noho izany tonga olona mahavokatra koa ny taranany. Fanampin'izany, ny kristiana feno fanokanan-tena matetika dia manohy fianarana ambaratonga ambony, miasa mafy, mahazo asa tsara ary miezaka ho mahatoky amin'ny fitantanam-bola. Miezaka manao asa soa sy manampy ny sahirana ihany koa izy ireo. Fanampiny, ny sasany amin'ny kristiana Pentekôtista dia mampiditra ireo soatoavina kristiana any anatin'ny sehatra pôlitika ary mitondra fahasamihafana tanteraka. Nanatsara ny fiaraha-monina ireny hetsika ireny. Na dia tsy ny kristiana Pentekôtista rehetra aza no niaina araka ny fampianaran'i Kristy teny amin'ny fiaraha-monina, izay nanao izany kosa dia tena nisy fiantraikany tsara tokoa.

## FIATREHANA NY HO AVY

Amin'izao fotoana izao, ny fiangonana Pentekôtista eto Afrika dia mijoro eo amin'ny sampanan-dalana. Raha mijery ny lasany izy dia afaka mirehareha amin'ireo fahombiazana rehetra noresahantsika tato amin'ity toko ity. Kanefa, raha mijery ny ho aviny dia mahita fanamby maro tsy maintsy atrehana. Ny telo

amin'ireo fanamby ireo dia fiviliana ara-poto-pampianarana, ny fitokozihatrin'ny fitomboana ary ny fifantohana amin'ny tena.

Manoloana ireo fanamby ireo sy amin'ny maha pasitera Pentekôtista anao, tokony hametraka fanontaniana telo amin'ny tenanao ianao

- Hitoetra ho marina amin'ny Soratra Masina ve aho sa hitarika ny fiangonana amin'ny fahadisoana ara-poto-pampianarana?
- Hitarika ny fiangonana ao anatin'ny tena fifohazam-panahy Pentekôtista marina ve aho sa hamela ny fiangonana hitokozihitra ara-panahy, "manana ny ny endriky ny toe-panahy araka an'Andriamanitra, nefa nandà ny heriny"? (2 Tim. 3:5)
- Hitarika ny fiangonana hitady ny very ao anatin'ny herin'ny Fanahy Masina ve aho sa hitarika ny fiangonana ao anatin'ny zava-poana, hikatsaka harena sy fitahiana ho an'ny tenany manokana?

Ny ho avin'ny fiangonana Pentekôtista eto Afrika dia miankina betsaka amin'ny fahatakaranao ny fomba hamalianao sy ireo pasitera Pentekôtista hafa ireo fanontaniana ireo.

Raha ny pasitera Pentekôtista rehetra manerana ny kontinanta no manokantena amin'ny fony manontolo ho marina amin'ny lova Pentekôtista noraisiny sy mitoetra ho Pentekôtista marina amin'ny foto-pampianarana, ny fahatsapana ary ny fanao dia hamiratra ny ho avy. Kanefa, raha manapa-kevitra handao ny lovany sy ho tonga tahaka ireo manodidina izy ireo dia tandindomin-doza ny ho avin'ny Pentekôtisma eto Afrika. Noho izany, tena zava-dehibe tokoa ny hanarahan'ny pasitera Pentekôtista manerana ny kontinanta amim-kafanam-po ny ohatra tsara nasehon'ireo ray aman-dreny teo aloha.

Ny lova Pentekôtista dia zavatra sarobidy nankinina tamintsika. Ny hany fanantenana lehibe ho an'izao tontolo izao dia ny fifohazam-panahy Pentekôtista marina. Raha ankamamiana sy arehitra hatrany ny fanomezana Pentekôtista dia hiampita avy eto Afrika mankany amin'ny kontinanta hafa izany afo izany. Kanefa, raha araraotina sy atao tsinontsinona izany dia hihamitsilopilopy ary ho faty. Noho izany, ny pasitera Pentekôtista manerana an'i Afrika dia tsy maintsy mitandrina ny teny nataon'i Paoly tamin'i Timoty, mpiara-miasa Pentekôtista tanora namany sady mpitandrina ny fiangonana tany Efesosy hoe:

“mampahatsiaro anao aho mba hamelomanao ny fanomezam-pahasoavana avy amin'Andriamanitra, izay ao anatinao tamin'ny fametrahako ny tanako” (2 Ti.m 1:6). Hoy koa i Paoly: “Ilay zavatra tsara natolotra anao dia tehirizo amin'ny fampaherezan'ny Fanahy Masina, Izay mitoetra ao anatintsika” (and.14).

Amin’ny maha pasitera Pentekôtista eto Afrika, isika ihany koa dia tsy maintsy mankamamy sy mamelona ny fanomezan’Andriamanitra izay nampitaina tamintsika tamin’ny alalan’ireo ray aman-drenintsika Pentekôtista. Ary tahaka azy ireo, tsy maintsy miaro amim-pahatokiana izay rehetra nankinina tamintsika tamin’ny alalan’ny Fanahy Masina izay mitoetra ao amintsika sy manafy hery antsika isika.

# ~ Fizarana 4 ~

# Ny fiainana manokan'ny pasitera Pentekôtista

## ~ Toko 13 ~

# Fiainana voatantana tsara

Nanafina ny lohany tao anatin'ny tanany roa ny pasitera tanora anankiray raha nipetraka teo amin'ny biraony. Nihoatra noho izay sakany ny zavatra notakian'ny asa fanompoana maha pasitera. Nihevitra ny hiala tamin'ny asa fanompoana sy hiverina any amin'ny asa fivelomana tsotra izy. Ny zavatra tsy tsapan'ity pasitera tanora ity dia tsy izy irery no miaina izany fahatsapana izany. Manerana an'i Afrika, an-jatony ny pasitera Pentekôtista miatrika toe-javatra tahaka izany. Mahatsapa ho tsy afaka misedra intsony ny fanerena aterakin'ny asa fanompoana izy ireo.

Iray amin'ny antony mahatonga ny pasitera ho reraka ny tsy nianaran'izy ireo nandamina ny fiainany. Tsy voatantana araka ny tokony ho izy ny fiainan'izy ireo hany ka tsy tampoka aminy fotsiny ny fanamby vaovao mitranga fa tena mahahozongozona azy mihitsy.

Na dia tsy azon'ny pasitera Pentekôtista sainina aza izany handositra ny fanerena entin'ny fiainana sy ny asa fanompoana izany, azo heverina kosa ny hiatrehana amim-pahombiazana ireny fanamby ireny. Ity toko ity dia hanolotra torohevitra mikasika ny fomba hananana, pasitera Pentekôtista, fiainana voatantana tsara.

## NY MAHA ZAVA-DEHIBE NY FIAINANA VOATANTANA TSARA

Iray amin'ny anarana iantsoan'ny Baiboly ny pasitera ny hoe *mpitandrina* (1 Tim. 3:1-2). Izao no toromarika nomen'i Paoly ny loholon'ny fiangonana tany Efesosy: "Tandremo ny tenanareo sy ny ondry rehetra izay nanaovan'ny Fanahy Masina anareo ho mpitandrina" (Asa 20:28). Amin'ny maha mpitandrina, ny pasitera dia "mpitandrina ny an'Andriamanitra" (Tit. 1:7). Noho izany, ny pasitera Pentekôtista dia tompon'andraikitra feno amin'ny fitantana amim-pahombiazana ny raharaha ao amin'ny fiangonana misy azy. Kanefa, alohan'ny hahafahany mitantana amim-pahombiazana ny fiangonana, tsy maintsy hainy aloha ny mitantana ny fiainany manokana.

### Fiainana voatantana tsara

Ny fiainana voatantana tsara dia tsy fiainana tsy misy rarin-tsaina na fiainana tsy misy olana na fahaverezan-kevitra akory. Ny fiainana votantana tsara dia manome anao ny antoka ilainao hahafahanao mandroso ao anatin'ny asa fanompoana. Manome anao fahafahana mamokatra kokoa izy – fahafahana manao zavatra betsaka miaraka amin'ny ezaka kely kokoa. Fanampin'izany, ny fiainana voatantana tsara ihany koa dia manampy anao hiatrika ny zavatra tampoka mitranga eo amin'ny fiainana. Ndeha hojerentsika ary ireo zavatra efatra mandrafitra ny fiainana voatantana tsara:

*1. Tanjona:* Ny fiainana voatantana tsara dia fiainana iainana miaraka amin'ny tanjona mazava. Paoly dia niantso ny tanjon'Andriamanitra hoe: "tsara sady ankasitrahana no marina" (Rom. 12:2). Arakarakin'ny hahatakaranao ny tanjon'Andriamanitra ho an'ny fiainanao no hahatonga anao hahomby amin'ny fandaminanao izany manodidina io tanjona io.

Amin'ny teny hafa, ianao, amin'ny maha pasitera Pentekôtista anao—tahaka ny mpanara-dia an'i Kristy tsirairay—dia tokony hiaina mba hanome voninahitra an'Andriamanitra sy hanao ny Sitrapony. Raha ekenao io fahamarinana io dia tsy tokony hijanona hatreo ianao. Tsy maintsy miezaka mamantatra ny sitrapon'Andriamanitra tanteraka sy feno eo amin'ny fiainanao ianao. Tsy maintsy miezaka mahazo ny antony nametrahan'Andriamanitra anao ao anatin'ny fiangonana misy anao amin'izao fotoana manokana izao ianao. Tsy maintsy mikatsaka an'Andriamanitra ao anatin'ny vavaka ianao ka manontany azy hoe:

"Tompo, inona no antony nitondranao ahy eto amin'ity toerana ity?" ary koa "Inona no tianao ho tanterahiko ho voninahitrao?"

*2. Laharam-pahamehana*. Raha vao azonao tsara ny tanjon'Andriamanitra amin'ny nametrahany anao ao amin'ny fiangonana manokana sy amin'izao fotoana izao dia afaka manomboka mametraka ny laharam-pahamehana ho an'ny fiainanao sy ny asa fanompoanao ianao. Ny laharam-pahamehanao dia ireo zavatra heverinao no tena manan-danja. Ireo no zavatra hampifantohanao ny ampahany betsaka amin'ny herinao sy ny fotoananao. Niresaka ny laharam-pahamehana teo amin'ny fiainany i Kristy raha niteny hoe: "Fa tsy nidina avy tany an-danitra Aho mba hanao ny sitrapoko, fa ny sitrapon'izay naniraka Ahy" (Jaona 6:38).

Amin'ny maha pasitera Pentekôtista, ny fahatakaranao ny sitrapon'Andriamanitra dia azonao ampiasaina hitari-dalana anao amin'ny fanapahan-kevitra raisinao momba ny asa fanompoanao sy ny fiainanao. Azonao atao ny manontany hoe: "ahoana no hanampian'ity hetsika ity ahy hanatanteraka ny tanjon'Andriamanitra ho an'ny fiainako? Ny hetsika rehetra mampandroso ny sitrapon'Andriamanitra dia tokony hatao. Ny hetsika rehetra tsy mampandroso ny sitrapon'Andriamanitra dia tokony hosorohana na hatsahatra[1].

*3. Fifandanjana*. Ny fiainana voatantana tsara dia fiainana voalanjalanja. Ny fiainana voalanjalanja dia fiainana manokana ny fotoana sy ny hery ho an'ny hetsika tena ilaina eo amin'ny fiainana. Ny lehilahy iray miezaka miampita renirano tamin'ny alalan'ny vatan-kazo nianjera dia tsy maintsy mihazona amim-pahamalinana tsara ny fifandanjan'ny tenany. Raha mitongilana loatra miankavia na miankavanana izy dia ho latsaka ao anaty rano. Marina amin'ny pasitera Pentekôtista ihany koa izany. Raha mampifantoka loatra ny sainy amin'ny lafin-javatra iray na roa amin'ny fiainana na ny asa fanompoany izy dia tandindomin'ny lozan'ny tsy fifandanjana ary ho lavo amin'ny sehatra tena manan-danja hafa.

---

[1] Raha te handalina bebe kokoa mikasika ny laharam-pahamehan'ny pasitera Pentekôtista eo amin'ny fiainana sy ny asa fanompoana ianao dia jereo ny Toko 4 "Laharam-pahamehan'ny tena manokana" sy ny Toko 5 "Laharam-pahamehana amin'ny asa fanompoana".

Ohatra, ianao pasitera dia mety mandany fotoana betsaka amin'ny fikarakarana ny mpikambana ao amin'ny fiangonana ka manadino ny ankohonanao. Na ianao manokan-tena betsaka amin'ny fanomanana toriteny dia ataonao tsirambina ny vavaka na ny fanatrarana ny very. Amin'ny maha pasitera Pentekôtista mahatoky, tsy maintsy miezaka mampifandaja ireo sehatra samihafa eo amin'ny fiainanao ianao. Tafiditra ao anatin'izany ny:

- Fifandanjana eo amin'ny asa sy ny toetra
- Fifandanjana eo amin'ny asa sy ny fialan-tsasatra.
- Fifandanjana eo amin'ny asa fanompoana sy ny ankohonana.
- Fifandanjana eo amin'ny fiahiana ny hafa sy ny fikarakarana ny tena.

Mihatra eto ny teny nataon'i Jesosy tamin'ny Fariseo. Noteneniny mafy izy ireo satria manasongadina tafahoatra ny fahafolon-karena, kanefa manao tsirambina ny fanao manan-danja hafa. Hoy izy tamin'izany "ireto tokony ho nataonareo, nefa tsy tokony havelanareo ireroana" (Lioka 11:42).

*4. Taridalana.* Farany, ho an'ny pasitera Pentekôtista, ny fiainana voatantana tsara dia fiainana tarihan'ny Fanahin'Andriamanitra. Arakarakin'ny hanarahantsika akaiky ny fitarihan'ny Fanahy Masina no mampilamina bebe kokoa ny fiainantsika. Hoy i Paoly raha nampahery ny mpino tany Galatia: "Mandehana araka ny Fanahy, dia tsy hahatanteraka ny filan'ny nofo ianareo" (Gal. 5:16). Avy eo, notanisainy ireo "asan'ny nofo". Ireo hetsika tsirairay ireo dia azo heverina ho vokatrin'ny fiainana ratsy tantana na fiainana tsy misy fitsipi-pifehezana: "Fijangajangana, fahalotoana, fijejojejoana, fanompoan-tsampy, fanaovana ody ratsy, fandrafiana, fifandirana, adi-lahy, fiafonafonana, fifampiandaniana, fisarahana, fitokoana, fialonana, fahamamoana, filalaovan-dratsy, ary ny toy izany, izay lazaiko aminareo rahateo" (Gal. 5:19-21).

Mifanohitra amin'izany, ny atao hoe tarihan'ny Fanahy Masina dia miaina fiainana manaiky an'Andriamanitra. Ny fiainana tahaka izany dia miezaka mamboly ny "vokatrin'ny Fanahy". Araka ny fanazavan'i Paoly, ny vokatrin'ny Fanahy dia "fitiavana, fifaliana, fiadanana, fahari-po fahamoram-panahy, fanaovan-tsoa, fahamarinana, fahalemem-panahy, fahononam-po" (Gal. 5:22-23). Ireo toetra tsara tsirairay ireo dia azo heverina ho toetra mampiavaka ny fiainana

voatantana tsara. Izy ireo dia avy amin'ny fitoerana ao amin'i Kristy (Jaona 15:5) sy ny fandehanana araka ny Fanahy (Gal. 5: 24-25).

**Ny modelintsika amin'ny fiainana voatantana tsara**

Jesosy no modely tonga lafatra ho antsika satria izy niaina fiainana voatantana tsara. Nandrindra ny fiainany hifanaraka tamin'ny sitrapon'ny Rainy izy ary nandeha araka fandaharam-potoanan'ny Rainy. Noho izany, afaka nifantoka tanteraka tamin'ny iraka nankinina taminy Izy. Mariho tsara ny fomba nanehoan'i Jesosy ireo toetra efatra mampiavaka ny fiainana tsara tantana teo amin'ny fiainany.

- *Tanjona:* Fantatr'i Jesosy tsara ny antony nahatongavany teto an-tany ary nitoetra nahatoky tamin'izanyy iraka nankinina tamin'ny fiainany izany Izy. Noho izany, rehefa nifarana ny asa fanompoany dia afaka nivavaka tamin'ny Ray Izy hoe "Izaho efa nankalaza Anao tetỳ ambonin'ny tany; vitako ny asa nomenao Ahy hataoko" (Jaona 17:4).
- *Laharam-pahamehana.* Jesosy dia nametraka ho laharana voalohany mandrakariva ny zavatra manan-danja. Ohatra, nataony laharam-pahamehana hatrany ny fihazonana fifandraisana matanjaka tamin'ny Ray. Izao no nosoratan'i Marka: "Ary nifoha maraina alina koa Izy, dia nivoaka nankany an-tany foana ka nivavaka tany" (Marka 1:5)
- *Fifandanjana.* Jesosy dia niaina fiainana voalanjalaja tanteraka. Nampifandanjany ny maha izy azy sy ny ataony ary ny asa sy ny fialan-tsasatra (Marka 6: 31-32). Satria voalanjalanja ny fiainany, tsy mba hitantsika sahiran-tsaina na nirotoroto mihitsy Izy. Tamin'ny toerana tokony nisy azy hatrany Izy tamin'ny fotoana nilana izany ary nanao izay zavatra tokony hataony.
- *Taridalana.* Jesosy dia niaina ny fiainany teo ambany fitarihan'ny Fanahy Masina. Feno ny Fanahy Masina Izy (Lioka 4:18-19) ary nanao izay nitarihan'ny Fanahy Azy (Mat. 4:1; Lioka 4:1). Hoy Izy mikasika ny tenany: "Ny Zanaka tsy mahazo manao na inona na inona ho Azy, afa-tsy izay hitany ataon'ny Ray; fa na inona na inona no ataon'ny Ray dia toy izany koa no ataon'ny Zanaka" (Jaona 5:19).

Amin'ny maha pasitera Pentekôtista, tsy maintsy ataonao tanjona ny hanaraka ny ohatra nasehon'i Jesosy (1 Jaona 2:6).

**Ny tombontsoa avy amin'ny fiainana voatantana tsara**

Na dia mitaky ezaka aza ny fananana fiainana voatantana tsara, amin'ny pasitera Pentekôtista, tsy very maina izany ezaka izany. Ny pasitera mitantana tsara ny fiainana dia hahita fitomboana goavana ao anatin'ny asa fanompoany. Noho ny fotoanany voatantana tsara, afaka manao zavatra betsaka miaraka amin'ny ezaka kely kokoa izy ireo.

Ambonin'izany, ny fiainana voatantana tsara dia mitondra fiadanan-tsaina bebe kokoa. Ny fahombiazana amin'ny fitantanana ny fiainana dia mitondra filaminana ary ny filaminana dia mitondra fiadanana. Tamin'ny alalan'ny Fiainany, Jesosy dia naneho fiadanana tsy nananan'ny olona maro. Tony hatrany Izy na dia tao anatin'ny toe-javatra nampatahotra ny hafa aza. Ohatra, nitebiteby ny mpianatra tao anatin'ny tafio-drivotra fa i Jesosy kosa natory tamim-piadanana teo ambony ondana tao anatin'ny sambokely (Mat. 8:23-27). Tahaka izany koa i Paoly tamin'ny diany ho any Roma (Asa 27:27-38).

Ny fiainana voatantana tsara dia mampanantena fahafahana manao asa fanompoana mandritra ny fotoana maharitra. Ny fiainana ratsy tantana dia miteraka rarin-tsaina, ary ny rarin-tsaina dia mahatonga harerahan-tsaina. Kanefa, ny fiainana voatantana tsara dia mamokatra fiadanana izay mitondra faharetana ao anatin'ny asa fanompoana.

## IREO ZAVATRA TELO AO ANATIN'NY FIAINANA VOATANTANA TSARA

Amin'ny maha pasitera Pentekôtista, tsy maintsy mahomby amin'ny fitantana ireto zavatra telo ao anatin'ny fiainana sy ny asa fanompoana ireto ianao. Ireto avy izany :

**Fitantanana ny vola**

Voalohany, tsy maintsy mitantana tsara ny volanao ianao. Ity dingana ity dia azonao atomboka amin'ny fampahatsiahivanao ny tenanao fa izay rehetra ananao dia an'Andriamanitra (Sal. 24:1; 1 Kor.4:7). Tsy maintsy takatrao tsara

fa mpitantana ny fananan'Andriamanitra ianao ary indray andro dia tsy maintsy hanome tatitra Azy mikasika ny fomba nitantanao ny volanao (Lioka 16:2).

Ny fomba tsara indrindra ny hitantanana ny vola dia ny fizarana ny vola miditra aminao ho sokajy telo: Voalohany, manome ho an'Andriamanitra ianao ary avy eo, manangona ho an'ny ho avinao. Farany, mampiasa amim-pahendrena ho an'ny zavatra ilainao. Ndeha hojerena akaiky ny tsirairay amin'ireo drafitra fitantanam-bola ireo.

*1. Voalohany, manome ho an'Andriamanitra ianao*. Amin'ny maha pasitera Pentekôtista anao, ny fanomezana no dingana voalohany hahatraranao ny fiainana voatantana tsara. Ny Soratra Masina dia tsy mitsahatra mamerina amintsika fa ny voaloham-bokatrin'ny zavatra rehetra raisintsika dia an'Andriamanitra (jereo ny. Eks. 13:1; 34:26; Lev. 2:14; Ohab. 3:9). Noho izany, ny teboka hanombohanao ny fitantanana ny volanao dia ny fanomezanao amim-pahatokiana ny fahafolonkarena sy ny fanatitra ho an'Andriamanitra. Ambonin'izany, tsy maintsy tanterahanao ihany kosa ireo fanekena ara-bola samihafa nataonao tamin'Andriamanitra na ny Fiangonany, toy ny fanohanana ny asa misiona sy ny asa fanorenana. Andriamanitra dia nampanantena fa handrotsaka fitahiana be dia be eo amin'ny fiainan'ny olona malala-tanana Aminy (Mal 3:10-11; Lioka 6:38).

*2. Avy eo, manangona ho an'ny ho avinao*. Aorian'ny fanomezana ho an'Andriamanitra, tsy maintsy manangona ho an'ny ho avinao sy ny zavatra ilaina amin'ny fahamehana ianao. Azonao atao ny manokana vola voafaritra tsara isankerinandro. Rehefa mitombo io vola io dia azonao atokana izay ilaina amin'ny hamehana ary ny sisa kosa azonao ividianana zavatra goavana.

*3. Farany, mampiasa amim-pahendrena*. Izay tavela taorian'ny nanomezanao ho an'Andriamanitra sy nanangonanao dia azonao ampiasaina amin'ny zavatra ilain'ny ankohonanao, toy ny sakafo, ny trano ary ny zavatra hafa. Satria an'Andriamanitra ihany koa io vola io, tsy maintsy ampiasaina amim-pahendrena. Ny fomba tsara indrindra hahafahana manao izany dia fananganana tetibola na drafitra ara-bola azo ampiasaina tsara. Io drafitra io no hitari-dalana anao amin'ny fandaniana sy hanampy anao hampifanaraka ny fiantsenanao amin'ny vola anananao. Ny vola voatantana tsara dia hitondra fiadanana sy fahamarinan-toerana ao an-tokantranonao. Hanampy anao sy ny ankohonanao amin'ny fanatrarana ny tanjonareo ihany koa izany.

**Fitantanana ny fotoana**

Faharoa. Ao anatin'ny fikatsahanao fiainana voatantana tsara, tsy maintsy mianatra mitantana ny fotoananao ianao. Noho ny antony ara-kolontsaina, betsaka ny pasitera Afrikana no manana olana amin'ny fitantanana fotoana. Ny fotoana nefa no loharanon-karena sarobidy indrindra eo an-tanan'ny olona. Tahaka ny tsy hahafahantsika manolo ny vola very no tsy hahafahantsika mamerina ny fotoana very. Ny Baiboly dia mampahery antsika hanararaotra ny fotoana sy hanao izay rehetra azontsika amin'ny fahafahana rehetra miseho eo anatrehantsika (Efe 5:15-16; Kol. 4:5).

Amin'ny maha pasitera Pentekôtista, tahaka ny nianaranao nanao tetibola, tsy maintsy mianatra mitantana ny fotoananao ianao. Tsy maintsy mianatra manokana fotoana ho an'ny ankohonana, ny asa, ny fialam-boly, ny fianarana, ny vavaka, ny famangiana, ary ireo hetsika manan-danja hafa ianao. Ny fitantanana ny fotoana dia mitaky anao handrafitra lisitrin'ny zavatra atao, handamina ny toerana iasana, hametraka fahazarana isan'andro sy isan-kerinandro, ary hisoroka ny fangatahan'andro.

**Fikarakarana ny tena.**

Fahatelo, ao anatin'ny fikatsahanao fiainana voatantana tsara, tsy maintsy mianatra mikarakara ny tenanao ianao. Ny fikarakarana ny tena dia izay hetsika rehetra ataonao ho fikolokoloana ny ara-panahinao, fihetseham-ponao ary ny zavatra ilainao ara-batana. Tsy noho ny fitiavan-tena nefa no anaovantsika izany noho ny antony tsara. Mikarakara ny tenantsika isika mba hahafahantsika manompo ny Tompo sy ny hafa amin'ny fomba tsara kokoa.

Tamin'ny fotoana namoronan'Andriamanitra ny olona dia nohariany niaraka tamin'ny fanahy sy saina ary vatana izy (1 Tes. 5:23). Ny fanahy dia ilay fizarana ao anatin'ny lehilahy sy vehivavy izay afaka miombona amin'Andriamanitra. Ny saina kosa dia ahitana ny fisainana, ny fihetseham-po ary ny safidy. Ny vatana kosa dia fizarana hita maso eo amin'ny olombelona. Io no trano fonenan'ny fanahy sy ny saina. Rehefa miresaka isika hoe mikarakara ny tena dia ny fikarakarana azy telo ireo no tiantsika ambara.

Afaka mikarakara ny fanahinao sy ny sainao amin'ny alalan'ny fitsipi-pifehezan'ny fandinihana Soratra Masina, ny fiderana, ny vavaka ary ny fifadian-

kanina[2]. Fanampin'izany, tsy maintsy ampanekenao tsy tapaka ny maha Tompo an'i Kristy ny fisainanao sy ny fihetseham-ponao ary ny sitraponao. Hoy ny Baiboly: "Ary aza manaraka ny fanaon'izao tontolo izao; fa miovà amin'ny fanavaozana ny saina, hamantaranareo ny sitrapon'Andriamanitra, dia izay tsara sady ankasitrahana no marina" (Rom. 12:2). Ampianarin'ny Baiboly antsika ihany koa fa tokony hifehy ny fisainantsika isika:

> "Na inona na inona marina, na inona na inona manan-kaja, na inona na inona mahitsy, na inona na inona madio, na inona na inona maha-te-ho-tia, na inona na inona tsara laza – raha misy hatsaram-panahy, ary raha misy dera, dia hevero izany" (Fil. 4:8).

Zava-dehibe ihany koa ny fikarakarana ny tena satria ny tenantsika no tempolin'ny Fanahy Masina. Noho izany, tokony hanome voninahitra an'Andriamanitra amin'ny tenantsika isika (1 Kor. 6:19-20). Ny vatana salama dia manome antsika fahafahana hanatanteraka amin'ny fomba tsara kokoa ny antson'Andriamanitra ao amin'ny fiainantsika. Mahatonga antsika afaka miaina amin'ny fahafenoana ihany koa (Jaona 10:10). Noho izany, tokony hikarakara ny tenantsika amin'ny alalan'ny fihinanana sakafo ara-pahasalamana, fanaovana fanazaran-tena tsy tapaka, fatoriana ara-dalàna ary fanaovana fizaham-pahasalamana matetika.

## MANANA FIAINANA VOATANTANA TSARA

Mety manontany angamba ianao hoe "amin'ny maha pasitera Pentekôtista ahy, ahoana no hahafahako manana fiainana voatantana tsara?"

### Raiso ny fanapahan-kevitra

Ny fikatsahana fiainana voatantana tsara dia manomboka amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra. Indray andro, nitantara ny momba ilay zanaka adala i Jesosy. Ao amin'io tantara io, ilay zanaka nikomy dia nangataka ny anjara lovany tamin'ny rainy ary nandao ny trano. Noho ny fomba fiaina feno

---

[2]Ity lohahevitra ity voaresaka bebe kokoa ao amin'ny Toko 15: "Fahazarana manokan-tena matanjaka".

rendrarendra nofidiny nefa dia ritra vetivety ny fananany ka ka lasa niandry kisoa tany an-tsaha izy. Tamin'io fotoana io indrindra no nody ny sainy ka hoy izy tamin'ny tenany: "Hiainga aho, dia hody any amin'ny raiko ka hanao aminy hoe: Raiko ô, efa nanota tamin'ny lanitra sy teo anatrehanao aho ka tsy miendrika hatao hoe zanakao intsony; fa ataovy tahaka ny anankiray amin'ny olona karamainao aho" (Lioka 15:18-19). Niaraka tamin'izany fanapahan-kevitra izany, nitsangana izy ary lasa nanomboka ny diany nody tany an-tranony.

Tahaka izany koa ny fitadiavana fiainana voatantana tsara. Ny dianao ho any amin'ny fomba fiaina mamokatra kokoa dia tsy maintsy manomboka amin'ny fanapahan-kevitra matotra. Tsy maintsy mijery ny toerana misy anao ankehitriny ianao ary manaiky fa misy fomba tsara lavitra hahafahana miaina sy manao asa fanompoana. Avy eo, tsy maintsy milaza amin'ny tenanao ianao hoe "Hiainga aho ka hikatsaka fomba fiaina mamokatra kokoa".

**Manaova drafitra**

Na dia tena ilaina tokoa aza ny fanapahan-kevitra hikatsaka fiainana voatantana tsara, tsy ampy izany. Tsy maintsy arahana drafitra azo ampiharina tsara ny fanapahan-kevitrao. Tokony ho hita ao anatin'io drafitra io ireto dingana telo horesahantsika manaraka ireto:

*1. Fandinihan-tena*. Ny dianao ho any amin'ny fiainana voatantana tsara dia manomboka amin'ny fandinihan-tena. Ao anatin'io fandinihan-tena ianao dia hamakafaka ny fomba fiainanao ankehitriny mba hamaritanao izay mila fivoarana. Azonao atao amin'ny alalan'ny famaliana amim-pahitsiana ireto fanontaniana ireto izany.

- Manao ahoana ny hatsaran'ny fitantanako ny volako?
- Manao ahoana ny hatsaran'ny fitantanako ny fotoanako?
- Manao ahoana ny hatsaran'ny fikarakarako ny fanahy, ny saiko ary ny tenako?
- Ahoana no hahafahako manatsara ny tsirairay avy amin'ireo sehatra ireo?

Valio amim-pahamalinana ireo fanontaniana ireo ary soraty ao anaty kahie ny valiny.

*2. Fametrahana tanjona.* Rehefa hitanao ny sehatra mila fivoarana eo amin'ny fiainanao dia mametraha tanjona fanatsarana. Azonao atao amin'ny alalan'ny famaliana amim-pandinihana tanteraka ireto fanontaniana manaraka ireto izany:

- Amin'ny fomba ahoana no hahafahako manatsara ny fahaizako mitantana ny volako?
- Amin'ny fomba ahoana no hahafahako manatsara ny fahaizako mitantana ny fotoanako?
- Amin'ny fomba ahoana no hahafahako manatsara ny fahaizako mikarakara ny fanahy, ny saina ary ny tenako?

Toy ny teo aloha, valio ao anaty kahie ny fanontaniana. Aoka ho voafaritra tsara ny valiny.

*3. Famolavolana drafitra.* Rehefa voapetrakao mazava tsara ny tanjona dia tsy maintsy mamolavola drafitra entina manatratra izany ianao. Olana iray na roa isakin'ny mandeha ihany hifantohana, ary manao drafitra hanatrarana ny tanjona tsirairay. Ao anatin'ny drafitra, azonao atao ny mamaritra ny dingana harahanao hahatrarana ny tanona. Ohatra; te hampivoatra ny fahaizanao mitantam-bola amin'ny alalan'ny fanaovana sy fanarahana tetibolan'ny ankohonanao ianao. Na te hampivoatra ny fahaizanao mitantana ny fotoananao amin'ny alalan'ny fanaovana lisitrin'ny zavatra atao isakin'ny vao mifoha maraina sy fampiasana izany ho taridalana amin'ny hetsika atao mandritra ny tontolo andro.

**Mirosoa amin'ny hetsika**

Raha vao vitanao ny drafitra dia tsy maintsy miroso amin'ny hetsika ianao. Tsy maintsy manomboka mampihatra ny drafitrao. Mananà faharetana, mifikirà amin'ny drafitrao. Ary, any amin'ny faran'ny telo na enim-bolana, tombono ny ezaka vitanao. Fantaro ny sehatra nahavitanao ezaka tsara sy ny mbola mitaky ezaka betsaka. Avy eo, amboary ny drafitra ary avereno indray ny dingana. Azonao atao ny mitohy miasa amin'ilay tanjona mbola tsy tratra na mifidy tanjona hafa ary miezaka manatratra izany indray.

Ezaka mandritra ny androm-piainana ny fanatrarana ny fiainana voatantana tsara. Tanjona mendrika harahana, ary hitondra fitahiana betsaka ao anatin’ny fiainan’ny pasitera Pentekôtista.

# ~ Toko 14 ~

# Fifandraisana salama

Nanatona an'i Jesosy niaraka tamin'ny fanontaniana ny manam-pahaizana manokana momba ny lalàn'i Mosesy: "Mpampianatra ô, ny didy manao ahoana moa no lehibe ao amin'ny lalàna?" Tsy nisalasala mihitsy i Jesosy namaly azy hoe: "Tiava an'i Jehovah Andriamanitrao amin'ny fonao rehetra sy ny fanahinao rehetra ary ny sainao rehetra. Izany no didy lehibe sady voalohany. Ary ny faharoa, izay tahaka azy ihany, dia izao: Tiava ny namanao tahaka ny tenanao" (Mat. 22:36-39). Noho izany, amin'i Jesosy dia ny fifandraisana no ivon'ny atao hoe manompo an'Andriamanitra.

Ny kristianisma dia mihoatra noho ny fombam-pivavahana satria fifandraisana manokana amin'Andriamanitra amin'ny alalan'i Jesosy. Tsy resaka fidirana ho mpikambana ao anatin'ny finoana zavatra maromaro na fanatanterahana fombafomba. Ny tena manan-danja ao anatiny dia ny fitiavana an'Andriamanitra sy ny hafa. Io fitiavana an'Andriamanitra sy ny oloa io no mampiavaka ny fivavahana kristiana amin'ny fombam-pivavahana hafa. Ny asa fanompoan'ny mpitandrina dia tsy maintsy tanterahana ao anatin'izany. Tahaka ny tsy hahafahan'ny mpiandry ondry mikarakara ny ondry avy eny lavitra, ny pasitera Pentekôtista ihany koa dia tsy afaka miahy ny olona avy any lavitra. Mba hahombiazana amin'ny asa fanompoana, ny pasitera Pentekôtista dia tsy maintsy mahatakatra tsara ny maha zava-dehibe ny fananganana fifandraisana matanjaka

sy salama. Ary tsy maintsy hain’izy ireo koa ny fomba hampivalerana sy hihazonana io fifandraisana io.

## FAHATAKARANA NY FIFANDRAISANA

Araka ny anarany, ny fifandraisana dia izay rehetra mampifandray antsika amin’ny hafa. Tsy inona izany fa ny fomba rehetra hitondrantsika ny hafa. Ny fifandraisana dia mety

Ho akaiky na lavitra, matanjaka na malemy, lalina na ivelany, salama na manimba. Amin’ny maha pasitera Pentekôtista, tsy maintsy hainao ny manangana fifandraisana salama amin’ny ankohonana, ny mpikambana ao amin’ny fiangonana, ny namana ary ny pasitera hafa. Ary tsy maintsy mampianatra ny hafa hanao tahaka izany koa ianao.

Ny fifandraisana salama eo amin’ny vahoakan’Andriamanitra dia mamela azy ireo hiaina ao anatin’ny firindrana. Mitahy sy mampiorina ny olona izany. Mahatonga azy ireo mahatsapa antoka, fanajana ary fanekena. Ny fifandraisana salama ihany koa dia mahatonga ny olon’Andriamanitra miara-mamokatra amin’izay atao. Mahatonga ny fiangonana hambinina sy mihamatanjaka. Mifanohitra amin’izany, ny fifandraisana tsy salama dia mahatonga ny olona ho latsaka ao anatin’ny fifandirana sy fifankahalana. Ny fifandraisana tahaka izany dia mampalemy sy tsy mampahomby ny fiangonana.

Izany no nahatonga an’i Paoly nampahery ny fiangonana voalohany hampivelatra fifandraisana salama. Hoy izy tamin’ny fiangonana tany Efesosy: “mazoto mitana ny firaisana avy amin'ny Fanahy amin'ny fehim-pihavanana” (Efe. 4:3). Nanoratra tamin’ny mpino tany Roma ihany koa izy hoe: “Miraisa saina. Aza mihevitra izay hiavonavonana, fa aoka mba ho zatra amin'ny fietrena ianareo” (Rom. 12:16). Azon’i Paoly tsara fa ny fifandraisana salama no fototrin’ny fahombiazan’ny asa fanompoana ao anatin’ny fiangonana sy any ivelan’ny fiangonana.

## KARAZANA FIFANDRAISANA

Amin’ny maha pasitera Pentekôtista, zava-dehibe ny hahatakaranao fa misy karazany sy haavony ny fifandraisana ho hitanao ao amin’ny fiainanao. Izany

fahatakarana izany dia hanampy anao hamaritra ny laharam-pahamehana ka tokony hanaovana fandaniana bebe kokoa amin'ny fifandraisana.

**Ny fifandraisana voalohany**

Ny fifandraisana manan-danja indrindra eo amin'ny fiainanao dia ny fifandraisanao amin'Andriamanitra. Ny fifandraisana hafa rehetra dia tsy maintsy miorina eo amin'ity fifandraisana voalohany ity. Noho izany, tsy maintsy omenao ny fifandraisana amin'Andriamanitra ny laharam-pahamehana ambony indrindra. Raha voafehinao ho marina tsara ity fifandraisana ity dia hipetraka ho azy amin'ny toerany ny fifandraisana hafa rehetra. Marina ihany koa nefa ny mifanohitra amin'izany; raha ataonao tsirambina ity fifandraisana ity dia hisy vokatra ratsy amin'ny fifandraisana hafa rehetra.

Ny fifandraisanao amin'Andriamanitra dia iray amin'ireo fifandraisana tsy maintsy lalina (Mat. 22:37). Io fitiavana an'Andriamanitra io dia miseho amin'ny fanokanan-tena hankato ny Didiny (Jaona 14:15, 21) sy hitia ny hafa (Jaona 15:12).

**Ny fifandraisan'ny ankohonana**

Ny faharoa manaraka ny fifandraisanao amin'Andriamanitra dia ny fifandraisanao amin'ny vadinao. Ny Baiboly dia milaza fa nataon'Andriamanitra nofo iray ihany ny lehilahy sy ny vadiny (Gen. 2:24). Noho izany, ny lehilahy dia tsy maintsy mitia ny vadiny tahaka ny fitiavany ny tenany, eny tahaka ny fitiavan'i Kristy ny fiangonana. Ary ny vehivavy dia tsy maintsy manaka ny vadiny sy manaiky ny fahefany ao an-tokantrano (Efe. 5:21-33). Noho izany, ianao sy ny vadinao dia tsy maintsy mankamamy ny fifandraisanareo mihoatra noho ny fifandraisana amin'ny olombelona rehetra. Ary tsy mandany ny fotoananao sy manao ezaka rehetra hanatanjahana io fifandraisana io ianao.

Ny fifandraisana fahatelo dia ny fifandraisanao amin'ny zanakao. Tsy maintsy mitia ny zanakao amin'ny fitiavana lalina ianao ary tsy maintsy mikarakara azy ireo. Ny Baiboly dia mandidy ny ray aman-dreny hitaiza ny zanany amin'ny famaizana sy ny fananaran'ny Tompo (Efe. 6:4). Noho izany, tsy tokony hanao tsirambina ny zanakao ianao – na dia eo aza ireo asa samihafa maha mpitandrina azy. Tsy maintsy manokana fotoana hanamafisana ny fisakaizana

amin'ny tsirairay avy amin'izy ireo ianao. Hahatonga ny tokantranonao ho feno fitiavana izany. Hitondra fiadanana izany ka hampitombo ny fahavokaran'ny asa fanompoanao. Fanampiny, ho tonga fijoroana vavolombelona ho an'ny fiangonana sy ny fiaraha-monina izany. Ny tena manan-danja indrindra dia ny fitarihanao ny zanakao ao anatin'ny fifandraisana amin'i Kristy. Tsy maintsy ataonao azo antoka ihany koa fa feno ny Fanahy Masina ny ankizy tsirairay.

Ambonin'izany rehetra izany, tsy maintsy mahomby fifandraisana feno fitiavana amin'ny fianakavianao ianao. Tokony haneho fitiavana sy fanajana kristiana ny ray aman-dreninao, ny rahalahy sy anabavinao, ny zanakin'ny mpiray tampo amin'ny ray aman-dreninao, ary ny mpikambana rehetra ao amin'ny ankohonanao. Tsy maintsy apetrakao amin'ny toerany avokoa ny zavatra rehetra. Tsy tokony ho tianao mihoatra noho ny vady aman-janakao nefa ny fanakavianao. Hoy i Paoly tamin'i Timoty: "Fa raha misy tsy mamelona ny azy, indrindra fa ny ankohonany, dia efa nandà ny finoana izy ka ratsy noho ny tsy mino aza" (1 Tim. 5:8)[1].

**Ny fifandraisana ao anatin'ny asa fanompoana**

Ankoatran'ny fifandraisanao amin'Andriamanitra sy ny mpikambana amin'ny ankohonanao, amin'ny maha pasitera Pentekôtista, tsy maintsy mitandrina sy mikolokolo ny fifandraisana ao anatin'ny asa fanompoana ianao. Tafiditra ao anatin'io fifandraisana io ny fifandraisanao amin'ireo hanaovanao asa fanompoana sy ny fifandraisanao amin'ireo miara-manao asa fanompoana aminao. Tafiditra ao anatin'izany ny mpikambana ao amin'ny fiangonana, ny fiaraha-monina ary ireo rehetra ao anatin'ny anaram-piangonana misy anao na ny fiangonana nasionaly. Miavaka ny tsirairay avy amin'ireo fifandraisana ireon ary tokony hotantanana amin'ny fomba samihafa. Amin'ny ankapobeny, ny fahombiazana na ny tsy fahombiazan'ny asa fanompoanao dia miankina amin'ny fomba hitantananao ireo fifandraisana ireo.

Mila manangana fifandraisana manokana matanjaka sy fifandraisana matihanina amin'ny pasitera sy ireo ekipa laika mpiara-miasa ao anatin'ny

[1] Raha handalina ity lohahevitra ity dia jereo ny Toko 7: "Laharam-pahamehana ao anatin'ny ankohonana".

fiangonanao ianao. Rehefa nifidy ny apostoly roa ambin'ny folo i Jesosy dia naniraka azy ireo nitory ny filazantsara sy nandroaka demonia. Kanefa, ny tena niantsoany azy ireo voalohany indrindra dia ny hiaraka Aminy (Marka 3:13-15). Fantatrin'ny Tompontsika fa ny fifandraisana aoriny miaraka amin'izy ireo mandritra ny fotoana iarahany aminy no ho fototrin'ny asa fanompoany rehetra misaraka izy ireo. Tahaka izany koa ny ao anatin'ny fiangonana tarihanao. Ny fifandraisanao amin'ny pasitera sy ny mpiara-miasa aminao no fototrin'ny asa fanompoana rehetra ao anatin'ny fiangonana misy anareo.[2]

**Fifandraisana telo mampidi-doza**

Ny fifandraisana sasany dia tonga miaraka amin'ny loza mitatao. Ny telo amin'ireo fifandraisana ireo dia ny fifandraisanao amin'izao tontolo izao, ny fifandraisanao amin'ny olona tsy mitovy fananahana aminao, ary ny fifidiananao ny namanao. Amin'ny maha pasitera Pentekôtista, tsy maintsy hainao ny mitantana amim-pahamalinana ireo fifandraisana ireo, araka ny toromarika eto ambany:

*1. Ny fifandraisanao amin'izao tontolo izao.* Tsy maintsy mitandrina mafy ianao amin'ny fifandraisana amin'izao tontolo izao. Ny tondroina amin'ny teny hoe izao tontolo izao dia ireo rafitra rehetra eto an-tany izay fehezin'i Satana sy ireo olona manompo azy (1 jaona 5:19). Hoy i Jesosy tamin'ny mpianany: "satria tsy naman'izao tontolo izao ianareo, fa Izaho efa nifidy anareo tamin'izao tontolo izao" (Jaona 15:19). Manazava ny Baiboly fa na dia tsy maintsy miaina eto amin'izao tontolo izao aza ny mpanara-dia an'i Kristy dia tsy tokony hisahirana amin'ny zavatra eto amin'izao tontolo izao (1 Kor. 7:31). Tsy tokony ho tia izao tontolo izao sy ny zavatra eto amin'izao tontolo izao izy ireo (1 Jaona 2:15). Tsy tokony hampifanaraka ny fomba fiainany amin'ny an'izao tontolo izao izy ireo (Rom. 12:2).

*2. Ny fifandraisanao amin'ny olona tsy mitovy fananahana aminao*. Amin'ny maha pasitera Pentekôtista anao, tsy maintsy mitandrina ny fifandraisanao amin'ireo olona tsy mitovy fananahana aminao ianao. Ny antony dia satria ny

[2]Raha handalina ity lohahevitra ity dia jereo ny Toko 5: "Laharam-pahamehana amin'ny asa fanompoana".

pasitera tsy mahomby amin'ny fihazonana ny fetran'ity fifandraisana ity dia lavo tao anatin'ny fahafaham-baraka sady mitondra henatra ho an'ny asan'Andriamanitra. Nampitandrina an'i Timoty i Paoly: "Fa mandosira ny filan'ny tanora fanahy" (2 Tim. 2:22). Nanome toromarika io zanany amin'ny finoana io koa izy hoe: "ny vehivavy anti-panahy toy ny reny, ny tanora fanahy toy ny anabavy, amin'ny fahadiovana rehetra" (1 Tim. 5:2).

Ao anatin'ny fanajana sy ny fahamendrehana no tsy maintsy ifandraisanao amin'ny olona tsy mitovy fananahana aminao. Ankoatran'ny vadinao, tsy tokony hisy olona tsy mitovy fananahana aminao hitokana miaraka aminao. Tokony hiambina ny fisainanao ianao. Ny fijangajangana rehetra dia nanomboka tamin'ny fieritreretana sy fakana sary an-tsaina. Noho izany, tsy tokony havelanao hiala amin'ny vadinao sy hirenireny any amin'ny olona hafa ny sainao (Mat. 5:28). Mampitandrina ny Baiboly hoe "Tandremo ny fonao mihoatra noho izay rehetra tokony hotandremana; Fa avy ao aminy no ihavian'ny aina" (Ohab. 4:23).

*3. Ny fifidiananao ny namanao.* Ny fifidianan'ny olona iray ny namany dia mety hitondra fitahiana lehibe ho azy na hanimba azy tanteraka. Noho izany, tsy maintsy mampiasa fahendrena ianao rehefa mifidy izay ho namanao. Hoy ny Baiboly: "Ny marina dia mitari-dalana ny namany; Fa ny alehan'ny ratsy fanahy kosa no mampivily azy" (Oha 12:26). Hoy koa i Paoly: "Aza mety hofitahina ianareo; ny fikambanana amin'ny ratsy manimba ny fitondrantena tsara" (1 Kor. 15:33). Amin'ny maha pasitera Pentekôtista, amin'izay rehetra hampahery anao hanakaiky an'Andriamanitra sy hiaina fiainana mahafaly Azy ihany no tokony hanangananao fisakaizana matanjaka.

## IREO TOETRA MAMPIAVAKA NY FIFANDRAISANA SALAMA

Ny Afrikana dia manaiky fa ny hatsaran'ny fiainan'ny olona dia miankina betsaka amin'ny hatsaran'ny fifandraisana eo amin'ny fiainany. Inona avy ary ireo famantarana azon'ny pasitera Pentekôtista ampiasaina hitari-dalana azy ao anatin'ny fananganana sy fihazonana fifandraisana salama ao an-tokantranony, ao am-piangonana, ary eny amin'ny fiaraha-monina? Amin'ny maha pasitera Pentekôtista, ny fifandraisanao dia tokony haneho ireto toetra manaraka ireto:

## Fitiavana

Ny toetra voalohany tsy maintsy mamaritra ny fifandraisanao amin'ny hafa dia fitiavana manao sorona. Tsy maintsy tia ny vadinao, ny zanakao, ary ny vahoakan'Andriamanitra amin'ny firehetam-po lehibe ianao dia tahaka ny nitiavan'i Kristy anao. Hoy i Jesosy tamin'ny Mpianany: "Didy vaovao no omeko anareo, dia ny mba hifankatiavanareo; eny, aoka ho tahaka ny fitiavako anareo no mba hifankatiavanareo kosa" (Jaona 13:34). Nambarany tamin'izy ireo fa ny fitiavana tsy misy fitiavan-tena no tsy maintsy mamaritra ny fifandraisan'izy ireo amin'ny hafa. Jesosy dia nanaiky nanolotra ny ainy ho azy ireo. Ankehitriny, tsy maintsy vonona hanolotra ny ainy ho an'ny hafa izy ireo (Jaona 15:12-13). Hoy Petera mananatra antsika: "mifankatiava fatratra amin'ny fo" (1 Pet. 1:22).

## Serasera amin'ny fo misokatra

Ny toetra faharoa tokony hamaritra ny fifandraisanao amin'ny hafa dia ny serasera amin'ny fo misokatra sy marina. Paoly dia nampahery ireo kristiana tany Efesosy hilaza ny marina amin'ny fitiavana. Amin'ny maha tenan'i Kristy, raha manao izany izy ireo dia hitombo sy hihamatotra (Efe. 4:15). Taorian'izany, Paoly dia nananatra mafy ny mpino tany Kolosiana: "Aoka ny fiteninareo ho amin'ny fahasoavana mandrakariva, ho mamy sira, mba ho fantatrareo izay tokony havalinareo ny olona rehetra" (Kol. 4:6).

Amin'ny maha pasitera Pentekôtista, tsy maintsy mandanjalanja amim-pahamalinana ny teninao ianao alohan'ny hitenenana, tsarovy ny tenin'ny Soratra Masina: "Izay mahambim-bava no miaro ny ainy; Fa izay vavàna dia haringana" (Ohab. 13:3). Ny tokony hanamarika ny resaka ifanaovanao amin'ny hafa dia fisakaizana, fitokisana ary fahitsiana. Tokony ho mahitsy ianao kanefa tsy masiaka, tokony ho marina kanefa tsy ratsy fanahy. Tsy maintsy mihaino tsara ny zavatra lazain'ny hafa ianao. Mananatra antsika ny Baiboly hoe: "Izay mamaly teny mbola tsy re, Dia hadalana sy henatra ho azy izany" (Ohab. 18:13).

## Fifampitokisana

Ny toetra fahatelo tokony hamaritra ny fifandraisanao amin'ny ankohonanao sy ny mpikambana ao amin'ny fiangonana dia ny fifampitokisana. Ny fitokisana dia antoka anananao amin'ny hafa. Ny fifampitokisana dia antoka ifampizaran'ny

mpikambana ao anatin'ny fifandraisana fa ho marina sy hitoetra tsara ao anatin'ny fifandraisana izy ireo. Mba hampisy ny fifampitokisana, izay rehetra ao anatin'ny fifandraisana dia tsy maintsy maneho ny fanokanan-tenany ho an'ny hafa.

Amin'ny maha pasitera Pentekôtista, tsy maintsy maneho ny tenanao ho mendrika ny fitokisan'ny hafa ianao. Tsy maintsy mahatsapa fiarovana ny olona rehefa eo ny pasiterany. Tokony hatoky tanteraka ny pasiterany izy ireo ka ho sahy hizara ny tsiambaratelony aminy. matoky ihany koa izy ireo fa voatahiry ny tsiambaratelony. Ary tsy maintsy fantany koa fa ny pasiterany dia tsy hizara ny tsiambaratelony amin'ny olona hafa.

**Fanajana**

Ny toetra fahefatra tokony hamaritra ny fifandraisanao amin'ny hafa dia ny fifanajana. Ny fanajana dia fanomezana lanja ny fahatsapana, ny zo ary ny fahamendrehan'ny hafa. Petera dia nampahery ny kristiana hoe: "Manajà ny olona rehetra" (1 Pet. 2: 17). Ny vehivavy dia tokony hanaja ny vadiny ary tahaka izany koa ny lehilahy, tokony hanaja ny vadiny. Ny ankizy tokony hanaja ny ray aman-dreniny ary ny ray aman-dreny tokony hanaja ny ankizy. Ny mpikambana ao anatin'ny fiangonana tokony hanaja ny pasiterany, ary ny pasitera tsy maintsy manaja ny mpikambana.

Tsy maintsy hajainao ny olona tsirairay na inona firazanana, foko, na saranga misy azy eo amin'ny fiaraha-monina satria mitondra ny endrikin'ny Mpahary avokoa izy ireny. Ny kristiana tany Roma dia nampaherezin'i Paoly hoe: "mitariha lalana amin'ny fifanomezam-boninahitra" (Rom. 12:10). Nampiany koa hoe: "Miraisa saina. Aza mihevitra izay hiavonavonana, fa aoka mba ho zatra amin'ny fietrena ianareo. Aza manao ny tenanareo ho hendry" (and.16).

**Fanetren-tena**

Farany, ny fifandraisanao amin'ny hafa dia tokony marihan'ny fanetren-tena. Ny fanentren-tena dia mifanohitra amin'ny avonavona sy ny fanindrahindrana ny tena. Fahafahana amin'ny fireharehana sy ny fanambonian-tena io. Ny fanetren-tena dia fahafahan'ny olona iray mahita ny tenany araka ny fahitan'Andriamanitra azy. Amin'ny teny hafa, ny olona manetry tena dia afaka mahita ny tenany araka ny tena izy marina. Ny fanetren-tena dia fanehoana ny tena fitiavana. Hoy i Paoly:

"Ny fitiavana...tsy mirehareha, tsy mieboebo, tsy manao izay tsy mahamendrika, tsy mitady ny azy" (1 Kor 13:4-5)

Ny fireharehana dia manidy ny varavaran'ny fifandraisana lalina sy maharitra. Ny fanetren-tena kosa manokatra izany midanadana (Rom. 12:16). Ny pasitera manetry tena dia lehilahy na vehivavin'ny vahoaka. Azon'ny olona rehetra atonina. Tetezana no aorinao eo anelanelanao sy ny vahoaka fa tsy mba rindrina.

## FIHAZONANA FIFANDRAISANA SALAMA

Ireto misy torohevitra fampihatra telo hanampu anao hanangana sy hihazona ny fifandraisanao amin'ny hafa ho salama sy hanome voninahitra an'Andriamanitra:

### Mananà tanjona

Voalohany, tsy maintsy ataonao tanjona ny hanangana sy hihazona fifandraisana salama amin'ny mpikambana ao anatin'ny ankohonanao, ny mpikambana ao anatin'ny fiangonanao ary ny mpiara-manao asa fanompoana aminao. Tsy manapa-kevitra sy miezaka mikatsaka ireo fifandraisana ireo ianao. Izany no nataon'i Jesosy. Nisafidy ny hiara-mandeha tamin'ny olona izy. Nanokana fotoana nihainoana sy nandrenesana ny fitarainan'izy ireo. Tsikaritrin'ny fahavalo izany ka nampangain'izy ireo ho "sakaizan'ny mpamory hetra sy ny mpanota" (Mat. 11:19) izy. Amin'ny maha pasitera Pentekôtista, tsy maintsy miezaka manahaka an'i Jesosy sy manangana fifandraisana matanjaka amin'ny hafa ianao.

### Kolokoloy ny fifandraisana

Ambonin'izany, tsy maintsy miasa mafy ianao mikolokolo ilay fifandraisana salama. Tsy maintsy vonona handany ny fotoana sy ny ezaka ilaina amin'ny fananganana fifandraisana matanjaka sy maharitra amin'ny mpikambana ao anatin'ny ankohonanao, ny mpikambana ao anatin'ny fiangonanao ary ny mpiara-manao asa fanompoana ianao. Mba hahatanteraka izany, mila mandany fotoana miaraka amin'izy ireo, mihaino ny tantarany, mihomehy amin'ny vazivazy ataony ary mitomany amin'ny ratram-pony sy ny tsy fahombiazany ianao (Rom. 12:15).

Raha hanao izany ianao dia hihamatanjaka ny fifandraisana eo aminao sy ny vahoakanao.

**Ampiharo ny famelan-keloka**

Farany, raha te hanangana sy hihazona fifandraisana matanjaka sy maharitra miaraka amin'ny hafa ianao dia tsy maintsy mangataka sy manolotra famelan-keloka. Tsy azo hihodivirana izany satria hanao izay hahatafintohina anao ny olona ary ny zavatra ataonao koa mety hanafintohina azy ireo. Hitranga ihany koa ny tsy fifankazahoan-kevitra ary hiteraka ratra ara-pihetseham-po. Raha tiana ho voaaro ny fifandraisana dia tsy maintsy mifamela heloka.

Ny vola madinikin'ny famelan-keloka dia misy lafiny roa. Ny voalohany dia fangatahan'ny olona nanao hadisoana famelan-keloka. Ny faharoa kosa dia fanoloran'izay nanaovana hadisoana famelan-keloka. Tsy maintsy vonona hanao azy roa ireo ianao (Mat. 5:22-26). Tsy maintsy malaky mangataka famelan-keloka ianao rehefa nanao izay nanafintohina olona. Tsy maintsy vonona hamela heloka ihany koa ianao rehefa misy olona mangataka izany aminao. Ny famelan-keloka dia manafaka ny tafintohina sy ny nanafintohina. Manokana ny varavaran'ny fihavanana izy sady manamboatra ny fifandraisana simba.

---

Ny asa fanompoana mahomby dia miorina amin'ny fifandraisana matanjaka sy salama. Ny pasitera hendry dia manao fandaniana betsaka amin'ny fanatanjahana ireny fifandraisana ireny.

# ~ Toko 15 ~

# Fahazarana manokan-tena matanjaka

Eny tokoa, fa ataoko ho fatiantoka avokoa ny zavatra rehetra noho ny fihoaran'ny hatsaran'ny fahalalana an'i Kristy Jesosy Tompoko" (Fil. 3:8). Ny apostoly Paoly no nilaza ireo teny ireo. Aorian'i Jesosy dia izy no heverina ho misionera lehibe indrindra niaina teto an-tany. Nitory tamin-kery, nanao fahagagana ary nanangana fiangonana maro nanerana ny ampira Romana izy. Nampiasain'Andriamanitra nanokatra ny varavaram-pamonjena ho an'ny Jentilisa izy (Asa 14:27). Kanefa, tao anatin'izany rehetra izany, tsapany fa tena zavatra goavana indrindra vitany dia teo amin'ny fiainany dia ny nahafantatra an'i Jesosy. "Mba ho fantatro Izy" (Fil 3:10), izany no vavaka fanaony

Tahaka an'i Paoly, ny pasitera Pentekôtista dia mpitarika. Araka izany, manana andraikitra lehibe ianao. Nantsoina hanao izay hahatonga ny mpino ho tonga mpianatrin'ny Tompo sy hampandroso ny Fanjakan'Andriamanitra eto an-tany ianao. Asa goavana izany, ary tsy maintsy mahatoky amin'ny fanatanterahana izany ianao. Kanefa, raha tianao ny handeha lavitra ao anatin'ny asa fanompoana, tahaka an'i Paoly, tsy maintsy ataonao laharam-pahamehana ny fifandraisanao amin'i Kristy. Tsy maintsy manokana ny tenanao amin'ny fianarana ny momba

an'i Kristy sy ny fianarana miaina ao anatin'ny fiombonana tsy tapaka Aminy ianao.

Mba hahafahana manao izany, mila mampivelatra ny fahazaranao manokan-tena ho an'Andriamanitra ianao. Tsy misy asa na fikelezan'aina na fahombiazana mahafeno ny banga entin'ny tsy fahampian'ny fifandraisanao amin'ny Tompo. Ity toko ity dia hiresaka mikasika ny fahazaran'ny pasitera Pentekôtista manokan-tena ho an'Andriamanitra.

## FAHAZARANA MANOKAN-TENA

Ny hanombohantsika ny fanadihadiana ataontsika dia ny famaritana ny atao hoe fahazarana manokan-tena.

### Fahazoana ny teny

Ny fahazarana dia zavatra ataon'ny olona iray tsy tapaka. Fitondrantena mitohy izay tonga toetra faharoa. Tahaka ny fiborosiana nify isakin'ny maraina, ny fahazarana dia vokatrin'ny famerimberenana. Amin'ny voalohany ny olona dia tsy maintsy mampahatsiaro ny tenany ny fanaovana io hetsika io. Misy fotoana ihany koa izy tsy maintsy mifehy ny tenany hanao io fahazarana. Kanefa, rehefa mandeha ny fotoana dia tonga fiainana io fahazarana io.

Inona ary izany ny fahazarana manokan-tena? Ny fahazarana manokan-tena dia fitsipi-piainana kristiana entina mihazona isan'andro ny fiombonana amin'i Kristy. Io dia fotoana isan'andro atokan'ny mpanompon'i Kristy hikolokoloana ny fifandraisany amin'Andriamanitra. Fahazarana no iantsoana azy satria rehefa mandeha ny fotoana dia tonga zavatra mandeha ho azy. Fanokanan-tena kosa izy satria ny tanjony dia ny hokolokolo ny fifandraisan'ny olona iray amin'Andriamanitra sy hampitombo ny fanokanan-tenany ho Azy sy ho an'ny Irany.

### Ny tombotsoan'ny fahazarana manokan-tena

Raha hampivelatra sy hihazona fahazarana manokan-tena matanjaka ianao dia tombontsoa maro no ho tonga ao amin'ny fiainanao sy ny asa fanompoana. Ndeha hojerentsika ny efatra amin'ireo tombontsoa ireo:

*1. Fahalalana an'i Kristy*. Ny tombontsoa voalohany amin'ny fampivelarana fahazarana manokan-tena matanjaka dia hahatonga anao hitombo ao anatin'ny fifandraisanao amin'i Kristy. Ny mpanoratra ny Hebreo dia nampahery antsika hoe: "aoka isika hanatona amin'ny fo marina" (Heb. 10:22). Nampian'i Jakoba teny fikasana io baiko io: "Manatòna an'Andriamanitra, dia hanatona anareo Izy" (Jak. 4:8). Rehefa mivavaka sy mandinika ny Soratra Masina ianao dia hiditra ao amin'ny Efitra Masina Indrindra (Heb. 10:19). Rehefa ao amin'ny fanatrehan'Andriamanitra ianao, tahaka an'i Mosesy taloha, dia hiresaka amin'Andriamanitra "mifanatrika tahaka ny olona miresaka amin'ny sakaizany" (Eks. 33:11).

*2.Fahafantarana ny sitrapon'Andriamanitra*. Ny tombontsoa faharoa amin'ny fampivelarana fahazarana manokan-tena matanjaka dia ny fahatakarana ny sitrapon'Andriamanitra eo amin'ny fiainanao amin'ny fomba tsara kokoa. Rehefa mivavaka ianao, vakio ny Tenin'Andriamanitra ary ampiharo eo amin'ny fiainanao ny fampianarany, hiova tanteraka ny sainao. Rehefa tanteraka izany dia ho hainao ny "hamantatra ny sitrapon'Andriamanitra, dia izay tsara sady ankasitrahana no marina" (Rom.12:2).

*3. Fampivelarana fomba fijery ara-baiboly.* Ny tombontsoa fahatelo amin'ny fampivelaranao fahazarana manokan-tena matanjaka dia ny fanampian'izany anao hampivelatra fomba fijery ara-baiboly. Rehefa mivavaka sy mandinika ny Soratra Masina ianao dia hanomboka hahita izao tontolo izao tahaka ny fahitan'Andriamanitra azy. Hanomboka hahatakatra ny Drafiny ho an'ny olombelona ianao. Fanampin'izay, ho hainao ny mamantatra ny toeranao anao anatin'ny fanatanterahana io drafitra io.

*4. Fifandraisana amin'ny Fanahy Masina.* Ny tombontsoa fahefatra amin'ny fihazonana fahazarana manokan-tena matanjaka dia ny fianaranao miaina amin'ny fifandraisana akaiky amin'ny Fanahy Masina (2 Kor 13:14). Paoly dia nampahery ny kristiana "Raha velon'ny Fanahy isika, dia aoka handeha araka ny Fanahy" (Gal 5:25). Nampiany koa hoe "aoka hofenoina ny Fanahy" (na aoka hofenoina tsy tapaka ny Fanahy – Efesiana 5:18). Ao anatin'ny tontolon'ny fanokanan-tena, ny Fanahy Masina dia hanao izay hahatsapanao ny Heriny sy ny Fanatrehany. Tahaka ny herinaratra avy amin'ny loharanony miampita mankany amin'ny takamoa (ampoule). Raha mbola mitsatoka amin'ny loharon'ny herinaratra ny tariby dia

mirehitra ny takamoa. Raha tsoahana kosa izany dia tsy mikoriana intsony ny herinaratra ary ho faty ny takamoa. Amin'ny alalan'ny fanokanan-tena amim-pahatokiana no hahafahanao mifandray amin'ny loharanon-kery. Afaka mitoetra ao amin'ny fahafenoan'ny Fanahy Masina.

## LAHARAM-PAHAMEHANA SY FAMPIHARANA NY FANOKANAN-TENA

Fanontaniana roa no mipetraka: "Ahoana no hahafahan'ny pasitera Pentekôtista mampivelatra fahazarana fanokanan-tena matanjaka?" ary koa "Inona no tsy maintsy atao hahazoana tombontsoa amin'ity fanao ity?"

### Zavatra telo manan-danja

*1. Laharam-pahamehana*. Ny dingana voalohany amin'ny famoronana fahazarana manokan-tena dia ny famaritanao ny laharam-pahamehanao. Ny laharam-pahamehana dia izay zavatra omen'ny lanja ambony indrindra. Io no zavatra voalohany ataony. Tsy maintsy manapa-kevitra ianao fa ny fifandraisanao amin'Andriamanitra no laharam-pahamehana ambony indrindra. Ary ny fahazarana manokan-tena dia tsy maintsy raisinao ho fomba hanatanjahana io fifandraisana io. Mba hahatanteraka izany, tsy maintsy miaro ny tenanao amin'ilay antsoina hoe: "fangejan'ny maika" ianao. Izany hoe, tsy tokony hisy hetsika hipetraka ho manan-danja indrindra noho ny fanokanan-tenanao.

Satria ny pasitera maro zavatra atao, isan'andro ianao dia hifanojo amin'ny zavatra ilaina maika sy ireo andraikitra mitaky fotoana tsy tapaka aminao. Na dia tsy azonao hodiana tsy hita aza ireny fangatahana ireny, tsy maintsy mianatra mametraka azy ireny avy amin'ny toerany avy isika. Tsy maintsy miaro ny fifandraisanao amin'Andriamanitra ianao. Tsy maintsy apetrakao ho faratampony amin'ny lisitrin'ny laharam-pahamehana io fifandraisana io. Izany no nataon'i Jesosy. Tsy navelany hanakana ny fiombonany tamin'ny Rainy any an-danitra ny andraikitra betsaka nosahaniny. Voalazan'ny Baiboly fa "nitoetra tany an-efitra ka nivavaka" (Lio 5:16). Fantany fa mila mitokana miaraka amin'ny Rainy Izy mba hahafahany manatanteraka ny asa fanompoany.

Ny tantaran'i Maria sy Marta dia maneho tsara io teboka io. Maria dia nametraka ho laharam-pahamehana ny fipetrahana teo an-tongotr'i Jesosy sy ny

fiahainoana azy mampianatra. Kanefa, Marta kosa variana tamin'ny asa maro samihafa tsy maintsy novitaina. Hoy i Jesosy tamin'ny Marta: "maro ahina sy maro herehina ianao – nefa zavatra iray loha no ilaina; fa Maria no efa nifidy ny anjara tsara, izay tsy halaina aminy" (Lio. 10:41-42). Voaelingelin'ny "fangejan'ny maika" i Marta. Fa i Maria kosa nametraka ny zavatra tsara indrindra ho laharam-pahamehana dia ny fiombonana amin'ny Tompo. Ny pasitera Pentekôtista tsirairay dia tsy maintsy mianatra manao tahaka izany.

Mety alaim-panahy ianao hiteny hoe: "Tsy afaka mamaky Baiboly sy mivavaka aho androany satria misy zavatra maika tsy maintsy ataoko". Kanefa, raha miteny izany ianao androany, hanao tahaka izany koa rahampitso, ary hitohy amin'izany koa ny andro manaraka, ho latsaka ao anatin'ny fomba fiaina sarotra hialana ianao. Kanefa, raha raisinao ho fotoana ifanaovana amin'Andriamanitra ny fanokanan-tenanao isan'andro, ary raha ho mahatoky amin'ny fanajana io fotoana ifanaovana amin'Andriamanitra io ianao dia hitombo ny hetahetanao ny fanatrehan'Andriamanitra. Hanomboka hanatona ny fotoanan'ny fanokanan-tena amim-pifaliana ianao.

*2. Fitantanana fotoana.* Ny olana faharoa tsy maintsy vahan'ny pasitera Pentekôtista amin'ny fananganana fahazarana manokan-tena matanjaka dia ny fitantanana fotoana. Ny fitantanana fotoana dia fandaminan'ny olona iray ny fandaharam-potoana isan'andro mba hananany antoka fa ny hetsika tsirairay hataony dia nanokanana ny fotoana tokony hahavita azy avy. Ny pasitera mahomby dia mahatakatra tsara fa ny fotoana dia fanomezana avy amin'Andriamanitra ary sty maintsy tantanana tsara. Ao anatin'ny fametrahanao ny fandaharam-potoananao isan'andro, tsy maintsy azonao antoka fa nahazo ny fotoana sahaza azy ny fanokanan-tena.[1]

Niresaka mikasika ny fandaharam-potoanan'ny fanokanan-tenany ny pasitera matotra anankiray. "Isa-maraina aho dia manokana fotoana hivavahana sy hianarana ny Baiboly" hoy izy. "Ampahafantariko ny olona tarihako io

---

[1]. Raha maniry handalina mikasika ny fitantanan'ny pasitera Pentekôtista ny fotoanany ianao dia jereo ny Toko 13: "Fiainana voatantana tsara".

fandaharam-potoanako io. Ary, raha misy olona miantso sy manao amiko hoe 'Te hihaona aminao aho' mandritra io fotoana io dia asaiko miandry mandrapahavitan'ny fanokanan-tenako izy. Raha efa izany, dia mivoaka mihaona aminy aho. Mazava ho azy fa misy ny hamehana tsy maintsy valiana. Kanefa, zavatra andrasana amiko ireny. Ny fitsipika nomeko ny tenako dia ny fanaovana ho laharam-pahamehana ny fandaniana fotoana miaraka amin'Andriamanitra".

*3. Fifehezan-tena.* Ny olana fahatelo ao anatin'ny fampivelarana fahazarana manokan-tena matanjaka dia ny fifehezan-tena. Inona no tombotsoa amin'ny fametrahan'ny pasitera Pentekôtista fandaharam-potoana raha tsy mahafehy ny tenany amin'ny fanarahana ny drafitra nataony izy? Noho izany tsy maintsy mifehy ny tenanao amin'ny fihazonana ny fandaharam-potoananao miaraka amin'Andriamanitra isan'andro ianao. Amin'ny maha pasitera, tsy hisy olona hiteny aminao hoe: "Fotoana fivavahana izao. Fotoana famakiana Baiboly izao." Noho izany, tsy maintsy mifehy ny tenanao ianao. Paoly dia nampianatra an'i Timoty fa ny mpitandrina dia tsy maintsy mahonon-tena (1 Tim. 3:2). Any amin'ny epistily hafa dia nambarany mazava fa ny fahononam-po na ny fifehezan-tena dia vokatrin'ny Fanahy Masina (Gal. 5:23).

**Fomba roa hanaovana ny fanokanan-tena**

Araka ny efa noresahantsika tato amin'ity toko ity, zavatra roa no tsy hita ao anatin'ny fahazarana manokan-tena dia ny vavaka sy ny fianarana ny Baiboly. Ndeha hojerentsika akaiky kokoa ny momba ireo fanao roa ireo:

*1. Fanokanan-tena amin'ny vavaka*. Ny pasitera Pentekôtista dia tokony hampiditra ny fanokanan-tena mivavaka ao anatin'ny fotoana fanokanan-tenany isan'andro. Ny vavaka fanokanan-tena dia tsy vavaka fangatahana na vavaka fifonana. Ao anatin'ny vavaka fangatahana, ny olona mitady an'Andriamanitra dia mangataka Azy hiahy ny fiainany. Ao anatin'ny vavaka fifonana kosa izy dia mangataka an'Andriamanitra hiahy ny zavatra ilain'ny hafa. Ao anatin'ny vavaka fanokanan-tena, ny olona mitady an'Andriamanitra dia manankina ny lalany amin'Andriamanitra, mikatsaka ny hanakaiky azy. Izao no vavaka fanokanan-tena nataon'i Davida tamin'Andriamanitra: "Ampahafantaro ny lalanao aho, Jehovah ô; ampianaro ny sitrakao aho" (Sal. 25:4).

Ireto avy no tafiditra ao anatin'ny vavaka fanokanan-tena: hira fiderana, fiankohofana ary fisaorana an'Andriamanitra. Indraindray koa ahitana fibebahana, tahaka ny nataon'i Davida: "Taminao dia taminao ihany no nanotako, ary izay ratsy eo imasonao no efa nataoko, mba ho marina Hianao...Diovy hysopa aho ho afa-pahotana, dia hadio; sasao aho, dia ho fotsy mangatsakatsaka" (Sal. 51:4, 7). Nampanantena Andriamanitra fa: "Raha miaiky ny fahotantsika isika, dia mahatoky sy marina Izy ka mamela ny fahotantsika sy manadio antsika ho afaka amin'ny tsi-fahamarinana rehetra" (1 Jaona 1: 9).

Mandritra ny fotoana fanokanan-tena, afaka mivavaka ho an'ny ankohonanao ianao mba hahatonga azy ireo ho salama ara-batana sy ara-panahy. Azonao atao koa ny mivavaka mba ny Fanahy Masina no hanafy hery sy hitarika ny asa rehetra ao anatin'ny fiangonanao, indrindra mba ho feno ny Fanahy Masina izay rehetra ao anatin'ny fiangonana. Mivavaha koa mba ho salama ny fiangonana ary mba hiseho ao aminy ny fanomezam-pahasoavana sy ny vokatrin'ny Fanahy.

*2. Fanokanan-tena amin'ny fianarana Baiboly.* Ny fotoana fanokanan-tena dia tokony hahitana fianarana Baiboly. Zava-dehibe nefa ny hahatakaranao ny maha samihafa ny fanokanan-tena sy ny fianarana Baiboly amin'ny fomba matihanina. Ny fianarana Baiboly amin'ny fomba matihanina dia ny fianarana ataon'ny pasitera ho fiomanana amin'ny asa fanompoana. Manatanteraka io karazana fianarana Baiboly io izy rehefa manomana toriteny na lesona ara-baiboly. Ho an'ny pasitera Pentekôtista, tena ilaina tokoa ny fianarana Baiboly amin'ny fomba matihanina. Kanefa, tsy io no karazana fianarana Baiboly tokony hataonao mandritra ny fotoanan'ny fanokanan-tenanao.

Manatanteraka fanokanan-tena amin'ny fianarana Baiboly ianao rehefa mamaky ny Baiboly ho fampitomboana ny ara-panahinao manokana. Tsy ny hanomana toriteny no tanjonao amin'izany fa ny hahazo ny Tenin'Andriamanitra sy hamela ny Tenin'Andriamanitra hamolavola ny fiainanao. Ny tanjon'ny fanokanan-tena amin'ny fianarana Baiboly dia ny hihaona amin'Andriamanitra ao amin'ny Teniny. Ny tanjona dia ny hahafantatra an'Andriamanitra bebe kokoa, hanakaiky an'i Kristy ary hanompo Azy amin'ny fomba tsara kokoa. Hoy i Joba raha niresaka mikasika ny fanokanan-tenany ho an'ny Soratra Masina: "Ny didin'ny molony tsy mba nialako; Ny tenin'ny vavany noraketiko mihoatra noho ny faniriako" (Joba 23:12).

Ny olona sasany dia nanolotra dingana efatra azo arahana ao anatin’ny fanokanan-tena amin’ny fianarana Baiboly. Ny voalohany dia ny famakiana miadana sy amim-pandinihana. Ny faharoa dia ny famakafakana ny andalana amin’ny alalan’ny fametrahana fanontaniana toy ny: “Inona no ambaran’Andriamanitra amiko amin’ny alalan’ity andalana ity? Ary koa “Ahoana no tsy maintsy hamaliako ny hafatr’Andriamanitra ato amin’ity andalana ity?”. Ny fahatelo dia vavaka: “Tompo, inona no tianao ataoko?” Ary ny dingana farany dia ny mankato izay nambaran’Andriamanitra tao amin’ny Teniny sy mampihatra ny fitsipika fototra hita tao.

## FANAZAVANA BEBE KOKOA MIKASIKA NY FAHAZARANA MANOKAN-TENA

Eto am-pamaranana, ndeha isika hijery fomba telo hahafahanao manatsara ny fanokanan-tenanao manokana sy manatanjaka ny fifandraisanao amin’Andriamanitra.

### Fampiasana ny vavaka nampianarin’ny Tompo

Indraindray ianao te hampiasa ny vavaka nampianarin’ny Tompo ho taridalana amin’ny fanokanan-tenanao. Ao amin’ny Matio 6:9-13 no ahitana io vavaka io. Nomen’i Jesosy ny Mpianany io ho modely, na ho taridalana ho an’ny vavaka mahomby. Tahaka izao no azonao ampiasana ity vavaka ity ho taridalana, ao anatin’ny vavaka ataonao manokana:

1. *Manomboha amin’ny fiderana*: “Rainay Izay any an-danitra, hohamasinina anie ny anaranao” (and. 9). Manokana fotoana fohy hihirana sy hiderana an’Andriamanitra. Derao Izy noho ny maha Izy Azy ary isaory izay rehetra nataony ho anao.
2. *Mivavaha mba ho tanteraka ny sitrapon’Andriamanitra*: “Ho tonga anie ny fanjakanao. Hatao anie ny sitraponao etỳ an-tany tahaka ny any an-danitra” (and. 10). Mivavaha mba ho tonga eo amin’ny fiainan’ny olona tsirairay avy ny Fanjakan’Andriamanitra. Mivavahana hahatonga azy ireo hateraka indray sy hanomboka hanara-dia an’i Kristy (Jaona 3:3-8). Mivavaha hahatonga azy ireo ho sitrana sy ho afaka amin’ny fatotra demoniaka (Mat. 12:28; Lioka 11:20). Mivavaha hahatonga azy ireo feno

ny Fanahy Masina (Marka 9:1; Asa 1:3-8). Ary mivavaha koa mba ho avy tsy ho ela i Jesosy (Lioka 22:18; Apok. 12:10; 22:20).

3. *Fangatahana amin'Andriamanitra*: "Omeo anay anio izay hanina sahaza ho anay" (and.11). Angataho Andriamanitra hiahy izay rehetra ilainao "araka ny hareny amin'ny voninahitra no amin'i Kristy Jesosy" (Fil. 4:19). Mivavaha ho an'ny zavatra ilain'ny hafa.
4. *Mangataha sy manomezà famelan-keloka*: "Ary mamelà ny helokay tahaka ny namelanay izay meloka taminay" (and. 12). Manetre tena eo anatrehan'Andriamanitra, mangataha famelan-keloka avy Aminy ary avelao koa ny helokin'ny hafa.
5. *Mangataha ny fitarihan'Andriamanitra sy ny fiarovany*: "Ary aza mitondra anay ho amin'ny fakam-panahy, fa manafaha anay amin'ny ratsy" (and. 13). Mangataha ny fitarihan'Andriamanitra ho amin'ny fiainanao sy ny asa fanompoanao ary ny Fiarovany amin'ny devoly sy ny hery demoniaka.

**Fivavahana tsy mitsahatra**

Ambonin'ny fihazonana fotoana fanokanan-tena isan'andro, ny pasitera Pentekôtista dia tsy maintsy mianatra "mivavaka tsy mitsahatra" (1 Tes. 5:17). Tsy midika akory izany fa tsy maintsy mijanona ao amin'ny toerana fivavahana mandritra ny tontolo andro. Midika izany fa tsy tokony hitsahatra hivavaka ianao. Tokony hianatra hiaina mandrakariva ao anatin'ny fiombonana amin'Andriamanitra ianao. Ao anatin'ny hetsika fanaonao mandritra ny tontolo andro, tokony ho eo am-bavanao hatrany ny vavaka (Sal. 34:1; Heb. 13:15). Hatanjaka kokoa ity fahazarana ity raha natombokao tamin'ny fotoana fanokanan-tena araka ny noresahantsika teo aloha ny tontolo andronao. Ny fivavahana tsy mitsahatra dia tena ilaina tokoa amin'ny fananana fiainana marihan'ny vokatrin'ny Fanahin'Andriamanitra (Gal. 5:25).

**Fanaovana Diary**

Farany, fahazarana tsara ho an'ny pasitera Pentekôtista ihany koa ny fitanana diarim-bavaka isan'andro. Ny diarim-bavaka dia kahie iraketan'ny pasitera izay rehetra azony tao anatin'ny fotoanan'ny fanokanan-tenany. Ao anatin'io diary io no hanoratanao ny fangatahana ataonao amin'Andriamanitra sy ny valin'izany.

Rehefa mandinika ny fahatokian'Andriamanitra amin'ny famaliana ny vavakao ianao dia hihamatanjaka ny finoanao.

Azonao soratana ao anatin'ny diarinao ihany koa ny Teny na ny famangiana manokana norasinao avy amin'ny Fanahy Masina. Azonao ampiasain ho taridalana hanampy anao hamantatra ny taridalan'Andriamanitra ho an'ny fiainanao sy ny asa fanompoanao ireny any aoriana. Fanampin'izay, azonao soratana ao ihany koa ny hevitra tsoahanao rehefa mamaky ny Baiboly ianao satria, any aoriana any, azonao havadika ho toriteny ho an'ny fiangonana izany. Jereo matetika ny diarinao ary angataho Andriamanitra hanoratra ao am-ponao ireo zavatra tiany hotsarovanao mandrakariva.

---

Amin'ny pasitera Pentekôtista, ny fahazarana manokan-tena isan'andro dia tsy safidy fa zavatra tena ilaina tokoa. Ny fahazarana tahaka izany dia hanome hery sy hampanan-karena ny fiainanao sy ny asa fanompoanao amin'ny fomba samihafa. Hanome azy ireo ny taridalana sy ny hery ara-panahy ilain'izy ireo amin'ny fanatanterahana ny antson'Andriamanitra eo amin'ny fiainany.

# ~ Fizarana 5 ~

# Ny fanompoana ampahibemason'ny pasitera Pentekôtista

# ~ Toko 16 ~

# Toriteny voahosotrin'ny Fanahy Masina

Nisy pasitera tsy Pentekôtista nisalasa ny amin’ny fisin’ny batisa amin’ny Fanahy Masina. Matetika izy no miresaka amin’ny lafiny ratsy ny fahatsapany momba ny batisa amin’ny Fanahy. Indray andro, raha namaky ny Asan’ny Apostoly 2 sy nandinika ny zavatra nitranga tamin’ny Andro Pentekosta izy dia nangataka ary nandray ny fahatsapana Pentekôtista. Nijoro vavolombelona izy taorian’izay hoe: “fotoana fohy taorian’ny nandraisako ny Fanahy Masina, ny toriteniko dia nitondra vokatra mihoatra lavitra noho ny nandritra ireo taona maro rehetra nitoriako teny teo aloha!”

Ara-tantara, ny nanamarika ny mpanao asa fanompoana Pentekôtista dia toriteny mahery vaika sy voahosotrin’ny Fanahy Masina. Hatramin’ny fanombohan’ny taojato faharoapolo; ny hetsika Pentekôtista dia namokatra tafika mpitoriteny voahosotrin’ny Fanahy Masina izay manambara amin-kafanam-po ny hafatrin’ny famonjena amin’ny firenena.

Ity toko ity dia hiresaka mikasika ny toriteny Pentekotista. Ny tena hifantohana amin’izany dia ny andraikitrin’ny Fanahy Masina amin’ny fanosorana

ny mpitoriteny. Hisy toromarika mikasika ny fanomanana sy fanolorana toriteny ihany koa ato anatiny.

## TORITENY PENTEKÔTISTA

Jesosy dia nandidy ny mpianany: "Mandehana any amin'izao tontolo izao ianareo, ka mitoria ny filazantsara amin'ny olombelona rehetra" (Marka 16:15). Ny toriteny dia fanambarana amim-pirehetam-po ny Tenin'Andriamanitra miaraka amin'ny fikasana handresy lahatra ny olona hanaraka an'i Kristy sy hanao ny Sitrapony. Lohahevitra tena nisongadina tao amin'ny Testamenta Vaovao tokoa izy ireo satria miverina hatrany amin'ny in-150 ny teny hoe mitory na manambara. Ny hitory hafatra voahosotrin'ny Fanahy amim-pahombiazana no andraikitra voalohany napetraka amin'ny pasitera Pentekôtista.

**Ny modelin'ny Bokin'ny Asan'ny Apostoly.**

Ny Pentekôtista dia mino fa ny toritenin'ny apostoly sy ireo olona hafa ao amin'ny bokin'ny Asan'ny Apostoly dia natao ho fakantahaka ho an'ny mpitoriteny amin'izao vaninandro izao. Ao amin'ny Asan'ny Apostoly, Lioka dia nandrakitra an-tsoratra ny ankamaroan'ireo toriteny notorian'ireo apostoly sy ireo mpitoriteny hafa (ohatra: Petera: Asa 2:14-40; 3:12-26; 10:28-47; Stefana: Asa 7:1-53; Paoly: Asa 13:16-41; 17:22-31). Ny toerana betsaka omen'i Lioka ireo toriteny ireo ao amin'ny Asan'ny Apostoly no maneho ny lanja nomeny azy ireo. Tiany ho fantatrin'ny mamaky Azy ny fomba fitorian'ny apostoly Teny mba hanaovan'izy ireo tahaka izany koa. Rehefa ireo toriteny ireo amim-pahamalinana dia maneho amintsika zavatra dimy manan-danja ao anatin'ny toriteny apostolika.

1. *Mifantoka amin'i Jesosy*. Ny momba an'i Kristy sy ny asany no ivon'ny hafatra notoriana ao amin'ny Asan'ny Apostoly. Ny mpitoritenin'ny Testamenta Vaovao dia tsy nitsahatra nanambara fa i Jesosy no fahatanterahan'ny faminaniana ao amin'ny Testamenta Taloha, ary Izy irery ihany no lalana mitondra mankamin'ny famonjena (Jereo ny Asa 2:22-24, 30-32; 3:13-20; 4:10-12; 5:30-31; 8:5; ary ireo andinin-tSoratra Masina hafa)
2. *Miorina amin'ny Soratra Masina*. Ny mpitoriteny ao amin'ny bokin'ny Asan'ny Apostoly dia tsy mitsahatra mampiasa ny Soratra Masina

hanohanana izay notorian'izy ireo (Jereo ny Asa 2:17-21; 3:22-23; 4:11, 25-26; sy ireo andinin-tSoratra Masina hafa).

3. *Voahosotrin'ny Fanahy Masina*. Feno ny Fanahy Masina ny mpitoriteny ao amin'ny Asan'ny Apostoly, noho izany voahosotrin'ny Fanahy Masina izy ireo (Jereo ny Asa 2:4, 14; 4:8; sy ireo andinin-tSoratra Masina hafa).
4. *Fanamafisana amin'ny fomba mihoatra ny voajanahary*. Ao amin'ny Asan'ny Apostoly, ny fanambarana ny filazantsara matetika dia narahan'ny famantarana sy fahagagana izay nanamarina ny hafatra (Jereo ny Asa 3:1-8; 8:4-7; 14:8-10; sy ireo andinin-tSoratra Masina hafa).
5. *Fiantsoana ho amin'ny fibebahana sy ny finoana*. Ara-dalàna tamin'ny mpitoriteny ao amin'ny bokin'ny Asan'ny Apostoly ny famaranana ny toritenin'izy ireo tamin'ny antso ho amin'ny finoana sy ny fibebahana (Jereo ny Asa 2:38; 3:19; 8:22; sy ireo andinin-tSoratra Masina hafa).

Ireo toetra ireo ihany koa no tokony ho ivon'ny toriteny Pentekôtista eto Afrika ankehitriny. Tsara raha ianaranao tsianjery ireo lisitra ireo ary ampiasainao ho fitaovana entina manombana ny asa fanompoana fitorianteny ataonao.

## NY HOSOTRIN'NY FANAHY MASINA

Ao amin'ny Testamenta Taloha, ny fomba nentina nametraka ny mpaminany, ny mpisorona ary ny mpanjaka tamin'ny andraikiny dia ny fanosorana azy ireo tamin'ny diloilo (jereo ny Eks. 28:41; 1 Sam. 9:16; 16:11-13; 1 Mpan. 1:34; 19:16). Io fanosorana io dia sady famantarana ny fiantsoana azy ireo no fanehoana ny fahefana nomen'Andriamanitra ho entiny manatanteraka ny andraikiny. Maneho ny fanatrehan'ny Fanahin'Andriamanitra izay manome azy ireo fahafahana hanao ny andraikiny ihany koa izany (Isa 61:1-2)

Araka ny voalaza teo aloha, iray amin'ny toetra nampiavaka ny toriteny ao amin'ny bokin'ny Asan'ny Apostoly ny hosotrin'ny Fanahy Masina tamin'ny mpitoriteny. Ndeha hojerentsika akaiky ny momba io hevitra io.

### Ny asa fanompoana voahosotra nataon'i Kristy

Ity fanambarana ity no nanombohan'i Jesosy ny asa fanompoany: "Ny Fanahin'i Jehovah no ato amiko, Satria nanosotra Ahy hitory teny soa" (Lioka

4:18). Araka izany, ny hosotrin'ny Fanahy Masina dia nofaritany ho Fanahy Masina monina ao Aminy. Nampiasainy izany teny izany hanoritsoritana ny asa mahery vaika nataon'ny Fanahy tao Aminy sy tamin'ny Alalany izay nampitao Azy tamin'ny fanatanterahana ny asa fanompoana Mesianika nataony.

**Ny Asa fanompoana voahosotra nataon'ny Apostoly**

Tahaka izany koa ny nitranga tamin'ireo mpianatra 120 tamin'ny Andro Pentekosta. Voalohany, tonga tamin'izy ireo ny Fanahy (Asa 2:3). Avy eo, nameno Azy ireo. Ary farany, nanomboka niteny tamin'ny alalan'izy ireo (and. 4, 14). Izany rehetra izany dia tonga mba hahatanteraka ny teny fampanantenana nataon'i Jesosy ao amin'ny Asan'ny Apostoly 1:8: "Fa hahazo hery ianareo amin'ny hilatsahan'ny Fanahy Masina aminareo, ary ho vavolombeloko...hatramin'ny faran'ny tany".

Noho izany, ny voahosotra dia feno sy notafiana ny herin'ny Fanahy Masina. Tahaka ny natahatongavan'ny Fanahy Masina tamin'ny Jesosy sy ny mpianatra voalohany, nanosotra ny asa fanompoan'izy ireo, ny Fanahy Masina dia ho tonga amin'ny mpianatra manolo-tena amin'izao vaninandro misy antsika izao ary hanosotra azy ireo ho amin'ny asa fanompoana.

**Fanoritsoritana ny hosotra**

Ny hosotra dia asa mahery vaika ataon'ny Fanahy Masina ao amin'ny olona sy amin'ny alalan'ny olona izay nanolotra feno ny tenany ho an'Andriamanitra. Ny hosotra ihany koa dia fisehoan'ny fanatrehan'Andriamanitra izay mitoetra amin'ny mpianatra feno ny Fanahy Masina ka mampitao azy amin'ny fanaovana asa fanompoana miaraka amin'ny hery lehibe sy ny fahombiazana.

Ao amin'ny bokin'ny Asan'ny Apostoly, ny teny hoe *feno amin'ny* sy *feno ny* Fanahy Masina matetika dia ampiasaina hanoritsoritana ny hosotrin'ny Fanahy. Ny teny hoe feno amin'ny Fanahy Masina dia miresaka mikasika ny fahatongavan'ny Fanahy Masina, ny famenoany ary ny fanosorany olona iray hihetsika sy hiteny amin'ny hery sy ny fahefana (Asa 4:8, 31; 13:9-12). Ny teny hoe feno ny Fanahy Masina kosa indray dia manondro ny fitoeran'ny olona iray ao anatin'ny hosotrin'ny Fanahy Masina (Asa 6:3, 5; 7:55). Mety ho ilay "hosotra mitoetra" noresahan'i Jaona io (1 Jaona 2:27). Mitoetra amintsika ny

hosotr'Andriamanitra raha mbola mitoetra ao amin'i Kristy isika (Jaona 15:4-7). Io hosotra io dia tsy maintsy laharam-pahamehana eo amin'ny fiainan'ny pasitera Pentekôtista tsirairay.

**Toriteny voahosotra**

Ny toriteny voahosotrin'ny Fanahy Masina dia tsy tokony hafangaro amin'ny fahaizana mandika teny voajanahary ananan'ny olona na ny fahaizana manao izay hampihetsi-po ny vahoaka. Tsy tokony hafangaro ihany koa amin'ny fanolorana toriteny amin'ny fomba mientanentana. Na dia mety ahitana ireo toetra ireo aza ny toriteny voahosotrin'ny Fanahy, azo alazaina fa mihoatra lavitra noho izany izy. Ny toriteny voahosotrin'ny Fanahy Masina dia toriteny milona ao amin'ny Fanahy Masina. Io ilay karazana toriteny notorian'i Jesosy sy ny apostoly.

Tamin'ny alalan'ny tantaran'i Apolosy no nanehoan'i Lioka io fahamarinana io. Nazavainy fa "Apolosy dia...lehilahy nahay nandaha-teny sady nahery tamin'ny Soratra Masina...efa nampianarina ny lalan'ny Tompo; ary nafana fo izy, dia niteny sy nampianatra marimarina ny amin'i Jesosy" (Asa 18:24-25). Araka izany, mpitoriteny tena nahay nandaha-teny sy nahira-tsaina i Apolosy. Kanefa "ny batisan'i Jaona" ihany no fantany (and. 25). Tsy nanana traikefa Pentekôtista izy. Kanefa, taorian'ny nampianaran'i Prisila sy Akoila azy marimarina kokoa ny amin'ny lalan'Andriamanitra dia hita fa feno ny Fanahy Masina izy. Lasa nankany Akaia izy ary "nampahatanjaka tsara izay efa nino noho ny fahasoavana" (and. 27).

Hoy i Jesosy raha niresaka mikasika sy toriteny sy ny fampianarany izay voahosotrin'ny Fanahy Masina: "ny teny izay nolazaiko taminareo dia fanahy sy fiainana" (Jaona 6:63). Tahaka izao kosa no nanoritsoritan'ny Baiboly ny toritenin'ny apostoly: "Ary tamin'ny hery be no nanambaran'ny Apostoly ny nitsanganan'i Jesosy Tompo; ary fahasoavana be no tao amin'izy rehetra" (Asa 4:33). Ny fehezanteny hoe "ary fahasoavana be no tao amin'izy rehetra" dia manoristoritra ny hosotrin'ny Fanahy Masina. Ao amin'ny Asan'ny Apostoly, ny hosotrin'ny Fanahy Masina amin'ny mpitoriteny dia misy fiatraikany lalina amin'ny olona mihaino (Asa 2:4, 14 miaraka amin'ny 1 Kor. 2:4; Asa 2:37 amin'ny 1 Kor. 2:5).

Ao amin'ny epistiliny, Paoly dia niresaka mikasika ny toriteniny izay feno ny hosotrin'ny Fanahy Masina. Nampahatsiaro ny mpino Korintiana ny nitoriany ny filazantsara voalohany tamin'izy ireo izy: "ary ny teniko sy ny toriteniko" hoy izy dia "tsy tamin'ny teny fahendrena mahataona, fa tamin'ny fanehoan'ny Fanahy sy ny hery" (1 Kor 2:4-5). Nanoritsoritra ny asa fanompoany tamin'ny mpino Romana ihany koa izy: "dia tamin'ny herin'ny famantarana sy ny fahagagana, ary tamin'ny herin'ny Fanahy Masina...no nahatanterahako ny fitoriako ny filazantsaran'i Kristy" (Rom. 15:19). Nampahatsiahiviny ny mpino tany Tesalonika ihany koa hoe "ny filazantsaranay tsy tonga teo aminareo tamin'ny teny ihany, fa tamin'ny hery koa sy ny Fanahy Masina ary ny fahatokiana be" (1 Tes. 1:5).

Amin'izao androntsika izao, ny Fanahy Masina dia vonona hanosotra ny toritenintsika, tahaka ny nanosorany an'i Jesosy sy ny apostoly tamin'ny taonjato voalohany. Kanefa, inona no loharanon'ny fanosorana ary ahoana no hahafahana mahazo izany?

## NY LOHARANON'NY HOSOTRA

Mba hahafahana mitory ny teny miaraka amin'ny hosotrin'ny Fanahy, tsy maintsy azon'ny pasitera Pentekôtista mazava tsara aloha ny loharanon'izany. Ny loharanon'ny hosotra dia fahafenoana sy ny fanafiana hery avy amin'ny fanatrehan'ny Fanahy Masina. Ny Fanahy Masina *ao anaty* sy *eo* amin'ny mpitoriteny (Jaona 14:17; Asa 1:8). Io herin'ny Fanahy Masina io dia raisina amin'ny fotoanan'ny batisa amin'ny Fanahy Masina (Asa 2:4). Mitoetra ny hosotra rehefa mandeha "araka ny Fanahy" ny olona (Gal. 5:25). Hitantsika teo amin'ny asa fanompoan'i Jesosy sy ny apostoly ny fahamarinan'izany.

### Ny loharanon'ny hosotr'i Jesosy

Nanamafy i Jesosy fa ny loharanon'ny hosotra tao Aminy dia ny Fanahin'ny Tompo (Lioka 4:18). Na dia tena Zanak'Andriamanitra tonga nofo aza Izy dia nisafidy ny hanafoana ny hery sy ny tombontsoa maha Andriamanitra Azy ary nanatanteraka ny asa fanompoany tao anatin'ny herin'ny Fanahy (Fil. 2:5-8). Noho izany, ny asa fanompoana voahosotrin'ny Fanahy nataon'i Jesosy dia fakantahaka ho an'izay rehetra hanaraka Azy.

Tsy nanomboka ny asa fanompoana i Jesosy raha tsy voahosotrin'ny Fanahy Masina. Tamin'ny fotoana nanaovana batisa Azy tamin'ny rano no tonga tamin'i Jesosy ny Fanahy Masina. Hoy ny Baiboly: "Jesosy koa efa natao batisa sy nivavaka, dia nisokatra ny lanitra; ary ny Fanahy Masina nidina teo amboniny, ka ny endriny dia tahaka ny voromailala" (Lioka 3:21-22). Taorian'izay, "nanomboka ny asa fanompoany Izy" (and. 23). Nanomboka nihetsika sy nanao asa fanompoana tamin'ny herin'ny Fanahy Izy (Lioka 4:1, 14). Izy tenany mihitsy no nanambara hoe: "Ny Fanahin'i Jehovah no ato amiko, Satria nanosotra Ahy hitory teny soa mahafaly" (Lioka 4:18). Taty aoriana, rehefa nahare an'i Jesosy niteny ny olona dia "talanjona noho ny tenin'ny fahasoavana naloaky ny vavany" (and. 22). Ny nahatalanjona azy ireo "satria nisy fahefana ny teniny" (and. 32; jereo koa ny Matio: 7:28-29).

**Ny loharanon'ny hosotrin'ny apostoly**

Ny Fanahy Masina dia tsy loharanon'ny hosotra tao amin'ny asa fanompoan'i Jesosy fotsiny. Izy ihany koa no loharanon'ny hosotra tao amin'ny asa fanompoan'ny Apostoly. Tahaka an'i Jesosy, ny apostoly dia natao batisa tamin'ny Fanahy Masina. Noho izany, nanomboka nitoriteny niaraka tamin'ny hery izy ireo.

Petera no ohatra tsara indrindra amin'io herin'ny Fanahy io. Talohan'ny Pentekosta, natahotra izy hiaiky teo anatrehan'ny mpanompovavy kely anankiray ny maha mpanara-dia an'i Jesosy izy (Mat. 26:69-72); kanefa, raha vao feno ny Fanahy Masina izy dia nitoriteny tamin'ny herin'ny Fanahy ary ny Teniny dia tafalatsaka lalina tany am-pon'ny mpihaino (Asa 2:37). Vokany, telo arivo ny olona nanatona an'i Kristy. Niverina imbetsaka tao amin'ny Asan'ny Apostoly io tranga io (4:8, 31-33).

Io hosotra tamin'i Jesosy sy ny apostoly izay nanome azy ireo fahafahana nitoriteny tamin-kery io dia azontsika ankehitriny raisina ihany koa.

## MIAINA AMIN'NY HOSOTRA

Mipetraka ny fanontaniana: "Ahoana no hahafahan'ny olona iray miaina ny tena hosotrin'ny Fanahy Masina marina amin'izao vaninandro izao? Ahoana no

fomba handraisana ny hosotra? Ahoana no fisehon'ny hosotra ao anatin'ny asa fanompoana? Ahoana no hihazonana izany?"

**Fandraisana ny hosotra**

Amin'izao vaninandro izao, ny fandraisana ny hosotra dia mitovy amin'ny fomba nandraisan'i Jesosy sy ny mpianatra voalohany izany ihany. Araka ny nazavaina teo aloha, nandray ny Fanahy Masina i Jesosy tamin'ny fotoana nanaovana batisa Azy. Taorian'izay dia nanomboka nanao asa fanompoana niaraka tamin'ny herin'ny Fanahy Masina Izy. Tahaka izany koa ny mpianatra, nandray ny Fanahy Masina tahaka an'i Jesosy izy ireo tamin'ny Pentekosta, ary taorian'izay dia nanomboka nanao asa fanompoana tamin-kery ihany koa.

Jesosy dia nanome toromarika mazava mikasika ny fomba hahafahan'ny olona iray manday ny Fanahy. Hoy izy tamin'ny Mpianany: "tsy mainka va ny Ray, Izay any an-danitra, no hanome ny Fanahy Masina ho an'izay mangataka aminy?" (Lioka 11:13). Izao no nanazavany azy: "Mangataha, dia homena ianareo; mitadiava, dia hahita ianareo; dondony, dia hovohana ianareo. Fa izay rehetra mangataka no mahazo; ary izay mitady no mahita; ary izay mandondòna no hovohana" (and. 9-10). Noho izany, ny Fanahy Masina dia angatahana amin'ny finoana (and 9), raisina amin'ny finoana (and. 10 sy Marka 11:24), ary tenenina amin'ny finoana (Asa 2:4)[1].

**Fisehon'ny hosotra**

Ny hosotra raisina amin'ny batisa amin'ny fanahy Masina dia miseho ao anatin'ny asa fanompoana amin'ny alalan'ny fiasan'ny fanomezam-pahasoavana. Ny toriteny feno ny hosotrin'ny Fanahy Masina marina dia fanehoana ny fanomezam-pahasoavana maminany. Ny toriteny avy amin'ny fitarihana sy ny tsindrimandrin'ny Fanahy ary voahosotrin'ny Fanahy Masina dia ahitana fisehoan'ny fanomezam-pahasoavana fanambarana toy ny teny fahalalana sy teny fahendrena. Fanampin'izany, ny toriteny voahosotrin'ny Fanahy Masina matetika

---

[1] Raha te hahafantatra bebe kokoa mikasika ny fandraisana ny Fanahy Masina ianao dia jereo ny toko 20 "Fitarihana ny mpino amin'ny Batisa amin'ny Fanahy Masina".

dia miaraka amin'ny fampisehoana ny fanomezam-pahasoavana hery, tahaka izay niainan'i Paoly tany Lystra (Asa 14:8-10). [2]

Afaka mandray hosotra amin'ny alalan'ny fangatahana sy famaliana amin'ny finoana ny fanatrehan'ny Fanahy Masina ianao. Rehefa manatona ny polipitra ianao dia tokony hivavaka hoe: "Fanahy Masina ô:! Avia ary hosory aho hanao fanompoana amin'ny Teny". Avy eo, tsy maintsy mihetsika amin'ny finoana ianao ary matoky fa henon'Andriamanitra ny vavakao. Raha vao tsapanao ny fanatrehan'ny Fanahy dia valio amin'ny finoana, ekeo ny fitarihany ary matokia fa Izy no hampiasa sy hanafy hery ny toriteninao.

**Fihazonana ny hosotra**

Ny hosotra dia hazonina amin'ny alalan'ny fiainana sy fandehanana ao amin'ny Fanahy (Gal. 5:25). Ny fandehanana ao anatin'ny fahafenoan'ny Fanahy dia fiainana manaiky an'Andriamanitra sy ny Irany. Ny vavaka ao amin'ny Fanahy ihany koa dia fanalahidy amin'ny fihazonana ny hosotra (Rom. 8:26-27; 1 Tes. 5:17).

## FANOMANANA SY FANOLORANA VOAHOSOTRIN'NY FANAHY

Ny pasitera Pentekôtista te ho tonga mpitoriteny mahomby sy voahosotrin'ny Fanahy dia mila manazatra ny tenany amin'ny fanomanana sy ny fanolorana toriteny. Tsy maintsy azony antoka fa ny Fanahy Masina dia manatrika, manosotra ary mitarika ny hetsika tsirairay ataony.

**Fanomanana toriteny**

Ny fandinihana akaiky ny toriteny ao amin'ny Asan'ny Apostoly dia manambara fahamarinana manan-danja roa: ny hafatrin'ny Apostoly dia feno Soratra Masina, sady voahosotrin'ny Fanahy Masina. Ny mpitoriteny ao amin'ny Asan'ny Apostoly dia naneho fahaizana Soratra Masina. Matetika izy ireo no mitanisa Soratra Masina samihafa ao anatin'ny hafany. Ohatra, ny toritenin'i

---

[2] Jereo ao amin'ny Fanampiny 2: Ny fisehoan'ny fanomezam-pahasoavana araka ny 1 Korintiana 12: 8-10

Petera tamin'ny Pentekosta dia ahitana andinin-tSoratra Masina efatra avy ao amin'ny Testamenta Taloha (jereo ny Asa 2:16-21, 25-28, 31, 34-35). Tahaka izany koa, ny hafatr'i Stefana teo anatrehan'ny Synedriona dia ahitana andinin-tSoratra Masina valo avy ao amin'ny Testamenta Taloha (jereo ny Asa 7:3, 6-7, 28, 32-35, 37, 40, 42-43, 49). Ny toriteny hafa ao amin'ny Asan'ny Apostoly dia manaraka io modely io ihany koa. Ireo mpitoriteny voalohany ireo dia nahazo tsara ny Soratra Masina, ary tamin'izany fahatakarana izany no nanorenan'izy ireo ny hafany. Ny Pasitera Pentekôtista eto Afrika amin'izao fotoana izao dia tsy maintsy manao tahaka izany koa. Tahaka ireo apostoly teo alohantsika, tsy maintsy manorina mafy ny toritenintsika ao amin'ny Soratra Masina isika. Mba hahafahana manao izany, tsy maintsy manokana ny tenantsika ho amin'ny fianarana amim-pahamatorana ny Baiboly isika. Isan-kerinandro isika dia tsy maintsy manokana fotoana betsaka hianarana ny Baiboly sy hanomanana toriteny. Ao anatin'ny fanomanana ataontsika, tsy maintsy mangataka ny Fanahy Masina hanosotra sy hanolo-tsaina antsika isika, izany hoe mangataka Azy hanampy antsika ao anatin'ny fanomanana.

Fanampin'izany, ny mpitoriteny tao amin'ny Asan'ny Apostoly dia nivavaka mba ho feno sy ho voahosotrin'ny Fanahy Masina. Ny bokin'ny Asan'ny Apostoly dia mampifandray mandrakariva ny firotsahan'ny Fanahy Masina amin'ny vavaka. Ohatra, nivavaka ny mpianatra talohan'ny nirotsahan'ny Fanahy Masina tamin'ny Pentekosta (Asa 1:14; 2:1-4); nivavaka ihany koa ny mpino tao Jerosalema talohan'ny nirotsahan'ny Fanahy Masina fanindroany tao an-tanana (Asa 4:23-31); ary samy nivavaka i Paoly sy Ananiasy talohan'ny nandraisan'i Paoly ny fahafenoan'ny Fanahy (Asa 9:5, 10-15). Mbola maro ny ohatra azo tanisaina.

Isika Pasitera Pentekôtista maniry ny hanosoran'ny Fanahy Masina ny toritenintsika dia tsy maintsy manokana ny tenantsika amin'ny vavaka. Ny fanokanan-tena tahaka izany no manome antoka antsika fa hanosotra antsika ny Fanahy Masina na amin'ny fanomanana na amin'ny fanolorana ny toritenintsika.

## Fanolorana Toriteny

Ny tanjona ao anatin'ny fanolorana toriteny dia tsy ny hanao izay hahalanjona ny mpihaino fa ny hanampy azy ireo hahatakatra ny hafatra. Ny zavatra rehetra ambara sy atao dia tokony hikendry ny hitarika ny olona amin'ny fihaonana

amin'Andriamanitra. Ireo fomba amam-pihetsika rehetra mandray anjara amin'io tanjona io dia tokony hokolokoloina. Izay rehetra mampiala amin'ny tanjona kosa dia tokony ho lavina.

Noho izany, amin'ny maha pasitera Pentekôtista, tokony ho marina tsara sy voajanahary ny fihetsika asehontsika. Tokony hosorohantsika ny teny tsy mazava tsara, ny kiakiaka, ny fivezivezena tsy misy tanjona, ary ny fanipanipazana sandry. Tsy tokony ho fihetsika voamana mialoha no asehontsika. Tokony ho voajanahary sy hikoriana avy amin'ny asan'ny Fanahy Masina ao anatin'ny hafatra ny zavatra rehetra ataontsika. Raha mandray anjara mavitrika ara-tsaina sy ara-pihetseham-po ao anatin'ny hafatra isika dia ho voajanahary fa tsy tefitefena ny fihetsika asehontsika.

Tena zava-dehibe ny antso eny amin'ny alitara. Mandritra ity dingana tena manan-danja ao anatin'ny toriteny ity dia tokoy hotarihan'ny Fanahy Masina ny mpitoriteny. Ny antso eny amin'ny alitara dia tsy fotoana fampidirana hevitra vaovao ao anatin'ny hafatra. Tsy maintsy mifantoka tsara ny mpitoriteny ary tsy miala amin'ny lalana nizorana hatramin'ny voalohany. Ho fanampin'izany, tsy maintsy manome toromarika mazava ny amin'izay tiany hataon'ny olona ihany koa izy.

---

Ny mampiavaka antsika Pasitera Pentekôtista amin'ny mpitoriteny hafa rehetra dia ny fanomezantsika lanja sy ny fikatsahantsika ny hosotrin'ny Fanahy Masina ho amin'ny toritenintsika. Ny fanaovantsika izany dia fanarahana ny ohatra nasehon'i Jesosy sy ireo mpitoriteny ao amin'ny Testamenta Vaovao. Tokony hivavaka mandrakariva isika hoe: "Tompo, feno sy hosory ho amin'ny asa fanompoana aho".

# ~ Toko 17 ~

# Fampianarana mahomby

Ringana ny oloko noho ny tsi-fisian'ny fahalalana.” (Hos. 4:6). Ireo teny avy amin’Andriamanitra ireo dia nampitondrainy an’i Hosea mpaminany ho an’ny mpisorona Isiraelita. Nanjary nino lainga ny vahoakan’Andriamanitra satria ireo mpitarika ara-panahy ireo dia tsy nahomby tamin’ny fampianarana ny fahamarinana Vokany, nirenireny tao anaty fahotana lalina izy ireo. Tahaka izao no nanoritsoritan’ny mpaminany ny toerana nampalahelo nisy azy ireo: “tsy misy fahamarinana, na fitiavana, na fahalalana an'Andriamanitra eo amin'ny tany. Fa fianianana sy lainga sy vonoana sy halatra sy fijangajangana kosa” (and. 1-2)

Mampalahelo fa betsaka ny kristiana Pentekôtista manerana an’i Afrika no ao anatin’ny toe-javatra tahaka izany. Tsy ampy ny fahatakaran’izy ireo ny Tenin’Andriamanitra. Noho izany, tsy mitombo ara-panahy izy ireo. Vokany, mora amin’ny mampianatra sandoka ny mambabo azy. Amin’ny maha pasitera Pentekôtista mahatoky, tsy maintsy ataonao azo antoka tsara fa tsy hitranga ao anatin’ny fiangonana tandremanao ny toe-javatra tahaka izany.

## NY ANDRAIKITRIN’NY PASITERA

Manana andraikitra mahatalanjona ny pasitera tsirairay dia ny famahanana ny ondrin’Andriamanitra. Tamin’ny fihaonan’i Paoly farany tamin’ny loholon’ny

fiangonana tany Efesosy dia nampahery azy ireo izy hoe "Tandremo ny tenanareo sy ny ondry rehetra izay nanaovan'ny Fanahy Masina anareo ho mpitandrina" (Asa 20:28). Raha efa izany, nanome andraikitra ireo loholona ireo izy hoe: "hiandrasanareo [hamahananareo] ny fiangonan'Andriamanitra, izay novidiny tamin'ny ràny". Fantatr'i Paoly tsara fa amin'ny alalan'ny fampianarana Tenin'Andriamanitra ny vahoakan'Andriamanitra no hahafahan'ny loholona Efesiana manampy azy ireo hatanjaka ara-panahy. Izany no hanomana azy ireo hanohitra ny "amboadia masiaka" izay hiditra tsy ho ela ao anatin'ny fiangonana, hitory teny tsy marina ary hitaona ny mpianatra hanalavitra an'i Kristy (and. 29-30).

Noho izany, ny fampianarana no ivon'ny maha pasitera Pentekôtista. Paoly dia nanoratra mikasika ireo asa fanompoana dimy nomen'i Kristy ny fiangonana: Ary Izy no nanome ny sasany ho Apostoly, ary ny sasany ho mpaminany, ary ny sasany ho evanjelista, ary ny sasany ho mpiandry sy mpampianatra ho fanatanterahana ny olona masina, ho amin'ny asan'ny fanompoana amin'ny fiangonana, ho amin'ny fampandrosoana ny tenan'i Kristy" (Efe. 4:11-12).

Mariho tsara ny fomba nanambaran'ny apostoly Paoly ireo asa fanompoana roa farany ho iray. Raha tokony hiteny izy hoe: "ny sasany ho mpiandry ary ny sasany ho mpampianatra" dia hoy izy: "ny sasany ho mpiandry sy mpampianatra". Noho io antony io, ny mpandinika ny Baiboly sasany dia miantso io fanomezam-pahasoavana io hoe "mpiandry-mpampianatra". Ny dikan'izany dia izao: ny lehilahy na vehivavy pasitera dia tsy maintsy afaka mampianatra. Izay nantsoin'Andriamanitra ho pasitera dia nomeny fanomezam-pahasoavana mampianatra.

Mba hahafahanao mikarakara tsara ny ondry, tsy maintsy hainao ny mamahana amim-pahombiazana ny vahoakan'Andriamanitra, mamoky azy ireo amin'ny Tenin'Andriamanitra. Ny Baiboly dia mampitaha ny Tenin'Andriamanitra amin'ny sakafo ara-pahasalamana (Mat. 4:4), ronono (1 Pet. 2:2) ary vetin-kanina (Heb. 5:12-14). Ny pasitera tsy mahomby amin'ny famahanana ny vahoakany amin'ny Tenin'Andriamanitra dia mpiandry ondry tsy mahatoky ary hotanan'Andriamanitra ho tompon'andraikitra amin'izany tsy fahombiazany izany (Jak. 3:1; Eze.34:1-6).

Kanefa, raha ho mahatoky amin'ny fampianarana ny vahoakan'Andriamanitra ianao dia homen'Andriamanitra voninahitra (Mat. 24:45-47). Fa ny tena zava-dehibe dia hatanjaka ny vahoakan'Andriamanitra. "mba tsy ho zaza intsony isika, ka ahilangilana sy ampitambolimbolenin'ny rivotry ny fampianarana samy hafa rehetra amin'ny saim-petsy ataon'ny olona sy ny fihendreny hahatanteraka ny hevitry ny famitahana; fa mba hanaraka ny marina amin'ny fitiavana ka hitombo amin'ny ny zavatra rehetra ho amin'izay Loha, dia Kristy" (Efe. 4:14-15).

## Fanaovana mpianatra

Nandidy ny Fiangonany i Jesosy: "koa mandehana ianareo, dia ataovy mpianatra ny firenena" (Mat. 28:19). Nanambara i Jesosy fa izay nataony tamin'izy ireo dia tokony hataony amin'ny hafa. Niara-nandeha tamin'ny Mpianany i Jesosy, nampianatra azy ireo ny fahamarinana ary naneho azy ireo ny tokony ho fomba fiaina. Amin'ny maha pasitera Pentekôtista, tsy maintsy manao tahaka izany amin'ny mpikambana ao anatin'ny fiangonana isika. Tsy ampy ny mitaona ny olona hiova fo, tsy maintsy manao mpianatra. Ny mpianatra dia mpanara-dia an'i Kristy feno fanokanan-tena. Ilay mipetraka eo an-tongotr'i Jesosy ary mianatra Aminy. Tsy natao hiantso ny olona hanaraka an'i Kristy fotsiny ihany isika fa tsy maintsy "mampianatra azy hitandrina" ny Didiny rehetra (and. 20).

## Toriteny sy Fampianarana

Maro ny pasitera Pentekôtista eto Afrika no mahita ny tenany tahaka ny mpitoriteny, fa tsy mahita ny tenany tahaka ny mpampianatra. Amin'ny maha pasitera nefa, Andriamanitra dia niantso anao hanatanteraka azy roa ireo. Tsy maintsy sady mpitoriteny mahay ianao no mpampianatra mahomby. Mba hahafahanao mahazo ny andraikitrao amin'ny maha mpampianatra ny vahoakan'Andriamanitra dia fantatrao aloha ny maha samy hafa ny toriteny sy ny fampianarana.

Ny Baiboly dia maneho mazava tsara fa tsy mitovy ireo asa roa ireo. Ohatra, ny Baiboly dia milaza fa Jesosy dia "nandeha eran'i Galilia ka *nampianatra* tao amin'ny synagogan'ny olona teo sy *nitory ny filazantsara*n'ny fanjakana ary nahasitrana ny aretina rehetra mbamin'ny rofy rehetra tamin'ny olona" (Mat. 4:23).

Voalaza ihany koa fa i Paoly sy Barnabasy dia “nitoetra tany Antiokia; dia *nampianatra* sy *nitory* ny tenin'ny Tompo” (Asa 15:35). Paoly dia nampahery an’i Timoty, mpitandrina ny fiangonana tany Efesosy hoe: “Mandra-pihaviko tandremo ny famakian-teny, *ny fananarana* [toriteny], *ny fampianarana* ” (1 Tim. 4:13). Inona ary izany no maha samy hafa ny toriteny sy ny fampianarana?

Ny tena fon’ny toriteny dia fanambarana ampahibemaso ny filazantsara miaraka amin’ny fanapahan-kevitra hiantso ny olona hino an’i Kristy. Ny fampianarana kosa dia fanazavana amin’ny olona ny dikan’ny miaina ho an’i Kristy. Ny toriteny dia filazana; ny fampianarana dia fanomezana toromarika. Ny toriteny dia fanaovana fanambarana; ny fampianarana kosa fanaovana mpianatra. Ny mpitoriteny dia miantso ireo izay mirenireny hino an’i Kristy; ny mpampianatra kosa manazava amin’izy ireo ny lalan’ny Tompo. Ny tanjon’ny mpampianatra dia ny haneho amin’ny vahoakan’Andriamanitra ny fomba fanompoana an’Andriamanitra araka ny tokony ho izy. Amin’ny maha pasitera-mpampianatra, tsy maintsy azavainao amim-pahamalinana amin’ny vahoakan’Andriamanitra ny Soratra Masina. Tsy maintsy manome fahalalana sy tsara ho fantatra maro mikasika ny fomba hampiharany ny tenin’Andriamanitra noresiny ianao.

**Fanarahana ny ohatr’i Jesosy**

Amin’ny maha pasitera Pentekôtista, tsy maintsy miezaka manaraka ny ohatra nasehon’i Jesosy, ilay lehibe indrindra amin’ny mpampianatra rehetra niaina teto ambonin’ny tany ianao. Imbetsaka izy no niantso ny tenany hoe “Mpampianatra” (Mat. 26:18; Jaona 13:13-14). Ny olona hafa ihany koa dia niantso azy hoe “Mpampianatra” (ohatra: Mat. 8:19; 12:38; Lioka 10:25; Jaona 11:28). Matetika ny filazantsara no miresaka momba ny asa fanompoana fampianarana nataon’i Jesosy (ohatra Marka 1:21-22; Lioka 4:31-32). Andalan-tSoratra Masina lava dia lava no voatokana ho an’ny Fampianarany. Tafiditra ao anatin’izany ny Toriteny teo an-tendrombohitra (Mat. 5-7), ny lahateny teo an-tendrombohitra Oliva (Mat. 24-25), ary ny lahateny tao amin’ny efitra ambony (Jaona 14-16). Raha noraisin’i Jesosy ho zavatra matotra ny asa fanoampoana fampianarana, tsy maintsy manao izany koa isika amin’izao vavinandro izao.

Betsaka no azo resahana mikasika ny nanatanterahan'i Jesosy ny asa fanompoana fampianarana. Maro ihany koa ireo boky miresaka mikasika ny fomba fampianarany. Telo amin'ireo ihany no horesahantsika eto:

*1. Nampianatra niaraka tamin'ny fahefana Izy*. Izao no ambaran'ny Baiboly mikasika an'i Jesosy: "Dia talanjona ny olona tamin'ny fampianarany, satria nampianatra azy tahaka izay manana fahefana Izy, fa tsy mba tahaka ny mpanora-dalàna" (Marka 1:22). Nampianatra niaraka tamin'ny fahefana i Jesosy satria Andriamanitra no naniraka Azy ary izay teny nomen'Andriamanitra Azy no nambarany. Hoy izy: "ary tsy manao na inona na inona ho Ahy Aho, fa araka ny nampianarin'ny Raiko Ahy no ilazako izany zavatra izany" (Jaona 8:28). Raha tianao ny hampianatra miaraka amin'ny fahefana, tahaka an'i Jesosy, tsy maintsy mahatoky amin'ny fampianarana ny tenin'Andriamanitra ianao.

*2. Nampianatra niaraka tamin'ny fitiavana Izy*. Jesosy dia nanana fitiavana lalina ny olona nampianariny. Ny fampianarany dia niboiboika avy amin'ny fitiavany ny olony. Indray mandeha i Jesosy nihaona tamin'ny vahoaka reraka sady noana. Rehefa nahita azy ireo Izy dia: "onena azy, fa tahaka ny ondry tsy manana mpiandry ireo". Ary noho izany: "nampianatra azy zavatra maro Izy" (Marka 6:34). Nomeny sakafo izy rehetra ireo (and. 35-44). Kanefa, talohan'izany, nanao asa fanompoana tamin'ny zavatra lehibe indrindra nilain'izy ireo Izy ary namahana azy ny Tenin'Andriamanitra.

Indray mandeha koa, nidinika manokana tamin'ny Mpianany tao amin'ny efitra ambony i Jesosy. Hoy ny Baiboly: "satria fantatr'i Jesosy fa tonga ny fotoana hialany amin'izao tontolo izao ho any amin'ny Ray, ary efa tia ny Azy izay amin'izao tontolo izao Izy, dia tia azy hatramin'ny farany" (Jaona 13:1). Ary noho ny halalin'ny fitiavany azy ireo, sy an'izay rehetra hotarihany ao aoriana, Jesosy dia nampianatra azy ireo lesona manan-danja momba ny fitarihana manompo (and. 2-17).

Tamin'ireo tranga roa noresahantsika ireo dia ny fitiavana ny vahoaka no nanosika Azy hampianatra. Tahaka izany koa, ny pasitera Pentekôtista dia tsy maintsy tia ny olona rehetra nomena azy mba hotarihany. Ary io fitiavana io dia tsy maintsy manetsika anao hampianatra azy ireo amim-pahatokiana ny tenin'Andriamanitra. Raha tsy misy io fitiavana ny vahoaka io, ny teny ambaranao

dia ho tonga tahaka ny “varahina maneno sy kipantsona mikarantsana”fotsiny ihany (1 Kor. 13:1).

*3. Nampianatra tao anatin’ny herin’ny Fanahy Izy*. Tahaka izao no nanazavan’i Jesosy tamin’ny Mpianany ny toetran’ny asa fanompoana mpampianatra nataony. “Ny teny izay nolazaiko taminareo” hoy izy “dia fanahy sy fiainana” (Jaona 6:63). Feno ny Fanahy sy fiainana ny tenin’i Jesosy satria Izy mihitsy no feno ny Fanahy sy fiainana. Tao anatin’ny hosotrin’ny Fanahy Masina no nanombohany ny asa fanompoany (Lioka 3:21-22; 4:18-19). Tao anatin’ny herin’ny Fanahy no nanatanterahana ny asa fanompoana fampianarana (Lioka 4:14-15). Tsy tamin’ny teny ihany i Jesosy no nampiatra fa tamin’ny alalan’ny fanehoana ny herin’ny Fanahy ihany koa! Noteneniny mafy fotsiny fanahy maloto dia nanaiky.

## NY PASITERA AMIN’NY MAHA MPAMPIANATRA LEHIBE

Amin’ny maha pasitera, tokony hahita ny tenanao tahaka ny “Mpampianatra Lehibe” ao anatin’ny fiangonana niantsoana anao ho mpitarika ianao. Amin’ny teny hafa, tsy tokony ho tonga mpampianatra manana fahaiza-manao amin’ny fampianarana ny Teny fotsiny ianao fa tsy maintsy manofana amim-pahavitrihana ny hafa ihany koa. Izany no nataon’i Jesosy sy ny apostoly. Amin’ny maha mpampianatra lehibe, misahana andraikitra telo ianao: (1) tsy maintsy mampivoatra ny asa fanompoana fampianaranao manokana ianao; (2) tsy maintsy mampivelatra ny fahaiza-mampianatra ao anatin’ny hafa ary (3) tsy maintsy mandrindra ny asa fanompoana fampianarana ao anatin’ny fiangonana. Ndeha hojerentsika ny tsirairay avy amin’ireo andraikitra ireo.

### Fampivoarana ny tena

Voalohany, amin’ny maha mpampianatra lehibe ao anatin’ny fiangonana, tsy maintsy miezaka mampivoatra ny asa fanompoana mampianatra ianao. Paoly dia nilaza tamin’i Timoty fa ny mpitandrina na ny pasitera dia tsy maintsy “mahay mampianatra” (1 Tim. 3:2). Na, araka ny voalazan’ny dikan-teny iray hafa, ny pasitera dia tsy maintsy “manana fahaiza-manao amin’ny fampianarana”. Ao anatin’ny taratasy nosoratany ho an’ny kristiana tany Roma, Paoly dia nilaza fa ireo manana fanomezam-pahasoavana mampianatra dia tsy maintsy mahatoky amin’ny fampiasana io fanomezam-pahasoavana io (Rom. 12:6-8). Midika izany

fa tokony hiezaka amim-pahazotoana hampivelatra ny fahaiza-manao mampianatra izy ireo. Na dia nomena, amin'ny maha fanomezam-pahasoavana avy amin'ny Fanahy aza ny fahaiza-mampianatra, tsy maintsy hatsaraina tahaka ny fahaiza-manao nianarana rehetra. Amin'ny maha pasitera Pentekôtista, tsy maintsy tonga mpianatra ny Tenin'Andriamanitra mandritra ny androm-piainanao ianao. Tsy maintsy manao izay azonao atao ianao hampivoarana ny fahaizanao mampianatra (2 Tim. 2:15).

Nisy olona nanamarika fa ny fampianarana dia mihoatra noho ny miteny ary ny fianarana dia mihoatra noho ny mihaino. Ny tena tanjon'ny fampianarana dia ny hamokatra fiovana eo amin'ny fiainan'ny mpianatra. Ny fampianarana mahomby, araka izany dia ahitana fampiharana ny fahamarinana nampianarina. Araka izany, tsy tokony ho afa-po amin'ny fandrenesan'ny mpikambana ao amin'ny fiangonana isika. Tsy tokony ho afa-po isika raha tsy mahita ny fiainan'izy ireo miova. Noho izany, tsy ampy ny manazava ny hevitrin'ny Tenin'Andriamanitra, tsy maintsy manampy ny mpino hampihatra ny fahamarinan'ny Soratra Masina eo amin'ny fiainany isika.

Fanampin'izany, amin'ny maha pasitera Pentekôtista, tsy maintsy azontsika tsara fa amin'ny ankapobeny, ny hetsika ataontsika dia mampianatra lavitra noho ny tenintsika. Ny fahazon'i Paoly tsara izany fahamarinana izany no nahatonga azy niantso ny kristiana Korintiana hoe: "Aoka hanahaka ahy ianareo, dia tahaka ny anahafako an'i Kristy" (1 Kor. 11:1). Nampiasa izany fitsipika fototra izany ihany koa i Jesosy tamin'ny fotoana nitenenany tamin'ny Mpianany hoe: "Ny mpianatra tsy mihoatra noho ny mpampianatra; fa izay rehetra tanteraka dia ho tahaka ny mpampianatra azy ihany" (Lioka 6:40). Noho izany, hahatonga anao ho fakantahaka ho an'ny fiangonana, tsy maintsy mampihatra ireo zavatra ampianarintsika ny hafa isika.

## Fampivoarana ny hafa

Faharoa, amin'ny mpampianatra lehibe ao anatin'ny fiangonana, tafiditra ao anatin'ny asa ataonao ny fampivoarana ny fahaiza-mampianatra ao anatin'ny mpitarika hafa ao anatin'ny fiangonana. Rehefa mitombo sy mihamatotra ny fiangonana dia mila mpitarika hisahana ireo karazana asa fanompoana samihafa ao anatiny. Mba hahafahana mitarika tsara, ny tsirairay dia tokony hanana fahaiza-

manao fototra amin'ny fampianarana. Tsy maintsy azonao antoka fa ny mpitarika vaovao tsirairay dia nandray ny fanofanana ilainy hahafahany mitarika tsara.

Araka izany, tsy maintsy mampianatra ny mpitarika laika ny fomba fianarana sy fandikana ny Baiboly ianao. Ary tsy maintsy asehonao azy ireo koa ny fomba fanomanana sy fampianarana ny hafa ny Tenin'Andriamanitra. Raha hanao izany ianao dia hanana mpampianatra manana fahaiza-manao hatrany fiangonana. Raha tsy mahomby amin'ny fampianarana ny mpitarika laika ianao dia hangozohozo ny asa fanompoana fanaovana mpianatra ary hitombo araka ny tokony ho izy ny ara-panahin'ny kristiana.

## FANDRINDRANA NY ASA FANOMPOANA FAMPIANARANA

Farany, amin'ny maha mpampianatra lehibe, ianao no tsy maintsy lohalaharana amin'ny fanohanana ny fanabeazana kristiana; tsy maintsy mandrindra amim-pahamalianana sy manindrahindra ny asa fanompoana fampianarana ao anatin'ny fiangonana ianao. Tsy maintsy ataonao azo antoka fa ny sokajin'olona sy ny sokajin-taona rehetra dia mandray anjara ao anatin'ny asa fanompoana fampianarana ao anatin'ny fiangonana. Ireto avy no tokony hotafiditra ao anatin'ny tetikasa fanofanana ao anatin'ny fiangonana:

### Sekoly Alahady

Tsy misy fandaharana fanofanana manana hery lehibe tahaka ny Sekoly Alahady. Ny Sekoly Alahady no hany asa fanompoana manatratra ny olona avy amin'ny sokajin-taona samihafa ao anatin'ny fiangonana. Noho izany, tsy maintsy miasa mafy ianao hahatonga ny fiangonana hanana Sekoly Alahady voarindra sy voatohana tsara. Tsy maintsy ataonao azo antoka ihany koa fa olona mahafeno ireo fepetra samihafa rehetra takiana no mitarika ny Departemantan'ny Sekoly Alahady. Noho ny hazavan-dehiben'io asa fanompoana Sekoly Alahady, tokony handray anjara amim-pahavitrihana ao anatiny ianao. Ianao ihany koa no tsy maintsy manara-maso tsy tapaka ny hetsika ao anatiny sy miezaka manao izay hampivoarana azy[1].

[1] Ny Africa's Hope dia manana fandaharam-pampianarana Sekoly Alahady ho an'ny olon-dehibe antsoina hoe *"Miaina amin'ny Fahamarinana"* (Living the Truth). Andian-

**Ny vondrom-bavaka**

Raha atao tsara ny vondrom-bavaka dia tonga fitaovana iray mahomby amin'ny fanofanana mpianatra. Tsy inona moa izy ity fa vondron'olona mihaona isan-kerinandro tsy tapaka ao amin'ny tokantranon'ny mpikambana nofidiana manokana mba hiara-hivavaka, hiara-hianatra ny Tenin'Andriamanitra ary hanamafy ny fisakaizana. Amin'ny maha mpampianatra lehibe, andraikitra ny manao izay hahatonga ny vondrom-bavaka tsirairay hotarihan'ny mpitarika mahatoky sy voahofana tsara. Ao anatin'ny vondrom-bavaka tsirairay dia tokony hisy fotoana atokana ho an'ny ady hevitra malalaka momba ny lohahevitra iray nofidiana tao anatin'ny Baiboly. Ianao na olona iray hafa notendrenao no tokony hanara-maso akaiky izay ampianarina ao amin'ny vondrom-bavaka tsirairay. Azonao atao koa ny manolotra fandaharam-pampianarana hampiasaina ao anaty vondrom-bavaka[2].

**Asa fanompoana ao anaty departemanta**

Asa fanompoana ao anaty departemanta dia tokony horaisina ho fitaovana fanofanana mpianatra. Ny departemanta resahana eto moa dia tsy inona fa ny Asa Fanompoana amin'ny lehilahy, ny Asa Fanompoana amin'ny vehivavy, ny Asa Fanompoana amin'ny Tanora, ny Asa fanompoana amin'ny Ankizy ary ny Asa fanompoana hafa. Isaky ny mivory ireo vondrona ireo dia tokony hisy lesona ara-baiboly azo ampiharina amin'ny fiainana ampianarina azy ireo.

**Sekolin'ny asa fanompoana**

Ny pasitera Pentekôtista tsirairay dia tokony hanomboka Sekolin'ny Asa fanompoana ao anatin'ny fiangonany. Ny tanjon'ny Sekolin'ny Asa fanompoana dia"fanatanterahana ny olona masina, ho amin'ny asan'ny fanompoana amin'ny fiangonana" (Efe. 4:12). Ny kendrena amin'izany dia hanofana ny mpiasa avy eo

---

pampianarana mitondra ny olona hamakivaky ny Baiboly mandritra ny 7 taonao izy io ary azo alaina maimaimpoana ao amin'ny https://africaatts.org/resources/.

[2] Ny Africa's Hope dia manana andiam-pampianarana manazava lohahevitra maro ao amin'ny Baiboly antsoina hoe *Roots of Faith (fototrin'ny finoana) izay azo alaina maimaimpoana ao* https://africaatts.org/resources/.

amin'ny fiangonam-paritra ho amin'ny asa fanompoana. Ao anatin'io Sekoly io, ny pasitera dia mampianatra ireo taranja mifantoka amin'ny fampiharana avy hatrany toy ny fitorian-teny, ny fampianarana, ny vavaka, ny fitaomana fanahy, ny fananganana fiangonana, ny fahaiza-mitarika ary ny maro hafa. Ny fanofanana tahaka izany dia miantoka ny fisin'ny mpitarika manana fahaiza-manao ao anatin'ny fiangonana.

Rehefa mitombo sy mandroso ny fiangonana dia mety ilainao ny manankina amin'ny hafa ny ampahany amin'ny andraikitra fanofanana. Kanefa, amin'ny maha mpampianatra lehibe ao anatin'ny fiangonana, tsy maintsy mitohy mandray anjara mavitrika ao anatin'ny asa fanompoana fampianarana sy ny fanaovana mpianatra ao anatin'ny fiangonana ianao.

---

Intelo i Jesosy no nanontany an'i Petera hoe: "Moa tia Ahy va ianao?" Ary intelo i Petera no namaly azy hoe: "Eny, Tompoko; Hianao mahalala fa tia Anao aho". Taorian'ny valiny tsirairay nomen'i Petera dia hoy i Jesosy: "Fahano ary ny ondrikeliko" na "Fahano ary ny ondriko" (Jaona 21: 15-18). Raha tia an'i Jesosy marina i Petera dia hankato ny didiny ary hamahana amim-pahatokiana ny ondrin'Andriamanitra.

Amin'izao androntsika izao, Jesosy koa dia manontany ny pasitera Pentekôtista manerana an'i Afrika hoe: "Moa tia Ahy va ianao?" Ary miaraka amin'izany, mandidy antsika ihany koa izy hanao izay nandidiany an'i Petera: "Fahano ary ny ondriko". Ho porofon'ny fitiavana Azy, Jesosy dia mandidy ireo pasitera ireo handray amim-pahamatorana ny andraikitra nomen'Andriamanitra dia ny fiahiana ny vahoakan'Andriamanitra amin'ny alalan'ny fampianarana azy ireo ny tenin'Andriamanitra amim-pahatokiana.

# ~ Toko 18 ~

# Fitarihana ny fiangonana amin'ny fiderana

Tany amin'ny tanàna iray tany Afrika afovoany dia nisy tovolahy mpianadraharaha notendrena hanampy pasitera efa zokiolona anankiray. Nasain'ilay pasitera nitarika ny fiderana tao amin'ny fiangonana izy ny alahady maraina taorian'ny nahatongavany. Tsy nahafaly ilay tovolahy izany. Ny tiany dia ny hanendren'ilay pasitera azy hitoriteny. Nahatsapa izy fa amin'ny maha pasitera azy, ny fitarihana fiderana dia asa tsy mifanentana amin'ny fahamendrehany. Fanampin'izany, satria efa feno ny Fanahy Masina tany amin'ny Sekoly Biblika izy, tsy hitany intsony izay antony tokony hivavahana na hanomanana ny fitarihana fotoana.

Angamba azontsika an-tsaina, fa tsy nandeha araka ny tokony ho izy ny fitarihana nataony tamin'io Alahady maraina io. Raha tsy noho ny fahaizan'ilay pasitera efa zokiolona niditra an-tsehatra dia tsy nisy dikany ny fotoam-bavaka rehetra. Nanomboka tamin'io fotoana io, nofidian'ilay pasitera tamimpahamalinana tanteraka ny olona mitarika ny fiderana. Olona efa matotra sy voahofana tsara ihany no avelany mitarika fiderana.

Ny fitarihana ny fiangonana amin'ny tena fiderana marina dia asa ara-panahy lalina. Mitaky fahaiza-manao, fanomanana, ary toe-panahy araka an'Andriamanitra io asa io ary azon'i Davida mpanjaka tsara izany. Noho izany antony izany no nahatonga azy nitaky mba ho avy amin'ny Levita ihany no hifidianana izay rehetra hitarika ny vavaka sy ny fiderana (jereo 1 Tant. 15: 16). Na dia mety mifidy olona hafa hitarika ny fiderana ao anatin'ny fiangonana aza ny pasitera, tsy tokony hilaozany kosa ny andraikitra fiantohana ny maha ara-tSoratra Masina sy tarihan'ny Fanahy ny fiderana.

## NY IVON'NY TENA FIDERANA MARINA

Ao amin'ny Baiboly, ny teny Hebreo sy Grika ho an'ny fiderana dia midika hoe miankohoka sy manaja an'Andriamanitra. Ny hevitra fonosiny dia fankasitrahana an'Andriamanitra amin'ny fomba feno fanenetren-tena sy fanandratana Azy noho ny Fahamasinany, ny voninahiny ary ny fahefany (Isa. 6:1-3; Apok. 7:11-12).

### Fiderana ao amin'ny Fanahy sy ny fahamarinana

Tao anatin'ny resaka nifanaovany tamin'ilay vehivavy Samaritana no nanambaran'i Jesosy ny ivon'ny tena fiderana marina: “Fa avy ny andro, sady tonga ankehitriny, raha ny tena mpivavaka hivavaka amin'ny Ray amin'ny fanahy sy ny fahamarinana; fa ny Ray koa mitady ny mpivavaka aminy ho tahaka izany. Andriamanitra dia Fanahy; ary izay mivavaka aminy tsy maintsy mivavaka amin'ny fanahy sy ny fahamarinana” (Jaona 4:23-24). Ao anatin'io andalana io, Jesosy dia manambara fahamarinana lalina efatra mikasika ny fiderana marina

1. *Andriamanitra dia fanahy:* Andriamanitra dia tsangan'aina ara-panahy, tsy voafetran'ny fotoana na ny toerana. Noho izany, afaka deraina amin'ny fotoana rehetra sy any amin'ny toerana rehetra.
2. *Andriamanitra dia mitady tena mpidera marina.* Mitady olona hanolotra fiderana avy any anatin'ny fo lalina Andriamanitra fa tsy ilainy ny olona manao fombafomba ivelany fotsiny (Jereo ny Marka 12:33)
3. *Ny fiderana marina dia tsy maintsy atao ao amin'ny Fanahy sy ny ao amin'ny Fahamarinana*. Satria Andriamanitra dia fanahy, izay rehetra midera Azy dia tsy maintsy midera Azy ao amin'ny Fanahy. Satria

Andriamanitra tena fahamarinana, ny fiderana Azy dia tsy maintsy atao mifanaraka amin'ny fahamarinana voambara ao amin'ny Soratra Masina.

4. *Tonga ankehitriny*. Ny fotoana hiderana an'Andriamanitra ao amin'ny Fanahy sy ny fahamarinana dia ankehitriny

Tahaka ny nataon'ireo loholona efatra amby roapolo ao amin'ny Apokalypsy 4, ny fiderana no fihetsika masina sy mendrika asetrintsika ny fanatrehan'Andriamanitra. Talanjona tamin'ny fanatrehan'i Kristy izy ireo dia "niankohoka eo anoloan'izay mipetraka eo ambonin'ny seza fiandrianana" (and. 10). Rehefa midera an'Andriamanitra ny vahoakany dia maneho ny fanatrehany ao anatin'ny sain'izy ireo Izy ary manetsika azy ireo hidera Azy bebe kokoa.

**Zavatra andrasana amin'ny maha Pentekôtista**

Amin'ny maha pasitera Pentekôtista, zava-dehibe ny hahatakaranao ny toetra mampiavaka ny fiderana Pentekôtista. Miavaka ny fiderana Pentekôtista satria manindry ny fihaonana manokana amin'Andriamanitra amin'ny alalan'ny Fanahy Masina. Noho izany, ny Pentekôtista dia miditra ao anatin'ny fiderana miaraka amin'ny zavatra andrasana samy hafa tanteraka amin'ny an'ny tsy Pentekôtista. Ny tanjon'ny ankamaroan'ny tsy Pentekôtista ao anatin'ny fiderana dia fanatanterahana ny andraikitra ara-pivavahana na ny fomba amam-panao ara-pivavahana. Ny tena Pentekôtista marina kosa nefa dia miditra ao anatin'ny fiderana miaraka amin'ny tanjona hafa tanteraka. Ny tanjony dia ny hihaona amin'i Kristy velona, ary ny vokatr'io fihaonana io dia fiovana avy amin'ny Fanahiny (2 Kor. 3:17-18).

Io fiovana io dia mety kely na goavana, tsy miharihary na mampitolagaga. Ny fiovana tsy miharihary dia mety ho fahatsapana fa vokatrin'ny fihaonana tamin'i Kristy tao anatin'ny fiderana dia nihavao ny hery sy ny fifaliana ho entina manompo Azy. Ny fiovana mampitolagaga avy amin'ny fihaonana tamin'i Kristy ilay nitsangana tamin'ny maty tao anatin'ny fiderana dia mety fanasitranana mahagaga na batisa amin'ny Fanahy Masina.

Zavatra roa no mampitranga ny fiovana tahaka izany: ny Fanahy sy ny fahamarinana (jereo ny Jaona 4:23). Rehefa manakaiky an'Andriamanitra ny mpidera dia asehon'Andriamanitra azy ny Fanatrehany. Rehefa mihaona sy mamaly amin'ny finoana ny fisehoan'ny fanatrehan'Andriamanitra izy ireo

(midera amin'ny Fanahy) dia mihamitovy endrika amin'i Kristy (2 Kor. 3:17-18). Ambonin'izany, rehefa mamaly amin'ny finoana ny fanambarana ny Tenin'Andriamanitra izy ireo (midera amin'ny Fanahy) dia vao maika mihamiova hatrany.

## FANOMANANA NY FIANGONANA HO AMIN'NY FIDERANA

Amin'ny maha pasitera, andraikitrao ny manomana ny fiangonana hidera an'Andriamanitra marina. Tsy maintsy azonao aloha fa fantatrin'ny olona ny atao hoe midera Azy ao amin'ny Fanahy sy ao amin'ny fahamarinana. Aorian'izay, tsy maintsy jerenao tsara ihany koa ny fampiharan'ny olona ny fiderana tena izy. Fomba telo no hahafahanao manatanteraka izany:

### Amin'ny alalan'ny fampianarana mikasika ny Fiderana

Voalohany, azonao ampianarina ny fiangonana izay voalazan'ny Baiboly mikasika ny fiderana. Afaka atao amin'ny alalan'ny toriteny, ny fampaherezana ary ny andiam-pampianarana izany. Iray amin'ny fomba tena tsara indrindra hahafahan'ny pasitera Pentekôtista mampianatra ny olona ny momba ny fiderana an'Andriamanitra ao amin'ny Fanahy sy ao amin'ny fahamarinana ihany koa ny fanehoana izany amin'izy ireo. Tsy maintsy mandinika ny pasiterany midera an'Andriamanitra amin'ny fony rehetra ny olona. Izao no torohevitra matotra nomen'ny pasitera ny vondrona mpianatra pasitera indray mandeha: "Raha hidera an'Andriamanitra amin'ny fahitsiana ianareo, dia hanahaka anareo ny olona, ary hidera Azy koa".

Ambonin'izany, tsy maintsy asehonao ny olona ny fomba hiderana Andriamanitra amin'ny alalan'ny fiainany. Azonao aseho amin'ny alalan'ny fomba fiaina feno fahamasinana sy ny fanekena ho fitaovana ampiasain'ny Fanahy Masina hitahiana ny hafa izany.

### Amin'ny alalan'ny fandraisana an-tanana ny fanompoana fiderana

Faharoa, ao anatin'ny andraikitra maha mpitandrina, tsy maintsy mandray an-tanana ny fanompoana fiderana amin'ny alalan'ny vavaka ianao satria avy amin'izany no hahatonga ny olona ho voatarika hidera an'Andriamanitra ao amin'ny Fanahy sy ny Fahamarinana. Tsy maintsy takianao koa ny

hanatanterahana ny zavatra rehetra ao am-piangonana “amin'ny fahamendrehana sy ny filaminana” (1 Kor. 14:40). Amin’ny teny hafa, tsy maintsy azonao antoka fa ny fiderana dia atao amin’ny fomba manome voninahitra an’Andriamanitra sy misarika ny olona hanakaiky kokoa an’i Kristy (1 Kor. 10:31).

**Amin’ny alalan’ny fanofanana ny vondrona misahana ny fiderana**

Ny fomba fahatelo hahafahanao manana antoka fa midera an’Andriamanitra amin’ny Fanahy sy ny fahamarinana ny fiangonana dia ny fanofananao amim-pitiavana ny ekipa misahana ny fiderana. Tsy maintsy ampianarinao azy ireo ny andraikiny amin’ny fitarihana ny fiangonana ao anatin’ny fiderana sy fiankohofana tarihan’ny Fanahy. Noho izany, tsy maintsy mandany fotoana mampianatra azy ireo ny fomba fiderana an’Andriamanitra marina sy maneho azy ireo ny fomba fitarihana ny hafa ho ao anatin’ny fiderana marina ianao.

Ambonin’izany, tsy maintsy miara-mivavaka matetika amin’ny ekipa misahana ny fiderana ianao mba hananananao antoka fa izy ireo dia feno ny Fanahy Masina sy mahafantatra ny fomba fanarahana ny fitarihan’ny Fanahy Masina. Aoka ho azonao antoka fa hira ara-panahy sy mifanaraka amin’ny Soratra Masina no fidian’ny ekipa. Amin’ny maha pasitera, tsy maintsy hazonina ho anao ny zo hankato ireo hira vaovao hampiasaina ao anatin’ny fanompoana fiderana.

Farany, amin’ny maha pasiteran’ny fiangonana anao, tsy maintsy tadidinao mandrakariva fa aorian’ny Fanahy Masina dia ianao no lehibe sy mpitarika ny fiderana. Tsy midika akory izany fa ianao no hitsangana eo anatrehan’ny fiangonana hitarika ny olona ao anatin’ny fiderana sy ny fiankohofana. Midika kosa nefa izany fa tsy maintsy mandray an-tanana ny fotoam-bavaka ianao. Tsy maintsy azon’ny ekipa misahana ny fiderana fa amin’ny maha pasitera dia azonao atao miditra an-tsehatra mandamina sy mandray an-tanana ny fotoam-bavaka amin’ny fotoana rehetra. Amin’ny fotoana hitrangan’izany dia tokony hatolotrin’ny ekipa mpidera anao avy hatrany fotoana.

Rehefa tena midera ao amin’ny Fanahy ny olona dia tonga amin’ny fiangonana ny fitahiana mahery vaika avy amin’Andriamanitra: Mahazo voninahitra Andriamanitra, miseho ny fanatrehan’ny Fanahy ary mihamatanjaka ny tenan’i Kristy.

## FITARIHANA NY FIANGONANA AO ANATIN'NY FIDERANA

Ny pasitera Pentekôtista mahatakatra tsara ireo fahamarinana ireo dia hanana firehetam-po amin'ny fitarihana ny fiangonany ao anatin'ny fiderana tarihan'ny Fanahy. Midika izany fa mandritra ny fotoana fiderana, tsy maintsy mihaino tsara ny feon'ny Fanahy ianao, ary tsy maintsy mailaka amin'ny fanarahana ny toromarika omeny. Tahaka an'i Mosesy tany an'efitra, tsy maintsy vonona hitarika ny fiangonana ianao rehefa mihetsika ny rahona, ary tsy maintsy vonona hijanona ihany koa rehefa mijanona izany (jereo ny Eks 40:34-38).

### Fandrisihana ny fandraisana anjara

Amin'ny maha mpitarika ara-panahy anao, tokony hampahery ny mpanatrika handray anjara mavitrika ao anatin'ny fiderana. Entano izy ireo hidera an'Andriamanitra amin'ny alalan'ny fanandratan-tanana, ny hira, ny hiaka, ny fijoroana vavolombelona, ny tehaka, ny dihy, ny fandohalihana ary izay amin'ny fomba rehetra maneho fiderana. Tokony hampianarinao ny olona ihany koa fa midera an'Andriamanitra izy ireo rehefa manome ny fahafolon-karena sy ny fanatitra. Ny fanaovana izany dia fankalazana an'Andriamanitra amin'ny fananana sy ny voaloham-bokana (Ohab. 3:9).

### Fananganana ekipa mpidera

Ambon'izany, ny pasitera Pentekôtista dia tokony hanangana sy hamolavola ekipa mpidera sy mpitendry zavamaneno hanao asa fanompoana ao anatin'ny fiangonana sy amin'ny fotoana fitoriana ny filazantsara. Ny ekipa mpidera dia tokony hankato mandrakariva ny pasitera. Noho izany, tokony hiara-hiasa amin'ny ekipa mpidera ianao, hampianatra azy ireo ny maha samihafa ny manao ho an'ny olona sy ny midera an'Andriamanitra marina ao amin'ny Fanahy.

### Fandrisihana ny fampiasana fanomezam-pahasovana

Amin'ny maha mpitarika ara-panahy ao anatin'ny fiangonana, ny pasitera Pentekôtista dia tokony handrisika ny fampiasana ny fanomezam-pahasoavana mandritra ny fotoam-bavaka. Niainana tao amin'ny fiangonana tao amin'ny Testamenta Vaovao izany, ary tokony ho hita ao anatin'ny fotoam-bavaka ataontsika amin'izao fotoana izao (jereo ny Asa 11: 27-28; 13:2).

Nampahery ny fiangonana tany Korinto i Paoly hoe: “maniria fatratra ny zava-panahy koa” (1 Kor. 14:1). Nanoro hevitra azy ireo izy hoe: “Raha miangona ianareo, misy ta-hanao hira ianareo, misy ta-hanao fampianarana, misy manana fanambarana, misy manana fiteny tsy fantatra, misy manana fandikan-teny” (1 Kor. 14:26). Noho izany, amin’ny maha pasitera, tokony hampianatra ny fiangonana ny momba ny fanomezam-pahasoavana ianao. Tokony hanokana fotoana ho an’ny fampiasana fanomezam-pahasoavana ianao rehefa ao anatin’ny fotoam-bavaka. Kanefa, tsy maintsy mitandrina ihany koa ianao amin’ny fampiasana tsy araka ny tokony ho izy ny fanomezam-pahasoavana (1 Kor. 14:26-33)[1].

## Ny andraikitrin’ny mozika

Ny mozika sy ny hira dia tena manana andraikitra manan-danja ao anatin’ny fiderana. Ny mpanao Salamo dia nanentana ny olona hoe: “Mihobia ho an'i Jehovah ianareo, ry olo-marina; fa mendrika hataon'ny olo-mahitsy ny fiderana. Miderà an'i Jehovah amin'ny lokanga; mankalazà Azy amin'ny valiha tory folo. Mihirà fihiram-baovao ho Azy; mitendre tsara amin'ny feo fifaliana” (Sal. 33:1-3).

Araka ny fampianaran’i Paoly, ny mozika sy ny hira dia manana andriakitra efatra ao anatin’ny fiderana: fanomezam-boninahitra an’Andriamanitra, fanehoana fankasitrahana Azy, fampianarana fahamarinana ara-tSoratra Masina ary fananarana ny mpino hiaina ho Azy. Ny roa voalohany amin’ireo dia nasongadin’ny Apostoly ao amin’ny taratasy nosoratany ho an’ny fiangonana tany Efesosy: “ka mifampilazà amin'ny salamo sy ny fihirana ary ny tonon-kiram-panahy, dia mihira sy mikalo ao am-ponareo ho an'ny Tompo, misaotra an'Andriamanitra Ray mandrakariva noho ny zavatra rehetra, amin'ny anaran'i Jesosy Kristy Tompontsika” (Efe. 5:19-20). Ny teboka roa farany kosa dia hita ao amin’ny epistily ho an’ny Kolosiana: “Aoka ny tenin'i Kristy hitoetra betsaka ao aminareo amin'ny fahendrena rehetra, dia mifampianara ka mifananara amin'ny

[1] Jereo ao amin’ny Fanampiny 2: “Ny fisehon’ny fanomezam-pahasoavana ao amin’ny 1 Korintiana 12: 8-10”.

Salamo sy ny fihirana ary ny tonon-kiram-panahy, mihira amin'ny fahasoavana ao am-ponareo ho an'Andriamanitra" (Kol. 3:16).

**Fampitandremana**

Misy fampitandremana mikasika ny filaminana eto. Amin'ny ankapobeny, ny tena mahasarika ny olona amin'ny fiangonana Pentekôtista dia ny hira mentanentana. Tsara izany, ary tokony hampirisahana mihitsy ny fanaovana azy. Kanefa, tsy azonao atao ny mamela ny fiangonana hanolotra "afo tsy izy" ho an'ny Tompo" (Lev. 10:1). Raha adika amin'ny teny hafa dia izao: tsy maintsy azonao antoka fa ny hira sy ny dihy dia tsy fanindrahindrana ny nofo fa fanolorana ny fo ho fanatitra ho an'ilay Andriamanitra Fanahy. Noho izany, amin'ny maha pasitera, tsy tokony havelanao ho mafy sy hientana tafahoatra loatra ny mozika satria mety hamono ny fiderana atao amin'ny fo marina izany. Izao no fampitandreman'i Paoly: "tsy hisy nofo hahazo mirehareha eo anatrehan'Andriamanitra" (1 Kor. 1:29). Enga anie Andriamanitra tsy hiteny amin'ny fiangonanao hoe: "Atsaharo ny finaonaonan'ny hiranareo, fa maharenina Ahy; Fa tsy hihaino ny fanenon'ny lokanganareo Aho" (Amo. 5:23).

## FANAMBY ROA AO ANATIN'NY FIDERANA

Afrika dia kontinanta lehibe ahitana foko mihoatra ny 3.000 izay miteny fiteny mihoatran'ny 2.100. Noho izany, tsy mahagaga raha olona avy amin'ny foko maro no mandrafitra ny fiangonana Pentekôtista. Fanampin'izany, tsy mitovy ihany koa ny taonan'ny olona ao anatin'ny fiangonana. Izany rehetra izany dia mitarika tsy fitovian'ny mozika sy ny endrika fiderana ankafizin'ny tsirairay. Raha tsy tantanana amim-pahendrena izany dia ho tonga loharanon'ny fifandirana ao anatin'ny fiangonana. Raha tokony hampitombo ny fiombonana ao anatin'ny fiangonana ny fiderana, dia mety ho tonga loharanon'ny fisarahana.

Ny fanamby roa aterak'io fahasamihafana io dia ny tsy fitovian-kevitra eo amin'ny endrikin'ny fiderana sy ny fanamby amin'ny fampiasana fiteny samihafa ao anatin'ny fotoam-bavaka. Amin'ny maha pasitera, tsy maintsy mamaha ireo fanampy ireo amim-pahendrena ianao.

**Endrika fiderana sy karazana mozika**

Betsaka fiangonana Pentekôtista atỳ Afrika no misedra olana noho ny tsy fitovian'ny endrika fiderana sy mozika ankafizin'ny mpikambana. Ohatra, ny tanora ao anatin'ny fiangonana dia tia mozika mafy sy fiderana mientanentana, ary ny mpikambana efa zokiolona kosa tia mozika malefaka kokoa sy fiderana milamindamina. Misy ihany koa ireo mpikambana tia hira môderina, ary ao ny mankafỳ ny fiderana tranainy. Amin'ny maha pasitera, tsy maintsy manana fahendrena lehibe hiatrehana izany ianao. Tsy maintsy hainao ny manavaka ny endrika fiderana sy ny votoatin'ny fiderana.

Ny endrika fiderana dia manondro ireo zavatra miseho etỳ ivelany izay tian'ny olona; ny votoatiny kosa dia miresaka ilay tena maha izy azy marina ao anaty. Ny fiderana dia fanomezam-boninahitra an'Andriamanitra amin'ny fo (jereo ny Marka 7:6-7). Ny kristiana dia afaka midera an'Andriamanitra marina amin'ny alalan'ny endrika fiderana samihafa. Na inona na inona endrika fiderana ampiasaina, rehefa atao amin'ny Fanahy sy ny fahamarinana izany dia eken'Andriamanitra. Ary rehefa tsy atao amin'ny Fanahy sy ny fahamarinana izany dia lavin'Andriamanitra. Noho izany, tsy maintsy mampianatra ny olona hanaja ny safidin'ny hafa ianao. "Koa dia aoka isika hiezaka hitady ny momba ny fiadanana sy ny momba ny fifampandrosoana" (Rom. 14:19).

Ny pasitera hendry dia hampianatra ny mpikambana zokiolona hifaly rehefa mahita ny tanora midera an'Andriamanitra amin'ny fomba manokatra ny fon'izy ireo ho an'Andriamanitra sy mampanakaiky azy ireo Azy. Noho ny fitiavana ny tanora, tokony hanaiky hiara-hidera an'Andriamanitra amin'izy ireo ny zokiolona. Tahaka izany koa, ianao pasitera dia tsy maintsy mampianatra ny tanora hanaja ny zavatra ilaina sy tian'ny zokiolona ianao sy handray anjara amin'ny fony rehetra miaraka amin'izy ireo. Anjaranao ihany koa ny mampianatra ny tanora ho tia sy hankamamy ireo hira miresaka finoana.

Noho izany, ny pasitera Pentekôtista hendry dia manao izay hisin'ny fifandanjana eo amin'ny hira vaovao sy ny taloha, ary ny hira môderina sy ny hira tranainy ao anatin'ny fotoam-bavaka. Tokony hazoniny ao an-tsaina mandrakariva fa ny tena zava-dehibe dia ny hihaonan'ny mpino tsirairay amin'ny Fanahin'Andriamanitra ao anatin'ny fiderana sy ny hanehoan'izy ireo fanokanan-tena fo ho an'i Kristy.

**Fiteny samihafa**

Araka ny voalaza teo ambony, olona avy amin'ny fiteny samihafa no manompo an'Andriamanitra ao anatin'ny ankamaroan'ny fiangonana Pentekôtista manerana an'i Afrika. Miteraka fanamby samihafa ho an'ny pasitera Pentekôtista izany. Raha misafidy ny hanao fivoriana amin'izay fomba fiteny fampiasan'ny maro an'isa ny fiangonana – ary tsy mampiasa ny fitenin'ny foko hafa – mety hahatsapa ho voailika izy ireo. Raha fiteny samihafa indray nefa no ampiasaina ao anaty fotoam-bavaka dia tsy hahafa-po ny mpino, indrindra ny maro an'isa. Noho izany, tsy maintsy hainao ny mitantana izany toe-javatra izany amim-pahendrena. Tsy maintsy ataonao azo antoka fa mahasarika kolontsaina manana mpikambana maro an'isa ny fotoam-bavaka, kanefa koa mandray ny hafa rehetra.

Mila mikatsaka ny fahendren'Andriamanitra ianao ao anatin'izany rehetra izany. Ao anatin'ny vavaka no tokony hamalianao sy ny ekipa mpitarika ao amin'ny fiangonanao ireto fanontaniana manan-danja ireto:

- Inona no fiteny tena hampiasaina ao anatin'ny fotoam-bavaka?
- Inona no fiteny hafa fanampiny hampiasaina? Amin'ny fotoana manao ahoana ary ao anatin'ny toe-javatra manao ahoana no hampiasana izany?
- Inona no fiteny handikana ny filazana, ny vavaka ampahibemaso ary ny toriteny?
- Inona no fiteny hampiasaina rehefa mihira? Rahoviana ary amin'ny fomba ahoana no hampiasana ny fiteny hafa?
- Inona amin'ny fitenin'ny mpikambana ao amin'ny fiangonana no toa natao tsirambina? Ahoana no hahafahanao manampy azy ireo hahatsapa fa tafiditra ao anatin'ny fiangonana?

Na dia samy manana ny fomba hamahany ity olana ity aza ny fiangonana tsirairay, misy fitsipika fototra ankapobeny azo hampiharina ihany. Ohatra, ao anatin'ny fandaminana ny fiderana, ny tokony hokatsahinao dia izay hahatonga ny mpanatrika rehetra hahatsapa voaray sy tafiditra. Ny tanjona faharoa dia ny hahatonga izay rehetra manatrika hiorina tsara. Fanampin'izany, ny fiderana dia tokony hampiombona ny fiangonana fa tsy hampiasaraka. Ny fanarahana ireo fitsipika fototra ireo dia manampy anao handray fanapahan-kevitra tsara.

Ny fotoam-bavaka ao amin'ny fiangonana an-drenivohitra, tahaka ny fiangonana iraisam-pirenena dia tsara raha atao amin'izay fiteny Eoropeana fampiasa indrindra eo amin'ny firenena. Azon'ny fiangonana hatao ihany koa nefa ny mampiasa ny fiteny Afrikana fampiasa eo amin'ny faritra misy azy. Misy koa ireo misafidy ny handika ny fivoriana iray manontolo. Ny an'ny sasany, ny toriteny ihany no adika. Azo atao koa nefa ny manao fivoriana samihafa amin'ny fiteny samihafa. Na inona na inona paikady ampiasain'ny fiangonana, ny tanjona dia ny hahatonga ny olona tsirairay manatrika ny fivoriana hahafatsapa voahaja sy voaray tsara.

---

Ny andraikitra voalohany sahanin'ny pasitera Pentekôtista tsirairay dia ny mitarika ny fiangonana ao anatin'ny fiderana marina sy feno ny hosotrin'ny Fanahy. Izany dia azony atao amin'ny alalan'ny fampianarana ny dikan'ny tena fiderana an'Andriamanitra amin'ny Fanahy sy ny Fahamarinana sy amin'ny alalan'ny fampisehoana ny tena endrika fiderana marina eo amin'ny fiainany manokana.

# ~ Toko 19 ~

# Fitarihana ny fiangonana amin'ny fifohazam-panahy Pentekôtista

Fifohazam-panahy voalohany tao amin'ny fiangonana no namaritan'ny olona anankiray ny firotsahan'ny Fanahy Masina tamin'ny andro Pentekosta. Tamin'ny andro io Andriamanitra no natsaka ny Fanahiny voalohany tamin'ny fiangonana ary nameno sy nanafy hery azy ireo tamin'ny fantanterahana ny iraka teto ambonin'ny tany. Avy amin'izay nitranga tamin'io andro io no nakana ny anaran'ny fiangonana Pentekôtista ankehitriny sy ny maha izy azy.

Ny Pentekôtista dia midika fankamamiana ny fahatsapana sy ny tanjon'ny Pentekosta. Ny fahatsapana Pentekôtista dia fahatsapana ara-panahy mahery vaika izay antsoin'ny Baiboly hoe batisa amin'ny Fanahy Masina, na fanitrihana ao amin'ny Fanahy Masina (Lioka 3:16; Asa 1:5). Ny tanjon'ny Pentekosta dia fanafiana hery ho vavolombelona eo amin'ny an-toerana sy hatramin'ny faran'ny tany (Asa 1:8).

Tsy mba tahaka ny fiangonana hafa ny fiangonana Pentekôtista satria tsy afaka manatanteraka ny tanjony sy ny antsony raha tsy eo ny firotsahan'ny Fanahy Masina. Tahaka ny tena, izay maty raha tsy misy fofonaina, maty ny fiangonana Pentekôtista raha tsy eo ny fofonaina avy amin'ny Fanahin'Andriamanitra.

Amin'ny teny hafa, tsy maintsy miaina fifohazam-panahy Pentekôtista ny fiangonana raha te ho fiangonana ho Pentekosta marina. Hoy i Jesosy: "Ny fanahy no mahavelona; ny nofo tsy mahasoa na inona na inona" (Jaona 6:63). Ity toko ity dia hiresaka mikasika ny fomba hahafahanao, pasitera Pentekôtista, mitarika ny fiangonanao ao anatin'ny fifohazam-panahy tahaka izany.

## MAHATAKATRA NY ATAO FIFOHAZAM-PANAHY

Alohan'ny hahafahan'ny pasitera mitarika ny fiangonany ao anatin'ny fifohazam-panahy, tsy maintsy azony mazava tsara aloha ny endrikin'ny fifohazam-panahy tao amin'ny Testamenta Vaovao. Mampalahelo nefa fa betsaka ny pasitera Pentekôtista no mandiso ny atao hoe fifohazam-panahy. Tsy avy amin'ny Soratra Masina ny hevitr'izy ireo momba ny fifohazam-panahy fa avy amin'ny kolontsaina malaza eo anivon'ny fiangonana. Vokany, ny fifohazam-panahy hitan'izy ireo dia olona maro mihira amim-pifaliana sy mandihy ary midera an'Andriamanitra. Ny sasany indray mihevitra fa ny fifohazam-panahy dia fitahiana ara-materialy sy fanambinana raisin'ny olona avy amin'Andriamanitra. Na dia tafiditra ao anatin'ny fifohazam-panahy aza ny sasany amin'ireo zavatra voatanisa teo aloha ireo, tsy ireo no mamaritra ny fifohazam-panahy marina voaseho an-tsary ao anatin'ny bokin'ny Asan'ny Apostoly.

Na dia tsy hita ao amin'ny Testamenta Vaovao aza ny teny *fifohazam-panahy*, ny hevitra fonosiny: fanavaozana ara-panahy kosa dia hita ao tokoa (jereo ny Asa 3:19). Ny fifohazam-panahy dia miresaka fanavaozana fiainana sy famerenana amin'ny laoniny ny fahatongavan-tsaina, ny aina, ary ny hery. Izay nantsoin'ny Testamenta Taloha hoe fifohazam-panahy (Sal. 85:6; Hab. 3:2), dia antsoin'ny Testamenta Vaovao hoe firotsahan'ny Fanahy (Asa 2:17-18). Ao amin'ny toko roa voalohany ao amin'ny Asan'ny Apostoly, ny Baiboly dia maneho ireo zavatra telo mandrafitra ny fifohazam-panahin'ny Testamenta Vaovao:

- Voalohany, ny vahoakan'Andriamanitra dia natao batisa tao amin'ny Fanahy Masina ary noho izany, notafiana ny herin'ny Fanahy Masina (Asa 1:8; 2:1-4).
- Faharoa, noho ny fanafiana ny herin'ny Fanahy Masina, ny vahoakan'Andriamanitra dia nanomboka nanambara an'i Kristy tamim-pahasahiana tamin'ny very (Asa 2:14-40; 4:31).

- Farany, nibebaka ny olona very, nametraka ny finoany tamin'i Kristy ary dia voavonjy (Asa 2:41, 47; 5:12-16).

Ny fahagagana, ny fanasitranana ary ny famantarana; araka ny voasoratra ao amin'ny bokin'ny Asan'ny Apostoly dia vokatrin'ny firotsahan'ny Fanahy Masina marina (Asa 2:43; 5:12-16). Ireo asa mahatalanjona ireo matetika dia mamokatra fifaliana lehibe, aim-panahy ao anatin'ny fivorian'ny fiangonana, ary indrindra, fitomboan'ny fiangonana. Kanefa, zavatra telo no tena ivon'ny fifahazam-panahy Pentekôtista: fanafiana hery ara-panahy, fijoroana vavolombelona mahery vaika, ary fiverenan'ny olona maro amin'Andriamanitra. Raha tsy eo iray amin'ireo singa telo ireo dia tsy nitranga ny tena fifohazam-panahy marina.

## OHATRA AVY AO AMIN'NY BAIBOLY

Ndeha hovelarintsika kely amin'ny alalan'ny fijerena akaiky ny zava-nitranga tamin'ny andro Pentekosta ny famaritantsika ny fifohazam-panahy. Ny fandinihana akaiky ny Asan'ny Apostoly 2 dia manambara amintsika fanalahidy fiton'ny fifohzam-panahy ao amin'ny Testamenta Vaovao:

**Mitady an'Andriamanitra ny olona**

Ny fanalahidy voalohany ao anatin'ny fifohazam-panahy ao amin'ny Testamenta Vaovao dia ny fikatsahan'ny olona ny Tavan'Andriamanitra ao anatin'ny vavaka. Ny Baiboly dia milaza fa talohan'ny nirotsahan'ny Fanahy tamin'ny andro Pentekosta, ny mpianatra 120 dia "teo an-kianjan'ny tempoly isan'andro izy nankalaza an'Andriamanitra" (Lioka 24: 53). Voalaza koa fa "Ireo rehetra ireo niray saina naharitra nivavaka" (Asa 1:14). Ny bokin'ny Asan'ny Apostoly dia tsy mitsahatra mampifandray ny firotsahan'ny Fanahy Masina amin'ny vavaka. Ny fiangonana maniry hiaina ny fifohazam-panahy Pentekôtista dia tsy maintsy manetsika ny mpikambana ao aminy hitady an'Andriamanitra amin'ny fony rehetra ao anatin'ny vavaka.

**Mandatsaka ny Fanahiny Andriamanitra**

Ny singa faharoa ao anatin'ny fifohazam-panahin'ny Testamenta Vaovao dia ny firotsahan'ny Fanahin'Andriamanitra. Tamin'ny Pentekosta, nandatsaka ny

Fanahiny tamin’ny fiangonana Andriamanitra, ho valin’ny vavaka nataon’ny Vahoakany. Tahaka izao no nitrangan’izany:

“Ary nony tonga ny Andro Pentekosta, dia teo amin'ny fitoerana iray izy rehetra. Ary nisy feo tonga tampoka avy tany an-danitra, toy ny rivotra mahery mifofofofo, ka nanenika ilay trano niangonany. Ary nisy lela maro mitarehin'afo niseho taminy, izay nizarazara; ary nipetraka tamin'izy rehetra isan-olona izany. Ary samy feno ny Fanahy Masina izy rehetra, ka dia niteny tamin'ny fiteny maro samy hafa, araka ny nampitenenan'ny Fanahy Masina azy” (Asa 2:4).

**Mandray ny Fanahy Masina ny mpino**

Ny singa fahatelo ao anatin’ny fifohazam-panahy ao amin’ny Testamenta Vaovao dia fahafenoan’ny mpino amin’ny Fanahy Masina. Zava-dehibe ny fandrotsahan’Andriamanitra ny Fanahiny, kanefa mbola mihoatra lavitra noho izany ny fandraisan’ny vahoakan’Andriamanitra ny Fanahy Masina. Tamin’ny andro Pentekosta, ny Fanahy Masina dia tsy tonga tamin’ny tsirairay avy tamin’izy ireo fotsiny fa “samy feno ny Fanahy Masina izy rehetra, ka dia niteny tamin'ny fiteny maro samy hafa, araka ny nampitenenan'ny Fanahy Masina azy” (Asa 2:4). Araka izany, natao batisa tamin’ny Fanahy Masina, araka ny nampanantenain’i Jesosy izy ireo (Asa 1:4-5). Tamin’io fotoana io, nandray ny hery hahatongavana ho vavolombelon’i Kristy teo amin’ny toerana nisy azy sy hatramin’ny faran’ny tany izy ireo (Asa 1:8). Ny nandraisan’ny vahoakan’Andriamanitra ny Fanahy no nanamarika ny fiandohan’ny fifohazam-panahy Pentekôtista.

**Mahatsikaritra ny any ivelany**

Ny singa fahefatra ao anatin’ny fifohazam-panahy ao amin’ny Testamenta Vaovao dia ny nahitan’ny olona tany ivelany ny zavatra nataon’Andriamanitra teo anivon’ny fiangonana. Tamin’ny Pentekosta, izay nahita ny firotsahan’ny Fanahy Masina tamin’ny mpianatra sy naheno azy ireo niteny tamin’ny fiteny tsy nianarany dia “talanjona sady niahanahana”. Nanomboka nifantontany izy ireo hoe: “Ahoana no tokony ho hevitr'izany?” (Asa 2:12).

**Toriana ny filazantsara**

Ny fahadimy ao anatin'ny fifohazam-panahin'ny Testamenta Vaovao dia ny fitoriana ny filazantsara amim-pahasahiana sy ao anatin'ny hosotrin'ny Fanahy Masina. Izany no nitranga tamin'ny Pentekosta. Rehefa feno ny Fanahy Masina i Petera dia nitsangana ary nanambara ny filazantsara tamim-pahasahiana tamin'ny vahoaka vory teo. Nambarany tamin'izy ireo ny momba an'i Jesosy ary nantsoiny hibebaka sy hino Azy izy ireo (Asa 2:14-40). Izay rehetra feno ny Fanahy Masina dia nanampy an'i Petera tamin'ny fijoroana vavolombelon'i Kristy (Asa. 47).

**Maro no voavonjy**

Ny singa fahenina ao amin'ny Testamenta Vaovao dia ny fisin'ny olona maro mamaly ny hafatrin'ny filazantsara sy ny mandray ny famonjena. Tamin'ny Pentekosta, noho ny firotsahan'ny Fanahy Masina sy ny fanambaran'i Petera ny filazantsara teo ambany hosotrin'ny Fanahy Masina dia maro ny nibebaka sy nanatona ny Tompo. Voalazan'ny Baiboly fa izay rehetra nandre izany dia: "voatsindrona tam-pony ka nanao tamin'i Petera sy ny Apostoly namany hoe: Ry rahalahy, inona no hataonay? Ary hoy Petera taminy: Mibebaha, ary aoka samy hatao batisa amin'ny anaran'i Jesosy Kristy ianareo rehetra mba hahazo famelana ny helokareo; ary ianareo handray ny fanomezana, dia ny Fanahy Masina" (Asa 2:37-38). Vokany, olona 3.000 no nandray ny famonjena, natao batisa tamin'ny rano, ary nanampy ho isan'ny fiangonana (and. 41). Taorian'io andro io, "ny olombonjena dia nanampin'ny Tompo isan'andro ho isan'ireo" (and. 47).

**Mitombo ny fiangonana**

Ny singa fahafito ao anatin'ny fifohazam-panahy ao amin'ny Testamenta Vaovao dia ny fiitaran'ny fiangonana. Taorian'ny Pentekosta sy ny firotsahan'ny Fanahy Masina, voalazan'ny bokin'ny Asan'ny Apostoly fa tsy nitsahatra nitombo arak'isa sy niitatra tamin'ny toerana samihafa ny fiangonana (jereo ny Asa 2:47; 4:31-35; 5:12-16; 9:31).

Mbola nisy zavatra hafa niaraka tamin'ny fifohazam-panahy ihany koa hitantsika ao amin'ny Asan'ny Apostoly 2 dia ny fanokanan-tena ho an'ny Soratra Masina, ny vavaka ary ny fitiavana ny hafa. Arakarakin'ny nanaovan'Andriamanitra famantarana teo anivon'izy ireo no nahatonga ny olona niaina tao anatin'ny fitalanjonana sy ny fahamasinana. Ny fanatrehan'ny Fanahy

Masina dia namorona fahalalahan-tanana tao amin'izy ireo. Ireo voatanisa rehetra ireo dia nitondra fitomboana ho an'ny fiangonana (Asa 2:41, 47; 4:4; 5:14).

Ho famintinana, mitranga ny tena fifohazam-panahy Pentekôtista rehefa mino ny hafatra ny olona, feno ny Fanahy Masina ary mandeha mizara ny filazantsara amin'ny hafa. Izay rehetra mandray ny filazantsara dia voavonjy ary feno ny Fanahy Masina. Ireo indray no lasa manambara ny filazantsara amim-pahatokiana. Miverimberina io dingana io ary miely sy miitatra ny fifohazam-panahy.

## NY ANDRAIKITRIN'NY PASITERA

Amin'ny maha pasitera Pentekôtista, ianao no fanalahidin'ny fifohazam-panahy ao anatin'ny fiangonana tarihanao. Ianao ihany koa no fantsona hikorianan'ny Fanahy na sakana tsy hahafahan'izany mikoriana. Izay rehetra ataonao – na tsy ataonao – dia afaka mamaritra ny hihetsehan'ny Fanahy ao anatin'ny fiangonana na tsia. Fanampin'izany, amin'ny maha mpitarika ara-panahy, ianao no hamaritra ny famalian'ny fiangonana amim-pahombiazana ny firotsahan'ny Fanahy Masina rehefa tonga izany. Tsy maintsy raisinao amim-pahamatorana izany andraikitra mahafinaritra izany.

## MANDRISIKA NY FIFOHAZAM-PANAHY PENTEKÔTISTA

Herinandro vitsivitsy taorian'ny nirotsahan'ny Fanahy Masina tao Jerosalema tamin'ny andro Pentekosta, araka ny voalazan'ny Soratra Masina dia nisy firotsahan'ny Fanahy Masina tany Samaria, 50 kilômetatra eo ho eo tany avaratr'i Jerosalema (Asa 8:1-25). Filipo, evanjelista no nitarika io fifohazam-panahy io ary nanampy azy tamin'izany ny apostoly Petera sy Jaona. Ny fandinihana ny hetsika nataon'ireo lehilahy ireo dia manampy antsika hahita fomba azo ampiharina amin'ny fandrisihana ny fifohazam-panahy ao anatin'ny fiangonana.

### Aoka ho feno ho feno ny Fanahy Masina

Ny fomba voalohany hahafahanao, pasitera Pentekôtista manetsika fifohazam-panahy ao anatin'ny fiangonanao dia ny fikatsahanao manokana ny ho feno na hofenoina indray ny Fanahy Masina. Filipo dia iray tamin'ireo "diakona" fito feno ny Fanahy Masina tao Jerosalema (Asa 6:3-5). Mety feno ny Fanahy Masina tamin'ny andro Pentekosta na taoriana kelin'izany izy. Na dia tsy maintsy

niala tao an-tanàna noho ny fanenjehana aza izy dia nitoetra hatrany tao amin'ny fahafenoan'ny Fanahy Masina. Rehefa tonga tany Samaria izy dia nanao asa fanompoana tao anatin'ny herin'ny Fanahy Masina ary nitondra fifohazam-panahy lehibe izany.

Afaka nanetsika fifohazam-panahy tany Samaria i Filipo, sy Petera sy Jaona izay tonga avy Jerosalema mba hanampy azy (8:14-17) satria feno ny Fanahy Masina. Noho izany, ny fifohazam-panahy Pentekôtista dia manomboka amin'ny fahafenoan'ny pasitera sy ny mpitarika ara-panahy hafa ao amin'ny fiangonana amin'ny Fanahy Masina[1].

## Mampiasà finoana feno fahasahiana

Ny fomba faharoa hahafahanao mandrisika fifohazam-panahy ao anatin'ny fiangonanao dia ny fampiasana finoana feno fahasahiana. Rehefa tonga tany Samaria i Filipo dia nihetsika tamim-pinoana. Vokany, nohamafisin'Andriamanitra tamin'ny alalan'ny fahagagana ny hafatra notoriany ary betsaka no voababo ho an'ny Tompo (Asa 8:5-8).

Tahaka an'i Filipo, mila mino ianao fa tena misy ny fifohazam-panahy. Tsy maintsy resy lahatra tanteraka ianao fa Andriamanitra dia afaka manao izay nampanantenainy (jereo Rom. 4:18-21). Raha efa izany, tokony hihetsika amim-pahasahiana sy amim-pahatokiana ianao manoloana ny teny fikasan'Andriamanitra ny amin'ny hahatongavan'ny fifohazam-panahy. Raha hanao izany ianao, dia hifindra ny finoanao. Rehefa hitan'ny mpikambana ao amin'ny fiangonana fa mihetsika amim-pinoana ny pasitera, dia hientana ihany koa izy ka hino fifohazam-panahy avy amin'Andriamanitra

## Torio i Kristy

Ny fomba fahatelo hitarihanao ny fiangonanao amin'ny fifohazam-panahy dia ny fitoriana amim-pahatokiana ny filazantsaran'i Kristy. Hoy ny Baiboly: "Ary Filipo nidina tany an-tanàna any Samaria ka nitory an'i Kristy tamin'ny olona tao"

---

[1] Raha mila fanazavana fanampiny mikasika ny fahatsapan'ny pasitera momba ny Fanahy Masina ianao dia jereo ny toko 1 "Olon'ny traikefa".

(Asa 8:5). Fanaon'ny kristiana nanerana ny bokin'ny Asan'ny Apostoly izany (jereo ny Asa 2:22; 3:13; 4:2, 33; 9:22; 16:31). Raha tianao ny fiangonanao hahatsapa ny fifohazam-panahy marina nisy tao amin'ny Testamenta Vaova, tsy maintsy manao tahaka an'i Filipo sy ny apostoly ianao. Tsy maintsy mitory an'i Kristy amim-pahatokiana amin'ny olona rehetra. Ary tsy maintsy ampianarinao hanao izany ihany koa ny vahoakanao[2].

**Mivavaha ho an'ny marary**

Fahefatra, afaka mitarika ny fiangonanao ao anatin'ny fifohazam-panahy marina toy izay hita tao amin'ny Testamenta Vaovao amin'ny alalan'ny fivavahana ho an'ny marary sy ny manana olana ianao. Izany nefa dia tsy maintsy atao ao anatin'ny fanantenana fa Andriamanitra dia hanamafy ny Teniny amin'ny alalan'ny famantarana sy fahagagana mihoatra ny voajanahary. Tany Samaria: "…ny vahoaka betsaka dia niray hevitra nihaino izay nolazain'i Filipo, raha nandre azy sy nahita ny fahagagana nataony" (Asa 8:6). Tafiditra tao anatin'ireo fahagagana ireo ny fanafahana tamin'ny fomba mahery vaika sy ny fanasitranana mahagaga. Vokany, nisy fifaliana lehibe teo amin'ny vahoaka, betsaka no voavonjy, ary tonga tao an-tanànany fifohazam-panahy.[3]

**Asongadino ny batisa amin'ny Fanahy Masina**

Ny fomba fahadimy hitarihanao ny fiangonanao amin'ny fifohazam-panahy dia ny fanindrinao matetika ny ilan'ny mpikambana ao aminao ny batisa amin'ny Fanahy Masina. Rehefa nahare ny apostoly tany Jerosalema fa nandray ny filazantsara ny tany Samaria, avy hatrany izy ireo dia naniraka an'i Petera sy Jaona hivavaka mba handraisan'izy ireo ny Fanahy Masina (Asa 8:14-17). Ny pasitera Pentekôtista rehetra maniry hahita ny fiangonany miaina ny tena fifohazam-

---

[2] Raha te handalina bebe kokoa momba ny Toriteny ianao dia jereo ny Toko 16: "Toriteny voahosotrin'ny Fanahy Masina".

[3] Raha te handalina mikasika ny asa fanompoana mihoatra ny voajanahary ianao, jereo ny boky "Asa fanompoana amin-kery" na Power Ministry: How to Minister in the Spirit's Power nosoratan'i Denzil R.Miller ary azo alaina maimaimpoana ao amin'ny traokalan'ny Africa Theological Training Service (ATTS): https://africaatts.org/.

panahy marina dia tsy maintsy manao izany.Tsy maintsy mampianatra sy mitory matetika mikasika ny batisa amin’ny Fanahy Masina izy ireo. Tsy maintsy mivavaka miaraka amin’ny olony ihany koa mba handraisan’izy ireo ny Fanahy Masina. Izany dia hanomana tanteraka ny fiangonana handray anjara amin’ny fifohazam-panahy sy ny fitoriana ny filazantsara amin’ny olona very[4].

**Tariho ny fijoroana vavolombelona**

Ny fomba fahenina hitarihanao ny fiangonanao amin’ny fifohazam-panahy dia ny fitarihana ny fiangonanao amin’ny fijoroana vavolombelona amin’ny very. Tamin’ny alalan’ny fijoroana vavolombelona feno fasahiana tamin’ny very no nanombohan’i Filipo ny fifohazam-panahy tany Samaria. Noho ny fanaovany izany, tonga fianarana ho an’ny fiangonana izy. Fantantsika tsara fa tao anatin’ny fotoana fohy ny kristiana vaovao tany Samaria dia efa nanaraka ny ohatra nasehon’i Filipo ka nijoro vavolombelona “Dia nanam-piadanana ny fiangonana eran'i Jodia sy Galilia ary Samaria rehetra, sady nandroso tsara sy nandeha tamin'ny fahatahorana ny Tompo sy ny famporisihan'ny Fanahy ka nihamaro” (Asa 9:31).

Raha maniry ny fifohazam-panahy marina ao anatin’ny fiangonana ianao, pasitera Pentekôtista, dia tsy maintsy manaraka ny ohatra nasehon’i Filipo. Tsy tokony haniraka ny olona hijoro vavolombelona fotsiny ianao. Ianao no tsy maintsy ohatra tsara mitarika ny olona amin’izany[5].

---

[4] Raha te hahafantatra bebe kokoa mikasika ny fivavahana ho an’ny mpino mba handraisan’izy ireo ny Fanahy Masina ianao dia jereo ny toko 10: “Mihazona ny fahamarinana Pentekôtista” sy ny Toko 20 “Fitarihana ny mpino amin'ny Batisa amin'ny Fanahy Masina”.

[5] Raha te handalina bebe kokoa mikasika ny fitarihana ny mpino amin’ny fitoriana filazantsaraao anatin’ny herin’ny Fanahy Masina ianao dia jereo ny Toko 36: “Mahatakatra ny paikadin'ny Testamenta Vaovao” sy ny Toko 37: “Fitoriana ny filazantsara amin'ny very”.

**Maharetà mivavaka**

Farany, afaka mitarika ny fiangonana amin'ny fifohazam-panahy amin'ny alalan'ny fanehoana amin'ny fiangonana ny tokony ho fomba fivavaka, araka ny efa noresahantsika tany aloha. Rehefa tonga tany Samaria ny apostoly Petera sy Jaona dia "nivavaka ho an'ny olona mba handraisany ny Fanahy Masina" (Asa 8:15). Raha tianao ny hahita fifohazam-panahy marina ao anatin'ny fiangonanao, tsy maintsy mitarika ny olona hivavaka ianao. Ary tsy maintsy maharitra mivavaka mandra-pahazoana ny valiny. Tsarovy ny tenin'i Paoly hoe: "Ary aza mba ketraka amin'ny fanaovan-tsoa isika; fa amin'ny fotoan'andro no hijinjantsika, raha tsy reraka isika" (Gal. 6:9)[6].

---

Mba hahafahana mitoetra ho vavolombelona eo amin'ny fiaraha-monina sy ato anatin'izao tontolo izao, ny fiangonana Pentekôtista tsirairay dia tsy maintsy miaina firotsahan'ny Fanahy Masina amin'ny fomba miverimberina. Ny pasitera Pentekôtista no tsy maintsy mitarika izany. Izy no mametraka ny ohatra amin'ny alalan'ny fikatsahany amin'ny fony rehetra ny fifohazam-panahy. Tsy maintsy mampianatra ny olona hanao tahaka izany ihany koa nefa izy. Afaka mampahery ny tenany amin'ny alalan'ny teny fampanantenana nataon'Andriamanitra tamin'i Joela, izay notanisain'i Petera tamin'ny andro Pentekosta izy ireo: "Ary amin'ny andro farany, hoy Andriamanitra, no handatsahako ny Fanahiko amin'ny nofo rehetra, Ary ny zanakalahinareo sy ny zanakavavinareo haminany, Ary ny zatovonareo hahita fahitana, ary ny lahi-antitrareo hanonofy; Ary ny mpanompoko, na lahy na vavy, Dia handatsahako ny Fanahiko amin'izany andro izany, Ka dia haminany izy" (Asa 2:17-18).

[6] Raha te handalina bebe kokoa mikasika ny fitarihana ny fiangonana ao anatin'ny vavaka ianao dia jereo ny Toko 8 "Laharam-pahamehanan'ny vavaka".

# ~ Toko 20 ~

# Fitarihana ny Mpino amin'ny Batisa amin’ny Fanahy Masina

Efa akaiky hiverina any an-danitra i Jesosy. Avelany hotohizan’ny fiangonana ny asa natombony. Tao anatin’ny fanomanana ny fiaingany dia nanangona ny Mpianany teny amin’ny tampon’ny tendrombohitra tany ivelan’i Jerosalema Izy. Teo no nanomezany azy ireo ny baiko sy ny teny fikasana farany.

Hoy Izy nandidy azy ireo: “...namepetra azy tsy hiala an'i Jerosalema, fa hiandry ny teny fikasan'ny Ray, izay efa renareo tamiko, hoy Izy; fa Jaona nanao batisa tamin'ny rano; fa ianareo kosa hatao batisa amin'ny Fanahy Masina, rehefa afaka andro vitsivitsy” (Asa 1:4-5). Izao kosa no fampanatenany: “Fa hahazo hery ianareo amin'ny hilatsahan'ny Fanahy Masina aminareo, ary ho vavolombeloko any Jerosalema sy eran'i Jodia sy Samaria ary hatramin'ny faran'ny tany” (and.8). Tamin’ny alalan’ireo toromarika ireo, Jesosy dia nanetsika ny fiangonana, izay vao nisondrotra hanatanteraka ny iraka nankininy tamin’izy ireo.

Tahaka izany koa, ny pasitera Pentekôtista tsirairay dia tsy maintsy manetsika ny fiangonany handray anjara amin’ny iraka fanavotana nandidin’i Kristy. Tahaka an’i Jesosy, tsy maintsy azon’izy ireo antoka fa ny olony izay manatanteraka ny asa fijoroana vavolombelona amin’ny very dia vita batisa amin’ny Fanahy Masina

sy voatafy ny hery. Tsy ho vonona handray anjara amun’ny irak’Andriamanitra ny fiangonana raha tsy nandray ny teny fikasana avy any amin’ny avo aloha ny mpitarika sy ny mpikambana ao aminy (Lioka 24:49). Ity toko ity dia hiresaka mikasika izany lohahevitra manan-danja izany sy hanampy amin’ny fanomanana anao amin’ny fitarihana ny mpikambana ao aminao amin’ny batisa amin’ny Fanahy Masina.

## INONA NY BATISA AMIN’NY FANAHY MASINA?

Ny batisa ao amin’ny Fanahy Masina (na koa batisa amin’ny Fanahy Masina) dia fahatsapana mahery vaika manova fiainana. Fihaonana amin’Andriamanitra amin’ny alalan’ny fampidinany ny Fanahiny Masina amin’ny mpanara-dia an’i Jesosy ary fanafiana sy famenoana azy ireo amin’ny Heriny sy ny fanatrehany. Ny batisa ao amin’ny Fanahy Masina dia izay nitranga tamin’ny mpianatra 120 tamin’ny andro Pentekosta. Tahaka izao no anoritsoritan’ny Baiboly ny fahatsapan’izy ireo: “

Ary nony tonga ny Andro Pentekosta, dia teo amin'ny fitoerana iray izy rehetra. Ary nisy feo tonga tampoka avy tany an-danitra, toy ny rivotra mahery mifofofofo, ka nanenika ilay trano niangonany. Ary nisy lela maro mitarehin'afo niseho taminy, izay nizarazara; ary nipetraka tamin'izy rehetra isan-olona izany. Ary samy feno ny Fanahy Masina izy rehetra, ka dia niteny tamin'ny fiteny maro samy hafa, araka ny nampitenenan'ny Fanahy Masina azy (Asa 2:1-4).

Diniho izay nitranga tamin’ny mpianatra tamin’io andro io. Voalohany, tonga tamin’izy ireo ny Fanahy Masina, araka izay nambaran’i Jesosy ao amin’ny Asa 1:8. Manaraka izany, niditra tao anatin’izy ireo ny Fanahy Masina, nameno azy ireo tamin’ny Heriny sy ny Fanatrehany. Vokany, nanomboka niteny tamin’ny fiteny izay nampitenenan’ny Fanahy Masina azy avy izy ireo. Farany, nanomboka nijoro vavolombelona tamim-pahombiazana izy ireo ary narahana famantarana izany (Asa 2:14-41). Nitohy nanerana ny bokin’ny Asan’ny Apostoly io fisehoan-javatra io. Afaka manantena ny hitohizan’izany ihany koa isika amin’izao androntsika izao.

Miaraka amin’izany ao anatin’ny saina, afaka manamafy zavatra telo mikasika ny batisa amin’ny Fanahy Masina isika:

*1. Fahatsapana mahery vaika izany.* “Fanafiana ny hery avy amin’ny avo” (Lioka 24:49) no namaritan’i Jesosy azy. Nampanantena Izy hoe: “Fa hahazo hery ianareo amin'ny hilatsahan'ny Fanahy Masina aminareo” (Asa 1:8). Rehefa feno ny Fanahy Masina ny olona dia mihaona amin’ny herin’Andriamanitra.

*2, Fampanantenana ho an’ny mpino rehetra izany*. Jesosy dia nilaza fa ny Ray izay any an-danitra dia hanome malalaka ny Fanahy Masina ho an’izay Zanany mangataka Aminy amin’ny finoana (Lioka 11:13; Marka 11:24).Tao anatin’ny toriteniny tamin’ny Andro Pentekosta, dia izao no nambaran’i Petera mikasika io fahatsapana io: “fa ny teny fikasana dia ho anareo sy ny zanakareo ary ho an'izay rehetra lavitra, na iza na iza hantsoin'i Jehovah Andriamanitsika hanatona Azy” (Asa 2:39).

*3. Baiko ho an’ny mpino rehetra izany.* Nodidian’i Jesosy ny mpianany mba: “tsy hiala an'i Jerosalema, fa hiandry ny teny fikasan'ny Ray” (Asa 1:4). Tahaka izany koa, Paoly dia nandidy ny mpino tao Efesosy hoe “aoka hofenoina ny Fanahy” (Efe. 5:8). Satria ny mpino tsirairay no notendrena ho vavolombelon’i Kristy, midika izany fa ny mpino tsirairay dia tsy maintsy tafiana ny herin’ny Fanahy Masina (Lioka 24:48-49; Asa 1:8; 5:32).

Ankoatr’izany, ny batisa amin’ny Fanahy Masina dia mampitao ny kristiana hiaina amin’ny fomba mahafaly an’Andriamanitra (Gal. 5:16). Manatsara ny fahaizany mivavaka (Rom. 8:26-27). Tonga miaraka amin’ny batisa amin’ny Fanahy Masina ny fahafahan’ny olona iray mampiasa ny fanomezam-pahasoavana (1 Kor. 12:7-10). Fanampiny, ny batisa amin’ny Fanahy Masina dia mamokatra fahamora-tohina amin’ny zavatra momba an’Andriamanitra (Jaona 16: 8; 1 Kor. 2:12), fahatakarana bebe kokoa ara-panahy (Jaona 3:8; 1 Kor. 2:14), fitiavana lalina an’Andriamanitra (Rom. 5:5), ary fanokanan-tena lehibe ho an’ny Asan’Andriamanitra (Asa 4:20; 5:29). Ilain’ny kristiana tsirairay ny batisa amin’ny Fanahy Masina.

## MANDRISIKA NY BATISA AMIN’NY FANAHY MASINA

Manoloana ny fahamarinan’izay voalaza teo aloha, ny pasitera Pentekôtista dia hiasa mafy hanetsika sy hitarika ny mpikambana ao aminy ho amin’ny batisa amin’ny Fanahy Masina. Ireo misy paikady dimy azonao ampiasaina hampaherezana sy hanampiana ny olona handray ny batisa amin’ny Fanahy Masina:

*1. Ampio izy ireo hahatakatra.* Voalohany, azonao atao ny mampahery ny olona ho feno ny Fanahy Masina amin'ny alalan'ny fanampiana azy ireo hahatakatra ny toetra, ny tanjona, ary ny maha zava-dehibe izany fahatsapana izany. Azo tanterahana amin'ny alalan'ny fitoriana sy fampianarana matetika mikasika ny lohahevitra momba ny Fanahy Masina izany. Rehefa mahafantatra bebe kokoa ny Fanahy Masina ny mpino dia vonona kokoa amin'ny famaliana Azy sy ny fandraisana ny fahafenoana[1].

*2. Aoka ianao hamboly fanirina.* Izao no nambaran'i Jesosy raha niresaka mikasika ny Fanahy Masina Izy: "Raha misy olona mangetaheta, aoka izy hanatona Ahy ka hisotro" (Jaona 7:37). Tamin'ny fotoana hafa indray dia nampanantena Izy hoe: "Sambatra ny noana sy mangetaheta ny fahamarinana; fa izy no hovokisana" (Mat. 5:6). Araka izany, ny hanoanana sy hetaheta dia anisan'ireo zavatra takian'Andriamanitra amin'ny fandraisana ny Fanahy Masina. Ny fahafantarana izany dia tokony hahatonga anao te hahita ny olonao haniry ny hotafiana ny herin'ny Fanahin'Andriamanitra. Iray amin'ny fomba azonao ampiasainy ny fanampiana azy ireo hahazo fa hitondra fitahiana maro eo amin'ny fiainan'izy ireo ny fahafenoan'ny Fanahy Masina. Ao anatin'izany fitahiana izany ny hery entina mijoro vavolombelona, ny fiarahana mandeha akaiky amin'Andriamanitra, ny fanampiana ao anatin'ny vavaka, ny fandresena ny fakam-panahy, sy ny maro hafa. Afaka mamorona fanirina ny Fanahy ao anatin'ny fon'ny olona amin'ny alalan'ny fanehoana fiainana feno ny Fanahy eo anatrehan'izy ireo koa ianao. Rehefa mahita ny fanomezam-pahasoavana sy ny vokatrin'ny Fanahy ao amin'ny fiainan'ny pasitera ny mpino dia ho teraka ao anatin'ny fon'izy ireo ny fanirina hofenoina ny Fanahy.

*3. Hetseho ny finoana.* Averiko eto, hoy i Jesosy tamin'ny fotoana niresahany mikasika ny Fanahy: "Izay mino Ahy, dia hisy onin'ny rano velona miboiboika avy ao an-kibony" (Jaona 7:38). Nanazava ihany koa i Paoly: "mba horaisintsika

---

[1] Ny boky *Proclaiming Pentecost:100 Sermon Outlines on the Power of the Holy Spirit na* "Manambara ny Pentekosta: Drafitra toriteny 100 mikasika ny herin'ny Fanahy Masina" dia azontsika alaina maimaimpoana ao amin'ny DecadeofPentecost.org. Misy amin'ny fiteny samihafa.

amin'ny finoana ny teny fikasana ny amin'ny Fanahy" (Gal. 3:14). Satria raisina amin'ny finoana ny Fanahy, midika izany fa mila manomana ny olonao handray ny Fanahy Masina amin'ny alalan'ny fananganana finoana ny teny fikasan'Andriamanitra ao anatin'izy ireo ianao.

Ohatra, azonao atao ny mampahatsiahy azy ireo ny tenin'i Kristy ao amin'ny Lioka 11. Ao Jesosy dia nilaza hoe: "Ary hoy izaho aminareo: Mangataha, dia *homena* ianareo; mitadiava...Fa *izay rehetra* mangataka no mahazo..." (and. 9-10; jereo koa ny and. 13). Ny teny hoe *izay rehetra* eto amin'ity andalana ity dia manondro ny zanak'Andriamanitra tsirairay – ao anatin'izany izy ireo. Azonao zaraina amin'izy ireo koa ny teny fikasana ao amin'ny Marka 11:24 sy ny Asa 2:39. Fanampin'izany, azonao atao koa ny manangana ny finoana'izy ireo amin'ny alalan'ny fizarana ny fijoroana vavolombelon'ireo nofenoin'Andriamanitra ny Fanahiny sy nampiasainy ho Voninahiny.

*4. Mamoronà tontolo*. Ny fomba iray sady manan-danja hahafanao manampy ny olonao ho feno ny Fanahy dia ny famoronana tontolo ao anatin'ny fotoam-bavaka. Ny batisa amin'ny Fanahy Masina dia mora raisina ao anatin'ny tontolo misy finoana avo sy fanatrehan'ny Fanahy matanjaka. Antsoina hoe avo ny finoana rehefa miandrandra mafy ny hetsikin'ny Fanahy ny vahoakan'Andriamanitra. Manantena izy ireo fa Andriamanitra dia hanatanteraka avy hatrany ny Teny fikasany. Azo lazaina fa mahery ny fanatrehan'ny Fanahy rehefa tsapan'ny olona fa akaiky dia akaiky tokoa Andriamanitra. Tahaka an'i Jakoba, afaka manamarina izy ireo hoe: "Ato amin'ity fitoerana ity tokoa Jehovah" (Gen. 28:16)

Aza hadinoina, tamin'ny Andro Pentekosta, ny voalohany nofenoin'ny Fanahy Masina dia ny toerana, taorian'izay vao nofenoina ny olona (Asa 2:3-4). Voalohany, tsapa ny fanatrehan'ny FanahyMasina ary noraisina izany avy eo. Ny fanatrehan'ny Fanahy dia azo ambolena amin'ny alalan'ny vavaka amin'ny fo, ny fankatoavana amin'ny Teny, ny fiderana voahosotra, ary ny fisokafana amin'ny Fanahy.

*5. Manomezà fahafahana*. Farany, raha manantena hahita ny mpikambana ao aminao handray ny Fanahy Masina ianao, dia mila manome fahafahana azy ireo handray izany. Tokony hataonao matetika izany. Ny vavaka fangatahana ny Fanahy dia tsy maintsy atao tsy tapaka ao anatin'ny fotoam-bavaka fiderana ao

amin'ny fiangonanao. Fanampin'izany, tsy maintsy manao antso eny amin'ny alitara tsy tapaka ianao ary ao anatin'izany ny fanasana ny olona handray ny Fanahy.

Rehefa mandamina ny fandaharam-potoanan'ny fotoam-bavaka sy fiderana ianao dia ataovy azo antoka fa misy fotoana ampy tsara hivavahana eny amin'ny alitara alohan'ny hiravana. Fanampiny, tsy maintsy manofana ny mpiara-miasa aminao amin'ny fitarihana ny olona ao anatin'ny batisa amin'ny Fanahy Masina ihany koa ianao. Ankoatr'izany, tokony hisy fotoana hatokana ho an'ny fikatsahana ny herin'ny Fanahy Masina ihany koa mandritra ny fotoam-bavaka sy ny fotoanan'ny vondrom-bavaka.

## MIARA-MIVAVAKA AMIN'NY MPINO MBA HANDRAISANY NY FANAHY MASINA

Efa nanolotra toriteny momba ny batisa amin'ny Fanahy Masina ianao ary efa vonona hofenoina ny Fanahy Masina ny mpino. Inona no tokony hataonao manaraka? Ahoana no hahafahanao mitarika azy ireo amim-pahombiazana amin'ny fikatsahana ny batisa amin'ny Fanahy Masina?

Voalohany, tena zava-dehibe ny zavatra miseho ao amin'ny fiainan'ny mpino rehefa manomboka feno Fanahy Masina izy ireo. Tahaka ny tamin'ny andro Pentekosta, tonga tamin'izy ireo aloha ny Fanahy (Asa 2:3). Taorian'izay Izy dia niditra ao anatin'izy ireo ary nameno azy tamin'ny heriny sy ny fanatrehany (and. 4a). Farany, ny Fanahy dia nitosaka avy ao anatin'izy ireo tamin'ny alalan'ny teny nampiteniny azy avy (and. 4b). Tokony hanantena hahita ireo hitranga eo amin'ny fiainan'ny mpino ianao rehefa mandray ny batisa amin'ny Fanahy Masina izy ireo.

Tokony hotadidinao tsara ihany koa mandritra ny dingana rehetra fa izay mikatsaka ny Fanahy Masina dia mila mihetsika amin'ny finoana (Gal. 3:2, 5, 14). Aza hadinoina fa ny finoana no hanomana ny fon'izy ireo handray ny Fanahy; ny finoana no hampidina ny Fanatrehany, ary ny finoana no hampitosaka ny herin'ny Fanahy amin'ny alalan'ny teny ampiteneniny azy ireo. Hazontsika tsara ao anatin'ny saina ireo mandritra ny fotoana hitarihantsika ny mpino ao amin'ny batisa amin'ny Fanahy Masina.

**Dingana telon’ny Finoana**

Ao amin’ny Lioka 11:9-13, Jesosy dia nampianatra ny Mpianany ny fomba hahafahan’izy ireo mangataka sy mandray ny Fanahy Masina. Io andalana io sy ny Asan’ny Apostoly 2:1-4 izay mitantara ny fahatsapan’ny mpianatra 120 tamin’ny andro Pentekosta dia samy manolotra dingana telo amin’ny fandraisana ny Fanahy Masina. Ireo dingana telo ireo dia ny fangatahana amin’ny finoana, ny fandraisana amin’ny finoana ary ny fitenenana amin’ny finoana. Tahaka izao no fitarihana ny mpino amin’ireo dingana telo ireo:

*Dingana voalohany: Fangatahana amin’ny finoana*. Voalohany, tariho hangataka ny Fanahy Masina ny mpino. Ampahatsiahivo ny fampanantena nataon’i Jesosy: “Mangataha, dia *homena* ianareo” (Lioka 11:9). Tahaka ny ataonao rehefa mitarika ny mpanota hanao vavaka fanoloran-tena, azonao atao koa ny mitarika ny mpino amin’ny vavaka fangatahana hofenoina ny Fanahy Masina. Omeo toromarika izy ireo fa rehefa mivavaka dia tokony hatoky fa henon’Andriamanitra ny vavaka ataony ary hovaliany izany. Tokony ho tahaka izao ny vavaka, ary asaina averin’izay mangataka hofenoina ny Fanahy Masina

> “Tompo, manatona anao aho mba hofenoina ny Fanahy Masina...nampanantena ianao fa hahazo hery aho rehefa milatsaka amiko ny Fanahy... ilaiko izany hery izany mba hahatonga ahy ho vavolombelonao....Nampanantena ihany koa ianao fa izay rehetra mangataka dia...Mangataka aho, ary noho izany, manantena handray. Rehefa mandray aho dia hiteny amin’ny finoana....tsy hatahotra aho...hanomboka hiteny amin’ny fiteny omen’ny Fanahy Masina ahy ahi izao”.

Raha vao vita izany vavaka izany dia omeo toky ny olona fa henon’Andriamanitra ny vavaka nataony ary vonona hameno azy ireo amin’ny Fanahy Masina Izy izao. Ampaherezo izy ireo hanokatra ny fony amin’ny fahatongavan’ny Fanahy Masina aminy. Tokony hahatsapa ny fanatrehan’ny Fanahy Masina izy ireo. Azonao atao ny manokana fotoana fohy hiarahana midera ny Tompo sy hamaliana ny fahatongavan’ny Fanahy Masina.

*Dingana faharoa: Fandraisana amin’ny finoana*. Eto, tariho ao anatin’ny dingana finoana ny mpino. Hoy i Jesosy: “izay rehetra mangataka *no mahazo” (*Lioka 11:10). Fandraisana ao anatin’ny fientanana no resahan’i Jesosy. Hoy Izy: “Izay rehetra mangataka dia tsy maintsy miroso amin’ny fandraisana”.

Nambaran'i Jesosy tamin'ny mpianany fa amin'ny alalan'ny hetsika finoana no anatanterahana izany: "Na inona na inona tononinareo amin'ny fivavahana sy angatahinareo, dia minoa fa *efa nandray* ianareo, dia ho azonareo izany" (Marka 11:24)

Ho fitarihana ireo mangataka ny Fanahy Masina ao amin'ny dingan'ny finoana, asao izy ireo hanandratra ny tanany amin'ny lanitra sy hamerina amim-pinoana ity vavaka tsotra ity: "Tompo, amin'izao fotoana izao, raisiko amin'ny anaran'i Jesosy ny Fanahy Masina". Eo amin'io vavaka io no fotoana tokony hanetsehan'izy ireo ny finoany mba handraisany ny Fanahy. Eo izy ireo no tokony "hino fa *efa* nandray:!" Amin'ny fotoana, inoan'izy ireo, ny Fanahy Masina dia hidina ao anaty sy hameno azy. Ampio izy ireo hahatsapa ny hanatrehan'ny Fanahy Masina ao anatiny lalina ao.

*Dingana fahatelo: miteny amin'ny finoana*. Rehefa tonga eto amin'ity dingana ity dia ampaherezo ny mpangataka hihetsika amin'ny finoana sy hanomboka hiteny amim-pahasahiana – tsy avy amin'ny sainy nefa fa avy any anatiny lalina any, avy any amin'izay hahatsapany ny fanatrehan'Andriamanitra ao anatiny (Jaona 7:38). Rehefa mamela ny Fanahy Masina hitosaka ao anatiny sy amin'ny alalan'ny maha izy azy manontolo izy ireo dia hanomboka hiteny amin'ny fiteny izay tsy azony (Asa 2:4;10:46; 19:6). Ny fitenenan'izy ireo dia azo ampitahaina amin'ny dingana nataon'i Petera ho fankatoavana an'i Jesosy rehefa niala tao anaty sambokely izy ary nanomboka nandeha teny ambony rano. Ny fahagagana dia avy amin'ny dingana feno fahasahiana nataony (Marka 14:28-29). Tahaka izany koa amin'izy ireo:! Ampaherezo izay rehetra mangataka ny Fanahy Masina tsy hatahotra fa hiara-hiasa tanteraka amin'ny Fanahy Masina amin'ny alalan'ny fitohizana miteny ao amin'ny finoana.

**Fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra**

Mety hanampy ny firesahana kely mikasika ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra satria matetika dia zavatra vaovao tanteraka amin'izay rehetra tsy mbola niaina azy ity fahatsapana ity. Zava-dehibe ny hahatakarana fa rehefa miteny amin'ny fiteny tsy fantatra ny mpino, ny teny ambaran'izy ireo dia tsy avy amin'ny saina, tahaka ny resaka mahazatra andavanadro. Ny teny dia avy anatin'izy ireo lalina any, avy amin'ny Fanahy. Hoy i Jesosy: "Izay mino Ahy, dia hisy onin'ny rano velona miboiboika avy ao an-kibony, araka ny voalazan'ny Soratra Masina"

(Jaona 7:38). Hoy i Paoly: “Fa izay miteny amin'ny fiteny tsy fantatra dia tsy miteny amin'olona, fa amin'Andriamanitra; fa amin'ny fanahy no itenenany zava-miafina, ka tsy misy olona mahalala” (1 Kor. 14:12). Ampahatsiahivo izay rehetra mangataka ny Fanahy Masina fa ny fitenenana amin’ny fiteny tsy fantatra dia tsy zavatra terena. Tokony hitosaka ho azy ny teny. Ny hany tokony hataon’izy ireo dia ny mamela izany hitranga sy miara-miasa amin’ny Fanahy Masina ary miteny mafy amin’ny finoana.

## Torohevitra aorian’ny vavaka

Aorian’ny vavaka, tena zava-dehibe ny hanomezana torohevitra ny olona nangataka ny batisa amin’ny Fanahy Masina. Tsy tokony hitovy ny torohevitra omenao ny olona efa feno sy ny tsy mbola feno.

Ho an’izany feno ny Fanahy Masina sy miteny amin’ny fiteny tsy fantatra, izao no torohevitra omenao azy: ny fandraisana ny Fanahy Masina dia tsy tanjona farany fa fitaovana mitondra mankany amin’ny tanjona lehibe lavitra. Ny tanjona amin’ny nanomezana ny Fanahy Masina dia ny mba handraisanareo hery ho entina miaina ho an’Andriamanitra sy hahatonga anareo ho vavolombelona voatafy ny hery an’i Kristy. Noho izany, aoka ianareo hanokana fotoana isan’andro hivavahana ao amin’ny Fanahy, izany hoe amin’ny fiteny tsy fantatra. Izany fahazarana izany dia hanatanjaka ny ara-panahinareo sy hampahatsiaro anareo mandrakariva ny fanatrehan’ny Fanahy Masina ao anatiny (1 Kor. 14:4).

Ho an’izay rehetra nangataka, kanefa tsy feno ny Fanahy Masina dia izao no torohevitra omenao: tsy tokony ho kivy isika ary tokony hatoky hatrany fa marina ny teny fampanantenana nataon’i Jesosy: “Mangataha, dia *homena* ianareo” (Lioka 11:9). Mampirisika antsika hitohy hangataka, hitady ary handondonà, araka ny nampianarin’i Jesosy. Mandritra ny fotoana anaovantsika izany dia tokony hazonintsika ao an-tsaina hatrany ny teny fikasan’i Jesosy: “izay rehetra mangataka *no mahazo” (*Lioka 11:10). Azonao atao koa ny manontany raha mbola tian’izy ireo ny hivavaka indray mandeha. Raha eny, avereno hatramin’ny voalohany ny dingana teo aloha ary ampaherezo izy ireo hihetsika amim-pasahiana amin’ny finoana.

## MANETSIKA IREO NANDRAY NY FANAHY MASINA

Amin'ny maha pasitera Pentekôtista, tsy tokony hiala ao an-tsainao ny antony nanaovan'i Jesosy batisa amin'ny Fanahy Masina ny mpanaraka Azy. Natao batisa amin'ny Fanahy Masina izy ireo mba hahazo hery ka ho vavolombelony (Asa 1:8). Noho izany, tokony hampaherezinao izay rehetra feno ny Fanahy mba hanomboka hijoro vavolombelona avy hatrany amin'ny ankohonany sy ny namany. Tokony hotarihanao hitory ny filazantsara amim-pahasahiana, hanangana fiangonana ary handray anjara amin'ny asa misiona izy ireo. Izany no nataon'i Jesosy sy ny apostoly ao amin'ny filazantsara efatra sy ny bokin'ny Asan'ny Apostoly[1].

Raha vao nohosorana (natao batisa) tamin'ny Fanahy Masina i Jesosy dia nanomboka nanao asa fanompoana tamin-kery (Lioka 3:22-23; 4:8; 14, 18-19; 5:17). Raha vao nandray ny Fanahy Masina i Petera tamin'ny Andro Pentekosta dia nitsangana izy sy ny mpianatra ary nitory ny filazantsara tamin-kery lehibe ka telo arivo ny olona niverina tamin'ny Tompo tamin'izany (Asa 2:14-41). Izay rehetra niverina tamin'ny Tompo ihany koa dia nijoro vavolombelona tamin-kery avy hatrany. Noho ny fijoroana vavolombelon'izy ireo, "ny olom-bonjena dia nanampin'ny Tompo isan'andro ho isan'ireo" (and.47). Andro vitsy taorian'io, rehefa nandatsaka ny Fanahiny tamin'ny mpianatra tao Jerosalema indray ny Tompo dia: "feno ny Fanahy Masina izy rehetra ka nitory ny tenin'Andriamanitra tamin'ny fahasahiana" (4:31). Nitohy nanerana ny bokin'ny Asan'ny Apostoly izany modely izany, ary mbola tokony hitohy ao anatin'ny fiangonana Pentekôtista amin'izao andro ankehitriny izao.

[1] Raha mila fanazavana bebe kokoa mikasika io lohahevitra io ianao dia jereo ny Toko 37: "Fitoriana ny filazantsara amin'ny very sy nyToko 39: "Fananganana fiangonana vaovao"

# ~ Toko 21 ~

# Fanaovana asa fanompoana ao amin'ny herin'ny Fanahy Masina

Henry sy Rota vadiny dia nanao asa fanompoana misionera tamin'ny vahoaka mpanompo sampy tany amin'ny tanàna antsoina hoe Glofaken, tany atsimo atsinanan'i Liberia. Nandritra ny fotoana maharitra i Henry no nanentana mafy ny hialan'ny olona amin'ny sampy sy hiveriny amin'i Jesosy, kanefa vitsy ihany no namaly ny antsony.

Indray andro, tonga nitsidika an'i Henry ny loholona teo an-tanàna. Hoy izy taminy: "Niantsy anay ianao mba handao ny sampin'ny ray aman-dreninay sy hanaraka ny Andriamanitrao. Nolazainao fa mahery noho ny sampinay ny Andriamanitrao, kanefa, tsy mbola hitanay akory ny herin'izany Andriamanitra hireharehanao izao. Raha azonao aseho anay ny Heriny dia hiala amin'ny sampinay izahay ary hanompo Azy".

Fantatr'i Henry fa tsy nihaika azy fotsiny ihany ilay loholona fa nihaika an'Andriamanitra:! Noho izany, nivavaka izy, "Tompo, asehoy amin'ny olona eto Glofaken ny herinao". Novalian'Andriamanitra ny vavaka nataon'i Henry, ary nanomboka naneho ny heriny tamin'ny alalan'ny asa fanompoany Andriamanitra.

Indray maraina, nanatona an'i Henry ilay loholona tao an-tanana ary nangataka azy hivavaka mba hanalan'Andriamanitra aminy ny zavomaso izay nandrakotra ny masony sy tsy nahafahany nahita tsara araka ny tokony ho izy. Nametra-tanana tamin'ilay lehilahy i Henry sady nivavaka, nangataka an'Andriamanitra hanao fahagagana. Novalian'Andriamanitra avy hatrany ny vavaka nataon'i Henry hany ka nanjavona tanteraka ilay zavomaso.

Taorian'izay, nitohy nanao fahagagana teo anivon'ny olona tao Glofaken hatrany Andriamanitra. Indray mandeha, nirahan'Andriamanitra i Henry mba hametra-tanana amin'ny vehivavy maty efa halevina. Talanjona ny olona rehetra rehefa nahita ny mason-dravehivavy nihiratra sy nahita azy velona. Noho io fahagagana io sy ny maro hafa, niala tamin'ny fanompoan-tsampy ny loholona sy ny lehibe tao an-tanana ary nametraka ny finoany tao amin'i Jesosy. Maro tamin'ny olona tao an-tanàna Glofaken ihany koa no nanao tahaka azy ireo. Fiangonana matanjaka feno ny Fanahy Masina no niorina taorian'izany.

Ao anatin'ny iraka lehibe, Jesosy dia nandidy ny Fiangonany hoe: "Mandehana any amin'izao tontolo izao ianareo, ka mitoria ny filazantsara amin'ny olombelona rehetra. Izay mino sy atao batisa no hovonjena; fa izay tsy mety mino no hohelohina" Misy teny fikasana nampiarahany amin'io Iraka: "Ary izao famantarana izao no hanaraka izay mino: hamoaka demonia amin'ny anarako izy; hiteny amin'ny fiteny izay tsy mbola hainy izy; handray menarana izy; ary na dia misotro zava-mahafaty aza izy, dia tsy hampaninona azy izany; hametra-tanana amin'ny marary izy, dia ho sitrana ireny" (Marka 16:15-18). Tao anatin'ny tantaran'ny fiangonana, nametraka ny finoany tamin'i Jesosy ny olona satria nahare ny filazantsara sy nahita ny fanehoana ny herin'ny Fanahy.

Ato amin'ity toko ity isika dia hiresaka mikasika ny maha zava-dehibe ny hanaovan'ny pasitera Pentekôtista ny asa fanompoany anatin'ny herin'ny Fanahy. Ao anatin'izany isika dia hijery ireo fisehoan'ny fanomezam-pahasoavana voatanisa ao amin'ny 1 Korintiana 12:8-10 sy ny tanjon'izy ireo ao anatin'ny asa fanompoana. Hanome antsika taridalana vitsivitsy mikasika ny fampiasana ny fanomezam-pahasoavana ao am-piangonana ihany koa izany.

## ASA FANOMPOANA AO AMIN’NY HERIN’NY FANAHY

Ny pasitera Pentekôtista tsirairay dia tsy maintsy mahay ny fomba hanaovana asa fanompoana ao anatin’ny herin’ny Fanahy Masina miaraka amin’ny famantarana izay manaraka izany. Io karazana asa fanompoana io no fenitra narahana tamin’ny andron’ny Testamenta Vaovao, ary mbola mitoetra ho fakantahaka ho antsika amin’izao vaninandro izao.

Ny loharanon’ny asa fanompoana amin-kery dia ny Fanahin’Andriamanitra. Noho izany, ny olona rehetra maniry hanao asa fanompoana ao anatin’ny herin’ny Fanahy Masina dia tsy maintsy feno ny Fanahy Masina. Azon’i Jesosy tsara izany. Izay no antony namelany baiko farany ho an’ny mpianatra talohan’ny niakarany any an-danitra: “Ary raha niara-niangona teo aminy Jesosy, dia namepetra azy tsy hiala an'i Jerosalema, fa hiandry ny teny fikasan'ny Ray, izay efa renareo tamiko, hoy Izy; fa Jaona nanao batisa tamin'ny rano; fa ianareo kosa hatao batisa amin'ny Fanahy Masina, rehefa afaka andro vitsivitsy” (Asa 1:4-5). Nampantena azy ireo i Jesosy hoe: “Fa hahazo hery ianareo amin'ny hilatsahan'ny Fanahy Masina aminareo, ary ho vavolombeloko any Jerosalema sy eran'i Jodia sy Samaria ary hatramin'ny faran'ny tany” (and. 8).

Mampalahelo fa maro ny pasitera eto Afrika amin’izao androntsika izao no tsy nandray ny fanafiana ny herin’ny Fanahy. Noho izany, tsy feno ny Fanahy Masina ireo lehilahy sy vehivavy ireo ka tsy mahita ny fisehoan’ny herin’ny Fanahy Masina ao anatin’ny asa fanompoany. Mahavaky fo izany. Raha tsy mbola feno ny Fanahy Masina ianao dia mila mikatsaka an’Andriamanitra “mandra-panafiana anao amin'ny hery avy any amin'ny avo” (Lioka 24:49). Andriamanitra dia hameno anao amin’ny Fanahy sy hanafy hery anao ho amin’ny asa fanompoana, tahaka ny nataony tamin’ireo mpianatra tamin’ny Andro Pentekosta (Asa 2:1-4)[1].

Ankoatr’izany, misy koa ireo pasitera feno ny Fanahy Masina kanefa tsy tena mahita loatra ny herin’ny Fanahy Masina ao anatin’ny asa fanompoany. Tsy vitsy

---

[1] Raha mila fanazavana mikasika ity lohahevitra ity ianao dia jereo ny Toko 2 “Olon’ny Fanahy” sy ny Toko 20 “Fitarihana ny mpino ao amin’ny batisa amin’ny Fanahy Masina”.

ireo pasitera mihevitra fa ny hany tanjon'ny fahafenoan'ny Fanahy Masina dia ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra. Tahaka ny mpihaza manadio ny basiny isa-maraina, manao tifi-danitra vitsivitsy, mampirina ny basiny ary manantena ny vadiny hahandro hena tsara izy ireo. Amin'ny teny hafa, mitabataba fotsiny izy ireo kanefa tsy mahavita afa-tsy zavatra kely monja.

Na dia tafiditra ao anatin'ny fisehoan'ny Fanahy Masina aza ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra, tsy izany no tena tanjona voalohany amin'ny nanomezana ny batisa amin'ny Fanahy Masina. Ny tanjona voalohany amin'ny fahafenoan'ny Fanahy Masina dia fanafiana hery ho amin'ny asa fanompoana (Asa 1:8). Amin'ny maha pasitera Pentekôtista, tsy maintsy mihoatra ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra isika ary mankany amin'ny asa fanompoana voatafy ny herin'ny Fanahy.

Tsy maintsy mianatra manao asa fanompoana ao amin'ny herin'ny Fanahy ary miaraka amin'ny famantarana sy fahagagana isika. Ny asa fanompoana tahaka izany dia sady mitondra fitahiana ho an'ny vahoakan'Andriamanitra no misarika ny mpanota hanatona an'i Jesosy.

## OHATRA AMIN'NY ASA FANOMPOANA VOATAFY HERY

Ny pasitera Pentekôtista dia afaka mianatra manao asa fanompoana voatafy hery amin'ny alalan'ny fianarana sy fakana tahaka ny asa fanompoan'i Jesosy izay voatantara ao amin'ny Filazantsara sy ny asa fanompoan'ny fiangonana voalohany izay hita ao amin'ny bokin'ny Asan'ny Apostoly.

### Ny asa fanompoan'i Jesosy

Na dia tena Andriamanitra tonga nofo aza i Jesosy, nisafidy izy ny hanao ny Asa Fanompoany tamin'ny maha lehilahy feno ny Fanahy Masina. Hoy ny Baiboly: "fa nofoanany ny tenany tamin'ny nakany ny endriky ny mpanompo sy nahatongavany ho manam-pitoviana amin'ny olona" (Fil. 2:7). Araka izany, Jesosy no fankatahaka voalohany amin'ny fanaovana asa fanompoana voatafy hery.

Taonjato maro talohan'ny nahatongavan'i Kristy, Isaia dia naminany fa ny Mesia dia hanatanteraka ny asa fanompoany ao anatin'ny herin'ny Fanahy Masina (Isa. 61:1-2). Ho fanatanterahana ny faminanian'Isaia, izao no fanambarana

nataon'i Jesosy tamin'ny fotoana nanombohany ny asa fanompoany teto an-tany: "Ny Fanahin'i Jehovah no ato amiko, Satria nanosotra Ahy hitory teny soa mahafaly amin'ny malahelo Izy" (Lioka 4:18). Tahaka izao kosa indray no nanoritsoritan'i Petera ny asa fanompoana voatafy hery nataon'i Jesosy: "Izay nohosoran'Andriamanitra tamin'ny Fanahy Masina sy ny hery sady nandehandeha nanao soa sy nahasitrana izay rehetra azon'ny herin'ny devoly, satria Andriamanitra nomba Azy" (Asa 10:38). Ireo andalana ireo sy ny maro hafa ao amin'ny Testamenta Vaovao dia maneho fa Jesosy dia nanao ny asa fanompoany tao anatin'ny herin'ny Fanahy Masina (jereo ny Lioka 4:1, 14; 5:17). Ny fahagagana sy ny famantarana nanaraka ny asa fanompoan'i Jesosy dia nanampy tamin'ny fandresena lahatra ny olona hanaraka Azy (jereo ny Mat. 4:23-25; 9:35-36; Jaona 2:11).

Ny fianteheran'ny Tompo an-tsitrapo tamin'ny herin'ny Fanahy Masina tao anatin'ny asa fanompoany dia ohatra lehibe ho antsika. Tahaka an'i Jesosy, tsy maintsy tafiana ny herin'ny Fanahy Masina sy manambara amim-pahasahiana ny vaovao mahafaly amin'ny olona rehetra isika. Mandritra izany, tsy maintsy matoky isika fa Andriamanitra dia hanamarina ny fanambarana ny Teny amin'ny famantarana sy fahagagana avy amin'ny herin'ny Fanahy Masina.

**Ny asa fanompoan'ny Apostoly**

Tahaka amin'ny asa fanompoan'i Jesosy, ny asa fanompoan'ny apostoly sy ireo mpianatra hafa ao amin'ny bokin'ny Asan'ny Apostoly dia manome ohatra tsara amin'ny fanaovana asa fanompoana ao amin'ny herin'ny Fanahy. Tamin'ny alalan'ny fandinihana ny asa fanompoana voatafy hery nataon'i Jesosy no nianaran'ireo mpianatra voalohany ireo asa fanompoana tamin-kery. Ny fototrin'ny ankamaroan'ny fahagagana nataon'ny mpianatra ao amin'ny bokin'ny Asan'ny Apostoly dia ny fahagagana nataon'i Jesosy tao amin'ny filazantsara.

Ny apostoly dia nanaraka ny ohatra nasehon'i Jesosy tamin'ny fiainana feno ny Fanahy Masina. Fantatr'izy ireo tsara fa alohan'ny hanaovana asa fanompoana, tahaka izay nataony, dia mila ny herin'ny Fanahy Masina, izy ireo. Ary tahaka an'i Jesosy, nataon'izy ireo azo antoka ihany koa fa izay rehetra tonga tao amin'i Kristy dia voatafy ny herin'ny Fanahy Masina sy voahetsika ho amin'ny asa fanompoana voatafy ny herin'ny Fanahy (jereo ny Asa 2:38-39; 8:14-17; 9:17; 19:1-7).

Ireo ohatra ireo dia mampianatra antsika fa ny tena asa fanompoan'ny Testamenta Vaovao marina dia mihoatra noho ny fahalalana, ny fahaizana ary ny fahaiza-manao voajanahary. Mitaky fanafiana ny Fanahy, izay azo avy amin'ny fahafenoan'ny Fanahy Masina izany. Tao ambany hosotrin'ny Fanahy Masina no nanambaran'i Jesosy sy ny apostoly ny hafatrin'ny famonjena ary narahan'ny famantarana sy fahagagana izany.

## NY ANDRAIKITRIN'NY FAMANTARANA SY FAHAGAGANA

Inona ary ny andraikitrin'ny famantarana sy fahagagana ao anatin'ny asa fanompoana fitoriana ny filazantsara amin'izao androntsika iza? Ny famantarana sy ny fahagagana dia maneho ny fitiavana sy ny fangorahan'Andriamanitra ny olombelona lavo. Ireo koa no maneho fa ny filazantsara dia manana hery hanovana fiainana. Tahaka ny famantaran-dalana izy ireny, manondro ny olona an'i Jesosy Mpanasitrana, Mpanafaka ary Mpamonjy. Hoy i Jaona amintsika: "Ary nisy vahoaka betsaka nanaraka Azy noho ny nahitany ny famantarana izay efa nataony tamin'ny marary" (Jaona 6:2; jereo koa ny 20:30-31; Asa 3:1-10). Tian'Andriamanitra hitranga eo amin'ny fiainantsika mpanao asa fampoana ankehitriny koa izany. Jesosy dia nanambara fa ny vavahadin'ny fiainan-tsi-hita, ny hery demoniaka rehetra dia tsy hahasakana ny fandrosoan'ny Fiangonany (Mat. 16:18). Nandroaka demonia Izy ho fanafahana izay nampahoriana sy ho fanehoana ny fandresen'ny Fanjakan'Andriamanitra ny fanjakan'ny devoly (Mat. 12:28-29; Lioka 11:20-22). Io hery sy fahefana io dia nomen'i Jesosy izay rehetra handray ny Fanahy Masina sy hanaiky ny Fahefany (Mat. 10:1; Marka 3:14-15; Lioka 9:1-2; Asa 1:8).

Ny pasitera Pentekôtista dia tsy maintsy mahatakatra fa ny herin'ny Fanahy dia ho an'ny mpikambana tsirairay ao anatin'ny fiangonany (Asa 2:39). Andriamanitra dia te hameno ny tsirairay avy amin'izy ireo amin'ny Fanahy Masina sy hanafy hery azy ireo ho vavolombelona, ary hanome azy ireo fanomezam-pahasoavana samihafa. Ny antony anaovany izany dia mba "hahasoa"

ny fiangonana (1 Kor. 12:7) sy ho fampandrosoana ny fanjakan'Andriamanitra eto an-tany (jereo ny Marka 16:20)[2].

## FANOMEZAM-PAHASOAVANA

Ny herin'ny Fanahy Masina raisina amin'ny batisa amin'ny Fanahy Masina dia miseho ao anatin'ny asa fanompoana amin'ny alalan'ny fiasan'ny fanomezam-pahasoavana. Ao amin'ny 1 Korintiana 12:8-10, Paoly dia niresaka fanomezam-pahasoavana sivy izay tokony hiasa ao anatin'ny fiangonana tsirairay. Araka ny andininy7, ireo fanomezam-pahasoavana ireo dia antsoina koa hoe: "fampisehoana ny Fanahy". Ireo fanomezana ireo dia azo faritana ho hosotra mihoatra ny voajanahary omen'ny Fanahy Masina amin'ny alalan'ny mpianatra feno ny Fanahy Masina mba hahatanteraka ny sitrapon'ny Ray. Ireo fanomezam-pahasoavana enina ireo dia azo sokajiana ho vondrona telo: ny sokajy voalohany dia ny *fanomezam-pahasoavana fanambarana* izay ahitana ny teny fahalalana, ny teny fahendrena, ary ny fahafantarana fanahy samihafa. Ny sokajy faharoa dia antsoina hoe *fanomezam-pahasoavana faminaniana*, ary ny ao anatiny dia ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra, ny fandikana fiteny tsy fantatra ary ny faminaniana. Ny sokajy fahatelo farany dia ny *fanomezam-pahasoavana hery* izay ahitana ny fanasitranana, ny finoana ary ny fahagagana. Amin'ny ankapobeny, ny fanomezam-pahasoavana hery dia miseho amin'ny alalan'ny famantarana sy fahagagana[3].

### Ny tanjon'ny fanomezam-pahasoavana

Antony telo no mahatonga ny Fanahy Masina manome antsika fanomezam-pahasoavana. *Voalohany*, omena izy ireo mba hampiorina, na hampandroso ny fiangonam-paritra (1 Kor. 12:7; 14:12, 26). Rehefa matanjaka ny fiangonana dia

---

[2] Afaka mandalina bebe kokoa mikasika ny fitarihana ny mpino amin'ny batisa ao amin'ny Fanahy Masina ianao ao amin'ny Toko 20: "Fitarihana ny mpino ao amin'ny Batisa amin'ny Fanahy Masina".

[3] Ny lisitr'ireo fanomezam-pahasoavana ireo, ny famaritana ary ny tanjona amin'ny nanomezana azy avy dia hitantsika ao amin'ny Fanampiny 2: Ny fisehoan'ny fanomezam-pahasoavana araka ny 1 Korintiana 12: 8-10.

ho vonona sy hahomby kokoa amin’ny fanompoana ny mpikambana ao aminy (Efe. 4:11-12).

*Faharoa,* omen’ny Fanahy ny fiangonana ireo fanomezam-pahasoavana ireo mba hampahombiazana azy amin’ny fizarana ny filazantsara amin’ny very. Hitantsika miharihary ao amin’ny bokin’ny Asan’ny Apostoly ny asan’ny fanomezam-pahasoavana ao anatin’ny fitoriana ny filazantsara sy ny asa misiona.

*Farany,* omen’ny Fanahy Masina ny fiangonana ny fanomezam-pahasoavana mba hahafahany miitatra sy manangana fiangonana hafa voatafy ny herin’ny Fanahy. Mora kokoa ny manangana fiangonana eo amin’ny toerana iray rehetra arahan’ny famantarana sy fahagagana ny filazantsara. Sarotra kosa ny manangana fiangonana eo amin’ny toerana tsy misy fanehoana ny herin’Andriamanitra. Ny tantaran’i Henry sy Ruth, izay nozaraina tany amin’ny fiandohan’ity toko ity no porofo manamarina izany.

**Ny fampiasana ny fanomezam-pahasoavana**

Ny hery ara-panahy dia tena ilaina tokoa amin’ny fampandehanana ny fiangonana araka ny tokony ho izy. Tsy azo araraotina nefa ny fampiasana ny hery ara-panahy. Tahaka ny fisin’ny olona ao amin’ny goverenemanta manararaotra ny fampiasana ny fahefana ara-pôlitika ananany, ny kristiana Pentekôtista ihany koa dia mety hanararaotra ny fampiasana ny hery ara-panahy. Ho fisorohana izany, ao amin’ny 1 Korintiana 12-14, Paoly dia nanome toromarika maromaro momba ny fampiasana araka ny tokony ho izy ny fanomezam-pahasoavana rehefa ao anatin’ny fiangonana.

Eo amin’ny toko 13, ny apostoly dia nilaza fa ny fanomezam-pahasoavana dia tokony horaisina ho fanehoan’Andriamanitra ny fitiavany amin’ny alalan’ny mpino. Noho izany, ny fitsipika fototra voalohany amin’ny fampiasana ny fanomezam-pahasoavana dia ny fikatsahana izay hahasoa ny hafa.

Avy eo, eo amin’ny toko 14, Paoly dia nametraka fitsipika maromaro mifehy ny fampiasana araka ny tokony ho izy ny fanomezam-pahasoavana, indrindra ny fanomezam-pahasoavana faminaniana, izany hoe ny fiteny tsy fantatra, ny fandikana fiteny tsy fantatra ary ny faminaniana ao anatin’ny fiangonana. Notsindriany tamin’izany fa ny fanomezam-pahasoavana faminaniana dia tsy tokony hiteraka korontana ao anatin’ny fiangonana. Ny tanjona amin’ny

fampiasana azy ireo dia “ho fampandrosoana sy ho famporisihana ary ho fampiononana” ny vahoakan’Andriamanitra (and.3). Fanampin’izany, ny fanomezam-pahasoavana faminaniana dia tsy maintsy ampiasaina ao anatin’ny filaminana tanteraka (and. 27-37).

Farany, ny Fanahy sy ny votoatin’ny hafatra faminaniana dia tokony “hofantarina” alohan’ny handraisana azy ho avy amin’Andriamanitra (and.29).

Amin’izao androntsika izao, manerana an’i Afrika dia araraotina ny fampiasana ny fanomezam-pahasoavana faminaniana sy fanomezam-pahasoavana hery. Ny mpaminany sandoka sy ny apostoly sandoka dia namadika ny fanasitranana sy ny fahagagana ho orinasa fanangonan-karena. Ireo lehilahy sy vehivavy miaina ao anaty fahalovana ireo dia tsy menatra mivarotra fahagagana sy famantarana amin’ny olona mitady vahaolana amininy. Kanefa, ao amin’ny Soratra Masina, tsy misy mihitsy fahagagana namidy izany.

Amin’ny maha pasitera Pentekôtista mahatoky, tsy maintsy ataontsika azo antoka fa tsy manaraka izany fanao tsy ara-baiboly izany isika. Tokony hatoky amim-panetren-tena ianao fa Andriamanitra dia hanao famantarana sy fahagagana amin’ny alalan’ny asa fanompoanao. Ao anatin’izany, tokony hanalavitra tanteraka ny fakam-panahin’ny fivarotana ny fahagagan’Andriamanitra ianao. Hoy i Jesosy: “Sitrano ny marary, atsangano ny maty, diovy ny boka, avoahy ny demonia; efa nahazo maimaimpoana ianareo, koa manomeza maimaimpoana” (Mat. 10:8). Ny tena pasitera Pentekôtista marina dia mahatsiaro mandrakariva fa ny fanomezam-pahasoavana dia tsy natao ampiasainy araka izay mety aminy. Fanomezana avy amin’ny *Fanahy Masina* ny fanomezam-pahasoavana ary tsy ampiasaina raha tsy araka “ny sitrapony” (1 Kor. 12:11).

Ny fametrahana ireto fanontaniana ireo dia hanampy anao hanombana ny fampiasana ny fanomezam-pahasoavana ao anatin’ny fiangonanao:

*1. Mifanaraka amin’ny Tenin’Andriamanitra ve ny fampiasana ny Fanomezam-pahasoavana?* Izay tsy mifanaraka amin’ny fampianarana voasoratra mazava ao anatin’ny Soratra Masina dia tokony holavina. Ny Fanahin’Andriamanitra dia tsy hanohitra velively izay lazain’ny Tenin’Andriamanitra.

*2. Manome voninahitra an'Andriamanitra ve fampiasana ny fanomezam-pahasoavana?* Ny fanomezam-pahasoavana dia tsy nomena hanindrahindrana asa fanompoana. Nomena izy ireo mba hanomezana voninahitra an'Andriamanitra sy hampahafantarana an'i Jesosy amin'ny olona (Mat. 15:31; Marka 2:12). Raha manindrahindra olona ny fampiasana ny fanomezam-pahasoavana fa tsy manandratra an'Andriamanitra dia tokony hodinihana manokana (Jaona 16:13-15; 1 Kor. 1:29).

*3. Mampiorina ny fiangonana ve ny fampiasana ny fanomezam-pahasoavana?* Ny fanomezam-pahasoavana dia natao hampiorenana ny fiangonana. Raha miteraka savorovoro na mampalemy ny finoan'ny vahoakan'Andriamanitra ny fampiasana ny fanomezam-pahasoavana dia tsy maintsy lavina.

*4. Manompo ny irak'Andriamanitra ve ny fampiasana ny fanomezam-pahasoavana?* Ny fanomezam-pahasoavana dia fitaovana tena manan-danja tokoa amin'ny fitoriana ny filazantsara sy ny fananganana fiangonana. Noho izany, izay mampiasa ny fanomezam-pahasoavana dia tokony ho fijoroana vavolombelona mahomby ho an'i Kristy. Raha mampivily ny olona hiala amin'ny irak'Andriamanitra ny fampiasana fanomezam-pahasoavana dia tsy maintsy ajanona.

### Mandrisika ny fampiasana ny fanomezam-pahasoavana

Amin'ny maha pasitera Pentekôtista anao, tsy maintsy mitandrina tanteraka ianao amin'ny fampiasana tsy araka ny tokony ho izy ny fanomezam-pahasoavana ao anatin'ny fiangonana. Tsy izany nefa no tokony ho lohalaharana aminao fa ny fandrisihana ny fampiasana ny fanomezam-pahasoavana ao anatin'ny fiangonana. Tsy tokony ho afa-po amin'ny firesahana mikasika ny famantarana sy ny fahagagana ianao. Ny tokony hokatsahanao dia ny hampiasa ny fanomezam-pahasoavana ao anatin'ny fiangonana sy eny an-kalamanjana. Fomba efatra no azonao entina manatanteraka izany:

*Voalohany,* tokony hampianarinao ny mpikambana ao aminao ny mikasika ny fiahiana sy ny fitiavan'Andriamanitra ny olona rehetra sy ny faniriny hanatsotra ny tanany hamonjy, hitahy ary hanasitrana azy ireo. Mila omenao azy ireo ihany koa ny toromarika mikasika ny fomba tian'Andriamanitra hanatanterahan'izy ireo

ny asa fanompoany ao anatin'ny herin'ny Fanahy sy ampiasan'izy ireo fanomezam-pahasoavana.

*Faharoa,* tsy maintsy asehonao azy ireo ny fanaovana asa fanompoana ao anatin'ny herin'ny Fanahy. Ny fomba tsara indrindra handrisihana ny mpikambana hampiasa ny fanomezam-pahasoavana dia ny fanehoana azy ireo ny fanaovana izany. Izany no nataon'i Jesosy niaraka tamin'ny Mpianany. Nasehony azy ireo tamin'ny alalan'ny fanafahana ilay lehilahy azon'ny demonia (Lioka 8:26-39) sy fanasitranana ilay vehivavy narary ary ny fananganana ilay zazavavikely maty (and. 40-56) ny fomba fanaovana asa fanompoana ao anatin'ny herin'ny Fanahy Masina. Avy eo Izy: "naniraka ireo handeha hitory ny fanjakan'Andriamanitra sy hahasitrana ny marary" (9:2). Araka izany, tsy maintsy mamela an'Andriamanitra hameno sy hameno anao indray amin'ny Fanahy Masina ianao. Tsy maintsy matoky koa ianao fa Andriamanitra dia haneho ny fiasan'ny fanomezam-pahasoavana ao amin'ny fiainana sy ny asa fanompoanao manokana.

*Fahatelo*, tsy maintsy mandrisika ny mpikambana ao amin'ny fiangonanao hamaly ny kasikin'ny Fanahy Masina sy hihetsika amin'ny finoana amin'ny fampiasana ny fanomezam-pahasoavana ianao. Tsy maintsy manome fahafahana ny olona hampiasa ny fanomezam-pahasoavana ianao mandritrany fotoam-piderana sy ny fitoriana filazantsara ianao.

Farany, tsy maintsy mandrisika ny fampiasana ny fanomezam-pahasoavana amin'ny alalan'ny fikatsahana ny hisin'ny tontolo hahafahan'ny Fanahy Masina miasa ao anatin'ny fotoam-bavaka ihany koa ianao. Ny tontolo tahaka izany dia marihan'ny fanatrehan'Andriamanitra sy ny finoana miandrandra zavatra. Maneho ny fanatrehany Andriamanitra rehefa manokatra ny fony ho Azy amin'ny alalan'ny fiderana sy fiankohofana ny olona. Miforona ny finoana manantena rehefa voaentana hanatratra an'Andriamanitra sy hiandrandra Azy haneho ny fanatrehany amin'ny alalan'ny "famantarana sy ny fahagagana ary tamin'ny asa lehibe samy hafa sy ny fanomezana ny Fanahy Masina nozarazarainy araka ny sitrapony" (Heb. 2:4).

---

Ny tena pasitera Pentekôtista marina dia miezaka ho tonga lehilahy na vehivavin'ny Fanahy. Ny tanjona dia ny hanao asa fanompoana omban'ny famantarana sy fahagagana ao anatin'ny herin'ny Fanahy Masina ary koa hampianatra ny olona hanao tahaka izany.

# ~ Toko 22 ~

# Fidirana ao anatin'ny ady ara-panahy

Jesosy dia nahatakatra tsara fa ao anatin’ny ady ifanoherana amin’i Satana sy ny miaramilany ny tenany. Namoaka demonia tamin’ny lehilahy sady jamba no moana i Jesosy indray andro. Talanjona ny olona nijery ilay lehilahy nanomboka nahita sy niteny. Hoy ny sasany: “Moa Ity va Ilay Zanak'i Davida?” Ny sasany kosa nibitsibitsika hoe: “Tsy misy amoahan'ilehiny ny demonia, afa-tsy Belzeboba, lohan'ny demonia” (Mat. 12:22-24).

Fantatr’i Jesosy izay nosainin’izy ireo ka hoy Izy taminy: “Ho foana ny fanjakana rehetra izay miady an-trano; ary tsy haharitra ny tanàna rehetra, na ny trano, izay miady an-trano”. Nazavainy avy eo ny zavatra vao nitranga teo anivon’izy rehetra: “Fa raha ny Fanahin'Andriamanitra kosa no amoahako ny demonia, dia efa tonga aminareo sahady ny fanjakan'Andriamanitra”. Nampiany hoe: “Fa hataon'ny olona ahoana no fiditra ao an-tranon'ny mahery handroba ny entany, raha tsy afatony aloha ny mahery? dia vao handroba ny ao an-tranony izy” (Mat. 12:25-29).

Mbola marina izany amin’izao androntsika izao satria ao anatin’ny fifanoherana amin’ny herin’ny ratsy isika. Alohan’ny hahafahantsika manafaka ny olona amin’ny fanandevozan’ny fahotana sy Satana, tsy maintsy miditra ao anatin’ny ady ara-panahy isika. Tsy maintsy mamatotra ilay mahery aloha isika,

izay vao afaka mandroba ny tranony. Ity toko ity dia hiresaka mikasika ny maha zava-dehibe ny fahaizan'ny pasitera Pentekôtista mihaika sy mandresy ny hery demoniaka.

## MAHATAKATRA NY ADY ARA-PANAHY

Talohan'ny niverenany any an-danitra, Jesosy dia nametraka iraka lehibe ho an'ny fiangonana. Hoy izy tamin'ny mpanara-dia Azy: "koa mandehana ianareo, dia ataovy mpianatra ny firenena rehetra, manao batisa azy ho amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina sady mampianatra azy hitandrina izay rehetra nandidiako anareo; ary, indro, Izaho momba anareo mandrakariva ambara-pahatongan'ny fahataperan'izao tontolo izao" (Mat. 28:19-20). Ny Asan'ny Apostoly no tantaran'ny nanatanterahan'ireo mpianatr'i Kristy voalohany io iraka io tao anatin'ny herin'ny Fanahy Masina.

Mbola manan-kery ny iraka lehibe amin'izao andro ankehitriny izao ary mbola natao hotanterahana "ambara-pahatongan'ny fahataperan'izao tontolo izao" (and.20). Mba hahafahana manatanteraka amim-pahombiazana io iraka io, ny fiangonana sy ny mpitarika dia tsy maintsy mahafantatra tsara ny fomba hanoherana sy handresena an'i Satana sy ireo hery demoniaka miaraka aminy.

### Tena misy ny ady ara-panahy

Tena misy ny ady ara-panahy. Tena misy ny fahavalo ary tena misy ny ady ara-panahy izay tsy maintsy andraisantsika Pentekôtista anjara sy handrombahantsika fandresena.

> "Fa isika tsy mitolona amin'ny nofo aman-drà, fa amin'ny fanapahana sy amin'ny fanjakana sy amin'ny mpanjakan'izao fahamaizinana izao, dia amin'ny fanahy ratsy eny amin'ny rivotra" (Efe. 6:12).

Eo amin'ny tohin'io andinin-tSoratra Masina io ny mpanompon'i Kristy dia manazava ny momba ireo fitaovam-piadiana mahery vaika azontsika ampiasaina ao anatin'ny ady ifanaovana amin'ny ratsy: "fa tsy avy amin'ny nofo ny fiadian'ny tafikay, fa mahery amin'Andriamanitra handrava fiarovana mafy" (2 Kor. 10:4)

An-tapitrisany ireo olona tsy mbola nandray fijoroana vavolombelona marina momba ny filazantsara. Ireo olona ireo dia andevozin'ny rafitra ara-pivavahana

manohitra ny fivavahana kristiana. Mpanapaka demoniaka mahery, izay miasa eo ambany fifehezan'i Satana no mifehy ireny rafitra ireny: "Ny lohan'ny demonia" (Marka 3:22; jereo koa ny 1 Jaona 5:19). Mba hahafahana manavotra ny olona, tsy maintsy afatotra sy esorina ao an-tranony aloha ilay mahery (Mat. 12:28-29). Noho izany, raha tian'ny fiangonana ny hahomby amin'ny fanatanterahana ny irak'i Kristy, tsy maintsy mianatra mihetsika ao anatin'ny herin'ny Fanahy Masina izy. Ary tsy maintsy voafehiny koa ny fomba hiadiana sy handresena ny hery demoniaka.

Jesosy dia nampianatra ny Mpianany hivavaka hoe: "Ho tonga anie ny fanjakanao. Hatao anie ny sitraponao etỳ an-tany tahaka ny any an-danitra" (Mat. 6:10). Hoy koa Izy tamin'izy ireo: "Misy ny sasany eto izay tsy mba hanandrana fahafatesana mandra-pahitany ny fanjakan'Andriamanitra tonga amin'ny hery" (Marka 9:1). Ny tian'i Jesosy ambara tamin'io dia ny Andro Pentekosta izay "nanafiana azy ireo tamin'ny hery avy any amin'ny avo" (Lioka 24:49; Asa 2:4).

Amin'izao androntsika izao, tonga amin-kery ny Fanjakan'Andriamanitra isaky ny misy olona voavonjy, sitrana, afaka na feno ny Fanahy Masina. Ny pasitera Pentekôtista dia tokony hitarika ny olona hivavaka matetika mba ho tonga amin-kery ny fanjakan'Andriamanitra.

**Ny toetran'ny ady ara-panahy**

Ny ady ara-panahy dia fifandonana eo amin'ny tsara sy ny ratsy, eo amin'ny masina sy tsy masina. Ao anatin'izao vaninandro iainantsika izao dia misy fifandonana tsy mitsahatra eo amin'i Satana sy ny demonia ary ny fiangonan'Andriamanitra.

Ny Devoly dia mampiasa izay rehetra ananany hanimbana ny iraka fanavotana ataon'Andriamanitra ho an'ny firenena. Mpamono olona sady mpandainga ny Devoly ary ny tanjony dia ny "hangalatra sy hamono ary handringana" (Jaona 8:44; 10:10). Izy sy ny demonia dia miezaka manajamba ny sain'ny olona amin'ny fahamarinan'ny filazantsara (2 Kor. 4:3-4). Satria ny Devoly mankahala an'Andriamanitra, ny tena imasoany dia ny hanohitra sy hampalahelo an'Andriamanitra. Kanefa, fantany fa tsy afaka handratra mivantana an'Andriamanitra izy. Noho izany, miezaka manimba sy mandratra ireo izay tian'Andriamanitra izy, dia ny olombelona rehetra izany.

Nambaran'i Jesosy fa tonga ny fanjakan'Andriamanitra (Marka 1:14-15; Lioka 8:1, 9:11). Tamim-pahasahiana no nanambarany fa tonga handrava ny fanjakan'i Satana sy hanorina ny fanjakan'Andriamanitra ao anatin'ny fon'ny olona Izy. Ny hafatra momba ny fanjakan'Andriamanitra ihany koa no fon'ny hafatra notorian'ny mpianatr'i Kristy (jereo ny Asa 8:12; 19:8). Nirahan'i Jesosy nitory ny filazantsaran'ny Fanjakan'Andriamanitra sy naneho ny Heriny izay maharesy ny hery rehetra ananan'ny fahavalo izy ireo (Lioka 10:19; jereo koa ny. Mat. 10:7; Lioka 9:1-2; 10:8-9)[1].

## FIOMANANA HO AMIN'NY ADY ARA-PANAHY

Amin'ny maha pasitera Pentekôtista, tsy maintsy vonona hihaika sy handresy ny fanahy demoniaka amin'ny fotoana rehetra ianao. Ary tsy maintsy mampianatra ny mpikambana ao amin'ny fiangonana hanao tahaka izany koa. Ireto ny sasany amin'ireo fomba azonao hanomanana ny tenanao:

### Aoka ho feno ny Fanahy Masina

Voalohany, aoka ho azonao antoka fa feno ny Fanahy Masina ianao (Asa 2:4; 4:31), mandeha ao amin'ny Fanahy ary velona ao amin'ny Fanahy araka ny voasoratra hoe: "aoka handeha araka ny Fanahy" (Gal. 5:25). Jesosy dia feno ny Fanahy (Lioka 3:21-22), ary niaina sy nanao asa fanompoana tao amin'ny herin'ny Fanahy (Lioka 4:18-19; Asa 10:38). Nambaran'i Jesosy mazava tsara fa tamin'ny herin'ny Fanahy Masina no nandroahany ny demonia (Mat. 12:28). Raha tiantsika ny hahomby amin'ny ady ara-panahy, tsy maintsy tafiana ny herin'ny Fanahy Masina ihany koa isika.

---

[1] Raha mila fanazavana bebe kokoa mikasika ny fahatongavan'ny fanjakan'Andriamanitra ianao dia jereo ny boky fianarana ao anatin'ny andiany Série Découverte: *The Kingdom of God: A Pentecostal Interpretation (Fanjakan'Andriamanitra: fomba fandikana Pentekôtista) nosoratan'i* Denzil R. Miller ary navoakan'ny Africa Theological Training Service (https://africaatts.org/).

### Ataovy azonao tsara izay rehetra nataon'i Kristy

Ny dingana manaraka ao anatin'ny fiomanana ho an'ny ady ara-panahy dia ny fahazoanao tsara izay rehetra nataon'i Kristy teo Kalvary. Teo no nandoavany ny sandan'ny fanavotana ny olombelona rehetra (Isa. 53:6; 1 Jaona 2:2). Ankoatr'izany, Izy dia nandrava ny fanapahan'ny Devoly an'izao tontolo izao (Jaona 12:31). Hoy ny Baiboly: "ary nesoriny tsy ho eo amin'ny tenany ny fanapahana sy ny fahefana, ary noho ny hazo fijaliana dia nasehony miharihary ny fitondrany ireo toy ny fanaon'izay avy nandresy" (Kol. 2:15).

Ankehitriny, noho ny asa mahery vaika nataon'i Kristy teo Kalvary dia resy i Satana sy ny demoniany (Heb. 2:14-15). Raha mandeha ao amin'ny Fanahy sy ny fankatoavana feno an'i Kristy sy ny Sitrapony isika dia homeny ny hery sy fahefana ilaina handresena an'i Satana sy ny demoniany.

### Tsarovy ny maha Izy anao ao amin'i Kristy

Ao anatin'ny fiomanana amin'ny ady ara-panahy, tokony hotsarovanao mandrakariva hoe iza ianao ao amin'i Kristy. Na dia miaina eto an-tany aza ianao, amin'ny maha zanak'Andriamanitra dia mponin'ny lanitra kosa (Fil. 3:20). Raha tsaroanao izany fahamarinana izany ka misafidy ny hiaina tahaka ny tena zanak'Andriamanitra ianao dia atolotrin'ny Tompo anao avokoa ny zavatra rehetra ilaina, ny fahefana ary ny hery ho entina miady. Arakarakin'ny hisainanao sy hihetsehanao amin'ny maha mponin'ny fanjakan'Andriamanitra no hahatonga anao ho vonona kokoa amin'ny fanambarana ny filazantsaran'ny fanjakana amin'ny olona very sy ho sahy hirotsaka an-tsehatra bebe kokoa amin'ny ady ara-panahy.

### Tafio avokoa ny fiadian'Andriamanitra rehetra

Farany, Paoly dia nampahery ny mpiady ara-panahy hoe: "mahereza ao amin'ny Tompo sy amin'ny herin'ny faherezany" (Efe. 6:10). Fomba iray hahafahantsika manatanteraka izany dia ny fitafiana ny fiadian'Andriamanitra rehetra. Amin'izay, rehefa tonga ny Devoly dia afaka mijoro sy manohitra azy isika (and. 11, 13). Taorian'io, Paoly dia nitanisa fiadiana fito mahery vaika nomen'i Kristy ny Mpanompony. Nanome toromarika fohy mikasika ny fomba fampiasana ny tsirairay amin'ireo fitaovana ireo ao anatin'ny ady ara-panahy

ihany koa izy (Efe. 6:13-18). Ndeha hojerentsika akaiky ny momba ireo fitaovana fito ireo:

*1. Fehikibon'ny fahamarinana*. Voalohany, tsy maintsy misikina ny "fehikibon'ny fahamarinana" (Efe. 6:14). Misy dikany roa: misikina ny fehikibon'ny fahamarinana: tanantsika ho fiadiantsika ny Tenin'Andriamanitra (Jaona 17:17). Midika izany fa tsy maintsy mandrakotra ny tenantsika amin'ny fahamarinana isika, tsy inona izany fa ny fahitsiana sy ny fahamarinana. Amin'ny alalan'io fiadiana io no hahafahantsika manohitra ny laingan'ny Devoly (Jaona 8:44).

*2. Fiarovan-tratran'ny rariny*. Faharoa, tsy maintsy manomana ny tenantsika amin'ny ady ara-panahy amin'ny fametahana ny fiarovan-tratran'ny rariny" isika (Efe. 6:14). Ataontsika izany mba hananantsika antoka fa miaina ao anatin'ny fifandraisana marina amin'Andriamanitra sy amin'ny fifandraisana tsy tapaka amin'i Jesosy Kristy isika (Jaona 15:5). Vokatr'io fifandraisana io, afaka miaina amin'ny fiainana madio sy masina isika (Tit. 2: 11-12).

*3. Kiraron'ny fahavononam-panahy***.** Fahatelo, tsy maintsy manana fahavononana isika (Efe. 6:15). Raha atao amin'ny teny hafa dia izao, tsy maintsy miambina mandrakariva amin'ny fanafihan'ny fahavalo isika (1 Pet. 5:8). Io fahavonona io dia avy amin'ny fihainoana sy fankatoavana ny filazantsara. Ary koa, amin'ny maha mpitandrina mahatoky ny ondrin'Andriamanitra, tsy maintsy manomana ny vahoakan'Andriamanitra amin'ny fanafihan'ny fahavalo ianao, tahaka ny nataon'i Paoly tamin'ireo loholona Efesiana (Asa 20:28-31).

*4. Ny ampingan'ny finoana*. Fahefatra, tsy maintsy mandray ny "ampingan'ny finoana" isika (Efe. 6:16). Ity fitaovam-piadiana ara-panahy ity dia azontsika ampiasaina hiarovana ny tenantsika amin'ny "zana-tsipìka mirehitra rehetra izay alefan'ilay ratsy" (and.16). Tafiditra ao anatin'izany zana-tsipika mirehitra izany ny fakam-panahy samihafa alefan'ilay ratsy toy ny fisainana sy fanirina tsy madio ary finiavana tsy hankato an'Andriamanitra. Miorina tsara ny finoantsika rehefa mamaky sy mihaino ny Tenin'Andriamanitra isika (Rom. 10:17) ary mivavaka ao amin'ny Fanahy Masina isika (Joda 20).

*5. Ny fiarovan-dohan'ny famonjena*. Fahadimy, anisan'ny fitaovana azontsika ampiasaina ihany koa ny "fiarovan-dohan'ny famonjena" (Efe. 6:17). Io famonjena io dia tsy famonjena amin'ny fahotana sy ny helo ihany fa famonjena

na fanafahana avy amin'Andriamanitra amin'ny zavatra rehetra toy ny amin'ny herin'ny demonia, ny loza, ny aretina ary ny fahafatesana.

*6. Ny Tenin'Andriamanitra.* Fahenina, tsy maintsy mandray ny "sabatrin'ny Fanahy izay tsy inona fa ny Tenin'Andriamanitra" isika (Efe. 6:17). Ny Tenin'Andriamanitra no iray amin'ireo fitaovam-piadiana mahery vaika eo antanan'ny pasitera Pentekôtista. Mampiasa ity fitaovam-piadiana ity isika rehetra mianatra amim-pahatokiana ny Tenin'Andriamanitra sy manao tsianjery Soratra Masina (Sal. 119:11). Fanampin'izany, tsy maintsy manambara amim-pahatokiana ny Tenin'Andriamanitra amin'izay rehetra vonona hihaino isika (2 Tim 4:2). [1]

Ny Tenin'Andriamanitra dia sady fitaovana azo anafihana no azo iarovana ny tena. Fitaovana entina manafika izy rehefa ampiasaina ao anatin'ny vavaka, rehefa toriana sy ampianarina ao anatin'ny hosotrin'ny Fanahy Masina. Fitaovana fiarovan-tena kosa izy rehefa entina manohitra ny fanafihan'i Satana, tahaka ny nataon'i Jesosy tany an'efitra (Lioka 4:1-13).

Ny "Tenin'Andriamanitra" resahana eto amin'ity andalana ity dia manokana na *rhema* izay raisin'ny mpianatr'i Kristy avy amin'ny Fanahy. Mety andalan-tSoratra Masina apetrakin'ny Tompo ao anatin'ny fony. Na koa fanambarana avy amin'Andriamanitra izay mifanentana amin'ny zavatra ilaina manokana toy ny Teny fahalalana na Teny fahendrena (1 Kor. 12:8).

*7. Vavaka ao amin'ny Fanahy*. Farany, tsy maintsy raisintsika ho fiadiana ihany koa ny "vavaka ao amin'ny Fanahy". Ny vavaka tahaka izany dia fitaovam-piadiana ara-panahy mahery vaika. Izany no nahatonga an'i Paoly nampahery ny mpino hoe: "mivavaha mandrakariva ao amin'ny Fanahy amin'ny fivavahana rehetra sy ny fangatahana, ka miambena amin'izany amin'ny faharetana sy ny fangatahana rehetra" (Efe. 6:18). Midika izany fa tokony hamela ny Fanahy Masina hanosotra sy hitarika ny vavaka ataontsika isika. Tafiditra ao anatin'io vavaka io ny vavaka fifonana amin'ny fiteny tsy fantatra (1 Kor. 14:14; jereo koa ny.Rom. 8:26).

---

[1] Raha mila fanazavana bebe kokoa momba ny fifandraisan'ny pasitera Pentekôtista amin'ny Baiboly dia jereo ny toko 9: "Mino ny Baiboly".

**Fitaovam-piadiana ara-panahy fito hafa**

Ny Baiboly dia miresaka mikasika fitaovam-piadiana ara-panahy fito mahery vaika azon'ny pasitera Pentekôtista ampiasaina handresena ny fahavalo.

*1. Ny fitaovam-piadian'ny fifadian-kanina.* Rehefa ampiarahana amin'ny vavaka ny fifadian-kanina dia tokonga fiadiana ara-panahy mahery vaika (Marka 9:29).

*2. Ny fitaovam-piadian'ny fiderana.* Misy hery ara-panahy lehibe ao anatin'ny fiderana voahosotrin'ny Fanahy. Rehefa midera an'Andriamanitra ny vahoakany dia mirodana ny manda (Jos. 6:16-20), resy ny fahavalo (2 Tant. 20:1-26), ary misokatra ny varavarana (Asa 16:25-26).

*3. Ny fitaovam-piadian'ny fitiavana.* Ny tena fitiavana marina dia manana hery mahatalanjona mahasarika lehilahy sy vehivavy hanatona an'i Kristy (Rom. 5:5). Ny olona tsy voataona amin'ny alalan'ny adi-hevitra na ny fanehoana ny herin'Andriamanitra dia mety ho voataona amin'ny alalan'ny fanehoana amin'ny fomba tsotra ny fitiavana kristiana (12:20-21).

*4. Ny fiadian'ny batisa amin'ny Fanahy Masina.* Nampanantena ny mpanaraka Azy i Jesosy fa hahazo hery izy ireo rehefa tonga aminy Fanahy Masina (Asa 1:8). Ilay fahatsapana antsoina hoe Batisa amin'ny Fanahy Masina no noresahany tamin'izany (Lioka 3:16; Asa 1:5; 2:4).[2]

*5. Ny fitaovam-piadian'ny fanomezam-pahasoavana.* Iray amin'ny antony nanomezan'ny Fanahy fanomezam-pahasoavana ho an'ny fiangonana ny hampitaovana ny mpino ho amin'ny ady ara-panahy (1 Kor. 12:8-10)[3].

*6. Ny fitaovam-piadian'ny anaran'i Jesosy.* Ny fahefana rehetra any an-danitra dia mijoro eo anatrehan'ny anaran'i Jesosy (Fil. 2:9-11). Rehefa mampiasa

---

[2] Raha te handalina bebe kokoa momba ny batisa amin'ny Fanahy Masina dia jereo ny toko 20: "Fitarihana ny mpino amin'ny Batisa amin'ny Fanahy Masina"

[3] Jereo ny Fanampiny 2 "Ny fisehon'ny fanomezam-pahasoavana ao amin'ny 1 Korintiana 12: 8-10".

ny Anarany, araka ny toromarika nomeny isika dia tsy maintsy manaiky ny hery rehetra any amin'ny helo (Jaona 14:13-14; Asa 3:6; 9:27; 16:18).

*7. Ny fitaovam-piadian'ny fitoriana ny filazantsara*. Ny filazantsara dia nantsoin'i Paoly hoe: "herin'Andriamanitra ho famonjena izay rehetra mino" (Rom. 1:16). Ny filazantsara dia hafatrin'ny famonjena ao amin'i Kristy. Ny hafatrin'ny filazantsara dia manana hery hamorona finoana ao anatin'ny fon'izay mihaino ny fitoriana izany (Rom. 10:17). Tsy tokony hanao tsirambina ny fitoriana amim-pahatokiana ny filazantsara isika isaky ny misy fahafahana manao izany (1 Kor 9:16).

## MIDITRA AO ANATIN'NY ADY ARA-PANAHY

Mipetraka ny fanontaniana, "Ahoana no hahafahan'ny pasitera Pentekôtista (na ny mpianatra feno ny Fanahy Masina) misedra sy mandroaka ny fanahy ratsy izay mihazona ny olona ao anatin'ny fanandevozana demoniaka?" Ireto misy dingana telo azo ampiasaina amin'ny asa fanompoana fanafahana amin'ny fanandevozan'ny demonia.[4]

### Fanadihadiana

Ny dingana voalohany amin'ny asa fanompoana fanafahana ny voababo dia ny fanadihadiana (raha azo atao). Mandritra ity dingana ity, miresaha amin'ilay olona mila fanafahana. Ny tanjonao ao anatin'izany dia hahatakatra bebe kokoa ny toerana misy ilay olona. Mandritra ny dinidinika, amin'ny alalan'ny fanomezam-pahasoavana mahafantatra fanahy samihafa, mety hahita sy hahatsapa fanatrehana demoniaka ianao. Na mety hihetsika ny demonia ka hampiharihary ny fisiny rehefa eo amin'ny fanatrehan'Andriamanitra (Marka 1:23; 5:6-7).

---

[4] Raha mila fanazavana bebe kokoa mikasika ny fihaikana sy fandresena ny hery demoniaka dia jereo ny boky fianarana novokarin'ny Africa's Hope, ao anatin'ny andiany fahitan-java-baovao ary nampitondrainy ny lohateny hoe: *Power Ministry: How to Minister in the Spirit's Power* na Asa fanompoana amin-kery: Ahoana no hanaovana asa fanompoana ao amin'ny herin'ny Fanahy, ny Toko 11 *"Ahoana no fandroahana Demonia"* sy ny Toko 12 *"Fandresena ny Fanahy Mifehy Faritra"*.

Raha azonao atao, tariho amin'ny vavaka fibebahana sy fiaikena ny fahotana aloha ilay olona mila fanafahana. Tena manana ny lanjany tokoa ity vavaka ity raha mifamatotra amin'ny fahotan'ilay olona ny famatorana ara-panahy mahazo azy. Ao anatin'io vavaka io, ilay voafatotra dia mandà ny fifehezan'ny demonia sy ny asan'ny nofo rehetra eo amin'ny fiainany.

**Asa fanompoana**

Ny dingana faharoa ao anatin'ny fanafahana dia ny fanatanterahana ny asa fanompoana. Eto no fotoana hifanandrinana amin'ny hery demoniaka. Tokony hanomboka ny ady amin'ny alalan'ny fiantsoana ny anaran'i Jesosy sy ny fanasana ny Fanahy Masina haneho ny fanatrehany sy ny heriny ianao. Raha vao tsapanao ny fanatrehan'Andriamanitra dia afaka manomboka mandroaka ny demonia ianao. Araka izay hitarihan'ny Fanahy anao, azonao atao ny mampiasa ny iray na maromaro amin'ireto dingana ireto:

- Azonao afatotra amin'ny anaran'i Jesosy ny demonia (Mat 16:17-19; 18:18).
- Azonao atao koa ny mandidy ny demonia hivoaka na hiala na hamaha ny fatorana hihazonany ilay mila fanafahana (Lioka 4:35).
- Azonao atao koa ny mandidy ny demonia tsy hiditra ao anatin'ilay olona intsony (Marka 9:25).

Manohitra ny Devoly indraindray ary hiteraka olana izany (Lioka 8:29; 11:14). Raha izany no mitranga, tokony haharitra amin'ny finoana ianao mandra-pahazoana fandresena. Ny fanafahana matetika dia arahana fisehoan-javatra ara-batana (Marka 7:30; Lioka 4:33-35; 9:42). Tsy tokony hanaiky ho voaelingelin'izany nefa ianao. Maika aza ianao tokony hitohy hihetsika ao anatin'ny herin'ny Fanahy Masina, hampangina ny demonia (Marka 1:25), ary ao anatin'ny fahefan'ny anaran'i Jesosy, didio izy ireo hivoaka sy tsy hiverina amin'ilay olona intsony (Marka 9:25).

**Torohevitra aorian'ny vavaka**

Ny dingana farany dia ny fanomezana torohevitra aorian'ny vavaka. Tena zava-dehibe tokoa ity dingana ity amin'ny olona teo ambany fifehezan'ny demonia. Mila vavaka sy fanohanana ara-pihetseham-po izy taorian'ny

fanafahana. Raha tsy mbola nateraka indray ilay olona dia tokony hotarihana avy hatrany ao amin'ny finoana an'i Kristy. Fanampin'izany, tokony hotarihana ao amin'ny batisa amin'ny Fanahy Masina ihany koa izy. Nampitandrina ny amin'ny fanaovana tsirambina ireo zavatra manan-danja ireo i Jesosy (Mat. 12:43-45). Na ianao na izay olona tendrenao manokana no tokony hihazona fifandraisana akaiky amin'ilay olona mandra-pahatsapany fanafahana tanteraka.

---

Amin'ny maha pasitera Pentekôtista, Kristy dia nandidy antsika hiditra ao anatin'ny ady ara-panahy (Marka 16: 15-16). Afaka misedra ny devoly sy ireo hery demoniaka miaraka amin'ny fatokiana lehibe ianao, satria fantatrao fa ilay ao anatinao dia lehibe lavitra noho izay eto amin'izao tontolo izao (1 Jaona 4:4).

# ~ Fizarana 6 ~

# Ny pasitera Pentekôtista amin'ny maha mpiandry ondry

# ~ Toko 23 ~

# Fahatakarana ny asa fanompoan'ny mpitandrina

Mety misy olona mandray anjara mavitrika ao anatin'ny hetsika arapivavahana ary manokan-tena feno ho amin'izany hetsika izany kanefa, tsy mahatakatra akory ny zavatra ataony sy ny antony anaovany izany. Indray mandeha i Filipo dia notarihan'ny Fanahy hanatona ilay tandapa Etiopiana izay feno fanokanan-tena tamin'ny fo marina. Namaky ny Soratra Masina ity tandapa ity kanefa tsy azony izay zavatra novakiany (Asa 8:29-31). Nisy fotoana ihany koa i Paoly nihaona tamin'ny lehilahy maromaro nanana fo mahitsy sy feno fanokanan-tena tany Atena. Nanompo "ANDRIAMANITRA TSY FANTATRA" ireto lehilahy ireto. Izany hoe samy tsy azon'izy ireo na ny momba izay notompoiny na ny antony nanompoany azy (Asa17:22-23). Nila fanazavana izy ireo.

Betsaka ihany koa ny pasitera Pentekôtista eto Afrika no ao anatin'ny toejavatra tahaka izany. Mandray anjara mavitrika ao anatin'ny asa fanompoana maha mpitandrina sy feno fanokanan-tena tanteraka amin'ny andraikitra ao anatin'izany izy ireo. Kanefa, ny tena marina, kely ihany no azony mikasika ny zavatra ataony na ny antony anaovany izany. Tahaka ilay tandapa Etiopiana, mitaraina izy ireo hoe: "Hataoko ahoana no fahay, raha tsy misy mampianatra ahy?" Ity toko ity dia nosoratana mba hamaliana izany fitarainana izany. Ity toko

ity no hametraka ny fototrin'ny fahatakarana ny asa fanompoana maha mpitandrina, fototra mafy orina azo anorenana tsara.

## HEVITRA MANODIDINA NY ASA FANOMPOANA MAHA MPITANDRINA

Ny asa fanompoana maha mpitandrina dia tanterahana ao anatin'ny fiangonam-paritra. *Ekklesia* no teny grika nampiasain'ny Testamenta Vaovao ary nadika hoe fiangonana, izay midika hoe Ireo nantsoina hivoaka sy ho voatokana. Noho izany, ny fiangonam-paritra dia vondron'olona natokan'i Kristy hanompo sy hidera Azy. Ny mandrafitra io vondrona io dia ireo olona naterakin'ny fanahin'Andriamanitra sy voasasan'ny ràn'i Jesosy (Jaona 3:3-7; Asa 20:28).

Zavatra telo no azo lazaina mikasika ny fiangonana: voalohany, ny fiangonana dia an'Andriamanitra. Jesosy dia nampiasa ny teny hoe "fiangonako" rehefa miresaka ny fiangonana (Mat. 16:18). Paoly kosa niantso ny fiangonana hoe: "tranon'Andriamanitra ...fiangonan'Andriamanitra velona" (1 Tim. 3:15). Faharoa, ny fiangonana dia toerana fonenan'Andriamanitra. Paoly dia niantso ny fiangonana hoe: "tempoly masina" izay tonga "fonenan'Andriamanitra amin'ny Fanahy" (Efe. 2:22). Farany, ny fiangonana dia "andry sy fiorenan'ny fahamarinana" (1 Tim. 3:15). Amin'ny teny hafa, ny fiangonana dia rafitra ara-panahy manohana sy mihazona ny fahamarinana. Ny voalohany amin'ny iraka napetraka amin'ny fiangonana dia ny hiaro sy hitory ny fahamarinana (Mat. 28:19; 2 Kor. 2:14). Amin'ny maha pasitera Pentekôtista, tsy maintsy azonao tsara fa ao anatin'io konteksta io no anaovanao ny asa fanompoanao.

## HEVITRA MANODIDINA NY ASA FANOMPOANA

Tena ilaina ihany koa ny mahazo ny hevitrin'ny Baiboly mikasika ny asa fanompoana. Ny Soratra Masina dia mampianatra fa i Kristy dia nanendry ny asa fanompoana ho ao anatin'ny fiangonana ho fanatanterahana ny iraka nomen'Andriamanitra. Ny iraka nankinina amin'ny fiangonana dia ny hanambara ny vaovao mahafaly amin'ny olona rehetra ao anatin'ny herin'ny Fanahy Masina alohan'ny hiverenan'i Kristy indray (Marka 16:15-16; Asa 1:8). Avy eo, manova ireo mino Azy ho tonga mpianatra, mamolavola azy ireo hitovy endrika amin'ny Tompo (Mat. 28:19; Kol. 3:10).

Ny teny hoe *asa fanompoana* dia mifamatotra amin’ny fanompoana sy ny andraikitra. Paoly dia namelabelatra hevitra momba ny asa fanompoana. Ao amin’ny Efesiana 4 izy dia niresaka karazana asa fanompoana telo:

**Ny asa fanompoan’i Jesosy**

Voalohany, Paoly dia niresaka mikasika ny asa fanompoan’i Jesosy, ilay Mesia (Efe. 4:8-10). Tamin’ny alalan’ny asam-panavotana nataony teo amin’ny hazo fijaliana (ao anatin’izany ny Fahafatesany, ny Fandevenana, ny Fitsanganany tamin’ny maty ary ny fiakarany any an-danitra), no nitokanan’i Jesosy ny Fanekena vaovao. Nandritra ny naha teto an-tany azy, Jesosy dia nanao asa fanompoana tahaka ny apostoly (Heb. 3:1), mpaminany (Lioka 24:19), evanjelista (Lioka 19:10), mpitandrina (Jaona 10:11-16), ary mpampianatra (Jaona 3:2; 13:13). Noho izany, Izy no tonga “fehizoro” ho an’ny fiangonana, miantoka ny fahamarinan-toerany sy ny faharetany (Efe. 2:20).

**Ny asa fanompoan’ny mpino**

Faharoa, Paoly dia niresaka mikasika ny asa fanompoan’ny mpino (Efe. 4:11-16). Nankinin’i Jesosy tamin’ny Fiangonana ny asa fanompoany. Noho izany, ny asa fanompoana rehetra ataon’ny fiangonana dia fanitarana ny asa fanompoan’i Kristy. Ny tanjon’ny asa fanompoana dia hahatonga ny mpikambana tsirairay ao anatin’ny fiangonana ho matotra ka “ho lehilahy lehibe, mahatratra ny ohatry ny halehiben'ny fahafenoan'i Kristy” (Efe. 4:13). Ireo tonga amin’ny fahamatorana dia manatanjaka ny hafa indray. Vokany, ny fiangonana manontolo no matanjaka sy miroborobo.

**Ny asa fanompoana fitarihana**

Fahatelo, Paoly dia niresaka mikasika ny asa fanompoana fitarihana nomen’i Kristy ho an’ny fiangonana. Hoy izy: “Ary Izy no nanome ny sasany ho Apostoly, ary ny sasany ho mpaminany, ary ny sasany ho evanjelista, ary ny sasany ho mpiandry sy mpampianatra” (Efe. 4:11). Ireo asa fanompoana ireo dia tsy tokony ho raisina ho toerana na anaram-boninahitra, na dia maro aza no manao izany. Andraikitra no tokony handraisana azy ireo. Tsy toerana natao hanjakan’ny mpitarika amin’ny fiangonana ireo fa andraikitra nomena ny mpitarika “ho

fanatanterahana ny olona masina, ho amin'ny asan'ny fanompoana" (Efe. 4:12) araka izao manaraka izao:

- *Andraikitrin'ny apostoly*: Ny apostoly dia manompo ny fiangonana sy ny tanjon'Andriamanitra amin'ny alalan'ny fampandrosoana ny fanjakan'Andriamanitra any amin'ny faritra tsy mbola tratran'ny filazantsara sy eo anivon'ny vahoaka tsy nahare ao anatin'ny herin'ny Fanahy Masina – ary mampitao ny hafa hanao tahaka izany koa.
- *Andraikitrin'ny mpaminany*: Ny mpaminany dia manompo ny Fiangonana sy ny tanjon'Andriamanitra amin'ny alalan'ny fanambarana hafatra avy amin'Andriamanitra ao anatin'ny herin'ny Fanahy – ary mampitao ny hafa hanao tahaka izany koa.
- *Andraikitrin'ny evanjelista*: Ny mpaminany dia manompo ny Fiangonana sy ny tanjon'Andriamanitra amin'ny alalan'ny fanambarana ny filazantsara amin'ny very ao anatin'ny herin'ny Fanahy Masina – ary mampitao ny hafa hanao tahaka izany.
- *Andraikitrin'ny mpitandrina:* Ny mpitandrina dia manompo ny Fiangonana sy ny tanjon'Andriamanitra amin'ny alalan'ny fanaovana asa fanompoana amin'ny vahoakan'Andriamanitra ao anatin'ny herin'ny Fanahy Masina – ary mampitao ny hafa hanao tahaka izany.
- *Andraikitrin'ny mpampianatra*: Ny mpampianatra dia manompo ny Fiangonana sy ny tanjon'Andriamanitra amin'ny alalan'ny fampianarana ny Tenin'Andriamanitra ao anatin'ny herin'ny Fanahy Masina – ary mampitao ny hafa hanao tahaka izany.

Ny olona manatanteraka andraikitra samihafa matetika dia toa manana asa fanompoana roa na mihoatra ao aminy. Ohatra; misy olona sady manao ny andraikitrin'ny apostoly no manao ny andraikitrin'ny mpaminany. Misy ihany koa ireo sady mpampianatra no evanjelista,...sns. Araka ny noresahana teo aloha, Jesosy dia nanao ireo asa fanompoana dimy ireo, ary tahaka izany koa i Paoly. Amin'ny alalan'ireo teny eo amin'ny andininy 11 ireo, Paoly dia toa mampifandray ny andraikitrin'ny pasitera sy ny mpampianatra ao anatin'ny teny hoe mpiandry sy mpampianatra.

Ao anatin'izany, Paoly dia nanolotra ny tenany ho "mpanompon'i Jesosy Kristy, voantso ho Apostoly" (Rom. 1:1; jereo koa ny Tit 1:1). Tahaka izany ihany

koa no nanoloran'i Petera ny tenany "mpanompo sy Apostolin'i Jesosy Kristy" (2 Pet.1:1). Mariho tsara fa ireo lehilahy roa ireo dia samy nanambara fa mpanompo. Taorian'izay izy ireo vao tena apostoly marina. Amin'izao androntsika izao, tokony ho tahaka izany koa amin'ireo olona misahana ireo asa fanompoana fitarihana dimy ireo. Ambon'ny zavatra rehetra, tokony hihevitra ny tenany ho mpanompon'Andriamanitra sy mpanompon'ny vahoakan'Andriamanitra izy ireo (jereo ny Jaona 21:15-17; 1 Pet. 5:2-4).

Ireo "fanomezam-pahasoavan'ny fiakaran'i Kristy" ireo dia fanehoana ny fahefan'i Kristy ao anatin'ny fiangonana. Ny tanjon'izy ireo dia hitarika ny fiangonana ho amin'ny tanjon'Andriamanitra. Araka ny fampianaran'i Paoly, ireo asa fanompoana ireo dia manana andraikitra roa: fambolena sy fandemana (1 Kor. 3:6). Ny asa fanompoana fambolena dia an'ny apostoly sy ny evanjelista. Ny asa fanompoana fanondrahana kosa dia an'ny mpaminany, ny mpitandrina ary ny mpampianatra. Ny fiaraha-miasa eo amin'ny mpamboly sy mpandena no mampandroso ny asan'Andriamanitra.

**Ny asa fanompoana fanompoana**

Miaraka amin'ny asa fanompoana fitarihana, Andriamanitra dia nametraka asa fanompoana fanompoana ao anatin'ny fiangonana. Ireo asa fanompoana ireo dia ny loholona, ny diakona lahy sy vavy (jereo Asa 6:1-6; 14:23; 1 Tim. 3:1-10). Ny teny Hebreo ho an'ny loholona dia *zaqen*, izay manondro olona manana traikefa sy fahefana (Nom. 11:16). Ny teny Grika ho an'ny loholona kosa dia *presbyteros* ary mitovy amin'ny teo aloha ihany ny heviny. Ny loholona ao anatin'ny fiangonana dia olona manana fahefana hanompo tahaka ny mpitandrina (*episkopos* amin'ny fiteny Grika) (Asa 20:17, 28). Noho izany, ny pasitera dia sady loholona no mpitandrina (Asa 20:17, 28; 1 Tim. 3:1-2; Tit. 1:5-7). Mba hahafahana mitarika tsara ny fiangonana, ny pasitera Pentekôtista dia tsy maintsy matotra ara-panahy, sy manana fahalalana tsara ny Tenin'Andriamanitra (1 Tim. 3:6; 2 Tim. 4:2).

Ny teny Grika nadika hoe diakona dia *diakonos,* izay midika hoe "izay manompo". Ao amin'ny Asan'ny Apostoly 6, lehilahy fito feno ny Fanahy Masina no nofidiana hitandrina latabatra mba hahafahan'ny apostoly "haharitra amin'ny fivavahana sy ny fampianarana" (Asa 6:2-4). Ny roa tamin'ireo lehilahy ireo dia Stefana sy Filipo, izay tonga vavolombelona mahery vaika ho an'i Kristy. Ao

amin'ny Romana 16:1, Paoly dia niresaka mikasika an'i Foiby, ilay diakona vehivavy tao amin'ny fiangonana tany Roma.

## NY ASAN'NY MPITANDRINA

Ny teny nadika hoe "mpitandrina" ao anatin'ny Baiboly dia avy amin'ny teny Grika *poimēn,* izay midika ara-bakiteny hoe "mpiandry ondry". Amin'ny maha pasitera, andraikitrao ny miandry ny ondrin'Andriamanitra (Asa 20:28). Amin'ny maha mpiandry ondry, ianao dia manompo amin'ny maha mpitarika, mpanolo-tsaina ary mpiaro ny ondrin'Andriamanitra (1 Pet. 5:1-4).

### Ny andraikitrin'ny mpitandrina

Tafiditra ao anatin'ny andraikitra maha mpitandrina anao ny fiahiana ny ondrin'Andriamanitra (Jaona 21:15-17; 1 Pet. 5:2-3), fanatanjahana ny tena (Efe. 4:11-12), fanoloran-tsaina ny vahoakan'Andriamanitra (1 Tim. 5:14), ary ny fiarovana ny ondry (Asa 20:28). Ankoatr'ireo dia eo koa ny andraikitra fitorian-teny (2 Tim. 4:2), fampianarana (1 Tim. 3:2; Tit. 2:1), fitarihana (Heb. 13:17), fitantanan-draharaha (Asa 20:28), fanaovana mpianatra (Mat. 28:19), fitoriana ny filazantsara amin'ny very (2 Tim.4:5), ary fanetsehana ny fiangonana ho an'ny iraka (Asa 13:1-4)[1].

Tamin'ny andron'ny fiangonana voalohany, izany hoe fotoana fohy taorian'ny andro Pentekosta, ny apostoly dia nanatanteraka ny andraikitrin'ny mpitandrina. Izy ireo no nitarika ny fiangonana, tahaka ny nitarihan'i Jesosy azy ireo sy nanasongadina ireo zavatra rehetra nasongadiny. Ny ankamaroan'ny zavatra nomen'izy ireo lanja dia hita ao amin'ny fanoritsoritan'i Lioka ny fiangonana ao amin'ny Asan'ny Apostoly 2:38-47.

Io andalan-tSoratra Masina mahatalanjona io sy ireo andinin-tSoratra Masina mialoha azy dia manambara zavatra folo nasongadin'ny apostoly momba ny asan'ny mpitandrina. Amin'ny maha pasitera Pentekôtista, fahendrena ny

[1] Raha te handalina bebe kokoa momba ny andraikitrin'ny pasitera Pentekôtista dia jereo ny Toko 23 hatramin'ny 27.

manaraka ny ohatra nasehon'ny apostoly ka mampiasa ireo zavatra folo ireo ho fakantahaka ho an'ny asa fanompoanao manokana amin'izao vaninandro izao.

*1. Fanambarana ny filazantsara.* Raha vao feno ny Fanahy Masina i Petera dia nitsangana tamim-pasahiana nanambara ny filazantsara. Tao amin'ny toriteniny tamin'ny andro Pentekosta, Petera dia nanambara ny fahafatesana sy ny fitsanganan'i Kristy tamin'ny maty (Asa 2:23-24, 32; jereo koa ny 1 Kor. 15:1-4). Ny namaranany ny hafany dia fiantsoana ny olona hibebaka sy hino ny filazantsara (Asa 2:36-40). Ireo zavatra ireo dia notsindriana nanerana ny bokin'ny Asan'ny Apostoly (jereo ny. 3:19; 20:21; 26:20). Araka izany, ny fanambarana ny filazantsara dia tokony ho ivon'ny asa fanompoan'ny mpitandrina amin'izao androntsika izao.[2]

*2. Fanafiana ny herin'ny Fanahy Masina.* Petera ihany koa dia nanasongadina ny ilana ny fanafiana ny herin'ny Fanahy Masina (Asa 2:38-39; jereo koa ny. 2:17-18). Izay mandray an'i Kristy dia tokony omena fahafahana hofenoina ny Fanahy Masina avy hatrany. Tahaka ny fanambarana ny filazantsara, ny fanafiana hery dia hitantsika misongadina manerana ny bokin'ny Asan'ny Apostoly (8:14-17; 9:17-18; 10:44-46; 19:1-7). Amin'ny maha pasitera Pentekôtista, tsy maintsy mitory sy mampianatra matetika ny batisa amin'ny Fanahy Masina miaraka amin'ny tanjona dia ny hahita ny mpikambana tsirairay ho voatafy ny herin'ny Fanahy Masina sy ho tonga any amin'ny very ianao (1:8)[3]

*3. Fampianarana ny Tenin'Andriamanitra*. Voalazan'i Lioka fa ny mpino tao Jerosalema dia "naharitra tamin'ny fampianaran'ny Apostoly" (Asa 2:42). Araka izany, ny apostoly dia nanasongadina ny fampianarana ny Tenin'Andriamanitra. Taona maromaro taty aoriana, Paoly dia nijoro vavolombelona: "tsy mba nafeniko izay mahasoa, fa nambarako sy nampianariko anareo teo imason'ny olona ary tao amin'ny isan-trano" (20:20). Izany no fomba fiasan'i Paoly, teny amin'izay rehetra nalehany (jereo ny 11:26-26; 15:35; 28:31). Azonao atao koa ny mampianatra

---

[2] Raha te handalina momba ny asa fanompoana fitoriantenin'ny pasitera Pentekôtista ianao dia jereo ny Toko 16: "Toriteny voahosotrin'ny Fanahy Masina".

[3] Raha te hianatra bebe kokoa mikasika ny fanafiana ny herin'ny Fanahy Masina ianao dia jereo ny Toko 20 "Fitarihana ny mpino amin'ny Batisa amin'ny Fanahy Masina".

amin’ny fomba marina, mazava ary mivelatra tsara ny tenin’Andriamanitra ao anatin’ny fiangonana tarihanao[4].

*4. Fankalazana sakramenta*. Tao anatin’ny fankatoavana ny didin’i Jesosy (Mat. 28:19-20; Lioka 22:19), ny apostoly dia nanindry ny fanaovana batisa amin’ny rano sy ny fandraisana ny fanasan’ny Tompo (Asa 2:38-41). Ny batisa amin’ny rano dia manaporofo ny fahatsapana fahateraham-baovao niainan’ny mpino. Ny fanasan’ny Tompo kosa manaporofo ny fifandraisana mitohy eo amin’ny mpino sy Kristy. Amin’ny maha pasitera Pentekôtista, tsy maintsy ataonao azo antoka tsara fa ireo fanao masina ireo dia tanterahana amim-pahatokiana ao anatin’ny fiangonana.[5]

*5. Fitarihana vavaka.* Ny apostoly dia nanome lanja ny vavaka. Nilaza i Lioka fa ny olona dia “naharitra tamin'ny .... fivavahana” (Asa 4:42). Ny fanokanan-tena na faharetana tamin’ny vavaka no fototrin’ny fiainam-panahy sy fijoroana vavolombelon’ny mpino. Io ihany koa no miantoka ny fanatrehana sy ny herin’ny Fanahy Masina ao anatin’ny fiangonana sy eo amin’ny fiainan’ny mpino (jereo 4:31). Amin’ny maha pasitera Pentekôtista, tsy maintsy mampianatra ny olona hivavaka amin’ny alalan’ny fampianarana sy ny ohatra avy amin’ny tenanao manokana ianao.[6]

*6. Fanantenana famantarana sy fahagagana*. Ny Apostoly dia nahita ny fanehoana ny fanatrehana sy ny herin’Andriamanitra tao anatin’ny fiangonana. Izao no nosoratan’i Lioka: “Dia raiki-tahotra ny olona rehetra teo, ary fahagagana sy famantarana maro no nataon'ny Apostoly” (Asa 2:43). Ny fanehoana ny

---

[4] Raha te handalina mikasika ny asa fanompoana fampianaran’ny Pasitera Pentekôtista dia jereo ny Toko 17: “Fampianarana mahomby”.

[5] Raha handalina momba ny fanaovana sakramenta dia jereo ny Toko 42 “Fitarihana sakramenta, fanoloran-jaza ary ny maro hafa”.

[6] Raha handalina momba ny vavakin’ny pasitera Pentekôtista ianao dia jereo ny Toko 8: “Laharam-pahamehanan'ny vavaka”.

fanatrehan'Andriamanitra sy ny heriny ihany koa dia tokony hanamarika ny asa fanompoan'ny pasitera Pentekôtista amin'izao vaninandro izao.[7]

*7. Fampiroboroboana ny fiombonana*. Ny apostoly ihany koa nanao izay hisin'ny fiombonana teo amin'ny tenan'i Kristy. Hoy i Lioka: "Ary izay rehetra nino dia niray toerana, sady niombonany avokoa ny fananany rehetra" (Asa 2:44). Ny fiombonan'ny olona resahana eto dia mihoatra noho ny ara-batana. Niombompo sy tanjona ny fiangonana mba hahatanteraka ny iraka nankinina taminy.

*8. Fandrisihana ny fahalalahan-tanana.* Ny apostoly ihany koa dia nampiroboro ny fahalalahan-tanana. Vokany, "namidiny [namidin'ny mpikambana tao amin'ny fiangonana] ny taniny sy ny fananany ka nozarainy tamin'izy rehetra araka izay nilainy avy" (Asa 2:45). Izany fahalalahan-tanana izany dia avy amin'ny fifandraisana feno fitiavana teo amin'ny samy mpino sy tamin'Andriamanitra. Tahaka ny apostoly, tsy maintsy mitarika ny olona hanome amim-pahalalahan-tanana ho an'ny asan'Andriamanitra ianao.

*9. Fandaminana ny fiderana.* Hoy i Lioka: "Ary dia niray saina isan'andro izy ka nazoto nankeo an-kianjan'ny tempoly nidera an'Andriamanitra sady nahita fitia tamin'ny vahoaka rehetra" (Asa 2:46-47). Fantatrin'ny apostoly ny lanjan'ny fiarahan'ny olona midera an'Andriamanitra, mihofana ary mifampahery.[8]

*10. Fanetsehana ho amin'ny fijoroana vavolombelona*. Farany, ny apostoly dia nanasongadina ny fijoroana vavolombelona manokana. Nanetsika ny olona ho amin'ny asa misiona sy nampahery azy ireo hizara an'i Kristy amin'ny hafa izy. Vokatr'izany: "ny olom-bonjena dia nanampin'ny Tompo isan'andro ho isan'ireo" (Asa 2:47).[9]

---

[7] Raha te handalina mikasika ny asa fanompoana mihoatra ny voajanahary ianao dia jereo ny Toko 21: "anaovana asa fanompoana ao amin'ny herin'ny Fanahy Masina".

[8] Raha handalina mikasika ny fitarihana ny fiangonana amin'ny fiderana ianao dia jereo ny Toko 18: "Fitarihana ny fiangonana amin'ny fiderana".

[9] Raha handalina mikasika ny fanetsehana ny fiangonana ho amin'ny fijoroana vavolombelona ianao dia jereo ny Toko 37: "Fitoriana ny filazantsara amin'ny very

Ireo zavatra folo nasongadin'ny apostoly tao anatin'ny fiangonana tao Jerosalema ireo dia azonao pasitera Pentekôtista ankehitriny atao fakantahaka. Hanampy anao hampifandrindra ny asa fanompoanao amin'ny asa fanompoan'i Jesosy sy ny apostoly izy ireo. Fanampin'izany, ireo ihany koa dia miantoka ny hahatonga ny fiangonana tandremanao ho hery ara-panahy matanjaka eo amin'ny fiaraha-monina misy anao sy izao tontolo izao.

**Antony manosika sy fanaovana tatitra ao anatin'ny asa fanompoan'ny mpitandrina**

Amin'ny maha pasitera Pentekôtista, zava-dehibe ny *zavatra* ataonao fa mbola manan-danja lavitra noho izany *ny antony* anaovanao ilay zavatra. Petera dia nanoratra mikasika ny antony manosika marina ao anatin'ny asa fanompoana maha mpitandrina (1 Pet. 5:2-3). Ny pasitera dia tsy tokony hanao ny asa fanompoany amin'ny faneriterena na ny fitadiavana tombontsoa ara-bola, na ny fanirina hanjakazaka amin'ny olona. Ny antony tokony hanosika ny mpitandrina dia fanirina tsotra hikarakaraka ny vahoakan'Andriamanitra sy ny fitiavana hanompo azy ireo. Ny pasitera manompo miaraka amin'ny antony manosika marina dia hahazo valim-pitia. Petera dia mampahery ny pasitera mahatoky amin'ity teny fikasana ity: "Ary rehefa miseho ny Lohan'ny mpiandry, dia hahazo ny satro-boninahitra tsy mety simba ianareo" (and.4).

Amin'ny maha pasitera Pentekôtista, tsy maintsy tsarovanao mandrakariva fa indray andro any dia hijoro eo anatrehan'i Kristy ianao ary hanao tatitra ny amin'ny fomba nanatanterahanao ny antsonao. Hoy i Paoly: "Fa isika rehetra dia samy tsy maintsy ho hita toetra miharihary eo amin'ny fitsaran'i Kristy, mba handraisan'ny olona rehetra izay zavatra nataon'ny tenany, dia araka izay nataony, na tsara na ratsy" (2 Kor. 5:10). Ny pasitera mahatoky dia hahazo valim-pitia (Mat. 25:23); ny pasitera tsy mahatoky kosa dia ho tanana ho tompon'andraikitra (and.26).

Ao anatin'ny Soratra Masina, ny mpiandry ondry tsy mahomby amin'ny fiahiana ny vahoakan'Andriamanitra dia voaheloka. Ohatra: Andriamanitra dia niteny tamin'ny alalan'i Jeremia hoe: "Lozan'ireo mpiandry izay manimba sy mampihahaka ny ondry fiandriko, hoy Jehovah…Hianareo efa nampihahaka ny ondriko sy nandronjindronjina azy, fa tsy nanolokolo azy; Koa, indro, hovaliako

ianareo noho ny faharatsian'ny ataonareo, hoe Jehovah” (Jer. 23:1-2; jereo koa ny. Ezek. 34:1-10).

**Fampitaovana ho amin’ny asa fanompoana**

Ny asa fanompoana maha mpitandrina dia asa lalina sady ara-panahy. Mba hahafahana mitory ny filazantsara amim-pahombiazana amin’ny very sy mampitao ny olona masina, ny pasitera Pentekôtista dia tsy maintsy mianatra miantehitra amin’Andriamanitra amin’ny zavatra rehetra ilainy. Misy ady ara-panahy ihany koa ao anatin’ny asa fanompoana maha mpitandrina, noho izany tsy maintsy mivonona amin’ny fitaovam-piadiana ara-panahy ny pasitera Pentekôtista (Efe. 6:12; 2 Kor. 10:4-5)[10]

Iray amin’ireo fitaovam-piadiana ara-panahy ireo ny hery raisina amin’ny fotoanan’ny batisa amin’ny Fanahy Masina. Talohan’ny niverenany tany an-danitra, Jesosy dia nandidy ny Mpianany hitoetra tao Jerosalema sy hiandry ny fanafiana hery (Asa 1:4-8). Tsy navelany hanomboka ny asa fanompoana izy ireo “mandra-panafiana azy ireo amin’ny hery avy any avo” (Lioka 24:49). Tamin’ny andro Pentekosta dia “samy feno ny Fanahy Masina izy rehetra, ka dia niteny tamin'ny fiteny maro samy hafa, araka ny nampitenenan'ny Fanahy Masina azy” (Asa 2:4). Tahaka ny apostoly, tsy afaka manatanteraka ny andraikitra maha pasitera anao ianao raha tsy eo ny herin’Andriamanitra. Ary tahaka azy ireo, tsy maintsy ataonao azo antoka fa ny olona tonga ao amin’i Kristy dia vita batisa amin’ny Fanahy Masina avy hatrany sy voatafy ny herin’ny Fanahy Masina ary tonga vavolombelon’i Kristy.[11]

---

[10] Raha te handalina bebe kokoa mikasika ny ady ara-panahy dia jereo ny Toko 22: “Fidirana ao anatin'ny ady ara-panahy.

[11] Raha handalina mikasika ny fitarihana ny mpino vaovao amin’ny batisa amin’ny Fanahy Masina ianao dia jereo ny Toko 20: “Fitarihana ny mpino amin'ny Batisa amin'ny Fanahy Masina”

# ~ Toko 24 ~

# Fikarakarana ny ondry

Notsikerain'ny sasantsany tamin'ny Fariseo i Jesosy indray mandeha satria niharoharo tamin'ny olona very. "Ilehity mandray ny mpanota" hoy izy ireo nimonomonona. "Miara-mihinana aminy" mihitsy aza Izy:! Rehefa nahare izany fanamarihana izany i Jesosy dia nanontany azy ireo: "Iza moa no olona aminareo, izay manana ondry zato, ka very ny anankiray"? Avy eo, notantarainy tamin'izy ireo ny tantaran'ilay mpiandry ondry izay nahita ny ondriny iray izay efa very. Ny mpiandry ondry mahatoky dia mandao ny ondry sivy amby sivifolo any an-efitra ka mandeha mitady ilay very mandra-pahitany azy. Rehefa hitany iny, dia ataony eo an-tsorony ary entiny mody. Rehefa miditra ny tanany izy dia miantso ny namany sy ny mpifanolo-bodirindrina aminy ka manao hoe: "Avia hiara-mifaly amiko; fa efa hitako ilay ondriko very" (jereo ny Lioka 15: 4-6).

Talohan'ny naha mpanjaka sy mpanao Salamo an'i Davida dia mpiandry ondry izy, nikarakara ny ondrin-drainy. Tao anatin'izany izy dia nianatra nitia ny tsirairay avy tamin'ireo ondry ireo. Takany tsara tamin'izany fa Andriamanitra dia sy mikarakara azy tahaka ny fikarakarany ny ondriny. Nanoratra izy hoe: "Jehovah no Mpiandry ahy, tsy hanan-java-mahory aho, Mampandry ahy amin'ny ahi-maitso Izy; mitondra ahy eo amoron'ny rano fialan-tsasatra Izy. Mamelombelona ny fanahiko Izy" (Sal. 23:1-2).

Jesosy dia niantso ny tenany hoe mpiandry ondry. “Izaho no Mpiandry Tsara” hoy Izy “fantatro ny Ahy, sady fantany Aho… Izaho manolotra ny aiko hamonjy ny ondry” (Jaona 10:14-15). Ny mpanoratra ny Hebreo dia niantso an’i Jesosy hoe “Mpiandry ondry lehibe” (Heb. 13:20). Ny ondriny dia ireo nisafidy ny hanaraka Azy. Nanambara i Jesosy fa Izy no tompon’ny ondry. Tsy mba tahaka ny mpikarama izay mandositra rehefa mahita ny amboadia avy ka mamela ny ondry misambotra sy mampihahaka ny ondry ny mpiandry tsara fa mijoro miaro azy ireo. Vonona hanolotra ny ainy ho azy ireo mihitsy Izy.

Amin’ny maha pasitera Pentekôtista, Jesosy no tsy maintsy alainao tahaka. Tsy maintsy miandry ny ondrin’Andriamanitra tahaka ny niandrasan’i Jesosy azy ireo fony Izy tao amin’ny nofo ianao. Ity toko ity dia hiresaka mikasika ny andraikitrin’ny pasitera Pentekôtista amin’ny fiandrasana ny ondrin’Andriamanitra.

## NY FON’NY MPIANDRY ONDRY

Amin’ny maha mpiandry ny ondrin’Andriamanitra, ny pasitera Pentekôtista dia tsy maintsy mangoraka, mahatoky ary azo ianteherana, araka izao manaraka izao.

### Mangoraka

Hoy Isaia reha nanoratra momba an’Andriamanitra: “Hiandry ny ondriny tahaka ny mpiandry ondry Izy; Ny sandriny no hanangonany ny zanak'ondry, ka hotrotroiny eo an-tratrany ireny” (Isa. 40:11). Tahaka ny Tompony, ny pasitera Pentekôtista dia feno fangorahana. Tia ny olona amin’ny fo marina izy ireo. Tafiditra ao anatin’izany olona izany ao am-piangonana sy ny any ivelan’ny fiangonana. Jesosy dia naneho ny Fitiavany ny olona. Hoy ny Baiboly: “Ary nony nahita ny vahoaka Jesosy, dia nahonena Azy ny fijeriny ireo, satria nampahantraina ireo ka nafoy toy ny ondry tsy misy mpiandry” (Mat. 9:36). Tahaka izany koa, tsy maintsy mitia marina ireo olona nantsoin’Andriamanitra hotompoinao ianao.

**Mahatoky**

Ankoatr'izany, amin'ny maha pasitera Pentekôtista, tsy maintsy maneho ny tenanao ho mahatoky ianao. Tsy vonona hamony ny zavatra rehetra sy hanaraka tanteraka ny Tomponao ianao (Mat. 19:21; Marka 8:34-35). Napetrak'i Kristy eo an-tananao, tahaka ny harena masina ny Vahoakany. Noho izany, tsy maintsy mahafoy an-tsitra-po ny zonao ianao; ary tsy maintsy manompo amim-pahatokiana ireo olona napetrak'i Kristy eo ambany fikarakaranao ireo. Izao no nosoratan'i Paoly mikasika ny mpanompon'ny filazantsara: "Ary raha izany, dia fantatrareo fa ny mpitandrina dia tokony ho olona mahatoky" (1 Kor 4:2).

**Azo ianteherana**

Farany, mba hahafahanao miandry amim-pahatokiana ny ondrin'Andriamanitra, tsy maintsy azo ianteherana ianao. Tsy tokony hanao tahaka ny mpikarama izay mandao ny ondry sy mandositra rehefa tonga ny zava-tsarotra ianao (Jaona 10:12-13). Tsy mijoro tsara sy mitoetra ho azo ianteherana ianao. Andriamanitra izay niantso anao sy ny olona tompoinao dia tsy maintsy samy afaka miantehitra aminao. Tokony ho azon'izy ireo antoka fa na inona na inona mitranga dia ho eo foana ianao ary hanatanteraka ny andraikitrao.

## NY ASAN'NY MPIANDRY ONDRY

Amin'ny maha mpiandry ny ondrin'Andriamanitra, ny pasitera Pentekôtista tsirairay dia manatanteraka andraikitra roa: mikarakara ny ondry sy mandamina ny fiangonana. Ndeha hojerentsika ireo andraikitra roa ireo:

**Fikarakarana ny ondry**

Voalohany, tsy maintsy mikarakara ny ondry ianao. Mba hahatanteraka izany, andraikitra enina fara fahakeliny no tsy maintsy ataonao.

*1. Famahanana ny ondry*. Hoy i Jesosy tamin'i Petera: "[Raha tia Ahy va ianao] ...Fahano ary ny ondriko" (Jaona 21:17). Andriamanitra dia nampanantena ny Isiraely hoe: "Dia homeko mpitondra araka ny sitrapoko ianareo. Izay hitondra [na hamahana] anareo amin'ny fahalalana sy ny fahendrena (Jer. 3:15). Noho izany, tsy maintsy mamahana ny vahoakan'Andriamanitra ianao. Tsy maintsy mampianatra azy ireo amim-pahatokiana ny Tenin'Andriamanitra. Ny fanaovana

izany no hahatonga ny olona hitombo sy hatanjaka amin'ny finoana. Izany ihany koa no hahatonga ny fiangonana hiorina sy ho matotra ao amin'i Kristy (Efe. 4:11-16). Tsy isalasalana fa izany no antony nahatonga an'i Paoly nampahery an'i Timoty hoe: "mitoria ny teny, mazotoa, na amin'ny fotoana, na tsy amin'ny fotoana, mandrese lahatra, mamporisiha, mananara mafy amin'ny fahari-po sy ny fampianarana rehetra" (2 Tim. 4:2).

Tsy tokony hitory sy hampianatra amim-pahatokiana ny tenin'Andriamanitra fotsiny ianao fa tsy maintsy mametraka fandaharam-pampianarana feno ao anatin'ny fiangonana ihany koa. Tsy maintsy ataonao azo antoka fa ny Baiboly dia ampianarina amin'ny fomba mitohy amin'ny sokajin-taona rehetra – ny ankizy, ny tanora ary ny ray aman-dreny[1].

*2. Fiarovana ny ondry.* Nandidy ny loholon'ny fiangonana tany Efesosy i Paoly hoe: "Tandremo ny tenanareo sy ny ondry rehetra izay nanaovan'ny Fanahy Masina anareo ho mpitandrina, hiandrasanareo ny fiangonan'Andriamanitra, izay novidiny tamin'ny ràny" (Asa 20:28). Nampitandrina azy ireo izy: "Fantatro fa rehefa lasa aho dia hisy amboadia masiaka hiditra eo aminareo izay tsy hiantra ny ondry. Ary avy aminareo no hiposahan'ny olona sasany mitory teny tsy marina hitaona ny mpianatra hanaraka azy. Koa miambena, ary tsarovy fa telo taona mipaka aho tsy nitsahatra nananatra anareo rehetra andro aman'alina tamin'ny ranomaso" (and.29-31).

Noho izany, tsy maintsy mitandrina ianao amin'ny mpaminany sandoka sy ny mpampianatra sandoka izay mikendry ny fiangonana. Tsy maintsy fantarinao ireo "ambodia mitafy hodi-janak'ondry ireo" ary toherinao amim-pahasahiana. Raha ilaina, ianao sy ny mpitarika mpiara-miasa aminao dia tsy maintsy manaisotra azy ireo ao anatin'ny fiangonana. Tsy manao izany amin'ireo tsy mitsahatra manakorontana sy miteraka fisarahana ao anatin'ny fiangonana ihany koa ianao (Rom. 16:17).

---

[1] Raha handalina bebe kokoa mikasika ny andraikitrin'ny pasitera amin'ny fampianarana ny tenin'Andriamanitra dia jereo ny Toko 17: "Fampianarana mahomby".

Fanampin'izany, tsy maintsy miaro ny ondrin'Andriamanitra amin'ny fampianaran-diso sy amin'ny mpampianatra diso amin'ny alalan'ny fanehoana ny marina ianao. Amin'izay izy ireo "mba tsy ho zaza intsony isika, ka ahilangilana sy ampitambolimbolenin'ny rivotry ny fampianarana samy hafa rehetra amin'ny saim-petsy ataon'ny olona sy ny fihendreny hahatanteraka ny hevitry ny famitahana" fa "mba hanaraka ny marina amin'ny fitiavana ka hitombo amin'ny ny zavatra rehetra ho amin'izay Loha, dia Kristy" (Efe. 4:14-15)[2]

*3. Fitsaboana ny maratra.* Jesosy dia nanatratra ireo olona naratra tamin'ny fo feno fangorahana Mat. 9:36; 15:32-38). Amin'ny maha pasitera Pentekôtista, tsy maintsy manao tahaka izany ianao. Tsy maintsy manatratra amim-pitiavana ny malemy sy ny mijaly ao amin'ny fiangonana sy ny fiaraha-monina misy anao ianao. Tafiditra ao anatin'izany ny mpitondratena sy ny kamboty (Jak. 1:27). Eo ihany koa ny marary, ny mahantra, ny any an-tranomaizina ary ireo manana zavatra ilaina manokana (Mat. 25:38). Nampahery azy ireo i Jesosy: "Lazaiko aminareo marina tokoa: Araka izay efa nataonareo tamin'ny anankiray amin'ireto rahalahiko kely indrindra ireto no nataonareo tamiko" (and.40). 0342346179

Ilaina ihany koa ianao mamangy ny marary, ny kivy, ny nihemotra ary ny ampahorian'ny demonia any amin'ny tokantranon'izy ireo avy. Any no anaovanao asa fanompoana amin'izy ireo araka izay ilainy avy. Tokony hovangianao ihany koa ireo mpikambana ao amin'ny fiangonana izay marary any amin'ny hôpitaly na any an-tranomaizina. Tsy maintsy manokana fotoana hivavahana sy hampaherezana azy ireny ianao. Tsy maintsy ampidirinao ao anatin'ny fandaharam-potoananao ihany koa ny fandraisana ireo olona manana olana na mila torohevitra. Ao anatin'izany no hihainoanao amim-pahamalinana ny olan'izy ireo, hivavahanao ho azy ary hanomezanao vahaolana mifanaraka amin'ny Tenin'Andriamanitra[3].

[2] Raha handalina momba ny fiarovana ny ondrin'Andriamanitra ianao dia jereo ny Toko 27: " Fiandrasana ny ondry".

[3] Raha handalina bebe kokoa mikasika ny asa fanoloran-tsaina ataon'ny pasitera Pentekôtista ianao dia jereo ny Toko 26: "Fanoloran-tsaina ny vahoakan'Andriamanitra".

*4. Fanatanjahana ny malemy.* Tsy maintsy misy olona malemy ara-panahy ao anatin'ny fiangonana tsirairay. Noho izany, tsy mari-toerana ny fiarahan'izy ireo mandeha amin'Andriamanitra. Noho ny tsy fahamatorana ara-panahy, na noho ny antony hafa, tandidomin'ny lozan'ny fialana amin'ny Tompo izy ireny. Tokony hanara-maso tsy tapaka ireny ao anatin'ny toe-javatra mampidi-doza ireny ianao. Tokony hitady fomba hampaherezana azy ireny ao anatin'ny fiarahany mandeha amin'ny Tompo ihany koa. Azonao atao ny manendry kristiana matanjaka ara-panahy ho namana sy ho mpampahery azy ireny. Ny fomba iray hafa hahafahana manampy azy ireo koa dia ny fitarihana azy amin'ny batisa amin'ny Fanahy Masina. Amin'izany dia ny Fanahy no hanampy, hampahery ary hitarika azy ireny[4].

*5. Fitadiavana ny very*. Nilaza i Jesosy fa "tonga ny Zanak'olona hitady sy hamonjy ny very. Nodidiany koa ny mpianany mba hanao tahaka (Marka 16:15-16; Lioka 14:23). Amin'ny maha pasitera Pentekôtista, tsy maintsy manaraka ny ohatra nasehon'ny Tompo ianao. Tsy maintsy mijoro vavolombelona amin'ny very sy mitarika ny vahoakanao hanao tahaka izany. ambonin'izany, tsy maintsy alaminao ihany koa ny fiangonana mba hanatanteraka fitoriana ny dilazantsara, fananganana fiangonana ary asa misiona ao anatin'ny herin'ny Fanahy Masina.

Mba hahafahana manatanteraka izany, tsy maintsy mitory sy mampianatra matetika mikasika ny maha zava-dehibe ny haneken'ny olona an'i Kristy ho Mpamonjiny ianao. Tsy maintsy ampahatsiahivinao azy ireo matetika ny andraikiny amin'ny fanatrarana ny very amin'ny filazantsara. Tokony hametraka fandaharam-potoana sy hetsika manainga fanahy ary mampitao azy ireo ho amin'ny fijoroana vavolombelona ianao. Marina ny voalazan'ny olona iray: "ny fomba tsara indrindra hahafahan'ny pasitera manainga fanahy ny olona hijoro vavolombelona dia ny maha vavolombelona azy"[5].

---

[4] Raha handalina mikasika ny fitarihana ny olona ao amin'ny batisa amin'ny Fanahy Masina dia jereo ny Toko 20: "Fitarihana ny mpino amin'ny Batisa amin'ny Fanahy Masina

[5] Raha handalina bebe kokoa mikasika ny fanatrarana ny very ianao dia jereo ny Toko37 "Fitoriana ny filazantsara amin'ny very" sy ny Toko 39 "Fananganana fiangonana vaovao".

*6. Fanitsiana izay manao ny tsy mety*. Ny fanitsiana dia ampahany iray tena manan-danja ao anatin'ny fikarakarana ny ondry. Ny Baiboly dia manome karazana fomba hahafahana mamerina ireo nania. Ny mpikambana ao anatin'ny fiangonana izay manota dia tsy maintsy ampitandremana. Raha mibebaka izany rahalahy na anabavy izany dia averina ao amin'i Kristy. Raha tsy mety mibebaka kosa izy dia tsy maintsy hahitsy na faizina (Mat. 18:15-17). Ny fanaovana izany dia hitondra vokatra roa. Voalohany, hamoha ilay niverin-dalana. Faharoa, ho fampitandremana ho an'ny mpikambana hafa ao amin'ny fiangonana.

Aza hadinoina, ny tanjon'ny fitsipi-pifehezana dia ho fanavotana mandrakariva. Tsy maintsy ao anatin'ny fanetren-tena sy fitiavana no hampiharanao izany. Hoy i Paoly nanoratra: "Ry rahalahy, raha misy olona azon'ny ota tsy nahy aza, dia atsanganonareo izay manana ny Fanahy amin'ny fahamorana izy, ka mihevera ny tenanao, fandrao ianao koa mba halaim-panahy ihany" (Gal. 6: 1).

**Famoronana fiaraha-monina tia mikarakara**

Amin'ny maha pasitera Pentekôtista, tsy ianao ihany no tokony hikarakara ny vahoakan'Andriamanitra fa tsy maintsy manainga fanahy ny fiangonana hanao tahaka izany ihany koa ianao. Tsy maintsy miezaka mamadika ny fiangonana ho fiaraha-monina tia mikarakara marina ianao. Ny atao hoe fiaraha-monina tia mikarakara dia fiaraha-monina ahitana mpikambana maro manana fo feno fangorahana ireo maratra. Izany hoe manana fo feno ny fitiavan'Andriamanitra ka tsy misalasala manatratra ireo manana zavatra ilaina. Rehefa mahita rahalahy na anabavy maratra izy ireo dia mamaly avy hatrany amin'ny fo feno fangorahana. Izany no nataon'i Jesosy rehefa nihaona tamin'ilay lehilahy boka izy. Hoy ralehilahy taminy: "Raha mety Hianao, dia mahay manadio ahy". Hoy ny baiboly: "Ary Jesosy dia onena azy ka naninjitra ny tànany, dia nanendry azy ka nanao taminy hoe: Mety Aho; madiova ianao" (Marka 1:40-41).

Iray amin'ny fomba hahafahanao mamolavola ny vahoakan'Andriamanitra ho tonga fiaraha-monina tia mikarakara ny fanaovana izay hahafeno azy ireo amin'ny Fanahy Masina sy fanampiana azy ireo hamela ny Fanahy Masina hiasa ao amin'ny fiainany. Ny fitiavana dia vokatrin'ny Fanahy (Gal. 5:22). Hoy ny Baiboly: "ny Fanahy Masina, Izay nomena antsika, no nentiny nampidina ny fitiavan'Andriamanitra ho ao am-pontsika" (Rom. 5:5). Fanampiny, rehefa

hitan'ny olona eo amin'ny fiainan'ny olona ny fangorahana dia hanomboka hanana fangorahana ihany koa izy ireo.

Rehefa mitranga ny toe-javatra hahafahana manao izany sy ny fitarihan'ny Fanahy, dia azonao atao ny mitarika ny fiangonana ao anatin'ny tetikasa fangorahana. Mety tafiditra ao anatin'izany ny fanomezana sakafo, ny fampiantranoana ary ny tetikasa hafa[6].

## NY FAHATOKIAN'NY MPIANDRY ONDRY

Araka ny noresahana teo aloha, ny pasitera Pentekôtista dia tsy maintsy mahita ny tenany tahaka ny mpitandrina fananana na mpikarakara ny fiangonan'Andriamanitra. Tsy tokony hohadinoiny velively fa ny fiangonana dia an'i Jesosy fa tsy azy. Amin'ny maha mpitandrina ny Fiangonany, ny pasitera Pentekôtista dia tompon'andraikitra eo anatrehany. Tsy maintsy mahatoky amin'ny andraikiny izy ireo satria indray andro any dia hiverina i Kristy ary hampanao tatitra mikasika ny fomba nitantanan'izy ireo ny Fananany (Lioka 12:42-43; 1 Kor. 4:2).

Ho mafy dia mafy ny hitsarana ireo pasitera feno fitiavan-tena ka tsy nikarakara ny ondry fa variana nitady ny tombontsoan'ny tenany. Ao amin'ny Testamenta Taloha sy ny Testamenta Vaovao, ny Baiboly dia manameloka mafy ny pasitera tahaka izany. Ohatra, Ezekiela dia naminany nanohitra ireo mpiandry ondry izay nampiasa ny ondry mba hanatavezana ny tenany: "Tsy manatanjaka ny malemy ianareo, na manasitrana ny marary, na manamatra ny folaka, na mampody ny noroahina, na mikatsaka ny very" (Eze. 34:4). Avy eo, hoy Andriamanitra niteny tamin'ny alalan'ny mpaminany: "Indro, avy hamely ny mpiandry ondry Aho, dia hampamoahiko ny amin'ny ondriko" (and.10). Izao no nambaran'Andriamanitra tamin'ny mpiandry ny Isiraely indray mandeha: "Hianareo efa nampihahaka ny ondriko sy nandronjindronjina azy, fa tsy nanolokolo azy; Koa, indro, hovaliako ianareo noho ny faharatsian'ny ataonareo" (Jer. 23:2).

---

[6] Voaresaka amin'ny antsipiriany ao amin'ny Toko 38 "Fanompoana ny fiaraha-monina" izany.

Ao amin'ny Testamenta vaovao Jakoba dia nampitandrina hoe: "aza dia samy ho mpampianatra be ihany ianareo, satria fantatrareo fa ho mafimafy kokoa no hitsarana anay mpampianatra" (Jak. 3:1). Petera ihany koa dia nanoratra mikasika ny mpaminany sy ny mpampianatra sandoka: "hahatonga mangingina sain-diso mahavery ary handà ny Tompo Izay nividy azy aza ka – hahatonga fahaverezana tampoka ho amin'ny tenany" (2 Pet. 2:1).

Raha hotsarain'Andriamanitra ny pasitera tsy mahatoky, hovaliany soa kosa ireo mahatoky amin'ny fikarakarana ny ondriny. Hoy i Jesosy: "Iza moa no mpanompo mahatoky sy manan-tsaina, izay notendren'ny tompony hifehy ny mpanompony mba hanome azy hanina amin'ny fotoana? Sambatra izany mpanompo izany, raha avy ny tompony ka hahita azy manao izany. Lazaiko aminareo marina tokoa: Hotendreny ho mpanapaka ny fananany rehetra izy" (Mat. 24: 45-47).

Rehefa nanoratra ho an'ny loholon'ny fiangonana i Petera dia nampitandrina azy ireo hoe: "Andraso ny ondrin'Andriamanitra izay eo aminareo, mitandrina azy tsy an-tery, fa amin'ny sitrapo,[araka an'Andriamanitra]; tsy amin'ny fitiavana harena maloto, fa amin'ny zotom-panahy; tsy ho mpanjakazaka, amin'ny anjara-fiandrasana, fa ho fianaran'ny ondry" (1 Pet. 5:2-3). Taorian'izay izy dia nanome fampaherezana ho azy ireo: "Ary rehefa miseho ny Lohan'ny mpiandry, dia hahazo ny satro-boninahitra tsy mety simba ianareo" (and. 4).

---

Ny fanompoana an'i Kristy amin'ny maha mpiandry ny Ondriny dia sady voninahitra no andraikitra masina. Ny pasitera manatanteraka amim-pahatokiana ny andraikiny dia afaka manantena ho avy feno fifaliana sy fanantenana. Indray andro any izy ireo hahare ny Tompony miteny hoe: "Tsara izany, ry mpanompo tsara sady mahatoky; nahatoky tamin'ny kely ianao, dia hotendreko ho mpanapaka ny be; midìra amin'ny fifalian'ny tomponao:!" (Mat. 25:21)

# ~ Toko 25 ~

# Fanatanjahana ny tena

Nanatanteraka fitoriana filazantsara tany Afrika Afovoany ny mpitoriteny malaza iray. Nahatratra aman'alina ny olona nanatrika ny fitoriana ny filazantsara ary an'arivony ireo nandray an'i Jesosy ho Mpamonjiny. Fifaliana tsy nisy tahaka izany no nameno ilay tanàna nanatanterahana ny fitoriana ny filazantsara.

Telo taona taty aoriana, nisy fanadihadiana natao. Tamin'izany no nahitana fa tamin'ireo olona an'arivony nanao fanambaram-pinoana nandriatra ny fitoriana ny filazantsara, dia vitsy ihany no nijanona tao anatin'ny fiangonana. Izao no nambaran'ny mpitarika fiangonana iray rehefa nahare izany: "Mangorakoraka ny foko mihaino izany tatitra izany. Tsapako ao anatin'ny fanahiko ao fa ny fiangonana any Afrika dia tsy maintsy mamerina mandinika ny fomba fanaovana mpianatra nampiasain'i Jesosy. Ny pasitera Pentekôtista Afrikana dia tsy maintsy mahatakatra fa tafiditra ao anatin'ny asa fitoriana ny filazantsara ny fanofanana fanaovana mpianatra".

Ny pasitera Pentekôtista atỳ Afrika dia malaza amin'ny fahombiazana amin'ny asa fitoriana ny filazantsara. Tonga kosa izao ny fotoana tokony hampalaza azy ireo amin'ny asa fanaovana mpianatra. Ny fitoriana ny filazantsara sy ny fanaovana mpianatra dia tsy afa-misaraka. Tsy ny fampitomboana ny

fiangonana ihany no tokony ho zava-dehibe amin'ny pasitera Pentekôtista, tsy maintsy manokana ny tenany amin'ny fanatajahana ny tena ihany koa izy. Ity toko ity dia hiresahana mikasika ireo fomba hahafahan'ny pasitera Pentekôtista manatanjaka ny tenan'i Kristy.

## NY ANDRAIKITRIN'NY PASITERA PENTEKÔTISTA

Ny tena andraikitra voalohany sahanin'ny pasitera tsirairay dia ny mampiorina sy manatanjaka ny fiangonana tarihany. Noho izany, ny pasitera Pentekôtista tsirairay dia tsy maintsy mikendry ny hamela fiangonana matanjaka noho ny fiangonana noraisiny. Ny fomba voalohany hahafahan'ny pasitera manatratra izany tanjona izany dia amin'ny alalan'ny fanofanana fanaovana mpianatra. Io asa io no fon'ny Iraka Lehibe izay nandidin'i Jesosy ny Mpianany hoe: "koa mandehana ianareo, dia ataovy mpianatra ny firenena rehetra" (Mat. 28:19). Nasainy nataon'izy ireo tamin'ny hafa ny zavatra nataony tamin'izy ireo. Tokony hanao tahaka Azy koa izy iore: mandany ny fotoana sy ny hery amin'ny fananganana ekipa izay hisy fiantraikany amin'ny firenena maro. Io paikadin'i Jesosy io no nohamafisin'i Paoly tamin'ilay fanambarany tamin'i Timoty hoe: "Ary izay zavatra efa renao tamiko teo anatrehan'ny vavolombelona maro dia atolory ny olona mahatoky, izay hahay mampianatra ny sasany kosa" (2 Tim. 2:2).

### **Fanatanjahana ny fiangonana**

Noraisin'i Paoly tamim-pahamatorana ny baikon'i Jesosy momba ny fanaovana mpianatra. Ny ampahany lehibe tamin'ny asa fanompoany dia natokany ho an'ny fanatanjahana ny fiangonana naoriny. Izany no nahatonga azy nanendry loholona isam-piangonana (Asa 14:23), namangy ireo fiangonana naoriny (15:41), ary nanoratra taratasy misy toromarika avy amin'ny Tompo ho azy ireo. Taty aoriana, Paoly dia nanamarina fa nomen'ny Tompo fahefana apostolika izy mba hanatanjahany ny fiangonana (2 Kor. 10:8; 13:10). Amin'ny maha pasitera Pentekôtista, tahaka izany koa no tsy maintsy hijerentsika ny asa fanompoana. Tsy maintsy mandray ny tenanao ho lehiben'ny asa fanaovana mpianatra ny fiangonan'i Kristy izay nomena hotarihanao ianao.

Ao amin'ny taratasy nosoratany ho an'ny kristiana tany Efesosy, Paoly dia nilaza fa Kristy dia nanome ny pasitera (sy ireo asa fanompoana efatra hafa) ho fanatanjahana ny tenan'i Kristy (Efe. 4:11-16). Eo amin'io andalana io, ny

apostoly dia nilaza mazava fa ny andraikitra voalohany sahanin'ireo mpanao asa fanompoana ireo dia ny "fanatanterahana ny olona masina, ho amin'ny asan'ny fanompoana amin'ny fiangonana" (and.12). Tsy maintsy manao izany izy ireo "mandra-pahatongantsika rehetra ... ho lehilahy lehibe, mahatratra ny ohatry ny halehiben'ny fahafenoan'i Kristy" (and. 12-13). Avy eo, nanazava i Paoly fa ny fiangonana dia "hitombo amin'ny ny zavatra rehetra ho amin'izay Loha, dia Kristy" (and.15)

Araka izany, ny fanaovana mpianatra dia tena iankinan'ny fahasalaman'ny fiangonana. Raha tsy mahomby amin'ny fanaovana mpianatra ny mpitarika ny fiangonana dia ho very maina ny ampahany betsaka amin'ny asa fitoriana ny filazantsara sy ny fananganana fiangonana

**Fanazavana ny teny**

Ho fanampiana antsika hahatakatra ny dingana fanaovana mpianatra dia ilaina aloha ny mahazo ny dikan'ny teny ho ampiasaina. Ndeha ary isika hijery ireto teny manan-danja telo ireto:

*1. Mpianatra:* Ny mpianatra dia olona feno fanokanan-tena amin'ny fianarana. Ilay mipetraka eo an-tongotrin'ny mpampianatra ary migoaka ny teny rehefa ambarany. Tahaka ny mpiana-draharaha, ny mpianatra dia mianatra ny asa ny amin'ny alalan'ny fakana tahaka ny mpampianatra. Ny mpianatr'i Kristy dia olona manokana ny fiainany manontolo ho an'i Jesosy Kristy ary manaraka Azy isan'andro, mianatra Aminy ary manatanteraka ny Irany.

*2. Fanaovana mpianatra*. Ny fanaovana mpianatra dia dingana mandritra ny androm-piainana hiovana ho tahaka an'i Kristy. Manomboka amin'ny fotoana hanokanan'ny olona ny fiainany ho an'i Kristy izany ary mitohy mandra-pahafatiny. Ny resaka momba ny fanaovam-pianatra dia tena mibahan-toerana tokoa ao amin'ny Testamenta Vaovao. Raha tsy hita afa-tsy intelo ao amin'ny bokin'ny Asan'ny Apostoly ny teny hoe *kristiana*, ny teny hoe *mpino* dia miverina in-35 ao amin'ny Filazantsara sy ny Asan'ny Apostoly, ary ny teny hoe *mpianatra* kosa dia hita in-289 ao amin'ny Filazantsara ary in-13 ao amin'ny Asan'ny Apostoly.

Ny fanaovana mpianatra dia mitaky fanokanan-tena ho an'i Kristy sy ny Irany. Jesosy dia nampitandrina ny vahoaka nanaraka Azy hoe: "Na zovy na zovy

no tsy mitondra ny hazo fijaliana ka tsy manaraka Ahy, dia tsy azo ekena ho mpianatro izy" (Lioka 14:27). Nasainy nandinika tsara ny sandany izy ireo alohan'ny hirotsahana ho Mpianany. Hoy Izy: "Ary toy izany koa ianareo rehetra, izay tsy mahafoy izay rehetra anananareo, dia tsy azo ekena ho mpianatro" (and. 33).

*3. Mpanao mpianatra.* Ny mpanao mpianatra dia olona manokan-tena amin'ny fankatoavana ny baikon'i Kristy hoe "ataovy mpianatra ny firenena rehetra" (Mat. 28:19). Mpanara-dia an'i Kristy manana fahamatorana izy io ary manokana tanteraka ny tenany amin'ny fanarahana an'i Jesosy Kristy sy ny fitarihana ny hafa hanao tahaka izany. Ny pasitera Pentekôtista mahomby dia mahatakatra tsara fa ny asany dia tsy mitaona ny olona hiova fo fotsiny. Ny asany dia manao izay hahatonga ny mpino ho mpianatra feno fanokanan-tena ho an'i Kristy.

## IREO FOMBA FANATANJAHANA NY FIANGONANA

Kristy dia tsy nametraka ny asa ao anatin'ny fanjakan'Andriamanitra ho tanterahan'ny mpitandrina matihanina fotsiny. Nomeny ny fiangonana ireo asa fanompoana dimy ireo mba hahafahana manofana ireo kristiana tsotra hanatanteraka ny asa sy ny fanompoana ao anatin'ny Fanjakany. Ny tanjon'ny apostoly, ny mpaminany, ny evanjelista, ny pasitera ary ny mpampianatra dia ny hamolavola ny kristiana ho mpitaona fanahin'olona sy hampianatra azy ireo ny fomba hifampikarakarana ary hampivelarana ny hafa ho tonga mpanompon'i Kristy (Efe. 4:11-16).

Noho izany, amin'ny maha pasitera Pentekôtista, tsy maintsy mampianatra ianao fa ny mpanara-dia an'i Kristy tsirairay dia nantsoina sy notafiana hery handray anjara amin'ny fampandrosoan'Andriamanitra eto an-tany? Na dia vitsy aza no nantsoina ho apostoly, isika rehetra kosa dia nantsoina handray anjara amin'ny asa misiona. Na dia vitsy aza no nantsoina ho mpaminany, isika rehetra dia nantsoina hijoro ho an'ny marina sy ny tsara. Na dia vitsy aza no nantsoina ho evanjelista, isika rehetra kosa dia nantsoina hizara ny finoantsika amin'ny hafa. Na dia vitsy aza no nantsoina ho mpampianatra, isika rehetra kosa nantsoina hampianatra ny hafa ny fomba fanompoana an'Andriamanitra. Na dia vitsy aza no nantsoina ho mpitandrina, isika rehetra kosa dia samy nantsoina hikarakara ny hafa

amim-pitiavana. Amin'ny maha pasitera, ny asanao dia mampianatra ny vahoakan'Andriamanitra ireo zavatra ireo sy manangana tetikasa fanaovana mpianatra matanjaka ao anatin'ny fiangonana.

Ndeha ary hojerentsika ireo paikady enina azo ampiasaina amin'ny fanatanjahana ny fiangonanao.

## Fanehoana ny atao hoe mpianatra

Voalohany, afaka manatanjaka ny fiangonana amin'ny alalan'ny fanehoana ny dikan'ny mpianatr'i Kristy ianao. Amin'ny alalan'ny fiainanao manokana, azonao aseho ny tena mpianatra marina. Rehefa mandinika ny fomba fiainan'ny pasiterany ny mpikambana ao amin'ny fiangonana dia ho voaentana hiaina tahaka izany koa. Haniry ho tonga mpianatr'i Kristy izy ireo. Vokany, hatanjaka sy hambinina ny fiangonana ary handroso ny fanjakan'Andriamanitra.

Ny paikady fanaovana mpianatra dia tena manana ny lanjany tokoa amin'ny fananganana fiangonana vaovao any amin'ny faritra tsy mbola nitoriana ny filazantsara. Ao anatin'izany mantsy dia kely ihany ny fahalalan'ny kristiana vaovao mikasika ny atao hoe miaina ho an'i Kristy. Ny hany modely ananan'izy ireo momba ny fiainana kristiana dia pasitera sy ny ankohonany. Tahaka an'i Paoly, tsy maintsy vonona hilaza amin'ny olona ianao hoe: "Aoka hanahaka ahy ianareo, dia tahaka ny anahafako an'i Kristy" (1 Kor. 11:1).

## Toriteny sy fampianarana

Faharoa, afaka manatanjaka ny fiangonana amin'ny alalan'ny fitoriana sy fampianarana ny Tenin'Andriamanitra amin'ny fomba mitohy. Ny mitory ny Tenin'Andriamanitra dia manomana sy mitory hafatra ara-baiboly miaraka amin'ny tanjona mazava ao an-tsaina. Mba hahafahana manao izany, tsy maintsy faritanao ao anatin'ny vavaka sy ny fandinihana Soratra Masina aloha ny zotra tian'ny Fanahy Masina hitarihana ny fiangonana. Rehefa miandry ao anatin'ny

vavaka ianao dia hiteny aminao ny Fanahy Masina hoe: "Ity no lalana, ka andehano" (Isa. 30:21)[1]

Rehefa fantatrao ny taridalan'Andriamanitra ho an'ny fiangonana dia afaka manomboka manomana sy mitory tenin'Andriamanitra miaraka amin'ny tanjona dia ny hitondra ny fiangonana amin'izany lalana izany ianao. Ao anatin'izany koa, tsy maintsy ataonao azo antoka fa "ny sitrapon'Andriamanitra rehetra" – izany hoe ny Tenin'Andriamanitra manontolo – no ampianarina ao anatin'ny fiangonana (Asa 20:27). Ny fanaovana izany dia hahatonga ny vahoakan'Andriamanitra hahazo tsara ny Tenin'Andriamanitra sy ny sitrapony eo amin'ny fiainan'izy ireo[2]

Fanampin'izany, ny toriteny sy ny fampianaranao dia tsy maintsy ahitana matetika resaka momba ny irak'Andriamanitra sy ny tokony handraisan'ny fiangonana anjara amin'io iraka io. Ny irak'Andriamanitra, izay antsoina ihany koa hoe *missio Dei* dia ilay drafitr'Andriamanitra mandrakizay hiantso olona avy amin'ny olona avy fokom-pirenena rehetra sy ny samy hafa fiteny sy ny olona ary ny firenena rehetra eto ambonin'ny tany (Apok. 5:9; 7:9). Notsindrin'i Jesosy mazava tsara ao anatin'ny iraka lehibe nomeny ny andraikitrin'ny fiangonana (Mat. 28:18-20; Marka 16:15-18; Lioka 24:46-49; Jaona 20:21-22; Asa 1:8).

**Fanafiana hery ny olona**

Fahatelo, azonao atao ny manatanjaka ny tenan'i Kristy amin'ny alalan'ny fanafiana hery ny olona ho amin'ny fanompoana. Tafiditra ao anatin'io fanafiana hery ho an'ny fanompoana io ny fanafiana hery ara-panahy sy ara-tsaina:

*Fanafiana hery ara-panahy*. Tsy maintsy miasa mafy ianao mba hahatonga ny mpikambana tsirairay ao anatin'ny fiangonana ho voatafy ny herin'ny Fanahy Masina. Izany no baiko farany napetrak'i Jesosy ho an'ny fiangonana. Talohan'ny

---

[1] Raha handalina ity lohahevitra ity ianao dia jereo ny Toko 15: "Fahazarana manokantena matanjaka".

[2] Raha handalina bebe kokoa ity lohahevitra ity ianao dia jereo ny Toko 16: "Toriteny voahosotrin'ny Fanahy Masina" sy ny Toko 17: "Fampianarana mahomby". Jereo koa ny "Miaina amin'ny fahamarinana "sy ny "fototrin'ny Finoana" izy fitaovana fanaovana mpianatra azo alaina maimaimpoana ao amin'ny www.africaatts org/resources.

niakarany any an-danitra dia namepetra ny mpianany Izy: “tsy hiala an'i Jerosalema, fa hiandry ny teny fikasan'ny Ray, izay efa renareo tamiko, hoy Izy; fa Jaona nanao batisa tamin'ny rano; fa ianareo kosa hatao batisa amin'ny Fanahy Masina, rehefa afaka andro vitsivitsy” (Asa 1:4-5). Nomen’i Jesosy teny fikasana mahafinaritra ireo Mpianany ireo tamin’izany: “Fa hahazo hery ianareo amin'ny hilatsahan'ny Fanahy Masina aminareo, ary ho vavolombeloko any Jerosalema sy eran'i Jodia sy Samaria ary hatramin'ny faran'ny tany” (and. 8). Nankato ny baikon’i Jesosy ny mpianatra ary Jesosy kosa nanatanteraka ny Teny fampanantenany. Hoy ny Baiboly:

> Ary nony tonga ny Andro Pentekosta, dia teo amin'ny fitoerana iray izy rehetra. Ary nisy feo tonga tampoka avy tany an-danitra, toy ny rivotra mahery mifofofofo, ka nanenika ilay trano niangonany. Ary nisy lela maro mitarehin'afo niseho taminy, izay nizarazara; ary nipetraka tamin'izy rehetra isan-olona izany. Ary samy feno ny Fanahy Masina izy rehetra, ka dia niteny tamin'ny fiteny maro samy hafa, araka ny nampitenenan'ny Fanahy Masina azy (Asa 2:1-4).

Ny fanafiana ny herin’Andriamanitra no fanalahidy amin’ny fahombiazan’ny fitoriana ny filazantsara sy ny irakin’ny fiangonana. Noho izany, tsy maintsy mitory matetika io lohahevitra io sy mivavaka mba handraisan’ny olona ny batisa amin’ny Fanahy Masina ianao[3]. Tsy maintsy ampianarinao azy ireo koa ny fomba hiainana sy handehanana ao amin’ny herin’ny Fanahy. Tsy maintsy mampahery ny mpino hampiroborobo ny vokatrin’ny Fanahy sy haneho ny fanomezam-pahasoavan’ny Fanahy eo amin’ny fiainany sy ny asa fanompoany ianao (Gal. 5:22-23; 1 Kor. 12:8-10)[4]

*Fanafiana hery ara-tsaina.* Amin’ny maha pasitera, tsy maintsy ataonao azo antoka fa ny mpikambana ao amin’ny fiangonanao dia voatafy hery ara-tsaina ho

---

[3] Ny boky *Proclaiming Pentecost:100 Sermon Outlines on the Power of the Holy Spirit na* “Manambara ny Pentekosta: Drafitra toriteny 100 mikasika ny herin’ny Fanahy Masina”. dia hitanao sy azonao alaina maimaimpoana amin’ny endrika e-book (PDF) ao amin’ny www.DecadeofPentecost.org. Raha te handalina bebe momba ity lohahevitra ity ianao dia jereo ny Toko 20: “Fitarihana ny mpino amin'ny Batisa amin'ny Fanahy Masina”.

[4] Ny famaritana ny fanomezam-pahasoavana dia hitanao ao amin’ny Fanampiny 2: “Ny fisehon’ny fanomezam-pahasoavana ao amin’ny 1 Korintiana 12: 8-10”.

amin'ny asa fanompoana. Voatafy hery ara-tsaina ny mpino rehefa mino fa misokatra ho azy ny fahafahana mandray anjara amin'ny asa fanompoan'ny fiangonana. Voatafy hery ara-tsaina izy ireo rehefa matoky fa afaka manatanteraka amim-pahombiazana ny asa fanompoana nofidiany. Amin'ny maha pasitera Pentekôtista, anjaranao ny mampita izany fatokiana izany ao anatin'ny olona.

Raha hataonao izany, ny mpikambana ao amin'ny fiangonanao dia hirotsaka an-tsitrapo hanao asa fanompoana. Kanefa, raha tsy mahomby amin'izany ianao dia hisalasala izy ireo hirotsaka an-tsitrapo. Noho izany; tsy maintsy sorohanao ny fanaovana izay hahatonga ny fiangonana hahatsapa fa ianao ihany no mendrika hanao asa fanompoana. Tsy maintsy asongadinao mazava fa ny toerana ao anatin'ny asa fanompoana dia ho an'ny tsirairay. Tsy maintsy ampitainao ao ampon'izy ireo ny antoka fa afaka manatanteraka ny asa fanompoana an'i Kristy amim-pahombiazana izy.

**Fanetsehana mpiasa**

Rehefa voatafy hery ny olona dia tsy maintsy hetsehana ho amin'ny asa fanompoana. Ity no dingana fahefatra amin'ny fanatanjahana ny fiangonana. Ny dingana fanetsehana mpiasa dia ahitana ireto hetsika manaraka ireto:

*Famantarana ny zavatra ilaina*. Ny fanombohana ny fanetsehana mpiasa dia ny famantarana ny zavatra ilaina tianao hovahana. Te hanomboka asa fanompoana vaovao amin'ny ankizy ve ny fiangonana, sa hanangana fiangonana vaovao, hampivoatra ny fanompoana fiderana na hanatanteraka asa hafa? Tsy afaka manomboka ny hetsika fanetsehana mpiasa ianao raha tsy hitanao mazava ny zavatra tianao ho tanterahana.

*Famoronana fahafahana miasa*. Tsy maintsy faritanao ny momba ireo olona tianao hanatanteraka ilay asa fanompoana vaovao. Tsy maintsy manoratra fanoritsoritana anjara asa ho an'ny toerana tsirairay ianao. Io fanoritsoritana anjara asa io dia tokony hahitana ny toetra takiana amin'ilay asa sy ny andraikitr'izay manatanteraka izany.

*Fivavahana.* Mandritra izany fotoana rehetra izany dia tokony hivavaka amin'ny Tompon'ny vokatra ianao ary mangataka Aminy hanangana ny mpiasa ilaina (Lioka 10:2).

*Fizarana ny vina*. Amin'ny fotoana mahamety, tokony hozarainao amin'ny fiangonana ny vinanao. Tokony holazainao amin'ny olona ny momba ilay asa fanompoana vaovao sy ny fomba hitahian'izany ny fiangonana.

*Fandraisana mpiasa*. Tsy maintsy mangataka mpiasa an-tsitrapo ianao. Tokony hataonao mazava tsara nefa aloha ny asa ao anatin'ilay asa fanompoana vaovao. Azonao fantarina mialoha izay olona heverinao fa hahavita tsara ilay asa ary afaka mangataka azy hivavaka mikasika ny fanaovana asa fanompoana an-tsitrapo ianao. Tokony ampifanarahanao amin'ny fanomezam-pahasoavan'ny olona ny asa takiana aminy.

*Fanofanana.* Tokony hamolavola fandaharana asa fanofanana ho an'izay mirotsaka an-tsitrapo ianao.

*Fandaminana.* Rehefa voafidinao ireo mpiasa vaovao ary vitanao ny fanofanana azy dia apetraho amin'ny toerana tokony hisy azy avy izy ireo. Tokony hifandray amin'ireo mpiasa vaovao ireny hatrany ianao, hamolavola azy ho amin'ny fivoarana sady hampahery azy ireo amin'ny asa vaovao tanterahany. Ny fiangonana dia tokony hanome izay rehetra ilain'ireo mpiasa vaovao ireo amin'ny fanatanterahany ny andraikiny.

**Fanofanana ho amin'ny asa fanompoana**

Araka ny voalaza teo aloha; raha te hanetsika ny mpikambana ho amin'ny asa fanompoana ianao dia tokony hanomana azy ireo amin'ny alalan'ny fanofanana izay rehetra milatsaka an-tsitra-po. Mazoto hiasa an-tsitrapo ny olona raha fantany fa homena fanofanana momba ilay asa izy. Ny fanofanana ihany koa dia mampitombo ny fahafahan'izy ireo hahomby. Azo atao amin'ny alalan'ny seminera manokana na fanofanana momba ny asa izany. Ny fanofanana dia tokony hamaly ny *nahoana* sy *ahoana*n'ny asa. Tsy maintsy ampianarina ny mpiasa vaovao ny antom-pisin'ny asa fanompoana sy izay zavatra tiana hotanterahana amin'ny alalan'izany. Tsy maintsy ampianarina azy ireo ny fomba tsara indrindra

hanaovana ny asa. Ny pasitera tsirairay dia tokony hiezaka hanomboka Sekolin’ny Asa Fanompoana ao anatin’ny fiangonana.[5]

**Fanampiana ireo maneho fanantenana**

Ny farany amin’ny fanatanjahana ny tena dia ny famantarana sy fanampiana amin’ny fomba voahevitra tsara ireo mpiasa maneho fanantenana. Amin’ny maha pasitera, tokony homarihanao manokana ireo mpikambana maneho hafanam-po ho an’ny Asan’Andriamanitra.

Hotsapanao eo amin’ny fiainan’ireo olona ireo ny tanan’Andriamanitra. Rehefa mitranga izany, tokony ianao hanangana fifandraisana hahafahana mamolavola ireo olona ireo, tahaka ny nataon’i Jesosy tamin’ny Mpianany. Mila mandany fotoana miaraka amin’ireo olona ireo ianao, mivavaka miaraka amin’izy ireo ary manasa azy ireo hanampy amin’ny asa sasany ao anatin’ny fiangonana.

Nisy nahatsikaritra fa misy dingana tao anatin’ny fomba fanaovan’i Jesosy mpianatra: voalohany, nanao asa fanompoana tamin’ny olona hafa i Jesosy ary nijery Azy ny mpianatra. Misy fotoana alainy mitokana ireo Mpianatra ireo ary azavainy amin’izy ireo ny nataony sy antony nanaovana izany. Faharoa, nanao asa fanompoana ny mpianatra ary Jesosy kosa nandinika sy nanara-maso azy ireo. Rehefa vita ny asa dia nanao ny tomban’ezakin’ny asa nataon’izy ireo Izy ary nanome fanamarihana. Farany, nirahan’i Jesosy nanao asa fanompoana samirery ny mpianatra. Nampanantena azy ireo Izy fa haniraka ny Fanahy Masina hanafy hery sy hampitao azy ireo ho amin’ny asa fanompoana. Mety hahatsapa antson’Andriamanitra ho amin’ny asa fanompoana ny sasany amin’ireo olona ampianao ireo. Raha izany no mitranga dia andraikitrao koa izany ny miantoka ny fikolokoloana io antso io. Anjaranao ny mitarika azy ireo moramora ao anatin’ny dingana hahatongavana ho mpanao asa fanompoana matihanina.

[5] Ity asa fanompoana ity dia voaresaka bebe kokoa ao amin’ny Toko 17 “Fampianarana Mahomby”

Ny Baiboly dia mampianatra fa ny ny fiangonana dia “mitombo (izay akambana sy ampiarahina tsara) noho ny fifanompoan'ny isan-tonony” (Efe. 4:16). Ny fomba tsara indrindra hahafahan’ny pasitera Pentekôtista manatanjaka ny fiangonana sy mamolavolana drafitra fanaova-mpianatra matanjaka miaraka amin’ny tanjona mazava dia ny mamadika ny mpino ho mpianatra mahomby amin’ny fanompoana ny filazantsara.

# ~ Toko 26 ~

# Fanoloran-tsaina ny vahoakan'Andriamanitra

Mikasa hiroso tamin'ny fisaraham-panambadiana ny mpikambana iray tao amin'ny fiangonana rehefa niaritra fifandraisana feno fanararaotana nandritra ny taona maro. Misy mpitondratena lehilahy iray koa mijaly mafy vokatry ny fahafatesan'ny vadiny. Misy renim-pianakaviana tsy manambady anankiray miezaka mandrindra ny fiainany amin'ny aretina homamiadana. Miezaka mifehy ny zanany tanora mpikomy ireo ray aman-dreny izay efa ao anatin'ny fahadisoam-panantenana tanteraka. Anjatony ny toe-javatra sarotra tahaka izany atrehan'ny mpikambana ao amin'ny fiangonana Pentekôtista manerana an'i Afrika. Ankoatran'ireo voatanisa ireo sy ny maro hafa dia mbola eo koa ny fampijalian'ny demonia, ny fahantrana tsy mitsahatra mitombo, ny tsy fisin'ny asa, ny fahazaran-dratsy ary ny maro hafa tsy voatanisa.

Noharian'Andriamanitra araka ny endriny ny lehilahy sy ny vehivavy. Tonga lafatra ara-batana, ara-tsaina ary ara-panahy i Adama sy Eva tamin'ny fotoana namoronana azy ireo. "Asa tanan'Andriamanitra" niaina tao anatin'ny fiombanana feno taminy sy tamin'ny hafa izy ireo. Kanefa, nandika ny lalàn'Andriamanitra izy ireo ary nisy fiantraikany tamin'ny fifandraisany tamin'Andriamanitra sy ny

hafa izany (Gen. 3:6-24; Rom. 5:12). Nanjary tsy nisaraka tamin’ny fiainana andavanandron’ny olombelona ny fahapotehana sy ny fahoriana.

Ny fanoloran-tsaina ataon’ny pasitera no tena ivon’ny asa fanompoana maha mpitandrina. Kristy dia niantso ny fiangonana ho fiaraha-monina feno fitiavana sy tia mikarakara. Ny fiangonana dia tiany ho toerana hiarahan’ny vahoakan’Andriamanitra miara-miasa Aminy sy ny Fanahy Masina hanomezana fanasitranana sy hamerenana ny olona potika amin’ny laoniny indray. Tiany ihany koa ny fiangonana ho toetra hahatsapan’ny olona very fanavaozana, fampihavanana ary fanantenana (2 Kor. 5:18-19). Andriamanitra dia nandidy ny pasitera Pentekôtista hanao izay hahatanteraka izany asa izany.

Ity toko ity dia hamakafaka ny asa fanoloran-tsaina ho an’ny pasitera Pentekôtista atỳ Afrika. Horesahana ato ireo toetra mampiavaka ny fanoloran-tsaina ataon’ny pasitera ary apetraka mazava ihany koa ny fototra ara-baiboly mamaritra izany. Hodinihana ato koa ny andraikitrin’ny Fanahy Masina ao anatin’ny fanoloran-tsaina. Ary farany, hianarana fohy ato ireo karazana fitsipika fototra sy toetra takiana amin’ny pasitera manao ny fanoloran-tsaina.

## NY PASITERA AMIN’NY MAHA MPANOLO-TSAINA

Kristy dia miantso ny pasitera Pentekôtista tsirairay hanatanteraka ny iraka napetrany ao anatin’ny fiangonana. Natolony ny fiangonana ny pasitera mba haneho amin’ny mpino ny atao hoe mpianatra mahomby (Efe. 4:11-12). Ankoatran’ny fitorian-teny, ny fampianarana ary ny fitarihana, napetrak’i Kristy amin’ny pasitera ny andraikitra fanomezana tolo-tsaina araka an’Andriamanitra sy fanohanana ho an’ireo rehetra te hanaraka an’i Kristy amin’ny fomba feno.

### Mpiandry ny ondrin’Andriamanitra

Rehefa hifanara ny asa fanompoan’i Kristy teto an-tany dia nandidy an’i Petera Izy hoe: “Andraso ary ny ondriko” (Jaona 21:16). Tamin’ny fotoana nanaovany veloma ny loholon’ny fiangonana tany Efesosy, Paoly dia nanasongadina ny maha zava-dehibe ny andraikitrin’ny pasitera: “Tandremo ... ondry rehetra izay nanaovan'ny Fanahy Masina anareo ho mpitandrina, hiandrasanareo ny fiangonan'Andriamanitra, izay novidiny tamin'ny ràny” (Asa 20:28). Petera koa dia nampahatsiaro ny loholon’ny fiangonana ny amin’izany:

"Andraso ny ondrin'Andriamanitra izay eo aminareo" (1 Pet. 5:2). Tsy maintsy mikarakara ny ondry maratra, mijaly ary marary izy ireo.

Ny fiantsoana ny pasitera Pentekôtista ho mpanolo-tsaina dia tsy asa vokatrin'ny safidy fa avy amin'ny fanendren'Andriamanitra. Rehefa misy mpikambana ao anatin'ny fiangonana (na koa tsy mpikambana ao anatin'ny fiangonana) mandalo olana ara-pihetseham-po, ara-piaraha-monina ary ara-panahy dia ny pasitera no olona voalohany tokony hitodihany hitadiavana fanampiana. Tahaka ny mpiandry ondry mamahana, mitarika ary miaro ny ondriny, ny pasitera Pentekôtista dia tsy maintsy mikarakara ireo rehetra napetrak'i Kristy eo ambany fitarihany.

**Fifandraisana manokana**

Raha ampitahaina amin'ireo olona matihanina amin'ny fitsaboana ny saina, miavaka ny asa fanompoana fanoloran-tsaina ataon'ny pasitera. Matetika ny olona no mandray ny pasitera ho solotenan'Andriamanitra. Olona voahosotra sy manana fahaiza-manao amin'ny dingana fanasitranana no handraisan'ny olona azy. Tsy tahaka ny manam-pahaizana amin'ny fitsaboana ny saina ny tanjon'ny pasitera fa ny hahita ny olon'Andriamanitra "mitomboa amin'ny fahasoavana sy ny fahalalana an'i Jesosy Kristy, Tompontsika sy Mpamonjy" (2 Pet. 3:18)

Ambonin'izany, ny pasitera dia manangana fifandraisana marina amin'ny mpikambana ao amin. Mandray anjara amin'ny sehatra maro eo amin'ny fiainan'izy ireo toy famahana olana, fanomezana taridalana ary fankalazana ny fahombiazan'izy ireo izy. Ny pasitera ihany koa no manamasina ny fanambadian'izy ireo, manolotra ny zanany ho an'Andriamanitra ary manotrona sy manao ny fanompoam-pivavahana raha misy fahafatesana. Noho io fifandraisana manokana io, mora amin'ny mpikambana ny mizara tsy amin-tahotra amin'ny pasitera ny fahapotehana manjo azy.

Mora amin'ny olona no manatona ny pasitera noho ny manatona manam-pahaizana manokana amin'ny fitsaboana saina. Ary indraindray aza misy fiaraha-monina tsy ahitana manam-pahaizana amin'ny fitsaboana saina izany. Ary any amin'ny toerana ahitana azy indray dia lafo ny saram-pizahana sy fitsaboana. Ny pasitera no fanantenan'ny olona. Tahaka ny Tompony, ny pasitera dia atosikin'ny fangorahana ny olona satria "nampahantraina ireo ka nafoy toy ny ondry tsy misy

mpiandry" izy ireny (Mat. 9:36). Amin'ny pasitera, ny fanoloran-tsaina dia fotoana fanararaotra ahafahana mizara ny fitiavan'Andriamanitra amin'ny olona maratra.

**Fanoloran-tsaina ataon'ny pasitera**

Misy karazany maro ny fomba fanoloran-tsaina ampiasaina manerana an'i Afrika. Ny tsirairay avy amin'ireny dia mamaha ilay toetra sy toerana manahirana misy ny olombelona. Ny tsirairay avy amin'ireny ihany koa dia miorina eo amin'ny fomba fjery sy rafitra ara-pinoana. Ao anatin'izany ny fomba fijery amin'ny maha olona tsotra, ny fomba fijery araka ny fomba amam-panao Afrikana, ary ny fomba fijery kristiana.

Ny fanoloran-tsaina miorina amin'ny fahaizana ny toetra amam-panahy dia mampiasa fomba fijery sy asa manaraka ny siansa ary mandà ny fahamarinan'ny Soratra Masina. Ny mandrafitra io fomba fiasa io dia ireo karazana fomba fitsaboana entina manasitrana ny saina, ny fihetseham-po ary ny fikorontanana ara-pitondrantena. Any amin'ny firenena Afrikana sasany, dia azo atao ny mampiaraka ny fitsaboana nenti-paharazana Afrikana sy ny fomba fitsaboana tandrefana ho fanampiana ny marary. Ireo fitsaboana nenti-paharazana ireo dia mifototra amin'ny fomba fijerin'ny afrikana ny fiainana sy ny asa fanahy tsy hita maso.

Tsy tahaka ny fitsaboana manaraka ny siansa na ny nenti-paharazana Afrikana ny fanoloran-tsaina ataon'ny pasitera Pentekôtista. Ny fomba fiasan'ny Pasitera dia miorina amin'ny Soratra Masina, mifantoka amin'i Kristy ary tarihan'ny Fanahy. Araka izany, ny fanoloran-tsaina ataon'ny pasitera dia mamaka ao amin'ny fahefan'ny Soratra Masina. Mihazona ny maha Tenin'Andriamanitra ny Baiboly ary manamafy fa izay rehetra voasoratra ao dia "mahasoa koa ho fampianarana, ho fandresen-dahatra, ho fanitsiana izay diso, ho fitaizana amin'ny fahamarinana" (2 Tim. 3:16). Amin'ny maha Tenin'Andriamanitra, ny Baiboly no manana ny valiny rehetra ilaina amin'ny olam-piainana atrehan'ny olona.

## FOTOTRA ARA-BAIBOLY MOMBA NY FANOLORAN-TSAINA

Ny pasitera Pentekôtista dia mino fa ny Baiboly dia Tenin'Andriamanitra. Noho izany, ny Baiboly no mpitari-dalana ao anatin'ny asa fanoloran-tsaina. Tsy

misy fitaovana hafa ankoatran'ny Baiboly manampy amin'ny famantarana ny zava-miafina ao am-pon'ny olona (Heb. 4:12). Ny Baiboly no mahafantatra ny fototrin'ny fahapotehan'ny olombelona ary maneho an'i Jesosy Kristy ho vahaolana amin'ny olam-piainana samihafa rehetra.

Midika izany fa amin'ny maha pasitera Pentekôtista, tokony ho vonto ny fahamarinan'ny Tenin'Andriamanitra ianao. Ireny fahamarinana ireny no tokony havelanao hitarika anao ao anatin'ny asa fanompoana fanoloran-tsaina. Raha misafidy hindrana ny fomba fiasa tsotra ianao hanamafisana ny fanoloran-tsaina dia aoka ho azonao antoka aloha fa ireo fomba fiasa ireo dia mifanaraka tanteraka amin'ny fahamarinan'ny Baiboly sy ny hasina kristiana.[1]

## Ny mpitarika tao amin'ny Testamenta Taloha

Ny Testamenta Taloha dia ahitantsika ohatra betsaka maneho ny fanoloran-tsaina ataon'ny mpitarika. Ohatra, Mosesy dia nandany ora maro nitsara sy nanolo-tsaina ny vahoakan'Andriamanitra. Indraindray tao anatin'ny vondrona no nanaovany izany. Nisy fotoana koa nefa izy nanolo-tsaina olona iray na roa isakin'ny mandeha (Eks.18:13-27). Nisy fotoana i Mosesy tenany mihitsy no nila fanoloran-tsaina. Tsikaritr'i Jetro rafozany fa navesatra taminy loatra ny asany. Noho izany, notolorany saina i Mosesy hifidy lehilahy mahay hanampy azy. Narahan'i Mosesy ny tolo-tsaina nomen-drafozany ka dia nandroso ny asa.

Davida dia ohatra iray amin'ireo mpanolo-tsaina maro nanana toe-panahy araka an'Andriamanitra ao amin'ny Baiboly. Tamin'ny alalan'ny Salamo nosoratany no nanolorany saina ny olona. Notolorany paikady tsara sy mahomby maro ho entina miatrika ny olam-piainana ny olona. Azontsika lazaina fa ho fanoloran-tsaina koa no anton'ny Ohabolana nosoratan'i Solomona sy ireo asa soratra maro nosoratan'ireo mpaminany.

---

[1] Raha mila fanazavana bebe kokoa mikasika ny fifandraisan'ny pasitera Pentekôtista amin'ny baiboly ianao dia jereo ny Toko 9: "Mino ny Baiboly".

**Ny asa fanompoan'i Jesosy**

Jesosy dia mpanolo-tsaina. "Mpanolo-tsaina mahagaga" no niantsoan'Isaia Azy (Isa. 9:6). Imbetsaka Izy no hitantsika manolo-tsaina ireo olona manana olana ara-panahy. Tantara telo manan-danja ao amin'ny Baiboly no tena maneho izany dia Nikodemosy (Jaona 3:1-21), Zakaiosy (Lioka 19:1-9) ary ilay vehivavy tratra nijangajanga (Jaona 8:1-11). Hoy i Jesosy: "Izaho avy mba hananany fiainana, sady hananany be dia be" (Jaona 10:10).

Nisy fotoana i Jesosy nanao asa fanompoana tamin'ireo olona nanana olana ara-pihetseham-po. Tamin'ny fotoana nahafatesan'i Lazarosy anadahin'i Maria sy Marta dia namangy azy ireo i Jesosy. Naneho fangorahana Izy ary niara-nandeha tamin'izy ireo tao anatin'ny fahoriany (Jaona 11:17-44). Ny alina talohan'ny nanombohana Azy tamin'ny hazo fijaliana, Jesosy dia nanadany fotoana tamin'ny fanomanana ny mpianany amin'ny fiatrehana ny fahoriana hanjo azy ireo tsy ho ela (Jaona 14-16).

Ny asa fanompoana fanoloran-tsaina nataon'i Kristy dia nahakasika ny olona avy amin'ny sarangam-piainana samihafa. Nikasika ny manam-pahaizana sy ny tsy mahay mamaky teny sy manoratra, ny olona manana ny maha izy azy manokana sy ny vahoaka tsotra, ny manan-karena sy ny mahantra, ny lehilahy sy ny vehivavy ary ny ankizy. Ny fitiavan'i Jesosy ny olona no nitarika Azy hihoatra ny sakana ara-toe-karena, ara-tsosialy ary ara-kolontsaina sy nanosika Azy nanatantareka ny iraka fitadiavana sy famonjena ny very (Lioka 19:10).

**Ny asa fanompoan'i Paoly**

Ny ampahany amin'ny taratasy nosoratan'i Paoly dia azo vakiana tahaka ny fotoana fanoloran-tsaina. Ireo no maneho ny fiheveran'ny apostoly ny vahoakan'Andriamanitra. Ao anatin'ireo taratasiny ireo izy dia manolon-tsaina ireo mandalo karazan-javatra sarotra eo amin'ny fiainana. Ohatra, nanoratra ho an'ny mpino tao Filipy izy hoe: "Aza manahy na inona na inona; fa aoka ny fivavahana sy ny fifonana mbamin'ny fisaorana no ho entinareo manambara ny fangatahanareo amin'Andriamanitra amin'ny zavatra rehetra. Ary ny fiadanan'Andriamanitra, izay mihoatra noho ny fahalalana rehetra, hiaro ny fonareo sy ny hevitrareo ao amin'i Kristy Jesosy" (Fil. 4:6-7). Iray amin'ny asa fanompoana fanoloran-tsaina nataon'i Paoly koa ny nanampiany an'i Timoty

tamin'ny famahana ny olan'ny tsy fananana antoka sy tsy fanomezan-danja ny tena izay natrehany (2 Tim. 1:3-14; 2:15).

Ao amin'ny taratasiny ho an'ny kristiana tany Korinto, Paoly Apostoly dia namaha ireo karazana fitondrantena sy toetra tsy dia tsara loatra nataon'ny mpino izay saika nandrava ny fiangonana. Ao amin'ny taratasiny ho an'i Filemona, ny apostoly dia niezaka nanamboatra ny fifandraisana tapaka teo amin'i Filemona sy ilay andevo antsoina hoe Onesimosy izay nandositra niala tao aminy; kanefa efa tonga rahalahy kristiana. Ny famerenana mandinika ny taratasy nosoratan'i Paoly dia manampy antsika hahita fa ny fomba fiasany tao anatin'ny fanoloran-tsaina dia mifantoka amin'i Kristy, tarihan'ny Fanahy, manome toromarika, manohana, mampiahavana ary indraindray mihaika ny olona hanitsy ny tsy mety.

## NY ANDRAIKITRIN'NY FANAHY MASINA AO ANATIN'NY FANOLORAN-TSAINA

Amin'ny maha pasitera Pentekôtista, manana mpanampy matanjaka ianao ao anatin'ny asa fanompoana fanoloran-tsaina. Tsy iza io mpanampy io fa ny Fanahy Masina. Tsy tokony hiala amin'ny fianteherana Aminy ianao. Alaivo sary an-tsaina ny miaramila mandeha miady tsy mitondra fitaovam-piadiana. Mety fantany avokoa ny fitsipika rehefa mifehy ny ady sy ny paikady tokony hampiasaina, kanefa raha tsy misy fitaovam-piadiana dia ho loza ny hanjo azy. Tahaka izany koa ny pasitera Pentekôtista, manao hadalana isika raha mirotsaka ao anatin'ny ady tsy miaraka amin'ny herin'ny Fanahy Masina.

### Ny Mpanampy

Inefatra i Jesosy no niantso ny Fanahy Masina hoe Parakleto izay midika hoe "Mpanampy" na "Mpanolo-tsaina" amin'ny fiteny Grika (Jaona 14:16, 26; 15:26; 16:7). Amin'ny maha mpanolo-tsaina avy any an-danitra, ny Fanahy Masina dia vonona hanampy antsika amin'ny dingana fanoloran-tsaina rehetra. Raha asaintsika Izy dia hitari-dalana, hanatanjaka ary hanohana antsika amin'ny asa fanoloran-tsaina. Hanampy ny olona tolorana saina amin'ny fiatrehana ny ratrany sy ny olany koa Izy (Jaona 14:1; 16:8).

Matetika ny fanoloran-tsaina no miaraka amin'ny ady ara-panahy (Efe. 6:12). Ny fanahin'Andriamanitra ihany no matanjaka afaka "hahasitrana ny torotoro fo"

sy “hitory fanafahana amin'ny babo” (Isa 61:1; jereo koa ny Lioka 4:17-18). Izany no mahatonga ny Baiboly mampahery antsika hoe “mahereza ao amin'ny Tompo sy amin'ny herin'ny faherezany” (Efe. 6:10).

Ny vavaka feno finoana sy amin’ny fo marina dia ampahany tena manandanja ao anatin’ny fanoloran-tsaina. Ny Fanahy Masina no hanampy anao amin’io lafiny io. Hoy ny Baiboly: “Ary toy izany koa, ny Fanahy no mamonjy ny fahalementsika: fa tsy fantatsika izay vavaka tokony hataontsika; fa ny Fanahy no mifona amin'ny fitarainana tsy azo tononina” (Rom. 8:26). Araka ny fanambaran’i Jesosy, ny ray Izay any an-danitra dia hanome ny Fanahy Masina ho an’izay rehetra mangataka Aminy (Lioka 11:9-10, 13).[2]

Jesosy no modely tonga lafatra ho an’ny mpanolo-tsaina Pentekôtista. Voalazan’ny Baiboly fa Izy dia “nohosoran'Andriamanitra tamin'ny Fanahy Masina sy ny hery sady nandehandeha nanao soa sy nahasitrana izay rehetra azon'ny herin'ny devoly” (Asa 10:38). Tamin’ny alalan’ny hosotra tao Aminy no nitoriany teny soa mahafaly amin'ny malahelo; nanambarany fandefasana amin'ny mpifatotra ary nanafahany izay nampahoriana (Lioka 4:18). Paoly ihany koa dia fakantahaka ho an’ny mpanolo-tsaina Pentekôtista. Na dia teo aza ny fianarana ambony sy ireo asa lehibe vitany dia niantehitra tamin’ny herin’ny Fanahy Masina hatrany Izy (1 Kor. 2:4-5). Tahaka izany koa, ny pasitera Pentekôtista tsirairay dia tsy maintsy miantehitra amin’ny herin’ny Fanahy Masina hahatonga azy ireo ho mpanolo-tsaina mahomby.

## Mpanambara ny Fahamarinana

Nampianarin’i Jesosy fa ny Fanahy Masina dia mpanambara ny marina rehetra (Jaona 16:13). Izy no hanampy antsika amin’ny fahazoana sy fandikana ny Tenin’Andriamanitra. Izy ihany koa no hanambara amintsika ny ao an-tsain’Andriamanitra sy ny ao an-tsain’ny olona tolorantsika saina (1 Kor. 2:11-12). Tena zava-dehibe izany satria ny fitondrantenan’ny olona dia faritan’izay rehetra saintsaininy sy ny fandikany ny toerana misy azy eo amin’ny fiainana. Ny olona mino fa ny zavatra sarotra rehetra mitranga eo amin’ny fiainany dia avy

---

[2] Raha handalina mikasika ny Fanahy Masina dia jereo ny Toko 20: “Fitarihana ny mpino amin'ny Batisa amin'ny Fanahy Masina”.

amin'ny herin'ny maizina sy vokatrin'ny hatezeran'ny razany aminy dia hanao hetsika mifanaraka amin'izany. Ny Fanahy Masina no hanampy azy ireny hahalala ny marina izay hahafaka azy ireo tsy ho andevo (Jaona 8:32).

### Mpanome fanomezam-pahasoavana

Ny olana eo amin'ny fahasalaman'ny saina dia isan-karazany, sarotra ary mifamatotra amin'ny kolontsaina. Singa voajanahary sy ara-panahy no mandrafitra azy. Noho izany, tena ilaina ao anatin'ny dingana fanoloran-tsaina ny fanomezam-pahasoavana avy amin'ny Fanahy Masina (1 Kor.12:8-10). Amin'ny alalan'ny fanomezam-pahasoavana fanambarana, ny Fanahy Masina dia afaka mampahafantatra ny mpanolo-tsaina Pentekôtista ny zavatra ilain'ny olona tolorany saina. Amin'ny alalan'ny fanomezam-pahasoavana mahafantatra Fanahy samihafa, ny Fanahy Masina dia afaka manambara ny fisin'ny fanahy demoniaka sy ny asany. Amin'ny alalan'ny fanomezam-pahasoavana maminany, ny mpanolo-tsaina dia afaka manambara teny fanantenana sy fanasitranana. Noho izany, ny pasitera Pentekôtista dia tsy maintsy mitoetra ao amin'ny fanafenoan'ny Fanahy Masina mandrakariva ary tsy maintsy mora voakasikin'ny fitarihan'ny Fanahy Masina rehefa ao anatin'ny dingana fanoloran-tsaina.[3]

## IREO KARAZANA FANOLORAN-TSAINA ATAON'NY PASITERA

Ny pasitera Pentekôtista dia tokony ho vonona hanolotra ireto karazana fanoloran-tsaina manaraka ireto:

### Fanoloran-tsaina ara-panahy

Ny fanoloran-tsaina ara-panahy dia mifototra amin'ny fifandraisan'ilay olona tolorana saina amin'Andriamanitra sy ny sitrapon'Andriamanitra eo amin'ny fiainanay. Eto, ny tena zava-dehibe amin'ny pasitera Pentekôtista dia ny hamerina ilay tolorana saina amin'ny fifandraisana velona amin'i Kristy. Ny zava-dehibe

[3] Jereo ny Fanampiny 2 "Ny fisehon'ny fanomezam-pahasoavana ao amin'ny 1 Korintiana 12: 8-10".

faharoa aminy dia ny hahatonga io fifandraisana io hitombo sy ho salama. Tafiditra ao anatin'ny fanoloran-tsaina ara-panahy ihany koa ireto zavatra hotanisaina manaraka ireto:

- Ny fahatakaran'ilay olona an'Andriamanitra amin'ny maha ray be fitiavana sy mikaraka Azy.
- Ny fahatakaran'ilay olona ny tena hevitra sy toetran'ny famonjena.
- Ny fahafahan'ilay olona miara-mandeha tsy miato amin'i Kristy
- Ny fanafahana amin'ny fatorana samihafa sy ny fanasitranana ny ratra anaty.
- Ny fampiharana ny Hasina kristiana eo amin'ny fomba fiaina andavanandro

Ao anatin'ny konteksta Afrikana, ny mpanolo-tsaina dia mety mila mitondra vahaolana eo anoloan'ny fanirin'ny olona tolorana saina hampiditra ny sasany amin'ireo fomba amam-panao silamo na mpanompo sampy ao anatin'ny dia kristiana. Tafiditra ao anatin'izany fanao izany ny fampiasana tapa-kazo sy firavaka samihafa ho fiarovana ny tena amin'ny fanahy ratsy sy ny ozona.

### Fanoloran-tsaina momba ny fanambadiana sy ny ankohonana

Ny fanoloran-tsaina momba ny fanambadiana sy ny ankohonana dia mikendry ny hampiroborobo ny fampiharana ireo Hasina kristiana sy ny fomba fiaina araka an'Andriamanitra ao anatin'ny tokantrano. Ity karazana fanoloran-tsaina ity dia azo atao amin'ny olona tsirairay, kanefa azo atao min'ny vondrona amin'ny alalan'ny seminera ihany koa. Ireto avy no tafiditra ao anatin'izany

- Fanoloran-tsaina alohan'ny hirosoana amin'ny fanambadiana, ho an'ireo mikasa hivady.
- Fanoloran-tsaina fampivoarana ny fanambadiana, ho an'ireo mpivady maniry hanamafy ny fifandraisana eo amin'izy ireo.
- Fanoloran-tsaina ireo mpivady misedra fanamby samihafa ao anatin'ny fanambadiana.
- Fanoloran-tsaina ny ray aman-dreny kristiana.
- Fanoloran-tsaina ankohonana iray manontolo, ho fanampiana ireo mpikambana manana olona amin'ny fifandraisana amin'ny mpikambana hafa.

- Fanoloran-tsaina mifamatotra amin'ny fomba fanao samihafa ao anatin'ny ankohonana toy ny fanambadiana, ny fahaterahan'ny zaza, ny fahafatesana, ary ny fandevenana.

**Fanoloran-tsaina fanohanana ireo mandalo zava-tsarotra**

Fanoloran-tsaina fanohanana ireo mandalo zava-tsarotra dia mikendry ny hanampy ny olona mandalo toe-javatra mampatahotra eo amin'ny fiainana. Ireto avy no ao anatin'ity sokajy ity:

- Aretina tsy sitra-panafody na fahafatesan'ny olona tena akaiky ny tena.
- Haintainy, mosary, areti-mifindra ary loza voajanahary.
- Fanararaotana amin'ny endriny samihafa na vono olona
- Tsy fananana asa sy fahantrana

Mandritra ireo fotoana sarotra ireo ny mpikambana ao anatin'ny fiangonana dia mila olona hihaino sy hanampy azy ireo hisedra ny fahoriany. Raha hitan'ny pasitera fa tsy ampy ho entiny miatrika ny olan'ilay olona ny fahaiza-manao ananany ka ahiana hiitatra ho famonoan-tena na faharerahan-tsaina tanteraka ny olan'ilay olona dia azony atao ny mandefa azy any amin'ny mpanolo-tsaina manana ny fahaizana ilaina amin'izany.

**Fanoloran-tsaina ho amin'ny fitomboana**

Ny fanoloran-tsaina ho amin'ny fitomboana dia natao hanampiana ny olona hahomby amin'ny fiainana. Ny tanjona dia ny hanampy azy ireo hanapa-kevitra handroso amin'ny tsara lavitra. Ny Salamo sy ny Ohabolana dia ahitantsika teny fahendrena sy fanoloran-tsaina maro tafiditra ato anatin'ity sokajy ity (ohatra: Sal 32:8; Ohab. 15:22).

## FITSIPIKA FOTOTRA MIFEHY NY FANOLORAN-TSAINA

Ny fanadihadiana araham-pandinihana ny fihaonan'i Jesosy tamin'ilay vehivavy Samaritana ao amin'ny Jaona 4 dia manampy antsika hahita fitsipika fototra efatra tokony hampiharin'ny pasitera Pentekôtista rehefa manolo-tsaina:

**Fametrahana ny fifampitokisana**

Ho an'i Jesosy, ny dingana fanoloran-tsaina dia nanomboka tamin'ny fametrahana fifampitokisana teo Aminy sy ilay vehivavy. Tsy mba nitsaratsara an-dravehivavy izy fa nanaja azy tanteraka, nanolotra fitiavana tsy misy fepetra ary nanaiky ny maha izy azy. Taorian'izay Izy vao nanatratra azy tamin'ny alalan'ny fihoarana ny sakana ara-kolontsaina nisy (Jaona 4:7-9, 17-18).

**Fihainoana amim-pahavitrihana**

Jesosy dia niezaka mafy hahazo ny toerana nisy an-dravehivavy tamin'ny alalan'ny fametrahana fanontaniana maneho fahalianana. Nihaino tsara izay nolazain-dravehivavy izy taorian'izay ary nanome valiny tena mifanentana. Ny valin-teniny dia naneho mazava ny fahatakarany ny zavatra ilaina ara-panahy lalina tao anatiny tao. Taorian'izay i Jesosy dia nikasika ireo zavatra tsy nazava tao anatin'ny sain-dravehivavy ka nanakana azy tsy hanaiky ny marina sy hahita ny fahafahana ao Aminy (Jaona 4:9-16, 21-24).

**Filazana ny marina amim-pitiavana**

Raha ilaina, tamim-pitiavana no nitenenan'i Jesosy ny tsy fahamarinan-dravehivavy sy nanasany azy hanolo izany amin'ilay tena fahamarinana (Jaona 4:16-18; jereo koa ny Efe. 4:15).

**Fifantohana amin'ny tanjona**

Tao anatin'ny dingana, Jesosy dia nifantoka hatrany tamin'ny Tanjony dia ny hanampy ity vehivavy ity hahita ny tena tanjon'ny fiainana marina (Jaona 4:10, 13-14, 16-18, 21-24). Niaiky ny fahotany ravehivavy ary nanaiky an'i Jesosy ho Mesia. Nihazakazaka nizara ny momba Azy tamin'ny hafa Izy (Jaona 4: 28-29).

## FITONDRANTENA TAKIANA AMIN'NY FANOLORAN-TSAINA

Amin'ny maha solotenan'Andriamanitra sy mpikarakarana ny Olony, ny pasitera Pentekôtista dia tsy maintsy lehilahy sy vehivavin'ny fahitsiana. Tokony ho tandremanao tanteraka ireo olana ara-pitondrantena ao anatin'ny fanoloran-tsaina. Ny fanarahana ireto fitsipika fototra manaraka ireto dia sady hiaro anao no hiaro ny olona toloranao saina.

**Fahatakarana ny fetra maha olona**

Tsy maintsy marina tsara ianao amin’ny fahaiza-manao sy ny fetranao ao anatin’ny fanoloran-tsaina ary tsy tokony hanandrana hihoatra ireo fetra ireo ianao. Any amin’ny firenena sasany dia misy mihitsy taratasy fanamarinana manokana mamaritra ny fahaiza-manaon’ireo mpanolo-tsaina matihanina.

**Fanolorana olona hafa**

Tsy maintsy fantatrao mazava tsara ny fetran’ny fahaizanao. Raha toa ka mahakasika ny fihofanana noraisinao na ny fahaizanao ny sehatra ilain’ilay olona fanampiana dia tokony ho vonona hanolotra azy mpanolo-tsaina kristiana matihanina mahafehy izany olana izany ianao. Tokony ho vonona hanolotra mpanolo-tsaina hafa ihany koa ianao raha toa manomboka misy fifandraisana fiankinan-doha eo aminao sy olona toloranao saina na tsy mitondra tombontsoa ho azy ny fanampiana omenao.

**Fahamarinana ara-pananahana**

Amin’ny maha pasitera, tokony handray fepetra manokana ianao rehefa manolo-tsaina olona tsy mitovy fananahana aminao. Raha manomboka misy fifampisarihana ara-pihetseham-po mitranga eo aminareo dia tsara raha faranana ny fanoloran-tsaina ary omena mpanolo-tsaina hafa izy hanampy azy.

**Fihazonana tsiambaratelo**

Ny zavatra rehetra zaraina aminao dia tokony hijanona ho tsiambaratelo ary tsy tokony horesahana amin’ny olona hafa.

---

Amin’ny maha pasitera Pentekôtista, tsy tokony handositra ny andraikitra fanompoana amin’ny alalan’ny fanoloran-tsaina ny vahoakan’Andriamanitra ianao. Miaraka amin’i Jesosy, fakantahaka ho anao sy ny Fanahy Masina mpanampy anao, tsy maintsy mirotsaka amim-pahasahiana ao anatin’io asa fanompoana tena iankinan’ny aina io ianao.

## ~ Toko 27 ~

# Fiandrasana ny ondry

Tao anatin'ny tantara, ny mpitarika ratsy fanahy dia nampidi-doza tsy hay azavaina tamin'ny olombelona. Tafiditra ao anatin'ireo loza ireo ny fanaovana vono moka olona iray firenena, famafana ny fitondrantena mendrika ary ny ady tsy araka ny rariny. Meloka noho ny fanaovana ny hetsika feno herisetra isan-karazany izy ireo, ny hafa indray meloka satria tsy manao na inona na inona hampitsaharana ny mpanao ratsy. Mampalahelo fa i Afrika dia tena niaina izany habibiana izany. Ny fomba tsara indrindra hahafahana manatsara ny fitantanana izao tontolo izao dia ny fandraisan'ny firenena tsirairay andraikitra amin'ny fiarovana ny vahoakany amin'ny fanaovan-dratsy. Marina amin'ny fiangonana ihany koa izany. Andraikiny ny miaro ny vahoakan'Andriamanitra amin'ny fanafihan'ny Devoly sy ny legiona demoniaka.

Jesosy dia nampitandrina ny amin'ny mpampianatra sadoka izay nolazainy fa "mankao aminareo amin'ny fitafian'ny ondry, fa ao anatiny dia amboadia mitoha izy." Nampiany hoe: "Ny voany no hahafantaranareo azy" (Mat. 7:15-16). Ny apostoly Paoly dia nanome fampitandremana mitovitovy amin'izany ho an'ny loholona tao Efesosy. Hoy izy tamin'izy ireo: "Fantatro fa rehefa lasa aho dia hisy amboadia masiaka hiditra eo aminareo izay tsy hiantra ny ondry. Ary avy aminareo no hiposahan'ny olona sasany mitory teny tsy marina hitaona ny mpianatra hanaraka azy. Koa miambena" (Asa 20:29-31).

Ity toko ity dia hiresaka mikasika ny andraikitra lehibe napetraka amin'ny pasitera Pentekôtista dia ny fiandrasana ny ondrin'Andriamanitra sy fiarovana azy ireo amin'ny irak'i Satana. Hovaliana ato ny fanontaniana hoe "Inona no antony ambaran'ny Baiboly fa andraikitrin'ny pasitera Pentekôtista amin'ny fiarovana ny ondry?" ary koa "Ahoana no hahafahany manatanteraka izany andraikitra izany?".

## NY TOETRA SY NY LANJAN'NY ONDRY

Ny Baiboly dia mampiasa ny sarin'ny mpiandry ondry sy ondry hamaritana ny fifandraisana eo amin'ny pasitera sy ny vahoakany. Mba hahafahantsika mahafantatra tsara ny andraikitrin'ny pasitera amin'ny fiangonana, tsy maintsy azontsika tsara aloha ny toetra sy ny lanjan'ny ondry.

### Ny toetran'ny ondry

Hoy ny fitarainan'ny pasitera iray: "ny Fitarihana ny vahoakako dia tahaka ny fiandrasana saka:!" Azo atao ve ny mitarika saka? Sady mafy loha izy ireo no tsy manaiky handeha any amin'izay tianao hitondrana azy. Tsy mba tahaka izany ny ondry. Mora manaiky izy ireo. Vonona hanaraka ny mpitarika any amin'izay rehetra hitarihany izy ireo. Tsara izany. Kanefa, izany toetra izany dia mampidi-doza ny ondry. Indraindray izy ireo miadaladala manaraka olona hafa. Noho izany, mila fikarakarana sy fiarovana.

Ny tena kristiana dia manaiky ny Mpiandy Tsara. Vonona hanaraka Azy amin'izay rehetra hitarihany izy ireo (Jaona 10:27). Kanefa, ny kristiana sasany tsy matotra dia tahaka ny ondry izay manafangaro ny ambodia masiaka amin'ny tena mpiandry ondry. Manaraka an-jambany fotsiny ireo tsy tena lehilahy na vehivavin'Andriamanitra izy ireo.

Fanampiny, ny ondry dia tsy mba manana fiarovana voajanahary. Vokany, mora tafihana izy ireo ary mila mpiandry mba hiaro azy Tia mirenireny miala amin'ny toerana azo antoka ihany koa izy ireo, noho izany mila mpiandry. Raha vao tsy misy mpiandry ny ondry dia tonga rembin'ny biby masiaka. Tahaka izany koa ny ankamaroan'ny kristiana. Tian'izy ireo ny miala amin'ny fiahian'ny pasitera sy ny fiarovana azo antoka ao anatin'ny fiangonana. Adinony fa mila ny fikarakarana sy ny fiarovan'ny mpiandry ondry izy.

**Ny lanjan'ny ondry**

Tamin'ny andron'ny Baiboly, ny ondry dia tena nanana lanja goavana tokoa. Ny ondry matetika no loharanom-piveloman'ny isam-pianakaviana. Ny henany atao sakafo, ny rononony no sotroina, ny volony no nanaovana fitafiana ary ny hodiny no nanaovana lay na zavatra hafa. Ny kristiana dia mbola manan-danja lavitra noho ny ondry eo imason'ny Mpiandry tsara. Antony roa no maha marina izany:

Voalohany, sarobidy amin'i Kristy ny kristiana noho ny vidiny lafo naloany ho fanavotana azy ireo. Hoy i Jesosy: "Izaho no Mpiandry Tsara; ny Mpiandry Tsara manolotra ny ainy hamonjy ny ondry" (Jaona 10:11). Petera ihany koa dia nampahatsiahy ny hasarobidintsika amin'i Kristy: "fa fantatrareo fa tsy zavatra mety ho simba, tahaka ny volafotsy sy ny volamena, no nanavotana anareo ... fa ny rà soan'i Kristy, toy ny ran'ny zanak'ondry tsy misy kilema ary tsy misy pentimpentina" (1 Pet. 1:18-19).

Ambonin'izany, sarobidy amin'i Kristy ny kristiana noho ny fifandraisana manokana eo amin'izy ireo. Taloha izy ireo dia "tsy nanana an'i Kristy ianareo, fa olon-ko azy tamin'ny fanjakan'ny Isiraely ary vahiny tamin'ireo faneken'ny teny fikasana dia tsy nanana fanantenana sady tsy nanana an'Andriamanitra teo amin'izao tontolo izao." Kanefa, ankehitriny kosa izy ireo dia "efa nampanakeken'ny ran'i Kristy" (Efe. 2:12-13). Nampahatsiahivin'i Petera ihany koa fa ny vahoakan'Andriamanitra dia "fanjaka-mpisorona, firenena masina ary olona nalain'Andriamanitra ho an'ny tenany" (1 Pet. 2:9). Araka izany, mila fikarakarana manokana ny ondrin'Andriamanitra satria voafidiny.

## IREO LOZA MITATAO AMIN'NY ONDRY

Amin'ny maha pasitera Pentekôtista mahatoky, tsy maintsy malina tsara ianao amin'ny fiarovana ny vahoaka amin'ny mpaminany sy ny mpampianatra sandoka.

**Famantarana ny mpaminany sy ny mpampianatra sandoka**

Ny mpampianatra sandoka dia olona milaza fa miteny amin'ny anaran'Andriamanitra, kanefa ny tena marina dia amin'ny anarany na amin'ny anaran'ny andriamanitra tsy izy na ny fanahy demoniaka no itenenany (Jer. 23:16). Ny Baiboly dia mampitandrina fa Andriamanitra dia manohitra ny mpaminany

sandoka ary tsy hamela azy ireny hitoetra eo anivon’ny vahoakany (Ezek. 13:9). Nananatra antsika ihany koa i Jesosy fa ny mpaminany sandoka dia mety “haneho famantarana lehibe sy fahagagana” ary “na dia ny olom-boafidy aza dia hofitahiny” (Mat. 24:24). Nantsoin’i Paoly hoe: “amboadia masiaka” izay “mitory teny tsy marina hitaona ny mpianatra hanaraka azy” izy ireny (Asa 20:29-30). Nambarany koa fa izy ireo dia mampianatra “anganongano” sy milaza izay tian’ny olona ho heno (2 Tim. 4:3-4).

Ny mpampianatra sandoka dia mitovy amin’ny mpaminany sandoka ihany. Raha milaza fa nampitenenin’Andriamanitra ny mpaminany sandoka, ny mpampianatra sandoka kosa dia mamadika an-tsitrapo ny Tenin’Andriamanitra ary mandika izany ho zavatra hafa tanteraka. Ho an’ny tombontsoany manokana matetika no hanaovan’izy ireo izany (Tit. 1:11). Araka ny voalazan’ny Baiboly, ny olona tahaka izany dia “kely fahalalana sady tsy miorina tsara... ka mahatonga fahaverezana ho an'ny tenany” (2 Pet. 3:16).

Misy fomba roa hahafahana mamantatra ny mpaminany sandoka sy ny mpampianatra sandoka ao anatin’ny fiangonana amin’izao androntsika izao:

*1. Amin’ny alalan’ny fandinihana ny fiainany*. Jesosy dia nampianatra ny mpianany hoe: “Mitandrema ianareo, fandrao ho voafitaky ny mpaminany sandoka, izay mankao aminareo amin'ny fitafian'ny ondry, fa ao anatiny dia amboadia mitoha izy. Ny voany no hahafantaranareo azy” (Mat. 7:15-16). Miseho ho zavatra izy ireo nefa tsy izany akory. Mitafy sy mitondra tena tahaka ny olona masina izy ireo, mampiasa ny fomba fanao ara-pivavahana malaza sy manao vavaka tena mahatalanjona. Ny sasany aza manao famantarana sy fahagagana. Raha jerena etỳ ivelany izy ireo dia tena olona masina sy voahosotra. Kanefa, ao anatiny ao izy ireo dia mpamitaka, mpandainga ary mpijangajanga. Ny vokatrin’ny fiainan’izy ireo manokana no maneho ny fihatsaram-belatsihiny. Tsy misy lehilahy na vehivavy miaina fiainana tsy araka an’Andriamanitra ka afaka ny ho tena mpaminany marina.

Tamin’ny androny, Jesosy dia nihaika ireo mpampianatra sandoka hoe: “Lozanareo, mpanora-dalàna sy Fariseo, mpihatsaravelatsihy! fa ianareo dia tahaka ny fasana voalalotra fotsy, izay miseho tsara tarehy eo ivelany, nefa ny ao anatiny dia feno taolan'ny maty mbamin'ny fahalotoana rehetra. Dia tahaka izany koa ianareo: raha amin'ny eo ivelany dia miseho amin'ny olona ho marina, nefa ny

ao anatinareo dia feno fihatsaram-belatsihy sy tsi-fankatoavan-dalàna" (Mat. 23:27-28). Ireo lehilahy sy vehivavy mpikomy ireo dia tsy manaiky ny fahefahan'Andriamanitra sy ny fiangonana.

*2. Amin'ny alalan'ny fandinihana ny antony manosika sy ny fomba fiasany*. Ny fomba faharoa manampy amin'ny famantarana ny mpaminany sandoka sy ny mpampianatra sandoka ao anatin'ny fiangonana dia ny fijerena akaiky ny antony manosika sy ny fomba fiasan'izy ireo. Matetika no alain'izy ireo ao anatin'ny konteksta misy azy ny Soratra Masina ary adikany araka izay mety aminy. Ny zava-kendreny dia "hitaona ny mpianatra hanaraka azy" (Asa 20:30). Tsy zava-dehibe amin'izy ireo ny famonjena na ny fitomboan'ny olona ao amin'i Kristy. Ny tena zava-dehibe amin'izy ireo dia ny tombontsoa manokana sy ny voninahiny.

**Fampianaran-diso eto Afrika**

Mampalahelo fa amin'izao androntsika izao dia mihamaro ny fampianaran-diso sy ny faminaniana sandoka any anatin'ny ankamaroan'ny fiangonana Pentekôtista manerana an'i Afrika. Ireny fampianarana ireny dia mamapanantena fitahiana ary manamaivana ny ilana ny fanokanan-tena amin'ny finoana sy ny fibebahana amin'ny fahotana. Mifantoka amin'ny zavatra ilain'ny olona mandritra ny fotoana mandalo izy ireo ary manao tsinontsinona ny fandrosoana ara-panahy sy ny fitomboana ao amin'ny fahasoavana. Noho izany zavatra ataony izany dia tsy mahomby amin'ny fambaboana ny very sy ny fanomanana ny olona masina ho amin'ny fiainana mandrakizay izy ireo (Marka 8:36). Ny Baiboly dia mampitandrina antsika mafy amin'izany karazana fampianarana izany (1 Tim. 4:1).

Misy fampianaran-diso roa tena misongadina eto Afrika:

*1. "Ny filazantsaran'ny fanambinana"*. Ity fampianarana voalohany ity dia antsoina hoe "filazantsaran'ny fanambinana". Ny filazantsaran'ny fanambinana dia fampianarana fa ny mpino rehetra dia manana fanekena mirakitra fahasalamana, harena ary fanambinana. Ireo fitahiana ireo dia raisina amin'ny finoana, fanekena maneho lafiny tsara ary famafana ny "voan'ny finoana".

Marina fa Andriamanitra dia mitahy izay mahatoky amin'ny fanarahana Azy, kanefa ny filazantsaran'ny fanambinana kosa dia tsy ilay filazantsara notorian'i Jesosy sy ny apostoly. Jesosy dia nandidy ny olona hoe: "mibebaha ianareo ka

minoa ny filazantsara:” (Marka 1:15); Petera koa dia nanambara hoe: “Koa mibebaha ianareo, ka miverena hamonoana ny fahotanareo, mba ho avy izay andro famelombelomana avy amin'ny fanatrehan'ny Tompo” (Asa 3:19). Paoly kosa nampitandrina hoe: “.Ary Andriamanitra ninia tsy nijery ny andron'ny tsi-fahalalana; fa ankehitriny Izy mandidy ny olona rehetra amin'izao tontolo izao hibebaka” (Asa 17:30).

Ny tena fiangonana Pentekôtista marina dia tsy maintsy mandà ny filazantsaran’ny fanambinana satria mifantoka amin’ny tena izany fa tsy mifantoka amin’i Kristy. Mifantoka amin’ny zavatra ilaina ara-materialy ihany koa izy fa tsy amin’ny asam-panavotana nataon’Andriamanitra. Ny fitahiana no tena asongadin’ny filazantsaran’ny fanambinana fa tsy ny fanompoana. Ity filazantsara ity dia tena misy fiantraikany ratsy amin’ny kristiana. Ny fampitandremana nomen’i Paoly ny kristiana tany Galatia dia mihatra amin’ireo mitady hino ny filazantsaran’ny fanambinana: “Gaga aho, raha mifindra faingana toy izao ianareo hiala amin'izay efa niantso anareo tamin'ny fahasoavan'i Kristy ho amin'ny filazantsara hafa – izay tsy filazantsara akory...Fa na izahay, na anjely avy any an-danitra aza, no mitory filazantsara hafa aminareo afa-tsy izay efa notorinay taminareo, aoka ho voaozona izy” (Gal. 1:6-8).

*2. Synkretisma.* Ny fanao iray tena manimba ny Fiangonana Pentekôtista eto Afrika dia ny synkretisma na ny fitambaram-pirehampinoana. Ny synkretisma dia fampifangaroana ny finoana kristiana amin’ny zavatra avy amin’ny fivavahana Afrikana tranainy. Ny mpaminany sandoka sy ny mpampianatra sandoka matetika dia mampiasa tetikady hisarihana olona betsaka ho ao anatin’ny fiangonany. Betsaka ny ohatra azontsika resahana mikasika ireo karazana Synkretisma hita atỳ Afrika. Ireto avy no ohatra hita any Afrika Andrefana:

- Ny fanatitrin’ny mpaminany
- Ny fanati-panavotana
- Ny fanatitra fanaovana sorona
- Ny fivarotana sy fampiasana diloilo fanosorana tsy araka ny Soratra Masina
- Ny fivarotana rano voahasina
- Ny fivarotana sy fampiasana tantely sy ronono
- Ny fivarotana ny sarin’ny “lehilahin’Andriamanitra”

- Ny fampiasana kifafa masina (hamafana tanteraka ny fahavalo)
- Ny fampiasana fotaka avy ao amin'ny Ranomasina maty.
- Ny fampiasana rano avy amin'ny onin'i Jordana
- Ny fandoavana saram-pizahana amin'ny mpaminany.

Ireo fanao ireo dia fiezahana hanova ireo fanao ara-pivavahana tranainy ho kristiana. Mihodikodina eo amin'ny vola sy ny fampanantenana fitahiana ary fiarovana ho an'izay manaiky izy ireo. Tsy maintsy lavina sy toherina amin'ny "tenin'ny fahamarinan'ny filazantsara" nefa izy ireo (Kol. 1:5-6).

Amin'ny maha pasitera Pentekôtista, tsy tokony hadinoinao velively fa eo antananao ny anjara mandrakizain'ny olona anaovanao asa fanompoana. Noho izany, tsy maintsy mitandrina tsara izay ataonao sy ampianarinao ianao. Raha tsy mahomby amin'ny fampianarana ny fahamarinana ianao ary mampianatra lainga dia hivily lalana ny olona, ho simba ny fiangonana ary ianao kosa hotsarain'Andriamanitra.

**Ny vokatrin'ny fampianarana sy ny faminaniana sandoka**

Miseho amin'ny endrika dimy ny fahasimbana entin'ny fampianaran-diso:

*1. Ny fampianaran-diso dia manindrahindra fomba fiaina tsy araka an'Andriamanitra.* Ny fahamarinana dia manamasina sy manosika ny kristiana hiaina amin'ny toe-panahy araka an'Andriamanitra (Jaona 17:17). Amin'ny lafiny iray, ny fampianaran-diso dia manimba ny saina sy ny fo ary mandrisika faharatsiam-pitondrantena (1 Kor. 15:33).

*2. Ny fampianaran-diso dia mamokatra mpitarika tsy manana toe-panahy araka an'Andriamanitra*. Ny fahamarinana dia mamokatra mpitarika mpanompo manana toe-panahy araka an'Andriamanitra. Mifanohitra amin'izany, ny fampianaran-diso dia mamokatra mpitarika tsy manana toe-panahy araka an'Andriamanitra sy mpanjakazaka. Ny mpitarika kristiana marina dia tsy maintsy "mitana mafy ny teny marina araka ny efa nampianarina, mba hahaizany hananatra amin'ny fampianarana tsy misy kilema sady handresy lahatra ny mpanohitra" (Tit. 1:9).

*3. Ny fampianaran-diso dia manandevo ny olona*. Ny fahamarinana dia manafaka (Jaona 8:32). Ny fampianaran-diso kosa dia manandevo ny olona (Gal.

4:9). Nanentana mafy ny mpino tany Galatia i Paoly hoe: “Ho amin'ny fahafahana no nanafahan'i Kristy antsika; ka tomoera tsara, fa aza mety hohazonin'ny zioga fanandevozana intsony” (Gal. 5:1).

*4. Ny fampianaran-diso dia mamokatra kristiana malemy.* Ny kristiana mianatra fampianaran-diso dia tsy mitombo ao amin’ny fahasoavana. Mitoetra ho zaza ara-panahy izy ireo. Na dia mitombo arak’isa aza ny fiangonana dia mitoetra ho malemy sy tsy mahomby.

*5. Ny fampianaran-diso dia mitarika amin’ny fitsarana sy fahapotehana.* Ny Baiboly dia mpiresaka mikasika “olona kely fahalalana sady tsy miorina tsara, izay manolana ny Soratra Masina ka mahatonga fahaverezana ho an'ny tenany” (2 Pet. 3:16).

## FIANDRASANA NY ONDRY

Amin’ny maha mpiandry ny ondrin’Andriamanitra, tsy maintsy manara-maso tsy tapaka ny ondry ianao. Tsy maintsy vonona hanolotra ny ainao ho azy ireo ianao (Jaona 10:11; jereo koa ny 1 Sam. 17:34-35). Ireo misy fomba dimy azonao pasitera Pentekôtista ampiasaina hiarovana ny ondrin’Andriamanitra.

### Amin’ny alalan’ny fivavahana ho an’ny ondry

Voalohany, tsy maintsy mandohalika matetika eo anatrehan’Andriamanitra ho an’ny fiangonana ianao. Rehefa manao izany ianao dia handray avy amin’Andriamanitra ny hery sy fahendrena ilainao hikarakarana sy hiarovana ny ondry. Fanampin’izany, ny vavaka ataonao dia hahatonga ny tanan’Andriamanitra hiaro mandrakariva ny Olony.

### Amin’ny alalan’ny fampiasana fahafahantarana Fanahy samihafa

Faharoa, tsy maintsy mampiasa fahafantarana fanahy samihafa ianao. Mampitandrina antsika ny Baiboly fa: “ny Fanahy milaza marina fa amin'ny andro aoriana dia hihemotra amin'ny finoana ny sasany, manaiky fanahy mamitaka sy fampianaran'ny demonia” (1 Tim. 4:1). Noho izany, tokony hangataka amin’Andriamanitra ianao mba homeny fanomezam-pahasoavana mahafantatra Fanahy samihafa hanampy anao hampiharihary ny fampianaran-diso na ny asan’ny fanahy tsy avy amin’Andriamanitra. Ity fanomezam-pahasoavana ity

ihany koa dia hampitao anao hahalala raha mihetsika ao anatin'ny herin'ny Fanahy Masina na ao anatin'ny hery demoniaka ny fiangonana iray.[1]

### Amin'ny alalan'ny fampianarana foto-pampianarana marina

Fahatelo, tsy maintsy mitory sy mampianatra ny foto-pampianarana marina ianao (2 Tim. 4:2; Tit. 1:9). Izany fanao izany dia hanatanjaka ny ondry sy hiaro azy ireo amin'ny fampianarana sandoka. Hanampy azy ireo hihazona ny lalany madio ihany koa izany (Sal. 119:9-11).

### Amin'ny alalan'ny famantarana ny mpaminany sy ny mpampianatra sandoka

Fahefatra, tsy maintsy ampianarinao hamantatra ny mpaminany sandoka sy ny mpampianatra sandoka ny fiangonana. Ny Baiboly dia maneho amintsika fomba telo hamantarana ireo amboadia mitady hodi-janak'ondry ireo:

*1. Tsy tanteraka ny faminaniany.* Raha tsy tanteraka ny faminaniany dia tsy nampitenenin'Andriamanitra izy fa mpaminany sandoka (Jer. 28:9).

*2. Mamily ny olona hiala amin'ny fahamarinana izy ireo.* Na dia tanteraka aza ny faminaniany, raha mamily ny olona hiala amin'ny fahamarinan'ny filazantsara ny hafatra entiny dia mpaminany sandoka izy ireo (Det. 13:1-3; Gal. 1:6-9).

*3. Miaina amin'ny fiainana tsy masina izy ireo*. na dia tanteraka aza ny faminaniany ary arahana famantarana sy fahagagana izany, raha tsy araka an'Andriamanitra ny fomba fiainan'izy ireo dia mpampinany sandoka izy (2 Pet. 2:10-15). Nampitandrina i Jesosy hoe "ny voany no hahafantaranareo azy" (Mat. 7:15-16; jereo koa ny. 22-23).

Amin'ny maha mpiandry ondry mahatoky, tsy maintsy miaro ny ondry amin'ny biby masiaka mpihaza ianao, ary tahaka ny ataon'ny Tompo aminao, tsy maintsy mitarika azy ireo amin'ny lalana marina ianao (Sal. 23:3).

---

[1] Jereo ny Fanampiny 2 "Ny fisehon'ny fanomezam-pahasoavana ao amin'ny 1 Korintiana 12: 8-10".

**Amin’ny alalan’ny fanehoana miharihary ny fampianaran-diso**

Farany, tsy maintsy miaro ny ondry amin’ny alalan’ny famantarana sy fanitsiana ny fampianaran-diso sy ny faminaniana sandoka ianao. Hoy i Paoly: “Aza manao tsinontsinona ny faminaniana”. Kanefa nampiany koa hoe: “Fantaro ny zavatra rehetra; hazòny mafy izay tsara. Fadio ny fanao ratsy rehetra” (1 Tes. 5:20-22). Noho izany; amin’ny maha mpiandry ny ondrin’Andriamanitra, tsy maintsy fantatrao mandrakariva izay ampianarina ao anatin’ny fiangonana. Misy fomba telo hahafahana manao izany:

*1. Amin’ny alalan’ny fifehezana izay ampianarina.* Ny fampianaran-diso matetika dia miditra misokosoko ao am-piangonana amin’ny alalan’ny vondrona kely na ny fianarana Baiboly. Ny olona miandraikitra ny vondrona no manomboka fampianarana hafa araka izay henony na novakiany. Ao anatin’ny fotoana fohy, mahazo ny fiangonana rehetra izany fampianaran-diso izany. Noho izany, tsy maintsy fehezinao ho marina sy mifanaraka amin’ny Soratra Masina izay ampianarina any anatin’ny Sekoly alahady, ny kilasy fianarana batisa, ny vondrom-bavaka, ny fisakaizana any an-tokantrano ary ny vondrona hafa.

*2. Amin’ny alalan’ny famantarana izay henoin’ny olona*. Amin’izao androntsika izao dia rakotra toriteny sy fampianarana isan-karazany ny toerana falehan’ny vahoaka. Mihaino ireny toriteny sy fampianarana ireny ny olona ao amin’ny fiangonantsika. Na dia maro aza ireo mpitoriteny amin’ny haino amanjery mahatoky amin’ny fanambarana ny filazantsara, misy kosa ireo manao fampianaran-diso. Tsy maintsy fantatrao ny zavatra henoin’ny olona mba hahafahanao manoro azy ireo ny tena fahamarinan’ny Tenin’Andriamanitra.

*3. Amin’ny alalan’ny fetezana ho “mpiandry vavahady”*. Amin’ny maha pasitera, tsy maintsy miambina ny vavahadin’ny fiangonanao ianao. Raha amin’ny teny hafa dia izao: tsy maintsy fantenanao tsara ireo olona omenao alalana hiteny amin’ny fiangonanao. Na dia malaza sy feno fientanam-po aza ny mpitoriteny, rehefa tsy manana toetra tsara sy mendrika na niala tamin’ny fahamarinana dia tsy tokony havelanao hiakatra eny amin’ny polipitranao.

---

Ny pasitera Pentekôtista mahatoky amin’ny fiandrasana ny ondrin’Andriamanitra dia hitondra fitahiana ho an’ny fiangonana sy ho an’ny

tenany. Hitombo ny ondry eo ambany fiarovany ary ho tonga mpianatra matotra ao amin'i Kristy. Ho voatahy ihany koa ny mpiandry ondry. Ny valim-pitiany lehibe indrindra dia ny fahafaham-po avy amin'ny fahafantarana fa mpanompo tsara sady mahatoky izy.

Misy valim-pitia hafa natokana ho an'ny mpiandry ondry mahatoky koa nefa noresahan'i Petera ao amin'ny taratasy nosoratany: "Andraso ny ondrin'Andriamanitra izay eo aminareo, mitandrina azy tsy an-tery, fa amin'ny sitrapo; tsy amin'ny fitiavana harena maloto, fa amin'ny zotom-panahy; tsy ho mpanjakazaka, amin'ny anjara-fiandrasana, fa ho fianaran'ny ondry. Ary rehefa miseho ny Lohan'ny mpiandry, dia hahazo ny satro-boninahitra tsy mety simba ianareo" (1 Pet. 5:2-4).

## ~ Fizarana 7 ~

# Ny pasitera Pentekôtista amin'ny maha mpitarika

# ~ Toko 28 ~

# Fitarihana Pentekôtista

Nizotra nankany Galatia, tany amin'ny ilany andrefan'ny faritanin'i Asia i Paoly sy ireo misionera niaraka taminy. Nosakanan'ny Fanahy Masina tsy hitohy tamin'izany zotra izany nefa izy ireo. Noho izany, nanapa-kevitra nianavaratra nankany amin'ny faritanin'i Bitynia izy ireo. Kanefa, mbola nosakanan'ny Fanahy Masina ihany. Niverina nizotra niakandrefana indray izy ireo. Nony farany dia tonga tany Troasy, tanàna tany avaratra andrefan'ny moron'ny ranomasina Aegena. Nisy zavatra nahatalanjona nitranga tany.

Nandritra ny alina, nomen'ny Fanahy Masina fahitana i Paoly. Tao anatin'io fahitana io no nahitany lehilahy avy any Makedonia, mitsangana sy miangavy azy hoe: "Mità mankaty Makedonia, ka vonjeo izahay!" (Asa 16:9). Rehefa nozarain'i Paoly tamin'ny namany ny fahitana dia niombon-kevitra izy ireo fa avy amin'ny Tompo izany. Nanazava i Lioka: "Ary nony nahita ny fahitana izy, dia nitady handeha niaraka tamin'izay hankany Makedonia izahay, satria nataonay fa Andriamanitra no efa niantso anay hitory ny filazantsara amin'ny olona any" (and.10). (Mahita ohatra maneho ny nitarihan'ny Fanahy Masina an'i Paoly koa isika ao amin'ny Asa 13:1-5, 15:28, sy ny 20:22.)

Paoly dia ohatra tsara ny amin'ny atao hoe mpitarika Pentekôtista. Talohan'ny nitarihany ny hafa dia navelany hitarika azy ny Fanahy Masina. Ny ohatra

nasehon'i Jesosy, izay nanao ny asa fanompoana teo ambany hosotra sy fitarihan'ny Fanahy Masina no narahany tamin'izany (Liola 4:1; Jaona 5:19; Asa 10:38).

Ity toko ity dia hiresaka mikasika ny fitarihana Pentekôtista. Haseho ato ny modelin'ny fitarihana miorina amin'ny fitarihan'i Jesosy sy ny apostoly. Voalohany, hofaritana aloha ny atao hoe mpitarika Pentekôtista. Aorian'izay, horesahantsika ny toetra mampiavaka ny tena mpitarika Pentekôtista marina sy ny andraikitra sahaniny.

## FAMARITANA NY FITARIHANA PENTEKÔTISTA

Na dia mampiasa ireo tena ampiasain'ny ankamaroan'ny pasitera tsy Pentekôtista aza ny tena pasitera Pentekôtista marina, misy kosa ny fahasamihafana. Noho ny fahatsapana ananany miaraka amin'ny Fanahy Masina, miavaka ny fomba fanatonan'ny pasitera Pentekôtista ny resaka fitarihana. Ny fahatakaran'izy ireo ny fomba fiasan'ny Fanahy Masina ao amin'ny fiainany sy ny fiainan'ny hafa dia misy fiantraikany lalina amin'ny fomba fitarihany.

Ny mpitarika Pentekôtista dia lehilahy na vehivavy nofidian'Andriamanitra, nofenoiny ny Fanahy Masina ary mikatsaka amim-pahatongavan-tsaina ny fahendrena sy ny fitarihana avy amin'ny Fanahy Masina. Ny tanjony dia ny hisy fiantraikany amin'ny vahoakan'Andriamanitra, ho mahatoky ary hahomby amin'ny andraikitra napetrak'Andriamanitra aminy amin'ny fampandrosoana ny Irany. Ndeha hozaraintsika ho singa maromaro io famaritana io.

### Nantsoin'Andriamanitra

Ny pasitera Pentekôtista dia nantsoin'Andriamanitra hitarika ny vahoakany. Noho izany, ny pasitera Pentekôtista dia mampitovy ny tenany amin'i Paoly, izay niantso ny tenany hoe: "mpanompon'i Jesosy Kristy, voantso ho Apostoly, voatokana ho amin'ny filazantsaran'Andriamanitra" (Rom. 1:1).

### Feno ny Fanahy

Manaraka izany, ny pasitera Pentekôtista dia feno ny Fanahy Masina ary miezaka mandeha araka ny Fanahy eo amin'ny fiainany manokana (Gal. 5:25). Raisiny amim-pahamatorana ny baikon'i Jesosy hoe: "fa mitoera eto an-tanàna

mandra-panafiana anareo amin'ny hery avy any amin'ny avo” (Lioka 24:49) sy ny toromarik’i Paoly hoe: “Aoka hofenoina ny Fanahy” (Efe. 5:18).

**Mikatsaka ny fitarihan’Andriamanitra**

Fahatelo, ny pasitera Pentekôtista dia mikatsaka amim-pahavitrihana ny fitarihan’ny Fanahy Masina amin’izay rehetra ataony. Azon’izy ireo tsara fa ny andraikitra ambony indrindra dia ny fanatanterahana ny sitrapon’Andriamanitra voambara ao amin’ny Soratra Masina sy amin’ny alalan’ny Fanahy Masina. Noho izany, ny tena pasitera Pentekôtista marina dia mandany ny ampahany betsaka amin’ny fotoanany amin’ny fianarana ny Baiboly sy ny vavaka.

**Mitarika ny vahoakan’Andriamanitra**

Farany, ny pasitera Pentekôtista dia miezaka mitarika vondron’olona voafaritra mazava – toy ny fiangonana nasionaly na fiangonam-paritra – ho mahatoky sy hahomby amin’ny fanatanterahana ny andraikitra napetrak’Andriamanitra dia ny fampandrosoana ny Irany eto ambonin’ny tany.

## TOETRA TSARAN’NY MPITARIKA PENTEKOTISTA

Inona no toetra tsaran’ny mpitarika Pentekôtista? Fara fahakeliny, ny mpitarika Pentekôtista dia tsy maintsy nateraka ny Fanahy, feno ny Fanahy Masina ary afaka mitarika ny hafa ao anatin’ny dia voatafy ny herin’ny Fanahy Masina. Tsy maintsy hainy koa ny mamantatra ny feon’ny Fanahy ary manana fahaiza-manao amin’ny asa fanompoana ao anatin’ny fanomezam-pahasoavan’ny Fanahy izy. Tsy maintsy mahatakatra sy manokan-tena ho an’ny irak’Andriamanitra izy. Tsy maintsy vonona hanolotra ny ainy ho an’izay rehetra momba an’i Kristy izy raha izany no sorona takiana.

Amin’ny maha mpitarika Pentekôtista, ny fiainanao sy ny asa fanompoanao dia tokony homarihan’ireto toetra tsara enina manan-danja ireto:

**Fahitsiana**

Ambonin’ny zavatra rehetra, tsy maintsy miezaka miaina amin’ny toe-panahy araka an’Andriamanitra ianao, fiainana manome voninahitra an’i Kristy. Ao anatin’ny asan’Andriamanitra, tsy misy zavatra manan-danja mihoatra noho

izany. Mampalahelo nefa fa betsaka ny fiangonana sy fikambanana Pentekôtista ahitana lehilahy sy vehivavy feno faharatsiana. Ny nifidianana azy ireo dia ny lazany sy ny zavatra vitany ao anatin'ny fikambanana. Ireny ilay voalaza fa "mankao aminareo amin'ny fitafian'ny ondry, fa ao anatiny dia amboadia mitoha", mitondra henatra ho an'ny fiangonana (Mat .7:15).

Ny Baiboly dia miresaka mikasika ireny olona tsy miaina araka an'Andriamanitra ireny. Paoly ohatra dia nampitandrina ny loholon'ny fiangonana tany Efesosy ny amin'ireo "amboadia masiaka" izay ho avy ary handramatra ny ondrin'Andriamanitra (Asa 20:29). Ao anatin'io hafatra io ihany koa izy dia nampahatsiaro azy ireo ny nitarihany azy ireo tamin'ny fahitsiana: "Tsy mba naniry volafotsy na volamena na lamban'olona aho" (Asa 20:33). Tahaka izany koa no nambarany rehefa nampahatsiaro ny Tesaloniana ny fitondrantena mendrika niainana teo anatrehan'izy ireo izy: "Hianareo no vavolombelona ary Andriamanitra koa fa masina sy marina ary tsy nanan-tsiny tokoa ny fitondran-tenanay teo imasonareo izay mino" (1 Tes. 2:10). Tsy nitarika niaraka tamin'ny fahefana sy nanao asa fanompoana niaraka tamin'ny hery fotsiny i Paoly fa niaina tamin'ny fahitsiana araka an'Andriamanitra. Tsy maintsy manao tahaka izany kosa isika ankehitriny.

**Fahatakarana**

Faharoa, amin'ny maha mpitarika Pentekôtista, tsy maintsy takatrao mazava tsara ny andraikitra nomen'Andriamanitra anao. Tsy maintsy manompo amim-pahatokiana an'i Kristy sy ny fiangonana amin'ny alalan'ny fitarihana ny vahoakan'Andriamanitra hampandroso ny Irany ao anatin'ny herin'ny Fanahy Masina. Loharano roa no ahafahanao mahazo io fahatakarana io: avy amin'ny Tenin'Andriamanitra sy avy amin'ny Fanahin'Andriamanitra. Amin'ny alalan'ny fianarana amim-pahatokiana ny Soratra Masina no hahatakaranao ny irak'Andriamanitra ho fanavotana ny firenena rehetra. Amin'ny alalan'ny fivavahana sy fihainoana ny feon'Andriamanitra no hahatakaranao tsara ny andraikitrao amin'ny fanatanterahana izany iraka izany.

Jesosy dia nahatakatra tsara ny Toerany tao anatin'ny drafi-panavotan'Andriamanitra. Niresaka matetika mikasika ny Iraka nankinina taminy Izy (Marka 10:45; Jaona 6:38; 18:37). Hoy Izy: "Fa efa tonga ny Zanak'olona hitady sy hamonjy ny very" (Lio. 19:10). Tahaka izany koa i Paoly, takany tsara

ny andraikitra manokana nankinina taminy tao anatin'ny asan'Andriamanitra. Hoy izy: "Mba hanao izany no nanendrena ahy ho mpitory sy Apostoly...ho mpampianatra ny jentilisa amin'ny finoana sy ny fahamarinana" (1 Tim. 2:7).

Amin'ny alalan'ny vavaka sy fianarana ny Soratra Masina isan'andro, ianao koa dia afaka mahatakatra ny irak'Andriamanitra sy ny andraikitrao manokana amin'ny fanatanterahana izany, tahaka an'i Jesosy sy Paoly[1].

**Fanokanan-tena**

Fahatelo, amin'ny maha mpitarika Pentekôtista, tsy tokony hahatakatra ny irak'Andriamanitra fotsiny ianao fa tsy maintsy manokan-tena feno amin'ny fanaovana ny anjaranao amin'ny fanatanterahana ny irak'Andriamanitra, izay antsoina koa hoe *Missio Dei*, na ny Tanjony sy ny Asany eto amin'ity tontolo lavo ity. Miasa amin'ny alalan'ny Fiangonany Izy, miantso ny olona amin'ny avy fokom-pirenena rehetra sy ny samy hafa fiteny sy ny olona ary ny firenena rehetra (Apok. 5:9; 7:9).

Na dia miala amin'ny irak'Andriamanitra aza ny fisainan'ny olona sasany, ny fifantohanao kosa dia tsy maintsy mijanona tsara amin'ny fanaovana ny sitrapon'Andriamanitra. Ny fisainanao sy ny hetsika ataonao dia tsy maintsy mandroso mankany amin'ny zotran'ny irak'Andriamanitra. Amin'ny maha mpitarika Pentekôtista, tsy maintsy manana ilay sary lehibe ianao – ny drafi-panavotan'Andriamanitra ho an'ny firenena rehetra. Tsy maintsy takatrao koa hoe aiza ao anatin'io drafitr'Andriamanitra io no toerana misy ny fiangonanao. Ankoatr'izany, tsy maintsy mampandroso amim-paharetana ny fiangonana mankany amin'izany zotra izany ianao.[2]

---

[1] Raha mila fanazavana bebe kokoa mikasika ny irak'Andriamanitra ianao dia jereo ny boky, *A Biblical Theology of Missions (Fampianarana ara-baiboly momba ny Iraka)* nosoratan'i Paul York ary novokarin'ny Africa's Hope ao anatin'ny andiany Série Découverte.

[2] Raha te handalina bebe kokoa ianao mikasika ny fitarihana ny fiangonana ao anatin'ny irak'Andriamanitra ianao dia jereo ny toko 31: "Fitarihana ao anatin'ny Iraka".

**Hosotra**

Fahefatra, amin'ny maha mpitarika Pentekôtista, tsy maintsy mankamamy ny hosotrin'ny Fanahy Masina ianao, ary tsy maintsy mihazona ny kasiky ny Fanahy ao amin'ny fiainanao amin'ny alalan'ny fanokanan-tena amin'ny fivavahana, ny fiainam-pahamasinana ary ny fanompoana amim-panetren-tena. Tsy maintsy miantehitra mafy amin'ny Fanahy Masina ianao. Izy no manosotra, manome fahaiza-manao ary mitarika anao ao anatin'ny asa fanompoana. Tsy maintsy raisinao ho zavatra matotra ihany koa ny tenin'ny Tompo tamin'ny Mpianany tamin'ny fotoana nisarahany tamin'izy ireo. Nodidiny ny mpianany mba tsy hanomboka ny asa fanompoany raha tsy voatafy ny herin'ny Fanay Masina (Asa 1:4-5; jereo koa ny Lioka 24:49).

**Fanetren-tena**

Fahadimy, amin'ny maha mpitarika Pentekôtista, tsy maintsy mahita ny tenanao tahaka ny mpanompon'Andriamanitra ianao. Tsy maintsy mikatsaka izay hanahafana ny Tompo, ilay nanetry ny tenany sy nanompo hatramin'ny fanolorana ny ainy teo amin'ny hazo fijaliana (Fil. 2:7-8). Tsy maintsy alatsakao ao am-ponao ny tenin'i Jesosy hoe: “Fa tsy mba toy izany aminareo; fa na iza na iza no te-ho lehibe eo aminareo, dia ho mpanompo anareo izy. Ary na iza na iza no te-ho ambony eo aminareo, dia ho mpanompon'izy rehetra. Fa ny Zanak'olona tsy tonga mba hotompoina, fa mba hanompo ka hanolotra ny ainy ho avotra hisolo ny maro” (Marka 10:43-45).

Ity karazana fitarihana ity dia fantatra amin'ny anarana hoe fitarihana manompo. Mifanohitra amin'izany, ny mpitarika manandratra ny tenany sy manararaotra ny vahoakan'Andriamanitra dia tsy azo antsoina hoe mpitarika Pentekôtista. Izy ireo no “ambodia mitafy fitafian'ny ondry” (Mat. 7:15-16; Asa 20:29-30). Hoy ny Baiboly: “ireny koa dia halaviro” (2 Tim. 3:5).[3]

---

[3] Raha te hahatakatra bebe kokoa ny Fitarihana manompo ianao dia jereo ny Toko 29: “Fitarihana Pentekôtista”.

**Fahaiza-manao**

Farany, ny mpitarika Pentekôtista marina dia tsy maintsy mikatsaka fahaiza-manao. Tsy maintsy azonao tsara fa na dia tena ilaina aza ny maha olona tsara, tsy ampy izany. Ny Afrikana dia voalaza fa olona tsara, manetry tena ary tia mandray olona. Raha tiana nefa ny ho mpitarika tsara dia takiana ny fampivoarana ny fahaiza-manao. Ny tafiditra ao anatin'io fahaiza-manao io dia ny fahaizana mampianatra, mampita vina, manentana ny hafa ary mandamina asa.

Ambonin'izany, tsy maintsy takatrao tsara fa ny fahaiza-manao faratampony amin'ny fitarihana dia avy amin'Andriamanitra. Tonga saina tsara tamin'izany i Paoly. Toy izao ny fanazavana nomeny ny Korintiana: "Kanefa tsy mihambo hanana fahaleovana avy aminay hihevitra na amin'inona na amin'inona izahay; fa ny fahaleovanay dia avy amin'Andriamanitra, Izay efa nampahaleo anay koa ho mpanompo...fa amin'ny Fanahy" (2 Kor. 3:5-6). Amin'ny maha mpitarika Pentekôtista, amin'Andriamanitra mandrakariva no tsy maintsy iandrandranao ny fahaiza-manao ilainao.

## NY ANDRAIKITRY NY MPITARIKA PENTEKOTISTA

Ny mpitarika Pentekôtista dia tsy tokony ho tahaka ny pasitera izay mihazakazaka aorian'ny fiangonany sady miantso hoe: "Andraso aho. Izaho no mpitarika anareo:!" Mifanohitra amin'izany, tsy maintsy mandeha eny alohan'ny vahoaka ny mpitarika Pentekôtista ary mandidy azy ireo hanaraka azy. Tsy maintsy tahaka an'i Jesosy izay nanao tamin'ny Mpianany hoe: "Andeha hanaraka Ahy, fa hataoko mpanarato olona ianareo". Hoy ny Baiboly amintsika: "Dia nandao ny harato niaraka tamin'izay izy ka nanaraka Azy" (Marka 1:17-18).

Amin'ny pasitera Pentekôtista, Kristy dia nanendry anao hametraka tetikasa sy paikady avy amin'ny fitarihan'ny Fanahy Masina ao amin'ny fiangonanao. Avy eo, tsy maintsy manetsika ny olon'Andriamanitra hanaraka anao ao anatin'ny asa ianao. Ao anatin'izany koa, ny mpitarika manana toe-panahy araka an'Andriamanitra dia tsy maintsy mpanaraka feno fanokanan-tena. Tsy maintsy mahatoky amin'ny fanarahana ny fitarihan'ny Fanahin'Andriamanitra. Tsy maintsy manaiky amim-panetren-tena ireo napetrakin'ny Fanahy hitarika anao ianao. Tsy maintsy mitarika ny fiangonanao amin'ny fanatanterahana ny irak'Andriamanitra amin'ny fomba telo tena manan-danja ianao.

**Fampitana vina**

Voalohany, tsy maintsy mitarika ny olona amin'ny alalan'ny fampitana ny vinan'izay tianao ho avin'ny fiangonana ianao. Amin'ny teny hafa, tsy maintsy ampianao izy ireo haka sary an-tsaina ny ho avy mahafinaritra nomanin'Andriamanitra ho azy ireo. Avy eo, tsy maintsy mitaona azy ireo handroso amin'izany zotra izany ianao. Amin'ny alalan'ny teninao, ny hetsika ataonao, ary ny toetranao no anaovanao izany. Raha atao amin'ny teny hafa dia amin'ny alalan'izay lazainao, izay ataonao ary ny fanehoanao ny tenanao amin'ny olona.

Tokony hirehitra ao anatinao io vina avy amin'Andriamanitra ka tsy avelanao mihitsy. Araka izany, hiresaka mikasika io vina io hatrany ianao. Ny firehetamponao dia hitosaka avy amin'ny fiainanao ary hisy fiantraikany amin'ny olona, ka hahatonga azy ireo hizara ny vina. Amin'ny maha mpitarika Pentekôtista marina, tsy tokony hanindrahindra ny vinanao manokana mikasika ny ho avy ianao. Ny vinan'Andriamanitra voambaran'ny Teniny sy ny Fanahy Masina no tsy maintsy hindrahindrainao.

Hoy ny Baiboly: "Raha tsy misy fahitana, dia atondraka hanaram-po amin'izay tsy mety ny olona" (Ohab. 29:18). Izao no ilazany azy amin'ny dikanteny hafa: "Raha tsy vina ara-paminaniana dia ho kivy ny olona". Izany fahakiviana izany matetika dia avy amin'ny fifantohana amin'ny tena, ny faharavana ary ny fahapotehana. Kanefa, ny vina voampita tsara dia hahatonga ny olona hahatakatra zavatra manan-danja dimy:

1. *Iza izy ireo?* Misionera voatafin'ny herin'ny Fanahin'Andriamanitra ary notendren'i Kristy hanatanteraka ny baikony eto an-tany.
2. *Aiza no tsy maintsy alehan'izy ireo?* Tsy maintsy miara-mandroso amin'ny fanatanterahana ny irak'Andriamanitra dia ny fambaboana fanahin'olona, ny fananganana fiangonana vaovao, ary ny fandraisana anjara amin'ny fanirahana misionera ho any amin'ny firenena hafa.
3. *Inona no tsy maintsy ataon'izy ireo?* Tsy maintsy tafiana ny herin'ny Fanahin'Andriamanitra ary manokan-tena amin'ny fanatanterahana ny anjarany ao anatin'ny Irak'Andriamanitra.
4. *Ahoana no anatanterahan'izy ireo izany?* Ny pasitera dia tsy maintsy manambara drafitra na tetikasa mazava entina manantanteraka ny asa.

5. *Ahoana no tsy maintsy hanombohan'izy ireo?* Ny pasitera Pentekôtista mahomby dia hanankina andraikitra amin'ny tsirairay mba hanampiana ny olona hanomboka.

Mampalahelo fa ny ankamaroan'ny nofy avy amin'Andriamanitra dia maty ao am-pon'ny Pasitera. Tsy tokony havelanao hitranga izany. Tsy maintsy mahatoky amin'ny fampitana ny vina mikasika ny ho avin'ny fiangonana ianao. Tsy maintsy mijoro amim-pahatokiana eo anatrehan'ny olona ianao ary manambara hoe "Ity no lalana, ka andehano" (Isa. 20:21).[4]

## Fanaraha-maso

Faharoa, misy lalana tsy maintsy izorana eo anelanelan'ny tian'Andriamanitra halehan'ny fiangonanao sy ny fahatongavana any. Amin'ny maha solotenan'Andriamanitra, tsy maintsy mitarika ny fiangonana amin'izany lalana izany ianao. Tsy ny mampita ny vinan'Andriamanitra mikasika ny ho avin'ny fiangonana ihany no andraikitrao, tsy maintsy mana-maso ny fanatanterahana ny vina ianao.

Izany no nataon'i Jesosy. Nampita ny vina Izy ary nametraka paikady hanatatrarana izany. Ny paikadiny dia ny fiantsoana lehilahy sy vehivavy ho eo aminy, hofaniny, hotafiany hery ary hirahany hanatanteraka asa. Amin'ny maha mpitarika Pentekôtista, tsy maintsy manao tahaka izany ianao. Eo ambanin'ny fitarihan'ny Fanahy Masina, azonao tanterahana amin'ny alalan'ny fanaovana drafitra, fanetsehana ary fanaraha-maso izany.

Noho izany, amin'ny maha pasitera Pentekôtista, tsy mpanainga fanahy ny olona tarihanao fotsiny ianao fa mpanara-maso ny asa ihany koa (1 Tim. 3:1-2; Tit. 1:7). Amin'ny maha mpanara-maso, tsy maintsy alaminao ny fiangonana mba hamitany ny iraka ao anatin'ny herin'ny Fanahy Masina. Tsy maintsy mandamina tsara ny tetikady sy ny hetsika takiana amin'ny fanatanterahana ny drafitra ianao. Tafiditra ao anatin'io hetsika io ny fandraisana mpiasa, ny fanaovana drafitra, ny fanofanana ary ny fanirahana mpiasa ho any amin'ny saha. Ao anatin'izany rehetra

---

[4] Raha handalina mikasika ny fampitana vina ianao dia jereo ny Toko 30: "Fitarihana miaraka amin'ny vina"

izany, tsy maintsy mikatsaka ny torohevitra sy ny fitarihan'ny Fanahy Masina ianao.

**Fampaharetana**

Farany, amin'ny maha mpitarika ny vahoakan'Andriamanitra, ianao no tompon'andraikitra amin'ny fanitarana sy fampaharetana ny vina misionera ao amin'ny fiangonana. Iray amin'ny fomba entina manatanteraka izany ny fananganana mpitarika Pentekôtista manana vina. Raha tsy manao izany ianao dia ho faty ny vina ary tsy hahomby ny iraka. Mampalahelo ny mahita asa fanompoana voatendrin'Andriamanitra miara-maty amin'ny olona nanangana azy. Ny antony dia satria tsy nahomby tamin'ny fampitana ny vina tamin'ny olona hafa ireo lehilahy sy vehivavin'Andriamanitra ireo.

Jesosy dia tena nandray tamim-pahamatorana ny fampitana ny Vinany tamin'ny hafa. Fotoana fohy taorian'ny nanombohany ny Asa Fanompoany dia niantso mpianatra Izy. Hoy ny Baiboly: "Ary nanendry roa ambin'ny folo lahy Izy ho ao aminy sy hirahiny hitori-teny" (Marka 3:14; jereo koa. 1:16-17; 2:13-14; 3:13-19). Ireo lehilahy ireo no hanohy ny asa rehefa lasa Izy. Noho izany, nohofaniny izy ireo, notafiany hery ary nirahany hoe: "koa mandehana ianareo, dia ataovy mpianatra ny firenena rehetra" (Mat. 28:19). Amin'ny teny hafa, Jesosy dia nanentana azy ireo hanao izay nataony tamin'izy ireo amin'ny olona hafa.

Ny apostoly Paoly dia nanaraka ny ohatra nasehon'i Jesosy. Tsy nanatanteraka irery ny asa fanompoana misionera izy fa nanasa ny hafa hanampy azy. Namolavola sy nanofana azy ireo, tahaka ny nataon'i Jesosy tamin'ny Mpianany izy. Ireto avy no mpianatr'i Paoly: Jaona Marka, Timoty, Titosy, Lioka ary ny maro hafa. Notoroan'i Paoly hevitra i Timoty mba hanao izay natao taminy amin'ny hafa. Hoy izy tamin'ilay zanany tao amin'ny finoana "Ary izay zavatra efa renao tamiko teo anatrehan'ny vavolombelona maro dia atolory ny olona mahatoky, izay hahay mampianatra ny sasany kosa" (2 Tim. 2:2). Raha tiantsika ny hampaharitra ny vina dia tsy maintsy manaraka ny dian'i Jesosy sy Paoly isika.

Nanarin'i Paoly mafy ny mpino tany Tesalonika. Hoy izy: "Fa ny tenanareo mahalala izay tokony hianaranareo anay" ny antony dia satria "hatolotray aminareo ho fianaranareo ny tenanay" (2 Tes. 3:7, 9). Raha tena tiantsika ny hampaharitra ny vinan'ny iraka Pentekôtista, tahaka an'i Paoly, tsy maintsy tonga

olona tia maka tahaka isika. Izany hoe tsy maintsy olon'ny fanajana, ny fahitsiana ary ny vina.

---

Amin'ny maha mpitarika voatendrin'Andriamanitra anao ao amin'ny fiangonam-paritra tarihanao, tsy maintsy tonga mpitarika tsara araka izay azonao atao ianao. Amin'ny maha pasitera Pentekôtista mahatoky, tsy miasa mafy amin'ny fampivelarana ny fahaiza-manao momba ny fitarihana ilaina amin'ny fanatanterahana izany andraikitra izany ianao.

# ~ Toko 29 ~

# Fitarihana manompo

Indray andro, nanatona an'i Jesosy niaraka tamin'ny fanontaniana ny sasany tamin'ny mpianany. Hoy izy ireo: "Iza moa no lehibe indrindra ao amin'ny fanjakan'ny lanitra?" (Mat. 18:1). Avy niady hevitra momba izany ireo mpianatra ireo (jereo ny Mat. 20:20-28; Marka 9:33-37; 10:35-45; Lioka 22:24-27). Ny sasany tamin'izy ireo dia naniry ny ho lasa mpitarika ny mpianatra.

Satria fantatr'i Jesosy ny fon'izy ireo dia niantso ankizy iray hanatona sy hijoro teo afovoany Izy. Dia hoy izy tamin'ny Mpianany: "Lazaiko aminareo marina tokoa: Raha tsy miova ianareo ka ho tonga tahaka ny zazakely, dia tsy hiditra amin'ny fanjakan'ny lanitra mihitsy ianareo. Koa na zovy na zovy no hanetry tena tahaka ity zazakely ity, dia izy no ho lehibe indrindra amin'ny fanjakan'ny lanitra" (Mat.18:3-4). Nazavain'i Jesosy tamin'izy ireo koa indray mandeha "Fantatrareo fa ny andrianan'ny jentilisa mampanompo azy tokoa, ary ny lehibeny manapaka azy fatratra. Fa tsy mba ho toy izany aminareo; fa izay te-ho lehibe aminareo dia ho mpanompo anareo; ary izay te-ho ambony indrindra aminareo dia ho mpanomponareo" (Mat. 20:25-27).

Teto i Jesosy dia niresaka mikasika ny karazana fitarihana notakiany tao anatin'ny fiangonana vaovao naoriny. Ny mpitarika ao amin'ny Fiangonany dia tsy maintsy mitarika amin'ny fomba tsy mitovy tanteraka amin'ny mpitarika eto

amin'izao tontolo izao. Raha tokony hotompoina, ny mpitarika vaovao dia manompo ny hafa. Raha tokony hanjakazaka amin'ny vahoaka, ny mpitarika vaovao dia mikarakara amim-pitiavana ny olona tarihany. Izany karazana fitarihana izany no antsoina hoe fitarihana manompo. Izany no karazana fitarihana takian'Andriamanitra amin'ny pasitera Pentekôtista eto Afrika amin'izao androntsika izao.

## FAMARITANA NY FITARIHANA MANOMPO

Ny fitarihana dia fahaizana mitaona ny olona hihetsika amin'ny fomba manokana na hizotra amin'ny zotra manokana. Ho an'ny pasitera Pentekôtista, ny fitarihana dia fahaiza-manao nomen'Andriamanitra mba hitaomana ny vahoakan'Andriamanitra hikatsaka voalohany indrindra ny Fanjakan'Andriamanitra (Mat. 6:33). Fahaizana manainga fanahy ny vahoakan'Andriamanitra hanatanteraka ny andraikitra nomen'Andriamanitra azy ireo amin'ny fampandrosoana ny irak'Andriamanitra eto an-tany.

Tahaka ny mpitarika rehetra, ny mpitarika mpanompo dia mihevitra izay hahatahaerahan'ny iraka. Kanefa, ny mpitarika mpanompo ihany koa dia mihevitra ny fitomboana sy izay mahatsara ny olona tarihany. Manompo ny vahoakan'Andriamanitra amin'ny fanetren-tena sy fangorahana izy, ary miezaka mitaona ny olona amim-pitiavana fa tsy amin'ny fanerena.

Ny sain'ny mpitarika mpanompo dia mifanohitra tanteraka amin'ny "toe-tsain'ny mpanapaka" hitantsika matetika atỳ Afrika. Ny mpitarika tsy manana toe-panahy araka an'Andriamanitra dia manapaka amin'ny alalan'ny fampitahorana, ny mpitarika mpanompo kosa mitarika amin'ny alalan'ny fitiavana sy ny fangorahana. Ny mpanapaka dia mitaky fankatoavana, ny mpitarika mpanompo kosa manetsika fitokisana. Ny mpanapaka manararaotra ny olona fa ny mpitarika mpanompo kosa mitady izay hitahiana azy ireo.

Azon'i Jesosy natao ny nitondra tena tahaka ny mpanapaka, kanefa nisafidy ny hitarika tahaka ny mpanompo Izy (Mat. 20:28). Azon'i Jesosy natao tamin'ny fotoana rehetra ny nangataka anjely tsy omby roa ambin'ny folo legiona hanatanteraka ny Sitrapony (Mat. 26:53); kanefa, nisafidy ny hanetry tena sy hanaiky ny sitrapon'ny Rainy Izy (26: 39, 42). Ny sorona nataony teo amin'ny hazo fijaliana no ohatra faratampony amin'ny atao hoe fitarihana manompo.

Tahaka ny Tompony, ny pasitera Pentekôtista marina dia mpitarika mpanompo. Raha tokony hanararaotra ny olona tarihany dia manompo azy ireo amim-pifaliana sy amim-pitiavana.

Ny fanjakan'Andriamanitra dia soritana hoe "fanjakana mitsimbadika". Ny anton'izany dia ny tsy fitovian'ny fitarihana ao amin'ny Fanjakan'Andriamanitra sy ny rafitra fitarihana eto amin'izao tontolo izao. Ao anatin'ny fandaminana eto amin'izao tontolo izao, ny mpitarika dia manantena ho eny amin'ny farany ambony. Izy no mifehy ny hafa sy mandray ny voninahitra sy ny fitahiana rehetra. Kanefa, ao anatin'ny Fanjakan'Andriamanitra dia ny mpitarika no any amin'ny farany ambany. Miezaka manompo sy mitahy ny hafa izy.

## TOETRA MAMPIAVAKA NY MPITARIKA MPANOMPO

Toetra enina no tokony ho hita ao amin'ny pasitera Pentekôtista maniry ho tonga mpitarika mpanompo.

### Fanetren-tena

Voalohany, amin'ny maha mpitarika mpanompo, ny pasitera Pentekôtista dia tokony hitarika miaraka amin'ny fanetren-tena. Tsy mandany ny fotoanany amin'ny fitadiavana sitraka amin'ny olona na fahefana izy. Ny ohatra nasehon'i Jaona Mpanao Batisa no tokony harahan'izy ireo. Hoy izy momba an'i Jesosy: "Izy tsy maintsy mitombo, fa izaho kosa tsy maintsy mihena" (Jaona 3:30). Tsy maintsy tadidin'izy ireo mandrakariva ihany koa ny tenin'ny Tompony hoe: "Fa izay lehibe aminareo no ho mpanompo anareo. Fa izay manandra-tena no haetry; ary izay manetry tena no hasandratra" (Mat. 23:11-12).

Misy fironana mampanahy eo anivon'ny pasitera Afrikana dia ny fitakiana anaram-boninahitra manindrahindra ny tena. Jesosy dia nampitandrina ny amin'izany fanao izany. Hoy izy tamin'ny Mpianany: "Fa ianareo kosa aza mba mety hatao hoe: Raby ô; fa iray ihany no mpampianatra anareo, ary ianareo rehetra dia mpirahalahy avokoa. Ary aza milaza olona etỳ an-tany ho rainareo; fa iray ihany no Rainareo, dia Izay any an-danitra. Ary aza mba mety hatao hoe mpitarika ianareo; fa iray ihany no Mpitarika anareo, dia Kristy. Fa izay lehibe aminareo no ho mpanompo anareo" (Mat. 23:8-11). Ny lehilahy sy vehivavy kely saina

matetika no mitady anaram-boninahitra lehibe. Ny tena mpitarika lehibe kosa, afapo amin'ny fahitana ny tenany fa mpanompon'i Kristy.

Ny alina talohan'ny nanombohana Azy, Jesosy dia nihaona manokana tamin'ny mpianany tao amin'ny efitrano ambony tao Jerosalema. Tao no nampianarany azy ireo lesona mikasika ny fitarihana manompo. Rehefa vita ny sakafon'ny Paska dia nitsangana ny Mpamonjy ka nametraka ny lambany ary naka lamba famaohana, ka nisikinany. Nofenoiny rano ny tavy ary nanomboka nanasa ny tongotry ny mpianatra sy namaoka izany tamin'ny lamba famaohana izay nisikinany Izy. Rehefa vita izany dia hoy izy nanontany azy ireo: "Fantatrareo va izay nataoko taminareo?"

Nazavain'i Jesosy tamin'izy ireo hoe: "Hianareo manao Ahy hoe Mpampianatra sy Tompo; ary marina ny filazanareo, fa izany tokoa Aho. Koa raha Izaho, Tompo sy Mpampianatra aza, no nanasa ny tongotrareo, ianareo kosa mba tokony hifanasa tongotra. Fianarana no nomeko anareo, mba hanaovanareo araka izay nataoko taminareo" (Jaona 13: 13-15). Nampianarin'i Jesosy ny Mpianany fa ny lehibe indrindra ao amin'ny Fanjakany dia izay manatanteraka ny andraikitrin'ny mpanompo farany ambany indrindra ao an-trano.

Noho izany, amin'ny maha pasitera Pentekôtista, tsy maintsy manohitra ny fitaomana feno fitaka ataon'ny fahefana sy ny fireharehana ianao. Amin'ny maha tena mpitarika mpanompo; tsy tokony hanararaotra ny vahoakan'Andriamanitra ianao. Ny tsy maintsy ataonao dia ny manompo sy mitahy azy ireo.

**Fangorahana**

Faharoa, amin'ny mpitarika mpanompo marina, ny pasitera Pentekôtista dia tokony hangoraka ny olona niantsoana anao ho mpitarika ianao. Ny mangoraka olona iray dia mampitovy ny tenanao amin'izy ireo ary mifampizarana ny fihetseham-pony, ny ratrany ary ny fifaliany. Ny Baiboly dia milaza fa Jesosy, ilay Mpisorona be lehibentsika dia "mahay miara-mitondra ny fahalementsika" (Heb. 4:15). Fangorahany an'i Maria sy Marta no nahatonga Azy niara-nitomany tamin'izy ireo teo amin'ny fasan'i Lazarosy (Jaona 11:35). Tahaka an'i Jesosy, amin'ny maha mpitarika mpanompo, tsy maintsy mianatra "Miara-mifaly amin'izay mifaly, ary miara-mitomany amin'izay mitomany" ianao (Rom.12:15).

**Fangarahara**

Fahatelo, amin'ny maha mpitarika mpanompo, ny pasitera Pentekôtista dia tsy maintsy miezaka ho mangarahara amin'ny fomba fifandraisana amin'ny vahoaka. Midika izany fa tsy tokony hiezaka hanafina amin'ny hafa ny tena maha izy azy marina izy. Tsy miezaka ny haneho toetra tsy ananany akory. Nampahatsiahivin'i Paoly ny Korintiana ny fangaraharan'ny fiainany manokana: "tamin'ny fahamasinana sy ny fahadiovam-po" hoy izy nanoratra "nitondranay tena teo amin'izao tontolo izao, mainka fa teo aminareo" (2 Kor. 1:12). Taty aoriana dia nampiany koa hoe: "Ry Korintiana, ny vavanay misokatra aminareo, ny fonay malalaka" (2 Kor. 6: 11).

Ny fangaraharana tahaka izany dia manokatra ny lalan'ny serasera eo aminao sy ny mpikambana ao amin'ny fiangonanao. Hanomboka hahita ny olona fa mahitsy sy azo itokiana ianao. Noho izany, ho sahy hametraka ny fitokisany aminao izy ireo. Hahafaly azy ireo ny hanaraka ny fitarihanao.

**Fitokisana**

Fahefatra, amin'ny maha mpitarika mpanompo, ny Pasitera Pentekôtista dia hatoky ny vahoakan'Andriamanitra. Mino izy fa ny Fanahy Masina izay mitoetra, manafy hery ary mitarika azy dia mitoetra, manafy hery ary mitarika ny mpikambana ao aminy. Noho izany, ny pasitera Pentekôtista dia afaka matoky ny vahoakan'Andriamanitra sy manankina asa fanompoana amin'izy ireo. Izany no nataon'i Jesosy tamin'ireo Mpianany roa ambin'ny folo (Jaona 20:21). Izany ihany koa no nataon'i Paoly tamin'i Timoty (2 Tim. 2:2). Raha tokony hanao asa folo, ny pasitera mahomby dia hanafy hery mpikambana folo hanatanteraka izany asa izany.

Noho izany, amin'ny maha mpitarika mpanompo mahatoky, tsy maintsy jerenao akaiky ny fanomezam-pahasoavana nomen'Andriamanitra ny hafa. Tsy maintsy mandany fotoana miaraka amin'izy ireo, mampitao ary manofana azy ireo hanao ny asa ianao. Rehefa mitombo ny fahatakarana sy ny fahaiza-manaon'ireo mpitarika vaovao ireo, dia azonao atao ny manankina andraikitra bebe kokoa amin'izy ireo. Tsy maintsy omenao azy ireo koa ny fahefana ilainy amin'ny fampahombiazana ny fanatanterahan'izy ireo ny andraikiny vaovao. Mihoatra

noho izany rehetra izany, tokony ho fifaliana ho anao ny mahita ny hafa mandray anjara amin'ny fanatanterahana ny iraka.

**Fifandraisana**

Fahadimy, amin'ny maha mpitarika mpanompo, ny pasitera Pentekôtista dia tsy maintsy mianatra mifandray tsara amin'ireo izay tarihany. Tafiditra ao anatin'ny fifandraisana ny fitenenana amim-pahendrena sy ny fihainoana amim-pahamalinana. Mampahery ny Baiboly hoe: "Aoka ny fiteninareo ho amin'ny fahasoavana mandrakariva, ho mamy sira" (Kolosiana 4:6). Manoro hevitra antsika koa izy hoe: "Kanefa aoka ny olona rehetra halady [ho vonona] hihaino" (Jakoba 1:19). Araka izany, amin'ny maha mpitarika mpanompo mahomby, tsy maintsy mandany ny ampahany besaka amin'ny fotoananao sy ny herinao amin'ny fiezahana ho olona mahomby amin'ny fifandraisana ianao.

**Hosotra**

Farany, amin'ny maha mpitarika mpanompo, ny pasitera Pentekôtista dia tsy maintsy mikatsaka ny hosotrin'ny Fanahy Masina. Tsy maintsy ataony azo antoka fa manao izany koa ny mpitarika hafa ao amin'ny fiangonana. Noraisin'ny mpianatra ny hosotra tamin'ny fotoana nanaovana batisa azy ireo tamin'ny Fanahy Masina tamin'ny Andro Pentekosta (Asa 2:4). Nohazonina tamin'ny alalan'ny fandehanana araka ny Fanahy izany (Gal. 5:25).

Jesosy no ohatra fara tampony amin'ny endrikin'ny mpitarika manompo voahosotrin'ny Fanahy. Rehefa nanomboka ny asa Fanompoany i Jesosy dia nanambara fa ny Fanahy Masina no nanosotra Azy hanompo ny hafa amin'ny alalan'ny fiahiana ny zavatra ilain'izy ireo (Lioka 4:18-19). Tahaka izao no nanoritsoritan'i Petera ny asa fanompoana voahosotra nataon'i Jesosy: "Izay nohosoran'Andriamanitra tamin'ny Fanahy Masina sy ny hery sady nandehandeha nanao soa sy nahasitrana izay rehetra azon'ny herin'ny devoly, satria Andriamanitra nomba Azy" (Asa 10: 38).

Tahaka an'i Jesosy, tsy tokony hanandrana hanao ny asan'Andriamanitra amin'ny hery sy ny fahaizantsika isika. Tokony hiantehitra amin'ny hery sy ny hosotrin'ny Fanahy isika (Lioka 24:49; Asa 1:8)

## OHATRA AMIN'NY FITARIHANA MANOMPO

Ny Baiboly dia ahitantsika ohatra maro mikasika ny fitarihana manompo. Ndeha isika hijery efatra amin'ireo ohatra ireo. Ny roa dia hitantsika ao amin'ny Testamenta Taloha ary ny roa kosa ao amin'ny Testamenta Vaovao.

### Mosesy: nizara asa fanompoana

Mosesy dia ohatra tsara amin'ny mpitarika mpanompo feno fanetren-tena izay nizara ny asa fanompoany tamin'ny hafa. Nanankinan'Andriamanitra asa fanompoana lehibe i Mosesy satria nofidiany ho mpitarika ny Vahoakany (Eks. 3:1-10). Andriamanitra dia niresaka matetika nifanatrika tamin'i Mosesy "tahaka ny olona miresaka amin'ny sakaizany" (33:11). Nampiasain'Andriamanitra tamin'ny famantarana sy fahagagana maro teo anivon'ny vahoakany i Mosesy (4:21; Asa 7:36). Tsy mba nireharehana nefa izy. Nisafidy ny hitarika ny vahoakan'Andriamanitra tamin'ny fanetren-tena izy (Nom. 12:3).

Ny Baiboly dia mitantara amintsika ny fomba nanoloran'ny rafozan-dahiny saina an'i Mosesy tamin'ny fanatanterahany ny asany (Eks. 18:13-27). Rehefa hitan'i Jetro rafozan'i Mosesy ny fomba nanaovany ny asany dia notoroany hevitra izy: "Tsy tsara izao zavatra ataonao izao...mavesatra aminao loatra izao zavatra izao, ka tsy ho zakanao irery ny hanao izao" (and. 17-18). Narahan'i Mosesy ny torohevitr'i Jetro rafozany ary nozarainy tamin'ny lehilahy mendrika itokisana ny sasany tamin'ny andraikiny. Vokany, maivamaivana i Mosesy, nandroso ny asa ary voatahy ny vahoaka.

### Davida: nanondrotra ny hafa

Ny ohatra iray amin'ny mpitarika mpanompo dia Davida Mpanjaka. Ilay nantsoin'Andriamanitra hoe: "lehilahy araka ny foko" (Asa 13:22; jereo ny 1 Sam. 13:14). Satria azon'i Davida antoka tsara ny toerana naha mpanjaka sy naha mpanompon'ny vahoakan'Andriamanitra azy, afaka nandany ny fotoanany sy ny heriny tamin'ny fananganana ny hafa izy.

Tamin'ny naha mpitarika mpanompo feno fanetren-tena an'i Davida dia tsy mba natahotra ny fahombiazan'ny hafa tahaka an'i Saoly izy. Olona nahavita zavatra goavana afaka nifaninana tamin'ny vitany no nalain'i Davida nanodidina azy (1 Tant. 11:10-47). Nomeny voninahitra izay rehetra niasa teo ambany

fitarihany, nampahereziny izy ireo mba hahomby (and. 17-19, 25). Ny fahavononan'i Davida hanondrotra ny hafa no niantoka ny fahombiazany sy nahatonga ny soa teo amin'ny fiainan'izy rehetra niara-nanompo taminy.

**Paoly: mpanolo-tsaina manana toe-panahy araka an'Andriamanitra**

Ny ohatra fahatelo amin'ny mpitarika mpanompo manetry tena dia ny apostoly Paoly. Na dia nofidin'Andriamanitra ho apostoly aza izy, ny fahitany ny tenany dia mpanompon'i Kristy (Rom. 1:1; Tit. 1:1). Hoy izy, indray mandeha raha niresaka mikasika ny tenany "Fa izaho dia ambany indrindra amin'ny Apostoly" (1 Kor. 15:9). Barnabasy no nanampy sy nanolo-tsaina azy (Asa 9:26-27; 11:25-26). Taty aoriana dia tamim-pahavitrihana no nanolorany saina ny hafa. Ny taratasy nosoratany no maneho amintsika fa tsy nitsahatra nanangana ny hafa izy.

Ny roa tamin'ny fahombiazana lehibe hitan'i Paoly dia i Timoty sy Titosy. Nanolo-tsaina an'i Timoty izy (Asa 16:1-5), ary rehefa tonga ny fotoana dia nankininy tamin'io "zanany amin'ny finoana io" ny fitarihana ny fiangonana tany Efesosy (1 Tim. 1:2-3). Nanolo-tsaina an'i Titosy koa izy ary nanendry azy hitarika ny fiangonana tany Kreta (Tit. 1:5). Raha tsy niezaka nanolo-tsaina an'i Timoty, Titosy ary ny maro hafa ny apostoly Paoly dia very maina tanteraka ny hery mahataona tao anatiny sy ny asany.

**Jesosy Kristy: Ohatra faratampony**

Ny Tompo Jesosy Kristy no ohatra faratampony amin'ny fitarihana manompo. Nampianatra izy fa ny tena fitarihana marina ao anatin'ny fanjakan'Andriamanitra dia fanompoana ny hafa tsy misy fitiavan-tena (Lioka 22:24-27). Avy eo, nasehony tamin'ny alalan'ny fiainany manokana sy ny asa fanompoany izany. Hoy i Jesosy raha niresaka mikasika ny tenany: "Fa ny Zanak'olona tsy tonga mba hotompoina, fa mba hanompo ka hanolotra ny ainy ho avotra hisolo ny maro" (Marka 10:45). Tahaka izao no nanoritsoritan'i Paoly ny endrikin'ny asa fanompoana fitarihan'i Jesosy:

> "Aoka ho ao aminareo izao saina izao, izay tao amin'i Kristy Jesosy koa, Izay, na dia nanana ny endrik'Andriamanitra aza, dia tsy nataony ho zavatra hofikiriny mafy ny fitoviana amin'Andriamanitra, fa nofoanany ny tenany

tamin'ny nakany ny endriky ny mpanompo sy nahatongavany ho manampitoviana amin'ny olona; ary rehefa hita fa nanan-tarehy ho olona Izy, dia nanetry tena ka nanaiky hatramin'ny fahafatesana, dia ilay fahafatesana tamin'ny hazo fijaliana" (Fil. 2:3-4).

Izany no nahatonga an'i Paoly nanentana ny kristiana, indrindra ireo ao anatin'ny fitarihana kristiana hoe: "tsy manao na inona na inona amin'ny fifampiandaniana, na mandrani-tena foana fa amin'ny fanetren-tena dia aoka samy hanao ny namany ho mihoatra noho ny tenany. Aza samy mihevitra ny azy ihany, fa samy ny an'ny namany koa" (Fil 2:3-4)

## NY SEHATRA ISEHOAN'NY FITARIHANA MANOMPO

Ny toetran'ny fitarihana manompo dia tsy maintsy miseho amin'ny sehatra telo eo amin'ny fiainana sy ny asa fanompoan'ny pasitera Pentekôtista: ao antokantrano, ao anatin'ny fiangonana ary eo amin'ny fiaraha-monina.

**Fitarihana manompo ao an-tokantrano**

Amin'ny maha pasitera Pentekôtista, ny sehatra voalohany tokony hanehoanao ny fitarihana manompo dia ao an-tokantranonao. Alohan'ny hanompoanao ny fiangonana, tsy maintsy mahatoky amin'ny fanompoana ny vadinao sy ny zanakao ianao. Izao no nolazain'i Paoly mikasika ny mpitandrina, na ny pasitera: "manapaka tsara ny ankohonany, mampanaiky ny zanany amin'ny fahamaotinana tsara" (1 Tim. 3:4). Nampiany koa hoe: "fa raha misy olona tsy mahay mitondra ny ankohonany, hataony ahoana no fitandrina ny fiangonan'Andriamanitra? (and. 5)

Noho izany, amin'ny maha pasitera Pentekôtista, tsy maintsy tonga saina ianao fa ny sehatra voalohany hampiharanao ny fitarihana manompo dia ny ankohonanao. Tsy maintsy vonona hanetry ny tenanao sy hanompo ny vady amanjanakao ianao. Amin'ny teny hafa, ny ankohonanao no "fiangonanao voalohany", ary ny fiangonana tarihanao dia "sampam-piangonana". Ny toetra entinao manompo ny ankohonanao ihany no toetra hanompoanao ny fiangonanao. Tsy maintsy mpitarika mpanompo amin'ireo sehatra roa ireo ianao.

**Fitarihana manompo ao anatin'ny fiangonana**

Ny sehatra faharoa hanehoanao ny fitarihana manompo dia ao anatin'ny fiangonana. Tokony hahita ny tenanao tahaka ny fanomezana natolotr'i Kristy ny fiangonana ianao (Efe. 4:11-12). Ambonin'izany, tsy maintsy azonao tsara fa Kristy dia niantso anao hiandry ny vahoakan'Andriamanitra. Hoy i Petera raha nanoratra ho an'ny loholona: "Andraso ny ondrin'Andriamanitra izay eo aminareo, mitandrina azy tsy an-tery, fa amin'ny sitrapo, tsy amin'ny fitiavana harena maloto, fa amin'ny zotom-panahy; tsy ho mpanjakazaka, amin'ny anjara-fiandrasana, fa ho fianaran'ny ondry" (1 Pet 5:2-3).

Amin'ny maha mpitarika mpanompo marina, tsy maintsy miandry ny ondrin'Andriamanitra amin'ny alalan'ny famahanana azy ireo amin'ny Tenin'Andriamanitra, ny fanatanjahana ny malemy sy ny ny osa, ary ny fivavahana ho an'ny marary sy ny mijaly. Tsy maintsy miaro ny ondry amin'ny amboadia masiaka ihany koa ianao (Asa 20:28-31). Ankoatr'izay, tsy maintsy tonga fakantahaka amin'ny fanompoana araka an'Andriamanitra amin'ny alalan'ny fanehoana amin'ny vahoaka ny fomba fiahiana ny hafa sy ny fandrisihana azy ireo hanao tahaka izany. [1]

**Fitarihana manompo eo amin'ny fiaraha-monina**

Amin'ny maha pasitera Pentekôtista, ny sehatra fahatelo hanehoanao ny fitarihana manompo dia eo amin'ny fiaraha-monina. Araka izany, tsy tokony hahita ny tenanao tahaka ny mpiandry ny ankohonanao sy ny fiangonana fotsiny ianao. Amin'ny maha pasitera, mpitandrina ny tanàna na ny fiaraha-monina misy anao ihany koa ianao. Nampianatra i Jesosy fa isika dia tokony ho "fanasin'ny tany" sy "fahazavan'izao tontolo izao" (Mat. 5:13-16). Noho izany, tsy maintsy mampitovy ny tenanao amin'ny olona eo amin'ny fiaraha-monina misy anao

---

[1] Raha mila fanazavana mikasika ny fiandrasana ny vahoakan'Andriamanitra ianao dia jereo ny toko 24: "Fikarakarana ny Ondry" sy ny toko 27: "Fiandrasana ny ondry".

ianao, mivavaka ho azy ireo, manompo azy ireo ary mizara ny fitiavan'i Kristy amim-pahatokiana amin'izy ireo.[2]

---

Jesosy no nametraka ny fenitrin'ny fitarihana manompo ao anatin'ny fiangonana. Hoy Izy tamin'ny Mpianany "Fa ny Zanak'olona tsy tonga mba hotompoina, fa mba hanompo ka hanolotra ny ainy ho avotra hisolo ny maro" (Marka 10:45). Ny pasitera Pentekôtista dia tsy maintsy manaraka ny diantongotrin'ny Tompony. Ary tsy maintsy manaja ilay Teniny hoe: "Raha misy teho voalohany, dia hatao farany amin'izy rehetra sy ho mpanompon'izy rehetra izy" (9:35).

[2] Raha handalina bebe kokoa mikasika ny fiahiana ny fiaraha-monina dia jereo ny toko 38: "Fanompoana ny fiaraha-monina".

# ~ Toko 30 ~

# Fitarihana miaraka amin'ny vina

Taorin'ny vavaka naharitra sy fandinihan-tena lalina, nahatsapa i Pasitera Emmanuel fa Andriamanitra dia niantso azy handao ny fiangonana mampiadana nisy azy tao an-tanan-dehibe sy hitondra ny ankohonany ho amin'ny toerana ambanivohitra anaty ala mikitroka. Tsy mbola nisy hetsika fananganana fiangonana tany amin'io toerana io. Hoy ilay pasitera mitantara "io no faritany tsy voatory ny filazantsara indrindra tao amin'ny fireneko, kanefa tany no tian'Andriamanitra nalehako sy ny ankohonako". Azony antoka nefa fa Andriamanitra no nametraka izany vina izany tao am-pony.

Notarihan'ny Fanahy Masina ho any amin'ny tanàna anankiray i pasitera Emmanuel. Na dia tena nety tamin'ny fametrahana paikady aza io tanàna io dia fantatra ihany koa fa feno mosavy sy ody ratsy. Nanomboka tamin'ny fotoana nahatongavan'izy ireo dia tsy nitsahatra nahazo fandrahonana avy amin'ny mpimasy tao an-tanàna i pasitera sy ny vadiny. Naharitra nefa izy mivady, nanambara ny filazantsara tamim-pahatokiana tamin'ny olona rehetra nety nihaino. Voavonjy sy feno ny Fanahy Masina ny olona ary nanomboka nitombo sy nihamatotra ny fiangonana.

Matetika i pasitera Emmanuel no mizara ny vinany hanangana fiangonana voatafy ny herin'ny Fanahy Masina amin'ny mpikambana ao aminy. Afaka

fotoana fohy, nisy naharay ilay vina ary nanomboka nisy mpikambana nitsangana tao anatin’ny fiangonany. Nohofanin’i pasitera Emmanuel ho amin’ny asa fanompoana izy ireo. Nentin’i pasitera Emmanuel nitory ny filazantsara tany amin’ny tanàna manodidina ireo mpitarika vao nisondrotra ireo. Tao anatin’ny taona maromaro dia nahatsangana fiangonana maro be izy ireo. Nanofana misionera mihitsy aza izy ireo ary naniraka ireny hanangana fiangonana tany amin’ny foko tsy mbola tratran’ny filazantsara tany avaratra.

Amin’izao fotoana izao, dia tena miroborobo ny fiangonan’i pasitera Emmanuel. Mitohy manangana fiangonana vao ao amin’izany faritra izany ireo olona mandray ny tanjona sy mahita ny tenany ao anatin’ny vinan’ny pasitera. Pasitera Emmanuel dia maneho marina ny atao hoe mpitarika manana vina.

Mba hahafahana mitarika ny fiangonana amim-pahombiazana ao anatin’ny iraka, ny pasitera Pentekôtista dia tsy maintsy mahatakatra mazava tsara ny tanjon’Andriamanitra ho an’ny fiangonana. Tsy maintsy manana vina mazava tsara ny amin’ny fomba handraisan’ny fiangonany anjara ao anatin’izany tanjona izany ihany koa izy. Rehefa ampitain’ny pasitera mazava tsara amin’ny fiangonana ny vina dia voaentana hanaraka ny olona. Rehefa tsy mahomby amin’ny fampitana izany vina izany izy dia hosahirana ny fiangonana (jereo ny Ohabolana 29:18). Ity toko ity dia hiresaka mikasika ny fitarihana ny fiangonam-paritra miaraka amin’ny vina.

## FAMARITANA NY FITARIHANA MIARAKA AMIN’NY VINA

Ny pasitera mpitarika manana vina dia lehilahy na vehivavy mitarika ny vahoakan’Andriamanitra any amin’ny toerana tian’Andriamanitra hisy azy ireo. ireo mpitarika tarihan’ny Fanahy Masina ireo dia afaka mahita any ankoatran’ny ankehitriny, any amin’ny ho avy. Afaka mamakafaka ny toe-javatra misy ny fiangonana ankehitriny sy mahatakatra ny tanjany sy ny fahalemeny izy ireo. Fanampin’izany, hitan’izy ireo ihany koa ny tokony ho toerana misy ny fiangonana. Azony sary an-tsaina ihany koa ny lalana hahafahan’ny fiangonana mahatanteraka ny tanjona avy amin’ny tsindrimandrin’Andriamanitra. Farany, ny mpitarika Pentekôtista manana vina dia afaka manainga fanahy ny fiangonana handroso amin’ny fanatanterahana ny tanjona.

## NY TOETRAN'NY MPITARIKA MANANA VINA

Ndeha isika hijery toetra valo, izay ambaran'ny Soratra Masina fa mampiavaka ny mpitarika manana vina:

**Tarihan'ny Fanahy**

Voalohany, ny tena mpitarika manana vina dia tarihan'ny Fanahy. Alohan'ny hahafahan'ny pasitera Pentekôtista mitarika ny fiangonany ao anatin'ny tanjon'Andriamanitra, tsy maintsy feno ny Fanahy Masina sy mahay manaraka ny Fitarihany izy (jereo ny Galatiana 5:25). Tsy maintsy vonona hiala amin'ny drafiny manokana sy hanaraka amim-pirehetam-po ny drafitr'Andriamanitra izy ireo.

**Feno ny finoana**

Faharoa, ny mpitarika manana vina dia feno finoana. Manana fahaizana mino an'Andriamanitra sy mitoky Aminy ao anatin'ny zava-tsarotra atrehany sy ny toe-javatra ratsy lalovany izy ireo (Heb. 11:1-37).

**Marina**

Fahatelo, ny mpitarika manana vina dia manolotra modely marina harahan'ny fiangonana (Fil. 3:7). Ny fahatokian'izy ireo tao anatin'ny asa fanompoana no manaporofo ny fahamarinan'ny fitarihan'izy ireo ny fiangonana. Izy ireo no maneho marina ny fomba tian'Andriamanitra hamalian'ny fiangonana ny vina nomen'Andriamanitra.

**Mifantoka amin'ny ho avy**

Fahefatra, ny mpitarika manana vina dia mifantoka amin'ny ho avy. Ny sainy dia tsy mifantoka amin'ny zavatra vita omaly, fa amin'ny fotoana fanararaotra rahampitso. Io toetra io no nasehon'i Paoly tao anatin'ny fanambarany hoe: "zavatra iray loha no ataoko; manadino izay zavatra ao aoriana ka miezaka hanatratra izay zavatra eo aloha" (Fil. 3:13).

**Mpaminany sy mpanatanteraka**

Fahadimy, ny mpitarika manana vina dia sady mpaminany no mpanatanteraka. Mpaminany izy satria mahita ny zavatra azo tanterahana. Mpanatanteraka izy satria manao izay rehetra tokony hatao hahatanteraka ny tanjona. Sady maminavina ny ho avy ny mpitarika manana vina no tsy maintsy afaka mitarika ny fiangonana ao anatin'ny fanambin'ny ankehitriny.

**Mendrika itokisana**

Fahenina, ny mpitarika manana vina dia mendrika itokisana. Nasehony tamin'ny alalan'ny tantaran'ny lasany fa azo ianteherana izy. Noho izany, ny olon'Andriamanitra dia vonona hanaraka azy any amin'ny ho avy.

**Manan-kery mitaona**

Fahafito, ny mpitarika manana vina dia manan-kery mitaona. Nomen'Andriamanitra fahaizana manainga fanahy ny hafa hiasa izy. Manana ny fanomezam-pahasoavana sy ny fahaiza-manao takiana amin'ny fitaomana ny toetra, ny safidy ary ny asan'ny hafa ho amin'ny tsara izy.

**Fahasahiana**

Farany, ny mpiatrika manana vina dia feno fahasahiana. Sahy mandeha amin'ny ho avy tsy azo antoka izy. Tamin'ny fotoana nandaozan'i Pasitera Emmanuel ny toerana nahazatra azy sy ny fiadanana tao an-tanan-dehibe dia tsy fantany izay niandry azy. Kanefa, tamim-pahasahiana no nitarihany ny ankohonany ho any amin'ny tsy fantatra sy nitokisany fa Andriamanitra no hiahy izay ilainy.

## OHATRA NY AMIN'NY MPITARIKA MANANA VINA

Ny Baiboly dia tantaran'ny lehilahy sy vehivavy natsangana sy nohosoran'Andriamanitra ho mpitarika manana vina. Ireo mpitarika ireo dia naneho tamin'ny alalan'ny fiainany ny toetran'ny mpitarika manana vina noresahantsika teo aloha. Ireto misy olona enina tafiditra ao anatin'ny sokajin'ny mpitarika manana vina.

**Abrahama: Vina feno finoana**

Abrahama dia mpitarika manana vina sady feno finoana. Nibanjina ny ho avy tamin'ny finoana izy ary nahita "tanàna misy fanorenana (izy), Andriamanitra no Tompo-marika sy Mpanao izany" (Heb. 11:10). Avy eo, tamin'ny finoana no nitondrany ny ankohonany ho any amin'ny tany tsy fantatra, nino fa Andriamanitra dia hanatanteraka ny Teny fikasany taminy (Heb. 11:8). Ny fanaovana izany no nahatonga azy "ho rain'ny olona rehetra izay mino" (Rom. 4:11).

**Josefa: Vina ara-paminaniana**

Josefa dia nitarika niaraka tamin'ny vina ara-pamianiana. Andriamanitra no nanome azy ny hevitrin'ny faminanian'i Farao (Gen. 41:15-24). Taorian'izay i Josefa dia nanolotra torohevitra azo ampiharina ho an'ny mpanjaka mikasika ny tokony hamaliana ny fahitana nomena azy (and. 25-36). Vokany, maro no voavonjy tamin'ny mosary. Hitan'i Farao ny Fanahin'Andriamanitra tao amin'i Josefa ka nakariny tamin'ny toerana ambony indrindra tamin'ny fitarihana izy, nanarakaraka an'i Farao (and. 37-44).

**Josoa sy Kaleba: Vina feno fahasahiana**

Ny vina feno fahasahiana tao amin'i Josoa sy Kaleba no nahatonga azy ireo nandroso tamin'ny finoana raha nihemotra noho ny tahotra ny hafa (Nom. 14:6-9). Raha tokony nanolo-tena ho an'ny tahotra, Josoa sy Kaleba dia nisafidy ny hametraka ny finoany ao amin'Andriamanitra. Na dia tsy nety nanaraka ny fitarihany aza ny olona dia nitoetra nahatoky tamin'ny fanokanan-tenany sy nihazona ny fahaveloman'ny vinany izy ireo nandritra ny efapolo taona, nanomana ny taranaka manaraka hiditra ilay tany nampanantenaina.

**Nehemia: Tanjona tokana**

Nehemia dia nitarika ny vahoakan'Andriamanitra tamin'ny fananganana ny mandan'i Jerosalema niaraka tamin'ny tanjona tokana. Nataony izany na dia tao anatin'ny fanoherana aza. Ny nanohana azy dia ny vinany mikasika izay azo atao raha mifantoka amin'ny asa nomen'Andriamanitra azy ny vahoakan'Andriamanitra.

**Hagay: Toetra tsy misy fitiavan-tena**

Ny toetra tsy nisy fitiavan-tena tao amin'i Hagay dia nanainga fanahy ny vahoakan'Andriamanitra hiala tamin'ny fifantohana fotsiny tamin'ny tenany sy hametraka an'Andriamanitra ho voalohany. Niantso azy ireo hitsahatra hampiasa ny volany rehetra amin'ny fanaovana trano ho azy ireo manokana izy. Ny antony dia mba hahafahan'izy ireo mampiasa ny volany amin'ny fananganana ny tranon'Andriamanitra. Nambaran'i Hagay mpaminany tamin'ny vahoakan'Andriamanitra fa raha miara-mihetsika ao anatin'ny tanjona tokana izy ireo dia ho vita ny asa.

**Jesosy: Ilay ohatra faratampony ho antsika**

Ny Tompo Jesosy Kristy no ohatra faratampony amin'ny mpitarika manana vina. Azony tsara ny antony nahatongavany, ny toerana halehany ary ny tsy maintsy ataony hahatongavana any. Izy no ohatra tonga lafatra amin'ny olona mahita ny lalana sy manokan-tena feno amin'ny fanarahana izany lalana izany (jereo ny Heb. 12:2). Niantso olona izy, nanofana azy ireo ary nanainga fanahy azy ireo hiara-hiasa taminy.

**Paoly: Misionera manana vina**

Aorian'i Jesosy dia i Paoly no mpitarika misionera lehibe indrindra teo amin'ny tantara. Vina avy any an-danitra, hitondra ny filazantsara any amin'ny firenena Jentilisa no nitarika an'i Paoly. Nampitainy tamin'ny hafa ny vina, ary nametraka modely azo alaina tahaka amin'ny fitoriana ny filazantsara, ny fananganana fiangonana ary ny iraka izy. Teo amin'ny faran'ny asa fanompoany, afaka nijoro vavolombelona i Paoly hoe: "tsy nandà ny fahitana avy tany an-danitra aho" (Asa 26:19).

## NY HETSIKA AO ANATIN'NY FITARIHANA

Hahatonga antsika ho mpitarika manana vina marina, ilaina ny mahazo tsara ny hetsika ao anatin'ny fitarihana. Mila voarainao tsara ihany koa ny tena endrika fampiharana ny fitarihana miaraka amin'ny vina.

## Iraka sy vina

Ho fanombohana, tsy maintsy azonao aloha ny fifandraisana eo amin'ny iraka sy ny vina. Ao anatin'ny fanjakan'Andriamanitra, ny vina dia mitombo avy ao anatin'ny iraka fa tsy ny mifanohitra amin'izany. Andriamanitra dia efa nanapakevitra mikasika ny irakin'ny fiangonana. Ny irak'Andriamanitra, antsoina matetika hoe *missio Dei* dia ny hanavotra sy hiantso ho an'ny tenany olona avy amin'ny fokom-pirenena rehetra sy ny samy hafa fiteny ary ny firenena rehetra eto ambonin'ny tany alohan'ny hiverenan'i Jesosy. Niresaka mikasika izany i Jesosy ao anatin'ny Iraka Lehibe: "koa mandehana ianareo, dia ataovy mpianatra ny firenena rehetra, manao batisa azy ho amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina sady mampianatra azy hitandrina izay rehetra nandidiako anareo" (Mat.28:18-20; jereo koa ny Marka 16:15-18; Lioka 24:49; Jaona 20:21; Asa 1:8). Ny antom-pisin'ny fiangonana dia hanatanteraka ny irak'Andriamanitra[1].

Kristy dia nandidy ny pasitera Pentekôtista sy ny fiangonana tsirairay handray anjara amin'ny Irany. Nandidy ny fiangonana tsirairay ho tonga fiangonana misionera Izy. Araka izany, tsy maintsy mandray anjara mavitrika ao anatin'ny fitoriana ny filazantsara, ny fanaovana mpianatra ary ny fananganana fiangonana izy. Fanampin'izany, ny pasitera Pentekôtista tsirairay dia tsy maintsy mamboly vina hanangana sy handefa misionera sy mpiasa kristiana hafa. Tsy maintsy manokan-tena ho an'ny fanohanana ireo mpiasa ireo amin'ny alalan'ny vavaka sy ara-bola koa nefa izy[2].

Ny vina dia miresaka mikasika ny fahitan'ny fiangonana hetsehan'ny Fanahy Masina ny andraikiny ao anatin'ny irak'Andriamanitra. Ny vina dia manana toetra ara-paminaniana, tsy mifantoka amin'ny asa anio fotsiny fa amin'ny fahafahana manao zavatra rahampitso koa.

---

[1] Raha mila fanazavana bebe kokoa momba ny vina mikasika ny iraka dia jereo ny toko 31: "Fitarihana ao anatin'ny Iraka".

[2] Raha te handalina mikasika ny fanetsehana ny fiangonanao ho amin'ny iraka ianao dia jereo ny toko 40: "Fampivelarana tetikasa misionera eo amin'ny fiangonana".

Ny vina dia tetezana eo anelanelan'ny hatsana mampisaraka ny fiangonana anio sy ny tian'Andriamanitra hisy ny fiangonana rahampitso. Ny vina dia sary avy amin'ny Fanahy Masina maneho ao anatin'ny saina ny ho endrikin'ny fiangonana amin'ny ho avy, izay hotratrarina miaraka amin'ny fanampian'Andriamanitra.

Rehefa manomboka mankamamy ny irak'Andriamanitra ianao sy ny fiangonanao dia homen'Andriamanitra vina mikasika izay tiany hotanterahahinao. Araka ny noresahana teo aloha, ny vina avy amin'Andriamanitra dia hifanaraka mandrakariva amin'ny irak'Andriamanitra. Izany no maha zava-dehibe ny fahazoana tsara ny atao hoe irak'Andriamanitra sy ny ifandraisan'izany amin'ny tanjon'ny fiangonana eto an-toerana. Ny vina dia avy amin'ny iraka, avy ao amin'ny vina no ivoahan'ny tanjona, ary avy amin'ny tanjona kosa ny hetsika.

**Fambolena vina**

Tahaka ny tsy maintsy hambolena ny saha raha tiana ny hamokatra tsara, tsy maintsy ambolena ihany koa ny vina raha tiana hamokatra paikady avy amin'ny tsindrimandrin'Andriamanitra. Ny vina dia tsy maintsy ambolenao ao anatin'ny fonao sy ao anatin'ny fiangonanao tarihanao amin'ny alalan'ireto tetikady telo manaraka ireto:

*1. Famakiana amim-pandinihana ny Baiboly*. Voalohany, ny vina dia azonao ambolena ao anatin'ny fonao amin'ny alalan'ny famakiana amim-pandinihana ny Baiboly. Afaka mamaky ny tantaran'ireo mpitarika lehibe ao amin'ny Soratra Masina, izay nampiasain'Andriamanitra nampandroso ny fanjakany ao anatin'ny vavaka ianao. Rehefa mamaky ianao dia apetraho amin'ny tenanao ireto fanontaniana manaraka ireto:

- Inona no vina napetrak'Andriamanitra tao anatin'ny fon'io mpitarika io?
- Ahoana no nahafantaran'ity mpitarika ity ny vina?
- Ahoana no nanatanterahany izany vina izany?
- Inona no lazain'Andriamanitra amiko amin'ny alalan'ity tantara ity?

Soraty ao anaty kahie ny valiteninao ary mivavaha hahatonga izany hiraikitra ao anatin'ny fo. Misy hisy fotoana ianao haniry hamorona toriteny avy amin'ireo hevitra ireo sy hampita izany amin'ny fiangonana. Amin'izay fotoana izay, ianao

sy ny fiangonanao dia afaka miara-mitombo ao anatin'ny fahatakarana ny irak'Andriamanitra sy ny andraikitrin'ny fiangonana ao anatin'ny fanatanterahana izany iraka izany.

*2. Fiandrasana an'Andriamanitra*: Faharoa, ny vina dia azonao ambolena ao anatin'ny fonao amin'ny alalan'ny fiandrasana an'Andriamanitra ao anatin'ny vavaka. Atombohy amin'ny fanakaikezana Azy amin'ny alalan'ny fisaorana sy fiderana avy amin'ny fo (Jak. 4:8). Raha vao mahatsapa ny fanatrehan'Andriamanitra ianao dia mivavaha hoe "Tompo, asehoy ahy ny sitraponao. Avelao aho hahita ny fonao". Tokony hitoetra ao amin'ny fanatrehan'Andriamanitra ianao, mivavaha ao amin'ny Fanahy ary henoy ny Feony (Rom. 8:26-27; Efe. 6:18).

Rehefa mivavaka tahaka izany, tokony hosoratanao izay hevitra na tolotsaina apetrakin'ny Fanahy Masina ao am-ponao na ao an-tsaina. Rehefa mandeha ny fotoana dia hitombo bebe kokoa sy haharesy lahatra anao ny sasany amin'ireo hevitra ireo. Mety ho tonga enta-mavesatra ao anatinao mihitsy aza izany. Ho tonga miaraka amin'izany enta-mavesatra izany ihany koa ny fahatakaranao ny zotra tian'Andriamanitra hitarihana ny fiangonana (Isa. 30:21). Azonao atao koa ny mitarika ny fiangonana ao anatin'ny fotoana fitadiavana ny taridalan'Andriamanitra.

*3. Fandinihana ny zavatra ilaina*. Farany, azonao atao ny mambony vina amin'ny alalan'ny fandinihana ao anatin'ny vavaka ny zavatra ilain'ny olona ao anatin'ny fiaraha-monina na amin'ny toerana voafaritra mazava (jereo ny Jaona 4:35). Mandritra ny fandinihanao izany, mangataha tolotsaina amin'Andriamanitra, mivavaha hoe: "Tompo, ampio aho hihoatra ny endrika ivelany ary hahita ny tena zavatra ilain'ny olona marina" (jereo ny 2 Kor. 4:18). Tokony hivavaka ihany koa ianao hoe: "Tompo, inona amin'ireo zavatra ilaina ireo no tianao hovahan'ny fiangonanay?" Rehefa vita ny vavaka dia mipetraha amim-pahanginana ary henoy ny valiny avy amin'Andriamanitra.

## Ny andraikitry ny Fanahy Masina

Miaina ao anatin'ny andro farany isika, fotoana handatsahan'Andriamanitra ny Fanahiny Masina amin'ny olombelona rehetra (Asa 2:17-18). Nomen'Andriamanitra antsika ny Fanahiny mba hanafy hery sy hitarika antsika

ao anatin'ny asa. Amin'ny maha tena mpitarika Pentekôtista, tokony hiantehatra mandrakariva amin'ny fitarihan'ny Fanahy Masina ianao. Na dia manana ny toerany aza ny fahaiza-manao amin'ny fitarihana sy ny paikady amin'ny fitomboan'ny fiangonana, tsy tokony hiantehatra loatra amin'ireo hevitra novolavolain'ny olona ireo ianao. Amin'ny maha mpitarika manana vina, tsy maintsy mikatsaka ny fitarihan'ny Fanahy sy manaraka ny fitarihany ianao, tsarovy ny tenin'ny mpaminany: "Tsy amin-kery na amim-pahatanjahana, fa amin'ny Fanahiko, hoy Jehovah, Tompon'ny maro" (Zak. 4:6)

**Fampitana ny vina**

Na dia tena ilaina aza ny hananan'ny tsirairay, tsy ampy ho anao ny manana vina sy mihazona izany ho an'ny tenanao fotsiny. Tsy maintsy hainao ny mampita ny vina amin'ny fiangonana. Tsy maintsy ataonao amin'ny fomba manainga fanahy sy manosika ny vahoakan'Andriamanitra hanaraka anao izany. Ity dingana ity dia fantatra amin'ny anarana hoe fampitana vina. Ny ampahany amin'ny asa nataon'i Jesosy niaraka tamin'ny Mpianany dia fampitana vina. Nizara tsy tapaka ny Vinany tamin'izy ireo izy ary nanainga fanahy azy ireo hanaraka Azy. Tahaka izany koa, tena zava-dehibe ny hampitanao ny vinanao amin'ny fiangonana sy hiantsoanao ny mpikambana "Aoka hanahaka ahy ianareo, dia tahaka ny anahafako an'i Kristy" (1 Kor. 11:1).

Mba hahatanteraka izany, ny vina dia tokony hanetsika ny fahaizan'ny olona maka sary an-tsaina. Tsy maintsy misy fanamby kanefa azo tratrarina tsara. Amin'ny teny hafa, ny vina dia tsy tokony ho lehibe loatra ka handreraka ny vahoaka. Tsy tokony ho kely loatra koa nefa ka tsy hanainga fanahy azy ireo. Raha lehibe loatra ny vina ka tsy voarain'ny olona, tsy maintsy zarazarain'ny pasitera ho tanjona azo tratrarina ao anatin'ny fotoana fohy sy ao anatin'ny fotoana maharitra.

Amin'ny ankapobeny dia fahendrena ny mizara tsikelikely ny vinantsika. Voalohany, azonao atao ny mizara ny vina amin'ny vadinao na ny namana tena akaiky sy amin'ny mpitarika azo itokisana. Afaka miresaka sy mivavaka mikasika izany ianareo ary mandray fijoroana vavolombelona avy amin'ny Fanahy mikasika ny tokony hatao. Aorian'izay, azonao atao koa ny mizara ny vinanao amin'ny komity sy ny mpiara-miasa ao amin'ny fiangonana sy mandresy lahatra

azy ireo handray izany. Ekipa no ilaina amin'ny fanatanterahana vina. Noho izany, ilaina ny hidiran'ny mpikambana rehetra ao amin'ny ekipa an-tsehatra.

Rehefa tonga ny fotoana hizarana ny vina amin'ny fiangonana, dia tsara raha manomana "Alahadin'ny Vina" ianao. Hanome fahafahana anao hanazava ny vina amin'ny olona izany. Tsy maintsy miresaka matetika mikasika ny vita sy mitory tsy tapaka mikasika izany ianao. Hanampy anao amin'ny fambolena ny vina ao am-pon'ny vahoaka izany.

Fanampin'izany, tsy maintsy ataonao azo antoka fa ny fiangonana manontolo no miara-mihetsika amin'ny fanatanterahana ny vina. Tsy maintsy mampahery ny tsirairay hanome, handeha, hiasa, hanompo, ary hanao sorona hahatanteraka ny vina ianao. Ao anatin'izany, azonao atao koa ny miantso olona vitsivitsy hizara fijoroana vavolombelona mikasika ny fanatanterahana ny vina. Ireny fijoroana vavolombelona ireny dia hanainga fanahy ny olona sy hihazona ny fiangonana amin'ny lalana tokony halehany.

**Fandresena ny sakana**

Tsy tokony ho gaga ianao raha zahana toetra ny fanatanterahana vina. Ny fiangonana rehetra miezaka manatanteraka ny vinan'Andriamanitra dia hisedra zava-tsarotra sy fanoherana demoniaka. Hoy i Paoly raha nanoratra tamin'ny kristiana tany Tesalonika: "Koa naniry hankany aminareo indray mandeha amana indroa izahay ... nefa nosakanan'i Satana izahay" (1 Tes. 2:18).

Izany fanoherana izany dia tsy afaka mampitsahatra na oviana na oviana ny fandrosoan'ny fiangonana. Tena ilaina kosa nefa ny hifikaranao sy ny fiangonanao amin'ny vina. Raha hitoetra mifantoka amin'ny vina nomen'Andriamanitra ianao dia Izy no hahatanteraka izany. Izao no fampanantenan'i Jesosy: "haoriko ny fiangonako; ary ny vavahadin'ny fiainan-tsi-hita tsy haharesy azy" (Mat. 16:18).

---

Tao amin'ny tantara nanombohana ity toko ity, pasitera Emmanuel dia nahatoky tamin'ny vina nomen'Andriamanitra Azy. Tamin'ny alalan'ny fankatoavana sy ny finoana no niarovany ny vina mandra-pahatanterak'izany. Afaka manao tahaka izany koa ianao. Raha hitanao ny vinan'Andriamanitra ho an'ny fiangonanao, ary raha hifikitra tsara amin'izany ianao na dia ao anatin'ny

fotoan-tsarotra aza dia ho hitanao koa ny fahatanterahan'ny vinanao. Afaka mitaky amim-patokiana ny teny fikasan'Andriamanitra tamin'i Habakoka ianao: "Fa ny fahitana [vina] dia mbola ho amin'ny fotoan'andro…Eny, na dia mitaredretra aza izy, andraso ihany, Fa ho avy tokoa izy ka tsy hijanona" (Hab. 2:3).

## ~ Toko 31 ~

# Fitarihana ao anatin'ny iraka

Indray andro, nandeha teny amoron'ny ranomasin'i Galilia i Jesosy. Tamin'izany no nahitany an'i Petera sy Andrea nanipy ny haratony tao anaty ranomasina. Hoy izy tamin'izy ireo: "Andeha hanaraka Ahy, fa hataoko mpanarato olona ianareo", dia hoy ny Baiboly: "Dia nandao ny harato niaraka tamin'izay izy ka nanaraka Azy" (Marka 1:16-18). Ny olona dia voasarika ho azy hanaraka mpitarika mahatakatra tsara ny iraka. Ho voasarika hanaraka azy tahaka ny nanarahan'i Petera sy Andrea an'i Jesosy ny olona.

Ity toko ity dia hifantoka amin'ny andraikitrin'ny pasitera Pentekosta amin'ny mpitarika ny iraka. Horesahana ato ny andraikiny amin'ny fitarihana ny fiangonana hanompo ny irak'Andriamanitra eto ambonin'ny tany. Mbola horesahana ato koa ny fomba hahafahana manainga fanahy ny hafa hanaraka azy ireo ao anatin'izany anton-javatra lehibe izany.

### NY PASITERA MIFANTOKA AMIN'NY IRAKA

Jesosy tenany dia mpitarika nifantoka tamin'ny iraka, ary miantso ny pasitera Pentekôtista hanao tahaka izany Izy. Mitady lehilahy sy vehivavy manana ny fanahy, ny fanokanan-tena ary ny finoana ilaina amin'ny hitarihana ny vahoakany ao anatin'ny iraka Izy (jereo ny 2 Kor. 16:9).

**Toetra ilaina**

Ny mpitarika mifantoka amin'ny iraka dia mahafantatra tsara izay halehany, ary fantany koa ny fomba heveriny hahatongavana any. Vokany, afaka manainga fanahy ny hafa hiaraka aminy ao anatin'ny dia izy. Ny pasitera mifantoka amin'ny iraka dia manana toetra tsara telo tena manan-danja:

*1. Fahatakarana:* Ny pasitera mifantoka amin'iraka dia mahazo tsara ny irak'Andriamanitra. Fantany tsara fa Andriamanitra dia Andriamanitra misionera ary Izy dia eo am-panatanterahana ny iraka fanavotana sy fiantsoana ny olona avy amin'ny firenena tsirairay eto ambonin'ny tany (Mat. 24:14; Apok. 5:9; 7:9). Io hevitra io ilay antsoina amin'ny teny latina hoe *missio Dei* na "irak'Andriamanitra". Ny pasitera mifantoka amin'ny iraka dia mahatakatra tsara fa ny antom-pisin'ny fiangonana dia hanatanteraka ny irak'Andriamanitra eto an-tany. Azony tsara koa fa iray amin'ny andraikitra voalohany sahaniny amin'ny pasitera azy ny fanetsehana ny fiangonana hanatanteraka ny irak'Andriamanitra.[1]

*2. Fanokanan-tena.* Ambonin'ny fahatakarana ny irak'Andriamanitra, ny pasitera Pentekôtista dia tsy maintsy manokan-tena hitarika ny fiangonany handray anjara feno amin'ny fanatanterahana ny iraka ao anatin'ny herin'ny Fanahy Masina. Tsy maintsy vonona izy hanao izay rehetra ilaina hahatanteraka izany andraikitra lehibe izany.

*3. Fahaiza-manao*. Farany, ny pasitera Pentekôtista dia tsy maintsy manokan-tena amin'ny fampivelarana ny toetra sy ny fahaiza-manao ilaina amin'ny fanetsehana ny fiangonana hanatanteraka ny irak'Andriamanitra. Ny tena pasitera Pentekôtista marina dia mahatakatra fa ny loharano voalohany indrindra amin'ny fahaiza-manaony ao anatin'ny asa fanompoana dia avy amin'Andriamanitra amin'ny alalan'ny herin'ny Fanahy Masina (Asa 1:8; 2 Kor. 3:5-6).

---

[1] Raha mila fanazavana bebe kokoa mikasika ny irak'Andriamanitra ianao dia jereo ny boky, *A Biblical Theology of Missions (Fampianarana ara-baiboly momba ny Iraka)* nosoratan'i Paul York ary novokarin'ny Africa's Hope ao anatin'ny andiany Série Découverte. Azonao alaina ihany koa ao amin'ny tranokalan'ny Africa Theological Training Service (ATTS), www.africaatts.org.

**Ny ohatra nasehon'i Jesosy**

Tsy isalasalana fa Jesosy dia mpitarika nifantoka tamin'ny iraka. Azony tsara mihitsy ny antony nahatongavany teto an-tany. Hoy Izy: "Fa efa tonga ny Zanak'olona hitady sy hamonjy ny very" (Lioka 19:10). Any amin'ny filazantsara hafa dia hoy Izy: "Fa tsy nidina avy tany an-danitra Aho mba hanao ny sitrapoko, fa ny sitrapon'izay naniraka Ahy" (Jaona 6:38). Indray mandeha dia "hanina" no niantsoan'i Jesosy ny Irany (Jaona 4:34). Tahaka ny hanina manome hery sy mamelona ny tena, ny nanome hery sy namelona an'i Jesosy dia ny fanaovana ny sitrapon'ny Rainy. Izany fanokanan-tenany izany no nitarika Azy hatreny amin'ny hazo fijaliana (Mat. 20:28).

Talohan'ny niverenan'i Jesosy tany an-danitra dia natolony ny Fiangonany ny Irany sy ny Asa fanompoany. Hoy Izy tamin'ny Mpianany: "tahaka ny nanirahan'ny Ray Ahy no anirahako anareo kosa" (Jaona 20:21). Tahaka ny nahitan'i Jesosy ny Irany tao amin'ny sitrapon'ny Rainy, ny pasitera Pentekôtista dia mahita ny iraka tsy maintsy tanterahany ao amin'ny sitrapon'i Kristy. Ary tahaka ny nanohanan'ny fanokanan-tenan'i Jesosy azy tamin'ny fanatanterahana ny irak'Andriamanitra no hanohanana ny pasitera Pentekôtista ao anatin'ny iraka (Mat. 26:36-44; Mat. 28:19-20; Jaona 14:16).

**Ny toetra aloha vao asa**

Amin'ny maha pasitera Pentekôtista, tena ilainao ny mahatakatra fa ny tena zava-dehibe ao anatin'ny fitarihana mifantoka amin'ny iraka, ny toetra izay manan-danja lavitra noho ny asa. Aza hadinoina, Jesosy dia nampanantena an'i Petera sy Andrea hoe "Andeha hanaraka Ahy, fa *hataoko* mpanarato olona ianareo" (Marka 1:17). Rehefa manaraka an'i Jesosy sy feno ny Fanahy Masina ny mpianatra dia niova ny toetrany. Tonga *tahaka* ny mpampianatra azy izy ireo (Lioka 6:40; Asa 4:13).

Ny Fanahy Masina dia tsy nampitao azy ireo ho amin'ny asa fanompoana tamin'ny alalan'ny heriny fotsiny ihany fa nampita tamin'izy ireo ny firehetam-pon'i Kristy ho an'ny famoriam-bokatra. Ny Fanahy Masina no nanova ny tanjona, ny fanirina ary ny talentan'izy ireo hanaiky ny maha Tompo an'i Kristy. Niray fo tamin'i Kristy tamin'ny fanatanterahana ny iraka fanavotan'Andriamanitra izy ireo. Ilay fahatsapana ara-panahy mahery vaika

antsoina hoe batisa amin'ny Fanahy Masina no nametraka ny fototrin'ny fitarihana miaraka amin'ny iraka hotanterahan'izy ireo amin'ny ho avy (Lioka 3:16; Asa 1:4-5).[2]

Mbola afaka mitranga amin'izao androntsika izao ny tahaka izany. Raha avelantsika hameno antsika sy hiasa ao anatintsika ny Fanahy Masina dia hanova antsika hitovy endrika amin'i Kristy (jereo ny 2 Kor. 3:18). Izy no hanome antsika ny firehetam-po ho an'ny fijinjana tahaka izay tao amin'i Jesosy.

**Tonga olona mifantoka amin'ny iraka**

Ny Tompo Jesosy dia niantso lehilahy sy vehivavy hanaraka Azy sy hanatanteraka ny asa natombony. Nandany ny fotoanany sy ny heriny tamin'ny fanofanana sy fanehoana tamin'izy ireo ny atao hoe mpitarika mifantoka amin'ny iraka. Fomba iray nentiny nanatanteraka izany ny fanirahana azy ireo namita iraka nandritra ny fotoana fohy. Nomeny toromarika sy nomaniny tsara izy ireo ary nirahany (Lioka 9:1 – 6); 10:1-16). Rehefa niverina izy ireo dia nanontaniany momba ny asa nataony (10:17-20).

Ny mpianatr'i Jesosy roa ambin'ny folo dia tsy mpitarika hatrany an-kibondreniny. Tsy voajanahary tao anatin'izy ireo koa ny saina nifantoka tamin'ny iraka. Lehilahy tsotra avy amin'ny sarangan'ny mpiasa izy ireo kanefa, nanaiky nametraka ny fiainany hovolavolaina teo an-tanan'i Jesosy. Tamin'ny alalan'ny fiainany sy ny fampianarany no nampitan'i Jesosy tamin'izy ireo ny Vinany ankapobeny. Hoy i Jesosy tamin'izy ireo: "koa mandehana ianareo, dia ataovy mpianatra ny firenena rehetra" (Mat. 28:19). Taorian'izay dia nataony izay nanafiana azy ireo tamin'ny herin'ny Fanahy Masina, tahaka Azy koa (Lioka 4:18-19; Asa 1:8).

Tao anatin'ny iray tamin'ireo fihaonan'i Petera voalohany tamin'ny Tompo dia nanaisotra ny tenany tao anatin'ny fahafahana ho tonga mpitarika izy. Hoy izy niangavany an'i Jesosy: "Tompoko, mialà amiko, fa olo-meloka aho" (Lioka 5:8). Nahatsapa ny tenany ho tsy mendrika i Petera. Kanefa, fantatr'i Jesosy ny hery

---

[2] Raha mila fanazavana bebe kokoa mikasika ny Batisa amin'ny Fanahy Masina dia jereo ny Toko 10, 11 ary 20.

anaty tao amin’i Petera. Izany no antony namaliany azy hoe: “Aza matahotra; hatramin'izao ankehitriny izao dia olona kosa no ho azonao” (and. 10). Rehefa niara-nandeha tamin’i Jesosy i Petera dia niova ho mpitarika mahery vaika nifantoka tamin’ny iraka, araka ny hitantsika ao amin’ny bokin’ny Asan’ny Apostoly.

Hoy ny Baiboly: “Ary nanendry roa ambin'ny folo lahy Izy ho ao aminy sy hirahiny hitori-teny” (Marka 3:14). Tonga tahaka ny Tompo ny mpianatra rehefa nandany fotoana niaraka taminy, nihaino ny fampianarany ary nandinika ny asany. Nasehon’i Jesosy azy ireo tamin’ny fomba manokana sy tamin’ny alalan’ny asa ny atao ho mpitarika mifantoka amin’ny iraka. Noho izay rehetra nataony no ahatonga ny fiangonana mbola miorina hatramin’ny androany. Raha maniry ny ho pasitera Pentekôtista mifantoka amin’ny iraka isika dia tsy maintsy mandany fotoana miaraka amin’ny mpitarika mahomby mifantoka amin’ny iraka. Hiova isika raha manaraka akaiky an’i Jesosy sy mampifandray ny tenantsika amin’ny olona manao tahaka izany.

Nampitaina amintsika ny tsora-kazon’ny fitarihana. Tsy maintsy miezaka ny ho tonga mpitarika mifantoka amin’iraka isika. Tahaka an’i Jesosy sy ny apostoly, tsy maintsy miasa mafy isika mba hampivelarana ny hafa. Hoy i Paoly nanoratra ho an’i Timoty: “Ary izay zavatra efa renao tamiko teo anatrehan'ny vavolombelona maro dia atolory ny olona mahatoky, izay hahay mampianatra ny sasany kosa” (2 Tim. 2:2).

## TANJONA MISIONERA

Ny hetsika misionera dia nipoitra avy amin’ny tanjona misionera. Ny tanjona dia ilay fanirina matanjaka te hanatanteraka zavatra manan-danja. Ny mpanao Salamo dia niresaka mikasika ny tanjon’Andriamanitra ho an’ny Zanany – sy ho an’ny firenana “Mangataha amiko” hoy ny Ray tamin’ny Zananilahy “dia homeko ho lovanao ny jentilisa ary ny faran'ny tany ho fanananao” (Sal. 2:8). Amin’ny maha zanakalahy sy zanakavavin’Andriamanitra, afaka hihamatanjaka ao anatintsika ny hahita ny namantsika sy ny mpiara-monina amintsika ho tonga ao amin’i Jesosy. Io vavaka io ihany koa dia hamorona ao anatintsika fanirina hahita ny firenena rehetra hahare ny filazantsaran’ny famonjen’i Kristy.

Amin'ny maha pasitera Pentekôtista, tsy maintsy raisinao ho tanjonao ny tanjon'Andriamanitra. Izany no nataon'i Abrahama. Na dia efa antitra sy tsy nanan-janaka aza izy dia hoy Andriamanitra taminy: "Jereo ange ny lanitra, ka isao ny kintana...Ho tahaka izany ny taranakao" (Gen. 15:5). Nino ny teny fikasan'Andriamanitra i Abrahama sady nandray ny Tanjony. Vokatrin'ny fankatoavany, tonga rain'izay rehetra mino izy (Rom. 4:11). Angataho Andriamanitra hampita aminao ny firehetam-pony ho an'ny firenana. Avy eo, avelao izany firehetam-po izany hitarika anao hanetsika ny fiangonanao handray anjara ao anatin'ny irak'Andriamanitra.

## HETSIKA MISIONERA

Na dia ilaina aza ny tanjona mifantoka amin'ny iraka, tsy ampy raha izany fotsiny ihany. Amin'ny maha pasitera Pentekôtista, tsy maitsy mamadika ny tanjona ho tena zava-misy marina ianao. Paoly no ohatra maneho izany fahamarinanana izany. Ny tanjony dia ny hahita ny Jentilisa hitodika amin'i Kristy (Asa 22:21; Rom. 10:1). Izany fanirina izany no nanetsika azy hiasa mafy tsy nahalala sasatra ho famonjena azy ireo. Izao no fijoroana vavolombelony: "fa efa niasa fatratra mihoatra noho izy rehetra aho, nefa tsy izaho, fa ny fahasoavan'Andriamanitra no niara-niasa tamiko" (1 Kor. 15:10). Tsy maintsy avadikao ho hetsika misionera tahaka izany koa ny tanjona misionera. Tsy maintsy miezaka manao izay hahatonga ny fiangonanao ho fiangonana misionera marina ianao.

### Fampitana ny vina ho an'ny iraka

Ny tena andraikitra lehibe sahanin'ny pasitera Pentekôtista tsirairay dia ny fampitana ny firehetam-po ho an'ny olona very ao anatin'ny fon'ny vahoakan'Andriamanitra. Tsy maintsy atao izay hahatonga saina fatratra ny olona ny amin'ireo very any ivelan'ny rindrim-piangonana. Tsy maintsy atao koa izay hahatsapan'izy ireo ny toerana misy ireo olona very rehetra any amin'ny toerana tsy mbola tratran'ny filazantsara manerana an'i Afrika sy eto amin'izao tontolo izao. Mba hahatanteraka izany, ilaina ny hitorianao, hampianaranao ary hanehoanao ny iraka eo anatrehan'ny fiangonanao. Mila maharitra amin'izany ianao mandra-pahazoan'ny mpikambana tsirairay ao amin'ny fiangonana fa ny andraikiny dia ny mandray anjara ao anatin'ny *missio Dei*.

Ny fomba roa no ahafahana mampita ao am-pon'ny vahoakan'Andriamanitra ny vina mikasika ny iraka dia: amin'ny alalan'ny Fanahin'Andriamanitra sy amin'ny alalan'ny Tenin'Andriamanitra. Hetsika mahery vaika avy amin'ny Fanahy Masina sy Teny nifanentana tamin'ny fotoana avy amin'ny Tompo no nilaina nanovana ny toetran'i Petera nanoloana ny Jentilisa (Asa 10:9-16, 19-20). Amin'ny maha mpitarika mifantoka amin'ny iraka, tsy maintsy ataonao azo antoka fa izany koa no mitranga ao amin'ny fiangonanao. Tsy maintsy ataonao izay hahatonga ny Fanahy Masina hihetsika amin-kery ao anatin'ny fotoam-bavaka, ary tsy maintsy miezaka ihany koa ianao mijery raha feno ny Fanahy Masina ny mpikambana tsirairay. Mandritra izany, tsy maintsy azavainao amin'ny vahoaka ny antony mahatonga ny Fanahin'Andriamanitra mihetsika. Amin'ny maha Fanahin'Andriamanitra misionera Azy, Izy no manomana ny olona handray anjara ao anatin'ny irak'Andriamanitra.

Ao anatin'izany fotoana rehetra izany, tsy maintsy mampianatra ny olona izay voalazan'ny Baiboly mikasika ny irak'Andriamanitra ianao. Tsy maintsy asehonao azy ireo koa ny tokony hataony ho famaliana ny Fanahy sy ny Teny. Tsy maintsy manokana ny tenany hivavaka amim-pirehetam-po ho an'ny very, hanome amin'ny fahalalahan-tanana ho an'ny asa misiona ary hizara amim-pahatokiana ny vaovao mahafaly amin'ny manodidina izy ireo. Farany, tsy maintsy mihaika azy ireo hanokan-tena ho an'ny irak'Andriamanitra ianao.

Amin'ny maha mpitarika mifantoka amin'ny iraka marina, tsy maintsy mitarika ny fiangonanao hiala amin'ny fifantohana amin'ny tenany sy hifantoka amin'ny hafa, hiala amin'ny fifantohana amin'ny zavatra ilainy sy iriny ary hifantoka amin'ny zavatra ilain'ny olona very manodidina azy ianao.

Izany Dia ho an'ny iraka izany dia hitaky anao hanao ny zavatra rehetra ao anatin'ny fandinihana tsara. Izany koa dia hitaky ny handrindranao ny fandaharam-potoana ao am-piangonanao sy hanovanao ny tanjona sy ny votoatin'ny fivorianao.

## Fizarana tantara misionera

Fomba iray hahafahana mampivelatra toe-tsaina mifantoka amin'ny iraka ao anatin'ny fiangonana ny fizarana tantara misionera amin'ny olona. Azonao ampidirina ao anatin'ny toriteny sy ny fampianarana ireny tantara ireny. Ny

ankamaroan'ny tantara misionera dia hita ao anaty Baiboly. Ny tantaran'i Jesosy no tantara misionera lehibe indrindra amin'izay notantaraina. Ny bokin'ny Asan'ny Apostoly ihany koa dia ahitana tantara misionera maro mampientanentana. Azonao atao koa ny maka tantara misionera any anaty boky sy mihaino ny fijoroana vavolombelon'ireo misionera. Ankoatr'izany, aza misalasala ihany koa mizara ny tantaranao manokana amin'ny fiangonanao.

**Fanendrena fivoriana ho an'ny iraka**

Azonao atao koa ny manendry fotoana tsy tapaka hiresahana amin'ny fiangonanao mikasika ny iraka. Azonao atao ny manasa azy ireo hanatrika ny fivoriana manokana ho an'ny iraka na ny faran'ny herinandro hananganana fahatongavan-tsaina ho an'ny iraka. Ataovy laharam-pahamehana ny fandoavana ny saran-dalan'ireo misionera tonga mitsidika ny fiangonanao. Tsara koa ny hampandraisanao anjara ny fiangonanao amin'ny asa fanompoana misionera amin'ny alalan'ny fakana fanatitra manokana avy amin'izy ireo. Tokony handray anjara amin'ny fanohanana misionera tsy tapaka ihany koa ny fiangonana.

**Famoronana "Tsingerin'ny Fahombiazana"**

Fomba iray hafa hampitana vina ho an'ny iraka ao anatin'ny fon'ny olona ny "tsingerin'ny fahombiazana". Avy amin'ny tantaran'i Davida izany hevitra izany. Talohan'ny nahatongavany ho mpanjakan'Isiraely, nitarika vondrona kely nahitana miramila feno fahombiazana izy. Hoy ny olona nanome voninahitra an'i Davida: "ianao no mpitarika ny Isiraely nivoaka sy niditra" (2 Sam. 5:2). Ny teny hoe "mpitarika nivoaka sy niditra" dia miresaka tsingerin'ny fahombiazana, ary miresaka mikasika ny fitarihana mandritra ny fotoana fohy hanatanterahana tetikasa momba ny iraka. Ny fahombiazana tsirairay dia hampahery ny olona hametraka tanjona hafa azo tratraina indray.

Ohatra, azonao atomboka amin'ny fanomanana hetsika "Vavaka ho an'ny mpiara-monina aminao". Alaivo ny anaran'ny olona miara-monina aminao ary avelao ny fiangonana hivavaka ho azy ireo. Ny fahombiazana kely dia hanokatra ny fon'izy ireo handray anjara bebe kokoa amin'ny iraka. Ho sahy hanatratra ny ankoatran'ny tenany izy ireo ao anatin'ny tsingerin'ny fahombiazana.

Ireny tsingerin’ny fahombiazana ireny dia hitarika amin’ny fanohanana sy fanofanana ho amin’ny iraka. Ao anatin’izany, azon’ny fiangonana atao ny mandefa ekipa hitory ny filazantsara sy hanangana fiangonana any amin’ny tanàna sy vohitra hafa mandritra ny fotoana fohy. Ny sasany mety azonao hetsehana ho any amin’ny firenena hafa mba hanampy misionera na hanangana fiangonana. Ny tatitra ataon’ireo ekipa ireo amin’ny fiangonana dia hanainga fanahy ny olona handray anjara bebe kokoa ao anatin’ny iraka.

## EKIPA MISIONERA AVY EO AN-TOERANA

Aza hadinoina ity ohabolana Afrikana ity: “Raha te handeha haingana, mandehana irery; raha te handeha lavitra, mandehana miaraka amin’ny hafa”. Azonao atao ny mamorona komity misionera na ekipa misionera hanaovana anao amin’ny asa. Ireo lehilahy sy vehivavy manana vina ireo no hanampy anao hanetsika ny fiangonana ho amin’ny iraka.

Ny fiangonana misonera dia azo ampitahaina amin’ny ekipa mpilalao baolina kitra. Ao anatin’izany, ny pasitera dia tsy ilay mpilalao tena sangany, fa mpanazatra. Ny ekipa misionera miaraka aminy no ekipa mpanazatra. Ny mpikambana ao am-piangonana dia tsy mpankafỳ mipetraka mijery fa mpilalao eny ambony kianja. Ny andraikitrin’ny pasitera sy ny ekipa misionera dia ny mifidy mpilalao, manofana sy manainga fanahy azy ireo ary maniraka azy handrombaka ny fandresena.

Talohan’ny nifidianan’i Jesosy ny mpianatra roa ambin’ny folo dia nandany ny alina manontolo nivavaka tamin’Andriamanitra Izy (Lioka 6:12). Tahaka izany koa, ao anatin’ny vavaka no tokony hifidiananao ny ekipa misionera. Tokony hijery olona feno finoana sy Fanahy Masina, olona manana toetra mendrika sy fahaiza-manao hanasoavana ny asa ianao. Tsara raha mihaona amin’ny fotoana voafaritra mazava ny ekipa misionera mba hiara-hivavaka sy hanomana. Ao anatin’io fotoana io no hiarahanareo mamolavolana ny tetikasa fitoriana ny filazantsara, fananganana fiangonana ary fanatanterahana ny iraka. Ao anatin’io koa no hametrahana ny paikadin’ny laharam-pahamehana sy hanaovana ny tetibola entina manatanteraka ny iraka.

Rehefa tonga ny fotoana hiverenan'i Jesosy tany an-danitra dia nametraka baiko farany sy teny fikasana farany tamin'ny Fiangonany Izy. Ny Baiko farany dia: "Ary raha niara-niangona teo aminy Jesosy, dia namepetra azy tsy hiala an'i Jerosalema, fa hiandry ny teny fikasan'ny Ray, izay efa renareo tamiko, hoy Izy; fa Jaona nanao batisa tamin'ny rano; fa ianareo kosa hatao batisa amin'ny Fanahy Masina, rehefa afaka andro vitsivitsy." (Asa 1:4-5). Ny teny fikasana kosa dia "Fa hahazo hery ianareo amin'ny hilatsahan'ny Fanahy Masina aminareo, ary ho vavolombeloko any Jerosalema sy eran'i Jodia sy Samaria ary hatramin'ny faran'ny tany" (and.8).

Niaraka tamin'ireo teny ireo, Jesosy dia nampahatsiaro ny Mpianany ny fahatsapana izay horaisin'izy ireo tsy ho ela, amin'ny andro Pentekosta izay hifamatotra akaiky amin'ny Irany dia ny fanavotana ny firenena. Noho izany, ny maha Pentekôtista dia midika fifantohana amin'ny iraka. Midika ihany koa izany fa ny pasitera Pentekôtista marina dia tsy maintsy mpitarika mafana fo amin'ny iraka. Amin'ny maha mpitarika mifantoka amin'ny iraka, ny pasitera Pentekôtista dia notendren'i Kristy hitarika ny Fiangonany ao anatin'ny iraka voatafy ny herin'ny Fanahy eo amin'ny toerana misy azy sy hatrany amin'ny faran'ny tany.

# ~ Fizarana 8 ~

# Ny pasitera Pentekôtista amin'ny maha mpitantana

## ~ Toko 32 ~

# Fitantanana ny antontan-taratasy, ny vola ary ny fananana

Jesosy dia niresaka mikasika ny tantaran'ilay lehilahy mpanankarena izay nahita fa ny mpitandrina ny fananany dia nandany foana ny fananany. Nantsoiny io mpitandrina tsy mahatoky io ary nasainy nanao tatitra mikasika fomba nitandremany ny fananany (Lioka 16:1-2).

Ny Baiboly dia mampianatra fa ny mpanara-dia an'i Kristy tsirairay dia mpitandrina ny fananan'Andriamanitra. Ny antony dia satria ny zavatra rehetra ananany ankehitriny dia an'Andriamanitra (Sal. 24:1; Jakoba 1:17). Ny Baiboly dia mampianatra fa indray andro any Andriamanitra dia hitaky ny hanaovan'ny kristiana tatitra mikasika ny nitantanany ny fananan'Andriamanitra. Izany no nahatonga an'i Paoly nampitandrina hoe: "Fa isika rehetra dia samy tsy maintsy ho hita toetra miharihary eo amin'ny fitsaran'i Kristy, mba handraisan'ny olona rehetra izay zavatra nataon'ny tenany, dia araka izay nataony, na tsara na ratsy" (2 Kor. 5:10).

Mihatra amin'ny pasitera Pentekôtista ihany kosa izany fitsipika fototra izany. Tsy maintsy tonga saina tsara izy fa ny fiangonana tarihany dia an'i Kristy.

Fiangonan'i Kristy no tantanany ary indray andro, tsy maintsy hanao tatitra mikasika ny fomba nitantanany ny Fananany izy.

## NY PASITERA PENTEKOTISTA AMIN'NY MAHA MPITANDRINA FANANANA

Hoy i Paoly raha nanoratra ho an'ny kristiana tany Korinto: " Ary raha izany, dia fantatrareo fa ny mpitandrina dia tokony ho olona mahatoky. [* Gr: mpitandrina fananana]"(1 Kor. 4:2). Amin'ny maha olona notendren'Andriamanitra hitandrina ny fiangonana, ny pasitera Pentekôtista dia tsy maintsy mahatoky sy mahomby amin'ny fitantanana ny fananan'Andriamanitra. Tafiditra ao anatin'izany ny raharaha ara-panahy sy ny raharaha samihafa rehetra ao amin'ny fiangonana. Ny pasitera dia tsy maintsy mitandrina amim-pahamalinana ny fanahin'ny olona. Ao anatin'izany koa, tsy maintsy mahatoky amin'ny fitantanana ny raharaham-piangonana izy. Tafiditra ao anatin'izany ny firaketana an-tsoratra, ny raharaha ara-bola ary fananam-piangonana.

Miaraka amin'ny fanomezam-pahasoavana apostoly, mpaminany, mpampianatra, fahagagana ary ny maro hafa, Andriamanitra dia nanome ny fiangonana fanomezam-pahasoavana "fitondrana" izay adika koa hoe fanomezam-pahasoavana "Fitantanan-draharaha" ho fanampiana amin'ny fananganana ny tenan'i Kristy (1 Kor. 12:28). Nanoratra i Paoly fa ny mpitandrina dia "mpitandrina ny an'Andriamanitra" (Tit. 1:7). Noho izany, andraikitrin'ny pasitera ny mitantana tsara ny fiangonanan'Andriamanitra. Nambaran'i Paoly tamin'i Titosy fa ankoatran'ireo zavatra hafa rehetra takiana, ny mpitandrina dia tsy maintsy "tsy manan-tsiny...marina...mahonom-po" (and.8). Ny tsirairay avy amin'ireo toetra ireo dia toetran'ny mpitantana fanana tsara.

Na dia heverin'ny sasany ho zavatra efa mahazatra aza ny fitantanana horesahana ato amin'ity toko ity dia zava-dehibe kosa ho an'ny pasitera Pentekôtista izay nantsoina hitandrina ny fiangonana. Ny fomba hitantanan'ny pasitera dia mety hisy fiantraikany lehibe amin'ny asa fanompoany. Ny pasitera Pentekôtista tsy mahomby amin'ny fitantanana ny raharaha tsotra ao am-piangonana dia mety ho very hasina amin'ny fitantanana ny raharaha ara-panahy. Hoy ny fampitandreman'i Petera: "Samia mifanompo araka ny fanomezam-

pahasoavana izay noraisinareo, dia tahaka ny mpitandrina tsara ny fahasoavana maro samy hafa izay an'Andriamanitra” (1 Pet. 4:10).

Na dia mihoatra noho ny fandraharahana aza ny fiangonana, tsy azo lavina koa fa fandraharahana izy. Amin’ny ankapobeny, ny fahombiazan’ny fandraharahana dia miankina tanteraka amin’ny fahaizana mandamina sy mitantana. Misy milaza fa tsy mitaky rafi-pandaminana ny fiangonana satria zavatra miaina fa tsy rafitra fotsiny. Ampahany ihany no marina amin’izany fanambarana izany. Marina fa ny fiangonana, amin’ny maha tenan’i Kristy dia zavatra miaina. Kanefa, tsy marina ny filazana fa tsy mila rafitra fandaminana izy. Ny marina dia izao: ny zavatra miaina rehefa dia tena voarindra. Ohatra amin’izany ny tenantsika, ny loha dia manana ny toerany, tahaka izany koa ny vatana, ny sandry, ny ranjo, sy ny sisa.

Ny rafi-pandaminana dia miresaka fandaminana, ary ahitana ezaka iombonana. Ny lalimoara dia mety ho fitaovana sarobidy, kanefa tsy mahasoa izany raha tsy ampidinina avy ao anaty kamiao sy apetraka ao an-trano ary ampiasaina. Tahaka izany koa ny fiangonana, raha tiana hahatratra ny hery anaty ananany izy dia tsy maintsy alamina amim-pahamalinana.

Ny pasitera Pentekôtista tsirairay dia tsy maintsy miezaka mampivelatra ny fahaiza-manaony amin’ny fandaminana. Ny fiangonana tsirairay dia tokony hanana rafitra tsara sy mahomby hitantanana ny raharahany. Rehefa mandroso sy mitombo ny fiangonana, dia mihasarotra ny rafi-pandaminana ary ny mihamafy koa ny fitanana an-tsoratra. Ireto avy no andraikitra fitantanana sahanin’ny pasitera Pentekôtista: (1) fitantanana ny firaketana an-tsoratrin’ny fiangonana, (2) fitantanana ny volam-piangonana, ary (3) fitandremana ny fananam-piangonana. Ny sisa amin’ity toko ity dia hiresahana mikasika ireo andraikitrin’ny pasitera ireo.

## FITANTANANA NY FIRAKETANA AN-TSORATRA

Ny pasitera Pentekôtista mahomby dia handany ny fotoanany sy ny heriny amin’ny fihazonana ara-dalàna sy amin’ny fomba manaraka ny toetrandro ny firaketan’ny fiangonana. Ireny firaketana an-tsoratra ireny dia hitondra tombotsoa ho an’ny pasitera sy ny fiangonana amin’ny lafiny efatra fara fahakeliny.

Voalohany, ny firaketana an-tsoratra dia hanamora ny fitadiavan’ny pasitera ireo tsara ho fantatra tena manan-danja amin’ny fotoana ilàny izany. Ary satria

manaraka ny toetrandro ny firaketana, dia azo atao tsara ny matoky izay voalaza ao.

Faharoa, ny firaketana an-tsoratra ara-dalàna dia manampy ny pasitera hitantana sy hiaro ny fananam-piangonana. Azony ampiasaina ho porofon'ny fananana sy ny volan'ny fiangonana izany. Ohatra, raha misy olona milaza fa tompon'ny tanin'ny fiangonana dia azon'ny pasitera atao avy hatrany ny maneho ny porofon'ny maha an'ny fiangonana izany.

Fahatelo, ny firaketana tsara dia manampy ny pasitera Pentekôtista hanana ny tsara ho fantatra rehetra entina mandray fanapahan-kevitra tsara mikasika ny ho avin'ny fiangonana. Ohatra, raha mandinika ny isan'ny olona mpamonjy fivoriam-bavaka mandritra ny taona ny pasitera dia afaka manao tetikasa hampitomboana ny fiangonana amin'ny ho avy. Ny tsara ho fantatra voarakitra an-tsoratra ihany koa manampy amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra mifamatotra amin'ny fitarihana, ny fananganana trano fiangonana sy fanomanana ireo mpiasa ilaina. Hitan'ny pasitera ao koa ohatra ny isan'ny fanamasinana fanambadiana nataony tamin'ny taona lasa, hanampy azy amin'ny fanombatombanana izay mety ho isan'ny fanamasinana fanambadiana hataony amin'ny taona manaraka izany. Noho izany, ny tsara ho fantatra rehetra voarakitra an-tsoratra dia hanampy ny pasitera haminavina sy hanomana ny ho avy.

Farany, ny firaketana an-tsoratra tsara dia mampifandray ny pasitera sy ny fiangonana amin'ny lasa. Manampy ny pasitera sy ny mpikambana ao amin'ny fiangonana hahatsiaro ny lalana efa nolalovan'izy ireo izany. Io tantara io dia hanampy azy ireo hankasitraka izay rehetra teo alohany sy hahatsapa fahamarinan-toerana.

### Fitsipika fototrin'ny fitanana an-tsoratra

Ho avy ny fotoana tsy maintsy hangatahana ny pasitera tsirairay hanolotra ny fitarihany amin'izay handimby azy. Ny pasitera Pentekôtista mahatoky dia hanomana ny fiangonana amin'izany zavatra tsy maintsy hitranga izany. Fomba iray hahafahany manao izany ny fihazonana tatitra an-tsoratra marina mikasika ny fiangonana. Ireto misy fitsipika fototra dimy mikasika ny fitanana an-tsoratra:

1. *Marina*: Ny firaketana an-tsoratra rehetra dia tsy maintsy marina tsara. Tsy maintsy maneho amin'ny fomba marina ny zavatra niseho rehetra.

2. *Voalamina tsara*. Ny fiangonana dia tokony ho voalamina tsara. Tsy maintsy atao manaraka ny lojika ny fanasokajiana ny zavatra rehetra, amin'izay mora ny mitady ny tsara ho fantatra amin'ny fotoana ilàna izany.
3. *Ara-potoana*. Ny firaketana an-tsoratra dia tokony ho ara-potoana. Ny lafiny ara-bola dia tsy maitsy anaovana tatitra ara-potoana. Ny zavatra hafa toy ny fitsofan-drano zaza, ny batisa ary ny fanamasinana fanambadiana ihany koa dia tokony ho voarakitra ara-potoana.
4. *Feno*. Ny firaketana an-tsoratrin'ny fiangonana dia tsy maintsy atao feno. Ny fotoana sy ny hetsika manan-danja rehetra dia tokony hotanana an-tsoratra.
5. *Azo antoka*. Ny firaketana an-tsoratra rehetra dia tsy maintsy atao amin'ny toerana azo antoka, lavitrin'ny mpangalatra ary tsy simban'ny zavatra mifamatotra amin'ny toetrandro.

## Tatitra marina

Tokony ho azon'ny pasitera Pentekôtista antoka fa ny tatitra dia voatahiry tsara ao amin'ny trano fivoriana ao am-piangonana. Ao anatin'izany ny tatitry ny fivoriana isam-bolana sy isan-taona ary ny fivoriana manokana. Sekretera voatendry no misahana ny fitanana an-tsoratra sy maneho izany mba hankatoavina amin'ny fivoriana manaraka. Ny tatitra nankatoavina dia tokony hosoniavin'ny sekretera sy ny pasitera ary apetraka ao amin'ny firaketana ny antontan-taratasin'ny fiangonana mba hojerena amin'ny manaraka.

## Firaketana ny zava-miseho

Ny pasitera Pentekôtista tsirairay dia tokony hanana boky mirakitra ny zava-miseho samihafa rehetra. Ao anatin'io boky io no hiraketana ny lisitrin'ny mpikambana, ny batisa amin'ny rano, ny fanamasinam-panambadiana, ny fanoloran-jaza ary ny lisitrin'ny olona mamonjy fotoam-bavaka araka izao manaraka izao:

*Ny maha mpikambana*. Ny boky firaketan'ny fiangonana dia tokony hahitana ny lisitrin'ny mpikambana. Ny anarana fenon'ny mpikambana vaovao dia tokony hosoratana ao anatin'ny lisitra rehefa voaray ho mpikambana ara-dalàna izy. Ny lisitra dia tokony hampiarahana amin'ny daty nandraisana azy ireo ho

mpikambana sy ireo fanamarihana manan-danja samihafa mikasika ny nandraisana azy ireo. Rehefa misy mpikambana modimandry na niala ao amin’ny fiangonana dia tokony hosoratana ao anatin’ny firaketana ihany koa. Tsara ny hanomezana takela-pahatsiarovana na karatra ho an’ny mpikambana vaovao amin’ny fotoana handraisana azy ireo. Tokony hazonina ao amin’ny fiangonana ny kopian’izany.

*Ny batisa amin’ny rano*. Ny firaketana ny zava-miseho ihany koa dia tokony hahitana ny lisitrin’ny olona natao batisa amin’ny rano, miaraka amin’ny daty nanaovana batisa azy ireo ary ny taonany tamin’ny fotoana nanaovana batisa azy. Tokony hahazo takela-pahatsiarovana ny olona tsirairay atao batisa.

*Fanambadiana:* Ny firaketana ny zava-miseho dia tokony hahitana tatitra mikasika izay rehetra nanambady tao amin’ny fiangonana. Tokony ho hita ao anatin’io firaketana io ny anaran’ny mpampakatra sy ny anaran’ny ampakarina. Tokony ho hita ao ihany koa ny anaran’ny mpanao asa fanompoana nanao ny fankalazana sy ny anaran’ny mpanao asa fanompoana hafa nandray anjara tao anatin’ny fotoana. Azon’ny pasitera atao koa ny mandrakitra an-tsoratra ny fotoana nanambarana tamin’ny fiangonana ny fifamofoan’izy ireo. Aorian’ny fanamasinana fanambadiana dia tokony hotolorana takela-pahatsiarovana ny mpivady. Ny pasitera dia tsy maintsy manaraka ny lalàna mifehy ny fanambadiana eo amin’ny firenena.

*Fanoloran-jaza.* Ny pasitera dia tokony handrakitra an-tsoratra ny anaran’ny zaza rehetra notsofin-drano tao amin’ny fiangonana. Ny fiangonana Pentekôtista dia tsy manao batisa ny zaza fa manao fistofan-drano. Ny nanoloran’i Hana an’i Samoela zananilahy ho an’Andriamanitra no ohatra tsara amin’izany fanao izany (1 Sam. 1:21-28). Aorian’ny fanoloran-jaza, ny pasitera dia tokony hanoratra ny anarana fenon’ny zaza ao anatin’ny boky firaketana, miaraka amin’ny daty sy toerana nahaterahany ary ny daty nanolorana azy. Tokony ho hita ao anatin’io lisitra io ihany koa ny anaran’ny ray aman-dreny, ny adiresiny, ny laharan’ny finday ary ireo tsara ho fantatra hafa rehetra. Tokony hotoloran’ny pasitera takela-pahatsiarovana ny ray aman-dreny nanolotra ny zanany.

*Ny famonjena fivoriam-bavaka*: Tokony horaketin’ny pasitera an-tsoratra ihany koa ny isan’ny olona manatrika fotoam-bavaka isaky ny alahady. Ireto avy no tokony hotafiditra ao anatin’io tatitra io: daty sy ny isan’ny olona nanatrika ny

Sekoly Alahady, ny fotoam-bavaka Alahady maraina, ny fotoam-bavaka hariva, ny fivorian'ny ankizy, ny tanora ary ny fotoana ao anatin'ny herinandro. Ny pasitera na ny sekreteran'ny fiangonana no tokony hitahiry izany taratasy izany.

**Firaketana ny toriteny**

Ho fanampin'ny firaketana ho an'ny fiangonana noresahantsika teo, azonao atao ihany koa ny mitahiry ny rakitrin'ny toriteninao. Isaky ny mitoriteny, mampianatra lesona, na miteny eo imasom-bahoaka toy ny manao seminera ianao dia azonao atao ny mitahiry izany. Ny toriteny tsirairay dia tokony hahitana ny daty, ny fotoana ary ny toerana nanolorana ny hafatra. Tokony ho hita ao ihany koa ny andalan-tSoratra Masina noraisina sy ny lohatenin'ny hafatra. Azonao asiana fanamarihana manan-danja toy ny valiny nasetrin'ny olona ny hafatra ihany koa izany. Ity firaketana ity dia hanampy anao hanaraka ny hafatra notorianao sy hanombana ny fandaharam-potoanan'ny toriteninao. Iray amin'ny antony hitehirizanao ny toriteninao koa dia ny mba hojerenao any aoriana.

## FITANTANANA NY VOLAM-PIANGONANA

Ny pasitera Pentekôtista dia tsy maintsy miantoka ny maha marina sy ara-potoana ny raharaha ara-bola rehetra ao anatin'ny fiangonana. Ny fanaovana izany dia hahatonga ny volam-piangonana ho voatantana araka ny tokony ho izy. Hanampy amin'ny fiarovana ny pasitera sy ny mpitarika fiangonana amin'ny fitantanana ara-dalàna ny vola ihany koa izany.

**Fandraisana sy fitantanana ny fanatitra**

Ny loharanom-bolan'ny ankamaroan'ny fiangonana Pentekôtista eto Afrika dia ny fanatitra sy ny fahafolon-karena nangonina nandritra ny fivoriana fiderana an'Andriamanitra alahady maraina. Na dia araka ny fomba fanao mahazatra ao am-piangonana aza no hanangonana ireny fanatitra ireny, tsy maintsy azon'ny pasitera antoka fa voatantana amim-pahitsiana sy amin'ny fomba mangaraharaha izany.

Mba hahatanteraka izany, tsy maintsy mpiasan'ny fiangonana mahatoky roa na mihoatra mandrakariva no manisa ny fanatitra. Aorian'ny fanisana ny fanatitra, ireo mpiasan'ny fiangonana ireo dia tsy maintsy mameno ny taratasy mirakitra ny

fanatitra. Ny tokony ho hita eo amin'io taratasy io dia ny daty, ny karazana fanatitra noraisina, ary ny anarana sy ny sonian'izay nanisa ny vola. Tokony hisy faritra voatokana hiraketana an-tsoratra manokana ny momba ny karazana fanatitra tsirairay ihany koa ao anatin'ny taratasy. Ohatra: tokony hisy tsipika natokana ho an'ny "ampahafolon-karena", hisy koa ny "fanatitra", eo koa ny ho an'ny "fanatitra ho an'ny tao-trano", misy koa ny "fanatitra ho an'ny asa misiona" ary ny maro hafa. Ny vola voaray dia tokony hosoratan'ny mpanisa vola mazava tsara eo amin'ny toerana mifanandrify amin'ny anarany avy.

Io taratasy mirakitra ny fanatitra io dia tokony hatao tahadika ka ny iray omena ny mpitahiry volan'ny fiangonana ary ny iray kosa ho an'ny pasitera. Averin'ny mpitahiry vola isaina ny vola rehefa voarainy ary soratany ao anatin'ny boky eo amin'ny sokajy tokony hisy azy avy ny maribola tsirairay. Raha efa izany dia ateriny any amin'ny banky ny vola. (Raha azo atao, ny fiangonana tsirairay dia tokony hanana kaonty any amin'ny banky. Raha tsy misy fahafahana manao izany, dia tokony hotehirizina amin'ny toerana azo antoka na ao anatin'ny lalimoara mihidy ny vola). Tokony hotehirizin'ny mpitahiry volan'ny fiangonana tsara ny taratasy manamarina ny nandrotsahana vola tany amin'ny banky.

### Firaketana an-tsoratra ny volam-piangonana

Ny volam-piangonana dia azo raketina an-tsoratra na ao anaty solosaina. Raha solosaina no ampiasaina dia fahendrena ny manao printy taratasy misy ny tatitra isan-kerinandro ary mitahiry izany ao amin'ny antontan-taratasin'ny fiangonana satria misy fotoana simba ny solosaina. Isaky ny misy vola raisina na avoaka dia tsy maintsy raketina ao anaty Rosia. Anjaran'ny mpitahiry ny volam-piangonana ny manoratra izay voalazan'ny rosia ao anatin'ny bokim-bola.

Ny pasitera Pentekôtista tsirairay dia tsy maintsy mianatra mamaky sy mamakafaka ny bokim-bola. Izany fahaiza-manao izany dia manampy azy amin'ny fanaraha-maso ny volam-piangonana sy mampahafantatra azy ny vola eo an-tanana amin'ny fotoana ilana izany. Ny fanaovana izany dia sady manampy ny pasitera sy ny mpitarika ny fiangonana handray fanapahan-kevitra amim-pahendrena no mahatonga ny volam-piangonana ho voatantana tsara.

**Fitsinjarana ny volam-piangonana**

Ny fanatitra tsirairay nomena ny fiangonana dia tsy tokony hampiasaina afatsy amin'ny antony nanomezana azy ihany. Fahadisoana tanteraka ohatra ny maka ny vola natokana ho an'ny fananganana trano ary mampiasa izany hividianana fiara ho an'ny pasitera. Ny vola rehetra mivoaka na omena olona na ampiasaina amin'ny tetikasan'ny fiangonana dia tsy maintsy asiana rosia, ary omena ny mpitahiry volan'ny fiangonana mba horaketina an-tsoratra mazava. Ny rosia rehetra dia tsy maintsy tehirizina ao anatin'ny antontan-taratasin'ny fiangonana.

**Tatitra momba ny vola**

Isaky ny faran'ny volana, ny mpitahiry ny volam-piangonana dia tokony hanomana tatitra ara-bola ho an'ny pasitera sy ny komitin'ny fiangonana. Io tatitra io dia hanome ny mpitarika ny fanazavana marina mikasika ny vola niditra sy ny fandaniana nandritra ny volana lasa. Hanampy azy ireo handray fanapahan-kevitra hendry mikasika ny volan'ny fiangonana izany. Ankoatran'ny tatitra isam-bolana, ny mpitahiry volan'ny fiangonana dia tsy maintsy manomana ny tatitra isan-taona ary manolotra izany amin'ny mpikambana ao amin'ny fiangonana mandritra ny fivoriana fandaminan-draharaha isan-taona.

**Fanaovana tetibola**

Zava-dehibe ny hahaizan'ny pasitera Pentekôtista manomana sy manaraka tetibola isan-taona. Hanampy azy sy ny mpiara-miasa aminy hitandrina tsara ny volam-piangonana izany. Ny tetibola dia drafitra ara-bola. Fanombanana ny vola hiditra amin'ny fiangonana mandritra ny taona ho avy sy fanaovana drafitra mikasika ny fampiasana izany. Ny tetibola tsara dia maneho ny iraka sy ny laharam-pahamehan'ny fiangonana. Ohatra, raha ny fanatanterahana ny iraka sy ny fananganana fiangonana no laharam-pahamehan'ny fiangonana, ny tetibola dia tokony haneho izany laharam-pahamehana izany. Noho izany, ny tetibola dia azo raisina ho tahirin-kevitra maneho ny paikady hanatanterahana ny iraka.

Ny fanomanana tetibola dia mitaky ny hamakafakan'ny pasitera sy ny komitin'ny fiangonana amim-pahamalinana ny volam-piangonana nandritra ny taona maromaro teo aloha. Ny tsara ho fantatra rehetra avy amin'io famakafakana io no entina mandray fanapahan-kevitra miaro paikady mikasika ny hitsanjarana

ny vola mandritra ny taona manaraka. Ity fomba fiasa ity dia mahatonga ny volam-piangonana tsy ho lany amin'ny zavatra tsy manan-danja kanefa ny zava-dehibe tsy voasahana.

Fizarana roa lehibe no hita ao anatin'ny tetibola: ny fanombanana ny vola miditra sy ny fanombanana ny fandaniana ho an'ny taona ho avy. Ny mandrafitra ny fanombanana ny vola miditra dia ahitana ny fahafolon-karena, ny fanatitra manokana, ary ny loharanom-bola hafa. Ny fandaniana kosa dia tokony hahitana ireo fandaniana tsy miova (toy ny karama, ny famerenana ny vola nindramina, ary fampandehanan-draharaha) sy ireo fandaniana miovaova (toy ny fitaovana fampiasa ao amin'ny birao, ny fitaovan'ny Sekoly Alahady, ny fampahafantarana ny fiangonana, ary ny fanadiovana sy fikarakarana ny trano). Ny fiangonana ihany koa dia tokony hanana tetibola hiatrehana ny zavatra tsy ampoizina sy ny hamehana. Amin'ny voalohany dia sarotra ny mamolavolana tetibola. Kanefa, raha mahatoky amin'ny fanaraha-maso ny vola miditra sy mivoaka ao amin'ny fiangonana mandritra ny roa na telo taona ianao dia hihamora ny fanaovana tetibola. Ho tonga fitaovana lehibe sady mahomby amin'ny fampandehanana ny fiangonana izany.

## FITANANA NY FANANAM-PIANGONANA

Amin'ny maha mpitandrina ny fananan'Andriamanitra, tsy maintsy azon'ny pasitera Pentekôtista antoka fa ny fananam-piangonana dia voahazona tsara. Ao anatin'io fananana io ny taratasy ara-panjakana samihafa momba ny tany, ny trano ary izay rehetra an'ny fiangonana.

### Fiarovana ny taratasy ara-panjakana

Tsy maintsy apetrakin'ny pasitera amin'ny toerana azo antoka sy amin'ny fomba voarindra tsara ny taratasy ara-panjakana. Raha azo atao, ireny antontan-taratasy ireny dia tokony hotehirizina amin'ny toerana azo antoka fametrahana taratasy any amin'ny banky. Fara fahakeliny, tokony hanana lalimoara mihidy sy azo antoka hitehirizana ny taratasim-piangonana rehetra.

**Fiahiana ny fananam-piangonana**

Ny pasitera Pentekôtista ihany koa dia tompon'andraikitra amin'ny fanaraha-maso ny fikarakarana ny trano fiangonana sy ny manodidina izany. Azony atao ny manendry komity hisahana izany fanaraha-maso izany. Io komity io no manao izany hahatonga ny tanàna sy ny trano ho mendrika antsoina hoe tranon'Andriamanitra. Ny gorodom-bato na ny gorodona taila sy ny tokontany dia tsy maintsy voafafa sy madio tsy misy loto isan'andro. Ny rindrina dia tokony holokoina sy hosasana. Ny varavarankely dia tokony ho madio sy tsara. Tokony ho ao anatin'ny tetibolan'ny fiangonana izay rehetra ilaina amin'ny fikarakarana ny trano fiangonana sy ny manodidina izany.

Tokony hokarakaraina tsara tahaka izany koa ny fanaka sy ny fitaovana hafa Ny fitaovana toy ny polipitra, ny seza, ny latabatra, ny fitaovana ao amin'ny birao ary ny fanamafisam-peo dia tokony hatao madio sy tsy misy fahasimbana. Raha misy mila fanamboarana dia tokony hatao haingana izany.

~ Toko 33 ~

# Fanetsehana mpitarika laika

Atỳ Afrika dia zavatra tena mahazatra ny mahita ankizy milalao baolina eny ankalamanjana. Ny sasany mampiasa baolina tena izy. Any amin'ny faritra ambanivohitra, baolina namboarina tamin'ny harona plastika maromaro nofatorana tady no ampiasain'izy ireo. Tena mahafaly ny mahita azy ireo mihazakazaka, mihomehy ary manome ny tsara indrindra ho an'ny ekipany.

Ny ankizy sasany manana tombontsoa manokana dia afaka milalao ao anatin'ny ekipa eo amin'ny fiaraha-monina misy azy. Ao no ianaran'izy ireo ny lanjan'ny asan'ny ekipa sy ny fanaovana lalao madio. Ny mpikambana ao anatin'ny ekipa dia mianatra manome lanja ny mpilalao namany sy ny ekipa manontolo. Mba hisin'ny fahombiazana, tsy maintsy manome ny tsara indrindra avy aminy ny tsirairay ao anatin'ny ekipa. Na dia ao anatin'ny faharesena aza dia mifampahery sy mifampitraka ihany koa izy ireo. Ireo ankizy ireo dia mianatra fa ny fahombiazan'ny ekipa dia miankina betsaka amin'ny toetran'ny mpilalao tsirairay. Tafiditra ao anatin'izany na ny milalao eo an-kianja na ny mpisolo toerana. Ny fiangonana dia afaka mianatra zavatra betsaka avy amin'ny ekipa mpilalao baolina tsara tantana.

Tahaka izao no namaritan'ny olona iray ny lalao baolina kitra matihanina: olona roa amby roapolo izay te hiala sasatra mafy; jeren'ny olona iray alina hafa

te hanao fanatanjahan-tena. Mampalahelo fa izany no sarin'ny fiangonana Pentekôtista amin'izao androntsika izao. Mpikambana vitsy ihany no mitondra ny vesatrin'ny asa fanompoana, ny ankamaroan'ny fiangonana dia mitazana fotsiny. Tonga "mpijery lalao" ny fiangonana, mankahery ireo vitsivitsy mandray anjara. Izany toe-javatra tsy azo sainina sady tsy ara-baiboly izany dia mampandringa ny fahombiazan'ny fiangonana amin'ny fanatanterahana ny irak'Andriamanitra. Raha tiana hiroborobo ny fiangonana, tsy maintsy ahetsika ho amin'ny asan'ny fanjakan'Andriamanitra ny laika.

Ity toko ity dia hanasongadina izany fanamby izany. Voalohany, apetrany ny fototra ara-baiboly mikasika ny fitarihan'ny laika ao anatin'ny fiangonana. Avy eo, omeny ireo torohevitra fampihatra samihafa hahafahanao pasitera Pentekôtista manetsika amim-pahombiazana ny laika ho amin'ny asa fanompoana ao anatin'ny fiangonana sy eo amin'ny fiaraha-monina.

## INONA NO AMBARAN'NY BAIBOLY

Hatramin'ny fanombohan'ny fiangonana, ny apostoly dia nahita fa nilaina ny fanetsehana ny tsirairay ho amin'ny asa fanompoana voatafy ny herin'ny Fanahy Masina. Moa tsy nampanantena ve i Jesosy hoe: "Fa hahazo hery ianareo amin'ny hilatsahan'ny Fanahy Masina aminareo, ary ho vavolombeloko any Jerosalema sy eran'i Jodia sy Samaria ary hatramin'ny faran'ny tany" (Asa 1:8)? Izany teny fikasana izany dia tsy ho an'ny apostoly ihany. Natao ho an'ny kristiana tsirairay: ny mpitarika sy ny laika. Ny drafitr'i Jesosy ho an'ny Fiangonana dia ny hahatonga ny tsirairay avy ho feno ny Fanahy sy handray anjara amin'ny fanatanterahana ny irak'Andriamanitra.

### Ny fiangonana voalohany

Taorian'ny firotsahan'ny Fanahy tamin'ny Pentekosta dia nanomboka nandamina avy hatrany izay hahombiazan'ny asa fitoriana ny filazantsara sy fanofanana fanaovana mpianatra ny fiangonana. Hoy ny Baiboly: "Ary izy ireo naharitra tamin'ny fampianaran'ny Apostoly sy ny fiombonana sy ny famakiana ny mofo ary ny fivavahana" (Asa 2: 42). Nampiany koa hoe: "Ary dia niray saina isan'andro izy ka nazoto nankeo an-kianjan'ny tempoly...nidera an'Andriamanitra sady nahita fitia tamin'ny vahoaka rehetra. Ary ny olom-bonjena dia nanampin'ny Tompo isan'andro ho isan'ireo" (and. 46-47). Nila mpitarika mba hiahy ireo

zavatra nilaina maika tany anatin'ny vondrona nivory tany an-tokantrano. Tsy nisalasala ny apostoly fa nanomboka nanangana ireo mpino vaovao ho amin'ny fitarihana sy ny fanompoana.

Rehefa nitombo sy nihanatanjaka ny fiangonana dia nitombo ireo olona nanomboka niditra tao anatin'ny ekipa mpitarika. Ireo lehilahy sy vehivavy ireo dia nanompo teo ambany fitarihan'ny apostoly ary nanampy azy ireo tamin'ny asany. Amin'izao androntsika izao dia diakona no iantsoana azy ireo. Notakian'ny apostoly manokana fa ireo mpitarika laika ireo dia tsy maintsy feno ny Fanahy Masina sy fahendrena. Ny asan'izy ireo dia nandamina ny fizarana fiantrana tamin'ny mpitondratena miteny Grika izay niverina tamin'ny Tompo (Asa 6:1-7). Tsy isalasalana fa nitombo ny andraikin'ireo lehilahy ireo rehefa nitombo ny zavatra nilaina. Ny roa tamin'ireo lehilahy ireo, Stefana sy Filipo dia tonga mpitory ny filazantsara mahery vaika.

Taona maro taty aoriana, rehefa nivelatra ny fandaminana tao anatin'ny fiangonana dia nazavain'i Paoly tamin'ny Efesiana ny tokony ho firafitry ny fiangonana. Ny fiangonana dia tarihan'ny "Apostoly, ny mpaminany, ary ny sasany ho evanjelista, ny mpiandry ary ny mpampianatra" (Efe. 4:11). Kanefa, tsy natao hiasa irery ireo mpanao asa fanompoana ireo. Ny asany dia "fanatanterahana ny olona masina, ho amin'ny asan'ny fanompoana" (and.12). Ny mpanao asa fanompoana dia natao hanangana mpitarika hanampy azy ireo amin'ny asa. Raha hanao izany izy ireo dia hatanjaka sy hahomby ny fiangonana (and. 11-16).

### Fanompoana fisoronana sy faminaniana ho an'ny mpino rehetra

Ny Baiboly dia mampianatra momba ny "fanompoana fisoronan'ny mpino rehetra". Midika izany fa ny mpanara-dia an'i Kristy tsirairay dia mpisorona eo anatrehan'Andriamanitra. Amin'ny maha mpisorona, manan-jo hamaky sy handika ny Soratra Masina ary hizara ny fahasoavan'Andriamanitra amin'ny hafa izy ireo (1 Pet. 2:5, 9). Ny Baiboly koa dia mampianatra mikasika ny "fanompoana faminaniana ho an'ny mpino rehetra". Midika izany fa ny olona rehetra nateraka indray sy feno ny Fanahy Masina dia ao anatin'ny fiaraha-monin'ny mpaminanin'Andriamanitra amin'izao andro farany izao (Nom. 11:29; Joela 3:1 2; Asa 2:17-18). Tamin'ny alalan'ny fanomezana ny Fanahiny, Andriamanitra dia nanafy hery azy ireo ho vavolombelon'i Kristy "any Jerosalema sy eran'i Jodia sy Samaria ary hatramin'ny faran'ny tany" (Asa 1:8).

Tamin'ny Pentekosta, ny nanombohan'i Petera ny toriteniny dia ny fanambarana fa "izao [ilay firotsahan'ny Fanahy Masina] ilay nampilazaina an'i Joela mpaminany hoe: Ary amin'ny andro farany, hoy Andriamanitra, no handatsahako ny Fanahiko amin'ny nofo rehetra, Ary ny zanakalahinareo sy ny zanakavavinareo haminany" (Asa 2: 16-17). Fanomezana baiko ho an'ny olona no namaranan'i Petera ny toriteniny: "Ary hoy Petera taminy: Mibebaha, ary aoka samy hatao batisa amin'ny anaran'i Jesosy Kristy ianareo rehetra mba hahazo famelana ny helokareo; ary ianareo handray ny fanomezana, dia ny Fanahy Masina". Narahan'i Petera fampanantenana mahafinaritra izany "ny teny fikasana dia ho anareo sy ny zanakareo—ary ho an'izay rehetra lavitra, na iza na iza hantsoin'i Jehovah Andriamanitsika hanatona Azy" (and. 38-39). Nambaran'i Petera tamin'izany fa tonga ny fotoana hanompoan'ny vahoakan'Andriamanitra amin'ny maha mpanao asa fanompoana voatafy ny Fanahy.

Araka izany, ny fanafiana ny herin'ny Fanahy Masina no mahatonga ny olona afaka miteny sy manao asa fanompoana ho an'i Kristy fa tsy ny sarangany na ny fari-piainanay. Tsy maintsy eken'ny pasitera Pentekôtista izany ary tsy maintsy mampahery ny olona hikatsaka ny fanafiana ny herin'ny Fanahy sy handray anjara amin'ny asa fanompoan'ny fiangonana izy.

## NY ILANA NY MPITARIKA LAIKA

Mba hahatonga ny fiangonana hiroborobo sy hitombo araka ny tanjon'Andriamanitra ho azy, tsy maintsy matanjaka ny fitarihan'ny pasitera. Tsy maintsy manana mpitarika laika matanjaka koa nefa izy. Ny fanamby lehibe atrehan'ny ankamaroan'ny Fiangonana Pentekôtista aty Afrika amin'izao androntsika izao dia tsy mpianatra ny ankamaroan'ny mpikambana. Mampalemy ny fiangonana izany. Ny antony dia satria tsy voahofana ny olona ka ny pasitera no tsy maintsy manao ny asa tokony hataon'izy ireo. Vokany, matetika ny pasitera no sahirana amin'ny fanatanterahana asa madinika ka tsy manana fotoana sy hery hanaovana amim-pahombiazana ireo asa tena manan-danja.

Ny tantaran'i Jetro sy Mosesy no maneho io teboka io (Eks. 18:13-26). Mosesy no nitarika ny vahoaka Isiraely niala tamin'ny fanandevozana tany Egypta. Teto izy dia mbola nitohy nitsara ny adin'ny vahoaka. Satria betsaka no nanatona mba hotsaraina dia nanomboka ny maraina i Mosesy no nitsara ary

nitohy mandra-paharivan'ny andro izany. Isan'andro dia izany ihany no nataony. Sasatra ihany i Mosesy rehefa nandeha ny fotoana.

Rehefa hitan'i Jetro rafozan'i Mosesy ny zavatra nitranga dia nanoro hevitra azy izy hoe: "Tsy tsara izao zavatra ataonao izao…fa mavesatra aminao loatra izao zavatra izao, ka tsy ho zakanao irery ny hanao izao" (and. 17-18). Hoy i Jetro tamin'i Mosesy: "Ary mizaha eo amin'ny olona rehetra…manendre mpifehy…Ary aoka ireo no hitsara ny olona mandrakariva, ka ny ady lehibe rehetra no aoka ho entiny aminao…dia ho maivamaivana kokoa aminao izany, ka dia hiara-mitondra aminao ireo" (and. 21-22). Narahan'i Mosesy ny torohevitr'i Jetro. Vokany, voakarakara tsara ny vahoaka ary nahita fitsaharana i Mosesy.

Amin'ny maha pastiera Pentekôtista hendry, tsy maintsy manao tahaka izany koa ianao. Tsy maintsy mifidy lehilahy sy vehivavy manana toe-panahy araka an'Andriamanitra hanampy anao amin'ny asa. Tsy maintsy manofana sy manendry azy ireo hanatanteraka ny asany koa izy. Ny fanaovana izany dia hanafaka anao amin'ireo asa fanao andavanandro ao anatin'ny fiangonana. Vokany, afaka mifantoka amin'ny asa tsy maintsy ataonao ianao. Hitombo sy handroso ny fiangonana amin'izany.

### Fiovan'ny fifantohana

Mba hahafahana manao izany, tsy miova ny fifantohana. Tsy maintsy miala amin'ny fiheverana ny tenanao ho mpilalao kintana ao anatin'ny ekipa ianao ary mandray ny tenanao ho mpanazatra. Tsy ny mampiakatra ny isa no anjaranao fa ny mampianatra ny olona ny fomba hampiakarana ny isa. Tsy andraikitrao ny manolo-tsaina ny olona rehetra, kanefa asanao kosa ny miantoka ny fahazoan'ny olona rehetra tolotsaina hendry (Eks 18:21-22). Tsy asanao ny mampisakafo mivantana ny mpitondratena Grika rehetra, kanefa anjaranao kosa ny manao izay hahazoan'ny mpitondratena grika rehetra sakafo araka ny tokony ho izy (Asa 6:1-3). Amin'ny teny hafa, amin'ny maha pasitera, ny andraikitrao dia "fanatanterahana [fampitaovana] ny olona masina, ho amin'ny asan'ny fanompoana amin'ny fiangonana" (Efe. 4:11-12). Noho izany, ny asa fanompoanao ao anatin'ny fiangonana dia tokony hanomboka amin'ny fanofanana ny mpikambana ho amin'ny asa fanompoana. Hisy ekipa mpitarika laika hisondrotra avy amin'ireo nataonao mpianatra.

**Fanetsehana ny mpitarika laika**

Amin’ny maha pasitera, tsy maintsy mamantatra, manofana ary maniraka mpitarika laika ho amin’ny asa fanompoana ianao. Ny mpikambana ao anatin’ny fiangonana dia tokony horaisinao ho ekipa ahitana olona manana fanomezam-pahasoavana samihafa sy fahaiza-manao isan-karazany azo ahetsika ho an’ny asa fanompoan’ny fanjakana. Mba hampahomby ny ekipa, tsy maintsy manao ny anjarany ny mpilalao tsirairay. Ny mpitarika laika dia olona manaiky ny andraikitra fitarihana ao anatin’ny fiangonana. Ao anatin’izany mpitarika laika izany ny diakona, ny loholona laika, ny mpitantana ny sampana Sekoly Alahady sy ny mpampianatra, ny mpitarika vondrom-bavaka, ny mpitarika ny asa fanompoana amin’ny lehilahy sy ny vehivavy, ny mpitarika tanora, ny talen’ny asa fanompoana amin’ny ankizy, ny mpitarika antokom-pihira, ny mpitarika ny ekipa mpidera, ny mpikambana ao amin’ny komitin’ny asa misiona, ary ny maro hafa.

## TOETRA TAKIANA AMIN’NY MPITARIKA LAIKA

Na dia nantsoina hanompo aza ny mpikambana tsirairay ao anatin’ny fiangonana, tsy ny rehetra no manao ny tenany ho mendrika hanompo. Mba hahafahana manompo amin’ny maha mpitarika ao anatin’ny fiangonana, ny fiainan’ny olona iray dia tsy maintsy mifanaraka amin’ny fenitra napetrakin’ny Tenin’Andriamanitra. Hoy i Paoly raha niresaka mikasika diakona: “Ary aoka hizahan-toetra ireo aloha, dia vao hanao ny asan'ny diakona izy, raha tsy manan-tsiny” (1 Tim. 3:10).

Ao amin’ny Asan’ny Apostoly, ny apostoly dia nitaky toetra fototra roa tamin’ny mpitarika laika: tsy maintsy “feno ny Fanahy sy fahendrena” (Asa 6:3). Ao amin’ny 1 Timoty 3 sy ny Titosy 1, Paoly dia nitanisa ireo toetra rehetra takiana amin’ny pasitera sy ny loholona. Mbola ilaina ny mijery azy ireo rehefa hametraka mpitarika ao anatin’ny fiangonana.

Avy amin’ireo lisitra ireo, afaka manatsoaka sokajy dimy izay tsy maintsy heverina manokana rehefa manendry mpitarika ao anatin’ny fiangonana isika. Ireto avy izany sokajy izany (1) ny toetra ara-pitondratenan’ilay olona, (2) ny fahatsapany ara-panahy, (3) ny toetra voajanahary ao aminy, (4) ny fitondrantenany isan’andro, ary (5) ny fijoroana vavolombelony eo amin’ny

fiaraha-monina. Ny olona tendren'ny pasitera ho amin'ny fitarihana dia tsy maintsy feno ny Fanahy Masina, manana toe-panahy araka an'Andriamanitra, feno fanokanan-tena, manaiky ampianarina ary vonona hanompo eo ambany fitarihan'ny pasitera amin'ny maha mpitarika laika azy.

## FANDRAISANA SY FANOFANANA MPITARIKA LAIKA

Tahaka ny mpanazatra amin'ny lalao baolina kitra izay mitady lehilahy sy vehivavy manam-pahaizana mahavita hilalao ao amin'ny ekipany, amin'ny maha mpitarika voatendrin'Andriamanitra ao anatin'ny fiangonana, ianao koa dia tsy maintsy mitady olona manana ny toetra rehetra takiana amin'ny fitarihana asa fanompoana ao anatin'ny fiangonana.

Raha tsy misy mpitarika mahafeno ny fepetra dia tsy maintsy mamolavola azy ireo ianao. Izany no nataon'i Jesosy tamin'ny Mpianany, ary izany koa no nataon'i Paoly tamin'i Timoty, Titosy ary ireo mpiara-miasa taminy. Ndeha hojerentsika ireo fizarana roa ao anatin'ny fanetsehana mpitarika laika ao anatin'ny fiangonana : ny fandraisana mpiasa sy ny fampivelarana mpitarika.

### Fandraisana mpiasa

Ny dingana fandraisana mpitarika laika dia mitarika adihevitra betsaka miaraka amin'ireo efa mpitarika ao anatin'ny fiangonana. Mitaky vavaka betsaka sy fikatsahana ny fitarihan'Andriamanitra ihany koa. Izany no nataon'i Jesosy. Nandritra ny Asa Fanompoany, tsy nitsahatra nikatsaka ny taridalan'ny Rainy Izy (Lioka 5: 16). Ohatra, talohan'ny nifidianany ny Mpianany roa ambin'ny folo, Jesosy dia "lasa nankany an-tendrombohitra Jesosy mba hivavaka; ary naharitra nivavaka tamin'Andriamanitra nandritra ny alina Izy" (6:12).

Raha vao mahazo taridalana avy amin'ny Tompo ianao dia tsy maintsy mamaritra ny mpiasa ilaina amin'ny fanatanterahana ny asa. Tokony hozarainao amin'ny fiangonana ny vina ary tokony hanomboka hiantso mpilatsaka an-tsitrapo ianao. Rehefa miantso mpilatsaka an-tsitrapo dia tena zava-dehibe ny fampanantenana fanofanana ho an'ny asa. Hampahery olona maro hamaly ny antso izany. Avy amin'ireny mpilatsaka an-tsitrapo ho an'ny fanompoana ireny matetika no ipoiran'ny mpitarika. Tokony hametraka fanontaniana tsy tapaka amin'ny tenanao ianao, "Iza ao anatin'ity vondrona ity no manana hery anaty ho

amin’ny fitarihana?” Azonao atao ny manatona manokana ny sasany amin’izy ireo ary miresaka aminy mikasika ny fanatanterahana ilay asa fitarihana manokana.

**Fampivelarana mpitarika**

Rehefa hitanao ireo olona mendrika hatao mpitarika laika dia tsy maintsy miroso amin’ny fampivelarana azy ireo ianao. Andraikitrin’ny pasitera Pentekôtista tsirairay izany. Araka ny nambara teo aloha, Paoly dia nilaza fa ny andraikitrin’ny pasitera dia ny “fanatanterahana ny olona masina, ho amin'ny asan'ny fanompoana amin'ny fiangonana, ho amin'ny fampandrosoana ny tenan'i Kristy” (Efe. 4:12). Misy fomba telo hahafahana manatanteraka izany:

*1. Fanofanana ao anatin’ny asa*. Ity karazana fanofanana fitarihana ity dia fantatra ihany koa amin’ny anarana hoe Fianarana asa na Fanofanana fampiharana. Tendren’ny pasitera hiara-hiasa amin’ny mpitarika efa manana traikefa ny mpitarika vao misondrotra. Raisin’ilay mpitarika eo ambany fiahiany ilay mpitarika vaovao ary ampianariny ny fomba fitarihana asa fanompoana manokana.

*2. Seminera*. Ho fanofanana mpitarika vaovao, azonao atao koa indraindray ny mitarika seminera, fampivondronana na fihatahana.

*3. Fanoloran-tsaina.* Azonao atao koa ny manolo-tsaina ireo olona maneho fampanantenana manokana. Mba hahafahana manao izany, mila mandany fotoana miaraka amin’ireo mpitarika ireo ianao ary mampianatra azy ny momba ny asa fanompoana. Izany no nataon’i Jesosy tamin’ny Mpianany (Jaona 3:22). Namboly fifandraisana lalina sy nandrotsaka ny Fiainany manontolo tamin’izy ireo Izy. Rehefa nandeha ny fotoana dia nihanitovy bebe kokoa taminy izy ireo (Asa 4:13). Hoy i Jesosy: “fa izay rehetra tanteraka dia ho tahaka ny mpampianatra azy ihany” (Lioka 6:40).

## FAMBOLENA TOE-TSAIN’NY EKIPA

Mba hampandroso ny fiangonana, tsy maintsy misy fiombonana sy ny firaisana tanjona eo amin’ny rehetra. Tsy maintsy mahatsapa ny olona fa ao anatin’ny zavatra lehibe noho ny tenany. Tsy maintsy mino izy ireo fa ny fiangonany dia ao anatin’ny iraka fanavotana lehiben’Andriamanitra ary ny antom-pisiny dia hisahana andraikitra amin’ny fanatanterahana izany iraka izany.

Izany dia tena manana ny lanjany manokana ho an'ny mpitarika laika. Mba hahafahan'izy ireo manao izay tsara indrindra tokony ho vitany, tsy maintsy mahatsapa izy ireo fa olona manan-danja ao anatin'ny ekipa. Mba hahatanteraka zavatra goavana any am-parany, tsy maintsy mahatsapa izy ireo fa miara-mandeha ao anatin'ny fitovian-tsaina amin'ny mpiara-miasa aminy. Amin'ny maha pasitera, tsy maintsy miasa mafy ianao mba hambolena izany toe-tsaina izany eo anivon'ny mpitarika.

## Famoronana vina iraisana

Amin'ny maha pasitera ao amin'ny fiangonana, ianao no mpitahiry sy mpanindrahindra ny vinan'ny fiangonana. Anjaranao ny mamboly vina iraisana ao anatin'ny fon'ny ekipa mpitarika. Ny vina dia tokony mahasarika ny olona hanaraka. Ny vinan'i Jesosy no nanetsika an'i Petera, Andrea, Jakoba ary Jaona handao ny zavatra rehetra ka hanaraka Azy (Mat. 4:18-22).

Tahaka izany koa, tsy maintsy afaka mampita ny vina amin'ny fomba mazava sy maharesy lahatra ianao. Tahaka ny mpaminany taloha, tsy maintsy afaka miteny ianao hoe: "Ity no lalana, ka andehano" (jereo ny Isa. 30:21). Tahaka ny fikorianan'ny renirano mahery, io vina io dia hanetsika ny olona ho amin'ny zotra mitovy.[1]

## Famoronana fahatsapana fisakaizana

Ho fanampin'ny fambolena vina eo anivon'ny samy mpitarika, tsy maintsy ataonao koa izany hisin'ny fisakaizana eo anivon'izy ireo. Mba hahafahan'ny olona miara-miasa tsara, tsy maintsy tia ny hafa amin'ny fo marina sy mankamamy ny fiarahana aminy izy ireo. Voalazan'ny Baiboly fa iray amin'ny antony nifidianan'i Jesosy ny apostoly dia ny "ho ao aminy" (Marka 3:14). Misy koa nilaza nofidiny *mba hiaraka sy hifandray* izy ireo. Rehefa nandany fotoana niaraka tamin'i Jesosy sy niaraka tamin'ny hafa ny mpianatra roa ambin'ny folo

[1] Raha handalina mikasika ny fampitana vina dia jereo ny toko 28: "Fitarihana miaraka amin'ny vina".

dia nitombo ny fifankatiavan'izy ireo. Rehefa niombona izy ireo dia tonga hery lehibe teto ambonin'ny tany.

Tahaka izany koa ianao, amin'ny maha pasitera Pentekôtista anao, tsy maintsy miezaka mamboly fahatsapana fisakaizana eo aminao, ny mpiara-miasa ary ny mpitarika laika ianao. Amin'ny alalan'ny fiarahana mandany fotoana mahafinaritra ihany no hahafahana manao izany. Fomba telo no ahafahana miara-mandany fotoana.

*1. Fotoana iarahana mivavaka.* Voalohany, ianao sy ny ekipa mpitarika laika dia tokony hiara-handany fotoana amin'ny vavaka. Tokony hisy fotoana isan-kerinandro atokanao sy ny mpitarika laika hihaonana sy hiarahana mivavaka. Tokony hafantoka amin'ny vavaka io fotoana io. Na dia misy aza ny fotoana natokana hivavahana ho an'ny zavatra ilain'ny tena, ny tokony handaniana fotoana betsaka dia ny vavaka ho an'ny vina sy ny asa fanompoan'ny fiangonana.

*2. Fotoana iarahana manao asa fanompoana*. Faharoa, ianao sy ny mpitarika laika dia tsy maintsy mandany fotoana iarahana manao asa fanompoana. Isaky ny Alahady maraina alohan'ny hanombohan'ny fotoam-bavaka, antsoy ny ekipa mpitarika hivavaka ary ampahatsiahivo azy ireo fa miara-miasa toy ny ekipa ianareo. Fomba iray hahafahan'ny ekipa mpitarika laika miara-manao asa fanompoana ihany koa ny fampidirana azy ireo ao anatin'ny ekipa mpanangana fiangonana. Isan-taona, tokony hiaraka hanangana fiangonana vaovao any amin'ny toerana mila izany izy ireo.

*3. Fotoana fisakaizana*. Fahatelo, ianao sy ny mpitarika laika tarihanao dia tsy maintsy mandany fotoana ao anatin'ny fisakaizana. Tokony hampaherezina hifamangy any an-tokantrano ny samy mpitarika laika. Ny sakafom-pirahalahiana indray mandeha isam-bolana ihany koa dia afaka manamafy ny fisakaizana eo amin'ny ankohonanao sy ny ekipa mpitarika. Taorian'ny nandanian'i Jesosy fotoana niaraka tamin'ny Mpianany dia izao no nolazainy tamin'izy ireo: "Tsy hataoko hoe mpanompo intsony ianareo...fa efa nataoko hoe sakaiza ianareo" (Jaona 15:15). Tahaka izany koa, ianao sy ny mpitarika laika ao aminao dia tokony afaka hifampiantso hoe namana.

---

Mba hahatonga ny fiangonana hiroborobo, tena zava-dehibe ny fananana komity mpitarika laika matanjaka afaka mampandroso ny iraka sy ny vinan'ny fiangonana. Ny pasitera Pentekôtista hendry araka izany dia mametraka ny fananganana ekipa mpitarika laika ho tanjona ao anatin'ny asa fanompoany. Ny tena handaniany ny fotoanany sy ny heriny araka izany dia ny famantarana, ny fandraisana, ary ny fampivelarana mpitarika laika hiara-manompo aminy amin'ny fampandrosoana ny fanjakan'Andriamanitra.

# ~ Toko 34 ~

# Fitarihana ny departemantan'ny fiangonana

Arakarakin'ny hitomboan'ny zaza ao an-kibon-dreniny no maha sarotra azavaina isan'andro ny fitombon'ny vatany. Amin'ny fotoanan'ny fitsaihana, ny mandrafitra ilay olombelona vaovao dia sela lonaka fotsiny. Ny mahagaga nefa dia efa feno ao anatiny avokoa ny fototarazo mandrafitra azy. Ao anatin'ny 24 ora io atody io dia mizarazara haingana ho sela marobe. Afaka telo herinandro dia vonona ny rafikozatatitra rehetra. Any amin'ny faran'ny fahatelo volana, na dia tsy mirefy afa-tsy 10 santimetatra aza ny zazakely dia efa vory daholo ny taolana sy ny ratsam-batany rehetra. Kanefa, mba hahafahan'ny zazakely miaina amin'ny fahafenoana ny maha olombelona azy, sy hahafahany mivelona any ivelan'ny kibon-dreniny, tsy maintsy mitombo aloha ny taovany rehetra. Aorian'ny fahenim-bolana dia vonona hateraka ny zaza. Io ilay zazakely sarobidy hotrotron'ny rainy sy reniny tsy ho ela eo an-tsandriny. Tsy mahagaga raha nilaza i Davida hoe: "mahatahotra sy mahatalanjona ny nanaovana ahy:!" (Sal. 139:14).

Ny fiangonana vaovao dia azo ampitahaina amin'ilay atody vaovao noresahantsika teo aloha. Efa tena fiangonana izy, kanefa, mila velarina ny rafitra sasany ao anatiny izay izy vao afaka miaina sy mahasoa amin'ny fampandrosoana ny tenan'ny mpino. Ny sasany amin'ireny rafitra ireny dia fantatra amin'ny

anarana hoe departemanta. Ity toko ity dia hiresaka mikasika ny andraikitrin'ny pasitera Pentekôtista amin'ny fametrahana, fampiroboroboana, ary fitantanana ireo departemanta ireo.

## NY TANJONA SY NY ASAN'NY DEPARTEMANTAN'NY FIANGONANA

Ny departemantan'ny fiangonana dia asa fanompoan'ny fiangonam-paritra izay natao hamahana ireo olana manokana ao amin'ny tena. Ny tanjony dia ny hanao izay hahafahan'ny fiangonana mahomby kokoa amin'ny fanatanterahana ny asa fanompoana fanatrarana ny very sy fanampiana ny mpianatra hitovy endrika amin'i Kristy. Ny departemantan'ny fiangonana dia azo raisina ho andry manohana ireo rafitra samihafa ao anatin'ny fiangonana. Rehefa misy departemanta vaovao mitsangana dia miitatra ny fahafahan'ny fiangonana manao asa fanompoana.

### Ny tanjon'ny departemanta

Raha tian'ny pasitera Pentekôtista ho azo tsara ny tanjona sy ny andraikitrin'ny departemantan'ny fiangonana dia tsy maintsy mazava aminy aloha ny irakin'ny fiangonana. Ny antom-pisin'ny fiangonana dia hanatanteraka ny Iraka Lehibe sy ny Didy lehibe napetrak'i Kristy. Ny Iraka Lehibe dia ny baikon'i Kristy hoe: "koa mandehana ianareo, dia ataovy mpianatra ny firenena rehetra" (Mat. 28:19). Ny Didy lehibe kosa dia ilay toromarika nomen'ny Tompo hoe: "Tiava an'i Jehovah Andriamanitrao amin'ny fonao rehetra sy ny fanahinao rehetra ary ny sainao rehetra" ary koa "Tiava ny namanao tahaka ny tenanao" (Mat. 22:37-39). Ireo andraikitra lehibe ireo dia tsy vitan'ny pasitera irery na vitan'ny komitin'ny fiangonana (na dia karamaina aza izy ireo hanao izany). Mitaky tanana maro ny asa. Ny antom-pisin'ny departemantan'ny fiangonana dia hanao izay hahamora ny fanatanterahan'ny fiangonana ny andraikiny dia ny fametrahana ny Fanjakan'Andriamanitra eto an-tany.

### Andraikitra fiton'ny departemanta

Ny departemantan'ny fiangonana dia manao izay hanatanterahan'ny fiangonana amin'ny fomba tsara kokoa ireo asa fanompoana fanalahidy fito ireto:

*1. Fanatrarana ny very*. Voalohany, ny antom-pisin'ny departemanta dia hanampy ny fiangonana amin'ny fanatanterahana ny baikon'i Kristy hoe: "Mandehana any amin'izao tontolo izao ianareo, ka mitoria ny filazantsara amin'ny olombelona rehetra" (Marka 16:15). Ny departemanta tsirairay ao anatin'ny fiangonana dia tsy maintsy manao ny anjarany amin'ny fanetsehana ny fiangonana ho amin'ity asa manan-danja ity. Ny departemanta ihany koa dia tokony hampahery ny mpikambana hizara samirery ny vaovao mahafaly amin'ny hafa sy hanainga fanahy azy ireo handray anjara amin'ny tetikasa fitoriana ny filazantsara sy asa misiona ao anatin'ny fiangonana.

*2. Fanaovana mpianatra*. Jesosy ihany koa dia nandidy ny Fiangonana hoe: "ataovy mpianatra ny firenena rehetra...mampianatra azy hitandrina izay rehetra nandidiako anareo" (Mat. 28:19-20). Ny fampianarana no fon'ny fanaovana mpianatra. Ny fampianarana amin'ny fomba mitohy dia tena ilaina tokoa amin'ny fampitomboana ara-panahy ny vahoakan'Andriamanitra sy ny fampiroboroboana ny fiangonana. Ny departemanta no manampy amin'ny fanompoana io tanjona io.

*3. Fiderana mampahery*. Antom-pisin'ny fiangonana ny hanome toerana hahafahan'ny vahoakan'Andriamanitra mivory sy midera Azy "amin'ny fanahy sy ny fahamarinana" (Jaona 4:23). Departemantan'ny fiderana sy mozika voarindra tsara no afaka miantoka ny hitrangan'izany fiderana izany.

*4. Fampiroboroboana ny vavaka.* Fanampiny, ny antom-pisin'ny fiangonana dia hanainga fanahy ny olon'Andriamanitra hivavaka (Asa 2:42). Hoy i Jesosy: "Dia nampianatra Izy ka nanao taminy hoe: Tsy voasoratra hoe va: Ny tranoko hatao hoe trano fivavahana ho an'ny firenena rehetra?" (Marka 11:17). Ny fiangonam-paritra dia toerana hahafahan'ny kristiana manandratra ny fenony miara-mivavaka sy miantso an'Andriamanitra ary manantena Azy hamaly ny vavaka ataon'izy ireo (Mat.18:19-20; Asa 4:24). Ny departemanta no manohana ny fiangonana amin'ny fanatanterahana ity andraikitra ity. Isaky ny mivory ny departemanta ao anatin'ny fiangonana dia tokony hanindry ny momba ny vavaka.

*5. Fanolorana fisakaizana*. Ambonin'izany rehetra izany, ny antom-pisin'ny fiangonana dia hampiroborobo ny fisakaizana eo amin'ny rahalahy sy anabavy ao amin'i Kristy. Ny departemanta no manampy ny fiangonana amin'ny fanatrarana io tanjona io. Rehefa tafiaraka ao anatin'ny fivorian'ny departemanta ny vahoakan'Andriamanitra dia mitombo ny fifankatiavana eo amin'izy ireo.

Vokany, te hifanohana sy hifampikarakara izy ireo. Izany hetsika izany dia mampiombona sy mampatanjaka ny tena. Manampy ihany koa amin'ny fisarihana olona vaovao ho ao anatin'ny fiangonana.

*6. Fanetsehana ho an'ny asa misiona*. Ny antom-pisin'ny fiangonana dia ny fanatanterahana ny irak'Andriamanitra. Ny fiangonana dia natao hitondra ny vaovao mahafaly mikasika an'i Kristy any amin'ny "fokom-pirenena rehetra sy ny samy hafa fiteny sy ny olona ary ny firenena rehetra" alohan'ny hiverenan'i Jesosy avy any an-danitra (Mat. 24:14; Apok. 5:9). Ny departemanta no hanamby amin'ny fanetsehana ny fiangonana amin'ny fitoriana ny filazantsara, ny fananganana fiangonana ary ny asa misiona.

*7. Fampivelarana mpitarika*. Farany, Jesosy dia nandidy ny fiangonana hanofana mpitarika. Nandidy ny Mpianany handeha sy hanao mpianatra Izy (Mat. 28:19). Rehefa niakatra tany an-danitra izy dia nanome ireo asa fanompoana ho an'ny Fiangonana mba "ho fanatanterahana ny olona masina, ho amin'ny asan'ny fanompoana amin'ny fiangonana, ho amin'ny fampandrosoana ny tenan'i Kristy" (Efe. 4:11). Hoy i Paoly tamin'i Timoty: "Ary izay zavatra efa renao tamiko teo anatrehan'ny vavolombelona maro dia atolory ny olona mahatoky, izay hahay mampianatra ny sasany kosa" (2 Tim. 2:2). Ny departemanta no mampahomby ny fanatanterahana izany andraikitra izany.

## IREO DEPARTEMANTA METY MISY

Rehefa mitombo sy miroborobo ny fiangonana, ianao sy ny komitin'ny fiangonana dia mila mandamina ny asa fanompoan'ny departemanta ao anatin'ny vavaka. Azonao atomboka amin'ny fametrahana departemanta iray na roa izany. Avy eo, rehefa mitarika anao indray ny Fanahy Masina dia afaka manangana departemanta sy tetikasa hafa. Ireo avy no departemanta sy asa fanompoana mety misy ao anatin'ny fiangonana:

### Fanabezana kristiana

Ny Departemanta Fanabezana kristiana no voalohany amin'ny sandry fanofanan'ny fiangonana. Ny antom-pisin'io departemanta io dia hanao mpianatra ny mpino amin'ny alalan'ny fampianarana ny tenin'Andriamanitra sy fampiharana ny fitsipika fototra avy amin'izany eo amin'ny fiainana. Any amin'ny

ankamaroan'ny fiangonana Pentekôtista dia ny Sekoly Alahady no fon'ny Departemanta Fanabezana kristiana sy fitaovana voalohany fanaovana mpianatra. Ity departemanta ity koa no hany manao asa fanompoana amin'ny sokajin-taona rehetra ao anatin'ny fiangonana, manomboka amin'ny kely indrindra ka hatramin'ny lehibe indrindra.

Noho izany, ny pasitera Pentekôtista dia tsy maintsy mametraka ho laharam-pahamehana ny fampiroboroboana ity departemanta ity. Izy no departemanta tsy maintsy atsangana voalohany ao anatin'ny fiangonana vao manomboka. Azon'ny fiangonana atao ihany koa ny manangana vondrom-bavaka izay toerana hanaovana mpianatra ny olona sy hampianarana azy ireo ny tenin'Andriamanitra. Ambonin'izany, ny departemanta tsirairay dia tsy maintsy mandray anjara ao anatin'ny fanabezana kristiana.[1]

**Asa fanompoan'ny vehivavy**

Ny departemanta asa fanompoan'ny vehivavy matetika dia iray amin'ny departemanta tena matanjaka ao anatin'ny fiangonana Pentekôtista. Ny tanjona dia ny hanatratra ny vehivavy ho an'i Kristy sy hanolotra azy ireo fisakaizana sy fahafahana manao asa fanompoana. Amin'ny alalan'ity asa fanompoana ity, ny vehivavy dia ampaherezina hanatratra ny mpikambana ao anatin'ny ankohonany, ny namany, ny mpiara-belona aminy sy hambabo azy ireo ho an'i Kristy. Ny vehivavy ihany koa dia ampaherezina handray anjara ao anatin'ny fanaovana

---

[1] Ny Africa's Hope (izay mpamokatra ity boky ity) dia namolavola fitaovana mahery vaika roa fanaovana mpianatra ho an'ny Fiangonana Pentekôtista eto Afrika. Ny voalohany dia ny andiany *Living the Truth (Miaina amin'ny fahamarinana)* izay fandaharam-pianarana Sekoly Alahady mitondra ny mpianatra mamakivaky ny Baiboly manontolo ao anatin'ny fito taona. Ny faharoa dia ny andiany *Roots of Faith (Fakan'ny Finoana)*. Ity indray dia fandaharam-pianarana mafana izay miresaka momba ireo olana sarotra samihafa mikasika ny fiainana kristiana toy ny "Dingana Voalohany: ny fiainanao vaovao ao amin'i Kristy", "Foto-pampianaran'ny Baiboly", "Fiainana ao amin'ny Fanahy"sy ny maro hafa. Ireo andiany ireo dia atolotra amin'ny fomba fiteny samihafa eto Afrika. Afaka mahita fanazavana betsaka kokoa mikasika ireo boky ireo ianao ao amin'ny https://africaatts.org/resources/.

mpianatra, ny fananganana fiangonana, ny asa misiona, ary ny asa fanompoana hafa.

**Asa fanompoan'ny lehilahy**

Ny antom-pisin'ny departemanta asa fanompoan'ny lehilahy dia hanolotra fisakaizana kristiana, sy hanetsika azy ireo ho mpitarika tsara ao anatin'ny tokantranony sy eo amin'ny fiaraha-monina. Tanjony koa ny hanetsika ny lehilahy ho amin'ny asa fanompoana voatafy ny herin'ny Fanahy. Amin'ny alalan'ity asa fanompoana ity, ny lehilahy dia voahetsika handray anjara amin'ny fitoriana ny filazantsara, ny fananganana fiangonana ary amin'ny asa fanompoana samihafa rehetra tanterahan'ny fiangonana.

**Asa fanompoan'ny tanora**

Ny tanjon'ny Departemanta asa fanompoana amin'ny tanora dia ny hanatratra ny tanora sy hamolavola azy ireo ho tonga olon-dehibe kristiana matotra sy feno ny Fanahy Masina. Antom-pisin'ity departemanta ity koa ny hampianatra azy ireo hiaina amin'ny toe-panahy araka an'Andriamanitra, amin'ny fiainana manome voninahitra amin'i Kristy ary hanetsika azy ireo hanao asa fanompoana manan-danja amin'ny tanora hafa.

**Asa fanompoana amin'ny ankizy**

Ny departemanta asa fanompoan'ny ankizy dia mikendry ny hanatratra ny ankizy ho an'i Kristy, hitarika azy ireo ao anatin'ny batisa amin'ny Fanahy Masina, ary hanofana azy ireo amin'ny lalan'ny Tompo. Tsy natao hisolo ny ezaka ataon'ny ray aman-dreny ity departemanta ity fa hanampy (Ohab. 22:6). Ny mandrafitra ity asa fanompoana ity dia ny fiangonan'ny ankizy sy ireo asa fanompoana samihafa fanaovana mpianatra ny ankizy toy ny "club" ho an'ny ankizilahy sy ankizivavy.

**Fiderana sy mozika**

Ny antom-pisin'ny Departemanta Fiderana sy Mozika dia handray sy hanofana mpitendry zavamaneno, mpitarika fiderana ary antokom-pihira hitarika ny fiangonana ao anatin'ny fiderana voahosotrin'ny Fanahy Masina (Jaona 4:23).

Ity departemanta ity ihany koa dia miara-miasa amin'ny Komitin'ny asa misiona amin'ny fitarihana fitoriana ny filazantsara sy fananganana fiangonana. Ny mpikambana ao anatin'ny ekipa mpidera dia tsy maintsy miara-mivavaka matetika, sy ampianarina ny fomba hamaliana ny fanatrehan'ny Fanahy sy ny fanaovana asa fanampoana ao anatin'ny Heriny.[2]

**Asa fanompoana vavaka**

Ny Departemanta Asa Fanompoana Vavaka voarindra tsara dia tena singa manan-danja tokoa ao anatin'ny fiangonana Pentekôtista tsirairay. Ity asa fanompoana ity dia manohana ny fiangonana amin'ny alalan'ny fifonana sy fivavahana ho an'ny pasiterany sy ny mpikambana ao anatin'ny fiangonana. Mifona ho an'ny olona very eo amin'ny faritra misy azy sy manerana an'i Afrika ary manerana izao tontolo izao ihany koa izy ireo. Ity asa fanompoana ity dia azo tanterahana amin'ny fomba isan-karazany toy ny fivoriana fiarahana mivavaka, ny fihatahana mivavaka, ny fanaovana dia araham-bavaka, ny fananganana ekipa mivavaka ary ny asa fanompoana manokana ataon'ny mpitondra am-bavaka tsirairay.[3]

**Asa misiona**

Ny andraikitrin'ny Departemanta Asa Misiona dia mampifantoka ny fiangonana amin'ny fampielezana ny filazantsara amin'ny olona rehetra eny amin'ny toerana rehetra. tafiditra ao anatin'izany andraikitra izany ny fanomanana sy fanatanterahana hetsika fitoriana ny filazantsara sy fananganana fiangonana. Ny hetsika fitoriana ny filazantsara dia ahitana fotoam-bavaka fifohazam-panahy,

---

[2] Ny asa fanompoana fiderana dia voaresaka amin'ny antsipiriany ao anatin'ny toko 18: "Fitarihana ny Fiangonana ao anatin'ny Fiderana".

[3] Raha handalina mikasika ny vavaka dia jereo ny Toko 8: "Laharam-pahamehanan'ny vavaka".

ny fivoriana ankalamanjana, ny fijoroana vavolombelona isam-baravarana, ny ezaka fizarana asa soratra ary ny hetsika isan-karazany ho fitoriana filazantsara.[4]

Ity departemanta ity ihany koa no tompon'andraikitra amin'ny fampivelarana sy fampiroboroboana ny tetikasan'ny fiangonana mifamatotra amin'ny asa misiona. Amin'ny alalan'izany tetikasa izany no hanetsehana ny fiangonana hanohana ireo misionera amin'ny alalan'ny vavaka sy ny amin'ny alalan'ny vola. Izany dia tanterahan'ny mpanao asa fanompoana amin'ny alalan'ny fampianarana ny vahoaka ny Tenin'Andriamanitra mikasika ny iraka sy ny fampifandraisana azy ireo amin'ny misionera. Azon'ny fiangonana atao koa ny manana departemanta manokana ho an'ny fitoriana ny filazantsara, ny fananganana fiangonana ary ny asa misiona.[5]

**Asa fanompoana fangorahana**

Jesosy dia niahy ny zavatra nilain'ny olona ara-batana. Ny tena pasitera Pentekôtista marina dia manao toy izany koa. Jakoba dia nanoratra hoe: "Izao no fivavahana madio sady tsy misy loto eo anatrehan'Andriamanitra Ray: ny mamangy ny kamboty sy ny mpitondratena amin'ny fahoriany, sy ny miaro ny tena tsy hisy pentimpentina avy amin'izao tontolo izao" (Jakoba 1:27). Amin'ny alalan'ny asa fanompoana fangorahana, ny Pentekôtista dia manatsotra ny tanan'i Kristy amin'ireo manana zavatra ilaina sy maratra.[6]

**Asa fanompoana amin'ny olon-dehibe tsy manam-bady**

Amin'ny alalan'ny asa fanompoana amin'ny olon-dehibe tsy manambady, ny kristiana tsy manambady dia omena izay rehetra ilainy mba hampitombo sy hampatanjaka ny finoany ary mba handraisany anjara mavitrika amin'ny

---

[4] Raha mila fanazavana bebe kokoa mikasika ny ezaka fitoriana ny filazantsara dia jereo ny toko 37: "Fitoriana ny filazantsara amin'ny very".

[5] Raha mila famelabelarana mikasika ny fandaharanasa misiona ataon'ny fiangonana ianao dia jereo ny toko 40: "Fampivelarana tetikasa misionera eo amin'ny fiangonana.

[6] Raha te hahafantatra bebe kokoa mikasika ny asa fanompoana fangorahana dia jereo ny toko 38: "Fanompoana ny fiaraha-monina

fiainan'ny fiangonana. Ity asa fanompoana ity dia manampy ny fiangonana hanome lanja ny fandraisan'anjaran'ny olon-dehibe tsy manam-bady ao anatin'ny fiangonana. Ny tena katsahana ato dia ny hitrandraka ity loharan-karena avy amin'ity vondrona adino matetika ity.

**Asa fanompoana amin'ny mpianatrin'ny Anjerimanontolo**

Raha amin'ny toerana akaiky anjerimanontolo na tobin'ny mpianatra ambaratonga ambony ny fiangonana misy anao dia tokony handinika ao anatin'ny vavaka izay fomba hahafahanao manomboka Asa fanompoana amin'ny mpianatra ao. Ny tanjon'ity asa fanompoana ity dia hanatratra ny mpianatrin'ny anjerimanontolo sy hambabo azy ireo ho an'i Kristy. Ity asa fanompoana ity dia hanofana sy hanetsika ny mpianatra hanatratra mpianatra hafa amin'ny filazantsara. Raha manana departemantan'ny anjerimanontolo ny fiangonana nasionaly misy anao dia azonao atao ny miara-miasa akaiky amin'io fikambanana io. [7]

**Haino aman-jery sy haitao**

Ny Departemanta haino aman-jery sy haitao no misahana ny resaka haitao ao anatin'ny fiangonana. Izy ireo no mamelatra, mampiasa ary mikarakara ny fanamafisam-peo sy ny fitaovana samihafa momba ny tora-jiro. Izy ireo ihany koa manao ny fampahafantarana samihafa sy mikirakira ny tranokala ary ny tambazotra sosialin'ny fiangonana. Ity departemanta ity no misahana ny fampahafantarana ny fotoana samihafa mitranga ao am-piangonana amin'ny onjam-peo, ny fahitalavitra ary aterineto.

**Fandraisana sy fampiantranoam-bahiny**

Ny tanjon'ny Departemanta Fandraisana sy Fampiantranoam-bahiny dia ny handray sy hanampy ireo olona tonga ao am-piangonana. Ity asa fanompoana ity

---

[7] Afaka mitsidika ny https://chialpha.com/resources/ ao amin'ny aterineto ianao raha mila loharanon-kevitra mikasika ny fampivelarana asa fanompoana amin'ny mpianatrin'ny anjerimanontolo.

dia mamorona tontolo feno hafanana sy fandraisana mahafa-po ho an’ny rehetra. Mandray ny olona tonga hivavaka izy ireo, mitarika ny vahiny ho eny amin’ny sezany, mizara ny fitaovana samihafa ilaina ary manaty ny fanatitra. Izy ireo ihany koa no miantoka ny filaminana, mifehy ny zavatra tsy mampifantoka ary mitandro ny filaminana ao anatin’ny fiangonana.

**Trano fiangonana sy ny manodidina azy**

Ny Departemanta trano fiangonana sy ny manodidina azy no tompon’andraikitra amin’ny fikarakarana ny trano fiangonana. Izy ireo no miantoka ny fahadiovana, ny filaminana ary ny fanamboarana ny simba amin’ny trano sy ny manodidina azy.

## FAMPIVELARANA NY DEPARTEMANTA

Mipetraka ny fanontaniana: “Ahoana no hahafahan’ny pasitera Pentekôtista manangana departemanta sy asa fanompoana vaovao ao anatin’ny fiangonany?” Mazava ho azy fa tsy ho vita ny hanangana ireo rehetra ireo indray mandeha. Ny departemanta tsirairay dia tokony hatomboka ao anatin’ny vavaka sy ny paikady mazava. Ny fananganana departemanta vaovao dia tsy maintsy jerena tahaka ny dingana miandalana tanterahana mandritra ny taona maro.

Ny fanombohana departemanta na asa fanompoana vaovao dia ahitana dingan’ny finoana feno fasahiana avy amin’ny pasitera sy ny komity. Tsy maintsy hitan’izy ireo aloha ny ilana ny fitarihan’ny Fanahy ary avy eo, tsy maintsy mihetsika amim-pinoana amin’ny fananganana ilay asa fanompoana izy ireo.

**Dingana fanombohana**

Ny fitadiavana an’Andriamanitra no tokony hanombohanao sy ny komitin’ny fiangonana. Tokony hanontany Azy ianareo hoe: “Tompo, inona no asa fanompoana vaovao tena ilaina ato anatin’ny fiangonana amin’izao fotoana izao?” Raha efa izany, mamoronà lisitra kelin’ireo departemanta sy asa fanompoana tsapanao fa tian’ny Fanahy hatomboka ianao. Rehefa vitanao ny lisitra dia apetraho araka ny laharam-pahamehana ary raiso ny fanapahan-kevitra ny amin’izay hatombokao voalohany, faharoa, sy ny sisa.

Aorian'izany, tokony hampifantoka ny sainao amin'ny departemanta eny amin'ny farany ambony amin'ny lisitra ianao. Tokony hihaona amin'ny ekipa mpitarika ianao ary hiresaka mikasika ireto zavatra manaraka ireto:

- Inona no dingana tsy maintsy atao hanombohana io departemanta vaovao io?
- Inona avy no zavatra ilaina?
- Iza no hitarika sy hanatanteraka ny fandaharanasa?
- Rahoviana no hatomboka ilay departemanta?

Tokony hosoratanao ny fanapahan-kevitrareo ary hotohizanao ny fitondrana am-bavaka izany. Rehefa tonga ny fotoana mety, dia azonao atao ny mampihatra ny paikadinao. Tsara kokoa raha manomboka amin'ny zavatra kely zakan'ny toebolanao. Ohatra, raha te hanomboka Departemanta Sekoly Alahady ianao dia tsara raha manomboka amin'ny kilasy telo: olon-dehibe, tanora ary ankizy. Azonao atao ny manendry olona hanompo eo amin'ny toeran'ny talen'ny Sekoly Alahady; na ianao mihitsy no manatanteraka ny andraikitra. Rehefa mitombo ny asa fanompoana dia azonao atao ny manokatra kilasy vaovao sy manendry mpitarika vaovao.

**Fifidianana mpitarika**

Ny fanalahidin'ny fahombiazan'ny departemanta dia ny mpitarika voafidy sy voahofana tsara. Rehefa mifidy mpitarika, ny olona tokony hotadiavinao dia izay manana hery anaty ho entina mitarika, izany hoe olona azonao ampiana ho tonga mpitarika. Ireo olona ireo dia tokony "feno ny Fanahy sy fahendrena" (Asa 6:3). Fanampin'izany, tsy maintsy feno finoana, ary tsy maintsy manohana ny vinan'ny fiangonana.

**Fanofanana mpiasa**

Sarotra matetika ny mahita mpitarika efa manana fahaiza-manao. Noho izany, ny pasitera mahomby dia tsy mitsahatra mampivelatra mpitarika vaovao. Izany no nataon'i Jesosy. Tao anatin'ny vavaka no nifidianany roa ambin'ny folo lahy hofanina ho tonga apostoly (Lioka 6:12-13). Na dia lehilahy tsotra aza izy ireo, dia hitan'i Jesosy fa nisy hery anaty ahafahana mitarika tao anatiny. Hoy Izy

taminy: “Andeha hanaraka Ahy, fa hataoko mpanarato olona ianareo” (Mat. 4:19). Rehefa nanaraka Azy izy ireo dia novolavolainy ho tonga mpitarika lehibe.

Rehefa mandray mpitarika vaovao hitarika departemanta na mifidy olona hiara-miasa aminy dia tena zava-dehibe ny fampanantenana fanofanana. Lazao amin’ny olona hoe: “Hiara-mandeha aminao izahay sady hampianatra anao ny fomba hanatanterahanao ny asa fanompoanao”. Azonao tanterahana amin’ny fomba samihafa io fihofanana io: seminera, fanoloran-tsaina ny tsirairay ary fomba maro samihafa. Raha tian’ny fiangonana ny hanana mpitarika maro, ny pasitera dia tsy maintsy manana drafitra entina manofana ny mpitarika.[8]

## Famoronana toe-tsain’ny ekipa

Mba hahatonga ny Departemantan’ny asa fanompoana ao anatin’ny fiangonana hiroborobo, tsy maintsy mamorona fahatsapana ho manana tanjona sy fahatokiana eo amin’ny mpitarika sy ny mpiasa ianao. Io toe-tsain’ny ekipa io no hanosika azy ireo hiara-hiasa sy hanome ny tsara indrindra azony atao ao anatin’ny asa. Io toe-tsain’ny ekipa io dia azonao kolokoloina amin’ny alalan’ny fampahatsiahivana azy ireo ny vinan’ny fiangonana sy ny fanehoana ny maha zava-dehibe ny andraikitra sahanin’izy ireo ao anatin’ny fanatanterahana ny vina.

Tokony hihaona matetika amin’ny mpitarika departemanta sy ny mpiasa ao anatiny ianao hampahery azy ireo sy hizara ny fandresena sy ny tanjona amin’izy ireo. Tokony hankasitrahanao ampahibemaso sy homenao voninahitra noho ny asa vitany koa ny mpiasa mahatoky (Rom. 13:7).

---

Ny departemantan’ny fiangonana dia tena manana andraikitra goavana ao anatin’ny fahafahan’ny fiangonana Pentekôtista manatanteraka amim-pahombiazana ny iraka lehibe napetrak’i Kristy sy ny Didiny lehibe. Noho izany, ny pasitera Pentekôtista mahomby dia mampivelatra departemanta matanjaka ao anatin’ny fiangonana.

---

[8] Raha te handalina mikasika ny fanofanana mpiasa ho amin’ny asa fanompoana eo amin’ny fiangonam-paritra ianao dia jereo ny Toko 33: “Fanetsehana Mpitarika Laika”.

## ~ Toko 35 ~

# Fanaraha-maso ny mpikambana ao amin'ny fiangonana

Alaivo sary an-tsaina ny Sekolim-panjakana anankiray tsy manana hevitra mazava mikasika ny maha izy azy sy tsy mahafantatra izay tsy mpianatra ao amin'ny sekoly. Tsy mba misy fisoratana anarana ao aminy ary tsy raketiny an-tsoratra ny ezaka vitan'ny mpianatra. Mazava fa ny sekoly tahaka izany dia tsy hahita fahombiazana. Azontsika lazaina fa tahaka izany koa ny fiangonana. Ny fiangonana tsy mahafantatra mazava ny maha izy azy sy ny mpikambana ao aminy ary tsy mahomby amin'ny fandraisana an-tsoratra ny fivoarany ara-panahy dia tsy ho tonga fiangonana matanjaka mihitsy.

Amin'ny maha pasitera Pentekôtista, tsy maintsy azonao antoka fa voatantana tsara ny fiangonana tarihanao. Iray amin'ny zavatra manan-danja ao anatin'izany fitantanana izany ny fanoratana ny anaran'ny mpikambana. Ny fahaizana mitantana ny lisitrin'ny mpikambana dia manampy ny fiangonana amin'ny fanatanterahana ny andraikitra nomen'Andriamanitra amin'ny fikarakarana ny ondry sy ny fitoriana ny fialzantsara amin'ny very. Ity toko ity dia hiresaka mikasika ny andraikitrao amin'ny fanaraha-maso ny lisitrin'ny mpikambana.

# IZAY AMBARAN'NY BAIBOLY MIKASIKA NY MAHA MPIKAMBANA

Na dia tsy miresaka mivantana mikasika ny maha mpikambana ao anatin'ny fiangonana araka ny hita ao anatin'ny fiangonana amin'izao androntsika izao aza ny Baiboly dia manohana izany hevitra izany kosa.

**Fototra ara-baiboly mikasika ny maha mpikambana**

Tany amin'ny Testamenta Taloha no niandohan'ny hevitra momba ny mpikambana ao anatin'ny fiangonana. Ao no ahitantsika an'Andriamanitra nizara fifandraisana manokana tamin'ny firenena Isiraely. Olony izy ireo ary Izy kosa Andriamaniny. Tany an'efitra, Andriamanitra dia nametraka drafitra nandaminana ny Olony. Nandidy an'i Mosesy Izy hoe: "Alao isa ny fiangonana, dia ny Zanak'Isiraely rehetra, araka ny fokony sy ny fianakaviany avy, ary araka ny anarany tsirairay" (Nom. 1:2). Nampiasain'i Mosesy sy Arona io fanisana ny vahoaka io mba hifidianana izay hitarika, hanompo ary hiaro ny vahoakan'Andriamanitra.

Ao amin'ny Testamenta Vaovao, Stefana dia niantso ny Isiraely hoe "Fiangonana [Grika: *ekklesia*] tany an'efitra". Manerana ny Testamenta Vaovao, ny teny hoe *ekklesia* dia adika hoe "fiangonana". Io anarana io dia manondro ny fikambanan'ny olona nantsoina hiala amin'izao tontolo izao mba hanaraka an'i Kristy sy hampandroso ny Irany eto an-tany.

Hoy i Jesosy: "haoriko ny fiangonako" (Mat. 16:18). Ny nanombohany io dingana io dia ny fanasana olona hanaraka Azy (Mat. 4:19). Avy amin'ireo mpanara-dia azy ireo no nanendreny ny apostoly (Marka 3:13-14). Ny apostoly indray taty aoriana nanendry diakona hanompo teo ambany fitarihan'izy ireo. Nandamina ny fahombiazan'ny fiangonana izy ireo. Vokany, "nihamaro indrindra ny isan'ny mpianatra tany Jerosalema" (Asa 6:1-7)

Mba hahatonga ny fiangonana eo amin'ny toerana iray handeha tsara araka ny tokony ho izy, ilaina ny hahafantaran'ny tsirairay izay mpikambana sy tsy mpikambana ao anatiny. Ny fiangonana voalohany dia nahazo tsara izany. Ho azy ireo, voafaritra mazava ny "ao anatiny" sy "any ivelany" raha ny maha mpikambana no resahana. Ohatra, nisy fotoana i Paoly nanome toromarika ny

fiangonana tany Korinto hanaisotra ny mpikambana nanota tsy ho ao anatin'ny fiangonana (1 Kor. 5:5, 13). Ny fitantanana tsara ny momba ny mpikambana dia hanampy ny pasitera Pentekôtista hanatanjaka ny mpino sy handroso amin'ny irak'Andriamanitra.

**Ny hevitrin'ny Baiboly momba ny maha mpikambana**

Ny maha mpikambana dia tsy tokony horaisina ho zavatra tsotra toy ny any amin'ny fikambanana sy ny orinasa. Ny maha mpikambana dia mbola lalina noho izany. Paoly dia nampitaha ny Fiangonana amin'ny tenan'ny olombelona, nantsoiny hoe "tenan'i Kristy" izany (1 Kor. 12:27). Noho izany, ny mpikambana tsirairay dia anisan'ny tenan'i Kristy, ary "dia toy izany koa isika, na dia maro aza, dia tena iray ihany ao amin'i Kristy, ary samy miara-momba ny tena isika rehetra" (Rom. 12:5). Tahaka ny nandaminana ny tenan'ny olombelona sy ananan'ny rantsana tsirairay andraikitra manokana, tahaka izany koa ny fiangonan'i Kristy.

## NY FEPETRA TAKIANA AMIN'NY MPIKAMBANA

Ao amin'ny Testamenta Taloha, Andriamanitra dia nametraka fenitra iainan'ny Olony. Ireo fenitra ireo dia voafintina ao anatin'ny Didy Folo (EKs. 20:1-17). Rehefa nitombo sy niely tany ankoatran'i Jerosalema fiangonana voalohany, ny apostoly dia notarihan'ny Fanahy Masina hametraka fepetra takiana amin'ny fandraisana ny Jentilisa ao anatin'ny fiangonana (Asa 15:19-20, 28-29). Amin'ny maha pasiteran'ny fiangonana Pentekôtista, tsy maintsy azonao antoka fa ny olona ekena ho mpikambana ao amin'ny fiangonana dia mahafeno ny fepetra takiana aminy, anisan'izany ireto manaraka ireto:

**Fahaterahana indray**

Ny fiangonam-paritra dia tokony ho fanehoana ny fiangonana maneran-tany. Ny fiangonana maneran-tany dia ahitana ny olona avy amin'ny firenena rehetra izay nametraka ny fitokisany amin'i Jesosy Kristy ka voavonjy. Izay rehetra naterakin'ny Fanahy marina ihany no ao anatin'izany (1 Kor. 12: 13). Noho izany, alohan'ny hahatongavan'ny olona iray ho mpikambana ao anatin'ny fiangonam-paritra, tsy maintsy efa mpikambana ao amin'ny fiangonana maneran-tany izy aloha. Ny Tompo mihitsy no tsy maintsy mampiditra azy ireo ao amin'ny

Fiangonany (Asa 2:47). Araka izany, raha te ho tonga mpikambana ao anatin'ny fiangonam-paritra ny olona dia tsy maintsy ateraka indray (Jaona 3:3-7).

**Batisa amin'ny rano**

Ny zavatra faharoa takiana amin'ny mpikambana ao anatin'ny fiangonana dia batisa amin'ny rano asitrika. Nandidy ny Fiangonana i Jesosy hoe: "koa mandehana ianareo, dia ataovy mpianatra ny firenena rehetra, manao batisa azy ho amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina" (Mat. 28:19; jereo ny Asa 2:38). Ny batisa amin'ny rano dia fijoroana vavolombelona ampahibemaso maneho ny nialan'ny olona iray tamin'ny fahafatesana ho amin'ny fiainana (Rom; 6:4).[1]

**Fiombonana finoana**

Ny zavatra farany takiana amin'ny mpikambana ao amin'ny fiangonana dia ny fanekena tanteraka ny fampianarana sy ny fitsipiky ny fiangonana (jereo ny 1 Kor. 1:10). Ity fitakiana ity dia miantoka ny fiombonan'ny fiangonana sy ny fifantohany amin'ny iraka nomen'Andriamanitra. Ao anatin'ny kilasy ho an'ny olona vaovao no hiresahana izany.

## FANDRAISANA MPIKAMBANA VAOVAO

Amin'ny maha pasitera, tsy maintsy azonao antoka fa ny fiangonana dia manana fomba fiasa voafaritra mazava tsara handraisana ny mpikambana. Ireto zavatra telo ireto no tokony handrafitra izany:

**Famporisihana ho mpikambana**

Tsy tokony hitsahatra hampahery ny mpino vaovao ho tonga ao amin'ny fiangonana ianao. Araka izany, tokony hanokana fotoana ianao ao anatin'ny fotoam-bavaka ataon'ny fiangonana hanazavana ny tombontsoa entin'ny maha mpikambana sy hanasana ny kristiana vaovao hirotsataka amin'izany. Azonao atao ihany koa ny miresaka manokana amin'izay hitanao fa tokony ho

[1] Raha te handalina bebe kokoa momba ny batisa dia jereo ny toko 42: "Fitarihana sakramenta, fanoloran-jaza ary ny maro hafa".

mpikambana. Izany no hiantoka fisin'ny mpikambana manampy isa tsy tapaka ny fiangonana. (Tsara nefa aloha ny manamarika fa ny olona vaovao tonga ao amin'i Kristy dia vokatrin'ny ezaka fitoriana ny filazantsara).[2] Fanampin'izany, tokony hanana taratasy firotsahana ho mpikambana vonona mandrakariva ianao.

## Fanomanana ho mpikambana

Tena zava-dehibe ny hananan'ny fiangonanao fitaovana hanomanana ny olona amin'ny firotsahana ho mpikambana. Fomba iray hanatanterahana izany ny fananganana kilasy ho an'ny mpikambana vaovao. Tokony hitohy mandavantaona io kilasy io. Azo atao isakin'ny Alahady maraina mandritra ny oran'ny Sekoly Alahady na amin'ny fotoana hafa izany. Ao anatin'io kilasy io, ny mpikambana dia hianatra mikasika ny tombontsoa sy ny andraikitrin'ny mpikambana ao anatin'ny fiangonana. Horesahantsika ato anatin'ity toko ity izay rehetra azo ampianarina ao anatin'io kilasy io.

## Fandraisana mpikambana

Rehefa nankatoavin'ny komity ny firotsahan'ny mpikambana vaovao dia tokony horaisina amim-pifaliana ao anatin'ny fankalazana ampahibemaso ao anatin'ny fotoam-bavaka alahady maraina izy ireo. Tokony hampandrosoina eny aloha avokoa ireo mpikambana vaovao ireo. Eo no handraisanao azy ireo ampahibemaso amin'ny maha mpikambana sy hivavahanao ho azy ireo. Ao anatin'izany ny fiangonana dia hanolotra azy ireo "ny tanana ankavanan'ny fihavanana" (Gal. 2:9). Eo koa no hanoloranao ny tsirairay avy amin'izy ireo ny taratasy fanamarinana ny maha mpikambana. Raha efa izany dia ampidirinao ao anatin'ny lisitrin'ny mpikambana ao amin'ny fiangonana ny anaran'izy ireo.

Fanampin'izany, tsara kokoa raha misy olona ao amin'ny ekipan'ny pasitera mamangy ny mpikambana vaovao any an-tokantrany. Ny fanaovana izany dia mampahafantatra azy ireo fa mankasitraha ny fanapahan-kevitra noraisiny ny fiangonana. Farany, ny mpikambana vaovao dia tokony hampifandraisinao

---

[2] Raha hianatra bebe kokoa momba ny fitoriana ny filazantsara dia jereo ny toko 37: "Fitorian ny filazantsara amin'ny very".

amin’ny asa fanompoana ao anatin’ny fiangonana toy ny asa fanompoan’ny vehivavy, ny asa fanompoan’ny lehilahy, ny sampana tanora sy ny maro hafa.

## NY ANDRAIKITRY NY MPIKAMBANA

Amin’ny maha pasiteran’ny fiangonana, tsy maintsy ataonao azo antoka fa ny mpikambana vaovao dia tonga saina tsara amin’ny andraikitra sy ny tombotsoa avy amin’ny maha mpikambana.

### Ny andraikitrin’ny mpikambana amin’ny fiangonana

Ny maha mpikambana ao anatin’ny fiangonana dia tonga miaraka amin’ny andraikitra. Ireto avy no tafiditra ao anatin’izany andraikitra izany:

*1. Famonjena fotoam-bavaka.* Ny mpanoratra ny Hebreo dia nampitandrina ny kristiana mba tsy hanamaivana ny fiarahana mivory. Nampahereziny hihaona tsy tapaka izy ireo mba hifampaherezana. Ny antony tokony hanaovana izany dia noho ny maha antomotra ny fiavin’i Jesosy (Heb.10:25). Tahaka izany koa, ny mpikambana ao anatin’ny fiangonana ankehitriny dia tokony ho mahatoky amin’ny famonjena ny fivoriam-bavaka ao amin’ny fiangonana misy azy. Ao anatin’izany izy ireo no mandray fampaherezana, midera an’Andriamanitra, miara-mivavaka, mandray fampianarana, manome ho an’ny asan’Andriamanitra ary mitombo fifandraisana maharitra amin’ny kristiana feno fanokan-tena.

*2. Fandehana amin’ny fahafenoan’ny Fanahy*. Ny mpikambana tsirairay ao anatin’ny fiangonana Pentekôtista dia tokony hanokan-tena amin’ny fandehanana ao amin’ny fahafenoan’ny Fanahy Masina (Gal. 5:25). Raha tsy mbola vita batisa amin’ny Fanahy Masina izy ireo dia tokony hikatsaka izany fahatsapana izany amin’ny fony rehetra (Asa 1:4-5; Efe 5:18). Raha efa feno ny Fanahy Masina izy ireo dia tsy maintsy manokan-tena hitohy handeha amin’ny fahafenoan’ny Fanahy (Gal. 5:16, 25).

*3. Fijoroana vavolombelona tsy tapaka*. Ny mpikambana tsirairay dia tokony ho vavolombelon’i Kristy (Asa 1:8). Tsy maintsy mizara amim-pahatokiana an’i Kristy amin’ny ankohonany, ny namany, ny mpiara-monina ary ny mpiara-miasa aminy izy ireo. Nandidy antsika i Jesosy hoe: “Aoka hazava eo imason'ny olona

toy izany koa ny fahazavanareo, mba hahitany ny asa soa ataonareo ka hankalazany ny Rainareo Izay any an-danitra" (Mat. 5:16).[3]

*4. Fiainam-pahamasinana*. Fomba iray hahafahan'ny Kristiana Pentekôtista mijoro ho vavolombelon'i Kristy ny fiainana amin'ny fahamasinana (1 Pet. 1:15; 2:9). Rehefa manao izany izy ireo dia maneho ny fitiavany an'Andriamanitra. Fanampiny, ny fomba fiainan'izy ireo dia fijoroana vavolombelona amin'ity tontolo very ity mikasika ny atao hoe mpianatr'i Kristy (Fil. 2:15).

*5. Fanomezana amim-pahatokiana*. Ny mpikambana tsirairay ao anatin'ny fiangonana dia tokony hanohana ara-bola amim-pahatokiana ny fiangonana (1 Kor. 16:2). Rehefa manome ny fahafolon-karenany sy ny fanatitra izy ireo dia mampatanjaka ny tenan'i Kristy sy mampandroso ny fanjakan'Andriamanitra eto an-tany. Ambonin'izany, ny fanomezana amim-pifaliana dia sady mahafaly an'Andriamanitra no manokatra ny varavaran'ny Fitahiany eo amin'ny fiainan'izy ireo (2 Kor. 9:7-8; Lioka 6:38).

*6. Fanompoana amim-pahavitrihana*: Ankoatr'izay rehetra voaresaka teo aloha, ny mpikambana tsirairay dia natao hahita ny toerany ao amin'ny fanompoana ao amin'ny fiangonana. Rehefa manao izany ny mpikambana tsirairay dia mihamatanjaka ny fiangonana. Amin'ny maha pasitera, tsy maintsy miasa ianao mba hahatakaran'ny mpikambana ny fanomezam-pahasoavany sy ny hanokanany ny tenany amin'ny fampiasana izany ho fanompoana an'i Kristy sy ny fiangonana.

*7. Firehetam-po amin'ny vavaka.* Iray amin'ny marika hahafantarana ny tena Pentekôtista marina ny firehem-po amin'ny vavaka. Ny mpikambana tsirairay dia tokony hivavaka amim-pahatokiana ho an'ny pasitera, ny fiangonana, ny fiarahamonina ary ny mpikambana any amin'ny fiangonana hafa. Tokony hampaherezinao ny sasany amin'izy ireo hivondrona ao anaty ekipa iray, ho mpanao vavaka fifonana.

---

[3] Raha handalina momba ny fitarihana ny mpino handeha amin'ny fahafenoan'ny Fanahy dia jereo ny toko 11: "Manandratra ny fahatsapana sy ny fanao Pentekôtista" sy ny toko 20: "Fitarihana ny mpino amin'ny Batisa amin'ny Fanahy Masina".

*8. Toetra tia miara-miasa*. Farany, ny mpikambana dia tokony hihazona toetra tia miara-miasa. Ny toetra tahaka izany dia mandray anjara amin'ny fiombonan'ny fiangonana (Efe. 4:3). Hanampy ny fiangonana tsy ho variana amin'ny disadisa tsy misy antony fa hifantoka amin'ny fanatanterahana ny iraka napetrak'Andriamanitra.

**Ny andraikitry ny fiangonana amin'ny mpikambana**

Tsy ny mpikambana ao amin'ny fiangonana ihany no manana andraikitra amin'ny fiangonana, ny pasitera sy ny fiangonana ihany koa dia manana andraikitra amin'ny mpikambana:

*1. Fandraisana mafana.* Voalohany, tsy maintsy azonao antoka fa ny mpikambana vaovao dia voaray tsara sy tafiditra amin'ny fomba feno ao anatin'ny fiainan'ny fiangonana. Ny sasany amin'ireny olona vaovao ireny dia niala tamin'ny olona na ny zavatra nahazatra azy. Niditra ao anatin'ny tontolo vaovao izy ireo ary kely ihany ny zavatra fantany mikasika izany. Noho izany, tokony ho azonao antoka fa ireo mpikambana vaovao ireo dia mahazo ny fanampiana ilainy hahafahany miaina ao anatin'ny fiaraha-monina vaovao. Tsy maintsy manao ny ezaka rehetra ianao mba hahatsapan'izy ireo ny tenany ho tena mpikambana marina ao anatin'ny ankohonan'Andriamanitra.

*2. Fanompoana fiderana tena tsara.* Faharoa, amin'ny maha pasitera, andraikitrao amin'ny mpikambana ao amin'ny fiangonana, na vaovao na tranainy ny fanolorana fahatsapana fiderana mampiorina. Amin'ny teny hafa, tsy maintsy omaninao tsara ny fanompoana fiderana ao amin'ny fiangonana ary tokony ho avo lenta ny kalitaony. Ny fomba hanaovana izany dia ny fiezahana manomana sy mitory hafatra ara-baiboly sy manainga fanahy. Tsy maintsy azonao antoka koa fa ny fizarana tsirairay ao anatin'ny fanompoam-pivavahana dia matihanina. Ao anatin'izany ny fiderana, ny fanatitra, ny filazana, ary ny zavatra samihafa rehetra ao anatin'ny fotoana. Fanampin'izany, ianao sy ekipa mpitarika ao anatin'ny

fiangonana dia tsy maintsy mandona ny fotoam-bavaka rehetra ao anatin'ny vavaka mba hahatonga ny fanatrehan'ny Fanahy Masina hahery vaika.[4]

*3. Fiahian'ny mpitandrina*. Ankoatr'izany, amin'ny maha mpiandry ondry dia andraikitrao ny manao izay hahatonga ny mpikambana tsirairay hanana ny lanjany sy ho voakarakara. Tsy maintsy manahaka an'i Jesosy izay niantso ny tenany hoe: "Mpiandry Tsara; [izay] manolotra ny ainy hamonjy ny ondry" (Jaona 10:11) ianao. Tsy maintsy vonona hanompo ny mpikambana faran'izay ambany indrindra ianao (Lioka 15:1-7).[5]

*4. Vavaka amim-pahatsorana.* Manaraka, amin'ny maha pasitera Pentekôtista, tsy maintsy mahatoky amin'ny fivavahana ho an'ny mpikambana ao amin'ny fiangonana ianao. Tsara kokoa raha mamorona lisitrin'ny anaran'izy ireo ianao mba hitari-dalana anao rehefa mivavaka. Azonao ampiasaina io lisitra io rehefa mivavaka ho an'ny mpikambana ianao isan'andro. Fanampin'izany, mandritra ny fotoan-tsarotra eo amin'ny fiainan'izy ireo, ianao sy ny ekipa mpitarika miaraka aminao dia tokony ho vonona hampahery sy hivavaka ho azy ireo.[6]

*5. Fampianarana ara-baiboly:* Amin'ny maha pasitera Pentekôtista mahatoky, tsy maintsy ataonao izay handraisan'ny fiangonana fampianarana marina ara-baiboly. Io fampianarana io dia tokony ho azo ampiharina sy mifanaraka amin'ny fiainan'ny olona. Hanampy azy ireo hitombo sy ho tonga kristiana matotra izany. Tokony harahanao maso ihany koa ny fampianarana ao anatin'ny kilasy Sekoly Alahady sy ny vondrom-bavaka hahatonga izany ho sady ara-baiboly no mampiorina.[7]

---

[4] Raha handalina mikasika ny fanompoana fiderana ianao dia jereo ny toko 18: "Fitarihana ny fiangonana amin'ny fiderana".

[5] Jereo ny toko 24: "Fikarakarana ny ondry".

[6] Raha liana amin'ny resaka momba ny pasitera Pentekôtista sy ny vavaka dia jereo ny toko 8: "Laharam-pahamehanan'ny vavaka".

[7] Raha handalina mikasika ny maha mpampianatra ny pasitera Pentekôtista dia jereo ny toko 17 "Fampianarana mahomby". Ny voalohany *Living the Truth (Miaina amin'ny fahamarinana) sy ny Roots of Faith (Fakan'ny Finoana)* dia fitaovana tena tsara ampiasaina

*6. Fiarovana amin'ny fampianaran-diso.* Amin'ny maha pasitera, tsy maintsy mitandrina ny ondrin'Andriamanitra sy miaro azy ireo amin'ny mpaminany sy ny mpampianatra sandoka ianao (jereo ny Asa 20:28-29). Fomba iray hahafahanao manao izany ny fampianarana ny fahamarinan'ny tenin'Andriamanitra. Ny fomba manaraka dia fanondroana ireo mpampianatra sandoka amin'ny alalan'ny fanazavana ny maha diso ny lalan'izy ireo. Azonao atao koa ny miaro ny mpikambana amin'ny mpaminany sy ny mpampianatra sandoka amin'ny alalan'ny tsy famelana ny "amboadia mitoha" hahazo ny polipitran'ny fiangonanao (Mat. 7:15).[8]

*7. Fahafahana manompo:* Ny mpikambana vaovao dia tokony homena fahafahana manompo ao anatin'ny fiangonana. Tokony hasainao avy hatrany izy ireo hanompo amin'ny fomba tsotra. Hanampy azy ireo hifamatotra amin'ny fiangonana izany. Hanampy azy ireo hahatakatra dieny eo am-boalohany ihany koa fa ny fanompoana an'Andriamanitra dia mihoatra noho ny famonjena fotoam-bavaka. Tafiditra ao anatin'izany koa ny fanompoana amin-kafanam-po.

*8. Fanatanterahana fanambadiana sy fandevenana.* Farany, amin'ny maha pasiteran'izy ireo, tsy maintsy miara-mandeha amin'ny mpikambana amin'ny fiangonanao ao anatin'ny fiovana lehibe samihafa eo amin'ny fiainana ianao. Tokony hanome fihofanana sy tolotsaina ho an'izay hiroso amin'ny fanambadiana ianao sady hanatanteraka ny fankalazana izany. Tokony hitarika fotoam-bavaka fandevenana sy hanohana ary hampahery ny ankohonana mana-manjo ihany koa ianao.[9]

---

amin'ny fanaovana mpianatra Pentekôtista. Ireo azo alaina ao amin'ny tranokalan'ny Africa Theological Training Service (ATTS): https://africaatts.org/resources/.

[8] Raha mila fanazavana bebe kokoa mikasika ny fiarovana ny fiangonana amin'ny mpampianatra sandoka dia jereo ny toko 27: "Fiandrasana ny ondry".

[9] Raha handalina momba ny fitarihana fankalazana fanambadiana sy fandevenana dia jereo ny toko 41: "Fanatanterahana ny fanambadiana sy fandevenana.

## FIVORIAN'NY MPIKAMBANA

Ny fivorian'ny mpikambana dia tena zava-dehibe tokoa ho an'ny fiangonana Pentekôtista. Ao anatin'ireny fivoriana ireny no hiarahan'ny mpikambana mandinika mikasika ny raharaham-piangonana. Eo koa no hanaovan'ny pasitera sy ny mpitarika ny tatitra mikasika ny fandrosoan'ny fiangonana, ny fanamby ary ny zavatra ilaina. Isan-taona no tokony hanaovana ny fivorian'ny mpikambana. Azo atao koa nefa ny miantso fivoriana manokana raha misy ilàna izany.

Ny fivorian'ny mpikambana dia fotoana tena tsara hiresahana mikasika ny fotoana manan-danja ho avy sy hizaranao ny vinanao amin'ny fiangonana. Ny fivorian'ny mpikambana ihany koa dia manome fahafahana ny mpikambana hiresaka mikasika ny fanantenana sy ny nofin'ny fiangonana. Tena tokony hararaotinao mihitsy ity fivoriana ity. Mba hahafahanao manao izany, tsy maintsy miomana tsara ianao. Isaky ny fivoriana, tokony ho tonga miaraka amin'ny lahadinika voaomana mazava tsara sy ny tatitra mifanaraka amin'ny vanim-potoana ianao.

Ho fanampin'ny fivorian'ny mpikambana, tokony hanana fivoriana hiarahana amin'ny ekipa mpitarika (loholona sy diakona) fara fahakeliny indray mandeha isam-bolana ianao mba hiresahana mikasika ny raharaham-piangonana. Mandritra io fivoriana io no hivavahanao ho an'ny ekipa mpitarika. Eo koa handinihana ny raharaham-piangonana, hampitana ny vina, ary hametrahana paikady entina mampitombo ny fiangonana.

Tokony hanana fivoriana hiarahana amin'ireo mpitarika asa fanompoana ao anatin'ny fiangonana toy ny departemanta Sekoly Alahady, ny mpanao vondrm-bavaka, ny asa fanompoan'ny lehilahy sy vehivavy, ny asa fanompoan'ny tanora, ny komitin'ny asa misiona, ny komitin'ny fananganana fiangonana, ny komitin'ny fitoriana filazantsara, ny mpanao vavaka fifonana sy ny maro hafa ihany koa ianao.[10]

---

[10] Raha te handalina mikasika ny fiaraha-miasa amin'ny mpitarika asa fanompoana ianao dia jereo ny toko 33 "Fanetsehana mpitarika laika" sy ny toko 34: "Fitarihana ny Departemantan'ny fiangonana".

## FIFEHEZANA NY MPIKAMBANA TSY MANKATO

Ho avy ny fotoana tsy maintsy hifehezana ny mpikambana tsy mankato ao am-piangonana. Izany fifehezana izany dia fampiharana ny fahefan'ny tenin'Andriamanitra izay napetraka ho andraikitrin'ny fiangonana (Mat. 18:15-20; Lioka 17:3; Jaona 20:23; 1 Kor. 5:1-5; Efe. 5:11; 1 Tim. 5:19-20). Amin'ny maha pasiteran'ny fiangonana, tsy tokony handositra ity andraikitra ity ianao. Rehefa mitranga izany dia tsy maintsy maneho fahasahiana sy fangorahana ianao satria fantatrao tsara ny tanjona roan' ny fampiharana fifehezana: ho fanadiovana ny fiangonana (Asa 5:9-11) sy fanarenana ilay nanao fahadisoana (Gal. 6:1).

Raha hitanao sy ny komitin'ny fiangonana fa mitaky fampiharana ny fifehezana ny toe-javatra miseho, ny tokony hataonareo dia manaraka ny fomba famahana olana napetrak'i Jesosy ao amin'ny Matio 18:15-20. Misy dingana telo ao anatin'io fomba fiasa io. Voalohany, mandeha ny pasitera na ny mpitarika voatendry ary miresaka amin'ilay olona nitondra fanafitohinana mikasika ny andraikiny sy miangavy azy hibebaka. Raha tsy nahavaha olana izany dia ampiantsoina ao anatin'ny fivoriana atrehan'ny pasitera sy ny komity ilay mpikambana. Raha mbola tsy mety mibebaka ilay mpikambana nanota dia entina eo anatrehan'ny fivorian'ny mpikambana ao anaty fivoriana manokana ny raharaha. Ny mpikambana ara-dalàna sy mavitrika ao anatin'ny fiangonana ihany no manatrika ity fivoriana ity. Izay fanapahan-kevitrin'ny mpikambana eo no farany. Raha hita fa tena meloka ilay olona dia azo atao ny manaisotra azy tsy ho mpikambana ao anatin'ny fiangonana (Mat. 18:17). Kanefa, amin'ny toe-javatra sasany dia fanapahan-kevitra tsotra kokoa noho izany no mety.

# ~ Fizarana 9 ~

# Ny pasitera Pentekôtista ao anatin'ny iraka

# ~ Toko 36 ~

# Mahatakatra ny paikadin'ny Testamenta Vaovao

Ny Baiboly dia mitantara ny tantara mampientanentan'ny fitohizan'ny irak'Andriamanitra dia ny fanavotana ny olona very. Resahany ao ny fanentanany ny olona rehetra manaraka Azy handray anjara ao anatin'ny Irany. Noho izany, ny pasitera Pentekôtista tsirairay dia tsy maintsy manokana ny tenany amin'io asa faran'izay manan-danja io. Tsy maintsy manontany ny tenantsika isika hoe: "Ahoana no hahafahako mitarika ny fiangonako amin'ny fomba tsara kokoa amin'ny fanatanterahana ny irak'Andriamanitra eto amin'ny firenena misy ahy, manerana an'i Afrika ary manerana izao tontolo izao?" Ny valiny dia izao: tsy maintsy manaraka ny modelin'ny iraka napetrak'i Jesosy sy ny apostoly.

Tamin'ny alalan'ny fiainany sy ny asa fanompoany, Jesosy dia naneho mazava tsara ny fomba hahafahan'ny fiangonana manatanteraka ny irak'Andriamanitra. Azon'ny apostoly tsara izany ka nanaraka ny ohatra nasehon'i Jesosy izy ireo. Amin'ny maha pasitera Pentekôtista sy mpandova ny irak'i Kristy, tsy maintsy manao tahaka izany isika. Antsoina hoe "Paikadin'ny Fanahy Masina ao amin'ny Testamenta Vaovao" io modely io matetika. Ity toko ity dia handinika amim-pahamalinana io paikady io. Hisy toromarika azonao pasitera Pentekôtista

eto Afrika entina mampihatra io paikady io ao amin’ny fiainan’ny fiangonanao ihany koa hozaraina ato.

## NY TANJONA MISIONERAN’NY ASAN’NY APOSTOLY

Lioka dia nanoratra ny bokin’ny Asan’ny Apostoly niaraka tamin’ny tanjona misionera. Nanoratra izy mba hiantsoana ny fiangonana tamin’ny vanim-potoanany – sy ny fiangonana mandritra ny taona maro mifandimby – hiverina amin’ny fototra Pentekôtista sy misionera. Ny fitantarana ny fomba nanombohan’ny fiangonana, sy ny nandresen’izy ireo tao anatin’ny fanenjehana mafy noho ny herin’ny Fanahy Masina, no nantenain’i Lioka hampaherezana ny mpamaky hanao tahaka izany. Noho izany, nanoratra i Lioka mba hanehoana paikady misionera mahomby any amin’ny kolontsaina tsirairay sy ny vanim-potoana samihafa mandrapahatongan’ny fotoana hiverenan’i Jesosy.

Ny tanjona voalohan’i Lioka tamin’ny nanoratany dia voambara ao amin’ny Asan’ny Apostoly 1:8, izay nilazan’i Jesosy tamin’ny Mpianany hoe: “Fa hahazo hery ianareo amin'ny hilatsahan'ny Fanahy Masina aminareo, ary ho vavolombeloko any Jerosalema sy eran'i Jodia sy Samaria ary hatramin'ny faran'ny tany”. Ireo tenin’i Jesosy ireo no fanalahidy amin’ny fahatakarana ny irak’Andriamanitra natolotra ao amin’ny Asan’ny Apostoly. Manolotra modely miverimberina manerana ny boky ireo.

*Ny fanafiana ny herin’ny Fanahy Masina*
*— mamokatra mandrakariva —*
*Vavolombelona voatafy ny herin’ny Fanahy Masina*

Io modely io no antsoina hoe “vavolombelona-anton’ny fanafiana hery”. Ny antony dia satria modelin’ny teny, ny hevitra, na ny vanim-potoana miverimberina manerana ny boky io. Ao amin’ny Asan’ny Apostoly, io modely io no miverimberina. Isaky ny mirotsaka ny Fanahy Masina, ny vokatr’izany dia vavombelona voatafy ny herin’ny Fanahy. Tsy misy ny miavaka.[1]

---

[1] Raha handalina bebe kokoa mikasika ity lohahevitra ity dia jereo ny boky ao anatin’ny Andiany fahitan-java-baova: *Acts: The Spirit of God in Mission* (Asan’ny

Ny teny fikasana ao amin'ny Asan'ny Apostoly 1:8 dia mbola mihatra ankehitriny. Tahaka ireo mpianatra voalohany, afaka mandray hery koa isika rehefa tonga amintsika ny Fanahy Masina. Tahaka azy ireo, afaka ho vavolombelon'i Kristy voatafy ny herin'ny Fanahy isika na eo amin'ny toerana misy antsika na any amin'ny faran'ny tany.

## PAIKADIN'NY TESTAMENTA VAOVAO

Ndeha hojerentsika ny fomba nampiharan'i Paoly ny paikadin'ny Asan'ny Apostoly 1:8 tao amin'ny tanàna Romana antsoina hoe Efesosy (Asa 19: 1-11). Ao anatin'ny fanaovantsika izany dia ho hitantsika fa ny paikadin'i Paoly dia tahadikan'ny paikady nampiasain'i Jesosy tamin'ny fanetsehana ny Fiangonany. Io dia paikady izay no tsy maintsy ampiasaintsika Pasitera Pentekôtista ankehitriny hanetsehana ny fiangonantsika amin'ny fitoriana ny filazantsara, ny fananganana fiangonana, ary ny irak'Andriamanitra.

### Ny asa fanompoana fakantahaka tao Efesosy

Tamin'ny alalan'ny fitantarana ny asa fanompoan'i Paoly tany Efesosy no nanehoan'i Lioka ny fahafenoan'ny paikady nampiasain'i Paoly tao anatin'ny asa naha misionera. Ndeha hojerentsika ny fomba nampiharany ny paikadin'ny Fanahy tamin'ny fananganana fiangonana, tsy tany Efesosy ihany fa nanerana an'i Asia Minora.

### Ny firotsahan'ny Fanahy Masina tany Efesosy (Asa 19:1-7)

Tonga tany Efesosy niaraka tamin'ny tanjona voafaritra mazava tsara tao an-tsainy i Paoly. Araka ny fitantaran'i Lioka, eo amin'ny andininy 10 no ahitantsika ny tanjony izay tanteraka tao anatin'ny roa taona: "nandre ny tenin'ny Tompo izay rehetra nonina tany Asia, na Jiosy na jentilisa". Ny hanatratra an'i Efesosy sy Asia Minora amin'ny hafatr'i Kristy no tanjon'i Paoly. Nisy paikady mazava ho entina manatanteraka izany tao an-tsainy. Eto isika dia handinika ny asa fanompony tany

---

Apostoly: Ny Fanahin'Andriamanitra ao anatin'ny Iraka) nosoratan'i Denzil R. Miller ary novokarin'ny Africa's Hope.

Efesosy ao amin’ny Asan’ny Apostoly 19:1-11. Ndeha ary isika hijery izay nataon’i Paoly tany Efesosy.

Rehefa tonga tao an-tanàna i Paoly dia nahita mpianatra roa ambin’ny folo. Mpitarika avy ao amin’ny fiangonana vao nisondrotra tao Efesosy izy ireo (Asa 18: 24-27). Avy hatrany i Paoly dia nanontany azy ireo: “Efa noraisinareo va ny Fanahy Masina, fony vao nino ianareo?” (19:2). Nametraka izany fanontaniana izany ny apostoly mba hahitany raha efa manana ny fitaovana ilaina amin’ny fandraisana anjara amin’ny iraka fanatrarana an’i Efesosy sy Asia amin’ny filazantsara izy ireo. Nampihatra ny fampianaran’i Jesosy ao amin’ny Asa 1:4-8 izy (jereo ny Lioka 24:49).

Taorian’ny resandresaka fohy, nametra-tanana tamin’ireo roa ambin’ny folo ireo i Paoly ary “nilatsaka taminy ny Fanahy Masina; ary niteny tamin'ny teny tsy fantatra izy sady naminany” (Asa 19:6). Ny fehezanteny hoe: “nilatsaka taminy ny Fanahy Masina” dia mampahatsiaro antsika ny teny fikasan’i Jesosy ao amin’ny Asan’ny Apostoly 1:8. Hoy izy “Fa hahazo hery ianareo amin'ny hilatsahan'ny Fanahy Masina aminareo ary ho vavolombeloko”. Izany dia manampy antsika hahatakatra ny zavatra mitranga eto amin’ity andalana ity. Ny Fanahy Masina dia “nilatsaka” tamin’ireo lehilahy ireo tahaka ny nilatsahany tamin’ny mpianatra tamin’ny Pentekosta mba hanafy hery azy ireo ho vavolombelona “any Jerosalema sy eran'i Jodia sy Samaria ary hatramin'ny faran'ny tany”.

Raha vao tonga tamin’ireo Efesiana roa ambin’ny folo ny Fanahy Masina dia “niteny tamin'ny teny tsy fantatra izy sady naminany”, maneho izany fa notafian’i Kristy hery izy ireo mba hiteny amin’ny Anarany.

**Ny fitoriana ny filazantsara tany Efesosy (Asan’ny Apostoly 19:8-11)**

Raha vao voatafy ny herin’ny Fanahy Masina ireo lehilahy ireo dia natombokin’i Paoly ny hetsika fitoriana ny filazantsara sy fananganana fiangonana. Nitohy nandritra ny roa taona izany ary vokany, “nandre ny tenin'ny Tompo izay rehetra nonina tany Asia” (and.10). Zava-bita mahatalanjona izany:! Tao anatin’ny roa taona monja, ny olona rehetra tany Asia—na dia ireo avy amin’ny kolontsaina sy fanao hafa aza—dia nandre ny filazantsara.

Fanampin'izany, betsaka ny fiangonana niorina. Tafiditra ao anatin'io isa io fiangonana fito tany Asia voaresaka ao amin'ny Apokalypsy 2 – 3.

**Ny paikadin'ny Fanahy**

Ny tantaran'ny asa fanompoan'i Paoly tany Efesosy no ohatra feno indrindra nentin'i Lioka naneho ny paikady misioneran'ny apostoly. Io no mamintina ny paikady nampiasain'i Paoly nandritra ny dia misionera voalohany sy faharoa nataony. Io paikady io dia azontsika pasitera Pentekôtista ampiasaina tsara ao anatin'ny ezaka fitoriana ny filazantsara sy fananganana fiangonana amin'izao androntsika izao. Ndeha hojerentsika akaiky ireo paikadin'ny Fanahy ireo. Misy andry telo ao anatin'io paikady io dia ireto izany:

*1. Andry voalohany: Fanafiana hery*. Ny andry voalohany ao anatin'ny paikady misioneran'i Paoly dia ny fanafiana hery. Misy lafiny roa ny fanafiana hery. Ny voalohany dia ny fanafiana hery ny misionera tenany. Avy eo, fanafiana hery ny fiangonana, na ny fiangonana hatsangana. Ndeha hojerentsika ny tsirairay avy amin'ireo singa ireo.

Feno ny Fanahy Masina i Paoly tamin'ny fotoana nahatongavany tany Efesosy. Noho izany, nanao asa fanompoana tamin'ny herin'ny Fanahy Masina izy araka ny toromarika nomen'i Jesosy ao amin'ny Asan'ny Apostoly 1:8. Ny nametrahany tanana tamin'ny mpianatra roa ambin'ny folo ho fampaherezana azy ireo ho feno ny Fanahy Masina no maneho fa feno ny Fanahy Masina izy. Ao amin'ny bokin'ny Asan'ny Apostoly, Lioka dia nanome ohatra maro maneho ny asa fanompoana feno ny Fanahy Masina nataon'i Paoly (ohatra, Asa 9:17-20; 13:4-5, 9-11; 14:8-10; 15:12).

Takatr'i Paoly tsara nefa fa tsy ampy raha izy ihany no feno ny Fanahy Masina. Fantany fa raha tiana hiroborobo ny asa dia ny fiangonana tany Efesosy mihitsy no tsy maintsy notafiana ny herin'ny Fanahy Masina. Noho izany, raha vao tonga tao an-tanàna i Paoly, ny zavatra nataony voalohany dia ny nanao izay hahatonga ny mpino ho vita batisa amin'ny Fanahy Masina. Izany no antony nanontaniany ny mpianatra roa ambin'ny folo hoe: "Efa noraisinareo va ny Fanahy Masina, fony vao nino ianareo?" Ary izany no antony nivavahany avy hatrany mba handraisan'izy ireo ny Fanahy. Noho izany, ny singa roa manan-danja ao

amin’ity andry ity dia ny fanafiana hery ny misionera ary ny iray izay manan-danja tahaka azy ihany dia ny fanafiana hery ny fiangonana.

Noho izany, voatafy hery, ny fiangonana tany Efesosy dia tonga ivon-toerana mahery vaikan’ny hetsika misionera, nanatrarana ny toerana tsirairay tao amin’ny faritany. Ireo singa roa ireo, ny fanafiana hery ny pasitera sy ny fanafiana hery ny fiangonana ireo no tsy maintsy hita ao anatin’ny paikady misionerantsika ankehitriny. Aseho an-tsary antsika eto ambany io paikady

---

**“PAIKADIN’NY FANAHY MASINA”**
**AO AMIN’NY TESTAMENTA VAOVAO**

(Asan’ny Apostoly 19:1-11)

Andry 1: Fanafiana hery

- Ny misionera
- Ny fiangonana

Andry 2: Fijoroana Vavolombelona

- Fanambarana
- Fampisehoana

Andry 3: Fanetsehana

- Fanofanana
- Fanirahana

---

*2. Andry faharoa*: *Fijoroana Vavolombelona.* Ny andry faharoa ao anatin’ny paikady misioneran’i Paoly dia ny fijoroana vavolombelona. Tsy zavatra mahagaga izany satria fijoroana vavolombelona feno fahasahiana no vokatra antenaina amin’izany vita batisa amin’ny Fanahy Masina (Asa 1:8; 4:31). Tahaka ny tamin’ny fanafiana hery, ny fijoroana vavolombelona ihany koa dia ahitana singa roa: fanambarana sy fanehoana (jereo ny kisary1)

Voalohany, Paoly dia nitondra ny fanambaran'i Kristy tamin'ny alalan'ny fanambarana tamin-kery ny filazantsara. Nanomboka io fanambarana io rehefa "niteny tamin'ny teny tsy fantatra sady naminany" ireo mpianatra roa ambin'ny folo. Rehefa mampiasa ny Asan'ny Apostoly 1:8 ho fanalahidin'ny fandikana isika dia mahatakatra tsara fa ny faminanian'izy ireo dia fanambarana ny filazantsara voatafy ny herin'ny Fanahy tamin'ny very, tahaka ilay fanambarana ara-paminaniana nataon'i Petera tamin'ny Andro Pentekosta (2:14).

Ambaran'i Lioka amintsika avy eo fa i Paoly dia "niditra tao amin'ny Synagoga ka niteny tamin'ny fahasahiana, dia niady hevitra telo volana ka nampanaiky ny amin'ny fanjakan'Andriamanitra" *(Asan'ny Apostoly 19:8).* Ao amin'ny Asan'ny Apostoly, ny fanambarana ny fanjakan'Andriamanitra dia mitovy amin'ny fanambarana ny vaovao mahafaly mikasika an'i Kristy 8:12; 28:23, 31). Ho fanampin'ny fanambarana an'i Kristy tao amin'ny Synagoga, hoy i Paoly nitantara ny zavatra hafa nataony: "nampianariko anareo teo imason'ny olona ary tao amin'ny isan-trano; ary nambarako tamin'ny Jiosy sy ny jentilisa koa ny fibebahana amin'Andriamanitra sy ny finoana an'i Jesosy Kristy Tompontsika" " (20:20-21). Ny fijoroana vavolombelona am-bava nataon'i Paoly tany Efesosy dia niaraka tamin'ny *fanehoana* ny herin'ny fanjakana tamin'ny alalan'ny famantarana izay nanaraka izany (19:11-20).

Tahaka ny tamin'ny voalohany, ny andry faharoa tamin'ny paikady misioneran'ny Fanahy nampiasain'i Paoly dia misy singa roa: fanambarana amim-pahasahiana ny filazantsara sy fanehoana ny herin'ny fanjakana amin'ny alalan'ny famantarana. Tsy isalasalana fa ny fijoroana vavolombelon'ireo mpiara-miasa tamin'i Paoly izay vao feno ny Fanahy Masina dia nahitana fanambarana sy fampisehoana. Ireo singa roa ireo koa no tokony hanamarika ny fijoroana vavolombelon'ny fiangonana Pentekôtista eto Afrika amin'izao androntsika izao.

*3. Andry fahatelo: Fanetsehana*. Ny andry fahatelo tao anatin'ny paikady misionera nampiasain'i Paoly dia ny fanetsehana. Raha vao voatafy ny herin'ny Fanahy Masina ny fiangonana—ary voatory ny filazantsara—dia nanomboka nanetsika ny fiangonana ho amin'ny iraka teo amin'ny faritra manodidina i Paoly. Eo amin'ny Asan'ny Apostoly 19:10 no ahitantsika ny fanetsehana: "Ary naharitra roa taona ngarangidina izany, ka dia nandre ny tenin'ny Tompo izay rehetra nonina tany Asia, na Jiosy na jentilisa". Tsy niala tao Efesosy i Paoly kanefa nahavita

nanatratra an'i Asia tamin'ny filazantsara tao anatin'ny roa taona monja. Tamin'ny alalan'ny fanetsehana tamim-pahombiazana ny mpianatra no nahatanteraka izany.

Ny Soratra Masina dia maneho fa tamin'ny fomba roa no nanetsehan'i Paoly ny fiangonana Efesiana dia ny fanofanana sy ny fanirahana (jereo ny Kisary 1). Voalohany, Paoly dia *nanofana* mpiasa sy mpanangana fiangonana tao amin'ny trano fampianaran'i Tyrano (Asa 19:9). Ny teny nampiasaina ao anatin'ny andalana dia maneho ny antony sy ny vokatra avy amin'ny fifandraisana eo amin'ny fitarihana fanofanana nataon'i Paoly sy ny nandrenesan'ny olona rehetra niaina tany Asia ny tenin'ny Tompo tao anatin'ny roa taona. Inoana fa ny fandaharam-pianarana dia nahitana fanasongadinana tamin'ny fomba azo ampiharina ny fitoriana ny filazantsara sy ny fananganana fiangonana. Fanampin'izany, ny fiaraha-monina tao anatin'ny sekoly dia tsy maintsy vonton'ny fanatrehan'ny Fanahy.

Ny dingana fanofanana nataon'i Paoly ihany koa dia nahitana fanoloran-tsaina ao anatin'ny asa. Ny ahafantarana izany dia eo amin'ny Asan'ny Apostoly 19:8-9 izay nampandraisan'i Paoly anjara ireo mpianatra vao feno ny Fanahy Masina tao anatin'ny asa fanompoana fitoriana ny filazantsara. Io fifandraisana fanoloran-tsaina io dia voaporofon'ny fifandraisana akaiky teo amin'i Paoly sy ny mpianatra tao Efesosy (and. 9; 20:1, 17-18). Fomba fiasa misionera tena tian'i Paoly ny fanoloran-tsaina ny mpianany. Taty aoriana, nanoratra tamin'i Timoty izay tany Efesosy izy ary nanoro hevitra azy hoe: "Ary izay zavatra efa renao tamiko teo anatrehan'ny vavolombelona maro dia atolory ny olona mahatoky, izay hahay mampianatra ny sasany kosa" (2 Tim. 2:2).

Rehefa feno ny Fanahy Masina sy voahofana tsara ny mpianatra—na koa raha mbola tao anatin'ny fihofanana ny mpianatra—dia nirahan'i Paoly nitory ny filazantsara sy nanangana fiangonana misionera voatafy ny herin'ny Fanahy Masina tany amin'ny toerana samihafa nanerana ny faritany. Tsy isalasalana fa ny paikady nampiasain'ny mpanolo-tsaina azy no nampihariny. Ny fampiharana io paikady io no niteraka ny fitomboan'ny fiangonana tampoka nanerana ny faritra manontolo (Asa 19:10). Mazava ihany koa fa ny paikadin'i Paoly dia nahitana fanatrarana ireo olona avy amin'ny kolontsaina sy ny fanao samihafa izay nantsoin'i Lioka tamin'ny hoe "Jiosy na jentilisa".

**Ny ohatra nasehon'i Jesosy**

Tena zava-dehibe ny hanamarihana fa ny paikady nampiasain'i Paoly tany Efesosy sy Asia Minora dia tsy izy akory no namorona azy. Nanaraka fotsiny ny ohatra nasehon'i Jesosy tamin'ny nanirahany ny Fiangonany ho any amin'izao tontolo izao izy.

Jesosy dia nanetsika ny Mpianany tamin'ny alalan'ny *fanofanana* sy ny *fanirahana* azy ireo (Marka 3:13-15). Rehefa nandeha izy ireo dia nitory ny filazantsara sy naneho ny herin'izany tamin'ny alalan'ny famantarana (Marka 16:15-18). Talohan'ny nanaovan'izy ireo izany nefa dia niandry ny *fanafiana ny herin'ny Fanahy Masina* tao Jerosalema (Lioka 24:49; Asa 1:4-8) tahaka an'i Jesosy tenany izay notafiana ny herin'ny Fanahy izy ireo (Lioka 4:18-19; Asa10:38). Tamin'ny andro Pentekosta no voalohany niseho ny fanafiana hery ny mpianatra. Nitohy nandritra fotoana samihafa tao amin'ny tantaran'ny Asan'ny Apostoly ny fanafiana hery azy ireo. Ny nataon'i Paoly tamin'ny fitoriana ny filazantsara tany Efesosy dia fanarahana fotsiny ny ohatra nasehon'i Jesosy tamin'ny fanirahana ny fiangonana ho any amin'izao tontolo izao.

## NY LESONA HO ANTSIKA AMIN'IZAO FOTOANA IZAO

Amin'ny maha pasitera Pentekôtista, afaka mianatra lesona manan-danja avy amin'ny famakafakana ny asa fanompoana voatafy ny herin'ny Fanahy Masina nataon'i Paoly tany Efesosy isika. Ndeha ary hijery lesona telo avy amin'izany:

**Aoka hotafiana ny herin'ny Fanahy**

Voalohany, nianarantsika fa tsy tokony hanao ny asan'Andriamanitra amin'ny hery sy ny fahaizana maha olombelona antsika isika. Mifanohatra amin'izany, tahaka an'i Jesosy sy Paoly, tsy maintsy manao asa fanompoana ao anatin'ny hery sy ny hosotrin'ny Fanahy Masina isika. Araka ny bokin'ny Asan'ny Apostoly, tonga ny fanafiana ny herin'Andriamanitra rehefa atao batisa amin'ny Fanahy Masina sy tafiana ny herin'Andriamanitra isika. Mitoetra izany rehefa mandeha ao amin'ny Fanahy isika isan'andro.

Nianarantsika ihany koa fa raha tiantsika ho ivon-toerana mahomby amin'ny fitoriana ny filazantsara, ny fananganana fiangonana ary ny asa misiona ny fiangonantsika dia tsy maintsy atao izay hahatonga azy ireo hanana ny hery ara-

panahy ilaina amin'ny fanatrarana izany tanjona izany. Noho izany, amin'ny maha pasitera Pentekosta ny laharam-pahamehana ho antsika dia tsy maintsy ny hahita ny fiangonana voatafy ny herin'ny Fanahy Masina. Ny hahatratrana izany dia ny fitarihana avy hatrany izay tonga ao amin'i Kristy amin'ny batisa amin'ny Fanahy Masina sy ny fampianarana azy ireo hiaina fiainana feno ny Fanahy. Fanampin'izany, Tsy maintsy mitarika ireo olona ireo amin'ny fijoroana vavolombelona voatafy ny herin'ny Fanahy Masina ianao.[2]

**Mampiasà paikady ara-baiboly**

Faharoa, nianarantsika ny ilàna ny fampiasana paikady mifototra amin'ny Baiboly sy tarihan'ny Fanahy Masina amin'ny fanaovana ny asa fitoriana ny filazantsara, ny fananganana fiangonana ary ny iraka. Tany Efesosy, Paoly dia notarihan'ny paikady tahaka izany. Io paikady io dia nifototra tamin'ny taridalan'Andriamanitra fa tsy tamin'ny fahendren'olombelona. Nanaraka fotsiny ny paikady nampiasain'i Jesosy tamin'ny fanetsehana ny Fiangonany tamin'ny fanatanteraha ny iraka manerana izao tontolo izao izy.

Ny tanjon'i Paoly tamin'izany dia hampiely fiangonana misionera voatafy ny herin'ny Fanahy Masina nanerana an'i Asia. Ny tsirairay avy tamin'ireo fiangonana ireo dia nanana ny vina sy ny hery ara-panahy nilaina hananganana fiangonana hafa. Izany no nahatonga ny fiangonana nitombo nanerana an'i Asia sy nahatonga ny filazantsara voambara tamin-kery tamin'izay rehetra nonina tany—na Jiosy na Jentilisa.

Tsy maintsy manao tahaka izany koa ny pasitera Pentekôtista amin'izao androntsika izao. Mazava ho azy fa tsy maintsy miezaka manao izay hahavoavonjy ny olona isika. Kanefa, tsy maintsy azontsika tsara koa fa na dia ilaina aza ny fitoriana ny filazantsara, tsy ampy raha izany ihany. Tsy manangana sy mampiroborobo fiangonana misionera voatafy ny herin'ny Fanahy Masina isika—

---

[2] Raha liana amin'ny fampaherezana ny fiangonana hikatsaka ny Masina ianao dia jereo ny Toko 19: "Fitarihana ny fiangonana amin'ny fifohazam-panahy Pentekôtista". Raha handalina mikasika ny fitarihana ny mpino ao amin'ny fanafiana ny herin'ny Fanahy ianao dia jereo ny toko 20: "Fitarihana ny mpino amin'ny Batisa amin'ny Fanahy Masina".

fiangonana ahitana mpino vaovao feno ny Fanahy Masina, mianatra ny lalan'ny Tompo, voahofana hampandroso ny fanjakan'Andriamanitra amim-pahombiazana ary voahetsika sy nirahana hanao tahaka izany any amin'ny toerana akaiky na lavitra.

**Mihetsika miaraka amin'ny tanjona**

Farany, amin'ny zavatra rehetra ataontsika, tsy maintsy mihetsika miaraka amin'ny tanjona isika. Ny ankamaroan'ny zavatra atao ao am-piangonana dia tsy miaraka amin'ny tanjona mazava. Petra-kevitra no betsaka. Tsy tokony hihevitra isika hoe satria misokatra ny varavaram-piangonana isakin'ny Alahady dia ho avy ao am-piangonantsika ny olona. Tsy tokony hihevitra isika fa satria nanao ny "vavakin'ny mpanota" ny olona iray dia nateraka indray izy. Tsy tokony hihevitra isika fa feno ny Fanahy Masina ny mpino satria misy karazana fihetsika asehony etỳ ivelany. Tsy tokony hihevitra isika hoe satria ao anatin'ny fikambanan'ny fiangonana Pentekôtista ny fiangonana tarihantsika dia voatafy hery izany. Tsy tokony hihevitra isika fa satria mino ny vina misionera sy ny hafanam-po ny fiangonantsika dia manana izany. Mifanohitra amin'izany, tsy maintsy manana hevitra mazava mikasika ny tiantsika ho tanterahana isika, ary tsy maintsy mahafantatra ny fomba ho entintsika manatratra ny tanjontsika.

Tanjona no tsy maintsy manamarika ny fanapahan-kevitra sy ny hetsika rehetra ataontsika. Tsy maintsy mikatsaka ny tavan'Andriamanitra miaraka amin'ny fanirina ho feno marina (na hofenoina indray) ny Fanahy Masina isika. Tsy maintsy mitory ny filazantsara miaraka amin'ny fanirina hahita ny olona very hibebaka sy hateraka indray marina ihany koa. Farany, tsy maintsy manangana fiangonana izay ho tonga fiangonana misionera voatafy hery isika.

Ary ao anatin'izany rehetra izany, tsy maintsy mampita ny vinantsika sy ny paikady amin'ireo mpitarika izay atsangan'Andriamanitra ao anatin'ny fiangonana isika. Avy eo, tsy maintsy manetsika ny fiangonana hifantoka amin'ny fanatrarana ny tananantsika, ny fiangonantsika, ny faritra ary ny firenentsika amin'ny filazantsara isika. Izany no nataon'i Jesosy, ary izany koa no nataon'i Paoly mba hanatrarana an'i Asia manontolo tamin'ny filazantsara tao anatin'ny roa taona. Izany koa no tsy maintsy hataontsika ankehitriny.

# ~ Toko 37 ~

# Fitoriana ny filazantsara amin'ny very

Manao ahoana ny maha zava-dehibe ny fitarihana olona iray fotsiny ho an'i Kristy? Mazava ho azy fa ny olona iray dia manana lanja mandrakizay. Kanefa, ny hetsika kristiana feno fitiavana hataon'io olona iray io dia mety hanana lanja mandrakizay amin'ny olona maro, araka ny asehon'ity tantara manaraka ity.

Edward Kimball dia mpiasa tsotra tao amin'ny tsena iray tany Detroit, Michigan, USA. Mpampianatra Sekoly Alahady tao amin'ny fiangonana nisy azy koa izy. Tamin'ny 1854 i Kimball dia nihaona tamin'ny zazalahy fito ambin'ny folo taona antsoina hoe Dwight izy ary nitarika azy ho an'i Kristy. Nitombo io zazalahy io ary tonga evanjelista maneran-tany fantatra tamin'ny anarana hoe D. L. Moody. Moody no mpitaona fanahin'ny olona goavana voalohany indrindra teo amin'ny tantara. Taty aoriana, Moody dia nitarika an'i F. B. Meyer tao anatin'ny fitoriana ny filazantsara sy ny asa misiona, ary izy kosa nitarika an'i J. Wilbur Chapman, izay tonga mpanolo-tsaina ny evanjelista Billy Sunday. Izay rehetra mianatra ny tantaran'ny fiangonana môderina dia mahalala tsara fa ireo lehilahy ireo dia mpitory filazantsara nahery vaika avokoa. An-tapitrisany maro ny olona voababon'izy ireo ho an'i Kristy. Kanefa tsy nifarana hatreo ny tantara.

Ny asa fanompoan'i Billy Sunday no nanainga fanahy ilay mpitoriteny kalaza antsoina hoe Mordecai Ham. Noho izany, tamin'ny taona 1934, Ham dia nitory hafatra izay nanetsika an'i Billy Graham ho an'i Kristy. Billy Graham dia nitory ny filazantsara tamin'ny olona betsaka indrindra mihoatra noho izay rehetra nanao izany teo amin'ny tantara. Saino izany, jereo tsara ny vokatrin'ny nambaboan'ny mpampianatra Sekoly Alahady tsotra iray zazalahy teny amorondalana ho an'i Kristy. Ny tantaran'i Edward Kimball dia maneho ny maha zavadehibe ny hitarihan'ny pasitera Pentekôtista ny fiangonana amin'ny fitoriana ny filazantsara amin'ny fomba mahomby. Ity toko ity dia hiresaka mikasika ny fomba tsara indrindra hahafahana manatanteraka izany.

## FAMARITANA

Amin'ny maha pasitera Pentekôtista, tsy maintsy manana hevitra mazava mikasika ny fitoriana ny filazantsara sy ny fifandraisan'izany amin'ny fananganana fiangonana sy ny asa misiona ianao. Ireo hetsika telo ireo dia avy amin'ny Iraka Lehibe napetrak'i Kristy (Mat. 28:18-20; Marka 16:15-16), kanefa misy maha samy hafa azy.

### Fitoriana ny filazantsara

Ny fitoriana ny filazantsara dia fizarana ny filazantsara amin'ny very ka ny tanjona amin'izany dia ny hambabo azy ireo ho an'i Kristy. Tafiditra ao anatin'izany ny firesahana amin'ny olona ny momba an'i Jesosy sy ny asampanavotana nataony teo amin'ny hazo fijaliana, ary ny fiantsoana azy ireo hino Azy (Asa 16:31). Ny fon'ny filazantsara dia ny tantaran'ny nahafatesana sy nitsanganan'i Jesosy tamin'ny maty (1 Kor. 15:1-4). Ny fitoriana ny filazantsara dia mihoatra noho ny fandaharanasan'ny fiangonana, io mihitsy no antompisin'ny fiangonana. Ary io no andraikitra faratampony sahanin'ny kristiana tsirairay.

### Fananganana fiangonana

Na dia tafiditra ao anatin'ny fananganana fiangonana aza ny fitoriana ny filazantsara, mbola ahitana zavatra mihoatra noho izany izy. Ny fananganana fiangonana dia fandaminana izay rehetra voavonjy ho ao anatin'ny tenan'ny mpino. Mihaona tsy tapaka ireo mpino ireo mba hampitombo ny fisakaizana,

hivavaka, ary hianatra ny Tenin'Andriamanitra. Ny andraikitrin'ny olona nofidiana hitarika azy ireo dia ny hanao mpianatra ny mpino sy hamolavola azy ireo hitovy endrika amin'i Kristy. Ny mpino vaovao dia ampianarina ny fomba handaozany ny toetra talohany sy hiainany araka ny tenin'Andriamanitra ary hiresaka ny momba an'i Jesosy amin'ny olona hafa.

**Asa misiona**

Ny asa misiona matetika dia ahitana fitoriana ny filazantsara sy fananganana fiangonana. Kanefa, betsaka ny zavatra tsy itovizany. Ny asa misiona dia mitaky ny handaozan'ny misionera ny toeram-ponenany sy handehanany any amin'ny toerana vaovao, hianarany fiteny vaovao ary hampifanarahany ny fiainany amin'ny tontolo vaovao misy azy. Ao anatin'ny tontolo "vahiny" izany izy ireo no mambabo ny very sy manangana fiangonana vaovao.

Paoly no ohatra amin'ny atao hoe misionera. Niampita sisintany sy kolontsaina izy ka nanambara an'i Kristy tamin'ny very tany. Tao anatin'izany, nanangana fiangonana izy ary nanao izay nandrosoan'izany. Ho fiantohana ny firoboroboan'ireo fiangonana ireo dia nanendry loholona sy pasitera izy mba hitarika azy ireo. Tafiditra tao anatin'ny andraikitr'ireo pasitera ireo ny fitarihana ny fiangonana hitory ny filazantsara amin'ny very sy handefa misionera. Izany dia nitaky ny hanohizana hatrany ny asa fitoriana ny filazantsara, ny fananganana fiangonana ary ny asa misiona (jereo ny 1 Tes. 1:8).

## ANDRAIKITRIN'NY PASITERA

Hoy i Paoly raha nanoratra ho an'i Timoty zanany amin'ny finoana izay pasiteran'ny fiangonana tany Efesosy: "ataovy ny asan'ny evanjelista" (2 Tim. 4:5). Ny asan'ny evanjelista dia ny mambabo ny very ho an'i Kristy sy manofana ny hafa hanao tahaka izany koa (Efe. 4:11-12). Amin'ny maha pasitera Pentekôtista, mitondra izany andraikitra izany koa ianao. Ts maintsy mametraka drafitra hanetsehana ny fiangonana ho amin'ny fitoriana ny filazantsara mahomby ianao. Ireto avy no tokony ho hita ao anatin'io drafitra io: fanentanana, fanofanana ary fanirahana. Horesahantsika eto ambany ny momba azy ireo.

**Fanentanana**

Amin'ny maha pasitera Pentekôtista, ny andraikitrao voalohany indrindra amin'ny fanentanana ny fiangonanao ho amin'ny fitoriana ny filazantsara dia ny fambolena ao anatin'ny fon'izy ireo fitiavana fatratra ny fanahy very. Fomba iray hahafahanao manao izany ny fampianarana azy ireo izay voalazan'ny Baiboly mikasika ny fahaverezan'ny olombelona. Rehefa tsy manana fifandraisana mahavonjy amin'i Jesosy Kristy ny olona dia tsy manana fanantenana ary very mandrakizay. Ny hany fanantenana eto amin'ity fiainana ity, sy amin'ny fiainana ho avy dia ny fahalalana an'i Kristy. Tsy maintsy ataonao miraikitra ao am-po sy ao an-tsain'ny vahoaka tarihanao ireo fahamarinana ireo. Tsy maintsy mampahatsiaro azy ireo ianao fa zavatra tsy maintsy atao ny mizara ny filazantsara amin'ny olona very.

Mba hahatanteraka izany, mila miantehitra amin'ilay Fanahy Misioneran'Andriamanitra ianao. Tsy maintsy azonao antoka fa ny fiangonana dia feno ny Fanahy Masina sy voatafy hery (Asa 1:8). Tsy maintsy ataonao ihany koa izay hahatonga ny fanatrehana sy ny herin'ny Fanahy Masina hiseho ao anatin'ny fotoana rehetra ao amin'ny fiangonanao. Raha omena fahafahana ny Fanahy Masina dia hihetsika ao anatin'ny fon'ny olona, hamolavola azy ireo ary hanendry azy ho amin'ny asa fijinjana.

**Fanofanana**

Ny tetikady faharoa azonao ampiasaina hanetsehana ny fiangonanao ho amin'ny fitoriana ny filazantsara dia ny fanofanana. Izany no nataon'i Jesosy. Nanome toromarika ny Mpianany Izy hoe: “Andeha hanaraka Ahy, fa hataoko mpanarato olona ianareo” (Marka 1:17). Nanaraka ny Tompony ny mpianatr'i Jesosy, nihaino ny fampianarany, naka tahaka ny Fomba fiasany ary tonga mpitory ny filazantsara mahery vaika.

Izany koa no tsy maintsy mitranga ao anatin'ny fiangonana Pentekôtista misy antsika ankehitriny. Tsy maintsy mampianatra ny mpikambana ao amintsika hitory ny filazantsara amin'ny very tahaka ny nataon'i Jesosy sy ny apostoly isika. Ao anatin'izany, tsy maintsy ampianarintsika azy ireo koa ny fomba handehanana ao amin'ny Fanahy sy hamantarana ny feon'Andriamanitra rehefa mitarika azy ireo hijoro vavolombelona Izy (jereo Asa 8:29). Amin'ny maha pasitera

Pentekôtista, tsy maintsy ampianarinao ny olona ny fomba fanoloran-tena ho amin'ny hosotrin'ny Fanahy sy fatokiana Azy hiteny amin'ny alalan'izy ireo rehefa miresaka ny momba an'i Kristy amin'ny hafa izy ireo.

Fanampin'izany, tsy maintsy azontsika antoka koa fa ny olona masina dia mahazo tsara ny filazantsara ary afaka mampita izany mazava amin'ny hafa. Tsy maintsy hain'izy ireo koa ny fomba hitarihana ny olona ho eo amin'i Jesosy, hiantsoana azy ireo amin'ny fibebahana sy ny finoana. Iray amin'ny fomba entina manatanteraka izany ny fanaovana atrikasa fitoriana ny filazantsara voatafy hery indray mandeha isan-taona.

**Fanirahana**

Raha vao voaentana sy voahofana ny olona dia tsy maintsy irahana hanatanteraka ny asa. Izany no nataon'i Jesosy. Tafiditra tao anatin'ny fandaharanasa fanofanana nataony ny fanirahana ny Mpianany nitory ny filazantsara. Niverina nanao tatitra izy ireo avy any ary ny Tompo kosa nanombana ny zavatra vitany (jereo ny Lioka 9:6; 10:1-20). Taty aoriana, rehefa nifarana ny asa fanompoany teto an-tany dia naniraka ny mpianany ho vavolombelona "any Jerosalema sy eran'i Jodia sy Samaria ary hatramin'ny faran'ny tany" (Asa 1:8). Amin'ny maha pasitera Pentekôtista, tokony hanao tahaka izany koa ianao. Tokony haneho fiainana fitoriana ny filazantsara eo imason'ny olonao ianao. Tokony hanofana sy haniraka azy ireo ho amin'ny asa fanompoana ihany koa.

## FOMBA FITORIANA NY FILAZANTSARA

Amin'ny maha pasitera Pentekôtista mahatoky, tsy tokony hanao adala ianao ka ipetraka fotsiny amin'ny fahalainana ary hanantena ny olona eo amin'ny fiaraha-monina misy anao ho tonga ao amin'ny fiangonana. Tsy tokony koa ianao hanantena ny mpikambana ao amin'ny fiangonanao ho tonga vavolombelona tampoka amin'ny namany sy ny mpiara-monina aminy. Amin'ny maha pasitera, tsy maintsy mametraka ohatra sy mitarika ny olona ho amin'ny fijinjana ianao. Tsy maintsy mametraka paikady sy fandaharanasa ho entina manetsika ny fiangonana hitory ny filazantsara amim-pahombiazana ianao.

Afaka manao izany amin'ny alalan'ny fampiasa fomba fitoriana filazantsara isan-karazany ianao. Ny fifidianana io fomba io dia miankina betsaka amin'ny zava-misy eo amin'ny fiaraha-monina misy anao, ny mpihaino kendrenao ary ny fitarihan'ny Fanahy Masina anao. Ireto misy fomba fiasa vitsivitsy azonao ampiasaina.

**Fivoriam-bavaka mahazatra ao am-piangonana**

Ny fitoriana ny filazantsara no tsy maintsy ivon'ny fivoriam-bavaka mahazatra ao am-piangonana. Tsy maintsy mihevitra mandrakariva ireo olona very ao anatin'ny fiangonanao ianao. Tahaka an'i Paoly, tsy maintsy manapa-kevitra ny tsy hitory "afa-tsy Jesosy Kristy, indrindra fa Izy voahombo tamin'ny hazo fijaliana" (1 Kor. 2:1-2). Mampalahelo ny mahita mpikambana mitondra namana very any amin'ny fiangonana izay tsy itoriana ny filazantsara. Ny hafatra tsirairay dia tokony hahitana fanazavana ny drafitrin'ny famonjena sy fanasana ny olona hanatona an'i Kristy.

**Fitoriana ny filazantsara manokana**

Ho fanampin'ny fanambarana ny filazantsara mandritra ny fivoriam-bavaka mahazatra fanao ao am-piangonana, tsy maintsy azonao antoka ihany koa fa ny mpikambana tsirairay ao anatin'ny fiangonana dia mahay mizara ny filazantsara amin'ny olona any ivelan'ny fiangonana. Ity karazana filazantsara ity ilay antsoina hoe fitoriana ny filazantsara manokana.

*Fitoriana ny filazantsara isam-baravarana*: Ao anatin'ny ezaka fijoroana vavolombelona isam-baravarana, ny mpikambana tsirairay dia nohofanina sy nirahana hitety trano, hampahafantatatra ny tenany amin'ny olona ary hilaza amin'ny olona fa mihevitra azy ireo ny fiangonana. Ao anatin'izany izy ireo dia mivavaka ho an'ny zavatra ilain'ny olona sy mizara ny filazantsara amin'izay rehetra maneho fahalianana amin'izany.

*Fitoriana ny filazantsara amin'ny alalan'ny fisakaizana*. Tokony hampitao sy hampahery ny mpikambana ao amin'ny fiangonanao hivavaka mba hamonjena ny namany ianao. Tokony hangataka an'Andriamanitra hanokatra ny fon'ny namany sy hanome azy ireo fahafahana hizara ny filazantsara amin'izy ireo. Isan-taona dia azon'ny fiangonana atao ny mikarakara "Andron'ny namana" ka amin'io dia

ampaherezina ny mpikambana hanasa ny namany ho any am-piangonana. Homena voninahitra manokana ny namana rehetra tonga manatrika io fotoana io. Hafatra fitoriana ny filazantsara no hotorianao amin'io ary omeo fahafahana handray an'i Kristy ho Mpamonjiny izay rehetra manatrika.

*Fitoriana ny filazantsara amin'ny fomba fiainana*. Tokony hampianarinao ny olona ihany koa fa ny tena fitoriana ny filazantsara dia mihoatra lavitra noho ny hetsika na fandaharanasan'ny fiangonana: fomba fiaina. Ampaherezo izy ireo hijoro vavolombelona amin'ny alalan'ny fiainany sy ny fijoroana vavolombelony manokana. Tokony hisokatra mandrakariva amin'ny fahafahana mizara ny filazantsara isan'andro eo amin'ny fiainany izy ireo.

**Fitoriana filazantsara lehibe**

Ny Fitoriana ny filazantsara lehibe (antsoina hoe hoe fivoriana fifohazampanahy) dia fomba iray hafa hitarihana ny olona ho an'i Kristy. Tahaka izao no fizotran'ny fitoriana ny filazantsara lehibe: ianao sy ny mpitarika ao amin'ny fiangonanao no manomana ny fitoriana filazantsara lehibe, ary rehefa tonga ny fotoana mety dia ampahafantarina ny fiangonana sy ny fiaraha-monina izany. Rehefa akaiky ny fotoana voatendry dia manomboka mandona io hetsika io ao anatin'ny vavaka ny fiangonana. Ampaherezina ny mpikambana hanasa ny ankohonany, ny namany, ary ny mpiara-monina aminy hanatrika ny fitoriana ny filazantsara. Amin'ny maha pasitera, tsy maintsy ataonao azo antoka fa nanasa mpanao asa fanompoana manana firehetam-po ho an'ny olona very sy tsara laza amin'ny fitoriana ny filazantsara ianao. Tsy maintsy azonao antoka ihany koa fa ilay mpitoriteny dia tena manambara amim-pahatokiana ny filazantsara sy manome fahafahana ny olona handray ny famonjena.

**Fivoriana ankalamanjana**

Azonao atao koa ny mitondra ny fitoriana ny filazantsara lehibe eny ankalamanjana na eny amin'ny lalana falehan'ny besinimaro. Alaminao tsara ny ekipa mpitory ny filazantsara ary hirahanao mitory ny filazantsara eny an-tsena na eny amin'ny toerana ahitana olona betsaka. Fitoriana filazantsara fohy kanefa mahery vaika no ataon'izy ireo mandritra izany. Ireto avy no tokony ho hita ao anatin'ny fotoana: hira mahasarika ny olona, fijoroana vavolombombelona

manokana mikasika ny fahasoavan'Andriamanitra, fitoriana fohy ny hafatrin'ny filazantsara arahan'ny fanasana olona handray an'i Kristy.

**Fizarana asa soratra fitoriana ny filazantsara**

Fomba iray voaporofo fa azo entina mampiely ny filazantsara ny fizarana asa soratra. Azonao atao ny manendry andro handehanan'ny ekipa eny amin'ny toerana tena mety mba hizara asa soratra fitoriana ny filazantsara. Tokony hofidiana tsara ny asa soratra hozaraina. Tokony mahasarika, voasoratra tsara ary maneho mazava tsara ny filazantsara. Tokony ho hita ao anatin'ny asa soratra ihany koa ireto tsara ho fantatra manaraka ireto: anaran'ny fiangonana, ny adiresy, ny laharan'ny finday ary ny adiresy mailaka na tranokala raha misy.

**Vavaka mandehandeha**

Ny vavaka mandehandeha dia azo ampiasaina hanokafana toerana vaovao hitoriana ny filazantsara. Azo ampiasaina koa ity fomba fiasa ity mba hamoronana enta-mavesatra ao am-pon'ny mpino amin'ny fanatrarana faritra iray ho an'i Kristy. Azon'ny fiangonana atao ny mandamina tsiroaroa ny mpino ary maniraka azy ireo any amin'ny toerana nofidiana mialoha. Ao anatin'izany dia ataon'izy ireo izany izy ireo dia hangataka ny Fanahy Masina hiasa ao amin'ilay faritra sy hanokatra ny fon'ny olona handray ny filazantsara. Azo atao koa ny miditra ao anatin'ny ady ara-panahy mandritra io fotoana io, mihaika sy mamatotra ny demonia izay mihazona sy mamatotra ny olona ara-panahy sy ara-nofo.

Rehefa mandeha mivavaka manerana ny tanàna ny mpino dia tokony hisokatra tsara amin'izay fahafahana mivavaka ho an'ny olona sy manolotra ny filazantsara mety mitranga. Ny vavaka mandehandeha dia fomba iray tena tsara entina manomana ny tany ho an'ny fiangonana vaovao.

**Fitoriana amin'ny alalan'ny haino aman-jery**

Raha manana fahafahana ara-bola ny fiangonana dia azo atao ny mampiasa ny haino aman-jery hitoriana ny filazantsara. Ny fahitalavitra sy ny onjam-peo moa no tiana resahana ao anatin'izany. Azo atao koa ny mitory ny filazantsara amin'ny alalan'ny aterineto sy ny tambazotra sosialy. Rehefa manomana ity karazana fitoriana ny filazantsara ity ianao dia tsarovy fa raha tsy tsara kalitao ny

fandaharanao dia tsy hahasarika olona hanatona ny fiangonana fa maika azy hampihodina azy ireo.

### Fananganana fiangonana

Ny fikarohana dia mampiseho fa ny fananganana fiangonana no fomba fitoriana ny filazantsara mahomby indrindra. Betsaka kokoa ny olona manatona an'i Kristy amin'ny alalan'ny fiangonana vaovao noho ny amin'ny alalan'ny fiangonana tranainy efa miorina. Sady mitombo arak'isa ny fiangonana no mitombo koa ny faritra tratra rehefa manangana fiangonana.[1]

### Fomba hafa hitoriana ny filazantsara

Tokony hisokatra amin'ny fomba fitoriana filazantsara hafa ianao. Ny tena zava-dehibe dia izao: amin'ny maha pasitera Pentekôtista, tsy maintsy misokatra amin'ny fitarihan'ny Fanahy Masina mandrakariva ianao amin'ny famoronana sy fanomanana hetsika fitoriana ny filazantsara.

## FOTOANA FANARARAOTRA HITORIANA FILAZANTSARA

Nampahery ny kristiana tany Efesosy i Paoly hoe: "ka hararaoty ny andro azo anaovan-tsoa, fa ratsy izao fiainana izao" (Efe. 5:16). Rehefa misy toe-javatra miova dia misy fahafahana mitory ny filazantsara miseho amin'ny endrika vaovao. Amin'ny maha pasitera Pentekôtista, tsy maintsy manaraka tsara ny fitarihan'ny Fanahy Masina sy vonona hamaly ny zavatra ilaina ianao rehetra mitranga izany. Ireo ohatra efatra manaraka ireto izao dia tena fotoana fanararaotra tokoa.

### Manoloana ny krizy

Ny korontana eo amin'ny fiaraha-monina toy ny ady, ny mosary, ny aretimifindra, ny haintany, ny rivo-doza, ny andiam-balala, ary ny loza voajanahary maro hafa dia manome fahafahana goavana ho an'ny fiangonana hizara ny vaovao ùmahafalin'i Kristy. Mitady valiny ny olona mandritra ny fotoanan'ny krizy. Noho

---

[1] Ny fananganana fiangonana dia voaresaka ao amin'ny toko 39: "Fananganana fiangonana".

izany, misokatra kokoa ho an'ny Tompo ny fony. Ny hafatra kristiana: fitiavana dia manolotra fanantenana ho an'izay maratra sy mijaly noho ny korontana nitranga. Ao anatin'izany koa ianao sy ny fiangonanao dia tokony ho vonona hanatratra azy ireo amin'ny alalan'ny fitiavana sy ny fangorahana. Tokony hitady fomba hanompoana ireo manana zavatra ilaina ianareo. Miaraka amin'izany, tokony hanararaotra araka izay azo atao ny fahafahana mitory ny filazantsara ihany koa.

**Fanatrarana ny fiaraha-monina Silamo**

Tsy mitsahatra mitombo sy miely manerana an'i Afrika ny fiaraha-monina Silamo. Tsy mitsahatra manimba sy mandravadra faritra maro eto Afrika ihany koa ireo Silamo mahery fihetsika. Noho izany, betsaka ny Silamo no diso fanantenana amin'ny fivavahany. Ny fiangonanao dia tokony hamolavola paikady misionera hitoriana ny filazantsara amin'ireo Silamo diso fanantenana ireo.

**Tambazotram-pifandraisana**

Fifandraisana ao anaty tambazotra toy ny ankohonana, ny namana, ny mpiara-monina ary ny mpiara-miasa dia fomba iray azo ampiasaina ho toy tetezana voajanahary mitondra amin'ny fitoriana ny filazantsara. Any amin'ny faritra ambanivohitra eto Afrika moa izy ity no ilaina bebe kokoa. Betsaka amin'ireo olona ao anatin'ny fiaraha-monina no manana zavatra maro iraisana. Ao anatin'izany, ny fanapahan-kevitrin'ny mpitarika hiova fo dia hisy fiantraikany amin'izay rehetra mifandray aminy. Ny fitoriana filazantsara ao anatin'ny tambazotram-pifandraisana dia nahitana fahombiazana sy tombontsoa maro nanerana an'i Afrika.

**Paikady fiaraha-miasa**

Ny famoronana paikady fiaraha-miasa amin'ny fiangonana sy ny fikambanana mitovy saina amin'ny tena dia mety ho fomba iray tena mahomby amin'ny fitoriana ny filazantsara amin'ny very. Mitombona tanteraka izany ao anatin'ny fiarahana manatanteraka ezaka ho an'ny asa misiona. Ny fiangonanao dia tokony hiara-miasa amin'ny fiangonana sy ny fikambanana hafa amin'ny fanomanana fandaharam-potoana manokana entina manatratra ampahany amin'ny

fiaraha-monina toy ny kamboty, ny ankizy mirenireny eny an-dalana, na ireo niharan'ny loza voajanahary.

## SINGA TENA ILAINA

Na dia betsaka aza ny fomba fitoriana ny filazantsara azon'ny pasitera Pentekôtista hampiharina, zavatra telo no tsy maintsy hita mandrakariva: Fanambarana ny filazantsara, herin'ny Fanahy Masina, ary vavaka amin'ny hafanam-po.

**Fanambarana ny filazantsara:**

Raha te hanatratra ny very, tsy maintsy toriana ny filazantsara (Marka 16:15; 1 Kor. 9:16). Hoy i Paoly: "Fa izay rehetra miantso ny anaran'ny Tompo no hovonjena" (Rom. 10:13). Taorian'io izy dia nametraka andiana fanontaniana manan-danja: "Hataony ahoana ary no fiantso izay tsy ninoany? Ary hataony ahoana no fino izay Olona tsy reny? Ary hataony ahoana no fandre raha tsy misy mpitory?" (and. 14). Tsy misy famonjena raha tsy eo ny fandrenesana sy finoana ny filazantsara. Noho izany, amin'ny maha pasitera Pentekôtista, ianao dia tokony ho vonona hizara ny filazantsara amin'ny olona very amin'ny fotoana rehetra (Rom. 1:15-16). Tokony hampitao ny fiangonanao hanao tahaka izany koa ianao.

**Herin'ny Fanahy Masina**

Tsy misy hetsika fitoriana ny filazantsara tokony hatao tsy miaraka amin'ny herin'ny Fanahy Masina. Nandidy ny Mpianany i Jesosy hoe: "koa mandehana ianareo, dia ataovy mpianatra ny firenena rehetra" (Mat. 28:19). Kanefa, alohan'izany dia hoy izy: "mitoera eto an-tanàna mandra-panafiana anareo amin'ny hery avy any amin'ny avo" (Lioka 24:49; jereo koa ny Asa 1:4-8). Mbola mitohy hatramin'ny ankehitriny io modely io—voalohany fanafiana hery, avy eo fanambarana.

Ny modelin'ny fitoriana ny filazantsara ao amin'ny Testamenta Vaovao dia ahitana toriteny voahosotrin'ny Fanahy sy voamarin'ny famantarana sy fahagagana (Mat. 10:7-8; Marka 16:17). Tsy tokony hitory ny filazantsara fotsiny isika fa haneho ny heriny koa, indrindra isika aty Afrika. Ny ankamaroan'ny Afrikana dia avy amin'ny fanompoan-tsampy, filalaovana ody ratsy ary ny

fanompoana fanahy. Fivavahana mampanantena hery hanoherana ny herin'ny maizina no tena tadiavin'izy ireo.

Ny pasitera Pentekôtista hendry noho izany dia tsy maintsy manindry ny batisa amin'ny Fanahy Masina, ny fanafiana hery ho amin'ny asa fanompoana ary ny fanehoana ny asan'ny fanomezam-pahasoavana ao anatin'ny fitoriana ny filazantsara. Kanefa, tsy maintsy azonao antoka tsara fa ny hafatrin'ny filazantsara dia tsy mivadika ho fampisehoana fahagagana.

**Vavaka amin'ny hafanam-po**

Farany, ny hetsika fitoriana ny filazantsara tsirairay ataon'ny fiangonana dia tokony lomana ao anatin'ny vavaka amin'ny hafanam-po. Ny vavaka tahaka izany no fanalahidy mampahomby ny fitoriana ny filazantsara. Avy ao anatin'ny vavaka amin'ny hafanam-po no tokony hitosaka ny hetsika fitoriana ny filazantsara rehetra. Mandritra ny vavaka isika dia miantso an'Andriamanitra hanafy hery ny olona masina, hitarika ny diany, hanosotra ny toriteniny, hanao famantarana sy fahagagana ary hanokatra ny fon'ny olona hitoriany ny filazantsar (jereo Asa 4:29-30).

---

Ny fitoriana ny filazantsara no fon'ny antom-pisin'ny fiangonana. Ny fiangonana tsy mahomby amin'ny fanatrarana ny very amin'ny herin'ny Fanahy Masina dia tsy tokony hiantso ny tenany hoe Pentekôtista. Noho izany, amin'ny maha pasitera Pentekôtista marina anao, tsy maintsy mitarika ny fiangonana amim-pasahiana amin'ny fanatrarana ny very ho an'i Kristy ianao.

# ~ Toko 38 ~

# Fanompoana ny fiaraha-monina

Notarihan'ny Fanahy Masina hanangana sekoly ambaratonga fototra tao amin'ny efitra iray tao amin'ny fiangonana ny pasiteran'ny fiangonana kely anankiray tany Afrika atsinanana. Hoy izy: "Te hanampy ny fiaraha-monina amin'ny alalan'ny fanolorana fanabeazana tsara kokoa izahay. Te hanao ny anjaranao amin'ny fanafoanana ny tsy fahaizana mamaky teny sy manoratra sy ny habadoana eo amin'ny fiaraha-monina misy anay izahay". Na dia tsy nanam-bola sy tsy nanana traikefa tamin'ny fitantanana sekoly aza ilay pasitera dia nino fa Andriamanitra no niteny taminy. Noho izany, niroso tamin'ny fanaovana drafitra izy.

Satria mila lalimoara ny sekoly hitehirizana ny fitaovana fampianarana dia ny tao an-tranony no nafindrany tao amin'ny sekoly. Namidiny koa ny sasany tamin'ny fananany mba hividianana latabatra, seza, boky ary fitaovana isan-karazany. Nanomboka nanatanteraka ny vinany izy. Satria tsy nanana vola nanakaramana mpiambina ny sekoly izy dia ny tenany ihany no nanao izany asa izany. Tao anatin'izany rehetra izany dia natoky izy fa Andriamanitra no hanohana sy hitarika azy. Nihandroso sy nihanitombo tsikelikely ilay sekoly.

Nandinika ilay pasitera ny olona teo amin'ny fiaraha-monina ary tsy ela dia voahetsikin'ny vinany sy ny fiahiny ny zavatra nilain'izy ireo. Vokany, nanomboka nanome vola nanampiana ny Sekoly izy ireo. Rehefa tonga ny fotoana, Andriamanitra dia nanokatra lalana nahafahan'ny fiangonana nanorina efitrano fianarana maromaro; ireo efitrano fianarana ireo dia naorina araka ny fenitra notakian'ny governemanta tamin'ny sekoly. Tatỳ aoriana, nahazo tany ny fiangonana ary nampiasainy nanitarana ny sekoly izany. Hoy ilay pasitera "mikasa hanorina efitrano fianarana sy toerana filalaovana ho an'ny ankizy isika. Mbola tsy tonga any amin'izay tian'Andriamanitra hisy antsika isika, kanefa mahatoky Andriamanitra, ary Izy no hanampy antsika handroso. Anisan'ny sekoly tsara indrindra eto amin'ny faritra misy antsika izao ny sekolintsika".

Tamin'ny zavatra rehetra nataony, ny pasitera sy ny mpiara-miasa taminy tao amin'ny sekoly dia nitoetra nahatoky tamin'ny baiko napetrak'i Kristy dia ny fizarana ny filazantsara tamin'ny very. Noho izany, betsaka ny mpianatra tonga kristiana. Fanampiny, ny hatsaram-panahin'ny sekoly dia nanokatra ny fon'ny ray aman-dreny maro hanolotra ny fiainany ho an'i Jesosy. Nampiasain'Andriamanitra nanokafana varavarana nitoriana ny filazantsara tamin'ny fiaraha-monina silamo nanodidina azy ihany koa io sekoly io.

Ohatra iray amin'ireo fomba maro hahafahanao, pasitera Pentekôtista mitarika ny fiangonanao amin'ny fiahiana ny fiaraha-monina misy anao izany. Ato amin'ity lesona ity isika dia hamakafaka izany lohahevitra izany. Voalohany, ity toko ity dia hametraka ny fototra ara-baibolin'ny asa fanompoana Holistika. Ny asa fanompoana holistika dia asa fanompoana kristiana izay mikatsaka ny hanompo ny olona manontolo, izany hoe ny saina, ny fanahy ary ny tena. Ity toko ity koa dia hanolotra torohevitra azo ampiharina hanampy ny fiangonanao handray anjara amin'ny fiahiana ny fiaraha-monina.

## BAIKON'NY BAIBOLY

Ao anatin'ny resaka asa misiona, ny fanontaniana mipetraka matetika dia: "Inona no tena zava-dehibe, ny fitoriana ny filazantsara amin'ny very sa ny fiahiana ireo manana zavatra ilaina?" Ny valiny dia izao: tsy misy zavatra manan-danja amin'ny fiangonana noho ny fitarihana ny mpanota ho ao amin'i Kristy. Ny fiangonana dia tsy maintsy mandray anjara amin'ny fitoriana filazantsara sy ny

fiahiana ny fiaraha-monina. Ireo dia samy fanehoana ny fiavian'ny fanjakan'Andriamanitra. Amin'ny ankapobeny, ny pasitera Afrikana dia tena mahomby tokoa amin'ny fitarihana ny olona ao amin'i Kristy sy ny fananganana fiangonana. Hita kosa nefa fa tsy dia tena mahomby loatra amin'ny fiahiana amim-pahombiazana izay maratra izy ireo.

Amin'ny maha pasitera Pentekôtista, tsy maintsy sorohanao ny tafahoatra amin'ireo lafiny roa ireo. Voalohany, tsy maintsy sorohanao ny fitoriana ny filazantsara fotsiny tsy miaraka amin'ny fiahiana ireo olona mijaly manodidina anao. Faharoa, tsy maintsy sorohanao koa ny fiahiana ny zavatra ilain'ny olona ara-batana fotsiny tsy miaraka amin'ny fizarana ny filazantsara amin'izy ireo.

Marina ny fanamarihan'ny olona anankiray: "Tsy nitory ny filazantsara tamin'ny fomba feno tamin'ny olona iray isika raha tsy mbola naneho azy ny fitiavan'i Kristy. Tsy naneho tamin'ny fomba feno ny fitiavan'i Kristy tamin'ny olona iray koa nefa isika raha tsy nitory ny filazantsara taminy". Ndeha hojerentsika akaiky izay voalazan'ny Baiboly mikasika io lohahevitra manan-danja io.

**Fanarahana ny ohatra nasehon'i Jesosy**

Jesosy no modelin'ny asa fanompoantsika. Nanao asa fanompoana tamin'ny olona manontolo izy: ny saina, ny vatana ary ny fanahy. Rehefa hanomboka ny asa fanompoana i Jesosy dia izao no nambarany: "Ny Fanahin'i Jehovah no ato amiko, Satria nanosotra Ahy hitory teny soa mahafaly amin'ny malahelo Izy; Naniraka Ahy hitory fandefasana amin'ny mpifatotra Izy, Sy fampahiratana amin'ny jamba, Hanafaka izay nampahorina, Hitory ny taona ankasitrahan'i Jehovah" (Lioka 4:18-19). Noho izany, ny nanamarika ny asa fanompoan'i Jesosy dia ny fanambarana ny filazantsara sy ny fiahiana ny zavatra nilain'ny olona.

Ny fiangonana ao amin'ny bokin'ny Asan'ny Apostoly dia nanaraka ny modely napetrak'i Jesosy. Nitory ny filazantsara izy ireo, nanasitrana ny marary, nandroaka demonia ary niahy izay nanana zavatra nilaina manokana. Ohatra amin'ny fiahian'ny fiangonana ny olona manana zavatra ilaina ny fiahiana ny mpitondratena grika tao Jerosalema (Asa 6:1). Ohatra iray amin'izany koa ny valiny nasetrin'ny fiangonana tany Antiokia ny mosary nanjo ny olona masina tao Jerosalema. Rehefa nahare ny faminaniana nataon'i Agabo ny mpianatra dia:

"ninia hampitondra zavatra araka ny ananany hamonjy ny rahalahy izay nonina tany Jodia. Dia nataony izany, ary ny tànan'i Barnabasy sy Saoly no nampitondrainy izany ho any amin'ny loholona" (Asa 11:29-30).

**Baiko roa lehibe**

Jesosy dia nametraka iraka roa lehibe ho an'ny fiangonana. Ny iray antsoina hoe Iraka Lehibe (Mat. 28:18-20) ary ny faharoa kosa nantsoina hoe Didy Lehibe (Mat. 22:34-40). Amin'ny maha pasitera mahatoky, tsy maintsy mitarika ny fiangonana amin'ny fankatoavana ireo baiko roa ireo ianao. Ao anatin'ny Iraka Lehibe, Jesosy dia nandidy antsika hoe: "mandehana, dia ataovy mpianatra ny firenena rehetra". Ao anatin'ny didy lehibe kosa izy dia mandidy antsika hitia an'Andriamanitra sy hitia ny namantsika tahaka ny tenantsika. Ao anatin'ny fanoharana ny amin'ilay Samaritana tsara fanahy, Jesosy dia nampianatra fa ny namantsika dia izay rehetra mihaona amintsika ka manana zavatra ilaina manokana—tsy miankina amin'ny foko na ny firazanany. Ilay Samaritana tsara fanahy dia naneho ny fitiavany ny namany tamin'ny alalan'ny fijanonana sy fanompoana ilay lehilahy naratra. Hoy i Jesosy amintsika: "Mandehana ianao, ka mba manaova toy izany koa" (Lioka 10:37).

**Fomba fijery hafa avy ao amin'ny Baiboly**

Toerana maro hafa ao amin'ny Baiboly no miresaka amintsika mikasika ny fiahiana ireo manana zavatra ilaina manokana. Ohatra, Jakoba dia nanoratra hoe: "Izao no fivavahana madio sady tsy misy loto eo anatrehan'Andriamanitra Ray: ny mamangy ny kamboty sy ny mpitondratena amin'ny fahoriany, sy ny miaro ny tena tsy hisy pentimpentina avy amin'izao tontolo izao"( Jak. 1:27) Jesosy ihany koa dia nampianatra fa ny fanaovantsika asa fanompoana amin'ny manana zavatra ilaina manokana (toy ny mangetaheta, ny mitanjaka, ny marary, ny tsy manan-kialofana ary ny mpifatotra) dia fanaovantsika asa fanompoana amin'i Kristy (Mat. 25:31-40). Ny tsy fahombiazana amin'ny fiahiana azy ireny dia fanaovantsika tsinontsinona an'i Kristy (and. 41-46). Ao anatin'ny fanaovana asa fanompoana amin'ny zavatra ilain'ny olona ara-batana, tsy tokony hadinointsika fa ny fanahin'izy ireo dia manana lanja mandrakizay ka na ho any-danitra na ho any amin'ny helo mandrakizay. Tsy tokony hataontsika tsirambina ny fizarana ny filazantsara sy ny fanomezana azy ireny fahafahana handray ny famonjena.

# NY MAHA ZAVA-DEHIBE NY FANOMPOANA NY FIARAHA-MONINA

Antony maro no tsy maintsy hanompoan'ny fiangonana Pentekosta ny fiaraha-monina. Ny roa amin'ireo no ndeha hojerentsika.

## Mahafaly an'Andriamanitra

Mahafaly an'Andriamanitra ny mahita ny Zanany manompo ny fiaraha-monina sy manatratra ny manodidina azy amin'ny fangorahana. Rehefa manao izany isika dia maneho ilay toetran'Andriamanitra be fitiavana sy manaraka ny ohatra nasehon'i Jesosy izay nanasitrana izay rehetra nanatona Azy (Mat. 8:16). Tao amin'ny Toriteniny teo an-tendrombohitra i Jesosy dia nilaza hoe: "Efa renareo fa voalaza hoe: Tiava ny namanao, ary mankahalà ny fahavalonao. Fa Izaho kosa milaza aminareo hoe: Tiava ny fahavalonareo, ary mivavaha ho an'izay manenjika anareo, mba ho tonga zanaky ny Rainareo Izay any an-danitra ianareo; fa Izy mampiposaka ny masoandrony amin'ny ratsy fanahy sy ny tsara fanahy ary mampilatsaka ny ranonorana amin'ny marina sy ny tsy marina" (Mat. 5:43-45). Ny tian'i Jesosy lazaina dia izao: tokony hitia sy hanisy soa ny olona rehetra isika—na dia ny fahavalontsika aza. Raha hanao izany isika dia ho tahaka ny Raintsika any an-danitra, ary hahafaly azy ny hetsika ataontsika.

## Manokatra varavarana

Tsy mahafaly an'Andriamanitra fotsiny ny fiahiana ny fiaraha-monina fa manangana fisakaizana eo amin'ny fiangonana sy ny fiaraha-monina. Rehefa manao hetsika maneho hatsaram-panahy amin'ny hafa ny olon'Andriamanitra ka tsikaritrin'ny olona izany dia hanomboka hijery ny fiangoanana amin'ny hatsaram-panahy izy ireo. Nanasitrana lehilahy marenina sady raiki-dela i Jesosy indray andro. Rehefa ren'ny olona ny asa feno fangorahana nataon'i Jesosy dia niantso mafy izy ireo hoe: "Tsara ny nanaovany ny zavatra rehetra; fa sady mampahalady ny marenina Izy no mampiteny ny moana" (Marka 7:37). Rehefa hitan'ny olona i Jesosy fa nihevitra ny zavatra nilainy dia nitodika taminy ny fon'izy ireo. Rehefa manomboka manompo sy manisy soa ny fiaraha-monina ny fiangonanao dia hilaza ny olona hoe: "Olona tsara ireo". Hanomboka hijery ny

fiangonana amim-pahatsaram-panahy ny olona, hisokatra ihany koa ny varavaran'ny fitoriana ny filazantsara.

## FAMANTARANA NY ZAVATRA ILAINA

Ny fanompoana ny fiaraha-monina dia manomboka amin'ny famantarana ny zavatra ilaina sy fihetsehana amin'ny fiahiana izany. Ireto misy fomba vitsivitsy hahafahan'ny fiangonanao manompo ny fiaraha-monina.

### Sekoly Kristiana

Ny sekoly kristiana dia fomba voaporofo fa hahafahana manompo ny fiaraha-monina sy mampandroso ny filazantsara. Maro ny fiangonana Pentekôtista eto Afrika no manisy soa ny fiaraha-monina amin'ny alalan'ny fitantanana sekoly. Ny sasany dia naorina mba hiahiana ny zavatra ilain'ny sekoly ambaratonga fototra any amin'ny toerana natao tsirambina. Ny sekoly hafa indray natao hanomezana safidy ny ray aman-dreny amin'ny modelin'ny fanabeazana kristiana, ny fanabezana ara-tsaina fotsiny ary ny fanabezana silamo. Any amin'ny faritra manohitra ny filazantsara dia tena mahomby ny sekoly. Ny fiangonana tsy mahita fomba hahafahana manomboka sekoly dia afaka miantso ireo mpikambana manana fahafahana ao am-piangonana hanampy amin'ny fiantohana ny saram-piaran'ny mpianatra sasany.

### Tetikasa fanompoana ny fiaraha-monina

Ny fiangonana Pentekôtista sasany dia mitahy ny fiaraha-monina misy azy amin'ny alalan'ny tetikasa fanompoana. Hitan'izy ireo ny zavatra ilain'ny fiaraha-monina ary mandamina ny fomba hiahiana izany izy ireo. Ohatra, azon'ny fiangonana atao ny manolo-tena an-tsitrapo handoko ny hopitaly eo an-tanana. Azo atao koa ny manolo-tena hanamboatra ny fitaratra simba amin'ny sekoly fanabeazana fototra. Mbola azo atao koa ny manamboatra ny mitete amin'ny tafon'ny vehivavy mpitondratena ao an-tanàna. Azon'ny lehilahy ao am-piangonana atao koa ny manao ilay antsoina hoe "Sabotsy Samaritana". Io fotoana io dia atokan'ny mpikambana lehilahy ao amin'ny fiangonana hanampiana ny mpitondratena amin'ny asa aman-draharaha samihafa. Anjatony ireo fomba hahafahan'ny fiangonana manompo ny fiaraha-monina.

**Fitsaboana**

Ny ankamaroan'ny fiaraha-monina eto Afrika dia tsy ampy fiahiana ara-pahasalamana. Ho famahana izany zavatra ilaina izany, ny fiangonana dia afaka manangana tobim-pahasalamana ho an'ny fiaraha-monina. Azony atao koa ny manolotra mpiasan'ny fahasalamana sy mpitsabo izay tena hisy fiantraikany amin'ny olona. Ny zava-dehibe ao anatin'izany dia ny hampaherezanao ny mpikambana ao amin'ny fiangonana hiahy sy hikarakara tsara ny olona. Azon'izy ireo atao ny manara-maso ny olona manana zavatra ilaina eo amin'ny fiaraha-monina, mivavaka ho an'ny marary, mampahery ary manohana azy ireo ara-bola.

**Rano fisotro madio**

Raha matanjaka ara-bola ny fiangonana dia azonao atao ny manolotra rano fisotro madio ho an'ny fiaraha-monina amin'ny alalan'ny fanohanana fanaovana lavadrano. Azonao atao ihany koa ny manamboatra na manavao lavadrano efa nisy.

**Fanomezana sakafo sy fitaizana ny ankizy**

Ny tsy fahampian-tsakafo eo amin'ny ankizy dia tena fanamby lehibe tokoa amin'ny faritra maro eto Afrika. Misy fiantraikany amin'ny fitomboana ara-batana sy ara-tsain'ny ankizy an-tapitrisany sy ny tanora izany, fiantraikany maharitra mandritra ny fiainana manontolo. Ny fiangonana Pentekôtista sasany dia nanangana tetikasa famahanana sakafo ny ankizy indray mandeha isan'andro. Ny hafa indray nanomboka tetikasa fitaizana ny ankizy amin'ny vidiny mirary. Ny tanjona amin'izany dia ny hanome fahafahana ny ray am-dreny hiasa mandritra ny fotoana hametrahany ny zanany amin'ny toerana azo antoka. Na ny fanomezana sakafo na ny fitaizana ny ankizy dia samy manome fahafahana ny fiangonana hizara ny filazantsara amin'ny ankizy sy ny ray aman-dreny. Ireo ezaka roa ireo ihany koa dia manome fahafahana ny fiangonana hampianatra ny ankizy ny toe-panahy araka an'Andriamanitra.

**Fanomezana vatsim-pianarana**

Maro ny ankizy sy tanora eto Afrika no mahira-tsaina sy tena mazoto tokoa, kanefa sahirana ny ray aman-dreny ka tsy afaka mandoa ny saram-pianaran'izy

ireo. Azon'ny fiangonanao atao ny mamorona tetikasa fanomezana vatsim-pianarana ho fanohanana ireo ankizy mendrika ka fiantohana saram-pianarana no atao amin'izany. Hanampy azy ireo amin'ny fanatrarana ny nofinofiny sy hanome azy ireo ny fahaiza-manao ilaina hampandrosoana ny tenany sy ny fiaraha-monina.

**Fampandrosoana ny tanora**

Ny tanora Afrikana no maneho ny ho avin'ny kontinanta. Mampalahelo nefa fa ny ankamaroan'izy ireny dia voasarika any amin'ny fampiasana zava-mahadomelina sy ny fitondrantena manimba samihafa. Azon'ny fiangonanao atao ny mamaha izany amin'ny alalan'ny fametrahana tetikasa manolotra hetsika misy fiantraikany tsara amin'ny tanora. Ohatra amin'izany ny antokom-pihira, ny fanatanjahan-tena ary hetsika hafa. Azon'ny mpitarika atao ny mampiasa izany fotoana izany koa hampianarana azy ireo ny fitsipi-piainana fototra araka an'Andriamanitra ho an'ny lehilahy sy ny vehivavy. Ity tetikasa ity koa dia manome fahafahana ny mpitarika hizara ny filazantsara amin'ny tanora sy hitarika azy ireo ao amin'i Kristy.

**Fanabezana ny olon-dehibe**

Tsy vitsy ireo olo-dehibe eto Afrika no tsy nanana fahafahana namita araka ny tokony ho izy ny fianarana ambaratonga fototra na faharoa fototra. Azon'ny fiangonanao atao ny mamaha izany olana izany amin'ny alalan'ny fametrahana tetikasa fanabezana ho an'ny olon-dehibe. Ireto avy no azo atao ao anatin'izany:

*Fanofanana mamaky teny sy manoratra.* Azon'ny fiangonana atao ny manomboka kilasy fanofanana mamaky teny sy manoratra ho an'ny olon-dehibe. Ny fianarana ireo fahaiza-manao ireo dia sady hampitombo hasina ny tenany no hanampy azy ireo hahita asa tsara kokoa. Fanampin'izany, hanatsara ny fiainan'ny fiaraha-monina manontolo ny fanaovana izany. Hanomana azy ireo amin'ny famakiana ny Baiboly sy ireo literatiora kristiana samihafa izay hatolotrin'ny fiangonana ihany koa izany. Azon'ny fiangonana atao koa ny manomboka kilasy manampy ny olona hianatra teny vahiny toy ny Anglisy na Frantsay…sns.

*Fampivoarana ny fanambadiana.* Maro ny fanambadiana ratsy kalitao eto Afrika ary tsy mitsahatra mitombo ny tahan'ny fisaraham-panambadian. Mila

mahafantatra ny fitsipika fototra ara-baiboly momba ny fanambadiana ny mpivady. Marina izany na ao anatin'ny fiangonana na any ivelan'ny fiangonana. Ho famahana ny olana, azonao atao ny mikarakara kilasy na seminera momba ny fampivoarana ny fanambadiana sy manokatra izany ho an'ny besinimaro. Hanampy azy ireo hahita ny tanjon'Andriamanitra ho an'ny fiainany sy ny fanambadiany izany. Mandritra ny fampianarana dia tsy azo hadinoina ny manolotra ny filazantsara sy manome fahafahana ny mpivady handray an'i Kristy ho Mpamonjiny.

*Fampianarana ny fitsipika fototra mifehy ny fandraharahana*. Raha azo atao, ny fiangonanao dia tokony hampianatra ny olon-dehibe ny fomba hanombohany sy hananganany ny fandraharahana ho an'ny tenany manokana. Ity kilasy ity dia hampianatra ireo fitsipika fototra ara-baiboly momba ny fitantanana fananana, ao anatin'izany koa ny maha zava-dehibe ny fanajana amim-pahamatorana ny fitsipi-pitondrantena mifehy ny asa.

*Fampianarana teknikam-pambolena tsara lavitra*. Any amin'ny sehatra ambanivohitra, ny fiangonana dia afaka manomboka kilasy na seminera indray mandeha isan-taona hampianarana ireo teknikam-pambolena tena mahomby. Tokony haka manam-pahaizana momba ny fambolena ny fiangonana hanatanteraka izany.

**Fanapahan-kevitra hafa**

Ohatra vitsivitsy ny amin'ny fomba azon'ny fiangonana atao hanompoana ny fiaraha-monina ireo voatanisa ireo. Mety hitarika anao amin'ny fandaharanasa hafa ankoatr'izay noresahantsika teto koa nefa ny Fanahy Masina

## FANETSEHANA NY FIANGONANA

Mety manontany angamba ianao: "Ahoana no hahafahako, pasitera Pentekôtista mamadika izany fanapahan-kevitra izany ho hetsika? Amin'ny maha mpitarika nofidin'Andriamanitra anao ao anatin'ny fiangonana, mila mitarika ny fiangonana ianao. Tsy maintsy mametraka vina ianao, mamolavola drafitra ary manara-maso ny fanatanterahana izany. Mba hananana drafitrasa tsara, araho ireo zavatra manaraka ireto:

**Jereo ny zavatra ilaina**

Hitan'i Jesosy aloha ny zavatra ilaina. Hitany fa nijaly ny olona nanodidina Azy ary "nahonena Azy ny fijeriny ireo, satria nampahantraina ireo ka nafoy toy ny ondry tsy misy mpiandry" (Mat. 9:36). Avy eo, nametraka drafitra izy. Nandidy ny Mpianany Izy hoe: "mangataha amin'ny Tompon'ny vokatra mba hampandehanany mpiasa hamory ny vokatra" (and.38). Nisy fotoana koa i Jesosy nilaza tamin'ny mpianany hoe: "Atopazy ny masonareo, ka jereo ny eny an-tsaha, fa efa masaka sahady hojinjana izy" (Jaona 4:35).

Tsarovy, alohan'ny hahafahanao mampihatra ny drafitrao ho an'ny fiaraha-monina, tahaka an'i Jesosy, tsy maintsy mijery ny zavatra ilaina aloha ianao. Rehefa vitanao izany dia afaka manampy ny mpikambana ao amin'ny fiangonana hanao tahaka izany koa ianao.

**Fantaro ny sitrapon'Andriamanitra**

Rehefa hitanao ireo zavatra ilaina marobe ao amin'ny fiaraha-monina misy anao dia tsy maintsy manontany an'Andriamanitra ianao hoe: "Inona amin'ireo zavatra ilaina ireo no tianao hovahan'ny fiangonantsika?" Raha misokatra tsara amin'ny Fanahy Masina ny fonao dia hitarika anao Izy. Hametraka enta-mavesatra tsy mitsaha-mitombo ao anatin'ny fonao izy sady haneho anao izay olana tiany hovahan'ny fiangonanao.

**Ataovy tsotra**

Rehefa manomboka mamolavola drafitra ho an'ny fandaharanasa hataonao ianao, ny tena zava-dehibe dia ny hihazonana izany ho tsotra—indrindra eo am-panombohana. Amin'ny ankapobeny, tokony hatomboka amin'ny tetikasa kely sy azo tantanana tsara. Rehefa mahita fahombiazana ao anatin'izany tetikasa kely izany ny mpikambana dia ho voaentana hanatanteraka tetikasa lehibe kokoa.

**Manaova hetsika**

Rehefa ampahafantarin'ny Fanahy Masina anao ny fotoana mety dia tokony hanomboka hihetsika avy hatrany ianao ary hanomboka ny tetikasa, matoky fa Andriamanitra no hitarika anao ao anatin'ny dingana.

**Hazony ho ara-panahy**

Ao anatin'ny fitarihanao ny fiangonana amin'ny fiahiana ny zavatra ilain'ny olona ara-batana, tsy maintsy azonao antoka fa tsy atao ambanin-javatra ny ara-panahy. Kristy no tsy maintsy ivon'ny fandaharanasa sy ny hersika. Ianao sy ny mpiara-miasa aminao dia tsy maintsy mivavaka matetika hahatonga anareo hitoetra amin'ny fahafenon'ny Fanahy Masina.

**Amporisiho ny fandraisan'anjaran'ny fiangonana rehetra**

Tsy tokony hiezaka hiasa irery ianao. Tokony hetsehinao ny mpikambana rehetra ao amin'ny fiangonanao mba handray anjara. Ny tsirairay avy dia afaka mandray anjara araka ny fahafahany. Amin'ny maha pasitera, tsy maintsy mampahery ny fiangonana hanome amin'ny fahalalahan-tanana ho an'ny tetikasa sy manainga fanahy azy ireo hanolotra an-tsitrapo ny fotoanany sy ny heriny ianao. Amin'ny maha pasitera Pentekôtista hendry anao, tsy maintsy fantarinao ny fanomezam-pahasoavana nomen'Andriamanitra ny mpikambana tsirairay ary ampaherezinao izy ireo hampiasa izany hanasoavana ny asan'Andriamanitra.

**Matokisa ny famatsian'Andriamanitra**

Farany, tsy maintsy matoky ianao fa Andriamanitra no hiahy ny zavatra ilainao. Tsy tokony hiandry mandra-pahavonon'ny zavatra rehetra ianao vao hanao hetsika. Raha izany mantsy dia tsy hanomboka mihitsy ianao. Tahaka ny nataon'ilay pasitera noresahantsika tany amin'ny fanombohan'ity toko ity, tsy maintsy manao izay azonao atao miaraka amin'izay anananao ianao ary matoky an'Andriamanitra ny amin'ny sisa rehetra. Raha hitoetra mahatoky amin'ny fankatoavana an'Andriamanitra sy mahatoky amin'ny vina nomeny anao ianao dia Izy no hiahy ny zavatra rehetra ilainao (Fil. 4:19).

# ~ Toko 39 ~

# Fananganana fiangonana vaovao

Charles dia mpianatra asa fanompoana tao amin'ny Sekoly Biblika tany Afrika Atsinanana. Indray andro, hoy izy tamin'ny mpampianatra azy: "Alohan'ny hahafatesako, te hanangana fiangonana zato any amin'ny foko niaviako aho". Tamin'ny fotoana niarahany tamin'ireo ekipa misionera avy ao amin'ny Sekoly Biblika no teraka tao am-pony izany enta-mavesatra amin'ny fananganana fiangonana izany Ireo ekipa ireo dia nanangana fiangonana vaovao maro tany amin'ny toerana tena sarotra sy ny vondron'olona tsy mbola tratran'ny filazantsara ary teo anivon'ny vondron'olona tsy mbola nandre. Nandritra izany Dia izany no nianaran'i Charles fomba fiasa azo ampiharina avy hatrany amin'ny fananganana fiangonana vaovao.

Tamin'ny fotoana voalohany nahatongavan'ny fiangonana Assemblée de Dieu tao amin'ny fireneny dia teo amin'ny vahoakany no nanombohan'izy ireo ny asa. Kanefa, tao maromaro taty aoriana, dia mbola vitsy ihany ny fiangonana tao. Enina ambin'ny folo taona izao nahavitan'ny fianarany tany amin'ny Sekoly Biblika. Amin'izao fotoana izao i Charles dia nahatsangana fiangonana mihoatra ny telopolo. Amin'ny naha mpitarika azy, nisy fiantraikany tamin'ny fiangonana nisy azy izany, nandray anjara ankolaka tamin'ny fananganana fiangonana dimampolo hafa izy. Valopolo izany no fitambaran'ny fiangonana voatsangany.

Nanaovao ny tanjony i Charles. Nanambara izy izao fa “mikasa hanangana fiangonana 200 vaovao ao anatin’ny folo taona ho avy!”.

Ny reny salama dia manana zanaka salama, tahaka izany koa, ny fiangonana salama dia manangana fiangonana hafa. Ny fiangonana tsirairay dia tokony hanangana fiangonana. Ity toko ity dia hijery ireto lohahevitra manaraka ireto ao anatin’ny Soratra Masina: ny maha laharam-pahamehana ny fananganana fiangonana, ny fiangonana amin’ny maha fiaraha-monina apostolika azy, ny fiangonana misionera voatafy hery, ny fitsipika fototrin’ny fiangonana mahaleo tena, ary ireo fomba azon’ny pasitera Pentekôtista hampiharina ao anatin’ny fananganana fiangonana.

## LAHARAM-PAHAMEHANA ARA-TSORATRA MASINA

Hoy i Jesosy: “haoriko ny fiangonako” (Mat. 16:18). Nandidy koa izy hoe: “koa mandehana ianareo, dia ataovy mpianatra ny firenena rehetra”(Mat. 28:19). Hoy ny olona anankiray: “Tsy naniraka antsika hanangana fiangonana i Jesosy fa naniraka antsika hanao mpianatra”. Kanefa, diniho tsara fa mifandray ireo andinin-tSoratra Masina eo ambony ireo. Ahoana no hahafahan’ny olona manao mpianatra raha tsy manangana fiangonana, ary ahoana no hahafahany manangana fiangonana raha tsy manao mpianatra? Ny fanatrarana ny very tsy miaraka amin’ny fampiorenana azy ireo ao anatin’ny fiangonana dia tahaka ny olona niteraka ary nanary ny zanany tany an-tsaha. Ny fananganana fiangonana dia tena ilaina tokoa amin’ny fampaharetana ny asa sy fampandrosoana ny mpino.

Ny apostoly, ny mpanao asa fanompoana ary ny mpiasa tao amin’ny Testamenta Vaovao dia tena nametraka ny fananganana fiangonana ho zavatra tena matotra. Petera, Jaona, Filipo, ireo lehilahy avy any Kyprosy sy Kyrena, Barnabasy, Paoly, Jaona Marka, Silasy, Lioka, Timoty, Prisila, Akoila, Gaio, Aristarko, Erasto ary Titosy dia santionany ihany tamin’ireo olona maro izay nandray anjara tamin’ny fananganana fiangonana. Ireo lehilahy sy vehivavy ireo dia nanaraka ny baikon’i Kristy amin’ny fanaovana mpianatra ary tamin’ny alalan’ny fiangonana no nanaovan’izy ireo izany. Amin’ny maha pasitera Pentekôtista, tsy maintsy manao tahaka izany koa isika.

## MODELIN'NY FANANGANANA FIANGONANA

Nisy pasitera tanora iray niresaka tamin'ny lehiben'ny faritra nisy azy mikasika ny fananganana fiangonana amin'ny tanàna anankiray. Hoy ilay mpitarika: "Tsy naniraka ahy hanangana fiangonana amin'io tanàna io Andriamanitra, fa raha te handeha any ianao dia mandehana. Raha mahomby ianao dia ho fantantsika fa sitrapon'Andriamanitra ny fikasanao. Raha tsy mahomby kosa ianao dia ho fantantsika fa tsy sitrapon'Andriamanitra". Noho ny fahatsapan'ilay pasitera tanora ny fitarihan'ny Fanany Masina dia lasa nankany amin'ilay toerana noresahany izy ary nanangana ny fiangonany voalohany. Nanomboka tamin'io fotoana io izy dia nahatsangana fiangonana mihoatra ny roapolo.

Manerana an'i Afrika, lehilahy sy vehivavy maro no mahatsapa fa nantsoin'Andriamanitra hanangana fiangonana ary manao tahaka izany. Nahatsangana fiangonana maro tamin'ny ezakin'ny tenany irery izy ireo fa tsy mba niantehatra loatra tamin'ny fanampiana avy amin'ny hafa. Azo antsoina hoe *"milentika na milomano"* io fomba fiasa io. Mitovy tanteraka amin'ny raimpianakaviana mampianatra ny zananilahy hilomano ka manipy azy avy hatrany tsy misy toromarika na fanofanana any anaty rano lalina. Na dia tahaka izany aza no nanombohan'ny fiangonana rehetra, tsy izany no fomba fiasa tena tsara. Izao no fanambaran'ny mpanangana fiangonana anankiray mikasika izany: "Tena nianatra zavatra betsaka avy amin'io fananganako fiangonana voalohany io aho" hoy izy: "Ny zavatra iray nianarako dia tsy hanangana fiangonana hafa intsony aho raha tsy manana ekipa miara-miasa amiko".

Mitondra tombontsoa maro ny fananana ekipa mpanohana rehefa manangana fiangonana. Alaivo sary an-tsaina hoe tsy olona roa fotsiny no alefanao manangana fiangonana vaovao fa olona folo na mihoatra. Ireto avy no tokony ho ao anatin'io ekipa io: ny pasitera vaovao sy ny vadiny, mpitarika fiderana, mpivady efa zokiolona mba hanome fahamatorana ary olona hiasa miaraka amin'ny ankizy sy ny tanora. Ny vondron'olona tahaka izany dia hanome fanohanana arapihetseham-po sy ara-bola ny mpanangana fiangonana. Ny fomba fiasa *"ekipa mpanohana"* ao anatin'ny fananganana fiangonana dia afaka manampy amin'ny fanatrarana haingana ny fahamatorana. Vetivety kokoa ny fananganana

fiangonana amin'ity fomba fiasa ity ary tsy ho ela izy dia afaka hanangana fiangonana hafa.

Fomba maro samihafa no azo entina mampihatra ity fomba fiasa ity. Azon'ny fiangonana reniny atao ny miteraka zana-piangonana amin'ny alalan'ny fanirahana pasitera hitarika ireo mpino monina amin'ny fiaraha-monina tsy lavitra ilay toerana kasaina hanangana izany. Ireo ekipa ireo no miahy sy manohana ny fiangonana vaovao mandra-pioriny tsara. Paoly sy ireo ekipa misionera niaraka taminy dia tena ohatra tsara tamin'ny ekipa mpanohana tao anatin'ny ezaka nataon'izy ireo ho fanatrarana ireo vondron'olona mbola tsy tratra sy ho fananganana fiangonana tany amin'izay tsy mbola mahafantatra an'i Kristy.

Ny sasany namolavola tetikady hanohanana ny mpanangana fiangonana mandritra ny herintaona na roa taona hananganany ny fiangonana vaovao. Aorian'izay, hahena tsikelikely ny fanohanana rehefa misy tonga mpianatra feno fanokanan-tena ny mpino vaovao ka manohana ny asa. Ireto avy no modely azo arahana amin'ny fananganana fiangonana.

- *Ray amandreny*: Ny fiangonana reniny no manangana zana-piangonana, araka ny efa noresahana telo aloha.
- *Famakiana lay*: Irahana hanangana fiangonana any amin'ny toerana vaovao ny mpanangana fiangonana.
- *Fihatahana*: Ny vondrona mpino monina amin'ny toerana lavitra na kolontsaina hafa dia mangataka alalana amin'ny fiangonana "hihataka" ary hanomboka fiangonana vaovao.
- *Vondrom-bavaka*: Ny fanaovana vondrom-bavaka any amin'ny faritra hafa dia afaka hitarika fananganana fiangonana.
- *Fiaraha-miasan'ny Fiangonana*: Ny fiangonana ao amin'ny zone na ny faritra na ny fiangonana nasionaly dia afaka miara-miasa amin'ny fananganana fiangonana.
- *Sekoly Biblika*. Azo atao koa ny manetsika ny mpianatra ao amin'ny Sekoly Biblika hanangana fiangonana vaovao.
- *Hafa:* Azo atao koa ny mampiasa fomba hafa entina manangana fiangonana

Na inona na inona fomba ampiasaina, tsy mora ny manangana fiangonana. Mitaky fanokanan-tena avy amin'ny pasitera vaovao, ny ankohonany ary ny ekipa

miara-miasa aminy izany. Tsy tian'ny fahavalo ny hananganana fiangonana vaovao satria fidirana ao amin'ny faritra misy azy (Mat. 12:29). Hanohitra ny fananganana fiangonana vaovao izy (Efe. 6:12). Ilay lehibe indrindra sady velona mandrakizay nefa no manampy ny mpanangana fiangonana Pentekôtista, noho izany handresy izy ireo (1 Jaona 4:4).

Tahaka ireo pasitera Pentekotista hafa, tsy maintsy mivavaka sy manao drafitra afaka mitarika ny fiangonanao amin'ny fananganana fiangonana vaovao na amin'ny toerana lavitra na any amin'ny faritra mbola tsy tratran'ny filazantsara ao amin'ny firenenao, na any amin'ny firenena hafa manerana an'i Afrika sy izao tontolo izao ianao.

## FIARAHA-MONINA APOSTOLIKA

Ny fiangonana salama dia fiangonana manome. Ny fiangonana salama dia fiangonana manana teolojia mari-pototra. Ny fiangonana salama dia mifantoka amin'ny iraka. Ny fiangonana salama dia fiangonana mijoro vavolombelona. Ny fiangonana salama dia fiangonana miteraka fiangonana salama iray hafa. Kanefa, ahoana no hahafahan'ny fiangonana iray miteraka fiangonana hafa? Ahoana no hahafahanao, amin'ny maha pasitera Pentekôtista anao, manangana fiangonana iray hafa?

Ny fiangonana tany Antiokia dia tena fakantahaka tokoa amin'ny atao hoe fiangonana salama sy mifantoka amin'ny iraka. Jiosy laika avy any Jerosalema, Kyprosy ary Kyrena izay nizara tamim-pahasahiana ny finoany tamin'ny hafa, eny tamin'ny olona hafa kolotsaina koa aza no nanangana azy (Asa 11:19-20). Fiangonana feno ny Fanahy Masina izy ireo (and. 21). Nanana fitarihana tsara (and. 22-26). Fiangonana nanome (and. 27-30), ary fiangonana nivavaka, nifady hanina, ary nidera an'Andriamanitra (13:2).

Noho izany, rehefa niteny tamin'izy ireo ny Fanahy Masina hoe: "Atokàny ho Ahy Barnabasy sy Saoly hanao ny asa [Iraka] izay efa niantsoako azy" (Asa 13:1-2) dia tamin-tsitrapo no namelan'ireo olona ireo ny tsara indrindra hiala tao amin'ny fiangonana sy hanao izay niantsoan'Andriamanitra azy ireo hataony. Nalefan'izy ireo ho misionera mpanangana fiangonana i Barnabasy sy Saoly (and. 3-4).

Amin’ny maha pasitera Pentekôtista, Andriamanitra dia te hampiasa anao “ho fanatanterahana ny olona masina, ho amin'ny asan'ny fanompoana amin'ny fiangonana” (Efe. 4:12). Te hampiasa anao amin’ny fananganana fiangonana any amin’ny manodidina anao, manerana ny firenenao ary manerana izao tontolo izao Izy. Nomen’Andriamanitra anao ny fitaovana sy ny fahafahana mamorona kolontsainan’ny iraka sy ny fananganana fiangonana amin’ny alalan’ny fiangonanao. Azonao tanterahana amin’ny alalan’ny fampianarana sy fanehoana vavaka, fiderana, fitarihana, fanomezana, fitoriana filazantsara ary asan’ny ekipa mifantoka amin’ny iraka izany. Ao anatin’ny tontolo tahaka izany, Andriamanitra dia hiantso sy hanafy hery ny olony handeha sy hitory ny filazantsara ary hanangana fiangonana vaovao.

Tsy maintsy manetsika ny olonao hanome amin’ny fahalalahan-tanana ho an’ny asan’Andriamanitra ianao ary tsy maintsy mamela an’Andriamanitra hanao tahaka izany amin’ny tenanao. Andriamanitra dia mety hangataka ny hamelanao ny mpikambana tsara indrindra ao aminao ho mpanangana fiangonana. Iray amin’ny fanomezana lehibe indrindra azonao omena an’Andriamanitra ny fananganana olona ao amin’ny fanomezam-pahasoavana nomen’Andriamanitra azy sy fanirahana azy ireo ho amin’ny asa fanompoana. Barnabasy dia nanangana an’i Paoly (Asa 9:26-27; 11:25). Taty aoriana, navelany nanohy ny asa fanompoany sy nanangana ny ekipa misionerany manokana izy (15:36-41).

Amin’ny maha pasitera Pentekôtista, ny fiaraha-monina apostolika haorinao ao anatin’ny fiangonana dia tahaka ny andriambỳ. Ny fiaraha-monina apostolika dia vondron’olona mifantoka amin’ny fanatanterahana ny Iraka Lehibe eo an-toerana sy manerana izao tontolo izao. Rehefa mahita ny Fanahin’Andriamanitra mihetsika ao anatin’ny fiangonana ny olona dia haniry handray anjara amin’izay mitranga.

Ao amin’ny Asan’ny Apostoly 6, nitranga ny olana satria nahatsiaro ho natao ambanin-javatra ny mpitondratena sasany. Fanendrena lehilahy fito feno ny Fanahy Masina hiandraikitra ny mpitondratena no vahaolana noraisin’ny apostoly. Nahafaly ny tao anatiny sy tany ivelan’ny fiangonana izany hetsika izany. Noho izany: “nandroso ny tenin'Andriamanitra; ary nihamaro indrindra ny isan'ny mpianatra tany Jerosalema; ary maro be kosa ny mpisorona nanaiky ny finoana” (and.7).

Rehefa vitanao ny mamolavola ny fiangonanao ho tonga fiaraha-monina apostolika feno fitiavana dia ho voasarika hanatona an'i Kristy sy ny Irany ny olona. Ny fitomboan'ny fiangonana sy ny fananganana fiangonana vaovao dia hiboiboika avy amin'izany tontolo izany.

## FIANGONANA MISIONERA VOATAFY NY HERIN'ANDRIAMANITRA

Ny Asan'ny Apostoly dia miresaka tantara mampahery mikasika ny nanafiana hery ny fiangonana tao Jerosalema. Rehefa tonga ny Fanahy Masina ka nameno ny mpianatra 120 dia nahita zava-mahagaga ny vahoaka. Nanomboka "niteny tamin'ny fiteny maro samy hafa, araka ny nampitenenan'ny Fanahy Masina azy avy izy ireo" (2:1-4). Fahatanterahan'ny fampanantenana tao amin'ny Asan'ny Apostoly 1:8 izany. Talanjona ny olona ka nihazakazaka nanatona ny mpianatra. Nanome fahafahana tonga lafatra an'i Petera hanambara ny vaovao mahafaly tao anatin'ny herin'ny Fanahy Masina izany. Vokany, 3 000 ny olona nanatona ny Tompo.

Matetika Andriamanitra no mampiasa famantarana sy fahagagana hisarihana ny fahalianan'ny olona hihaino ny hafatrin'ny filazantsara. Tsara ny manamarika fa ao amin'ny filazantsara sy ny bokin'ny Asan'ny Apostoly, ny ankamaroan'ny fahagagana dia nitranga tany ivelan'ny toeram-pivavahana. Ao amin'ny Asan'ny Apostoly, ny fahagagana dia mametraka ny sehatra ho an'ny fanambarana ny filazantsara. Izany no nitranga tao Jerosalema niaraka tamin'i Petera (Asa 2), tany Kyprosy niaraka tamin'i Paoly sy Barnabasy (13:4-12), tany Filipy niaraka tamin'i Paoly sy Silasy (16:11-40), ary tamin'ny tranga maro hafa (9:32-35; 9:36-43; 10:1-11:18; 14:1-7; 14:8-20; 19:1-20:1).

Hahatonga ny olona hitodika amin'Andriamanitra no tanjon'ny fahagagana. Tiany ho hitan'ireo olona any ivelan'ny fiangonana ny Heriny manao fahagagana sy ny Fitiavany. Aza avela hisy fahagagana very maina. Isaky ny manao fahagagana Andriamanitra dia ampiasao izany mba hiresahana amin'ny olona ny momba an'i Jesosy.

Hoy i Jesosy tamin'ny Mpianany, "tahaka ny nanirahan'ny Ray Ahy no anirahako anareo kosa" (Jaona 20:20). Kanefa, ahoana no nanirahan'ny Ray an'i Jesosy? Nirahany ny Zananilahy mba hanao asa fanompoana tao amin'ny herin'ny

Fanahy. Izao no nambaran'i Jesosy tamin'ny fotoana nanombohany ny asa fanompoany: "Ny Fanahin'i Jehovah no ato amiko, Satria nanosotra Ahy hitory teny soa mahafaly amin'ny malahelo Izy; Naniraka Ahy hitory fandefasana amin'ny mpifatotra Izy, Sy fampahiratana amin'ny jamba, Hanafaka izay nampahorina, Hitory ny taona ankasitrahan'i Jehovah" (Lioka 4:18-19). Nanao asa fanompoana tao amin'ny herin'ny Fanahy i Jesosy (Asa 10:38), ary naniraka ny Mpianany hanao tahaka izany koa (Lioka 24:46-49; Asa 1:8).

Amin'ny maha pasitera Pentekôtista, tsy maintsy tafiana ny herin'ny Fanahy ianao, ary tsy maintsy manao izay hahatonga ny fiangonana ho fikambanana misionera voatafy hery. Fanampiny, tokony hanangana fiangonana misionera voatafy ny herin'ny Fanahy Masina ianao. Ny fiangonana misionera voatafy hery dia ilay karazana fiangonana naorin'i Jesosy. Io ilay karazana fiangonana vakiantsika ao amin'ny bokin'ny Asan'ny Apostoly.

Ao amin'ny Asan'ny Apostoly 1:8 no nanoritsoritan'i Jesosy ny fon'ny fiangonana. Hoy izy: "Fa hahazo hery ianareo amin'ny hilatsahan'ny Fanahy Masina aminareo, ary ho vavolombeloko any Jerosalema sy eran'i Jodia sy Samaria ary hatramin'ny faran'ny tany". Noho izany, misy toetra roa mampiavaka ny fiangonana misionera voatafy hery: notafiana ny herin'ny Fanahy Masina ny mpikambana ao aminy, ary manokan-tena ho an'ny irak'Andriamanitra izy ireo. Ny fiangonana misionera voatafy hery dia manokatra fiangonana misionera voatafy hery hafa sady manokan-tena ho amin'ny fanatrarana ireo vondron'olona samihafa manerana ny firenena sy izao tontolo izao. Izany karazana fiangonana izany no tsy maintsy volavolaintsika sy tsy maintsy atsangantsika.

## NY FITSIPIKA FOTOTRIN'NY FIANGONANA MAHALEO TENA

Manerana izao tontolo izao, ny fiangonana Pentekôtista dia mitombo amin'ny fomba mahatalanjona. Mandray anjara amin'izany fitomboana izany ilay hetsika fanokanan-tena antsoina hoe: "Fitsipika fototrin'ny Fiangonana mahaleo tena". Izany moa dia finoana fa ny fiangonana tsirairay dia tsy maintsy tonga fiangonana manohana ny tenany, mitantana ny tenany ary manohana ny tenany. Rehefa mandeha manangana fiangonana ianao sy ny fiangonanao, tokony hataonao izay hahatonga ny fiangonana ho afaka manohana ny tenany, miahy ny raharahany

manokana, manatratra ny very ary afaka manangana fiangonana misionera voatafy ny herin'ny Fanahy Masina haingana araka izay azo atao.

Rehefa tonga ao amin'ny ankohonana ny zazakely anankiray dia ny ray aman-dreny no miahy izay ilainy. Kanefa, rehefa mihalehibe sy mihamatotra ny ankizy dia ampianarin'ny ray aman-dreny mikarakara ny tenany. Ampianarina ny ankizy ny fomba fiaina ary rehefa mandroso ny fotoana dia omeny andraikitra bebe kokoa izy. Rehefa tonga olon-dehibe ilay zaza dia avelan'ny ray aman-dreny hahaleo tena sy handray anjara eo amin'ny fiaraha-monina.

Tahaka izany koa ny fananganana fiangonana vaovao. Amin'ny voalohany dia ny fiangonana reniny no manokana fotoana sy miantoka ny zavatra rehetra ampandehanana ny zana-piangonana. Mety manampy ny fiangonana amin'ny fitarihana, ny vola ary ny mpiasa izy. Ny fiangonana vaovao kosa dia antenaina fa hitombo sy hihamatotra. Ny tanjona dia ny hahatonga haingana ilay fiangonana vaovao ho mpikambana mahaleo tena ao amin'ny Fanjakan'Andriamanitra.

## INONA IZAO NO TOKONY HATAO?

Mametra-panontaniana angamba ianao: "Inona no azoko atao hampiharana ireo fitsipiky ny fananganana fiangonana ireo ao amin'ny asa fanompoako manokana sy ny fiangonana? Ahoana no hahafahako mamolavola ny fiangonako ho fiangonana mahomby amin'ny fananganana fiangonana?" Araho ireto dingana manaraka ireto:

### Mivavaha

Atomboy amin'ny vavaka avy ao anatin'ny fo. Angataho amin'ny fo mahitsy Andriamanitra mba hanome anao vina ho an'ny fananganana fiangonana. Mangataha amin'ny Tompon'ny vokatra mba "hanokafany ny masonao hahitanao fa efa masaka sahady hojinjana ny vokatra" (Jaona 4:35). Manandratà vavaka fifonana ho an'ny fiaraha-monina manodidina anao izay tsy mbola misy fiangonana misionera voatafy ny herin'ny Fany Masina (Mat. 9:38). Kanefa, aza mijanona hatreo. Jereo koa ireo vahoaka lavitra tsy mbola tratran'ny filazantsara sy ireo toerana ao amin'ny firenenao izay zara raha manana na tsy manana fijoroana vavolombelona kristiana. Aza hadinoina ihany koa ny mijery ny firenena. Rehefa mivavaka ianao dia mangataha amin'Andriamanitra hoe: "Iza

amin'ireo olona na toerana ireo no tianao hotratrarinay amin'ny vaovao mahafalin'i Kristy?"

**Manokanà tena**

Manaraka, aoka ianao sy ny fiangonanao hanokan-tena ho an'Andriamanitra sy ny Irany. Manapaha hevitra fa ny fiangonanao dia ho fiangonana hahomby amin'ny fananganana fiangonana.

**Manaova fandaniana amin'ny olona**

Rehefa tapa-kevitra hanokan-tena ho an'ny fananganana fiangonana ianao dia manomboha mamolavola ny mpikambana ao amin'ny fiangonanao ho mpianatr'i Kristy feno fanoloran-tena. Mitoria, mampianarà ary miresaha matetika mikasika ny irak'Andriamanitra sy ny baikon'i Kristy izay mifamatotra amin'ny fananganana fiangonana. Ampitao amin'ny mpitarika sy ny fiangonana ny vina fananganana fiangonana. Ao anatin'izany rehetra izany, omeo fahafahana hanao asa fanompoana ao am-piangonana sy hampitombo ny fanomezam-pahasoavany ny mpitarika hitanao fa afaka hanampy anao.

**Manangana ekipa**

Rehefa tonga ny fotoana, manangana ekipa mpanangana fiangonana. Fidio izay ho pasiteran'ilay fiangonana vaovao. Fanampiny, fidio koa ireo hiara-hiasa amin'ny pasitera ao anatin'ny ekipa mpanangana fiangonana. Aoka ho azonao antoka tsara fa samy mahafantatra ny andraikiny ny mpikambana. Aoka ho azonao antoka koa fa ny mpikambana tsirairay dia voatafy ny herin'ny Fanahy Masina. Ankoatr'izay, zava-dehibe ny hananganana ekipa mpanohana izay mijanona ao amin'ny fiangonana mpaniraka kanefa manohana ny fiangonana amin'ny fampaherezana, ny vavaka ary ny vola.

**Manaova drafitra**

Satria efa manana ekipa ianao, manomboha mamolavola drafitra. Ao anatin'io drafitra io no hiarahanareo mamaly ireto fanontaniana ireto: "Rahoviana ary aiza no hatsangana ilay fiangonana vaovao? Iza avy no handray anjara? Inona no

zavatra manokana hatao?" Tsy maintsy hita ao anatin'ny drafitrao ny tetibola sy ny fitaovana samihafa ilaina ary ny fomba hahazoana izany.

**Mirosoa amin'ny hetsika**

Rehefa avy nivavaka sy namolavola drafitra ianao dia mirosoa amim-pahasahiana amin'ny fanatanterahana ny paikady. Mihetseha amin'ny finoana, minoa fa ny Fanahin'ny Tompo no hanafy hery anareo sy hanosotra ny fijoroana vavolombelonareo. Matokia fa Andriamanitra dia hanamarina ny teny ambaranareo amin'ny alalan'ny fahagagana sy ny famantarana. Rehefa manomboka mandray ny famonjena ny olona dia ataovy azo antoka fa feno ny Fanahy Masina koa. Ampianaro azy ireo koa ny fototrin'ny fanompoana an'i Kristy. Tsara koa raha hetsehana avy hatrany hanatratra ny ankohonany sy ny namany izy ireo.

**Tombano**

Farany, rehefa mifarana ny ezaka fananganana fiangonana vaovao dia vorio ny ekipanao ary miaraha-manombana ny asa. Apetraho ny fanontaniana hoe: "Inona no zavatra nataontsika tsara? Inona no mety azontsika natao tamin'ny fomba tsara kokoa?" Tsy maintsy misy foana ny zavatra tsy nizotra araka ny tokony ho izy kanefa aza kivy. Ampiasao hanatanjahana ny iraka fananganana fiangonana hataonao manaraka ny lesona nianaranao.

---

Ny famolavolanao ny fiangonanao ho fikambanana mpanangana fiangonana dia tsy mampandroso ny irak'Andriamanitra eto an-tany fotsiny fa hitondra fifohazam-panahy ho an'ny fiangonana ihany koa. Ny fandraisana anjara amin'ny fananganana fiangonana vaovao sy fahitana ny olona manatona an'i Jesosy dia hampientanentana ny fiangonanao. Ny pasitera Pentekôtista tsirairay dia tokony hanokan-tena amim-pifaliana amin'ny fananganana fiangonana vaovao.

# ~ Toko 40 ~

# Fampivelarana tetikasa misiona eo amin'ny fiangonana

Tonga ny fotoana tsy maintsy nanambaran'i Jesosy hoe iza izy ary inona no antony nahatongavany. Raha tsy maintsy hanohy ny Irany ny mpianatra roa ambin'ny folo dia tena ilain'izy ireo tokoa ny mahatakatra ireo fahamarinana ireo. Rehefa tonga tany amin'ny faritanin'i Kaisaria-filipo i Jesosy dia nipetraka niaraka tamin'ny mpianany. Nitodika izy ary nanontany azy ireo hoe: "Ataon'ny olona ho iza moa ny Zanak'olona? Nifandimby namaly azy ny mpianatra: "Hoy ny sasany: Jaona Mpanao-batisa; ary hoy ny sasany: Elia; ary hoy ny sasany: Jeremia, na anankiray amin'ny mpaminany".

Taorian'izay, nanontany azy ireo nivantana i Jesosy: "Fa ianareo kosa manao Ahy ho iza?" Tao anatin'ny fanambarana avy amin'Andriamanitra no namalian'i Petera haingana hoe: "Hianao no Kristy, Zanak'Andriamanitra velona:!".

Sady nijery tao amin'ny ati-lalin'ny mason'i Petera i Jesosy no namaly hoe: "Sambatra ianao, ry Simona Bar-jona; fa tsy nofo aman-drà no naneho anao izany, fa ny Raiko Izay any an-danitra." Nampiany koa hoe: "Hianao no Petera, ary ambonin'ity vatolampy ity no haoriko ny fiangonako; ary ny vavahadin'ny fiainan-tsi-hita tsy haharesy azy" (Mat. 16:13-20).

Nambaran'i Jesosy tamin'ny Mpianany araka izany hoe iza Izy: Izy ilay Mesia nampanantenaina, ilay zanak'Andriamanitra. Nambarany azy ireo koa ny antony nahatongavany: tonga hanangana ny Fiangonany Izy. Mbola nambarany koa fa ny Fiangonana hatsangany dia mihoatra noho ny rafitra tantanan'olombelona. Ny fiangonana dia hetsika avy amin'ny baikon'Andriamanitra. Hisedra fanoherana demoniaka Izy kanefa handresy.

## MIFANDRAY AMIN'NY IRAK'ANDRIAMANITRA

Ny tanjon'ny Tompo voalohany indrindra ho an'ny Fiangonany dia ny hanambarany ny vaovao mahafalin'ny famonjena ao amin'i Kristy amin'ity tontolo potika ity alohan'ny hiverenany avy any an-danitra. Tahaka izao no nanambaran'i Jesosy azy: "Ary hotorina amin'izao tontolo izao ity filazantsaran'ny fanjakana ity ho vavolombelona amin'ny firenena rehetra, dia vao ho tonga ny farany" (Mat. 24:14). Mba hahatanteraka izany, ny pasitera Pentekôtista tsirairay dia tsy maintsy mitarika ny fiangonany handray anjara feno amin'ny irak'Andriamanitra. Ity toko ity dia hamakafaka ny homba tsara indrindra hahafahana manatanteraka izany asa lehiben'ny fiangonana izany.

### Fiomanan'ny tena manokana

Alohan'ny hiezahanao hampifandray ny fiangonanao amin'ny irak'Andriamanitra, tsy maintsy manomana ny tenanao ho amin'ny asa aloha ianao. Ireto manaraka ireo no azonao atao amin'izany:

*1. Fahatakarana ny irak'Andriamanitra*: Voalohany, tokony hataonao tanjona ny hahatakatra mazava tsara ny irak'Andriamanitra. Tsy maintsy fantarinao ny atao hoe irak'Andriamanitra sy ny ifandraisan'izany amin'ny fiangonana. Ny irak'Andriamanitra, izay antsoina koa hoe *missio Dei* no lohahevitra mampiray ny Soratra Masina. Tsy inona moa izany fa ny drafitr'Andriamanitra hanavotra sy hiantso ho an'ny tenany olona avy amin'ny fokom-pirenena rehetra sy ny samy hafa fiteny ary ny firenena rehetra" (Apok. 5:9; 7:9). Drafitr'Andriamanitra ao amin'i Kristy, ilay taranak'i Abrahama ny "hitahiana ny olombelona rehetra eto ambonin'ny tany (Gen. 12:3; 22:18; Gal. 3:16). Ny Baiboly dia tantaran'ny hetsika nataon'Andriamanitra tao anatin'ny tantara mba hahatanteraka ny Irany.

*2. Fahatakarana ny irakin'ny fiangonana.* Fanampiny, amin'ny maha pasitera Pentekôtista anao, tsy maintsy azonao tsara koa ny tena andraikitrin'ny fiangonana amin'ny fanatanterahana ny irak'Andriamanitra. Nampifandray ny fiangonana tamin'ny irak'Andriamanitra i Jesosy tamin'ny fotoana nandidiny ny Mpanaraka Azy hoe: "koa mandehana ianareo, dia ataovy mpianatra ny firenena rehetra, manao batisa azy ho amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina sady mampianatra azy hitandrina izay rehetra nandidiako anareo" (Mat. 28:19-20; jereo koa ny Marka 16:15; Lioka 24:46-48; Jaona 20:21; Asa 1:8). Io baikon'i Jesosy io, izay fantatra amin'ny anarana hoe Iraka Lehibe dia tsy tetikasan'asam-piangonana fotsiny fa antom-pisin'ny fiangonana mihitsy.

*3. Fanekena ny andraikitra amin'ny maha pasitera*. Farany, amin'ny pasitera Pentekôtista, tsy maintsy azonao tsara fa andraikitrao ny manetsika ny fiangonana handray anjara amin'ny Irak'Andriamanitra. Tsy maintsy "mpanompo tsara sy mahatoky" amin'ny iraka napetrakin'ny Tompo ianao dia ny fikarakarana ny ankohonany sy "fanomezana azy ireo hanina amin'ny fotoanany" (Mat. 24:45). Aza hadinoina fa hanao tatitra amin'Andriamanitra mikasika ny fomba nitantananao ny fiangonan'i Kristy ianao (Lioka 16:2).

**Modely ara-baiboly**

Ny Baiboly dia manome antsika ohatra mazava mikasika ny tokony ho endrikin'ny fiangonana Pentekôtista. Tokony ho fiangonana mifantoka amin'ny iraka. Ny fiangonana mifantoka amin'ny iraka dia fiangonana manokan-tena amin'ny fampandrosoana ny irak'Andriamanitra eto an-tany. Ny fiangonana tany Antiokia, Syria dia fiangonana tahaka izany (Asa 11:19-20; 13:1-4). Nampidirin'i Lioka tao amin'ny Asan'ny Apostoly ny tantaran'ity fiangonana ity mba ho modely maharitra ho an'ny fiangonana mikasika ny fomba tsara indrindra hahafahan'ny fiangonana mifandray amin'ny irak'Andriamanitra. Io no ohatra maneho ny tokony ho fiasan'ny fiangonana Pentekôtista amin'izao androntsika izao. Ny fandinihana ireo andalana roa ireo no nahitana toetra fito mampiavaka ny tena fiangonana misionera marina:

*1. Ny fanatrehana sy ny herin'ny Fanahy.* Ny fiangonana tena mifantoka amin'ny iraka marina dia manome lanja ny hery sy ny fanatrehan'ny Fanahy Masina. Hoy ny Baiboly mikasika ny fiangonana tany Antiokia: "Ary ny tanan'ny

Tompo nomba azy ireo (Asa 11:21). Fomba iray entina milaza izany fa ny Fanahy Masina dia niasa mahery teo anivon'izy ireo (jereo ny 2 Mpan. 3:15; Ezek. 3:14). Vokatrin'ny fiasan'ny Fanahy Masina tao amin'ny fiangonana sy tamin'ny alalan'ny mpino tany Antiokia sy ny fifantohan'izy ireo tamin'ny fambaboana ny very dia "maro no isan'izay nino sy niverina ho amin'ny Tompo".

*2. Mpitarika feno ny finoana sy ny Fanahy Masina ary manana toe-panahy araka an'Andriamanitra*. Ny tena fiangonana marina dia tarihan'ny mpitarika feno ny finoana sy ny Fanahy Masina ary manana toe-panahy araka an'Andriamanitra tahaka an'i Barnabasy sy Saoly (Asa 11:22-26). Voalazan'ny Baiboly fa i Barnabasy dia "lehilahy tsara fanahy izy sady feno ny Fanahy Masina sy finoana" (and.24). Saoly, izay mpitarika tao amin'ny fiangonana tany Antiokia ihany koa dia lehilahy feno ny Fanany Masina sy finoana (13:9; jereo koa ny 9:17-18).

*3. Mifantoka amin'ny vina ivelany*. Ny fiangonana misionera marina dia mifantoka amin'ny fanatrarana ny mponina eo amin'ny tanàna na ny vohitra misy azy. Izany no nataon'ny fiangonana tany Antiokia. Fanampin'izany, ny fanatrarana ny very nataon'izy ireo dia ho an'ny foko isan-karazany: ny Jiosy sy ny Jentilisa (Asa 11:19-21). Ny fiangonana tany Antiokia dia nanangana fiangonana tao amin'ny faritra nisy azy (15:41). Tsy izany ihany fa nandefa misionera nankany amin'ny firenena hafa ihany koa izy ireo (15:41). Farany, nifandray tamin'ireo nirahany izy ireo (14:27).

*4. Fanambarana amim-pahasahiana.* Ny fiangonana misionera marina dia hanambara amim-pahasahiana ny "vaovao mahafalin'i Jesosy Kristy Tompo" tahaka ny nataon'ny fiangonana tany Antiokia (Asa 11:20). Fanambarana amim-pahasahiana ny filazantsara no toetra nampiavaka ny mpianatra nanerana ny bokin'ny Asan'ny Apostoly (jereo ny 8:4-5; 16:30-32; 28:31).

*5. Fanofanana mitohy sy mifantoka amin'ny iraka.* Ny fiangonana misionera marina dia mampianatra tsy tapaka ny mpikambana ao aminy mikasika ny irak'Andriamanitra. Hoy ny Baiboly: "Ary niara-niasa tao amin'ny fiangonana hatramin'ny herintaona ngarangidina izy roa lahy ka nampianatra olona maro" (Asa 11:26). Tsy isalasalana fa nampianatra mikasika ny fomba fiaina kristiana izy ireo. Kanefa, rehefa jerena akaiky ny fomba fiasan'ny fiangonana tao Antiokia dia azo lazaina fa nampianatra mikasika ny irak'Andriamanitra sy ny fomba

hahafahan'ny kristiana mandray anjara amim-pahombiazana ao anatin'izany koa izy ireo.

*6. Fampiasana malalaka ny fanomezam-pahasoavan'ny Fanahy.* Ny tena fiangonana misionera marina dia handrisika ny fampiasana ny fanomezam-pahasoavan'ny Fanahy ao anatin'ny fivoriana ataon'izy ireo. Ny fiangonana tany Antiokia dia tena nandrisika izany hetsika izany (jereo ny 11:27-28). Ny kristiana tany dia niankina tamin'ny fitarihan'Andriamanitra azy ireo ho ao anatin'ny sitrapon'Andriamanitra. Ny fiasan'ny fanomezam-pahasoavana faminaniana tao anatin'ny fiangonana no nahatonga ny fanendrena sy fanirahana an'i Barnabasy sy Saoly ho misionera tany amin'ny Jentilisa (13:2).

*7. Fahalalahan-tanana hetsehan'ny Fanahy*. Ny tena fiangonana misionera marina dia fiangonana malala-tanana. Tany Antiokia, ny kristiana dia nanome tamin'ny fahalalahan-tanana ho fampandrosoana ny Fanjakan'Andriamanitra. Namaly ny faminanian'i Agabo tamin'ny alalan'ny fanolorana fanampiana ho an'ireo rahalahy sy anabavy nonina tany Jodia izy ireo (Asa 11:29)? Mampahatsiaro antsika izay nataon'ny olona taorian'ny nirotsahan'ny Fanahy Masina tamin'ny Andro Pentekosta izany (Asa 2;44-45).

Amin'ny maha pasitera Pentekôtista, tokony horaisinao ho fakantahaka ny fiangonana tany Antiokia. Tokony hiasa mafy ianao mba hahatonga ny tsirairay avy amin'ireo toetra fito mampiavaka ny fiangonana misionera ireo haniry sy hitombo ao anatin'ny fiangonana tarihanao.

## FANATANTERAHANA NY IRAK'ANDRIAMANITRA

Manontany angamba ianao hoe: "Ahoana no hahafahako manomboka fandaharana asa misiona mahomby ao anatin'ny fiangonako?" Inona ireo dingana fampihatra azoko atao hanetsehana ny fiangonako hiainga eo amin'ny misy azy androany ho any amin'izany tian'Andriamanitra hisy azy?

Mba hahatanteraka izany, tsy maintsy azonao tsara aloha fa tsy ao anatin'ny fotoana fohy no hamoronana fiangonana misionera marina. Tsy toy ny mandrehitra jiro ka tsindrina ny bokotra dia tonga ao anatin'ny fiangonana ny "hazavan'ny asa misiona". Ny fananganana vina misionera ao anatin'ny

fiangonana dia dingana mitaky fotoana sy ezaka. Mitaky drafitra ihany koa izany. Ary tsy maintsy apetraka mazava sy tanterahana izany drafitra izany.

Ireto misy paikady mahomby efatra azonao ampiasaina hampitana vina misionera ao amin'ny fiangonanao. Raha hampiharinao amim-paharetana ireo paikady ireo, ny fiangonanao dia hiala amin'ny fifantohana amin'ny ao anatiny izany hoe fiangonana mifantoka amin'ny tena ho any amin'ny fiangonana mifantoka amin'ny any ivelany. Ho lasa fiangonana misionera—karazana fiangonana mahafaly an'Andriamanitra.

**Toriteny feno firehetam-po**

Ny paikady voalohany azonao ampiasaina hampitana vina misionera amin'ny fiangonanao dia ny toriteny feno firehetam-po. Tsy maintsy mitory matetika mikasika ny irak'Andriamanitra sy ny andraikitrin'ny fiangonana ao anatin'izany iraka izany ianao. Tsy maintsy avelanao hiampita ao anatin'ny fomba fanoloranao ny hafatra ny firehetam-ponao ho an'ny asa misiona. Ny firehetam-ponao ho an'ny hafatra dia hanetsika kokoa ny olona noho lohahevitra manaraka lojika. Rehefa tonga any amin'ny faran'ny hafatra ianao dia aza hadinoina ny mihaika ny olona hanokana ny tenany ho an'ny irak'Andriamanitra. Avy eo, miantso valin-kafatra manokana[1].

**Vavaka mifantoka**

Ny paikady faharoa azonao ampiasaina hampitana vina ao amin'ny irak'Andriamanitra dia ny vavaka mifantoka amin'ny iraka. Tsy maintsy mitarika ny fiangonana amin'ny vavaka ho an'ny fijinjana ianao (jereo Mat. 9:37-38). Tokony hisy fotoana atokanao hanaovana vavaka misionera isaky ny fotoana Alahady. Ao anatin'io fotoana io, ianao na ny mpitarika notendrenao dia hitarika ny fiangonana hivavaka ho an'ny iray amin'ireo misionera na tetikasa misionera

---

[1] Ny Africa's Hope, Acts 1:8 Initiative dia namokatra boky antsoina hoe: *Proclaiming Christ to the Nations:100 Sermon Outlines on on Spirit-Empowered Missions na* "Manambara an'i Kristy amin'ny Firenena: Drafitra toriteny 100 mikasika Iraka izay azonao alaina maimaimpoana ao amin'ny tranokala: www.DecadeofPentecost.org website.

tohanan'ny fiangonana. Tokony hisy ihany koa vavaka ho an'ny olona very sy ireo toerana tsy mbola tratran'ny filazantsara ao amin'ny firenenao sy manerana izao tontolo izao.

Ambonin'izany, tsy maintsy mitarika ny olona matetika amin'ny vavaka fangatahana ny firotsahan'ny Fanahy Masina ihany koa ianao. Arakarakin'ny hitomboan'ny mpikambana voatafy ny herin'ny Fanahy Misioneran'Andriamanitra no hampitombo ny isan'ny olona manana ny firehetam-po ho an'ny olona very. Ary ny Fanahy no hanetsika azy ireo hanao ny anjarany amin'ny fantatrarana ny olona very eo an-toerana sy hatrany amin'ny faran'ny tany (Asa 1:8).[2]

## Fampianarana amin'ny fomba mitohy

Fahatelo, azonao atao koa ny mampita firehetam-po ho an'ny irak'Andriamanitra ao anatin'ny fon'ny olona amin'ny alalan'ny fampianarana mikasika ny irak'Andriamanitra amin'ny fomba mitohy. Raha tianao ny hahavita izany dia tsy maintsy mijery tsikelikely ny Soratra Masina ianao ary maneho amin'ny fiangonana ny fomba nanatanterahan'Andriamanitra ny Irany teto an-tany. Izany fomba fijery vaovao mikasika ny Baiboly izany dia hamorona ao am-pon'ny olona fahatakarana mazava mikasika ny toetra misioneran'ny fiangonana[3].

## Fandaminana miaraka amin'ny tanjona

Ny fomba fahefatra hampitanao vina misionera amin'ny olonao dia ny fandaminanao (na famerenana mandamina) ny fiangonana ho amin'ny tanjona mazava dia ny irak'Andriamanitra. Ho fanatanterahana izany, mila manombana amim-pandinihana tsara ny departemanta tsirairay ao anatin'ny fiangonana sy ny

---

[2]Raha te handalina bebe kokoa momba ity lohahevitra ianao dia jereo ny Toko 8: "Ny laharam-pahamehan'ny vavaka" sy ny toko 11: "Manandratra ny fahatsapana sy ny fanao Pentekôtista".

[3] Afaka mianatra bebe kokoa mikasika ny irak'Andriamanitra ianao ao amin'ny Boky, *A Biblical Theology of Missions (Fampianarana ara-baiboly momba ny Iraka)* nosoratan'i Paul York ary novokarin'ny Africa's Hope.

asa fanompoan'izy ireo ianao ary manao izay ahazoana antoka fa ny tetikasan'izy ireo dia maneho ny fanokanan-tenan'ny fiangonana ho amin'ny irak'Andriamanitra. Ianao sy ny ekipa mpitarika ao amin'ny fiangonana dia tokony hametraka izao fanontaniana izao mikasika ny asa fanompoana tsirairay misy: "Ahoana no hanampian'ity tetikasa ity ny fiangonantsika amin'ny fanatanterahana ny irak'Andriamanitra?" Raha tsy manampy ny fiangonana amin'ny fanatanterahana ny irak'Andriamanitra ny tetikasa dia tokony hofoanana na havaozina.

**Fiaraha-miasa misy paikady**

Ny paikady fahadimy entina mampita vina misionera amin'ny fiangonanao ny fananganana fiaraha-miasa misy paikady miaraka amin'ny misionera sy ny fikambanana misionera manana ny lanjany. Tsy misy fiangonana afaka manatanteraka ny irak'Andriamanitra samirery. Ny Iraka dia zavatra tsy maintsy andraisan'ny tenan'i Kristy manontolo anjara. Noho izany, ankoatran'ny fanatrarana ny very eo an-toerana, tsy maintsy mitarika ny fiangonanao hiara-hiasa amin'ny fiangonana nasionaly sy ny fikambanana misionera ara-dalàna hafa ianao. Ao anatin'izany, tsy maintsy mitarika ny fiangonana hanohana amim-pahatokiana ny tetikasa misioneran'ny fiangonana nasionaly sy ny misionera irahany ianao. Rehefa hitan'ny mpikambana ao amin'ny fiangonanao ny zavatra vita amin'ny alalan'izany fiaraha-miasa izany dia ho voaentana handray anjara amin'ny hetsika goavana kokoa izy ireo.

**Fampifaneraserana ny fiangonana**

Farany, azonao atao ny mampita vina misionera amin'ny fiangonanao amin'ny alalan'ny fampifaneraserana ny mpikambana amin'ny sehatra misionera. Ireto misy fomba dimy entina manatanteraka izany:

*1. Vahiny misonera*. Fomba iray ahafahanao mampifanerasera ny fiangonana amin'ny saha misionera ny fanasana vahiny misionera hamangy sy hitoriteny amin'ny fiangonanao. Ireny vahiny misionera ireny dia hizara amin'ny fiangonana vina ho an'ny fanatrarana ny very sy ny tena toetrin'ny asa misiona marina. Rehefa mihaino ireo misionera ireo ny olona dia ho teraka ao am-pon'izy ireo ny firehetam-po ho an'ny irak'Andriamanitra. Ny misionera asainao hiteny amin'ny fiangonana dia tokony hotahianao amin'ny alalan'ny fanatitra avy amin'ny

fahalalahan-tanana, fanatitra fanokanan-tena isam-bolana ary fanohanana amam-bavaka.

*2. Alahadin'ny asa misiona*. Fomba mahomby iray entinao mampifanerasera ny fiangonanao amin'ny asa misiona ny fanendrena Alahady iray isam-bolana ho "Alahadin'ny Asa Misiona". Amin'io Alahady io ianao na izay olona tendrenao manokana dia hamaky tatitra avy amin'ny misionera sy hivavaka ho azy ireo, hitory momba ny irak'Andriamanitra ary hanangona fanatitra ho an'ny asa misiona. Ity paikady ity dia manampy ny fiangonanao hanana loharanom-bola voatokana ho an'ny asa misiona.

*3. Famelabelaran-kevitra momba ny asa misiona*. Tokony hataonao ao anaty fandaharam-potoana ihany koa ny hanaovana famelabelaran-kevitra momba ny asa misiona indray mandeha isan-taona ho an'ny fiangonana. Ny famelabelaran-kevitra momba ny asa misiona dia fandaharam-potoana maro natao hampifaneraserana ny fiangonana amin'ny asa misiona sy hampitomboana ny enta-mavesatra ho an'ny very ao am-pon'izy ireo. Mandritra izany famelabelaran-kevitra izany dia manasa misionera hitory sy hizara ny momba ny asa fanompoany amin'ny fiangonana ianao. Mandritra izany koa no hanasongadinanao ireo zavatra vitan'ny fiangonana teo amin'ny sehatra misionera sy hampitanao ny vina ho an'ny taona manaraka. Fanampiny, mandritra io koa no hiantsoanao ny olona hanome amim-pahatokiana isam-bolana ho an'ny tetikasa misioneran'ny fiangonana.

*4. Takelaka misionera*. Azonao atao ny mampifanerasera ny fiangonanao amin'ny asa misiona amin'ny alalan'ny famoronana takelaka misionera mahasarika sy fampiratiana izany ao anatin'ny fiangonana. Eo amin'io takelaka io no ametrahanao ny sarin'ireo misionera miaraka amin'ny fanoritsoritana ny asa fanompoany avy. Ny taratasy avy amin'ny misionera, ny sarintany ary ny tsara ho fantatra samihafa rehetra ihany dia azonao apetaka eo koa.

*5. Hetsika misionera*. Fomba iray azonao ampiasaina amin'ny fampifandraisana ny fiangonanao amin'ny asa misiona ihany koa ny fampaherezana ny mpikambana handray anjara amin'ny hetsika misionera tohanan'ny fiangonana. Ohatra, azon'ny departemantan'ny asa misiona ao amin'ny fiangonana atao ny manao hetsika hanatrarana ny faritra na ny foko mbola tsy tratra ao amin'ny firenenao. Azon'izy ireo atao koa ny manohana hetsika

fananganana fiangonana any amin’ny faritra tsy mbola nahare ny filazantsara. Ny fifaneraserana mivantana amin’ny asa misiona tahaka izany dia sady mampandroso ny Fanjakan’Andriamanitra no mamorona firehetam-po ho an’ny asa misiona ao am-pon’ny olona ary manampy ny mpikambana hahatakatra bebe kokoa ny momba ny asa misiona.

## FANOHANANA MISIONERA

Nampahatsiaro ny fiangonana tany Roma i Paoly fa tsy maintsy misy olona maniraka ny misionera vao afaka mandeha sy mitory ny filazantsara amin’ny very (Rom. 10:13-15). Noho izany, ny ampahany goavana indrindra amin’ny tetikasa misioneran’ny fiangonana dia ny fanampiana amin’ny fanirahana sy fanohanana ireo misionera ho eny amin’ny saha. Misy fomba tena ahafahana manao izany dia amin’ny alalan’ny fanohanana ara-bola amim-pahatokiana, ny fanohanana mitohy amin’ny alalan’ny vavaka, ary ny fanohanana ara-tsaina araka izao azavaina manaraka izao:

### Fanohanana ara-bola amim-pahatokiana

Voalohany, ny fiangonanao dia tsy maintsy manoharana ara-bola ny misionerany. Hoy i Paoly nanontany fiangonana tany Korinto raha nanetsika azy ireo handray anjara tamin’ny fanohanana: “Iza no mandeha manafika ka mivelona amin'ny haren'ny tenany?” (1 Kor. 9:7). Nampatsiahiviny azy ireo avy eo “fa izay mitory ny filazantsara dia hahazo fivelomana amin'ny filazantsara” (1 Kor. 9:14).

Mba hahafahan’ny misionera mijanona eny amin’ny saha, tsy maintsy mandray anjara amin’ny fanohanana amim-pahatokiana azy ireo ny avy any amin’ny toerana nandefa azy. Io fanohanana io dia avy amin’ny olona tsirairay misafidy ny hanohana sy avy amin’ny fiangonana. Ny ankamaroan’ny fiangonam-paritra dia manohana ny asa misiona amin’ny alalan’ny departemanta nasionalin’ny asa misiona. Amin’ny maha pasitera, andraikitrao ny miantoka ny fitantanana amim-pahamarinana ny fanatitra ho an’ny asa misiona sy manao izay hampiasana izany ho amin’ny tanjona nanomezana azy.

**Fanohanana mitohy amin’ny alalan’ny vavaka**

Faharoa, ny fiangonana dia tsy maintsy manohana ny misionera eny amin’ny saha amin’ny alalan’ny vavaka mitohy. Matetika i Paoly no nampahatsiahy ny fiangonana mba hivavaka ho azy. Ohatra, hoy izy tamin’ny kristiana tany Tesalonika: “Farany, ry rahalahy, mivavaha ho anay, mba handehanan'ny tenin'ny Tompo faingana ka hankalazaina toy ny eo aminareo” (2 Tes. 3:1). Ireto koa misy ohatra hafa ahitantsika an’i Paoly nangata-bavaka: Romana 15:30-32, Efesiana 6:19, Kolosiana 4:3-4, and 1 Tesaloniana 5:25. Amin’ny alalan’ny vavaka ataony, ny kristiana dia afaka manohana ireo misionera eny amin’ny saha sy manampy azy ireo hiady ny ady tsaran’ny finoana. Ny vavaka ho an’ny misionera matetika dia ahitana ady ara-panahy matanjaka (Efe. 6:11-18; Mat. 12:29).

**Fanohanana ara-tsaina**

Farany, ny fiangonana Pentekôtista dia tsy maintsy manohana ny misionera ara-tsaina sy ara-pihetseham-po. Matetika ny misionera no lavitra ny toerana niaviany sy ireo mpanohana mahazatra azy. Mahatsapa ho mitoka-monina sy irery izy ireo ary mila fanohanana ara-tsaina. Azon’ny kristiana any amin’ny toerana niavian’izy ireo atao ny manohana ny misionera amin’ny alalan’ny taratasy na mailaka fampaherezana

## FIKENDRENA IREO MBOLA TSY TRATRA

Ny asa fanompoana misionera nataon’i Paoly dia nifantoka tamin’ireo olona tsy mbola tratra. Hoy izy nanoratra: “Koa dia nataoko ho voninahitro ny hitory ny filazantsara toy izao: tsy eo amin'izay efa niantsoana an'i Kristy anefa, fandrao hanovona eo ambonin'izay efa naorin'ny sasany aho” (Rom. 15:20).

Tahaka izany koa, ny hetsika misioneran’ny fiangonana Pentekôtista tsirairay isam-paritra dia tokony hahitana fifantohana amin’ny vondron’olona tsy mbola tratra. Ny vondron’olona tsy mbola tratra dia ny foko na ny firazanana tsy manana fiangonana mahatohana ny tenany. Ny fikarohana dia milaza fa amin’izao androntsika izao dia mihoatra ny fito arivo ny vondron’olona mbola tsy tratra eto amin’izao tontolo izao. Mihoatra ny telo lavitrisa ny isan’ireo olona tsy mbola nahare ny filazantsara mikasika an’i Jesosy ireo. Ny ankamaroan’ireo olona tsy

mbola tratra ireo dia atỳ Afrika. Tsy maintsy mikendry ireo olona very ireo ny hetsika misionera ataon'ny fiangonana[4].

[4] Raha te hahafantatra bebe kokoa ny momba ireo vondron'olona tsy mbola tratran'ny filazantsara dia tsidiho ny www.JoshuaProject.net.

# ~ Fizarana 10 ~

# Ny pasitera Pentekôtista sy ny lanonana ary ny sakramenta

# ~ Toko 41 ~

# Fanatanterahana ny fanambadiana sy fandevenana

Fotoana fohy taorian'ny nahavitan'ny fianarany teny amin'ny Anjerimanontolo dia nangataka an'i Esther ho vadiny i Samuel ary nanaiky izy. Tamin'ny naha tanora nanana toe-panahy araka an'Andriamanitra azy ireo dia nanokana ny tenany ho amin'ny fahadiovana izy ireo mandra-pahavitan'ny fanambadiany. Nampalahelo nefa fa talohan'ny mariazin'izy ireo no nipoaka tao amin'ny firenen'izy ireo ny adim-poko. Nandositra tany amin'ny firenena hafa avokoa ny ankohonan'izy ireo. Roa taona taty aoriana, tafaverina tao amin'ny fireneny i Samuel sy Esther ary nifandray indray. Tsotra ny mariazin'izy ireo kanefa nisy fanatrehan'Andriamanitra nandritra ny fankalazana. Nanomboka tamin'io fotoana io, nanompo ny Tompo tamim-pahatokiana i Samuel sy Esther ary nitaiza ny zanany tamin'ny toe-panahy araka an'Andriamanitra.

Tantara iray hafa, mpirahalahy tena tsy nifankafoy i Christopher sy Stephen. Maty tampoka i Stephen ary nandratra ny fon'i Christopher loatra izany. Na dia tsy kristiana aza izy, kristiana kosa ilay rahalahiny. Nanompo ny Tompo tamim-pahatokiana tamin'ny asan'ny diakona tao amin'ny fiangonany i Stephen. Noho ny fikarakaran'ny fiangonana ny ankohonan'i Stephen, ny nanomezany azy fanompoam-pivavahana fandevenana mendrika, ary ny asa fanompoana

fanohizana nataon'ny pasitera, resy lahatra tanteraka i Christopher sy ny ankohonany ka nanolotra ny fiainany ho an'i Kristy ary tonga mpikambana tao amin'ny fiangonana. Nanompo teo amin'ny asa fanompoana nataon'i Stephen rahalahiny fony fahavelony izy.

Ity toko ity dia hiresaka mikasika izay lazain'ny Baiboly momba ny fanamasinana fanambadiana sy ny fandevenana ary ny lanjan'izany amin'ny ankohonana, ny fiangonana, ary ny fiaraha-monina manontolo. Hisy torohevitra ho an'ny pasitera Pentekôtista mikasika ny fanomanana, ny fitarihana ary fanohizana ny fankalazana fanambadiana sy fanaovana fandevenana ihany koa ho hitanao ato. Na dia miovaova isakin'ny firenena sy ny kolontsaina aza ny antsipiriany mikasika ny fomba hitarihan'ny pasitera ireo fomba amam-panao ireo, ity toko ity kosa dia hanome taridalana ankapobeny amin'ny fanatanterahana izany.

## NY FANAMASINANA FANAMBADIANA

Ny Baiboly dia tsy nametraka taridalana manokana mikasika ny fankalazana fanamasinana fanambadiana. Kanefa, manome ohatra maro mikasika ny zavatra takian'Andriamanitra kosa izy. Ny fitsipika fototra avy amin'ireo ohatra ireo dia afaka mitarika ny pasitera Pentekôtista amin'ny fanomanana sy fankalazana ny lanonana.

Iray amin'ny ohatra hitantsika ao amin'ny Baiboly ny tantaran'ny nanambaran'Andriamanitra an'i Adama sy Eva ho mpivady (Gen 2:18-25). Taorian'ny namoronany azy ireo, Andriamanitra dia nanambatra an'iAdama sy Eva tamin'ny alalan'ilay azontsika antsoina hoe "fanamasinana fanambadiana voalohany". Vokatrin'ny fikambanan'izy ireo, ny Baiboly dia milaza fa tonga "nofo iray ihany izy roroa" (24; jereo koa ny Mat. 19:5-6).

Aty amin'ny faramparan'ny Genesisy, ny Baiboly dia mitantara ny fanambadian'Isaka sy Rebeka (Gen. 24:1-67). Voasoritsoritra ao ny nitarihan'Andriamanitra ny mpanompon'i Abrahama tany amin'ny zazavavy Kaldeana tsara tarehy nantsoina hoe Rebeka. Taorian'ny nanazavany ny antondiany, nanaiky niverina tany Kanana niaraka taminy ilay zazavavy ary tonga vadin'Isaka. Tamin'ny fotoana nihaonan'i Rebeka tamin'Isaka voalohany dia noraisiny tamim-panajana ny fisalobonana, ka nisalobonany satria izany no

kolontsaina tamin'izany. Nazavain'ilay mpanompo tamin'Isaka avy eo ny nanampian'Andriamanitra azy tamin'ny fitadiavana an-dRebeka. Nalain'Isaka i Rebeka ka napetrany tao amin'ny lain'i Saraha Reniny izay efa nodimandry ary tato aoriana dia nampakariny ho vady. Tena tian'Isaka i Rebeka ary nampionona ny alahelony an-dreniny izany. Ity tantaran'Isaka sy Rebeka ity dia maneho fa raha misy olona mivavaka sy mitady an'Andriamanitra dia Izy no hitarika azy ho any amin'izay vehivavy mahatoky afaka hifampizara fifaliana sy fampionona ho azy ao anatin'ny fanambadiana.

Hoy i Solomona: "Izay lehilahy mahazo vady dia mahazo zava-tsoa Sady mahita sitraka amin'i Jehovah" (Ohab. 18:22). Marina ihany koa ny mifanohitra amin'io: izay vehivavy mahazo vady dia mahazo zava-tsoa sady mahita sitraka amin'i Jehovah. Io fahamarinana io dia novelabelarin'i Solomona bebe kokoa ao amin'ny Tonon-kiran'i Solomona izay nanehoany an-tsary ny fitiavana mampihetsi-po ao anatin'ny fanambadiana. Fitahiana ny miditra ao anatin'ny fanambadiana araka an'Andriamanitra.

## Nitso-drano fanambadiana i Jesosy

Jesosy dia nanana zavatra betsaka noresahana mikasika ny fahamasinan'ny fanambadiana (Mat. 5:31-32; Marka 10:1-12). Taty aoriana dia nasehony tamin'ny alalan'ny famonjena fampakaram-bady tany amin'ny tanàna atao hoe Kana tany Galilia ny fanomezany lanja ny fankalazana fanambadiana. Notahiany tamin'ny alalan'ny fanovana ny rano ho tonga diavy tamin'ny fomba mahagaga io fampakaram-bady io, noho izany, voavonjy tamin'ny fahafaham-baraka ny tompon'ny fanasana (Jaona 2:1-11). Ity moa no fahagagana voalohany nataon'i Jesosy voarakitra ao amin'ny filazantsaran'i Jaona ary manasongadina ny lanja omen'i Jesosy ny fankalazana fanambadiana.

Ho fanampin'izany, ny Baiboly dia mampiasa ny fampakaram-bady sy ny fanambadiana ho entina maneho ny fifandraisana akaiky eo amin'Andriamanitra sy ny Vahoakany. Ohatra, ao amin'ny Testamenta Taloha, ny Baiboly dia nametraka ny Isiraelita tamin'ny toeran'ny ampakarina na vadin'Andriamanitra (Isa. 62:5; Jer. 3:14). Tahaka izany koa, ao amin'ny Testamenta Vaovao i Paoly dia nanondro ny fiangonana ho vadin'i Kristy (Efe. 5:23-32). Tamin'ny alalan'ny fampiasana izany sarinteny izany no nanambaran'ny mpaminany sy ny apostoly

ny fitiavan'Andriamanitra sy ny fanokanan-tenan'ny Olony. Ao anatin'izany koa izy ireo dia manambara fa Andriamanitra dia manome lanja ambony dia ambony ny fanambadiana.

**Ny lanjan'ny fankalazana fanambadiana**

Ny fanamasinana fanambadiana dia mampitombo ny fahatsapan'ny mpivady fa ao anatin'ny fiaraha-monin'ny finoana izy ireo. Mampitombo ny fanokanan-tenan'ny mpivady ho an'ny andaniny sy ny ankilany ihany koa. Eva dia namboarin'Andriamanitra hamahana ny olana naterakin'ny maha irery an'i Adama. Izao no nambaran'Andriamanitra momba an'i Adama: "Tsy tsara raha irery ralehilahy; dia hanaovako vady sahaza ho azy izy" (Gen 2:18). Marina ihany koa izany amin'ny mpivady vao. Tsy tsara raha irery izy ireo, izany hoe tafasaraka amin'ny fiaraha-monin'ny mpino.

Tahaka an'Andriamanitra izay tia mifandray amin'ny maha Andriamanitra Ray, Zanaka ary Fanahy Masina, ny olona dia noforonina hiaina ao anatin'ny fiaraha-monina. Eto Afrika, ny fankalazana ny fanambadian'ny lehilahy sy vehivavy dia tsy mba atao mangingina. Fifaliana iarahan'ny fiaraha-monina manontolo mankalaza izany. Ny fankalazana fanambadiana dia maneho fa ny mpivady dia ao anatin'ny fiaraha-monin'ny finoana dia ny fiangonana. Raha avy amin'ny toerana lavitra ny lehilahy na ny vehivavy, ny fitiavana sy fiahiana asehon'ny fingonana, izay ankohonan'izy ireo vaovao dia mahatonga azy ireo mahatsapa voaray sy nekena.

Ny fanambadiana kristiana ihany koa dia mampita hafatra ara-pitondratena ho an'ny fiaraha-monina. Ny mpivady tanora izay nanatanteraka araka ny tokony ho izy ny fanambadiany dia mihaika ny namany hanaraka ny ohatra nasehony. Mahamenatra ny fiaraha-monina ankehitriny satria nanjary fenitra ho an'ny lehilahy sy ny vehivavy ny avy hatrany dia miara-mipetraka tahaka ny mpivady kanefa tsy mbola vita akory ny fanamasinana ny fanambadiana. Noho izany, ny mpivady manatanteraka fanambadiana mifanaraka amin'ny tenin'Andriamanitra dia manampy zavatra manan-danja eo amin'ny fiaraha-monina sy mametraka ohatra tsara harahan'ireo namany.

**Fiomanana ho amin'ny fankalazana fanambadiana**

Ny fahombiazan'ny fankalazana fanambadiana dia miankina betsaka amin'ny fiomanana. Amin'ny maha pasitera Pentekôtista, tokony hanomana ny tenanao, ny mpampakatra ary ny ampakarina amin'ny fomba efatra ianao:

*1. Fiomanana ara-panahy*. Voalohany, tokony hojerenao ny fiomanana ara-panahin'izay mandray anjara ao anatin'ny fankalazana. Ny fanambadiana dia mihoatra noho ny fifanarahana ara-tsosialy araka izay nampinoan'izao tontolo izao antsika. Amin'ny fomba fijerin'Andriamanitra, ny fanambadiana dia fifanekena masina eo amin'ny lehilahy, ny vehivavy ary Andriamanitra. Noho izany, ao anatin'ny fanambadiana, ny lehilahy sy ny vehivavy dia natao hiaina amin'ny fifandraisana fifanekena miaraka amin'ny Tompo. Ny fankalazana fanambadiana dia tokony haneho ireo fahamarinana masina ireo.

Amin'ny maha pasitera, ianao no tokony hanolo-tsaina ny mpivady hahatakatra tsara ny fahamatoran'ny voady hifanakalozan'izy ireo. Tokony ho azonao antoka fa efa nateraka indray ny mpampakatra sy ny ampakarina. Raha hitanao fa tsy mbola niova fo marina ny iray amin'izy ireo, ny tokony hataonao dia mitarika azy ho ao amin'i Kristy. Raha efa voavonjy izy ireo kanefa tsy miaina amin'ny fanokanan-tena marina dia tokony hotarihanao hanokana ny fiainany ho an'i Kristy indray.

*2. Fiomanana ara-kolontsaina.* Faharoa, amin'ny maha pasitera, tsy maintsy mihevitra ny fiomanana ara-kolotsaina ianao. Ny kolotsaina Afrikana dia samy manana ny fomba amam-panaony ao anatin'ny fanambadiana. Ohatra, any amin'ny kolontsaina sasany, ny tena fanambadiana marina dia tsy maintsy ialohavan'ny fandoavana ny vola fananan-jazavavy handeha hanambady. Raha tojo izany toe-javatra izany ianao dia ataovy azo antoka fa notanterahan'ireo mpandray anjara an-tsakany sy an-davany alohan'ny hanaovana ny fankalazana ny fanambadiana avokoa ireo ny fomba amam-panao—tsy mifanohitra amin'izay takian'ny Soratra Masina na amin'ny kolontsainan'ny fiangonana takiana amin'izy ireo avy. Mahamenatra mantsy raha hisy hitaky mandritra ny fankalazana ao anatin'ny fiangonana izay tsy vitan'izy ireo.

*3. Fiomanana ara-panjakana*. Fahatelo, tsy maintsy azonao antoka fa ianao sy ny mpandray anjara dia efa nanatanteraka izay rehetra takian'ny fanjakana

amin'ny fankalazana fanambadiana. Ohatra; tsy maintsy azonao antoka fa nahazo ny taratasy manamarina ny fisoratam-panambadiana ara-dalàna avy amin'ny fanjakana mahefa izy ireo. Tsy maintsy amarininao tsara ihany koa fa tsy misy amin'izy mivady manana vady mbola velona any ho any. Any amin'ny firenena sasany dia azon'ny lalàna enjehina tanteraka ny pasitera mandika ny lalàn'ny fanambadiana.

Nisy pasitera iray nanao tsirambina ity fiomanana ity ary dia nitondra henatra ho an'ny tenany sy ny fiangonana izany. Nandritra ny lanonana fankalazana dia niteny i pasitera hoe: "raha misy mahita antony tsy hahafahan'ity lehilahy ity hampakatra an-dravehivavy dia aoka izy hiteny izao ankehitriny izao na hangina mandrakizay". Talanjona ny olona rehetra satria nisy tovovavy iray nananga-tanana. Hoy izy: "tsy hisakana ny fanambadiana aho satria rahavaviko io atao mariazy io. Kanefa, io lehilahy haka vady azy io dia rain-janako. Nampantena izy fa haka vady ahy kanefa niova hevitra sy saina izy ka naka ny rahavaviko". Taorian'ny fifanjevoana dia nofoanana ny fankalazana ny fanambadiana. Azo nosorohana tsara izany henatra sy ny fahafaham-baraka izany raha nanao fanadihadiana tsara ny pasitera

*4. Fiomanana amin'ny fankalazana*. Farany, amin'ny maha pasitera anao, tsy maintsy azonao antoka fa ara-dalàna daholo ny fanomanana rehetra tsy maintsy atao alohan'ny fankalazana. Tokony hihaona amin'ireo olona hiroso amin'ny fanambadiana ianao ary hanamarina ny fahazoan'izy ireo fa ny fanamasinana fanambadiana kristiana dia fanompoam-pivavahana fiderana tarihan'ny fanatrehan'Andriamanitra.

Ny fitafian'ny pasitera, ny ampakarina, ny mpampakatra ary ny mpanotrona dia tokony hifanentana amin'ny fotoana. Ny mpampakatra sy ireo tovolahy mpanotrona azy dia tokony hanao fanamiana mihaja sy mendrika. Tsy voatery manao palitao kanefa raha misy fahafahana dia tsara kokoa raha izany no anaovana. Ny ampakarina sy ireo zazavavy mpanotrona azy ary ny vehivavy mpanotrona dia tokony hihanjaika kanefa amin'ny fahamendrehana. Raha fitafiana manaraka ny kolontsaina no anaovan'ny mpanambady sy ny mpanotrona dia tokony hiezaka hanao tahaka izany koa ny pasitera.

Tokony hizara ny fomba fankalazana fanambadiana tianao hampiasaina ianao[1]. Tokony horesahanao amin'ny mpanambady koa ny fizotran'ny fandaharam-potoana sy ny antsipiriany momba izany. Azon'izy ireo mazava tsara amin'izay ny fanokanan-tena hifanaovan'izy ireo tsy ho ela. Alohan'ny fankalazana ny fanambadiana, ny fiangonana sy ny tokontany dia tokony ho voadio sy voaravaka tsara.

**Fanatanterahana ny fankalazana fanambadiana**

Fizarana telo tena manan-danja no mandrafitra ny fankalazana ny fanambadiana: ny toriteny, ny voady mariazy ary ny fanaovana sonia ny taratasy ara-panjakana. Hazavaiko eto ambany:

*1. Toriteny.* Ny toriteny na ny fampaherezana dia tokony hifantoka amin'ny fanokanan-tenan'ny mpivady ho an'Andriamanitra, ny fahatokian'izy ireo amin'ny andaniny sy ny ankilany, ary amin'ny fitaizana taranaka araka an'Andriamanitra. Na dia ny mpivady vao aza no ivon'ny fankalazana, ny hafatra dia ho an'izay rehetra manatrika, na ny manambady na ny tsy manambady. Ny hafatra dia tokony ho fohy, tsy mihoatra ny dimy ambin'ny folo na roapolo minitra.

*2. Ny fankalazana*. Ny tena fankalazana fanambadiana, izay ahitana ny fifanakalozana voady sy peratra dia tokony hatao ao anatin'ny fahamendrehana sy fahamatorana. Alohan'ny fanompoam-pivavahana, tokony efa nisy fotoana niarahanao namerina ny fifanakalozana voady sy ny fifanakalozana peratra tamin'ny mpanambady. Ny fanaovana izany dia hanampy azy ireo hisoroka izay fahadisoana mety hiteraka henatra mandritra ny tena fankalazana.

*3. Fanaovan-tsonia.* Amin'ny maha mpanao asa fanompoana voahosotra, ny asan'ny pasitera Pentekôtista mandritra ny fanamasinana fanambadiana dia sady ara-panahy no ara-panjaka. Tokony ho tanterahinao amin'ny fomba matihanina

---

[1] Afaka mahita taridalana momba ny fankalazana fanambadiana ianao ao amin'ilay boky natambatr'i Myer Pearlman ary nampitondrainy ny lohateny hoe: The Minister's Service Book. Tokony hanana io boky io ianao na hanana loharanon-kevitra hafa avy amin'ny fikambanana misy anareo.

ireo andraikitra roa ireo. Alohan'ny fankalazana, tsy maintsy hamarininao tsara fa milamina ny antontan-taratasy rehetra. Tokony hahafantatra mialoha ny andraikiny ihany koa izay rehetra mandray anjara amin'ny fanaovana sonia ireo taratasy ireo. Tokony ho azonao antoka fa manatrika eo izy ireo ary mahafantatra ny tokony hataony.

Farany, ianao koa no mitarika ny fanaovana sonia ny boky firaketana. Rehefa vita avokoa ny fanaovan-tsonia rehetra dia atolotrao ampahibemaso ny mpampakatra ny taratasy rehetra satria izy no mizaka ny andraikitra lehibe indrindra amin'ny fampahombiazana ny fanambadiana. Rehefa voatolotra ny taratasy rehetra dia azonao ambara amin'ny fomba manetriketrika fa mpivady ara-dalàna izy ireo. Raha efa izany, asaivo mandohalika eo anatrehan'Andriamanitra izy roa, tsara raha eo ambony ondana madio sy malefaka. Hametra-tanana amin'izy ireo ianao sady hivavaka hangataka fitahiana ho azy ireo. Fifanorohan'ny mpampakatra ny ampakarina sy tso-drano no mamarana ny fankalazana.

## FANOMPOAM-PIVAVAHANA FANDEVENANA

Nangorohoro ny tanàna iray manontolo rehefa nambara ny nahafatesan'i Gertrude. Tsy ny ankohonany ihany no nalahelo fa ny fiaraha-monina manontolo mihitsy no nisaona. Ny lehilahy, ny vehivavy, ny tanora ary ny ankizy dia samy nitomany. Diakona tao amin'ny Fiangonana Asssemblée de Dieu i Gertrude. Noho ny toetra kristiana nananany sy ny fahalalan-tanany, tia azy daholo ny olona rehetra.

Nandritra ny fandevenana, ny pasitera dia nitondra hafatra fampaherezana. Nizara ny hafatrin'ny fanantenana ao amin'i Kristy koa izy. Tamin'ny faran'ny toriteny ny pasitera dia nanasa ny olona hanatona teny aloha handray an'i Kristy ho mpamonjiny. Betsaka no namaly ny antso sy nanolotra ny fiainany ho an'i Kristy. Noho ny fiainan'i Gertrude sy ny fahendren'ny pasitera tamin'ny fitarihana ny fanompoam-pivavahana fandevenana dia nisy zavatra goavana nitranga, tsy avy amin'ny fiainany fony fahavelony ihany fa avy amin'ny fahafatesany

## Ny lanjan'ny fanompoam-pivavahana fandevenana

Ny Afrikana dia miaina ny fiainany ao anatin'ny fiaraha-monina. Ny manodidina azy no mamaritra sy manatanjaka ny maha izy azy manokana. Noho izany, rehefa misy olona maty eo amin'ny fiaraha-monina, ny fanompoam-pivavahana fandevenana dia tena mahavory olona maro. Ny olona avy amin'ny sarangam-piainana samihafa, na inona na inona fivavahana arahany dia samy manaja farany ilay nodimandry. Tonga ihany koa izy ireo mba haneho firaisan-kina amin'ny ankohonana mana-manjo.

Tanjona maro no kendren'ny fanompoam-pivavahana fandevenana eto Afrika. Voalohany, manome fahafahana ny ankohonana sy ny namana hiara-hiombona alahelo sy hisaona. Rehefa manao izany izy ireo dia mihamatanjaka sy mahery ny fony. Manaraka izany, ny fanompoam-pivavahana fandevenana dia mahatonga ny mpisaona hahatsapa ny farany. Manome azy ireo teboka afaka manampy azy hanaiky ny fahaverezana teo amin'ny fiainany, ary miaraka amin'ny hery avy amin'Andriamanitra, afaka miroso izy ireo eo amin'ny fiainany. Farany, ny fanompoam-pivavahana fandevenana dia manome fahafahana tena tsara hizaran'ny pasitera Pentekôtista ny hafatr'i Kristy amin'ireo tsy mbola mahafantatra Azy mihitsy. Betsaka ny olona tsy manaiky hamonjy ny fivoriam-bavaka mahazatra fanaon'ny fiangonana, kanefa tonga manatrika fandevenana. Ny pasitera Pentekôtista hendry dia hampiasa izay fotoana fanararaotra izany amim-pahamalinana sy amin'ny fomba mahaliana hizarana ny hafatrin'ny famonjena.

## Fanaovana asa fanompoana amin'ny mana-manjo

Amin'ny maha pasitera Pentekôtista, ny asa fanompoanao ataonao amin'ny mana-manjo dia manomboka amin'ny fotoana andrenesanao ny fahafatesan'ilay olona. Tokony ho vonona hanajanona ny fandaharam-potoananao ianao ary handeha avy hatrany hampahery ireo namoy havana. Izany no famantarana voalohany ho an'ny ankohonany fa mihevitra azy ireo ianao. Na dia tena ilaina sy manampy tokoa aza ny teny fampiononana voalanjalanja, tsara kokoa raha vitsy teny ianao amin'ny fotoana voalohany hihaonanao amin'izy ireo. Ny mipetraka sy miara-mitomany amin'ny ankohonana mana-manjo fotsiny aloha no tokony hataonao. Ny fanatrehanao miaraka amin'ny teny fampiononana vitsivitsy sy ny vavaka no tena ilaina indrindra eto amin'ity fotoana ity.

Aoriana kelin'izany, azonao atao indray ny miverina mamangy ilay ankohonana miaraka amin'ny mpitarika ao anatin'ny fiangonana. Mandritra ity famangiana ity dia afaka mitarika hira iray na roa ianao, manolotra fampaherezana fohy ary mivavaka ho an'ny ankohonana. Azonao atao koa ny mamaky andalan-tSoratra Masina mifanentana amin'ny toe-javatra misy. Ho fanampin'izany, ianao sy ny ekipa mpitarika dia tokony hanolotra fanohanana ara-bola amin'ny anaran'ny fiangonana. Tena manampy tokoa io raha toa ka tsy manana ny ho enti-manana amin'ny fandevenana ny ankohonan'ilay nodimandry.

**Fiomanana amin'ny fanompoam-pivavahana**

Ianao sy ny ekipa mpitarika ao amin'ny fiangonanao dia tokony hanokana fotoana hiarahana mipetraka amin'ny ankohonana mana-manjo hanomanana ny fizotran'ny fanompoam-pivavahana. Mandritra io fivoriana io dia azonao atao ny manendry izay hamaky ny Soratra Masina sy hamaky ny famintinana ny tantaram-piainan'ilay nodimandry. Tokony hajainao ny fanirin'ny fianakaviana ny amin'izay tendrena hanao ireo andraikitra ireo. Amin'ny ankapobeny dia ny pasiteran'ilay nodimandry no mitoriteny. Kanefa, raha misy mpitoriteny kristiana hafa angatahan'ny fianakaviana hitoriteny dia tokony hanaiky ny fandaminana ny pasitera.

**Fanompoam-pivavahana fandevenana**

Misy singa fanalahidy vitsivitsy tokony ho hita ao anatin'ny fanompoam-pivavahana fandevenana. Voalohany, ny hira izay tokony hifanentana amin'ny zava-miseho. Faharoa, ny fanompoam-pivavahana dia tokony hahitana toriteny fandevenana atolotrin'ny mpanao asa fanompoana manana fahaiza-manao sy hajain'ny rehetra. Raha fakantahaka tamin'ny fiainana kristiana ilay nodimandry fony fahavelony dia tokony horesahana ao anatin'ny toriteny ny tantaram-piainany. Raha tsy izany kosa, dia hafatra tsotra manasongadina ny famonjena sy ny fiainana aorian'ny fahafatesana no tokony hotoriana.

Ny mpikambana ao amin'ny fiangonana sy ny namana dia tokony havela haneho fankasitrahana ilay nodimandry amin'ny fomba manaja ny fahatsiarovana azy sy mampionona ny ankohonany. Izay manolotra izany fankasitrahana izany dia tokony tsy ho lava resaka mba tsy hampiitatra ny fanompoam-pivavahana sy hahatonga izany ho enta-mavesatra fa tsy fitahiana ho an'ny ankohonana.

Tokony hatao fohy ihany koa ny lanonana fanitrihana ny razana. Ny mandrafitra ity lanonana ity dia hira, vavaka ary fomba fanitrihana razana ataon'ny pasitera voahosotra. Tokony hofehezinao tsara ny fotoana mba hahatontosa tsara ny fanitrihana ny razana alohan'ny hilentehan'ny masoandro.

**Asa fanompoana fanohizana**

Ny andraikitrao pasitera dia tsy mifarana miaraka amin'ny fanompoam-pivavahana fandevenana. Aorian'ny fanitrihana ny razana, ianao sy ny loholona ao amin'ny fiangonanao dia tokony hanatitra ny ankohonana mana-manjo any an-tokantranony. Any an-tokantrano hanomezanareo teny fampiononana farany sy vavaka ho azy ireo. Afaka andro vitsivitsy, tokony hamangy ny ankohonan'ilay nodimandry ianao ary tokony hotohizanao tsindraindray izany. Tokony hitady fahafahana hizarana ny filazantsara amin'ireo mpikambana tsy mbola voavonjy ao anatin'ny ankohonana.

---

Ny fanamasinana fanambadiana sy ny fandevenana dia fotoana tena manan-danja ho an'ny pasitera Pentekôtista sy ny fiangonana satria ahafahany maneho ny fitiavany sy ny fiahiany ny mpikambana ao amin'ny fiangonana sy ireo olona hafa eo amin'ny fiaraha-monina. Noho izany, amim-pitiavana sy amim-pahamendrehana tanteraka no tokony hanomanana sy hanatanterahana azy ireo.

# ~ Toko 42 ~

# Fitarihana sakramenta, fanoloran-jaza ary ny maro hafa

Imbetsaka ny Pasitera Pentekôtista no antsoina hanatanteraka sakramenta ao amin'ny fiangonana sy hitarika fomba amam-panao fankalazana samihafa. Ireny hetsika ireny dia tsy maintsy tanterahana miaraka amin'ny fahaiza-manao sy ny fahemendrehana mendrika azy avy. Ity toko ity dia hanolotra fanampiana ho an'ny pasitera Pentekôtista amin'ireo sehatra manan-danja amin'ny asa fanompoana ireo.

## NY BATISA AMIN'NY RANO

Ny batisa amin'ny rano no voalohany amin'ireo didy roa napetrak'i Jesosy. Natao batisa tamin'ny rano i Jesosy mba hametrahana ohatra ho an'izay rehetra hanaraka Azy (Mat. 3:13-17). Tato aoriana izy dia nandidy ny Fiangonany handeha sy hanao mpianatra ny firenena rehetra ary "hanao batisa azy ho amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina" (Mat. 28:19-20; jereo koa ny Marka 16:15-16).

Narahan'ny fiangonana voalohany tamim-pahamalinana tanteraka ny toromarika nomen'i Jesosy ary natao batisa tamin'ny rano avy hatrany ny mpino

vaovao raha vao niova fo (Asa 2:37-41; 8:12-13, 36-38; 9:17-18; 10:47-48; 16:13-15, 31-33; 18:8; 19:5). Tsy safidy ny batisa fa tsy maintsy atao satria didy avy amin'Andriamanitra. Noho izany, amin'ny maha pasitera Pentekôtista, tsy maintsy manomana ny tenanao ho mahatoky sy manana ny fahaiza-manao hanatanterahana izany ianao.

**Ny heviny**

Ny batisa amin'ny rano dia hetsika fankatoavana ataon'ny mpanao asa fanompoana sy ny mpino vaovao. Fiaikena ampahibemaso ataon'ny mpianatra vaovao mikasika ny finoany an'i Kristy sy ny fanokanan-tenany hanaraka Azy Tompony. Tsy mahavonjy ny batisa. "Fitadiavana ny fieritreretana tsara eo anatrehan'Andriamanitra" izy ary ny olona efa voavonjy no manatanteraka azy (1 Pet. 3:21). Ny batisa amin'ny rano dia maneho ny fahafatesana, ny fandevenana ary ny fitsanganan'i Jesosy tamin'ny maty (Rom. 6:3-11). Fanampin'izany, ny batisa ihany koa dia maneho ny fahafatesan'ny mpino vaovao ny amin'izao tontolo izao sy ny fananganana azy ho amin'ny fiainam-baovao ao amin'i Kristy (2 Kor. 5:17). Farany, ny batisa amin'ny rano dia maneho ny fanokanan-tenan'ny mpino vaovao hiombona amin'i Kristy amin'ny fanatanterahana ny Irany (Mat. 3:15).

**Ny mpandray anjara**

Ny olona tena nametraka marina ny finoany amin'i Jesosy Kristy amin'ny maha Tompo sy Mpamonjy azy dia afaka, ary tsy maintsy atao batisa amin'ny rano. Aorian'ny fiovam-po no tokony hanatanterahana ny batisa. Kanefa, alohan'ny hanaovana batisa amin'ny rano ny olona iray dia tokony hanontaniana tsara aloha izy mba hahazoana antoka raha efa nateraka indray marina sy mahazo tsara ny hevitrin'ny sakramenta.

**Fomba fiasa**

Ny fomba fanatanterahana ny batisa araka ny Soratra Masina dia fanitrihana tanteraka ao anaty rano. Ny teny hoe "manao batisa" raha amin'ny heviny ara-bakiteny dia midika hoe manitrika na mandifotra. Ambonin'izany, ny fanitrihana ihany koa no tena mifanentana amin'ny hevitrin'ny batisa dia ny fahafatesana, ny fandevenana ary ny fananganana amin'ny maty (Rom. 6:2-4).

Afaka manaraka ireto dingana manaraka ireto ianao rehefa manao batisa kristiana vaovao. Miditra ao anaty rano miaraka amin'ilay olona hatao batisa ianao. Asao izy hizara fohy aminao ny fijoroany vavolombelona momba ny nandraisany an'i Kristy ho Mpamonjiny. Raha efa izany, apetraho aminy ireto fanontaniana manaraka ireto:

- "An-tsitrapo ve no hiaikenao fa Jesosy Kristy no Tompo sy Mpamonjinao?"
- "Ianao ve mandà izao tontolo izao, ny nofo, sy ny devoly ary manokana tanteraka ny tenanao ho an'i Kristy sy ny sitrapony ho an'ny fiainanao?"
- "Ianao ve manokana ny tenanao eo anatrehan'Andriamanitra sy ny fiangonana fa handeha amin'ny fiainam-baovao sy amin'ny fomba mendrika ny Tompo?"
- "Ianao ve manokana ny tenanao ho an'i Kristy sy ny Irany, ka hiezaka hitaona ny hafa hino an'i Kristy?"

"Eny" no tokony ho valintenin'ny olona hiroso amin'ny batisa isaky ny fanontaniana. Raha efa izany, asitrikao ao anaty rano izy sady miteny ianao hoe: "Satria ianao niaiky fa mino an'i Kristy ho Tompo sy Mpamonjinao, ary satria koa ianao nanolotra ny tenanao hahafoy ny zavatra rehetra hanarahana Azy, dia manao batisa anao ____________ (anarana feno) amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina aho. Amena".

**Andalan-tSoratra Masina**

Azonao atao koa ny mamaky ny sasany na ny rehetra amin'ireto andalan-tSoratra Masina manaraka ireto mandritra ny fotoana anaovana ny batisa.

- Ny nanaovana batisa an'i Jesosy (Mat. 3:13-17; Marka 1:9-11)
- Ny Iraka Lehibe (Mat. 28:18-20; Marka 16:14-20)
- Ny Andro Pentekosta (Asa 2:36-41)
- Ilay tandapa Etiopiana (Asa 8:36-39)
- Ny fampianaran'i Paoly momba ny batisa (Rom. 6:3-11; Gal. 3:26-29; Kol. 2:11-15).

## NY FANASAN'NY TOMPO

Ny fanasan'ny Tompo no didy masina faharoa napetrakin'ny Tompo Jesosy (Mat. 26:26-29; Lioka 22:14-20; 1 Kor. 11:23-26). Antsoina koa izy io hoe "famakiana ny mofo" (Asa 2:42) na fanasan'ny Tompo (1 Kor. 11:20). Ny teny nadika hoe "fanasan'ny Tompo" dia avy amin'ny teny latina *cena* izay midika hoe "sakafo hariva". Nandritra ny sakafo hariva niarahan'i Jesosy sy ny Mpianany tao amin'ny efitrano ambony no nametrahany ity didy ity. Ny batisa, izay atao indray mandeha ihany dia maneho ny fidiran'ny mpino ao anatin'ny fiainam-baovao ao amin'i Kristy, ny fanasan'ny Tompo kosa izay atao amin'ny fomba miverimberina sy tsy miovaova dia maneho ny fiarahan'ny kristiana mandeha tsy tapaka amin'ny Tompo.

### Ny hevitrin'ny Fanasan'ny Tompo

Ny fanasan'ny Tompo dia mampahatsiaro antsika ny sorona nataon'i Jesosy teo amin'ny hazo fijaliana. Ny famakiana ny mofo dia hahatsiarovantsika ny Tenany izay potipotika, ary ny kapoaka dia maneho ny Rany izay latsaka (Lioka 22:19-20). Ao amin'ny 1 Korintiana 11, Paoly dia niresaka zavatra dimy tokony hatao mandritra ny fanompoam-pivavahana fanasan'ny Tompo:

1. Tsy maintsy mahatsiaro ny nahafatesan'i Kristy teo amin'ny hazo fijaliana isika (and. 24-25).
2. Tsy maintsy mandinika lalina ny hevitrin'ny Fanekena Vaovao isika (and. 25; jereo koa ny Mat. 26:28).
3. Tsy maintsy manantena ny Hiverenany tsy ho ela isika (and. 26; jereo ny Mat. 26:29; Lioka 22:16-18).
4. Tsy maintsy mivory ao anatin'ny fiombonana isika, tsy misy fisaratsarahana (and. 18-21, 33).
5. Tsy maintsy manokana ny tenantsika ho an'ny iraka fanavotan'i Kristy (and. 26).

### Ny mpandray anjara

Ny ankamaroan'ny fiangonana Pentekôtista dia manao ny fanasan'ny Tompo amin'ny fomba misokatra. Midika izany fa avelan'izy ireo hanatona ny latabatrin'ny Tompo avokoa izay rehetra nandray an'i Kristy ho Mpamonjiny sy

manompo Azy amim-pahatokiana. Araka izany, tsy voafetra ho an'ny mpikambana ara-dalàna ao anatin'ny fiangonana ihany ny fanasan'ny Tompo fa misokatra ho an'ny olona avy amin'ny fiangonana hafa manatrika eo. Ny fiangonana Pentekôtista hafa kosa dia mametra ny fanasan'ny Tompo ho an'izay vita batisa tamin'ny rano. Tokony ho azonao tsara ny fomba fiasan'ny fiangonana nasionaly misy anao mikasika izany, ary izany no tokony harahinao. Ny olona tsirairay avy mandray ny fanasan'ny Tompo dia tokony homena toromarika handinika ny fony mba hisorohana ny fitsaran'Andriamanitra (1 Kor 11:27-29).

### Hatetikin'ny fandraisana ny fanasan'ny Tompo

Ny Baiboly dia tsy nanome toromarika manokana mikasika ny hatetikin'ny fotoana tokony hankalazan'ny fiangonana ny fanasan'ny Tompo. Voalazany kosa fa ny fanasan'ny Tompo dia tokony hatao matetika sy amin'ny fomba tsy miovaova. Misy ny fiangonana mankalaza ny fanasan'ny Tompo isaky ny Alahady maraina, ao ireo manao izany isam-bolana na isan-telovolana. Ny tena zava-dehibe dia ny hametrahanao ny fandaharam-potoanan'ny fanasan'ny Tompo amin'ny fomba voafaritra mazava sy tsy miovaova.

### Ny fankalazana

Ny fankalazana ny fanasan'ny Tompo dia fotoana masina. Noho izany, tsy tokony hatao maimaika fa tanterahana amin'ny fomba mirindra sy ao anatin'ny fahamendrehana. Ny lehilahy sy vehivavy tena ara-panahy indrindra ao anatin'ny fiangonana no tokony hofidianao hanampy amin'izany. Mety loholona na diakona ao anatin'ny fiangonana izany na koa ny pasitera mpanampy. Tokony homenao toromarika mialohan'ny fotoana nefa izy ireo mba hahafantarany ny fomba hanatanterahana ny fankalazana.

Fampaherezana fohy na famakiana andalan-tSoratra Masina momba ny fanasan'ny Tompo no tokony hanombohanao ny fotoana. Raha efa izany dia hivavaka ianao ary hozarainao amin'ny diakona ny mofo sy ny kapoaka. Anjaran'izy ireo kosa avy eo ny mizara izany amin'ny fiangonana. Rehefa nahazo ny mofo sy ny kapoaka avokoa ny rehetra dia vakianao ny andalan-tSoratra Masina mifanentana amin'ny fotoana (ohatra amin'izany ny 1 Kor. 11:23-26). Aorian'izay, afaka miara-mihinana sy misotro ny fiangonana.

Araka ny ohatra nasehon'i Jesosy ao amin'ny Matio 26:26-29, azonao atao ny mampiditra ireto singa dimy hotanisaina manaraka ireto ao anatin'ny fankalazana: fisaorana, famakiana Soratra Masina, fizarana ny famantarana hita maso, hira fiderana ary vavaka. Azo atao amin'ny fotoana rehetra mahamety azy ao anatin'ny fotoam-bavaka ny fankalazana ny fanasan'ny Tompo.

**Andalan-tSoratra Masina**

Ireto andalan-tSoratra Masina ireto dia azonao vakiana mandritra ny fanasan'ny Tompo:

- Ny nanombohan'i Jesosy ny fanasan'ny Tompo (Mat. 26:17-29; Marka 14:12-25; Lioka 22:7-20).
- Ny fanaon'ny fiangonana voalohany (Asa 2:42-46; 20:7).
- Ny fanazavan'i Paoly ny Fanasan'ny Tompo (1 Kor. 10:16; 11:18-31).

## FANOLORAN-JAZA

Ny ankamaroan'ny fiangonana Pentekôtista eto Afrika dia manolotra ampahibemaso ny zaza ho an'ny Tompo. Na dia tsy didy natao hotandremana toy ny batisa amin'ny rano sy ny fanasan'ny Tompo aza ny fanoloran-jaza dia fomba fanao tena manana ny lanjany tokoa.

Tao amin'ny Testamenta Taloha, ny zaza dia natolotra ho an'ny Tompo sy noforana araka ny lalàn'i Mosesy (jereo ny Eks. 13:2, 12-13, 15; 22:29; 1 Sam. 1:20, 24-28; 3:19). Hoy i Hana raha nanokana an'i Samoela zananilahy ho an'ny Tompo: "Koa atolotro ho an'i Jehovah kosa izy: eny, amin'ny andro rehetra hiainany dia voatolotra ho an'i Jehovah izy. Dia nivavaka tamin'i Jehovah izy" (1 Sam. 1:28). Nanaraka ny fomba fanaon'ny Testamenta Taloha ny ray amandrenin'i Jesosy tamin'ny nanolotra Azy ho an'ny Tompo (Lioka 2:22-38, 40). Hoy kosa ny Soratra Masina mikasika an'i Jesosy: "Ary nitrotro azy Izy, dia nametratanana taminy ka nitso-drano azy" (Marka 10:16)

**Ny heviny**

Mandritra ny fankalazana dia tena zava-dehibe ny hanindriana fa ny fanoloran-jaza ho an'ny Tompo dia tsy mitovy amin'ny batisan-jaza. Ny fanoloran-jaza dia tsy mahavonjy ny zaza na mahatonga ny zaza ho kristiana. Ny

fanoloran-jaza dia hetsika ataon'ny ray aman-dreny ho fanehoana fa manokana ny tenany hitaiza ny zaza amin'ny "famaizana sy ny fananaran'ny Tompo" izy ireo (Efe. 6:4).

Ny fanoloran-jaza dia hetsika fankasitrahana an'Andriamanitra ampahibemaso noho ny fanomezana mahafinaritra nomeny ny ray aman-dreny. Fotoana ahafahan'ny fiangonana manontolo miara-mifaly amin'ny ray aman-dreny koa io. Mandritra io fotoana io ny fiangonana dia manokana ny tenany hitia io zaza io sy hanampy azy ao amin'ny finoana.

**Ny fankalazana**

Ny fankalazana ny fanoloran-jaza dia miovaova isakin'ny fiangonana sy ny kolontsaina. Amin'ny ankapobeny dia ny alahady maraina mandritra ny fotoam-bavaka no hanatanterahana izany. Fizarana efatra no mandrafitra ny fankalazana: (1) ny pasitera mametra-tanana amin'ny zaza sy mivavaka mangataka ny fitahian'Andriamanitra ho azy; (2) ny pasitera mitohy mivavaka mangataka an'Andriamanitra hanome fahendrena ny ray aman-dreny hitaizany ny zaza amin'ny fanompoana an'Andriamanitra, (3) ny pasitera manome toromarika sy mampahery ny ray aman-dreny hitaiza tsara ny zaza mba hitiavany sy hanompoany ny Tompo amin'ny androm-piainany, ary (4) ny pasitera miantso ny fiangonana hanohana ny ray aman-dreny amin'ny fitaizana ny zaza amin'ny lalan'Andriamanitra.

**Andalan-tSoratra Masina**

Ireto andalan-tSoratra Masina manaraka ireto dia azonao vakiana mandritra ny fanoloran-jaza:

- Ny fampanantenana nataon'Andriamanitra tamin'i Abrahama (Gen. 18:19)
- Fanofanana ny zaza (Ohab. 22:6)
- Fanoratana ny didin'Andriamanitra ao am-pon'ny ankizy (Deo. 6:6-9)
- Ny nanoloran'i Hana an'i Samoela ho an'ny Tompo (1 Sam. 1:20-2:26)
- Ny nitsofan'i Jesosy rano ny ankizy (Mat. 19:13-15; Marka 10:13-16; Lioka18:15-16)

- Ny nanoloran'i Maria sy Josefa an'i Jesosy (Lioka 2:22-38, 40).
- Fitaizana ny zaza (Efe. 6:4)

## FANENDRENA MPITARIKA

Ny Testamenta Taloha sy ny Testamenta Vaovao dia samy miresaka mikasika ny fanendrena mpitarika ho amin'ny asa fanompoany. Ny Tompo dia nandidy an'i Mosesy hanokana an'i Arona sy ny zananilahy ho mpisorona (Eks. 29:1-27; Lev. 8:1-36; Nom. 3:3). Taty aoriana Izy dia nandidy an'i Mosesy hanao tahaka izany koa tamin'ny Levita izay nanompo tao amin'ny tempoly (Nom. 8:5-22).

Tao amin'ny fiangonana voalohany, ny apostoly dia nametra-tanana tamin'ireo diakona voalohany ho fanendrena azy ireo tamin'ny asa fanompoana (Asa 6:6). Tahaka izany koa, ny fiangonana tany Antiokia dia nametra-tanana tamin'i Barnabasy sy Saoly ho fanendrena azy ireo ho amin'ny asan'ny Tompo (Asa 13:2-3). Ankoatr'izany, Paoly dia nandidy an'i Titosy hanendry mpitarika tao amin'ny fiangonana tany amin'ny isan-tanàna (Tit. 1:5). Ny teny Grika nadika hoe "manendry" eo amin'ny andinin-tSoratra Masina io dia *kathistēmi*, midika hoe "mamoaka didy" na "mametraka amin'ny andraikitra".

Ny fanendrena mpitarika dia manampy ny fiangonana hahafantatra ireo rehetra misahana andraikitra manokana ao anatin'ny fiangonana. Manampy azy ireo hahatakatra ny andraikitra sahanin'ny mpiasa tsirairay ao anatin'ny fiangonana ihany koa. Mampitombo ny fahefan'ilay mpanao asa fanompoana vaovao eo imason'ny fiangonana izany. Ny fotoana fanendrena mpitarika ihany koa dia mampahatsiaro ilay mpanao asa fanompoana fa mpanompon'i Kristy izy, ary noho izany, ny Fahefany no nomeny azy. Araka izany, tsy mpanapaka izy fa mpanompon'ny Tompo izay tena tompon'ny ondry (1 Pet. 5:1-4).

### Ny fankalazana

Amin'ny maha pasitera, ny hanombohana ny lanonana fanendrena dia fiantsoana ireo mpanao asa fanompoana vaovao handroso eo anatrehan'ny fiangonana. Raha efa izany dia vakianao ny Soratra Masina mifanaraka amin'io fotoana io ary ampahafantarinao ny fiangonana ireo mpiasa vaovao. Azavainao fohy amin'ny fiangonana ny andraikitr'izy ireo tsirairay avy. Aorian'izay, apetraho amin'ireo mpanao asa fanompoana ireo ny tananao ary angataho

Andriamanitra hameno azy ireo amin'ny Fanahy Masina sy hitahy azy ireo amin'ny fanatanterahany ny asa fanompoany.

Ny fametraha-tanana dia mihoatra noho ny fomba fanao amin'ny fankalazana fotsiny. Ao amin'ny Testamenta Vaovao, feno ny Fanahy Masina ny olona matetika rehefa nametrahana tanàna (Asa 8:17; 9:17-19; 19:6). Paoly dia nampahatsiaro an'i Timoty hoe: "mampahatsiaro anao aho mba hamelomanao ny fanomezam-pahasoavana avy amin'Andriamanitra, izay ao anatinao tamin'ny fametrahako ny tanako" (2 Tim. 1:6). Ny fanomezam-pahasoavan'ny Fanahy Masina izay noraisin'i Timoty tamin'io fotoanan'ny fametrahan-tanana io no notondron'ny apostoly teto. Noho izany, tsy maintsy manomana mialoha ny mpanao asa fanompoana vaovao isika hoe "Rehefa mametra-tanana aminao aho dia sokafo ny fonao fa hofenoin'Andriamanitra (na hofenoin'Andriamanitra indray) amin'ny Fanahy Masina ianao".

**Andalan-tSoratra Masina**

Mandritra ny fanendrena mpitarika vaovao amin'ny fiangonana dia azonao atao ny mamaky ny iray na ny maromaro amin'ireto andalan-tSoratra Masina manaraka ireo:

- Ny nifidianana ireo diakona fito (Asa 6:1-7)
- Ny fanomezam-pahasoavana fanompoana avy amin'i Kristy (1 Kor. 12:28-31)
- Ny fitantanana tsara ny fanomezam-pahasoavana avy amin'Andriamanitra (1 Pet. 4:10-11)
- Ny tsy tokony hanaovana tsirambina ny fanomezam-pahasoavana nomena anao (1 Tim. 4:9-16)
- Ny famelomana ny fanomezam-pahasoavana avy amin'Andriamanitra (2 Tim. 1:1-8).

## FITOKANANA TRANO

Ny fitokanana trano dia hetsika masina hanolorana fotodrafitrasa ho an'Andriamanitra, mba hampiasainy. Ny fitokanana trano ho an'ny Tompo dia hitantsika mazava ao amin'ny Soratra Masina. Imbetsaka ny Isiraelita no nanokana fotodrafitrasa ho an'Andriamanitra. Tany an'efitra, Mosesy sy ny

fiangonana dia nanokana ny tabernakely ho an'i Jehovah Andriamanitra (Eks. 40:1-38). Nanokana alitara ho an'i Jehovah koa izy ireo (Nom. 7:10-11, 84-88). Taona maro taty aoriana, Ezra dia "nitokana io tranon'Andriamanitra io tamin'ny fifaliana" (Ezra 6:16).

Ny nitokanana ny tempoly voalohany tao Jerosalema no ohatra tsara indrindra tamin'ny lanonana fitokanana rehetra voatantara ao amin'ny Baiboly. Rehefa vitan'i Solomona ny fananganana ny tempoly dia nanomana fety fankalazana lehibe izy (1 Mpanjaka 8). Nandritra io fety io dia ny mpanjaka no nitarika ny lanonana fanokanana izay nanasany an'Andriamanitra hidina sy hitoetra tao amin'ny tempoly (1 Mpanjaka 8:13-53).

**Ny tanjona**

Amin'izao androntsika izao, rehefa mitokana trano ho an'ny Tompo isika dia manokana izany ho Azy sy ho an'ny Tanjony, tahaka ny nataon'i Mosesy, Ezra ary Solomona. Miteny amin'Andriamanitra isika hoe: "Atokanay ho anao ity trano ity, ary hampiasainay mba hanomezana voninahitra ny Anaranao sy hampandrosoana ny Asanao eto an-tany".

Amin'ny maha kristiana Pentekôtista, azontsika tsara fa ny Fanahin'Andriamanitra dia mitoetra ao anatin'ny vahoakan'Andriamanitra (1 Kor. 3:16) sy manafy hery azy ireo ho amin'ny asa fanompoana (Asa 1:8). Fantantsika tsara koa nefa fa misy fotoana ny fanatrehan'Andriamanitra midina sy mameno trano. Izany no nitranga tamin'ny Andro Pentekosta rehefa "nisy feo tonga tampoka avy tany an-danitra, toy ny rivotra mahery mifofofofo, ka nanenika ilay trano niangonany" (Asa 2:2). Nampanantena i Kristy fa haneho ny fanatrehany rehefa misy olona roa na telo mivory amin'ny Anarany (Mat. 18:20).

Ny tanjon'ny fanompoam-pivavahana fitokanana trano koa dia ho fisaorana an'Andriamanitra noho ny nanampiany ny fiangonana tamin'ny famitana ny trano vaovao. Ao anatin'izany koa ny fanokanana ilay trano vaovao ho an'Andriamanitra sy ny Tanjony. Ao anatin'io fotoana io, ny fiangonana dia asaina hanasa ny Tompo hidina sy haneho ny Fanatrehany tahaka ny nataony tao amin'ny Soratra Masina. Farany, ny mpikambana ao amin'ny fiangonana dia manolotra ny tenany ho an'Andriamanitra sy ho an'ny Iraka fanavotana nankininy.

**Fanompoam-pivavahana fitokanana**

Ny fanompoam-pivavahana fitokanana dia tokony hotarihan'ny pasitera na ny mpitarika ilay antokom-pivavahana. Tsara kokoa raha amin'ny andro mahafaka ireo olo-manan-kaja asaina no atao ny fitokanana. Ny mandrafitra io fotoana io dia ireto singa manaraka rehetra ireto na ny ampahany amin'izy ireo:

- Fanapahana ny anjaka (ruban)
- Vavaka fitokanana
- Fankasitrahana ireo vahiny manokana
- Famakiana Soratra Masina
- Fijoroana vavolombelona
- Fiderana sy fankalazana
- Fanati-pisaorana
- Toriteny
- Fitsidihana ny trano vaovao sy ny manodidina azy
- Fiarahana misakafo sy miala hetaheta

**Andalan-tSoratra Masina**

Ireto andalan-tSoratra Masina ireto no azonao vakiana mandritra ny lanonana fitokanana trano:

- Ny nitokanana ny tempoly (2 Tan. 6:1-2, 17-20, 40; 7:1-5)
- Ny kianjan'i Jehovah (Sal. 84)
- Ndeha isika ho any an-tranon'i Jehovah (Sal. 122)

---

Ny fanatanterahana ny sakramenta, ny fanoloran-jaza, ny fanendrena mpitarika ao anatin'ny fiangonana, ary ny fitokanana trano dia sehatra tena manan-danja tokoa eo amin'ny fiainan'ny fiangonana Pentekôtista. Ny pasitera Pentekôtista dia tsy maintsy mitarika ireo fomba sy fankalazana ireo miaraka amin'ny fahamendrehana sy fahamatorana sahaza izany.

*Fizarana 10 : Ny pasitera Pentekôtista sy ny lanonana ary ny sakramenta*

# ~ Fanampiny ~

# ~ Fanampiny 1 ~
# Fanekem-pinoan'ny Fiombonan'ny Fiangonana Assemblée de Dieu Manerana izao tontolo izao

Ity fanekem-pinoana ity dia natao ho fototra tsotra hanorenana ny finoana, ny fiombonana ary ny fiaraha-miasantsika. Ny fehezanteny ampiasaina ao anatin'ny fanambarana dia tsy avy amin'ny tsindrimandry, fa ny fahamarinana ao anatiny kosa dia ekena fa tena ilaina tokoa amin'ny asa fanompoana kristiana. Tsy midika akory izany fa ao anatin'ireo avokoa ny fahamarinana ara-baiboly rehetra. Izay rehetra tena ilaintsika ihany no ao anatin'ireo foto-pampianarana ireo.

1. NY SORATRA MASINA DIA AVY AMIN'NY TSINDRIMANDRY

Mino isika fa ny Soratra Masina, ny Testamenta Taloha sy ny Vaovao dia avy amin'ny tsindrimandrin'Andriamanitra. Fanambarana tsy mety diso avy amin'Andriamanitra ho an'ny olombelona izy ireo, fahefana mifehy ny finoana sy ny fitondrantena. Ny tsindrimandrin'Andriamanitra dia mahakasika ny fizarana rehetra tao amin'ilay asa soratra tany am-piandohana ary izany no miantoka ny maha azo itokisana tanteraka azy rehetra (2 Tim. 3:15-17; 2 Pet. 1:21).

2. ANDRIAMANITRA TELO IZAY IRAY

Isika dia mino ny maha tokana ilay Andriamanitra marina sy velona ary mandrakizay. Tsy nisy namorona Izy ary manambara ny tenany amin'ny alalan'ny tsanganaina telo dia ny Ray, ny Zanaka ary ny Fanahy Masina (Mat. 3:16-17; 28:19).

*a. Andriamanitra Ray.* Mino an'Andriamanitra Ray isika, ilay tsanganaina voalohany amin'Andriamanitra Telo izay Iray, ilay efa nisy hatrizay hatrizay, mpahary ny lanitra sy ny tany, Mpanome ny Lalàna, ilay eken'izao rehetra izao mba ho Izy irery ihany no fototra sy anton'ny zavatra rehetra (Gen. 1:1; Deo. 6:4; 1 Kor. 15:28).

*b. Ny Tompo Jesosy Kristy.* Mino ny Tompo Jesosy Kristy, ilay tsanganaina faharoa ao anatin'ny Telo Izay Iray isika. Izy Ilay Zanak'Andriamanitra mandrakizay, tonga nofo tamin'ny alalan'ny Fanahy Masina ary naterak'i Maria virijina.

Isika dia mino ny fiainany tsy nisy fahotana, ny asa fanompoany mahagaga, ny fahafatesana ho fanavotana sy fisoloana, ny fitsanganan'ny tenany tamin'ny maty, ny niakarany tamim-pandresena, ary ny fifonany tsy mitsahatra (Isa. 7:14; Heb. 7:25-26; 1 Pet. 2:22; Asa 1:9; 2:22; 10:38; 1 Kor. 15:4; 2 Kor. 5:21).

*c. Ny Fanahy Masina.* Mino ny Fanahy Masina, ilay tsanganaina fahatelo ao amin'ny Telo Izay Iray isika. Efa nisy niaraka tamin'ny Ray sy Zanaka hatramin'izay Izy. Ny asa ataony ankehitriny dia mampiaiky ny mpanota ny fahotana sy manaova azy ireo. Izy koa no manamasina ny mpino ao amin'ny fahamarinana rehetra (Jaona 14:26; 16:8-11; 1 Pet. 1:2; Rom. 8:14-16).

### 3. NY FAHALAVOAN'NY OLOMBELONA

Mino isika fa ny olombelona dia nohariana ho tsara sy marina. Kanefa, noho ny tsy fankatoavana izay nataony an-tsitrapo dia tonga fahavalon'Andriamanitra izy. Tsy nitondra fahafatesana ara-batana ihany izany fa fahafatesana ara-panahy koa, izany hoe fisarahana amin'Andriamanitra (Gen. 1:16-27; 2:17; 3:6; Rom. 5:12-19).

### 4. NY FAMONJENA NY OLOMBELONA

Isika dia mino ny famonjena amin'ny alalan'ny finoana an'i Kristy izay maty noho ny fahotantsika, nalevina ary nitsangana tamin'ny maty tamin'ny andro fahatelo. Noho ny fanavotana nataon'i Kristy tamin'ny alalan'ny rany sy ny sorona nataony teo amin'ny hazo fijaliana dia misy famonjena ho an'ny olombelona rehetra. Io fahatsapana, izay antsoina koa hoe fahateraham-baovao io dia fanavaozana, fanamarinana ary fananganana ao anatin'ny ankohonan'Andriamanitra izay ataon'ny Fanahy Masina amin'ny fomba tampoka sy mitohy ao amin'ny mpanota mino an'i Kristy. Tonga olom-baovao ao amin'i Kristy Jesosy izy ary mpandova ny fiainana mandrakizay (Jaona 3:5-6; Rom. 10:8-15; Tit. 2:11, 3:4-7; 1 Jaona 5:1).

## 5. FANASITRANANA AVY AMIN'ANDRIAMANITRA

Isika dia mino fa ny fanafahana amin'ny aretina izay avy amin'ny fanavotana nataon'i Kristy dia tombontsoa ho an'izay rehetra mino (Isa. 53:4-5; Mat. 8:16-17; Jak. 5:14-16).

## 6. NY FIANGONANA SY NY IRAKA NAPETRAKA AMINY

Mino isika fa ny Fiangonana izay tenan'i Kristy sy fonenan'Andriamanitra amin'ny alalan'ny Fanahy Masina, vavolombelona fisin'ny Fanjakan'Andriamanitra eto amin'izao tontolo izao dia maneran-tany ary ny mandrafitra azy dia izay rehetra nateraka indray (Efe. 1:22-23; 2:22; Rom. 14:17-18; 1 Kor. 4:20).

Mino isika fa ny iraka napetraka amin'ny fiangonana dia ny (1) hanambara ny vaovao mahafalin'ny famonjena amin'ny olombelona rehetra, (2) hampiorina ny mpino sy hanofana azy ireo ho amin'ny asa fanompoana ara-panahy, (3) hanandratra ny Tompo amin'ny alalan'ny fiderana, ary (4) haneho ny fangorahan'i Kristy amin'izay rehetra mijaly (Mat.28:19-20; 10:42; Efe. 4:11-13).

## 7. IREO DIDY NAPETRAKA AMIN'NY FIANGONANA

Mino isika fa ny batisa asitrika amin'ny rano dia tokony hataon'izay rehetra nibebaka sy nino marina. Amin'ny alalan'izany no anambarany amin'izao tontolo izao fa niara-maty tamin'i Kristy sy niara-natsangana Taminy ary miara-mandeha Aminy amin'ny fiainam-baovao izy ireo (Mat. 28:19; Asa 10:47-48; Rom. 6:4).

Mino isika fa ny fanasan'ny Tompo izay fanambarana ny fijaliana sy fahafatesan'i Jesosy Kristy Tompontsika dia natao hifampizaran'ny mpino rehetra mandra-piavin'i Jesosy (Lioka 22:14-20; 1 Kor. 11:20-34).

## 8. NY FANAMASINANA

Mino isika fa ny fanamasinana dia hetsika fampisarahana amin'izay rehetra faharatsiana sy fanokanan-tena ho an'Andriamanitra. Io fahatsapana io dia sady tampoka no miandalana. Mitranga eo amin'ny fiainan'ny mpino ny fanamasinana rehefa raisiny ho an'ny tenany amin'ny alalan'ny Fanahy Masina ny fanavotana avy amin'ny herin'ny ràn'i Kristy sy ny herin'ny fiainana natsangana tamin'ny maty. Ny fanamasinana dia misarika ny fifantohan'ny mpino ho amin'i Kristy,

mampianatra azy amin'ny alalan'ny Teny ary mamokatra ny toetran'i Kristy ao anatiny (Rom. 6:1-11; 8:1-2, 13; 12:1-2; Gal. 2:20; Heb.10:10, 14).

9. NY BATISA AMIN'NY FANAHY MASINA

Mino isika fa ny batisa amin'ny Fanahy Masina dia fanafiana hery ny mpino ho amin'ny fiainana sy ny fanompoana an'i Kristy. Io fahatsapana io izay tsy mitovy amin'ny fahateraham-baovao sady tsy mitranga raha tsy aoriany io dia raisina amin'ny finoana, ary miseho amin'ny fitenenana amin'ny fiteny maro samihafa araka izay ampitenenin'ny Fanahy Masina, izany no porofo voalohany (Lioka 24:49; Asa 1:8; 2:1-4; 8:15-19; 11:14-17; 19:1-7).

10. NY FANOMEZAM-PAHASOAVAN'NY FANAHY MASINA

Isika dia mino fa mbola miasa amin'izao androntsika izao ny fanomezam-pahasoavana sivy avy amin'ny Fanahy Masina (1 Kor. 12) sy ny fanomezam-pahasoavana asa fanompoana avy amin'i Kristy (Efe. 4:11-13) ary ny tanjon'izy ireo dia ny hampiorina sy ny hampiitatra ny fiangonana.

11. NY ANDRO FARANY

Mino isika fa ny fiverenan'i Jesosy Kristy Tompo dia alohan'ny arivo taona sady efa akaiky ary ny antony hahataongavany dia hanangona ny olony ho eo aminy. Satria isika manana izany fanantenana voatahy izany sy miandradra ny hahatanterahany dia manadio ny tenantsika ho madio tahaka Azy mba hahatonga antsika ho vonona hihaona Aminy rehefa ho avy Izy (Jaona 14:1-3; Tit. 2:13; 1 Tes. 4:15-17; 1 Jaona 3:2-3; Apok. 20:1-6).

Mino ny fitsanganan'ny tenan'ny olombelona rehetra amin'ny maty isika. Amin'izany dia fifaliana mandrakizay no anjaran'izay rehetra nino marina an'i Jesosy Kristy Tompontsika, ary famaizana mandrakizay kosa ny an'izay rehetra tsy voasoratra ao amin'ny Bokin'ny Fiainana ny anarany (Jaona 5:28-29; 1 Kor. 15:22-24; Apok. 20:10-15).

# ~ Fanampiny 2 ~
# Ny fisehon'ny fanomezam-pahasoavana araka ny 1 Korintiana 12:8-10

**Fanomezam-pahasoavana fanambarana**

(Nomena mba hahafantarana ny sain'Andriamanitra)

- *Teny (hafatra) fahalalana*: Fanambarana omen'ny Fanahy Masina momba ny ampahany amin'ny fahalalan'Andriamanitra.
- *Teny (hafatra) fahendrena*: Fanambarana omen'ny Fanahy Masina momba ny ampahany amin'ny fahendren'Andriamanitra.
- *Fahafantarana fanahy samy hafa*: Fanambarana omen'ny Fanahy Masina mikasika ny karazana fanahy miseho na manosika ny hetsika anankiray.

**Fanomezam-pahasoavana faminaniana**

(Nomena mba hanambarana teny avy amin'Andriamanitra)

- *Fanomezam-pahasoavana maminany*: Filazana hafatra avy amin'Andriamanitra eo ambany fanetsehan'ny Fanahy.
- *Fanomezam-pahasoavana amin'ny fiteny samy hafa tsy fantatra*: Filazana hafatra avy amin'Andriamanitra na vavaka amin'Andriamanitra amin'ny fiteny tsy fantatra eo ambany fanetsehan'ny Fanahy Masina.
- *Fandikana fiteny tsy fantatra*: Fanambarana ny hevitrin'ny hafatra na ny vavaka natao tamin'Andriamanitra tamin'ny fiteny tsy fantatra eo ambany fanetsehan'ny Fanahy Masina.

**Fanomezam-pahasoavana hery**

(Nomena mba hanaovana ny asan'Andriamanitra)

- *Fanomezam-pahasoavana finoana*: Finoana mahery avy amin'ny Fanahy Masina ho entina manatanteraka ny asa notendren'Andriamanitra hatao.
- *Fanomezam-pahasoavana fanasitranana*: Fanasitranana aretina sy rofy samihafa amin'ny alalan'ny herin'ny Fanahy Masina.

- *Fanomezam-pahasoavana manao fahagagana*: Fanetsehan'ny Fanahy Masina ny herin'Andriamanitra ho fanatanterahana asan'Andriamanitra manokana. (Fanamarihana: Mora kokoa ny miantso ity fanomezam-pahasoavana ity hoe "asan'ny hery" na koa "fisehon'ny asan'ny hery" araka ny fandikana ara-bakiteny ny teny grika nandikana azy (*energemata dunameon*).

# ~ Fanampiny 3 ~
# Fanafohezana ny anaran'ny boky ao amin'ny Baiboly Testamenta Taloha

| **Testamenta Taloha** | |
| --- | --- |
| Genesisy | Gen. |
| Eksodosy | Eks. |
| Levitikosy | Lev. |
| Nomery | Nom. |
| Deoteronomia | Deo. |
| Josoa | Jos. |
| Mpitsara | Mpi. |
| Rota | Rota |
| 1 Samoela | 1 Sam. |
| 2 Samoela | 2 Sam. |
| 1 Mpanjaka | 1 Mpan. |
| 2 Mpanjaka | 2 Mpan. |
| 1 Tantara | 1 Tan. |
| 2 Tantara | 2 Tan. |
| Ezra | Ezra |
| Nehemia | Neh. |
| Estera | Est. |
| Joba | Joba |
| Salamo | Sal. |
| Ohabolana | Ohab. |
| Mpitoriteny | Mpi. |
| Tonon-kiran'i Solomona | Tnk. |
| Isaia | Isa. |
| Jeremia | Jer. |
| Fitomaniana | Fit. |
| Ezekiela | Ezek. |
| Daniela | Dan. |
| Hosea | Hos. |
| Joela | Joela |
| Amosa | Amosa |
| Obadia | Oba. |
| Jona | Jona |
| Mika | Mika |
| Nahoma | Nah.. |
| Habakoka | Hab. |
| Zefania | Zef. |
| Hagay | Hagay |
| Zakaria | Zak. |
| Malakia | Mal. |

| **Testamenta Vaovao** | |
| --- | --- |
| Matio | Mat. |
| Marka | Marka |
| Lioka | Lioka |
| Jaona | Jaona |
| Asan'ny Apostoly | Asa |
| Romana | Rom. |
| 1 Korintiana | 1 Kor. |
| 2 Korintiana | 2 Kor. |
| Galatiana | Gal. |
| Efesiana | Efe. |
| Filipiana | Fil. |
| Kolosiana | Kol. |
| 1 Tesaloniana | 1 Tes. |
| 2 Tesaloniana | 2 Tes. |
| 1 Timoty | 1 Tim. |
| 2 Timoty | 2 Tim. |
| Titosy | Tit. |

*Fanampiny 3 : Fanafohezana ny anaran'ny boky ao amin'ny Baiboly Testamenta taloha*

| | | | |
|---|---|---|---|
| Filemona | Filem. | 2 Jaona | 2 Jaona |
| Hebreo | Heb. | 3 Jaona | 3 Jaona |
| Jakoba | Jak. | Joda | Joda |
| 1 Petera | 1 Pet. | Apokalypsy | Apok. |
| 2 Petera | 2 Pet. | | |
| 1 Jaona | 1 Jaona | | |

AFRICA'S HOPE

AFRICA'S HOPE